# Malagasy, Tanosy: Bible for 1 Chronicles, 1 Corinthians, 1 John, 1 Kings, 1 Peter, 1 Thessalonians, 1 Timothy, 2 Chronicles, 2 Corinthians, 2 John, 2 Kings, 2 Peter, 2 Thessalonians, 2 Timothy, 3 John, Acts, Amos, Colossians, Daniel, Ecclesiastes, Ephesians, Esther, Ezekiel, Ezra, Galatians, Habakkuk, Haggai, Hebrews, Hosea, Isaiah, James, Jeremiah, Job, Joel, John, Jonah, Jude, Lamentations, Luke, Malachi, Mark, Matthew, Micah, Nahum, Nehemiah, Obadiah, Philemon, Philippians, Proverbs, Revelation, Romans, Song of Solomon, Titus, Zechariah, Zephaniah

Formatted for Translators



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

©2022 Wycliffe Associates
Released under a Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Bible Text: The English Unlocked Literal Bible (ULB)
©2017 Wycliffe Associates
Available at https://bibleineverylanguage.org/translations
The English Unlocked Literal Bible is based on the unfoldingWord® Literal Text, CC BY-SA 4.0. The original work of the unfoldingWord® Literal Text is available at https://unfoldingword.bible/ult/.
The ULB is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Notes: English ULB Translation Notes
©2017 Wycliffe Associates
Available at https://bibleineverylanguage.org/translations
The English ULB Translation Notes is based on the unfoldingWord translationNotes, under CC BY-SA 4.0. The original unfoldingWord work is available at https://unfoldingword.bible/utn.
The ULB Notes is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

To view a copy of the CC BY-SA 4.0 license visit http://creativecommons.org/licenses/by-sa/4.0/

Below is a human-readable summary of (and not a substitute for) the license.
You are free to:

- Share — copy and redistribute the material in any medium or format.
- Adapt — remix, transform, and build upon the material for any purpose, even commercially.

The licensor cannot revoke these freedoms as long as you follow the license terms.
Under the following conditions:

- Attribution — You must attribute the work as follows: "Original work available at https://BibleInEveryLanguage.org." Attribution statements in derivative works should not in any way suggest that we endorse you or your use of this work.
- ShareAlike — If you remix, transform, or build upon the material, you must distribute your contributions under the same license as the original.
- No additional restrictions — You may not apply legal terms or technological measures that legally restrict others from doing anything the license permits.

Notices:
You do not have to comply with the license for elements of the material in the public domain or where your use is permitted by an applicable exception or limitation.
No warranties are given. The license may not give you all of the permissions necessary for your intended use. For example, other rights such as publicity, privacy, or moral rights may limit how you use the material.

# 1 Kings

Chapter 1

[1]Gny fa tena atisy i Davida Pazaka dra nirakofan'ereo taminigny bodofosy izy, kanefa sy nety nahazo hafana. [2]Dra
hoy reo panopony taminazy: "Aoka isika hitalia tovovavy viriziny ho anigny pazaka toposika. Aoka izy hanopo
gny pazaka vo hikarakara anazy. Aoky izy hahare eo asandriny ba hagnafana gny pazaka toposika."[3]Dra nitalia
zaza apela soa tarehy eranigny fari-tanin'Israely ereo. Nahita an'i Abisaga Sonemita ereo dra ninday anazy tagny
aminigny pazaka. [4]Tena soa tarehy vatany gny zaza apela igny. Nanopo gny pazaka vo nikarakara anazy izy, nefa
sy niaraky ara-nofo taminazy gny pazaka.[5]Tamizay fotoa zay, i Adonia zanadahin'i Hagita dra nanadrasy gny
vatany, nanao anizahoky ho: "Zaho gny ho pazaka." dra nagnoma kalesy vo pitikisy sovala nindray taminigny
dimapolo lahy ba handeha hialoha lalan'anazy izy. [6]Gny rany dra sy bo nagnakorota-say anazy, nanao anizahoky
ho: "Nagnino hanao gny nanao anizao?" I Adonia dra lelahy tena soa tarehy, teraky nagnarakaraky an'i Absoloma.
[7]Nifapizaka tamin'i Joaba zanak'i Zeroia vo tamin'i Abiatara pisoro izy. Nagnaraky an'i Adonia ereo dra nagnapy
anazy. [8]Fa Zadoka pisoro, vo Benaia zanak'i Joiada, vo Natana pamonany, Simey, rey, dra gny lelahy mahery ze
an'i Davida koa dra sy ba nagnaraky an'i Adonia.[9]Dra Adonia nanao soron'agnondry aman'osy, agnomby dra
zanak'agnomby mifahy teo agnilanigny vaton'i Zoheleta, ze eo agnilan'i En-rogela. Nasainy avokoa gny
rahalahiny aby, reo zanadahinigny pazaka, dra gny lelahin'i Joda aby, vo reo panoponigny pazaka. [10]Saiky sy
nanasa an'i Natana paminany, vo Benaia dra reo lehilahy mahery, na i Solomona rahalahiny izy.[11]Dra Natana
nizaka tamin'i Batseba renin'i Solomona, nanao anizahoky ho: "Bo sy renao ra fa lasa pazaka i Adonia
zanadahin'i Hagita, dra sy mahafatasy anizay i Davida toposika? [12]Noho izay dra angao zaho hanoro hevisy anao
amizao, ba hamozenao gny ainao vo gny ain'i Solomona zanadahinao.[13]Mandehana magnagny amin'i Davida
pazaka; zakao aminazy ho: 'Ry pazaka topoko, moa ra hanao sy niania tamigny panoponao, nanao anizahoky ho:
"Azo atoky vatany fa i Solomona zanadahinao gny hazaka handimby anahy, dra hipetraky eo amigny seza
fiandrianako izy?" [14]Raha bo mizaka amigny pazaka egny hanao, dra ho avy ao afaranao zaho dra hagnamafy reo
zakanao."[15]Dra nagnao amigny rfitragnonigny pazaka i Betseba. Fa tena atisy gny pazaka, dra Abisaga Sonemita
gny nanopo gny pazaka. [16]Nagnondriky gny vatany vo nagnondriky teo agnatrehanigny pazaka i Betseba. Dra hoy
gny pazaka ho: "Ino gny irinao?" [17]Dra hoy izy taminazy: "Ry Topoko, hanao niania tamigny panoponao tamigny
alalan'i Yaveh zagnaharinao, nizaka ho: 'Azo atoky vatany fa i Solomona zanadahinao gny hazaka handimby
anahy, dra hipetraky eto amigny seza fiandrianako izy.'[18]Amizao, ingo, Adonia gny pazaka, dra hanao, ry pazaka
topoko, dra sy mahafatasy anizay. [19]Nanao soro agnomby, zanak'agnomby mifahy, vo agnondry aman'osy maro be
zay, dra nanasa reo zanadahinigny pazaka aby, Abiatara pisoro, dra Joaba kapiteninigny tafiky, kanefa sy nanasa
an'i Solomona panoponao izy.[20]Fa raha gny aminao, ry pazaka topoko, gny masonigny Israely aby dra eo aminao,
mandigny anao ba hizaka amin'ereo ho iza gny hipetraky eo amigny seza fiandriana handimby anao, ry topoko.
[21]Fa raha sy izay, dra hihery hanahaky gny panao meloky izaho vo Solomona zanako, gny fa homaty miaraky
amireo razany gny pazaka topoko."[22]Dra raha bo nizaka tamigny pazaka izy, dra nilisy i Natana paminany. [23]Reo
panopo nizaka tamigny pazaka ho: "Io i Natana paminany." Gny fa nandroso teo anoloanigny pazaka izy, dra
napekohoky gny vatany teo agnatrehanigny pazaka vo meraky nihohoky tamigny tany gny tavany.[24]Hoy i Natana:
"Ry pazaka topoko, nizaka ra hanao ho: 'I Adonia gny hagnaza handimby anahy, dra hipetraky eo amigny seza
fiandrianako izy?' [25]Akory nandeha nizoso izy androany dra nanao soro agnomby, vo zanak'agnomby mifahy, dra
agnondry aman'osy maro be, vo nanasa gny zanaky gny pazaka aby, reo kapiteninigny tafiky, dra Abiatara pisoro.
Mihina vo mino eo anoloany ereo, dra mizaka ho: "Ho ela velon'anie i Adonia pazaka!"[26]Fa izaho, panoponao, vo
Zadoka pisoro, Benaia zanadahin'i Joiada, dra Solomona panoponao, dra sy nasany izahay. [27]Dra nanao anizay dra
sy nizaka taminay, panoponao, ze tokony hipetraky eo amigny seza fiandriana handimby anazy ra gny pazaka
topoko?"[28]Dra namaly i Davida pazaka dra nanao anizahoky ho: "Tokavo hiherin'eto aminahy i Betseba." Dra
nilisy teo agnatrehanigny pazaka izy dra nisanga teo anoloanigny pazaka. [29]Nanao voady gny pazaka dra nanao
anizahoky ho: "Raha bo velo koa i Yaveh, ze nagnafaky anahy tamigny olon'aby, [30]manahaky gny nanovako voady
taminao tamigny alalan'i Yaveh, gny Zagnaharin'Israely, manao anizahoky ho: "Hazaka handimby anahy i
Solomona zanakao, dra hipetraky eo amigny seza fiandrianako eo amigny toerako izy,' dra hataoko zay
androany." [31]Dra nagnondriky gny tavany tamigny tany i Betseba, dra napekohoky gny vatany teo anoloanigny
pazaka nanao anizahoky ho: "Ho velo mandrakizay anie Davida pazaka topoko!"[32]Hoy i Davida pazaka ho:
"Tokavo hagnaminahy atiky i Zadoka pisoro, vo Natana paminany, dra Benaia zanak'i Joiada." Dra nagneo
agnatrehanigny pazaka ereo: "Andeso miaraky amindrareo gny panoponigny topondrareo, dra apitikiro gny
apondrako i Solomona zanadahiko dra andeso mizoso agny Gihona izy. [34]Aoky i Zadoka pisoro vo Natana

paminany hagnososy anazy ho pazaka eo amigny Israely dra hisioky gny tropetra dra nanao anizahoky ho: "Ho
ela velon'anie i Solomona pazaka!"[35]Dra hiakasy hagnaraky anazy handrareo, dra hilisy vo hipetraky eo amigny
seza fiandrianako izy; akory ho pazaka eo amigny toerako izy. Izaho fa nanendry anazy ho pitondra eo amigny
Isrealy vo Joda." [36]Dra namaly gny pazaka ho: "Hotateraky anie izay! ho hamafisin'Yaveh, Zagnahariny gny
pazaka topoko, anie izay. [37]Manahaky gny nomban'i Yaveh pazaka topoko anie, gny hagnombany an'i Solomona
koa, dra hataony lahibe noho gny seza fiandrianan'i Davida pazaka topoko gny seza fiandrianany."[38]Ko lasa nizoso
niaraky tamin'i Solomona nitikisy gny apondran'i Davida pazaka i Zadoka pisoro, Natana paminany, Benaia
zanak'i Joiada, vo reo Keretita, dra reo Peletita, nandesin'ereo nizoso tagny Gihona izy. [39]Nangalaky gny tandroky
misy menaky boak'ao amigny lay i Zadoka pisoro dra nagnososy an'i Solomona. DRa nisofin'ereo gny tropetra, dra
hoy gny olon'aby ho: "Ho ela velo anie Solomona pazaka!" [40]Boak'eo dra niakasy nagnaraky anazy gny vahoaky
aby, dra nisioky sodina gny vahoaky dra niravoravo tamigny fifalia lahibe, dra nihozongozo nohonigny feon'ereo
gny tany.[41]Dra i Adonia vo reo vahiny aby ze niaraky taminazy nahare anizay gny fa avy nihinanan'anereo. Gny fa
nahare gny feonigny tropetra i Joaba, dra hoy izy ho: "Magnino gny misy tabataba eto amigny tana?" [42]Raha bo
nizaka izy, dra avy i Jonatana zanak'i Abiatara pisoro. Hoy i Adonia ho: "Mandrosoa, fa lelahy mendriky hanao
dra mandesa vaovao mahafaly."[43]Dra namaly i Jonatana dra nizaka tamin'i Adonia ho: "Davida pazaka toposika fa
nanao an'i Solomona ho pazaka, [44]dra gny pazaka fa nagniraky an'i Zadoka pisoro, Natana paminany, vo Benaia
zanak'i Joiada, dra reo Keretita vo reo Peletita. Fa napitikirin'ereo gny apondranigny pazaka i Solomona. [45]Zadoka
pisoro vo Natana paminany dra fa nagnososy anazy ho pazaka tagny Gihona, dra niakasy tami-pifalia boak'agny,
hany ka agnaty tabataba gny tana. Izay gny tabataba renao.[46]Dra mipetraky eo amigny seza fiandriananigny
fazaka avo koa i Solomona. [47]Fagnapin'izay, dra avy nisondrano an'i Davida pazaka toposika gny panoponigny
pazaka, nanao anizahoky ho: "Hataon'Agnaharinao soa noho gny agnaranao anie gny agnaran'i Solomona, dra
hataony lahibe noho gny seza fiandriananao anie gny seza fiandrianany.' Dra niakohoky teo am-pandria gny
pazaka. [48]Dra hoy koa gny pazaka ho: "Deraina anie Yaveh, gny Zagnahariny gny Israely, ze nagnome olo raiky
hipetraky eo amigny seza fiandrianako amizao androa izao, dra afaky mahita anizay gny masoko."'[49]Dra raiki-
tahosy reo vahinin'i Adonia aby. Dra nisanga ereo dra samby nandeha tamigny lalany aby. [50]Dra i Adonia dra
natahosy an'i Solomona dra nisanga, nandeha, dra nifahasy gny tandrokigny alitara. [51]Boak'eo dra nitalily tamin'i
Solomona zay, nanao anizahoky ho : "Ingo, matahosy an'i Solomo pazaka i Adonia, akory nifahasy reo tandroky
gny alitara izy, nanao anizahoky ho, 'Aoky i Solomona pazaka hiania aminahy meloha fa sy hamono gny
panopony amigny sabany izy."'[52]Dra hoy i Solomona: "Raha haneho gny vatany ho lelahy mendriky izy, na dre
singam-bolony raiky aza sy ho lasaky amigny tany, fa raha faharasia koa gny hita ao aminazy, dra ho maty izy."
[53]Dra nagniraky olo i Solomona pazaka, ze ninday an'i Adonia nizoso boak'eo amigny alitara. Dra avy izy dra
nandohaliky teo amin'i Solomona pazaka, dra hoy i Solomono taminazy: "Mandehana agny atragnonao."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 2

[1]Gny fa mariny gny andro nahafatesan'i Davida, dra nandidy an'i Solomona zanany izy, nanao anizahoky ho:
[2]"Handeha amigny lalanigny tany aby zaho. Matazaky, noho izay, dra asehoy fa lelahy gny vatanao. [3]Tano reo
didin'i Yaveh zagnaharinao ze mandeha amigny lalany, akatoavo reo lalany, reo fanapaha-keviny, dra reo didim-
pagnekeny, mitandrema amize voasorasy ao amigny lalan'i Mosesy, ba hambiny amize ataonao aby hanao, na eza
na eza alehanao, [4]ba hahafahan'i Yaveh magnatateraky gny zakany ze nizakany mahakasiky anahy, manao
anizahoky ho: 'Raha magnety soa gny fitondra-tegna reo zanadahinao, dra handeha eo alohako apitokia miaraky
amigny fo vo fagnahin'ereo manotolo, dra sy hisahasy gny hana lelahy eo amigny seza fiandrianan'Isrealy
hanao.'[5]Hanao avo koa dra mahafatasy ze nataon'i Joaba zanak'i Zeroia, dra ze nataony tamigny pifehy ro gny
tafik'Israely, dra tamin'i Abnera zanadahin'i Nera, dra tamin'i Amasa zanadahin'i Jetera, ze nivonony. Nizarany ta-
pedagna gny lion'aly dra napetrany teo amigny fehi-troky nagnodidy gny valahiny vo tamigny kapa teo atombiny
gny lion'aly. [6]Mifanera amin'i Joaba amigny alalanigny fahendrena fa nindesanao, saiky ka anga hizoso agny
amigny lolo apedagna gny volo fosy.[7]Na dre izay aza, manehoa hasoa-fagnahy amireo zanadahin'i Barzilay
Giledita, dra angao ho isan'ireo ze hihina eo an-databasao ereo, fa avy aminay atiky ereo gny fa nienga boak'agny
amin'i Absaloma rahalahinao zaho.[8]Ingo, fa mindray aminao i Simey zanadahin'i Gera, gny Benjamita boak'agny
Behorima, ze nagnozo anahy tamigny ozo mahery vaiky tamigny andro nandehanako tagny Mahanaima. Dra
nizoso hihao taminahy tagny Jordana i Simey, dra niania taminazy tamigny alalan'i Yaveh zaho, nanao anizahoky
ho: 'Sy hamono anao amigny sabasy zaho.' [9]Ko amizao ka anga ho afaky amigny seza izy. Lelahy hendry hanao,
dra ho fatasao ze tokony hataonao aminazy. Handesinao mizoso agny amigny lolo miaraky amigny lio gny volo
fosiny."[10]Boak'eo i Davida dra nimaty niaraky tamireo razambeny dra nalevy tao amigny tanan'i Davida. [11]Efapolo
tao teo reo fotoa nazakan'i Davida teo amireo Isrealy. [12]Nazaka nandrisy gny fito tao tagny Hebrona izy dra tagny
Jerosalema nandrisy gny tolopolo tao. Dra nipetraky teo aseza fiandrianan'i Davida rany i Solomona, dra
tafapetraky soa gny fitondrany.[13]Dra avy tagny amin'i Batseba renin'i Solomona i Adonia zanadahin'i Hagita. Hoy
izy ho: "Avy ba hihava ra hanao?" Namaly izy ho: "Hihana." [14]Dra hoy izy ho: "Misy raha ho zakako anao." Dra
namaly izy ho: "Fatasao fa anahy gny fazaka, dra gny Israely dra fa nanatena anahy ho pazaka. Saiky niova gny
raha aby, dra natolosy ho anigny rahalahiko gny fazaka, fa anazy boak'amin'i Yaveh zay.[16]Amizao dra mana
fangataha raiky aminao zaho, dra ka lagny zaho." Hoy Batseba taminazy ho: "Zakao" [17]Dra hoy izy: "Zakao re
Solomona pazaka, fa sy hagnenga anao izy, ba hahafahany magnome anahy an'i Abisaga gny Sonemita ba ho
valiko." [18]Hoy i Batseba: "E dra, hizaka amigny pazaka zaho."[19]Noho izay dra nandeha tagny amin'i Solomona
pazaka i Batsela ba hizaka aminazy ho an'i Adonia. Dra nisanga gny pazaka hihao taminazy dra niondriky teo
aminazy. Boak'eo dra nipetraky teo amigny seza fiandrianany izy dra nana seza fiandriana nandesy ho anigny
reninigny pazaka. Dra nipetraky boak'eo akavanany izy. [20]Dra hoy izy ho: "Ba te-hanao fangataha kely aminao
zaho, akory sy handa anahy hanao." Dra namaly anazy gny pazaka ho: "Angataho, ry reniko, fa sy handa gny
Sonemita ba hatolosy an'i Adonia rahalahinao ho valiny.[22]Namaly i Solomona pazaka dra nizaka tamigny reniny
ho: "Nagnino hanao gny mangataky an'i Abisaga Sonemita ho an'i Adonia? Nagnino hanao gny sy nangataky gny
fazaka honazy avo koa, akory izy gny lahimatoa__honazy, ho an'i Abiatara pisoro, dra ho an'i Joaba zanadahin'i
Zeroia ra?" [23]Boak'eo dra niania tamin'i Yaveh i Solomona pazaka, nanao anizahoky ho: "Enga anie Zagnahary
hanao anizay aminahy, dra bebe kokoa, raha sy nanohisy gny ainy tamizay zaka zay i Adonia.[24]Dra noho izay raha
bo velo koa i Yaveh, ze nametraky anahy vo nanao anahy teo amigny seza fiandrianan'i Davida rako, dra fa
namboasy tragno honahy araky gny napanatenany taminahy, dra azo atoky fa hovono i Adonia amizao." [25]Dra
nagniraky an'i Benaia zanak'i Joiada i Solomona pazaka, dra nahita an'i Adonia i Benaia dra namono anazy.
[26]Boak'eo dra hoy Abiatara pisoro tamigny pazaka ho: "Mandehana agny Anatota, agny amireo sahonao. Fa
mandriky gny ho maty hanao, saiky sy hagnenga anao ho maty amizao fotoa zao zaho, akory ninday gny fiaran'i
Yaveh topo teo agnatrehan'i Davida rako hanao dra nizaly tamigny fomba aby nizalianigny rako." [27]DRa naroson'i
Solomona sy ho pisoron'i Yaveh i Abiatara, dra mety hagnatateraky reo zakan'i Yaveh izy, araky ze fa nizakany
momba gny akohonan'i Ely tao Silo.[28]Avy tagny amin'i Joaba reo vaovao, fa Joaba nanohan'an'i Adonia, fa sy
nanohan'an'i Absaloma. Dra nienga tagny amigny tragno lain'i Yaveh i Joaba dra nihazo gny tandroky gny alitara.
[29]Nizaka tamin'i Solomona pazaka fa i Joaba dra nienga tagny amigny tragno lain'i Yaveh dra eo agnilanigny
alitara amizao. Boak'eo dra nagniraky an'i Benaia zanak'i Jehodia i Solomona, nanao anizahoky ho: "Mandehana,
vonoy izy."[30]Dra avy tagny amigny tragno lain'i Yaveh i Benaia dra nizaka taminazy ho: "Hoy gny pazaka ho:
'Miboaha."' Namaly i Joaba ho: "Aha, ho maty eto zaho." Dra nihery tagny amigny pazaka i Benaia, nanao
anizahoky ho: "Nizaka i Joaba fa te-ho maty ao amigny alitara noho izy." [31]Dra hoy gny pazaka taminazy: "Atovy
araky ze nizakany. Vonoy izy dra alevegno ba hafahanao miala aminahy vo amigny taranaky gny rako gny lio ze


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

nalasak'i Joaba tamigny sy misy atony.[32]Enga anie i Yaveh hagnery gny liony ho eo an-dohany, akory nanafiky
lelahy ro feno fahamarigna vo soa noho gny vatany izy dra namono anereo tamigny sabasy, dra i Abnera
zanadahin'i Nera, filihanigny tafik'Israely, vo Amasa zanadahin'i Jetera, filihanigny tafik'i Joda, dra sy nahafatasy
anizay i Davida rany. [33]Ko enga anie gny lion'ereo hiherin'egny an-dohan'i Joaba vo egny an-dohan'ireo taranany
mandrakizay. Fa amin'i Davida vo reo taranany, amigny fianakaviany, dra amigny seza fiandrianany, dra enga
anie hisy fiadagna mandrakizay boak'amin'i Yaveh.[34]Boak'eo i Benaia zanak'i Jehodia niakasy dra nanafiky an'i
Joaba dra namono anazy. DRa nalevy tagny amigny tragnony tagny agnefisy avo izy. [35]Gny pazaka dra nametraky
an'i Benaia zanak'i Joiada teo amigny tafiky hisolo gny toerany, dra nametraky an'i Zadoka pisoro tagny amigny
toeran'i Abiatara.[36]Boak'eo gny pazaka dra nagniraky dra napitoka an'i Simey, dra nizaka taminazy ho:
"Magnoregna tragno raiky agny Jerosalema hanao dra mitoboha agny, dra ka miboaky ao amize magnagny
amigny toera-hafa. [37]Fa amigny andro ze hiboahanao, vo handalovaoa egny amigny Lohasakan-driaky Kidrona,
dra fataro mary fa ho vono vatany hanao. Ho eo amigny lohanao gny lionao." [38]Dra hoy I Simey tamigny pazaka
ho: "Soa zay zakanao zay. Araky ze nizakanigny pazaka topoko, dra hataonao panoponao." Dra nitoby tagny
Jerosalema nandrisy gny andro maromaro i Simey.[39]Fa gny fa tapisy gny telo tao, dra nienga tagny amin'i Akisa
zanak'i Maka pazakan'i Gata reo panopo ro an'i Simey. DRa nizaka tamin'i Simey ereo, nanao anizahoky ho:
"Ingo, reo panoponao dra agny Gata." [40]Dra nisanga i Simey, dra nagnisy lasely gny borikiny dra nandeha tagny
amin'i Akisa tagny Gata ba hitalia reo panopony. Dra nandeha izy dra nandesiny nihery boak'agny Gata reo
panopony.[41]Gny fa nizaka i Solomona fa i Simey dra nandeha boak'agny Jerosalema ho agny Gata dra fa nihery,
[42]dra nagniraky vo napitoka an'i Simey gny pazaka, dra nanao anizaohoky ho: "Sy fa napiania anao tamin'i Yaveh
ra zaho dra nizoro vavolombelo taminao, nanao anizahoky ho: 'Fataro tateraky ze andro hiboahanao vo
handehananao agny amigny toera-kafa, fa ho maty vatany hanao'? Boak'eo dra hoy hanao taminahy ho: 'Soa zay
zakanao zay.'[43]Nagnino dra hanao gny sy mita gny fiananananao tamin'i Yaveh vo gny baiko ze nameko anao?"
[44]Hoy koa gny pazaka tamin'i Simey: "Fatasao ao aponao reo harasi-fagnahy aby ze nataonao tamin'i Davida rako.
Noho izay dra hherin'i Yaveh eo agnobo lohanao gny harasi-fagnahinao.[45]Fa ho tahy i Solomona pazaka dra gny
seza fiandriana'i Davida dra hipetraky eo agnatrehan'i Yaveh mandrakizay." [46]Boak'eo gny pazaka nagnome baiko
tamin'i Benaia zanadahin'i Joiada. Dra niboaky izy dra namono an'i Simey. dra napetraky soa teo agnatrehan'i
Solomona gny findesa.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 3

[1]Nanao dina tamin'i Farao pazakanigny Egypta tamigny alalanigny fanambalia i Solomona. Nangalaky gny
zanakapelan'i farao izy dra ninday anazy tao amigny tanan'i Davida mandra-pahavitany nagnory gny tragno
manoka, gny tragnon'i Yaveh, dra gny manda magnodidin'an'i Jerosalema. [2]Tegny amireo toera abo gny
nanovan'ireo olo soro, akory bo sy nisy tragno niory ho anigny agnaran'i Yaveh. [3]Nahare gny fitiavany an'i Yaveh i
Solomona tamigny fandehana araky gny lalan'i Davida rany, hafa sy ze nanovany soro vo nagnoro liti-kazo
magnisy tegny amireo toera abo izy.[4]Nagnagny Gibeona gny pazaka ba hanao soro tegny, akory toera abo lahibe
zay. Nanolosy fagnatisy oroa arivo teo agnabonizay alitara zay i Solomona. [5]Tao Gibeona dra niseho tamigny nofy
tamin'i Solomona Yaveh nony hariva; hoy izy ho: "Angataho! Ino gny tokony hameko anao?"[6]Ko hoy i Solomona
ho: "Hanao fa naneho sy fivadiha-pagneke lahibe tamigny panoponao, dra i Davida rako, akory nandeha teo
agnatrehanao tamigny fahamendreha-pitokisa, tamigny fahamarigna, dra tamigny fahisi-po izy. Nihazogninao
honazy ty sy fivaliha-pagneke lahibe ty dra namenao zanadahy hipetraky eo amigny seza fiandrianany izy
amizao.[7]Amizao ry Yaveh Zagnahariko, fa nanao gny panoponao ho pazaka teo amigny toeran'i Davida rako
Hanao, na dre bo zaza avo aza zaho. Dra sy fataso ho ino gny fomba hiboaha na hilira. [8]Gny panoponao dra eo
agnevon'ireo olo ze nisafidinao, vahoaky lahibe, maro sy vita isahy na sy voaisa. [9]Ko ameo gny panoponao gny
fahazava-po hisara gny olonao, ba hahafahako magnazava gny soa vo gny rasy. Fa iza moa gny mahay misara
anizao vahoakao marobe izao?"[10]Nahafaly gny topo zay fangatahan'i Solomona zay. [11]Dra hoy Zagnahary
taminazy ho: "Akory fa nangataky anizay raha zay hanao dra sy nangataky ho anigny vatanao ba ho lava andro
hiegna na harena na gny ain'ireo fahavalonao, fa nangataky fahazava-say ho anigny vatanao ba hamatara gny
rariny. [12]Ingo, amizao hataoko ze nangatahinao taminahy aby gny fa namenao Anahy gny fangatahanao. Omeko
fo hendry vo mahay hanao, ba sy hisy hanahaky anao teo alohanao, dra sy hisy manahaky anao hisanga ao
afaranao.[13]Fa nameko anao avo koa ze sy nangatahinao, dra gny harena vo gny voninahisy, ba sy hisy hanahaky
anao eo amireo pazaka amigny andronao aby. [14]Raha handeha araky gny lalako hanao dra hintandry reo lalako
vo reo didiko, manahaky gny nandehananigny ranao, dra hagnalava gny andronao Zaho."[15]Dra nifoha i
Solomana, dra ingo, nofo izay. Avy tao Jerosalema izy dra nisanga nanoloa gny fiaranigny fagnekenigny topo.
Nagnatisy fagnatisy oroa vo fagnati-pihavana izy, dra nanao fanasa ho an'ireo panopony aby.[16]Dra nisy apela ro
ze pivaro-tegna avy teo amigny pazaka dra nisanga teo agnatrehany. [17]Hoy gny apela raiky igny ho: "O, ry topoko,
izaho vo ty apela tihoky dra mindray tragno, dra niteraky zaza tao amigny tragno niarahako taminazy zaho.[18]Dra
tamigny andro fahatelo tafaranigny niterahako dra niteraky koa ty apela raiky tihoky. Nindray zahay. Sy nisy olo
hafa niaraky taminay tao atragno, fa izahay ro lahy avo. [19]Boak'eo maty gny zanakigny apela raiky igny amigny
hariva igny, akory voasindriny izy. [20]Dra nisanga izy gny sasak'aly dra nangalaky gny zanadahiko boak'eo
agnilako, dra napetrany teo atratrany, vo napetrany teo atratrako gny zanadahiny igny.[21]Gny fa nifoha hapinono
gny zanako zaho gny maray, dra fa maty izy. Fa gny fa nagnety anazy soa zaho gny maray, dra sy zanako, dra sy
gny zanako igny izy." [22]Fa gny apela raiky igny nizaka ho: "Aha, gny raiky velo igny gny zanako, dra gny raiky
maty igny zanakao." Gny apela volohany nizaka ho: "Aha, gny maty gny zanakao, dra gny velo zanako." Izay gny
fomba nizakan'ereo teo agnatrehanigny pazaka."[23]Dra hoy gny pazaka ho: "Gny raiky tamindrareo mizaka ho: 'Ty
velo tihoky gny zanako, dra gny maty gny zanakao,' dra gny raiky mizaka ho: 'Aha, gny maty gny zanakao, dra
gny velo zanako."' [24]Hoy gny pazaka ho: "Indeso sabasy zaho." Dra nandesin'ereo teo agnatrehanigny pazaka gny
sabasy. [25]Dra hoy gny pazaka ho: "Zarao ro gny zaza velo, dra ameo ty apela tihoky gny asasany dra ameo gny
raiky koa gny asasany."[26]Dra gny apela ze velo-zanaky nizaka tamigny pazaka, fa feno fangoraha-po ho anigny
zanany gny fony, dra hoy izy ho: "O, ry topoko, ameo anazy gny zaza velo, dra sy midika zay ho mamono anazy."
Fa hoy gny apela raiky: "Sy honahy na honao akory izy. Zarao izy." [27]Boak'eo namaly gny pazaka dra nizaka ho:
"Ameo gny apela volohany gny zaza velo, dra sy midika izay ho mamono anazy. Fa izy gny reniny." [28]Gny fa
ren'Israely aby gny fisara ze nataonigny pazaka, dra natahosy gny pazaka ereo, akory hitan'ereo fa tao aminazy
gny fahendren'Agnahary handesiny misara.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 4

[1]Pazaka teo amin'i Israely aby i Solomona pazaka. [2]Tahoky reo mana-pahefany: Azaria zanak'i Zadoka gny pisoro. [3]Elihorefa vo Ahia zanak'i Sisa, gny pita-sorasy. Josafata zanak'i Ahiloda gny pitam-boky. [4]Benaia zanak'i Joiada gny nisaha gny tafiky. Zadoka vo Abiatara gny pisoro.[5]Azaria zanak'i Natana gny nifehy reo mana-paheha. Zaboda zanak'i Natana dra pisoro vo namanigny pazaka. [6]Ahisara gny nifehy gny toka-tragno. Adonirama zanak'i Abda dra reo amireo olo ze gny nifehy reo panao asa a-terivozo.[7]Nana mana-pahefa ro ambiny folo i Solomona manera an'Israely aby, ze niatoky gny sakafo ho anigny pazaka vo gny akohonany. Gny lelahy vo gny akohonany. Gny lelahy sirairay aby dra niatoky gny tahiri-sakafo mandrisy gny volany raiky ao agnatinigny tao. [8]Tahoky aby gny agnarany: [9]Beni-hora, boak'agny atany havoan'Efraima; Beni-dakera tao Makaza, Salbima, Beti-semesy, vo Elon-betihanana; [10]Beni-haseda, tao Arobota (Anazy i Soko vo gny tany aby tao Hefera);[11]Beni-Ahihadaba, teo amigny distrikan'i Dora aby (Tafata zanakapelan'i Solomona gny valiny); [12]Bana zanak'i Ahiloda, tao Tanaka vo Megido, vo Beti-sana aby ze teo agnilan'i Zaretana ambanin'i Jezirela, boak'eo Beti-sana dra hatragny Abela-mehola lavisy gny rivon'i Jokneama Abela-mehola lavisy gny siok'i Jokneama; [13]Beni-gabera tao Ramota-gileada (Anazy gny tagnan'i Jaira azak'i Manase, ze tao Gileada, dra gny faris'i Argoba dra anazy, ze tagny Basana, tana lahibe enipolo misy rindry vo hilim-batrangara varahy); [14]Ahinadaba zanak'i Ido, tao Mahaniama;[15]Ahimaza, tao Naftaly (nivaliny avo koa i Basemata zanakapelan'i Solomona); [16]Bana zanak'i Hosay, tao Asera vo Bealota; [17]Josafata zanak'i Peroa, tao Isakara;[18]Simey zanak'i Ela, tao Benjamina; [19]dra Gabera zanak'i Ory, agny amigny tanin'i Gileada, tanan'i Sihona pazakanigny Amorita vo Oga pazakan'i Basana, dra izy raiky gny mana-pahefa ze tao amigny tany.[20]Joda vo Israely dra maro manahaky gny fasy amoron-dranomasy. Nihina vo nino ereo dra faly. [21]I Solomona dra nandidy gny fazakan'aby hatreo amigny Ony dra hatragny ataninigny Filistina vo gny sisi-tanin'i Egypta. Ninday fagnomezam-boninahisy vo nanopo an'i Solomona ereo nandrisy gny andro-piegnany aby. [22]Gny tahirik-an'i Solomona agnatinigny andro raiky dra koba soa lisa telopo kora vo sakafo enipolo kora, [23]agnomby matavy folo, agnomby sy nihina-bilo ropolo, dra agnondry zato, afa-sy gny serfa, gazela, kapreola, dra voro nihatavezy.[24]Akory nana-pahefa tamigny farisy aby magnila gny ony igny izy, boak'eo Tifsa dra hatragny Gaza, mihoasy reo pazaka aby ze nagnila gny Ony, dra nana fedagna tamigny fagnodidigna anazy aby izy. [25]Niania apitonia i Joda vo Israely, gny olon'aby vo gny aviaviny, dra eo Dana hatragny Beri-sheba, tamigny andron'i Solomona aby.[26]Nana tragno sovala efasaly izy ho anigny kalesany, dra pitikisy sovala ro arivo vo ray aly. [27]Reo manam-boninahisy reo dra niatoky sakafo ho an'i Solomona pazaka vo ho an'ireo ze avy teo amigny latabas'i Solomona aby, gny olon'aby tamigny volany avy. Dra sy nalevin'ereo ho sy apy gny raha aby. [28]Ninday vary hordea vo mololo ho an'ireo sovala pitariky kalesa vo sovala fitikira ereo, samby minday ze aviny voak'agny sirairay. [29]Namen'Agnahary fahedrena vo fahazava-say be i Solomona, dra fivelara-say manahaky gny fasy egny amoron-dranomasy. [30]Gny fahendren'i Solomona dra nihoasy gny fahendren'ireo olon'aby tagny asignana vo gny fahendren'i Egypta. [31]Nana-pahendrena noho gny olon'aby izy_noho i Etana Ezrahita, Hemana, Kalkola vo Darda zanak'i Mahola_dra gny lazany dra avy tagny amigny firenena magnodidin'aby.[32]Nizaka ohabola telo arivo izy dra dimy arivo gny hirany raha hisahy. [33]Namarisy gny raha magniry izy, boak'amigny sedara tagny Libanona dra hatramigny Hysopa ze magniry magnaraky gny rindry. Nagnazava momba reo didy avo koa izy, reo voro, reo raha mandaly, dra gny hazan-drano. [34]Avy boak'amigny firenena aby gny olo ba hiteno gny fahendren'i Solomona. Ereo dra avy amireo pazaka aby ze tagny fa nahare gny fahendreny.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 5

[1]Hirama pazakan'i Tyro dra nandefa reo panopony ho agny amin'i Solomona akory reny fa voahosos'ereo
handimby an-drany izy; akory Hirama dra fa tia an'i Davida avo hatramizay. [2]Napinday zaka ho agny amin'i
Hirama i Solomona, nizaka ho: [3]"Fatasao fa i Davida rako dra sy afaky namboasy tragno ho anigny agnaran'i
Yaveh Zagnahariny noho reo aly ze nagnodidignan'anazy, fa nandrisy gny andro-piegnany i Yaveh dra nametraky
reo fahavalony teo ambany faladia-tombony.[4]Fa amizao, Yaveh Zagnaharinao dra fa nagnome anahy fisahara
amigny lafiny aby. Sy misy na pifanandry na loza. [5]Ko dra mikasa gny hagnory tepoly ho anigny agnaran'i Yaveh
Zagnaharinao zaho, araky ze nizakan'i Yaveh tamin'i Davida rako, nanao anizahoky ho: "Gny zanadahinao, ze
hapetrako eo amigny seza fiandriananao eo amigny toeranao, gny hananga gny tepoly ho anigny agnarako.'[6]Dra
amizao mandidia ba hanapahan'ereo hazo Sedera boak'agny Libanona honahy. Hindray amireo panoponao reo
panopoko, dra izaho gny handoaa gny karaman'ireo panoponao ba ho voakarama aran-drariny hanao gny
amigny raha aby ze nekenao atao. Akory fatasao fa sy misy eo aminay mahay gny fomba anapaha hazo
manahaky reo Sidoniana."
[8]Napanday zaka ho an'i Solomona i Hirama, nizaka ho: "Fa reko gny hafasy ze nalefanao honahy. Hamasy gny
hazo Sedera vo kypreso aby ze irinao zaho.[9]Handesin'ireo panopoko mizoso boak'agny Libanona magnagny
amigny ranomaso reo hazo, dra ho faheko agnaty vata-kazo reo dra hisikafo amigny ranomasy magnagny amigny
toera ze tondronao handefasako anazy. Agny gny hapanapahako anereo, dra halanao reo. Hataonao ze iriko
amigny fagnomeza sakafo gny akohonako."[10]Ko namen'i Hirama an'i Solomona gny hazo sedera vo gny hazo
kesika aby ze niriny. [11]Namen'i Solomona varimbazaha ro aly kora ho sakafo ho anigny akohonany i Hirama dra
dililo sy mitapoky ropolo kora. Namen'i Solomona ho an'i Hirama isa-tao zay. [12]Namen'i Yaveh fahedrena i
Solomona, araky ze fa napanatenany anazy. Nisy fihavana teo amin'i Solomona vo Hirama, dra nanao fagnekena
izy ro tota.[13]Napitoka panao asa aterivozo tamigny Israely aby i Solomona pazaka. Miisa telo aly reo lelahy panao
asa aterivozo. [14]Nalefany tagny Libanona ereo, raialy gny mifandimby isam-bola. Volany raily ereo gny tagny
Libanona dra ro vola tagny atragno. I Adonirama gny nanapaky teo amireo lelahy ze napagneke ho amigny asa
aterivozo.[15]Dra i Solomona nana pinday eta fito aly vo pamaky vato valo aly ze tagny a-tendrombohisy, [16]akoasy
reo 3. 300 lahibenigny mana-pahefan'i Solomona ze nanapaky gny asa dra ze nagnaramaso reo piasa.[17]Araky gny
didinigny pazaka dra nandrafisy vato lahibe soa kalitao ba hapetraky amigny fagnoregna gny Tepoly ereo. [18]Dra
reo pagnori-tragnon'i Solomona vo reo pagnori-tragnon'i Hirama dra reo Gebalita gny nanao gny fikapa vo gny
fikarakara gny hazo vo reo vato hamboara gny tepoly.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 6

[1]Ary i Solomona nanomboky nagnamboasy gny tepolin'ny Yaveh. Izao vo miseho tamigny taona faha 480
tambaliky nialany zanak'Israely tamigny tany Egyta, tamigny taona faha efasy vo nazaka teo amigny volana Ziva,
izay volana faharoa.[2]Gny tempoly izay namboariny solomona pazaka ho any Yaveh dra enimpolo, roapolo hakiho
gny sakany, vo telopolo hakiho gny hahavony.[3]Gny lavarangy eo anoloanigny efitragno lahibenigny tepoly dra
ropolo hakiho gny halavany, mitovy amigny sakanigny tepoly, dra folo hakiho halavanigny eo anoloanigny tepoly.
[4]Reo vatrangnara kelinigny tragno dra nataony tery rafisy noho gny agnatiny gny ivelany.[5]Namboarany efisy gny
magnodidy reo rindrinigny efitragno lahibe, magnodidy gny ivelany vo gny agnatinigny efisy. Nasiany efisy gny
magnodidy reo sisiny aby. [6]Gny ambany indridra dra dimy hakiho gny sakany, gny agnevony dra enina hakiho
gny sakany, dra gny farany dra fito hakiho gny sakany. Fa gny ivelany dra nahenany gny rindry magnodidy gny
tragno aby ba sy hisaraky amireo andry amigny rindrinigny tragno.[7]Vato voapaiky gny namboara gny tragno. Sy
nisy tata, famaky, na vy maragnisy re tao atragno tamigny namboara anazy. [8]Gny avy agny asimonigny tepoly dra
nisy fidira tao amigny riha ambany, nisy tohasy raiky fekara magnagny amigny riha voalohany, dra boak'eo
agnevony gny miakasy magnagny amigny riha faharo.[9]Dra namboarin'i Solomona gny tepoly dra nivitany zay;
nirakofany Andry vo hazo sedera fisaka gny tragno. [10]Namboariny teo andafin'ny efitragnon'ny tepoly reo efisy
andagniny, dimy hakiho isaky gny andagniny; dra hazo sedera gny napifandray gny tragno vo gny hazo sedera.
[11]Avy tamin'i Solomona gny zakan'i Yaveh, nanao ho: [12]"Gny momba itiky tepoly zay namboarinao itiky, gny
handeha araky gny lalako vo hanao gny ririny hanao, hitandry gny didiko aby dra hagnoriky zay, dra hamafisiko
aminao gny fapanatena zay nataoko tamin'i Davida babanao. [13]Hitoboky eo amigny vahoakin'Isrealy zaho dra sy
hahafo anazy ereo."[14]Dra namboarin'i Solomona gny tepoly dra nivitany zay. [15]Avy eo dra namboariny tamin'ireo
hazo sedera gny rindry tao agnatin'ny tragno. Hatramigny tany dra hatramigny valin-drihana, dra nirakofany
hazo gny tao agnatin'ireo, dra hazo Kypreso gny nagnaromany gny ambany.[16]Nataony ropolo hakiho hatreo an-
damosin'ny tragno misy hazo sedera hatragny ambany dra hatragny amigny valin-drihana. nataony ho efisy
agnatiny izany efisy izany, ilay fipetrahany masy avo. [17]Gny efitragno lahibe, izay toerana masy eo anoloany toera
masy indrindra, dra efafopo hakihp gny halavany.[18]Nisy sedera tao agnatiny tragno, voasokisy voata vo vonikazo
mibelasy.Sedera aby ao agnatiny.Sy nisy rafi-bato talaky tao agnatiny.[19]Nagnoma gny efitragno agnatiny tao
agnatinigny tragno ba hametraha gny tobily faneken'i Yaveh tao i Solomona. [20]Gny efitragnn agnatiny dra ropolo
hakiho gny halavany, ropolo hakiho gny sakany, dra ropolo hakiho gny hahabony. Nifenon'i Solomona volamena
sy misy fangarony reo rindry dra norakofany hazo sedera gny alitara.[21]Nifenon'i Solomona volamena sy miharo
gny agnatiny tempoly dra nampiany ravam-bolamena teo anoloany efitragno agnatiny dra nifenony volamane
gny anoloa.[22]Gny agnatiny aby dra nirakofany volamena mandra-pahavotany Tempoly aby.Nifenony volamena
avo koa manera gny alitara ze ao amy efitragno agnatiny.[23]Nagnamboasy Kerovima ro tamy hazo oliva i
Solomona, samy folo hakiho aby gny halavany, ho agny efisy agnatiny. [24]Gny elany gny Kerobima raiky dra folo
hakiho gny halavany , dra gny elany hafa dra dimy hakiho avo koa.Gny halaviny eo amy tendrony elasy hafa.
[25]Gny lohany elasy raiky ka hatramy tendrony elasy raiky dra mana elagnela folo hakiho . Gny Kerobima hafa dra
mana elasy folo hakiho.[26]Gny Kerobima ro dra samy mitovy refy vo endriky. GNy hahabony Kerobima raiky dra
folo hakiho dra manahaky zay koa gny Kerobima hafa.[27]Napetrak'i Solomona teo agnevony tragno gny Kerobima.
Nabelany reo elasy gny Kerobina ba hikasihany elany gny raiky amy rindry raiky dra elasiny Kerobima hafa
hikasiky gny rindry hafa.Nifampihasy teo agnevony toera masy indrindra gny elany reo. [28]Nirakofan'i Solomona
tamy volamena gny Kerobima.[29]Niravahany tamin'ereo sariny Kerobima reo rindry aby magnodidy gny tragno,
hazon-drfia, dra vonikazo mamelana, gny ambaliky vo gny agnatin'ereo efisy.[30]Nirakofan'i Solomona tamy
volamena gny gorodo, gny efisy ambaliky vo gny agnatiny.[31]Namboarin'i Solomona tamy hazony oliva reo
vatrangara filira magnao amy efisy agnatiny.Gny tola vo gny leloam-batrangara dra ampahadimin'ereo farisy
natao.[32]Dra nagnamboasy vatrangara ro tamy hazony oliva izy, dra nampiany sary sokisy gny Kerobima teo
amin'izay, hazon-drofia, dra vonikazo mamogny.Nirakofany tamy volamena reo dra naparitany volamena teo
amy Kerobima dra hazon-drofia.[33]Manahaky anizay koa, namboarin'i Solomona tamigny hazo oliva reo andriam-
batrangara fidira ao atepoly ze mizara afasy [34]dra gny vatrangara ro dra hazo kypreso. Reo kopaka ronigny
vatrangara dra mivalo dra reo kapoky ronigny vatrangara hafa dra mivalo. [35]Nasiany sary sokosy kerobima teo
amin'ereo, hazon-drofia, dra vonikazo mivelasy, dra magnisy volamena eo amigny asa-sokosy matetiky izy.
[36]Taliliny tamigny vato voapaiky andala telo gny kiaza tao agnatiny dra andry sedera raiky andala.[37]Gny
fagnoregna gny tragnon'i Yaveh dra napetrany tamigny tao faha efasy, tamigny volanigny Ziva. [38]Tamigny tao
fahha raiky ambiny folo, tamigny volan'i Bola, ze vola fahavalo, dra vita tateraky tamigny lafiny aby vo gny
famatara gny tragno aby. Nandany fito tao i Solomona namboasy gny tepoly.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 7

[1]Telo ambiny folo tao gny nanovan'i Solomonagny lapany.[2]Nagnory Lapa tamy Alany Libanona izy .Zato hakiho
gny halavan'izay, dimapolo hakiho gny sakany, dra telopolo hakiho gny hahabony.Namboariny tamy
andalan'andry sedera efasy gny laoa niaraky tamy andry sedera teo amin'ereo sangam-bato.[3]Nitafoa tamy sedera
gny tragno ze napetraky teo amin'ereo andry . Reo andry reo dra nitohagna tamy sangam-bato.[4]Nisy andry dimy
amby efapolo teo, dimy ambiny folo amy andala raiky. Nisy andry teo amin'ereo andala telo, dra gny
vatrangarakely kirairaiky dra nifanandrify tamy vatrangarakely telo hafa.[5]Gny vatrangara vo gny vatrangarakely
aby dra natao ho efa-joro niaraky tamin'ereo andry, dra gny vatrangarakely nifanandrify tamy vatrangarakely
telo hafa.[6]Nisy andry maro nifanila zay dimapolo hakiho gny halavany dra telopolo hakiho gny sakany, miaray
amy lavarangy eo anoloa vo gny andry dra tafo.[7]Nagnory gny rindriny seza fiandriana zay hisara anazy i
Solomona , dra gny efitragnony fahamarigna. Nirakofany tamy sedera isaky gny rihana zay.[8]Gny tragnon'i
Solomona zay nonenany, tao amy kiaza hafa misy gny tanin-dapa, dra nivolavolany mitovy. Nagnory tragno
manahaky anizay ho agny zanakapelan'i Farao avo koa izy, zay nalany ho valy.[9]Reo tragno reo dra niravahany
tamy avto lafo vily voapaiky, voarefy soa dra voatapaky tamy tsofa dra natao nalama tamy lafiny aby.Reo vato
reo dra nampiasa ho amy fagnoregna reo vato eo an-tampony, vo tagny ambaliky ka hatramy kiaza lahibe avo
koa.[10]Gny fotoa nahory tamy vato lahibe , vo lafo vily valo vo folo hakiho gny halavany.[11]Teo agnabony dra nisy
vato lafo vily voapaiky zay voafarisy soa amy habeny, dra andry sedera.[12]Nisy andala vato voatapaky telo vo
tapakyu andry sedera raiky gny kiaza lahibe ze nagnodidy gny lapa manahaky gny kiaza ao agnatiny tempolin'i
Yaveh dra gny tempoliny lavarangy.[13]Nampangalaky an'i Hirama i Solomona pazaka dra ninday anazy laha tagny
Tyro. [14]Hirama dra zanaky gny mpinday vata raiky tao amy fokon'i Naftaly;olon'i Tyro gny rany, zay mpanao asa-
tagna amy varahina. Feno fahendre vo fahazava-say dra fahaiza ba hanao asa lahibe amy varahaina i Harama .
Nandeha nagnany amin'i Solomona pazaka izy ba hiasa amy varahina ho agny pazaka.[15]Namboasy reo andry ro
tamy varahina i Hirama, valo ambiny folo hakiho gny hahabony dra ro ambiny folo hakiho gny magnodidy gny
kirairaiky . [16]Nanao kapitaly ro tamy varahina voakosoky izy ba hapetraky eo an-tampon'ereo andry. Dimy hakiho
gny hahabony kapitaly kirairaiky. [17]Makarakara mitarehin-dravaky ampiasa ho an'ereo kapitaly gny nandravaky
gny tendron'ereo andry fito isaky gny kapitaly.[18]Ka nanao andala ampongamben-dagnisy ro nagnodidy gny
tendrony andry kirairaiky i Hirama ba handravaha reo kapitalin'ereo.[19]Reo kapitaly teo an-tendron'ereo andriny
lavarangy dra niravahany tamy lilia, efasy hakiho gny hahabony.[20]Tao amireo kapitaly tamireo andry ro reo koa
dra nahita,apongabe-dagnisy rozato mitandahasy magnodidy gny topon'izy aby. [21]Nananga reo andry tao an-
davaranginigny tepoly izy. Gny andry teo akavana dra natao ho Jakina, dra gny andry teo akavia dra natao ho
Boaza. [22]Teo atendron'ireo andry dra nisy reo hengo manahaky gny lilia. Izay gny fomba nandrafeta reo andry.
[23]Nanao gny koveta tamigny vy i Hirama, folo hakiho isaky gny sisiny. Dimy hakiho gny hahabony, dra telopolo
hakiho gny magnodidy gny koveta. [24]Nisy tagantagna-manga tao ambaninigny sisiny nagnodidy gny koveta, folo
isaky gny hakiho, dra nayambany ho raiky niaraky tamigny koveta raha gny koveta mihisy gny natao.[25]Teo
amireo agnomby ro ambiny folo gny koveta, telo nagnatriky gny avarasy, telo nagnatriky gny andrefa, telo
nagnatriky gny asimo, dra telo nagnatriky gny asignana. Napeyraky teo amigny tapon'ireo gny koveta, dra
nifagnila gny farisy gny volin'izy aby. [26]Natevy manahaky gny sakanigny tagnany gny koveta, dra gny sisin'izay
dra naory manahaky gny sisinigny finga, manahaky gny famoanigny lilia. Agnomby rano ro arivo bata gny
koveta.[27]Nanao tomboky varahy folo i Hirama. Efasy hakiho gny halavanigny tomboky sirairay dra efasy hakiho
gny velarany, dra telo hakiho gny hahabony. [28]Manahaky anizay gny fagnavota reo tombony. [29]Nisy takelaky teo
agnelagnelan'ireo zana-kazo reo, dra nisy liona, agnomby vo kerobima teo amireo takelaky vo teo amireo zana-
kazo. Teo agnabony vo tao ambanin'ireo liona vo reo agnomby dra nisy fehiloha voatefy soa.[30]Nisy kodia varahy
efasy vo tagnakodia gny sanganany aby, dra nisy toha tao ambaninigny sisiny efasigny koveta. Nasiany fehiloha
gny sisinigny aby reo fanohagna. [31]Boribory manahaky gny faladia gny fisokafa, hakiho raiky vo sasany gny
sakany, dra tao agnatinigny satroboninahisy hakiho raiky gny halavany. Voasorasy teo amigny fisikafany, dra gny
takelak'ireo dra efa-zoro, fa sy boribory.[32]Tao ambaninigny takelaky reo kodia efasy, dra gny tagna-kodia vo reo
pisenazy dra tao amigny sangana. Gny hahabonigny kodia raiky dra hakiho raiky sy sasany. [33]Dra natao
manahaky gny kodianigny kalesy reo kodia. Reo pisenazy, reo sisiny, reo tagnamasoandrony, vo reo ivony dra
natao vy avokoa.[34]Nisy sorony efasy tamireo sisiny efasy gny sangananigny sirairay, natao tao amigny sangana
avo. [35]Teo atepon'ireo sangana dra nisy fehi-barika raiky ze asasaky hakiho gny halaliny, dra eo ataponigny
sangana gny namotora reo toha vo reo takelaky.[36]Voasoras'i Hirama kerobima, liona, vo hazo rofia gny
velaran'ireo fanohagna vo reo takelaky ze nandrakosy reo toera malalaky, dra voahodidy fehiloha reo. [37]Izay gny
fomba nanovany an'ireo sangana folo. Natao tamigny lasisy mitovy avokoa izy aby, dra nana habe, vo endriky


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

mitovy.[38]Nanao koveta varahy folo i Hirama. Gny koveta raiky dra afaky mitahiry rano efapolo bata. Efasy hakiho gny sakanigny koveta sirairay aby dra nisy koveta raiky isaky gny sangana folo. [39]Nanao sangana dimy teo amigny lafiny asimonigny tepoly izy dra dimy teo amigny lafiny avarasy gny tepoly. Nataony teo amigny sisiny asignana gny koveta, magnatriky agny asimonigny tepoly.[40]Nanao gny koveta vo gny lapely dra gny apendra famafaza i Hirama. Dra vitany gny asa aby ze nataony ho an'i Solomona pazaka tao atepolin'i Yaveh: [41]reo andry ro, vo reo lovia manahaky reo kapitaly ze teo atepolin'ireo andry ro, dra reo hengon'arato ro makarakara ba hanarogna gny apondra ro manahaky reo kapitaly ze teo ataponigny reo andry.[42]Nanao reo apongaben-dagnisy efasy izy ho an'ireo hengon'arato ro voavitra: andalan'apongaben-dagnisy ro ho anigny harato sirairay ba hanarogna gny apondra ro manahaky reo kapitaly ze teo amireo andry, [43]sangana folo, vo koveta folo teo amireo sangana.[44]Nataony tao ambaninizay gny koveta vo reo agnomby ro ambiny folo; [45]reo tavy, reo lapely, reo koveta be, dra reo fitova hafa aby avo koa. Nataon'i Hirama tamigny varahy voakosoky reo, ho an'i Solomona pazaka, dra ho anigny tepolin'i Yaveh.[46]Napetraky gny mpazaka tegny amy tany lemak'i Jordana reo, tao amy tanimanga agnelagnelan'i Sokota vo Zaretana.[47]Sy nitarazon'i Solomona reo fanaky aby satria maro loasy raha hotarazony, satria sy afaky nitarazo gny lazany varahina.[48]Nanao gny fanaka aby ze tao an-tempolin'i Yaveh tamy volamena i Solomona:dra gny alitara volomena vo latabasy ze nametraha gny mofony fanatreha.[49]Reo fanova-ziro, dimy eo amy taliaviny ankavana dra dimy eo ankavia, teo alohany efisy agnatiny , dra vita tamy volamena malio, dra reo vonikazo , reo jiro, dra reo lelany dra vita tamy volamena malio.[50]Reo Kapoaky, reo asy, reo koveta, reo sotro, vo reo fagnoroa litin-kazo magnisy dra natao tamy volamena malio avo koa. Reo savilin'ereo vatrangara ao amy efisy agnatiny avo koa , zay toera masy indrindra, vo reo vatrangara gny efisy lahibeny tempoly, dra natao tamy volamena malio izy aby.[51]Tamin'izay fomba zay, gny nahavita reo asa aby ze nataon'i Solomona mpazaka ho agny tragnon'i Yaveh. Koa nandesin'i Solomona tao agnatiny reo raha natokan'i Davida , rany , vo reo volafosy, volamena, vo reo fanaky , dra napetrany tao ay efisy fagnaza tao amy tragnon'i Yaveh reo.

## Chapter 8

[1]Dra Solomona namory reo loholon'Israely, reo pitariky gny foko aby, dra reo lohanigny fianakavianigny
vahoakin'Israely, teo agnatrehany tao Jerosalema, ba hinday gny fiaranigny fagneken'i Yaveh hiakasy boak'agny
amigny tanan'i Davida, izay ho, i Ziona. [2]Nivory teo agnatrehan'i Solomona pazaka tao amigny lanona avokoa gny
olon'Israely aby, tamigny vola Etanima, ze vola fahafito.[3]Avy avokoa reo loholon'Israely aby, dra napekarin'ireo
pisoro gny fiara. |v 4Nandesin'ereo niakasy gny fiaran'i Yaveh, gny tragno lay fihogna, dra reo fanaky masin'aby
ze tao agnaty lay. Nandesin'ireo pisoro vo reo Levita niakasy avokoa reo raha aby reo. [5]Nindray nagneo
anoloanigny fiara avokoa i Solomona pazaka vo gny findrognan'Israely aby, nanao soro agnondry vo agnomby sy
vita isahy.[6]Napidirin'ireo pisoro teo amigny fitoerany gny fiaranigny fagneken'i Yaveh, tao amigny efisy
agnatinigny tragno, dra tao amigny toera masy indrindra, ambany elas'ireo Kerobima. [7]Fa namelasy gny elasy teo
amigny fitoeranigny fiara reo Kerobima, dra nanaro gny fiara vo gny bao ze nilaza anazy zay. [8]Lava vatany reo
bao hany ka hita avy eo amigny fitoera masy teo anoloanigny efisy agnatiny gny tendrony, saiky sy hita boak'egny
ivelany reo. Dra bo eo reo mandrak'amizao.[9]Sy nisy na ino na ino tao amigny fiara afa-sy reo vato pisaky ro ze
napetrak'i Mosesy tagny Horeba, bo Yaveh nanao fagneke tamigny olon'Israely gny fa niboaky boak'agny amigny
tany Egypta ereo. [10]Dra gny fa niboaky boak'ao amigny fitoeramasy reo pisoro, dra nagnome gny tepolin'i Yaveh
gny raho. [11]Sy afa-nisanga hanopo reo pisoro nohonigny raho, fa nagnome gny tragnony gny voninahis'i Yaveh.
[12]Dra hoy Solomona ho: "Nambaran'i Yaveh fa hony ao agnaty ezi-pito Izy, [13]Kanefa nagnory tragno soa tarahy
honao zaho, dra toera honegnanao mandrakizay."[14]Dra nitoliky gny pazaka dra niso-drano gny fivondrognan'i
Israely aby, raha teo apisanganagny gny fivondronan'Isrealy aby. [15]Hoy izy ho: "Ho deray anie Yaveh, gny
Zagnaharin'Israely, ze nizaka tamin'i Davida rako, dra nahatateraky anizay tamigny tagnany avo, nanao
anizahoky ho: [16]"Hatramigny nindesako gny vahoakao boak'ao Egypta, dra sy nifily tana teo amigny fokon'Israely
aby hagnoregna tragno zaho, ba hitoeranigny agnarako ao. Kanefa, nifily an'i Davida ba hanapaky eo amigny
Israely oloko zaho.'[17]Dra tao apon'i Davida rako gny hagnory tragno ho anigny agnaran'i Yaveh, gny
Zagnaharin'Israely. [18]Fa hoy i Yaveh tamin'i Davida rako ho: 'Fa nataonao tao aponao gny hagnory tragno ho
anigny agnarako, dra soa gny nanovanao anizay tao aponao. [19]Na izay aza dra sy hagnory gny tragno hanao; fa
koa zanadahinao, ze teraky boak'amigny voanao, gny hagnory gny tragno ho anigny agnarako.'[20]Nitaterahin'i
Yaveh gny zaka ze nizakany, fa nisanga handimby gny toeran'i Davida rako zaho, dra mipetraky eo amigny seza
fiandrianan'i Israely, araky gny napanatenan'i Yaveh. Naoriko ho anigny agnaran'i Yaveh, gny Zagnaharin'Israely
gny tragno. [21]Fa namboasy fitoera ho anigny fiara agny zaho, ze misy gny fagneken'i Yaveh, ze nataony tamireo
razasika bo ninday anereo niboaky boa'ao amigny tany Egypta Izy."[22]Nizoro teo anoloanigny alitaran'i Yaveh i
Solomona, teo agnatrehanigny fivondrognan'Israely aby, dra namelasy gny tagnany ho agny amigny lagnisy. [23]Hoy
izy ho: "Ry Yaveh, Zagnaharin'Israely o, sy misy Zagnahary manahaky Anao na agny amigny lagnisy agnabo na
ety atany ambany, ze mita gny sy fivadiha-pagnekeny amireo panoponao ze mandeha eo agnatrehanao amigny
fony manotolo; [24]Hanao ze nita gny fapanatenanao tamin'i Davida rako panoponao. Eny, nizaka tamigny vavanao
hanao dra nitaterahinao tamigny tagnanao zay, manahaky gny androany.[25]Amizao dra, ry Yaveh,
Zagnaharin'Israely, tateraho ze napanatenanao tamin'i Davida rako panoponao, gny fa nizaka Hanao ho: 'Sy ho
foa aminao gny hana olo hipetraky eo amigny seza fiandrian'Israely eo amasoko, raha mitandry gny handeha eo
agnatrehako gny taranakao, manahaky gny nandehananao teo agnatrehako.' [26]Amizao dra, ry Zagnaharin'Israely,
mivavaky zaho ba ho tateraky gny fapanatena nataonao tamin'i Davida rako panoponao.[27]Fa tena mony etiho an-
tany vatany se Zagnahary?Ingo, zao totolo zao vo gny lagnisy avo sy agn'omby anao-maiky fa itio tempoly ze
naoriny itio![28]Kanefa ba tenoy ra itio vavaky gny mpanomponao vo gny fangatahany itio, ry Yaveh Zagnaharinao;
mitenoa gny tokany vo gny vavaky ataony mpanomponao eto anatrehanao amizao.[29]Enga anie ka hisokaky
amamin'itio tempoly itio andro vo hariva gny masonao, eo amy toera ze nizakanao ho:''Ho ao gny agnarako vo
gny fagnatrehako.'-ba hitenoa gny vavaky hataony mpanomponao ze magnatriky itio toera itio.[30]Koa mitenoa gny
fangatahany mpanomponao vo gny Israely olonao fa gny mivavaky magnatriky itio toera itio zahay.Egny ,
mitenoa laha tagny amy toera honenanao, laha tagny an-dagnisy; dra fagny miteno anao, dra ba mamela.[31]Raha
manota amy namany gny olo raiky ka sy maisy hampanoviny fianiana, dra raha avy ka manao fianiana eo
anatrehany alitaranao ato amin'itio tragno itio izy,[32]dra mitenoa laha tagny an-dagnisy ka miasa;sarao reo
mpanomponao, mba hagnahy gny ory dra hampanody ze nataony ho eo amy lohany avo, dra hagnambara gny
mary ba ho sy mana-signy , vo hamaly soa anazy noho gny fahamarignany.[33]Fa gny resiny fahavalo gny Israely
olonao satria nanota taminao, ka raha mihery aminao izy reo, magneky gny agnaranao, mivavaky, dra
mangataky famela laha taminao ato amin'itio tempoly itio-[34]dra mitenoa agny an-dagnisy dra mamela gny
fahotany Israely olonao;andeso mihery agny amy tany ze nomenao gny razany nereo.[35]Raha mihily gny lagnisy ka


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

sy misy ora satria nanota taminao gny vahoaky-raha mivavaky magnatriky itio toera itio ereo, magneky itio toera
itio ereo, magneky gny agnaranao, dra miala amy fahotany fa gny avy nampahorianao-[36]dra mitenoa agny an-
dagnisy dra mamela gny fahotany mpanomponao vo gny Israely olonao, fa gny mampianasy anazy reo gny lala
soa ze tokony handehanany ianao.Mandasaha ora eo amy taninao, zay nomenao ho lovany olonao.[37]Raha atao ho
misy mosary eo amy tany, na atao ho misy areti-mamono , fahamaignany vary na maty fosy, valala na sompanga
;na atao ho misy fahavalo manafiky gny fefiny gny tana ao amy tanin'ereo, na misy loza na areti-[38]dra raha atao
draiky ho misy vavaky vo fangataha nataony olo raiky na gny Israely vahoakinao aby-zay samy mahalala gny
loza agny am-pony aby raha mamelasy gny tagnany ho amin'itio tempony itio izy.[39]Dra nitenoa agny an-dagnisy ,
gny toera honenanao, mamela dra miasa, dra valio soa gny olo aby noho zay ataony;Ianao mahalala gny fony , fa
Ianao dra Ianao avo gny mahalala gny fony olombelo aby.[40]Atovy anizay ba hahatahoran'ereo anao amy andro
aby hiaignan'ereo eo amy tany ze nomenao gny razanay.[41]Fagnapin'izay, mahakasiky reo vahiny ze sy agnisanigny
Israely vahoakao: raha avy boak'agny amigny firenen-davisy izy nohonigny Agnaranao__[42]fa hahare momba gny
agnaranao lahibe, gny tagnanao mahery, dra gny sandrinao misandrasy ereo__gny fa avy vo mivavaky
magnatriky ty tepoly tihoky ereo, [43]dra mitenoa re agny an-dagnisy, ze toera hisy anao, dra atovy ze
angatahinigny vahiny aminao aby. Atovy zay ba hahafataranigny vondron'olon'aby eto atany gny agnaranao dra
hatahoran'ereo Anao, araky gny ataon'Israely olonao manoka. Atovy zay ba hahafataran'ereo fa ty tragno ze
naoriko tihoky dra atao amigny agnaranao.[44]Raha atao ho mandeha miboaky hialy amigny fahavalo gny olonao,
na ino na ino fomba nandefasanao anereo, dra raha mivavaky aminao, Yaveh, magnatriky gny tana ze voafilinao
ereo, dra magnatriky gny tragno ze naoriko ho anigny agnaranao. [45]Dra mitenoa gny vavaky vo gny
fangatahan'ereo agny an-dagnisy, dra ameo rariny izy.[46]Raha atao ho manota aminao ereo, akory sy misy olo sy
manota, dra raha atao ho ory amin'ereo hanao dra manolosy anereo ho eo amigny fahavalo, dra alanigny
fahavalo ho babo ho agny amigny taniny ereo, na lavisy na mariny. [47]Dra raha atao ho saroan'ereo fa agny amigny
tany ze nanova sesi-tany anerei ereo dra mitalia akory aminao agny amigny tanin'ireo nambambo anereo. Raha
mizaka ereo ho: 'Nanao raha sy maty zahay dra nanota. Rasy fitondra-tegna zahay.'[48]Dra miherin'aminao amigny
fony manotolo vo gny fagnahiny manotolo agny amigny tanin'ireo fahavalony ze nambabo anazy ereo, dra raha
atao ho mivavaky aminao manandrify gny taniny, ze namenao gny razan'ereo, dra manandrify gny tana ze
nifilinao ereo, dra manandrify gny tragno ze naoriky ho anigny agnaranao.[49]Dra mitenoa gny vavak'ereo vo gny
fangatahan'ereo famozena, agny an-dagnisy, ze toera honegnanao, dra hagnamary gny raharaha hoanereo
hanao. [50]Mamela gny olonao, ze nanota taminao, vo gny fahotany aby ze nandikany gny didinao. Mihasy anereo
manoloa gny fahavalony ze nindesa anazy ho babo, ba hiatranigny fahavalon'ereo gny vahoakao avo koa.
[51]Vahoakao ze nifilinao ereo, ze navotanao boak'agny Egpta manahaky gny avy tao amigny fatana fandrendreha-
by. [52]Mivavaky zaho ba hisokaky amigny fangatahinigny panoponao vo gny fangatahanigny Israely olonao gny
masonao, ba hiteno anereo na ombia na ombia hitokavany Anao. [53]Fa navahanao teo amireo vahoakigny tany aby
ereo ba ho Anao dra hitakasy reo fapanatenanao, araky gny nazavainao tamigny alala'i Mosesy panoponao, fony
ninday gny razanayu niboaky an'i Egypta hanao, ry Topo Yaveh."[54]Ko gny fa avy nanao anizay vavaky vo
fangatahan'aby zay tamin'i Yaveh i Solomona, dra nisanga boak'eo anoloanigny alitaran'i Yaveh izy, gny fa avy
nandohaliky vo namelasy gny tagnany nagnatriky gny lagnisy. [55]Nisanga izy dra niso-drano gny
fivondrognan'Israely aby tamigny feo fatrasy, nanao anizahoky ho: [56]"Dera anie Yaveh, gny nagnome fisahara ho
an'Israely olony, tamigny fitanany gny fapanatenany aby. Sy nisy zaka lasaky boak'amigny fapanatena soan'i
Yaveh ze nataony tamin'i Mosesy Panopony.[57]Homba asika anie Yaveh zagnaharisika, manahaky gny nombany
an'ireo razasika. [58]Sy hagnenga asika anie Izy na hahafo asika, ba hapitongilagniny ho Aminazy gny fosika, ba
hiay amigny lalany aby vo hitandry reo didy aman-dalany dra reo fisipiky, ze nandidiany an'ireo razasika.[59]Aoky
reo zaka ze nambarako, ze nangatahiko teo agnatrehan'i Yaveh, ho agnilan'i Yaveh zagnaharisika andro aman'aly,
ba hagnomezany rariny gny panopony vo gny Israely olony, araky ze teliaviny isan'andro; [60]ba ho fatasy gny
firenena aby eto atany fa i Yaveh, gny Zagnahary, dra sy misy zagnahary hafa! [61]Ko aoky ho mary amin'i Yaveh
zagnaharisika gny fondrareo, ba handeha eo amigny lalany dra hitandry reo didiny, manahaky gny amizao."[62]Ko
dra nanolosy soro ho an'i Yaveh gny pazaka vo reo Israely aby niaraky taminazy. [63]Nanolosy soro fagnati-
pihavana i Solomona, ze nataony ho an'i Yaveh: Agnomby ro arivo sy roaly dra agnondry 120. 000. Ko dra
notokananigny pazaka vo reo vahoakin'Israely aby gny tragnon'i Yaveh.[64]Gny andron'io avo dra natokanigny
pazaka gny agnevonigny kiaza teo anoloanigny tepolin'i Yaveh, fa teo gny nanolorany gny fagnatisy oroa, gny
nfagnatisy vary, dra gny tavinigny fagnati-pihavana gny fagnatisy kely loasy raha handresany gny fagnatisy oroa,
gny fagnatisy hohany, dra gny tavin'ireo fagnati-pihavana gny alitara varahy ze teo agnatrehan'i Yaveh.[65]Ko
nataon'i Solomona, mbamireo Israely aby niaraky taminazy, ze fivondrognam-be, hatragny Lebo-hamata dra
hatragny amigny lohasakan-driakin'i Egypta, teo agnatrehan'i Yaveh zagnaharisika nandrisy gny fito andro dra
nandrisy gny fito andro dra nandrisy gny fito andro hafa koa, ze mira efasy ambiny folo andro gny lonogna


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

tamizay fotoa zay. [66]Dra tamigny andro fahavalo dra napoly reo vahoaky izy, dra niso-drano gny pazaka ereo dra noly tagny atragnony tamigny fo ravoravo vo falifaly nohonigny amigny fahasoavan'aby nasehon'i Yaveh tamin'i Davida panopony, dra tamin'Israely olony.

## Chapter 9

[1]Fa gny vitan'i Solomona gny famangana gny tragnon'i Yaveh vo gny laoany pazaka, dra fa gny nahatateraky
anizay aby niriny ho vita izy,[2]dra niseho fagnindroany tamin'i Solomona i Yaveh, manahaky gny nisehoany
taminazy tao Gibeona.[3]Dra hoy Yaveh taminazy ho:''Fa reko gny vavakinao vo gny fangatahanao zay nataonao teo
anatrehako.Fa nataoko ho anahy, itio tragno ze nasanganao itio, ba hametrahako gny agnarako ho ao
mandrakizay. Gny masoko vo gny foko dra ho eo avo amy fotoa aby.[4]Dra ianao, raha handeha eo anatrehako
manahaky gny nandehan'i Davida ranao tamy fahisim-po vo tamy fahamarigna, hankato ze nandidiako anao aby,
dra hitandry reo lalako vo reo didiko , [5]dra hametraky gny sezany fiandriana gny fazakanao eo amy Israely
mandrakizay zaho, manahaky gny nampanatenako tamin'i Davida ranao, ho:'Gny taranakao dra sy hiala eo amy
seza fiandrian'Israely mihisy.'[6]Fa raha mivily ianao , na reo zanakao, ka sy mitandry reo didiko vo reo lalako zay
napetrako eo anatrehanao, dra raha mandeha ka manompo Zagnahari-kafa dra miankohoky eo amin'ereo ianao,
[7]dra ho alako amy tany ze nomeko anazy reo Israely;dra itio tragno ze fa natokako ho agny agnarako itio, dra ho
alako sy ho hiyany masoko, dra Israely dra ho avy manahaky gny raha faneso vo hihomeheza eo amin'ereo
vahoaky iaby.[8]Ho rava ho antotam-bato itio tempoly itio, dra zay aby miriosy eo amin'izay dra ho latsa (gaga) ka
hisiosioky.Hagnontany ereo ho:'Nanao akory i Yaveh gny nanao zao tamin'itio tany vo tragno itio?'[9]Gny hafa
hamaly ho:'Satria nahafo an'i Yaveh Zagnahariny nereo, zay ninday gny razam-ben'ereo niboaky gny tany Egypta,
dra nipitiky tamin'ereo zagnahari-kafa ka niankoholy dra nanompo anazy reo. Zay gny antony nindesan'i Yaveh
zay loza aby zay tamin'ereo.''[10]Fa gny tapisy gny ropolo tao ze nahavitan'i Solomona gny fanagnana reo tragno
lahibe ro, gny tempolin'i Yaveh vo gny lapany pazaka.[11]Dra Hirama pazakan'i TYra, dra namaha hazo sedera vo
Kypreso, dra volamena an'i Solomona zay aby nirin'i Solomona ka dra nomen'i Solomona Pazaka tana ropolo tao
amy tanin'i Galilia i Hirama.[12]Nivbiaky laha tao Tyro i Hirama ba hagnety reo tana ze nomen'i Solomona anazy,
Kanefa sy nahafaly anazy zay. [13]Dra hoy i Hirama:''Fa tana ino tahoky omenao anahy tahoky, ry
ralahiko?''Nitokavin'i Hirama ho Tany kobola reo, zay bo hitokava anazy reo hatragny mandraky androany.
[14]Nampagnatisy taleta volamena 120 ho agny pazaka i Hirama.[15]Zao magnaraky zao gny antony fitakia amy asa ze
napetrak'i Solomona Pazaka:ba hananga gny tempolin'i Yaveh vo gny lapany, ba hananga an'i Milo vo gny
rindrin'i Jerosalema, dra gny ba hananga gny manda fiarovan'i Hazora, Megido, dra Gazera.[16]Niakasy dra
nangalaky an'i Gazera i Farao Pazakan'i Egypta. Nohoroany zay dra novonony reo Kananita tao an-tagnany. Dra
nomen'i Farao agny zanakapelany, valin'i Solomona, ho fagnomeza ho agny fampiakam-baly gny tana.[17]Ka dra
naherin'i Solomona nasangan'i Gazera vo Beti-horona Ambay, [18]Beleta vo Tadmora agny an'esisy agny amy tany
Joda, [19]vo reo tana fagnaza aby ze nanagnany , vo reo tanan'ereo kalesiny dra reo tanany mpitikisy sovalany, dra
zay aby niriny ho asanga ho fahafinaretany tao Jerosalema, tao Libanona, dra tamy tany aby eo ambaniny
fifehezany.[20]Dra reo vahoaky sisa tavela tamin'ereo Amorita, Hitita, Perizita, Hivita, dra Jebositam zay sy vahoaky
Israely, [21]reo taranak'ereo ze tavela niaraky tamin'ereo tao amy tany, zay sy vitany olon'Israely gny nadrava anazy
tateraky nataon'i Solomona mpiasa an-terivozo ereo, mandrak'[androany.[22]Na dra zay avo, dra sy nataon'i
Solomona mpiasa an-terivozo reo vahoakin'Israely . Fa koa, nandeha miaramilany vo mpanompony, manam-
pahefany, vo manam-boninahisy dra mpifehy reo kalesiny dra mpitikisy sovala nereo.[23]Tahoky avo koa reo
lahibeny manam-pahefany misahana reo mpagnara-maso zay teo amy asan'i Solomona, 550 tamin'ereo, zay
nagnara-maso gny vahoaky ze niasa.[24]Nifindra laha tao amy tanan'i Davida ba ho agny amy tragno ze nasangan'i
Solomona ho anazy gny zanakapelan'i Farao. Tatio afara, dra nananga an'i Miloo i Solomona.[25]Manolosy fagnatisy
oroa vo fagnati-pihavana in-telo isan-tao eo agnabony alitara ze naoriny ho an'i Yaveh i solomona, magnoro litin-
kazo magnisy miaraky amin'ereo eo agnabony alitara ze eo anatrehan'i Yaveh. Ka vitany tempoly dra ampiasany
zay amizao.[26]Nagnamboasy andia-sambo tao Ezion-gebera i Solomona Pazaka, zay mariny Elota, teo amorony
Ranomasy Mena ,tao amy tany Edoma. [27]Nandefa mpanompo ho agny andia-sambon'i Solomona i Hirama,
tasambo zay nahay gny ranomasy , niaraky tamin'ereo mpanompon'i Solomona. [28]Nandefa tagny Ofira niaraky
tain'ereo mpanompon'i Solomona ereo. Laha tagny gny nindesan'ereo taleta volamena 420 an'i Solomona Pazaka.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 10

1Fa gny nahare gny lazan'i Solomona momba gny agnaran'i Yaveh gny mpazakan'i Sheba, dra avy hisapa anazy
amy fagnontania saroay izy.2Avy laha tagny Jerosalema niaraky taminahy Rodobe lava dra lava, nisy rameva
ninday raha-magnizy , volamena be, dra vato sarobily maro izy.Raha avy izy, dra nambarany tamin'i Solomona
avo koa ze tao am-pony aby.3Nivalian'i Solomona gny fagnontaniany aby.Sy nisy sy voavakiny pazaka gny
fagnontaniany.4Fa gny nahita gny fahendren'i Solomona aby gny Pazakavavin'i Sheba, gny lapa ze naoriny, 5gny
sakafo teo an-databany, gny sezany mpanompony, gny asan'ereo mpanompony vo gny fiakazoan'ereo, dra gny
mpinday gny kapoakiny avo koa , vi gny fomba nanolorany fagnatisy oroa tao an-tragnon'i Yaveh, dra talazo
vatany izy.6Hoy izy tamy Pazaka:''Mary vatany, gny tatisy ze reko tany amy taniko momba gny zakanao vo gny
fahendrenao.7Sy nino zaho raha sy avy tetio, dra nahita maso zay zaho amizao.Sy ampy asasany amy fahendrena
vo harenanao gny voatatara taminahy!Nihoasy ze reko gny lazanao.8Sambasy erio reo valinao , dra sambasy avo
ko reo mpanomponao ze mizano manoloa anao avo, satria manare gny fahendrenao ereo.9Hoderay se i Yaveh
Zagnaharinao, zay mahita sitraky aminao, vo nametraky anao teo amy seza fiandrianan'i Israely.Satria tian'i
Yaveh mandrakizay Israely, nataony Pazaka ianao, ba hanovanao gny rariny vo gny fahamarigna!''10Nomeny
taleta volamena 120 dra raha-magnisy maro vo vato sarobily gny Pazaka.Sy nisy nagnome raha-magnisy maro
manahaky reo ze nomen'i Pazakavavin'i Sheba an'i Solomona Pazaka sasy.11Dra gny andia-sambon'i Hirama, ze
ninday volamena laha tagny Ofira, ninady hazo almoga vo vato sarobily maro avo koa.12Nataony Pazaka sangam-
bato ho agny tragnon'i Yaveh vo gny lapany Pazaka , dra lokanga vo valiha ho an'ereo mpihira gny hazo
almonga.Sy nisy hazo almoga maro manahaky zay avy na hita koa mandrak'androany.13Nomen'i Solomona zay
aby niriny gny Pazakavavin'i Sheba, na ino na ino nangatahiny, miampy an'izay fagnomezan'i Solomona anazy
amy fagnomen'i Pazaka.Ka dra nihery tamy taniny niaraky tamin'ereo mpanompony .14Dra gny volamena avy tao
amin'i Solomona tao agnatiny heritao dra taleta volamena milaza 666,15afa-sy gny volamena nandesin'ereo
mpanakalo vo mpivarosy.Reo mpazaka aby tagny Arabia vo reo governora tao amy firenena avo koa dra ninday
volamena vo volafosy tagny amin'i Solomona.16Nanao ampinga lahibe ro-zato vita tamy volamena voatefy i
Solomona Pazaka . Sekely volamena enizato gny nanovany gny raiky tamin'izay.17Nanao ampinga telo-zato vita
tamy volamena voatefy avo koa izy.Ka volamena telo mane gny nanovany gny raiky tamy ampinga;napetraky gny
Pazaka tao amy lapany Alan'i Libanonana ereo.18Dra nanao seza fiandriana agnevo lahibe gny Pazaka dra
nifognosiny tamy volamena faran'izay matify zay.19Nisy atagnan-tohasy enina nagneo amy seza fiandriana, dra
boribory gny fiakinany .Nisy fametrahan-tagna isaky gny sisiny seza, dra liona ro misanga mariny eo. 20Liona ro
ambiny folo gny nisanga teo amin'ereo atagnan-tohasy enina.Sy nisy seza fiandriana manahaky anizay teo amy
firenena hafa aby.21Gny kapoaky finoman'i Solomona Pazaka aby dra vita tamy volamena avo koa , dra gny koky
finoma tao amy Lapany alan'i Libanona dra vita tamy volamena sy misy fangarony avo koa. Sy nisy volafosy reo,
satria sy nirambesiny ho sarobily zay tamy andron'i Solomona . 22Nana andia-sambo mpitety ranomasy gny
Pazaka, niaraky tamy andia-sambon'i Hirama.Draiy mandeha agnatiny telo tao ivory reo adia-sambo, dra razako
vo gidro avo koa.23Nihoasy tamy fanagnan-karena vo tamy fahendre noho gny an'ereo Pazaka aby teto an-tany
gny an'i Solomona Pazaka.24Nitalia gny hifagnatriky tamin'i Solomona gny tany raiky manotolo ba hahare gny
fahendreny, zay napetrak'Agnahary tao am-pony.25Ninday fagnomeza reo ze namangy, fanaky volafosy vo
volamena , dra akazo ,akazo fiarova , dra raha-magnisy, sovala vo ampondra avo koa, isa-tao isa-tao.26Nagnoro
kalesa vo mpitikisy sovala i Solomona . Nana kalesa 1. 400 vo pitikisy sovala ro arivo vo ray aly izy zay nazanony
tao amy tana fipetrarany kalesa vo niaraky taminazy tagny Jerosalema.27Nana volafosy tao Jerosalema gny
mpazaka , maro manahaky vato teo amy tany zay. Nataony maro manahaky gny hazo aviavy tegny amy tany
lemaky gny hazo sedera.28Nana sovala ze niviliny tagny Egypta vo Silisia i Solomona. Niviliny mpivarosy gny
Pazaka isan'andiany ereo, dra samy nana gny viliny aby gny andiany raiky.29Gny kalesy dra tany ambalikin'i
Egypta gny niviliny dra sekely voladosy eni-zato gny raiky, dra sovala 150 sekely gny raiky.Maro tamin'ereo gny
naviliny tamy Pazakan'i Hetita vo gny Pazakany Syriana aby.

## Chapter 11

[1]Dra i Solomona Pazaka dra nitia ampela vahiny maro:gny zanakapelan'i Farao vo reo ampelan'i Moabita,
Amonita , Edomita, Sidoniana, dra reo Hetita-[2]reo firenena voakasin'izay nizakan'i Yaveh tamin'ereo vahoakin'i
Israely ho:''Sy handeha eo amin'ereo ianao ba hanambaly, na ereo ho eo aminao, satria ereo dra hampitoliky gny
fonao amin'ereo zagnaharin'ereo vatany.''Kanefa i Solomona tia an'ereo ampela reo.[3]Nana valy andrimbavy fito-
zato vo vadisindrano telozato i Solomona. Nampitoliky gny fony reo ampela reo. [4]Fa gny niha-atisy i Solomona ,
dra nampitoliky gny fony tamin'ereo zagnahari-kafa reo valiny;fa sy tena nanakim-po tateraky tamin'i Yaveh
Zagnahariny,manahaky gny fon'i Davida rany.[5]Fa i Solomona dra nagnaraky an'i Astarta, gny zagnahari-
ampelan'ereo Sidoniana, dra nagnraky an'i Milkoma izy, gny sampy vetabetan'ereo Amonita .[6]Nanao ze rasy teo
amason'i Yaveh i Solomona ;sy nagnaraky tateraky an'i Yaveh izy , manahaky nataon'i Daviga rany.[7]Dra nananga
toera abo ho an'i Kemosy i Solomona, gny sapy vetavetan'i Moaba, teo amy havoany asignanan'i Jerosalema , dra
ho an'i Moloko avo koa, gny sapy vetavetany vahoakin'i amona.[8]Nananga toera abo avo koa izy ho an'ereo ampela
vahininy aby, zay nagnoro litn-kazo mganisy vo nanao soro ho an'ereo zagnaharin'ereo tamin'ireo.[9]Ory tamin'i
Solomona i Yaveh , noho gny niviliny fony niala taminazy, gny Zagnaharin'Israely m na dra niseho indro
taminazy avo Izy [10]dra nandidy anazy momba io raha io mihisy, fa sy tokony hagnaraky reo zagnahari-hafa izy.
Fa i Solomona dra sy mankato ze didin'i Yaveh.[11]Noho zay dra hoy i Yaveh tamin'i Solomona :''Satria nanao anizay
ianao dra sy nita gny fanekam-pihavana vo reo lalako ze nandidiako anao, dra ho alako aminao vatany gny
fazaka dra homeko gny mpanomponao.[12]Kanefa , noho gny amin'i Davida ranao, dra sy hanao anizay amy
androm-piaignanao aby zaho, fa hangalaky anizay amy tagnany zanakao. [13]Sy bo hangalaky gny fazaka aby
aminao zaho;fa hagnome foko raiky ho agny zanakao noho amin'i Davida , vo nohony amin'i Jerosalema, zay
nifiliko.''[14]Dra nananga fahavalo raiky ho an'i Solomona i Yaveh, dra i Hadada gny Edomita. Laha tamy
fianakavian'andrian'i Edoma izy.[15]Fa gny tao Edoma i Davida , dra niakasy ba handevy gny maty i Joaba gny
lahibeny tafiky, gny olo-iaby ze voavono tao Edoma.[16]Nitoesy tao nandrisy gny anim-bola i Joaba vo Israely aby
mandra-pahamaty gny lelahy aby tao Edoma.[17]Fa i Hadada dra nalan'ereo mpanompony rany tao Egypta niaraky
tamin'ereo Edomita hafa, satria i Hadada dra bo zaza masaiky.[18]Niala tao Midiana ereo dra avy tao Parana, zay
nangalan'ereo olo miaray aminazy ho agny Egypta, ho agny amin'i Farao Pazakan'i Egypta, zay nagnome tragno
vo tany dra sakafo ho anazy. [19]Nahita sitraky lahibe teo amason'i Farao i Hadada, ka nomen'i Farao valy izy , dra
gny rahavavim-baliny, gny rahavavin'i Tapanesa Pazakavavy.[20]Niteraky zanadahy tamin'i Hadada gny rahavavin'i
Tapanesa. Nomen'iero gny agnara ho Genobata izy. Nisangan'i Tapanesa tao amy lapan'i Farao izy. Ka nipetraky
tao amy lapan'i Farao teo amin'erero zanak'i Farao i Genobata.[21]Raha bo tao Egypta izy, dra nahare i Hadada fa
nimaty agny amin'ereo razany i Davida dra i Joaba gny kapitaniny miaramila dra maty,hoy i Hadada tamin'i
Farao:''Angao zaho handeha , ba ho afaky ho agny amy fireneko.''[22]Dra hoy i Farao taminazy:''Fa ino gny sy apy
anao eto aminahy , gny mitalia ho agny amy firenenao ianao amizao?''Dra namaly i Hadada ho:''Sy misy . Ba
angao handeha ra zaho.'''[23]Nanangam-pahavalo hafa an'i Solomona avo kkoa Zagnahary, dra i Rezona zanak'i
Eliada, zay nilomay an'i Hadadezera Pazakan'i Zoba tompony . [24]Nagnoro olo ho anazy i Rezona ka lasa kapiteny
masaiky izy, fa gny nandresy gny olon'i Zoba i Davida . Reo lelahin'i Rezona dra nagnany Damaskosy dra
nipetraky tagny, ka nifehezin'i Rezona i Damaskosy.[25]Fahavalon'i Israely izy nandrisy gny andron'i Solomona aby,
niaraky tamy koronta zay nataon'i Hadada. sy tia an'i Israely i Rezona dra nazaka teo amin'i Arama.[26]Dra i
Jeroboama zanak'i Nebata, Efraimita laha tagny Zereda, manam-pahefan'i Solomona , zay Zeroa gny agnaran-
dreniny, mpinday vata raiky, dra nananga gny tagnany tamy Pazaka avo koa. [27]Gny antony nananganany tagna
tamy Pazaka dra satrai nagnory toera tao Milo vo nanapy gny lavaky tamy rindry tanan;i Davida rany i
Solomona.[28]Jeroboama dra lelahy raiky mahery. Hitan'i Solomona fa zatovolahy miasa izy , ka nomeny alala
nibaiko reo asaaby tao amy tragnon'i Josefa.[29]Tamin'izay fotoa zay, fa gny niboaky an'i Jerosalema i Jeroboama ,
dra nahita anazy tegny amy lalany i Ahia Silonita mpaminanyDra niakazo vaovao i Ahia dra izy rolahy dra raiky
tao an-tanimbony .[30]Dra nangalaky gny akazo vaovao ze tegny aminazy i Ahia ka nizarazara anizay ho ro
ambinifolo.[31]Hoy izy tamin'i Jeroboama:''Mangalaky tapatapany folo, fa i Yaveh , gny Zagnaharin'i Israely, nizaka
ho:''Ingo , hangalaky gny fazaka eo amy tanan'i Solomona zaho ka hagnome foko folo ho anao [32](fa i Solomona dra
hana foko raiky, noho amin'i Davida vo noho amin'i Jerosalema gny tana ze nifiliko tamin'ireo fokon'i Israely
aby),[33]Satria nahafo anahy ereo dra nanompo an'i Astarta gny zagnahari-bavin'ereo Sidoniana, Kemosy gny
zagnaharin'i Moaba , dra Moloka gny zagnahariny gny vahoakin'i Amona. Sy nandeha tamy lalako ereo, ba hanao
ze mary eo amazoko, vo hitandry reo lalako vo reo didiko, manahky gny nataon'i Davida rany.[34]Kanefa , sy
hangalaky gny fazaka raiky manotolo amy tanan'i Solomona zaho . Fa koa, nanao anazy hoi mpanapaky amy
andro aby hiaignany, noho amin'i Davida mpanompoko ze nifiliko, gny raiky ze nitandry reo didiko vo reo lalako.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

[35]Fa hangalaky gny fazaka eo an-tagnany zanany zaho ka hagnome anizay anao, dra reo foko folo. [36]Hagnome foko
raiky ho agny zanak'i Solomona zaho , ba hana fanilo mandrakariva eo anatrehako ao Jerosalema i Davida
mpanompoko, tana ze nifiliko ba hasiany gny agnarako.[37]Hangalaky anao zaho , ka hanapaky ianao ba
hagnatateraky anizay aby irinao, dra ho pazaka eo amin'Israely ianao.[38]Raha miteno anizay hadidiko anao, dra
araha mandeha amin'ireo lalako vo manao ze mary eo amasoko, ma hitandry reo lalako vo reo didiko ,
manahaky gny nataon'i Davida mpanompoko, dra hiaraky aminao zaho dra hananga tragno azo antoky ho anao,
manahaky gny nananganako ho an'i Davida , dra hagnome anao an'Israely zaho. [39]Hagnasazy reo taranak'i
Davida zaho, fa sy ho mandrakizay.''"[40]Dra nizaka gny hamono an'i Jeroboama i Solomona. Fa i Jeroboama nindray
nandososy tagny Egypta, tagny amin'i Sisaka pazakan'i Egypta, dra nizano tao Egypta izy mandra-pahafatin'i
Solomona.[41]Raga gny amy raharaha hafa mikasiky an'i Solomona , zay aby nataony vo gny fahendreny, moa se sy
voasorasy ao amy boky ereo tatara momba an'i Solomona reo?[42]Nazaka tao Jerosalema tamin'ereoIsraely aby i
Solomona nandrisy gny efapolo tao.[43]Nimaty tagny amin'ereo razambeny izy dra nalevy tao amy tanan'i Davida
rany. Dra lasa Pazaka tafaran'i Rehoboama zanadahiny.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 12

1Dra nagnagny Sekema i Rehoboama, Satria gny Isrealy aby gny avy tao Sekema ba hanao anazy ho pazaka.
2Nandre zay Jeroboama zanaky lahin'i Nebata (fa izy bo tagny Egypta, tagny ami'zay nilomesany gny
fagnatrehan'i Solomona pazaka), satria Jeroboama nitoboky tao Egypta.3Dra nampagniraky vo nitoka anazy izy
reo, dra Jeroboama vo reo fengonana'ny Isrealy aby avy dra nizaka taminazy Rehoboama ho: "'4Nataon'ny
babanao mavesasy gny zioganay. Dra hamevegno gny asa fatrasy babanao, dra hamavegno gny zioga mavesasy
zay nampandesiny anay, dra hanopo anao izahay." 5Rehoboama nizaka tamin'azy ho: "Mandehana mandrisy gny
telo andro dra miharegna atiky aminahy."' koa gny nadeha gny vahoaky.6Nangalaky hevisy tami'reo lelahy
zokin'olo zay nagnatriky an'i Solomona babany fony izy bo velo i Rehoboama pazaka, dra hoy izy ho: "Ino gny
torohevisindrareo hon'ahy ba hamaliako reo vahoaky reo?" 7Nizaka taminahy ereo dra nanao ho: "Gny ho
panopon'ireo vahoaky reo hanao anio dra hanopo anazy reo, dra hamaly anazy reo amigny zaka soa, dra ho
panoponao mandrakariva izy reo."8Fa i Rehoboama nanda gny torohevisy zay namen'ny zokin'olo anazy dra
nitalia hevisy tami'reo tovolahy zay nindray lahibe taminazy vo nagnatriky anazy. 9ho izy tamin'ereo ho: "Ino gny
torohevisy amendrareo anahy zay mety havaliasika reo vahoaky zay nizaka taminahy ho: "Hamavegno gny zioga
zay napetraky gny babanao taminay?"10Reo zatovolahy zay nindray lahibe tamin'i Rehoboama nizaka taminazy
dra nanao ho: "Mizaka ami'reo vahoaky zay nizaka taminao fa i Solomona babanao dra nanao gny ziogan'izy reo
ho mavesasy kanefa hanao sy maisy hagnamevan'anazy. tokony hizaka amin'ereo hanao ho: "Gny zanakakihoko
dra lahibe noho gny valahan'i babako. 11Gny akehitriny, na dre nampinday zioga mavesasy adrareo aza gny
babako, dra bo hagnapy gny ziogandrareo zaho. Gny babako nagnafay andrareo tamigny karavasy fa izaho koa
hagnafay andrareo amigny maingoka.'"12Dra avy tagny amin'i Rehoboama tamigny andro fahatelo i Jeroboama vo
gny vahoaky aby, araky gny nandidian'ny pazaka gny nizaka izy ho: "Miharegna eto aminahy amigny andro
fahatelo." 13Gny pazaka namaly gny vahoaky tamigny zaka fatrasy dra nanda gny torohevisy zay namen'ireo
zokin'olo anazy. 14Nizaka tamin'ereo izy araky gny torohevis'ereo zatovolahy; hoy izy ho: "Nampinday andrareo
zioga mavesasy gny babako, kanefa bo hagnapy gny ziogandrareo zaho.Nagnafay andrareo tamigny karavasy gny
babako, fa izaho koa hagnafay andrareo amigny maingoka.'"15Dra sy niteno gny vahoaky gny pazaka, fa avy
amin'i Yaveh zay raha zay, ba hahafahany magnatateraky gny zakany zay nizakany tamigny alalan'i Ahia ilay
Silonita tamin'i Jeroboama zanaky lahin'i Nebata.16Gny fa hitan'ny Isrealy aby fa sy niteno anazy reo gny pazaka,
dra namaly anazy gny vahoaky dra nanao ho: "Ino gny ba azaranay ao amin'i Davida? Sy mana lova ao amigny
zanaky lahin'i Jese izahay! Mandehana agny an-daindrareo, ry Isrealy. Akehitriny atio gny akohonanao, ry
Davida." Dra nihery tagny an-dainy gny Isrealy. 17Fa reo vahoakin'i Israely zay nitoboky tao atanan'i joda, dra i
Rehoboama gny lasa pazakan'ereo.18Dra i Rehoboama pazaka nagniraky an'i Adorama, zay nifehy piasa an-
terivozo, fa gny Isrealy aby nitoraky vato anazy dra maty izy. Rehoboama pazaka nandososy malaky tagny
Jerosalema nindray tamigny Kalesiny. 19Noho zay Israely dra nikomy tamigny taranak'i davida
mandrak'androany.20Gny fa ren'ny Israely aby fa nihery i Jeroboama dra nampagniraky nampitoka anazy ho ao
amigny fivorian'ereo, dra nanao anahy ho pazakanigny Israely aby. Sy nisy olo dre raiky aza nagnoriky gny
fianakavian'i Davida, afa-sy gny fokon'i Joda raiky avo.21Gny fa avy tao Jerosalema Rehoboama, dra namory reo
taranak'i Joda vo reo fokon'i Benjamina aby; nisy lelahy voafily 180. 000 ze maramila, ba hialy amigny
taranak'Israely, ba hagnery gny fazakan'i Rehoboama zanadahin'i Solomona.22Fa gny zakan'Agnahary avy tamin'i
Semaia, gny lelahin'Agnahary; voazaka ho: 23"Zakao i Rehoboama zanadahin'i Solomona, pazakan'i Joda, gny
taranak'i Joda vo i Benjamina aby, dra reo olo ambiny aby; zakao ho: 24'Zao gny zakan'i Yaveh: Ka manafiky na
mialy amigny rahalahinao vahoakin'i Israely hanao. Gny lelahy sirairay dra sy maisy mihery agny amigny
tragnony, akory boak'aminahy zao raha zao." Dra niteno gny zakan'i Yaveh ereo, dra nihery vo nitakasy gny
lalany, dra nakato gny zakany ereo.25Dra Jeroboama nagnory an'i Sekema teo amigny tany havoan'i Efraima, dra
nony teo. Niboaky boak'ao izy dra nagnory an'i Pehoela. 26Jeroboama nanao anaka-po ho: "Hihery ho anigny
taranak'i Davida gny fazaka amizao. 27Raha miakasy ba hanao soro ao amigny tepolin'i Yaveh ao Jerosalema reo
vahoaky reo, dra nihery amigny topon'ereo, dra amin'i Rehoboama pazakan'i Joda ndraiky gny fon'ireo vahoaky
reo. Hamono anahy ereo dra hihery amin'i Rehoboama pazakan'i Joda."28Dra Rehoboama pazaka tehy hery dra
namboasy zanak'agnomby volamena ro; dra hoy izy tamigny vahoaky: "Sarosy ho andrereo gny hiakasy ho agny
Jerosalema. Ingo, tahoky gny zagnaharindrareo, ry Israely, ze ninday andrareo niakasy niala gny tany Egypta."
29Napetrany ta Betela ao gny raiky dra gny hafa tagny Dana. 30Dra lasa fahota izay fihesiky zay. Gny vahoaky
nandeha tamigny raiky na gny hafa, tamigny lalan'aby magnagny Dana.31Jeroboama nagnory reo tragno tamigny
toera abo dra nanendry pisoro boak'amireo vahoaky aby, ze sy avy teo amireo zanadahin'i Levy avo koa izy.
32Nanendry andro firavoravoa i Jeroboama tamigny vola fahavalo, tamigny andro faha dimy ambiny folonigny

vola, manahaky gny firavoravoa ze agny Joda, dra niakasy tegny amigny alitara izy. Ta Betela agny gny nanovany anizay, nanao soro tamigny zanak'agnomby ze namboariny, dra napetrany tagny Betela reo pisoro tao amigny toera abo ze nataony.
[33]Niakasy tagny amigny lagnisy ze namboariny tao Betela i Jeroboama tamigny andro faha dimy ambiny folo tamigny vola fahavalo, tamigny vola ze niheverinigny sainy manoka; nanendry andro firavoravoa ho anigny vahoakin'i Israely izy, dra niakasy tagny amigny alitara ba hagnoro liti-kazo magnisy.

## Chapter 13

1Nisy lelahin'Agnahary boak'agny Joda avy tao Betela nohonigny zakan'i Yaveh. Nizoro teo agnilanigny alitara i
Jeroboama ba hagnoro liti-kazo magnisy. 2Nihikiaky tamigny alitara nohonigny zakan'i Yaveh izy ho: "Alitara!
Alitara! Izao gny ambaran'i Yaveh ho: 'Ingo , hisy lelahy atao ho Josia hateraky amigny fianakavian'i Davida, dra
eo aminao gny hanovany soro pisoro amigny toera abo indridra ze magnoro liti-kazo magnisy eo aminao izao.
Hagnoro tolan'olombelo eo aminao ereo."' 3Boak'eo gny lelahin'Agnahary nagnome famatara gny androns'igny
avo, nanao anizahoky ho: "Izao gny famatara nizakan'i Yaveh: 'Ingo, hiparitaky gny alitara, dra hiraraky gny
lavenoky eo aminazy."'4Gny fa renigny pazaka zay nizakanigny lelahin'Agnahary, fa nitoka fatrasy nanohisy gny
alitara tao Betela izy, dra nanizisy gny tagnany boak'eo amigny alitara i Jeroboama, nanao anizahoky: "Sambory
izy." Boak'eo maty gny tagnany ze nahiziny tamigny lelahy, dra sy afaky nagnemosy anizay hihery sasy izy.
5(Niparitaky avo koa gny alitara dra niraraky boak'eo amigny alitara gny lavenoky, araky gny voafarisigny
famatara ze namenigny lelahin'Agnahary nohonigny zakan'i Yaveh.)6Namaly Jeroboama pazaka dra nizaka
tamigny lelahin'Agnahary ho: "Mataha sitraky amin'i Yaveh zagnaharinao, dra mivavaha ho anahy, ba hahery
aminahy ndraiky gny tagnako." Noho izay dra nivavaky tamin'i Yaveh gny lelahin'Agnahary, dra nahery taminazy
ndraiky gny tagnanigny pazaka, dra lasa manahaky gny taloha zay. 7Hoy gny pazaka tamigny lalehin'Agnahary
ho: "Ndao holy miaraky aminahy dra hangalaky ay, dra hameko valisoa hanao."8Hoy gny lelahin'Agnahary
tamigny pazaka ho: "Na dre hamenao anahy aza gny asasaky gny fanagnanao, dra sy handeha hiaraky aminao
zaho, na hihina-kany na hino rano amity toera tihoky, 9akory Yaveh nandidy anahy tamigny zakany ho: 'Sy hihina
mofo na hino rano hanao, na hihery amigny lala ze niavianao."' 10Noho izay dra nandeha tamigny lala hafa gny
lelahin'Agnahary dra sy nihery tagny atragnony tamigny lala ze nandehanany ho agny Betela.11Dra nisy
paminany atisy raiky nipetraky tao Betela, dra avy gny raiky tamireo zanadahiny dra nizaka taminazy gny raha
aby ze vitanigny lelahin'Agnahary tao Betela tamin'io andro io. Nizakanigny zanany taminazy koa reo zaka ze
nizakanigny lelahin'Agnahary tamigny pazaka. 12Hoy gny ran'ereo tamin'ereo ho: "Eza gny lala nandehanany?"
Dra hitanigny zanany gny lala nandehananigny lelahin'Agnahary boak'agny Joda. 13Noho izay dra hoy izy tamireo
zanadahiny ho: "Asio lasely ho anahy gny boriky." Ko dra nasian'ereo lasely gny boriky dra nitikirany zay.
14Nagnoriky anigny lelahin'Agnahary gny paminany atisy dra nahita anazy nipetraky teo ambaninigny hazo
terebita; dra hoy izy taminazy ho: "Hanao ra gny lelahin'Agnahary boak'ao Joda?" Dra namaly izy ho: "Izaho
indrindra." 15Boak'eo nizaka taminazy gny paminany atisy ho: "Ndrao hindray aminahy agny atragno dra hihina-
kany." 16Dra namaly gny lelahin'Agnahary ho: "Sy handeha hihery hiaraky aminao zaho na hilisy hiaraky aminao,
na hihina-kany na hino rano miaraky aminao amizay toera zay, 17akory nandidia anahy tamigny zakan'i Yaveh
izay ho: 'Sy mahazo mihina hany na mino rano agny hanao, na mihery amigny lala ze nandehananao."'18Dra hoy
gny paminahy atisy taminazy ho: "Paminany mahaky anao koa zaho, dra nisy azely nizaka taminahy nohonigny
zakan'i Yaveh, nanao anizahoky ho: 'Andeso mihery agny atragnonao miaraky aminao izy, ba hahafahany
mihina-kany vo mino rano."' Kanefa navandy tamigny lelahin'Agnahary izy. 19Noho izay dra nandeha nihery
niaraky tamigny paminany atisy gny lelahin'Agnahary dra nihina-kany tao atragnony vo nino rano.20Raha
nipetraky teo an-databasy ereo, dra avy amigny paminany ze ninday anazy nihery gny zakan'i Yaveh, 21dra
nihiakiaky tamigny lelahin'Agnahary ze avy agny Joda izy, nanao anizahoky ho: "Hoy Yaveh ho: 'Akory sy nakato
gny zakan'i Yaveh hanao dra sy nitandry gny didy ze namen'i Yaveh anao, 22fa nihery vo nihina-kany vo nino rano
tao amigny toera ze nizakan'i Yaveh anao ba sy hihina hany na hinomanao rano, dra sy halevy agny amigny
lolon'ireo razambenao gny vatanao."'23Gny fa avy nihina-kany vo gny fa avy nino izy, dra nasianigny paminany
lasely gny borikinigny lelahin'Agnahary, gny lelahy ze nihery niaraky taminazy. 24Gny fa lasa gny
lelahin'Agnahary, dra nisy liona nifanena taminazy tegny an-dala dra namono anazy, dra nanga teo an-dala gny
fatiny. Boak'eo gny boriky nizoro teo agnilanizay, dra gny liona avo koa dra nijoro teo agnilanigny faty. 25Gny fa
nandalo teo gny olo dra nahita gny faty tavela teo an-dala, dra gny liona nizoro teo agnilanigny faty, dra nandeha
ereo dra nizaka anizay tagny amigny tana ze nipetrahanigny paminany atisy.26Gny fa renigny paminany ze
ninday anazy nihery tamigny lala zay, dra hoy izy ho: "Gny lelahin'Agnahary ze sy nakato gny zakan'i Yaveh zay.
Noho izay dra namen'i Yaveh gny liona izy, ze namiravira anazy vo namono anazy, araky gny napitandremanigny
zakan'i Yaveh anazy." 27Ko nizaka tamireo zanadahiny gny borikiko,' dra nasia'ereo lasely zay. 28nandeha izy dra
nahita gny faty tavela tegny an-dala, dra gny boriky vo gny liona nizoro teo agnilanigny faty. Sy nihaninigny liona
agnilanigny faty, na nivonony gny apondra.29Nalanigny paminany gny fatinigny lelahin'Agnahary, napandriany
teo amigny boriky izay, dra nandesiny nihery. Avy tagny amigny tanany manoka izy ba handala vo handevy
anazy. 30Napandreny tao amigny lolony manoka gny maty, dra nindala anazy ereo, anano anizahoky ho: "Indrisy,
ry rahalahiko!"31Gny fa avy nandevy anazy ereo, dra nizaka tamireo zanadahiny gny paminany atisy, nanao

anizahoky ho: "Gny fa maty zaho, dra alevegno ao amigny lolo ze nandevegna anigny lelahin'Agnahary. Apandreo
eo agnilanigny tolany gny tolako. [32]Akory gny hafasy ze nambarany nohonigny zakan'i Yaveh, tamigny alitara tao
Betela vo tamireo tragno aby agny amigny toera abo agny amireo tanan'i Samaria, dra hitranga
vatany."[33]Tafaran'io dra sy niala tamigny fomba rasiny i Jeroboama, fa bo nanohy nanondro pisoro avy amigny
karazan'olo ho amigny toera agnabo avo . Ze te-hanopo dra natokany ho pisoro. [34]Lasa fahota tamigny
fianakavian'i Jeroboama vo nahaavy gny fianakaviany ho potiky vo ringa teto agnabonigny tany zay.

## Chapter 14

[1]Tamizay fotoa zay dra narary fatrasy Abia zanadahin'i Jeroboama. [2]Hoy i Jeroboama tamigny valiny ho:
"Misangana re dra manova endriky, ba sy ho fatasy gny olo fa valiko hanao, dra mandehana agny Silo, fa agny
gny misy an'i Ahia paminany; izy gny nizaka gny momba anahy, nizaka fa ho lasa pazakan'ireo olo reo zaho.
[3]Mindesa mofo folo, mofomamy kelikeliky, vo tately tavoangy raiky, dra mandehana agny amin'i Ahia. Hizaka
aminao ze hitranga amin'io zaza io izy."[4]Nataonigny vadin'i Jeroboama anizay; dra lasa izy dra nandeha
nagnagny Silo, dra avy tao atragnon'i Ahia. Dra sy nahita i Ahia; sy nahita sasy izy nohonigny fahaterany. [5]Hoy i
Yaveh tamin'i Ahia ho: "Ingo, ho avy eto aminao gny valin'i Jeroboama ba hitalia toro-hevisy mahakasiky gny
zanadahiny, akory marary izy. Izao sy zao gny zakanaminazy, akory gny fa avy izy, dra mady hanao manahaky
gny apela hafa izy."[6]Gny fa ren'i Ahia gny feonigny tombony raha izy nilisy gny vatrangara igny, dra hoy izy ho:
"Mandrosoa, ry valin'i Jeroboama. Nagnino hanao gny mady manao olo-kafa? Nirahy hizaka vaovao rasy ho anao
zaho. [7]Mandehana, zakao i Jeroboama fa i Yaveh, gny Zagnaharin'Israely, dra nizaka ho: 'Nasandraso tamireo olo
hanao ba haavy ahano ho pitariky gny vahoak'Israely. [8]Nalako teo amigny fianakavian'i Davida gny fazaka dra
nameko anao zay, nefa hanao dra sy manahaky an'i Davida panopokoze nitandry gny didiko dra nagnaraky
Anahy tamigny fony manotolo, ba sy hanao afa-sy gny mary eo amasoko.[9]Fa hanao koa dra nanao rasy, mihoasy
noho reo aby nanoloan'anao. Hanao dra nanao zagnahary hafa, nanao sari-raha agnilia ba hapasiaky anahy, dra
nagniliky anahy ho ao an-damosinao. [10]Noho izay, ingo, hinday loza amigny fianakavianao zaho; handringa gny
zazalahy aby ao Israely zaho, na gny andevo na gny afaky, dra hagnafoa tateraky gny fianakavianao, manahaky
gny olo magnoro zeziky mandra-pahalevon'izay.[11]Na iza na iza anigny fianakavianao ze maty ao amigny tana dra
ho hanin'ireo amboa, dre iza dre iza maty agny asaka dra ho hanin'ireo voronigny lagnisy Zaho, Yaveh gny fa
nizaka anizay.' [12]Ko misangana, ry valin'i Jeroboama dra miheregna agny atragnonao; gny fa milisy ao amigny
tana gny tombonao, dra ho maty i Abia. [13]Handala vo handevo anazy gny Israely aby. Izy avo gny toka
boak'amigny fianakavian'i Jeroboama halevy ao agnaty lolo, akory tao aminazy raiky avo, boak'ao amigny
atragnon'i Jeroboama, gny nahita raha soa teo amason'i Yaveh, gny Zagnaharin'Israely.[14]Yaveh avo koa dra
hanandrasy pazakan'Israely raiky ze handringa gny fianakavian'i Jeroboama amin'io andro io. Androany zay
andro zay, izao amizao. [15]Fa Yaveh dra hanafiky an'Israely manahaky gny volotara hozongozognynigny rano, Izy
dra agnombosy an'Israely hiala eo amin'io tany soa ze nameny gny razam-ben'ereo io. Hagnaparitaky anereo
agny andafinigny onin'i Efrata Izy, akory nanao boan'Aseraha ereo dra nahaory an'i Yaveh. [16]Izy dra hagnenga
an'Israely noho reo fahotan'i Jeroboama, reo fahota ze nataony, vo nitahiny an'Israely ba hanota.[17]Dra nisanga
gny valin'i Jeroboama dra nandeha, dra avy tao Tirza. Raha avy teo atokonam-baravaranigny tragnony izy, dra
maty gny zaza. [18]Nandevy vo nandala anazy gny Israely aby, araky gny fa nizakany tamin'ereo araky gny zakan'i
Yaveh ze nambarany tamigny alalanigny Ahia paminany panopony.[19]Dra reo raha hafa mahakasiky an'i
Jeroboama, gny nagnaramany aly vo nazakany, dra ingo, nisoratiny tao amigny bokinigny tataranigny
pazakan'Israely reo. [20]Nazaka ro amby ropolo tao Jeroboama dra nimaty niaraky tamireo razambeny, dra Nadaba
zanadahiny gny lasa pazaka teo amigny toerany.[21]Dra Rehoboama zanak'i Solomona gny nazaka tao Joda. Raiky
amby efapolo tao Rehoboama gny lasa pazaka, dra nazaka fito ambiny folo tao tao Jerosalema izy, gny tana ze
nifilin'i Yaveh tamigny fokon'Israely aby hametraha gny agnarany. Gny agnaranigny reniny dra Nama gny
Amonita. [22]Nanao rasy teo amason'i Yaveh i Joda; napiteraky hasaro-piaro ho anazy gny ota nataon'ereo, mihoasy
noho gny raha aby ze fa nataonigny razamben'ereo.[23]Fa ereo avo koa dra namboasy toera abo ho anigny
vatan'ereo, sangam-bato, dra baon'Aseraha manera gny tendrombohisy vo zaka ambany hazo meso. [24]Nisy koa
reo lelahy nivaro-tegna tao amigny tany. Nanao reo fahavetaveta fanaon'ireo agnatrehanigny vahoakin'Israely
ereo.[25]Dra tamigny tao nazakan'i Rehoboama pazaka gny avy nanafiky an'i Jerosalema i Sisaka pazakan'i Egypta.
[26]Nalany avokoa reo harena tao atragnon'i Yaveh, vo reo harena tao atragnonigny pazaka. Nalany avokoa gny
raha aby; nalany avo koa reo apinga volamena aby ze namboarin'i Solomona.[27]Nanao apinga varahy teo amigny
toeran'ereo avo koa i Rehoboama pazaka dra nagnaky reo teo atagnan'ireo pifehy gny piamby, ze niamby gny
vatrangaranigny tragnonigny pazaka. [28]Isaky gny nilisy tao atragnon'i Yaveh pazaka, dra nizakan'ireo piamby reo;
dra nandesin'ereo nihery tao amigny tragnonigny piamby.[29]Dra reo raha aby mahakasiky an'i Rehoboama, vo ze
nataony aby, moa ra sy fa voasorasy ao agnatinigny bokiny gny tataranigny pazakan'i Joda reo? [30]Nisy aly
mandrakariva teo amin'i Rehoboama vo jeroboama. [31]Ko nimaty niaraky tamireo razambeny i Rehoboama dra
niaraky nalevy tamin'ereo tao amigny tanan'i Davida. Gny agnaranigny reniny dra i Nama gny Amonita. Abia
zanadahiny gny lasa pazaka teo amigny toerany.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 15

[1]Tamigny tao fahavalo ambiny folo nazakan'i Jeroboama zanadahin'i Nebata, dra nanomboky nazaka teo amin'i
Joda i Abia. [2]nanapaky telo tao tao Jerosalema izy. Imaka gny agnaranigny reniny. Zanakapelan'i Absaloma izy.
[3]Nandeha tamigny fahota aby ze nataon-drany talohanigny fotoany izy; gny fony dra sy ba voatoka ho an'i Yaveh
Zagnahariny manahaky gny fon'i Davida, razambeny.[4]Na izay aza, noho gny amin'i Davida, Yaveh Zagnahariny
dra nagnome fanilo anazy tagny Jerosalema tamigny alalanigny fananganany gny zanany handimby anazy ba
hapatazaky an'i Jerosalema. [5]Nataon'Agnahary zay akory Davida dra nanao gny mary teo amasony; nandrisy gny
andro aby niegnany, sy ba nivily tamizay aby nandidiany anazy izy, afa-sy tamigny raharahan'Oria gny Hetita
avo. Dra nisy aly teo amin'i Rehoboama vo Jeroboama nandrisy gny andro-piegnan'i Abia aby.[7]GNy amireo
raharaha hafa mahakasiky an'i Abia, dra ze nataony aby, moa sy fa voasorasy ao amigny bokinigny tatarany
pazakan'i Joda ra reo? Nisy aly teo amin'i Abia vo Jeroboama. [8]Nimaty niaraky tamireo razambeny i Abia, dra
nalevin'ereo tagny amigny tanan'i Davida izy. Asa zanany gny lasa pazaka teo amigny toerany.[9]Tamigny tao faha
ropolo nazakan'i Jeroboama pazakanigny Israely, dra nanomboky nazaka teo amin'i Joda i Asa. [10]Nanapaky
nandrisy gny raiky amby efapolo tao tao Jerosalema izy. Imaka gny agnaranigny nenibeny, gny zanakapelan'i
Absaloma. [11]Nanao gny mary teo amason'i Yaveh i Asa, manahaky anize nataon'i Davida razambeny.[12]Niroahiny
sy ho amigny tany reo lelahy pizangazanga amigny fanopoa-sapy dra nalany avokoa reo sapy ze namboarin'ereo
razambeny. [13]Nalany tamigny maha-pazaka apela anazy koa i Maka, nenibeny, akory izy namboasy sapy
maharikoriko avy tamigny baon'i Ashera. Nokapain'i Asa gny sapy maharikoriko dra noroany tagny an-
Dohasakan-driaky Kidrona.[14]Fa ereo fipetraha ambony sy dra nala. Gny izay aza, gny fon'ny Asa dra voatoka ho
an'i Yaveh pateraky naharisy gny androny aby. [15]Nandesiny ho agny atragnon'i Yaveh gny raha zay voatokan'ny
babany, vo reo zavany zay voatoka vita tamigny volafosy vo volamena, dra reo fanaky.[16]Nisy aly amin'i Asa vo
basa pazakan'ny Isrealy, tamigny andron'izy reo aby. [17]Nanao herisetra tamin'i Joda i Basa pazakan'ny Israely dra
nananga an'i Rama, ba sy hagnangany gny olo hiala na hilisy ao amigny tanin'i Asa pazakan'i Joda.[18]Dra nalan'i
Asa gny volafosy vo volamena aby sisa tao ami'reo afisy fagnaza tao amigny tragnon'i Yaveh, vo reo afisy
fagnazan'ny lapan'ny pazaka. Nataony teo atagnan'ireo panopony dra nampagnateriny ho an'i Beni-hadada
zanaky lahin'i Tabrimoma zanaky lahin'i Heziona, pazakan'i Syria, zay nitoboky tagny Damaskosy zay. Hoy izy:
[19]Aoka hisy fifagneke aminahy vo aminao, manahaky zay nisy teo amigny babako vo gny babanao. Ingo, fa
napagnatisy volafosy vo volamena ho fagnomeza ho anao zaho.Ravao gny fagnekenao vo Basa pazakan'Israely,
ba hialany aminahy.''[20]Niteno an'i Asa pazaka i Beni-hadada dra nandefa reo pifehy gny tafiny, dra nanafiky gny
tanan'Israely izy reo. Nanafiky an'i Iona, Dana, Abelabeti-maka, dra gny Kinerota aby izy reo. [21]Dra gny ren'i Basa
zay dra nasahany gny fananganany an'i Rama dra nihery gny Tirza izy. [22]Dra nanao fizaka teo amin'i Joda aby i
Asa pazaka. Sy nisy dre raiky afaniala. Nalan'ereo aby gny vato vo gny hazon'ny Rama zay nagnoregnan'i Basa
gny tana. Dra napesan'i Asa pazaka ze fitova fagnamboara zay ba hanangana an'i Geban'i Benjamina vo Mizpa.
[23]Gny amireo raharaha hafa mahakasiky an'i Asa, gny heriny aby, ze nataony aby, reo tana naoriny aby, moa sy fa
voasorasy ao amigny bokinigny tataranigny pazakan'i Joda ra reo? Kanefa nandrisy gny andro-pahaterany dra
narary tamigny tombony izy. [24]Dra nimaty niaraky tamireo razambeny i Asa dra nalevy niaraky tamin'ereo tao
amigny tanan'i Davida rany. I Josafata zanadahiny gny lasa pazaka nandimby anazy.[25]Nadaba zanadahin'i
Jeroboama nanomboky nazaka tamigny Israely tamigny tao faharo nazakan'i Asa pazakan'i Joda; nazaka tamigny
Israely nandrisy gny ro tao izy. [26]Nanao rasy teo amason'i Yaveh izy dra nandeha tamigny lalan-drany, vo tamigny
fahotany, ze nitarihiny gny Israely hanota.[27]Basa zanadahin'i Ahia, boak'amigny fianakavian'Israely, nikomy
nanohisy an'i Nadaba; nivonon'i Basa tao Gibetona, ze an'ireo Filistina izy, akory Nadaba vo gny Israely aby
nanao fahirano tagny Gibetona. [28]Tamigny tao fahatelo nazakan'i Asa pazakan'i Joda, dra namono an'i Nadaba i
Basa dra avy pazaka teo amigny toerany.[29]Raha vo lasa pazaka izy, dra nivonin'i basa gny fianakavian'i Jeroboama
aby. Sy nisy nangany gny ainigny taranak'i Jeroboama; izay fomba zay gny nandringa gny fianakavianigny
pazaka, araky ze nambaran'i Yaveh tamin'i Ahia Silonita panopony, [30]noho reo fahotan'i Jeroboama ze nataony vo
gny nitarihany gny Israely hanota, akory nihasy gny fahatezeran'i Yaveh, gny Zagnaharinigny Israely izy.[31]Gny
amigny raharaha hafa mahakasiky an'i Nadaba, vo ze nataony aby, moa sy fa voasorasy ao amigny bokinigny
tataranigny pazakanigny Israely ra reo? [32]Nisy aly teo amin'i Asa vo Basa pazakanigny Isrealy tamigny
andron'ereo aby.[33]Tamigny tao fahatelo nazakan'i Asa pazakan'i Joda, dra naomboky nazaka teo amin'Isrealy aby
tagny Tirza i Basa zanadahin'i Ahia dra nazaka nandrisy gny efasy amby ropolo tao izy. [34]Nanao rasy teo amason'i
Yaveh izy dra nagnaraky gny fomban'i Jeroboama vo gny fahotany ze nitarihiny gny Israely hanota.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 16

[1]Avy tamin'i Jeho zanak'i hanany gny zakan'i Yaveh hanohisy an'i Basa, nanao ho: [2]Na dre fa nangalaky anao hiala
amigny botany aza zaho vo nanao anao ho pitariky eo amin'Israely vahoako, dra nagnoriky gny fomban'i
Jeroboama hanao dra napanota an'ny Israely vahoako, ba hahaory anahy amigny fahotan'izy reo.[3]Ingo,
haringako tateraky i Basa vo gny ankohonany dra hanao gny ankohonanao hanahaky gny ankohonan'i
Jeroboama zanak'i Nebata zaho. [4]Hohanin'ireo amboa gny olon'i Basa zay maty ao atana, dra reo voron'ny lagnisy
dra hihina gny olo zay maty egny asaha.''[5]Gny ami'reo raha hafa mahakasiky an'i Basa, zay nataony, vo gny
heriny, moa se io sy fa voasorasy ao amigny bikin'ny tantaran'ireo pazakan'Israely reo? [6]Nodimandry nindray
tamin'ireo razambeny mi Basa dra nalevy tagny Tieza, dra Elaha zanany gny lasa pazaka teo amigny fitobohany.
[7]Dra avy nanohisy an'i Basa vo gny fianakaviany gny zakan'i yaveh tamigny alalan'ny Jeho paminany zanak'i
Hanany, nohon'ny rasy aby zay nataony teo amason'i Yaveh, ba hahaory anazy amigny asan'ny tagnany,
manahaky gny fianakavian'i Jeroboama, dra fa namono gny fianakavian'i Jeroboama aby avo koa izy.[8]tamigny
fahaenina amby ropolo tao nazakan'i Asa pazakan'i Joda, dra nanomboky nazaka teo amigny Israely tagny Trza i
Ela zanak'i Basa; nazaka nandrisy gny ro tao izy. [9]Zimry panopony, kapitenin'ny asasaky gny kalesiny, dra nitetiky
hanohisy anazy. dra tagny Tizra i Ela, napimamo gny tegnany ao atragnon'i Arza, zay teo amigny ankohonan'i
Trza. [10]Dra nilisy i Zmry, nanafiky vo namono anazy, tamigny faha fito amby ropolo tao nazakan'i Asa pazakan'i
Joda, dra lasa pazaka nisolo gny fitobohany.[11]Gny fa nanomboky nazaka vo napetraky teo amigny Seza
fiandrianany i Zimry, dra namono gny fianakavian'i Basa aby izy. Sy nagnenga lelahy dre raiky tamigny havany
vo naman'i Basa ho velo izy. [12]Dra niringanin'izy Zmry gny fianakavian'i Basa aby, araky gny zakan'i Yaveh ze
nizakan'ny hanohisy an'i Basa tamigny alalan'ny Jeho paminany, [13]Nohon'ny fahotan'i Basa aby vo gny fahotan'i
Ela zanany zay nataon'izy reo, vo gny nitarihan'izy reo gny Israely hanota, ba ho nahafahan'izy reo nihasy an'i
Yaveh, ilay Zagnaharin'Israely, ba ho ory amigny sapin'izy reo.[14]Gny ami'reo raha mahakasiky an'i Ela, zay aby
nataony, moa se igny sy fa voasorasy tao amigny bokin'ny tantaran'ireo pazakan'i Israely?[15]Tamigny fahafito
amby rampolo taona nazakan'i Asa mpazakan'i josy dra nazaka tany tirza naharisy gny fito andro moza i Zmry.
Dra nitoboky tao Gibetona, zay an'ireo Filisitina gny tafiky. [16]Reo tafiky nitoboky tagny dre nahare gny zaka ho:
''Nikonokono i Zmry dra fa namono gny pazaka.'' Dra tami'zay andro zay dra tagny an-toby, gny Israely aby dra
zinaka an'i Pmry, ho pamehy gny tafiky, ho pazaka eo amin'i Israely. [17]Nandefa nindray avy tagny Gibetona i
Omry vo reo Israely aby nindray taminazy, dra nanao fahirano an'i trza izy reo.[18]Gny fa hitan'i Zimry fa azo gny
tana, dra nilisy tao amigny fiarova matrasy zay nikamba tamigny lapan'ny pazaka izy dra nagnoro gny tragno teo
aminazy; tamin'izay fomba zay gny nahafatezany tao agnaty afo.[19]Zay dra nohon'ny fahota vitany tamigny fonova
zay rasy teo amason'i Yaveh, tamigny fagnaraha gny fomban'i Jeroboama vo tamigny fahota zay fa nataony, ba
hitariky gny Israely hanota. [20]Gny am'reo raharaha hafa mahakasiky an'iZmry, vo reo fivaliha zay nataony, moa
sea reo sy fa voasorasy ao amigny bokin'ny tantaran'ireo pazakan'Israely?[21]Avy eo dra nizara ho atoko ro reo
vahoakin'Israely. Nagnoriky an'i Tibny zanak'i Ginata gny asasaky gny vahoaky, ba hanao anazy ho pazaka, dra
gny asasaky nagnoriky an'i Omry.

22Fa nahery nihoasy reo olo nagnara-lia an'i Tibny zanak'i Ginata reo olo nagnaralia an'i Omri. Dra maty i Tbnia;
dra lasa pazaka i Omri.[23]Nanomboky nazaka teo amigny Israely tamigny faha raiky amby telopolo tao nazakan'i
Asa pazakan'i Joda i Omry, dra nazaka nandrisy gny ro ambin'ny folo tao. Nazaka tagny Tirza nandrisy gny eni-
tao izy. [24]Niviliny tamin'i Samera tamigny taleta volafosy ro gny havoan'i Samaria. Nagnory tana teo amigny
havoana izy dra nanao gny agnaran'ny tana ho Samaria, araky gny agnaran'i Samera, ilay topon'ny havoana teo
aloha.[25]Nanao zay rasy teo amason'i yaveh i Omry dra rasy fagnahy mihoasy zay aby teo alohany. [26]Fa nandeha
tamigny lala aby an'i Jeroboama zanak'i Nebata vo gny fahotany zay nitarihany gny Israely hanota, ba hiasy an'i
Yaveh, ilay Zagnaharindr'Israely, ba ho ory amigny sapin'izy reo zay sy misy dikany izy.[27]Gny amigny raharaha
hafa mahakasiky zay nataon'i Omry, vo gny hery zay nasehony, moa sy fa voasorasy ao amigny bokin'ny
zakan'ireo pazakan'Isrealy se ereo? [28]Dra nodimandry nindray tamin'ireo razany i Omry dra nalevy tagny
samaria dra Ahaba zanany lahy gny lasa pazaka nandimby gny fitobohany.[29]Tamigny fahavalo amby telopolo tao
nazakan'i Asa pazakan'i Joda, dra nanomboky nazaka teo amigny Israely Ahaba zanak'i Omry. nazaka teo amigny
Israely tao Samaria nandrisy gny ro amby ropolo tao i Ahaba zanak'i Omry. [30]Nanao zay rasy teo amason'i yaveh i
Ahaba zanak'i Omry, mihoasy noho reo aby zay teo alohany.[31]Raha sy nisy dikany tamin'i Ahaba gny nandeha
tamigny fahotan'i Jeroboama zanak'i nebata, koa dra nalany ho valiny i Jezebela zanaky vavin'i Etibala,
pazakan'ireo Sidoniana; nandeha dra nanopo an'i Bala izy dra niakohoky taminazy. [32]Nagnory alitara ho an'i Bala
tao atragnon'i bala izy, zay naory tagny Samaria. [33]Dra nagnamboasy baon'Aseraha i Ahaba. Bo nanao mihoasy


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

noho zay aza i ahaba ba hahaory an'i Yaveh, lay Zagnarin'Israely, mihoasy an'ireo pazakan'Israely aby teo alohany.[34]Nandrisy gny fitondran'i Ahaba, dra nagnery nagnory an'i jeriko i Hiela avy agny Betela. Hiela dra nametraky gny fotosy gny tana tamigny ain'i Abirama, zanany lahimatoany; dra Segoba, faralahiny; dra namoy gny ainy gny nagnoregnany reo vavahadin'ny tana, araky gny zakan'i Yaveh zay nizakany tamin'i Josoa zanak'i Nona.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 17

[1]Elia ilay Tisbita, avy agny Tisba agny Gileada, nizaka tamin'i Ahaba ho: ''Gny bo velo koa i Yaveh, ilay
Zagnahariny Israely, zay izoroako eo alohany, dra sy hisy ando na ora amitiky tao tiky gny sy mizaka zaho.''[2]Avy
tamin'i Elia gny zakan'i Yaveh, nanao ho: [3]''Miala eto dra mandehana magnasignana; mivonia ao amigny
lohasahan-driaky Kerita, asignanan'i Jordana. [4]Dra hino gny rano avy ao amigny lohasahan-driaky hanao, dra fa
nandidy reo koaky zaho hamaha anao agny.''[5]Dra nandeha i Elia dra nanao araky ze nandidianigny zakan'i
Yaveh. Nandeha izy ba hipetraky eo amigny lohasakandriaky Kerita, asignanan'i Jordana. [6]Ninday mofo vo hena
ho anereo koaky gny mary dra mofo vo hena gny hariva, dra nino tamigny lohasakan-driaky izy. [7]Fa gny fa afaky
kelikely dra risy gny lohasakan-driaky akory sy nisy ora gny tany.[8]Avy taminazy reo gny zakan'i Yaveh, mizaka
ho: [9]''Misangana, mandehana agny Zarefata, ze nandidy pitondrategna tagny zaho ba hapisakafo anao." [10]Dra
nisanga izy dra nandeha tagny Zarefata, dra gny fa avy teo am-bavahadinigny tana izy dra nisy pitondrategna
raiky namory tapa-kazo. Dra nitoka anazy izy vo nanao anizahoky ho: "Ba andeso rano keliky agnaty siny re zaho
ba hahafahako mino rano."[11]Raha nandeha hangalaky rano izy dra nitoka anazy izy, dra hoy izy: "Ba andeso mofo
raiky egny atagnanao re zaho." [12]Dra namaly izy ho: "Raha bo velo koa Yaveh zagnaharinao, dra sy mana mofo
zaho, fa sakafo eranigny tagna agnaty siny vo menaky keliky agnaty botela avo. Ingo, mamory tapa-kazo ro zaho
ba hahafahako milisao dra mahandro anizay ho anahy vo ho anigny zanako, ba hihinananay anizay, dra ho
maty." [13]Hoy Elia taminazy: "Ka matahosy. Mandehana dra atovy araky ze fa nizakanao, nefa amboaro mofo
masaiky zaho aloha dra andeso miboaky aminahy eto zay. Dra gny fa vita zay dra manova ho anao vo ho anigny
zanakao.[14]Fa Yaveh, gny Zagnahary gny Israely, mizaka ho: 'Sy ho foana gny sini-sakafo, na hizano hikoria gny
botelanigny menaky, mandra-pahaviany gny andro handasahan'i Yaveh gny ora atany eto." [15]Dra nanao araky ze
nizakan'i Elia taminazy izy. Izy vo i Elia, niaraky tamigny akohonany, dra nihina nandrisy gny andro maro. [16]Sy
foa gny sini-sakafo, na nizano nikoria gny botela menaky, araky ze fa nizakanigny zakan'i Yaveh, araky ze
voazakany tamin'i Elia.[17]Tafaran'ireo raha reo, dra narary gny zanaky rapela, ze toponigny tragno. Tena nahery
vaiky vatany gny areti dra sy niay sasy izy. [18]Dra hoy gny reniny tamin'i Elia: "Ino gny olanao aminahy, ry
lelahin'Agnahary? Avy aminahy eto ba hapasiahy anahy gny fahotako dra hamono gny zanako ra hanao?"[19]Dra
namaly anazy Elia ho: "Ameo anahy gny zanadahinao." Nalany tamigny sandriny gny zazalahy dra nandesiny
niakasy tao amigny efisy ze nizanognany, dra napandreny teo amigny fandriany gny zaza. [20]Nihiaky tamin'i Yaveh
izy dra nizaka ho: "Yaveh zagnahariko o, moa ra ninday loza teo amigny pitondrategna ze hizanognako avo koa
hanao, tamigny famonoa gny zanany?" [21]Boak'eo dra nanizisy gny vatany itelo teo amigny zaza i Elia; nihiaky
fatrasy tamin'i Yaveh izy dra nizaka ho: "Yaveh zagnahariko o, mitalaho aminao zaho, angao re hihery ao
aminazy gny ainity zaza ty."[22]Niteno gny feon'i Elia Yaveh; dra nihery taminazy gny ainigny zaza, dra angao
ndraiky izy. [23]Nalan'i Elia gny zaza dra nandesiny niboaky tao amigny efitragnony hilisy ho ao atragno; dra
natolony an-dreniny gny zaza dra hoy izy: "Ingo, velo gny zanakao." [24]Hoy rapela tamin'i Elia: "Amizao fatako fa
lelahin'Agnahary hanao, dra gny zakan'i Yaveh ao am-bavanao dra mary."

Chapter 18

[1]Dra gny fa afaky andro maromaro dra avy tamin'i Elia gny zakan'i Yaveh, tamigny tao fahatelonigny hai-tany,
nanao anizahoky ho: "Mandehana, mesehoa amin'i Ahaba dra handefa ara amigny tany zaho." [2]Nandeha niseho
tamin'i Ahaba Elia; dra fatrasy gny mosary tagny Samaria.[3]Ahaba nitoka an'i Abadia, ze nisaha gny lapa. Dra
Obadia dra nagnome voninahisy an'i Yaveh vatany, [4]dra gny fa namono reo paminanin'i Yaveh Jezebela, dra
nangalaky reo paminany zato dra namony anereo isa-dimapolo tao an-davabato dra namahan'anereo tamigny
mofo vo rano i Obadia.[5]Dra hoy Ahaba tamin'i Obadia: "Mandehana mitety gny tany hatragny amigny loharano
vo reo lohasakan-driaky aby. Fa mety hahita ahi-meso hameloma gny sovala vo gny apondra isika, ba sy hisy ho
levo gny biby teza aby." [6]Ko nifapizaran'ereo gny tany ba handehanany amizay dra italiavany rano. Ahaba
nandeha tamigny lala raiky dra Obadia nandeha tamigny lala hafa.[7]Raha bo tegny an-dala i Obadia, dra nifanena
tapoky tamin'i Elia izy. Obadia nahay anazy dra napekohoky gny tavany tamigny tany. Hoy izy ho: "Hanao ra
tihoky, ry Elia topoko?" [8]Elia namaly anazy ho: "Izaho tiky. Mandehana zakao gny toponao ho: 'Ingo, ato Elia"'[9]Dra
namaly obadia ho: "Ino gny fahotako, gny atolosao eo atagnan'i Ahaba gny panoponao, ba hamonoany anahy?
[10]Raha bo velo koa Yaveh Zagnaharinao, dra sy misy firenena na fazaka ze sy nandefasanigny topoko olo hialy
anao. Na ombia na ombia gny misy firenena na fazaka mizaka ho: 'Sy ato Elia, dra apanovin'i Ahaba fianiana
hiania fa sy nahita anao ereo. [11]Nefa amizao hoy hanao: 'Mandehana, zakao gny toponao fa atiky i Elia.'[12]Vatany
vo miala aminao zaho, gny fagnahin'i Yaveh hinday anao agny amigny toera sy fataso. Dra raha handeha zaho
dra hizaka amin'i Ahaba, dra raha sy hahita anao izy, dra hovonony zaho. Kanefa zaho, panoponao, dra nanopo
an'i Yaveh hatramigny fahatanorako. [13]Moa sy nizakany taminao ra, ry topoko, ze nataoko gny fa nivonon'i
Jezebela gny paminanin'i Yaveh, gny fomba nagnavoniako gny paminanin'Yaveh zato dra dimapolo aby gny tao
agnaty lava-bato vo gny namahanako mofo vo rano anereo?[14]Amizao hoy hanao aminahy: "Mandehana dra zakao
gny toponao fa eto Elia, dra hovonony zaho." [15]Dra namaly Elia ho: "Raha bo velo koa Yaveh toponigny maro, ze
hisanganako eo agnatrehany, dra hiseho amin'i Ahaba vatany zaho androany."[16]Dra lasa Obadia nandeha ba
hagnety an'i Ahaba, dra nizaka taminazy ze nizakan'i Elia. Dra nandeha nihao tamin'i Elia gny pazaka. [17]Gny fa
nahita an'i Elia i Ahaba, dra hoy izy taminazy: "Hanao ra io? Hanao gny raiky ze minday korota ho
an'Israely!"[18]Dra namaly Elia ho: "Sy ninday korota ho an'Israely zaho, fa hanao vo gny fianakavianigny ranao gny
olo napisy korota tamigny alalanigny fialandrareo tamigny didin'i Yaveh vo gny fagnarahanao an'i Bala. [19]Ko
amizao, mandefasa zaka dra havory eto aminahy gny Israely aby ao atendrombohis'i Karmela, miaraky amireo
paminanin'i Bala 450 vo reo paminanin'i Aseraha efazato ze nihina teo an-databas'i Jezebela."[20]Dra nandefa zaka
tagny amigny vahoakinigny Israely aby vo namory niaraky reo paminany tao an-tendrombohis'i Karmela i
Ahaba. [21]Dra Elia nagnato gny vahoaky aby dra nizaka ho: "Mandra-kombia hanao gny hiova hevisy hatragny?
Raha i Yaveh gny Zagnahary, dra magnaraha anazy. Fa raha i Bala gny Zagnahary, dra magnaraha anazy." Fa gny
olo sy namaly zaka anazy.[22]Dra hoy i Elia tamigny vahoaky ho: "Izaho, dra izaho raiky avo, gny sisa paminanin'i
Yaveh, nefa gny paminanin'i Bala dra olo 450. [23]Ko aoky reo gny hagnome agnomby ro ho asika. Aoky ereo hisafily
agnomby raiky ho an'ereo vo handrasarasa anizay, dra hapandry anazy eo amigny hita, nefa sy handrehisy afo eo
ambanin'izay. Dra hikarakara gny agnomby raiky hafa zaho dra hametraky anizay eo amigny hita, dra sy hagnisy
afo eo ambanin'izay [24]Dra hitoka gny agnaranigny zagnaharindrareo handrareo, dra izaho hitoka gny agnaran'i
Yaveh, dra gny Zagnahary ze hamaly amigny afo, dra aoky izy gny ho zagnahary." Ko namaly gny olon'aby dra
nizaka ho: "Mety izay."[25]Dra hoy i Elia tamireo paminanin'i Bala: "Mifiliana agnomby raiky ho andrareo, dra
hamono meloha anizay, fa olo maro handrareo. Dra tokavo gny agnaranigny zagnaharindrareo, nefa ka asia afo
eo ambaninigny agnomby." [26]Dra nangalaky gny agnomby ze name anazy ereo dra nikarakara zay, dra nitoka gny
agnaran'i Bala hatramigny maray mandra-pitatao-vovona ereo, nanao anizahoky ho: "Ry Bala o, mitenoa anay."
Nefa sy nisy feo, na nisy namaly akory. Nisizaky nagnodidy gny alitara namboariny ereo.[27]Nony mitatao-vovogna
dra naneso anereo i Elia nanao anizahoky ho: "Mitava fatrasy avo! fa zagnahary izy! angama bo mierisiserisy izy,
na magnameva gny tagnany, na nisy lia nandehanany, na angamba mandry izy dra tokony nifihazy." [28]Fa bo
nitoka fatrasy avo ereo, dra nandrasa gny vatan'ereo, araky gny fanaony matetiky miaraky amigny sabasy vo
lefo, mandra-pahalao-dio gny vatan'ereo. [29]Lasa gny mitatao- vovogna, dra bo nisafoaky avo izy hatramigny
fotoanigny fagnatisy hariva, nefa sy nisy feo na nisy namaly akory; sy nisy niteno gny fitalahoagnan'ereo.[30]Dra
hoy i Elia tamigny olon'aby: "Magnatogna eto aminahy," dra nagnaton'anazy gny olon'aby. DRa namboasy gny
alitaran'i Yaveh ze rava tateraky izy. [31]Nangalaky vato ro ambiny folo Elia, gny vato aby dra nameko gny raiky
amireo fokon'ireo zanadahin'i Jakoba_gny Jakoba niavianigny zakan'i Yaveh, nanao anizahoky ho: "Israely gny ho
agnaranao." [32]Tamireo vato reo gny nagnoregna gny alita tamigny agnaran'i Yaveh dra izy nandavaky haly
masaiky magnodidy gny alitara lahibe agnomby vo raha indronigny famaragna.[33]Nandahasy gny hita ho anigny

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

afo izy, nandrasarasa gny agnomby, dra nametraky reo agnomby voasorasy teo amigny hita. Hoy izy ho: "Fenoy
rano gny siny efasy dra araraho eo amigny fagnatisy oroa vo eo amigny hita." [34]Dra hoy izy: "Atovy
fagnindronyzay,'' dra nataon'ereo fagnindrony zay. Dra hoy ndraiky izy: "Atovy fagnitelony zay," Dra nataon'ereo
fagnitelony. [35]Dra niraraky nagnodidy gny alitara gny rano dra nagnome gny haly masaiky.[36]Nitranga zay tamigny
fotoanigny fagnatisy tamigny soro amigny hariva, dra Elia paminany dra nagnato mariny dra nizaka ho: "Ry
Yaveh, Zagnaharin'i Abrahama, vo Isaka, dra Israely, aoky ho fatasy eto amizao fa hanao gny Zagnahary eto
amigny Israely, dra Izaho panoponao, dra nanao anizao raha aby zao araky gny zakanao zaho. [37]Mitenoa anahy,
ry Yaveh, mitenoa anahy, ba hahafataranity olo tahoky fa hanao, Yaveh, dra Zagnahary, dra hanao gny napitoliky
gny fon'ereo taminao ndraiky."[38]Dra gny afon'Yaveh nilasaky dra nandevo gny fagnatisy oroa, vo meraky gny hita,
reo vato, dra gny vovoky, dra nandrisy gny rano ze tao amigny haly masaiky. [39]Gny fa nahita anizay gny olon'aby,
dra napekohoky gny tavany teo amigny tany dra nizaka ho: "Yaveh, izy gny Zagnahary! Yaveh, Izy gny
Zagnahary!" [40]Dra hoy i Elia tamin'ereo: "Sambory reo paminanin'i Bala. Ka anga hisy hienga ereo na dre raiky
aza." Ko nisamboriny ereo, dra i Elia ninday reo paminanin'i Bala nizoso tagny amigny lohasakan-driaky Kisona
dra namono anereo tagny.[41]Hoy i Elia tamin'i Ahaba: "Misangana, mihinana dra minoma, fa izay gny feonigny
oram-be." [42]Ko niakasy ba hihina vo hino i Ahaba. Dra niakasy teo atapon'i Karmela i Elia, niondriky teo amigny
tany izy, dra nametraky gny tavany teo agnelagnelanigny lohaliny.[43]Dra hoy izy tamigny panopony: "Mekara
amizao, dra magnatia egny amigny ranomasy." Dra niakasy gny panopony dra nitalaky vo nanao anizahoky ho:
"Sy misy na ino na ino." Dra hoy ndraiky i Elia: "Mandehana ndraiky, ipito." [44]Dra nony fagni-pitony dra hoy gny
panopony: "Ingo, misy raho miakasy avy amigny ranomasy, masaiky manahaky gny tagnan'olo." Dra namaly i
Elia ho: "Mekara dra zakao amin'i Ahaba ho: 'Atovy vonona gny kalesinao dra mandehana melohanigny
hanakanagny ora anao"'[45]Dra vetivety moza raha niha-mety gny raho vo gny rivosy gny lagnisy, dra nisy oram-be.
Dra i Ahaba nitikisy kalesy dra niakasy nagnagny Jezirela, [46]fa gny tagnan'i Yaveh dra nomba an'i Ahaba. Nisiky
gny akazony teo amigny feho-troky izy dra nihazakazaky teo alohan'i Ahaba teo amigny fidira magnao Jezirela.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 19

[1]Nizakan'i Ahaba tamin'i Jezebela avokoa ze nataon'i Elia aby vo gny namonoany reo paminany aby tamigny
sabasy. [2]Dra Jezebela nandefa pinday hafasy tagny amin'i Elia, nizaka ho: "Hataon'ireo zagnahariko manihaky
anie zay, mihoasy noho izay aza. raha sy hataoko hanahaky gny ainigny raky tamireo paminany ze maty raiky
gny ainao maraindray amigny fotoa manahaky anizao." [3]Gny fa ren'i Elia zay, dra nisanga izy dra lasa nienga
namozy gny ainy dra nagnagny Beri-sheba, ze an'i Joda, dra nangany teo gny panopony.[4]Fa izy nandeha lalana
ndraiky andro tagny agnefisy, dra avy nitoboky teo ambany hazo kifafavoninahisy. Nangataky gny ho maty izy,
dra nanao ho: ''Ampy zay, akehitriny, ry Yaveh; Alao gny aiko, satria sy soa noho reo razambeko zaho.'' [5]Dra
nandry nisilany teo ambany kifafavoninahisy izy. Tapoky teo dra nisy azely nisapa anazy dra nizaka taminazy
ho: ''Mifohaza dra mihinana.'' [6]Nagnety i Elia, dra teo agnilan'ny lohany dra nisy mofo voaendy tamigny vato
mafana vo rano raiky tavoara. Dra nihina vo nino izy dra nandry nisilany ndraiky.[7]Avy fagnindrony ndraiky gny
azelin'i Yaveh, dra nisapa anazy dra nizaka ho: ''Miharegna dra mihinana, satria ho lava aminao gny lia.'' [8]Dra
nisanga izy dra nihina vo nino, dra nandeha tamigny hery azony tamin'izay sakafo zay mandrisy gny efapolo
andro vo efapolo hariva ho agny Horeba, gny tendrombohisy Zagnahary.[9]Nandeha tao amigny zahy raiky tagny
izy dra nitobokyu tao ami'zay. Dra avy tamigny gny zakan'i Yaveh dra nizaka taminazy ho: ''Ino gny ataonao ato,
ry Elia?'' [10]Elia namaly ho:'' Be zoto-po ho an'i yaveh Zagnahary tompon'ny maro zaho, satria fa nahafo gny
fagnekenao gny olon'Israely, nandrava reo alitaranao, dra namono reo paminaninao tamigny sabatra. Akehitriny
izaho, dra izaho raiky, gny sisa tavela dra mikasiky gny hofofo gny aiko koa izy reo.''[11]Yaveh namaly ho: ''Miboaky
dra misanga eo amigny tendrombohisy eo alohako.'' Dra niriosy i Yaveh, dra nisy sioky mahery namaly gny
tendrombohisy dra namaky reo vatolapy ho torotoro teo agnatrehan'i Yaveh, kanefa si tao agnatin'ny sioky i
Yaveh. Dra tafaran'i sioky, dra nisy horohoron-tany avy, kanefa sy tao agnatin'ny horohoron-tany i Veh. [12]Dra
yafaran'ny horohoron-tany dra vay gny afo, kanefa sy tao agnatin'ny afo i yaveh. Dra tafaran'ny afo, dra nisy feo
malefaky avy.[13]Gny ren'i elia gny feo, dra nitakonany tamigny lambany gny tavany, niboaky izy, dra nisanga teo
amigny filiran'ilay zohy. Dra nisy feo avy taminazy nanao ho: ''Ino gny ataonao eto, ry Elia?'' [14]Elia namaly ho: 'be
zotom-po ho an'i Yaveh, Zagnahary tompon'ny maro zaho, fa gny olon'Isrealy nahafo gny fagnekenao, nandrava
reo alitaranao, dra namono reo paminaninao tamigny sabatra. Akehitriny, izaho dra izaho raiky, gny sisa tavela
dra mikasiky gny hifofo gny aiko izy reo.'''[15]Dra Yaveh nizaka taminazy ho: ''Mandehana, mihery amigny lalanao
ho agny agnefis'i Damaskosy, dra gny fa avy agnuy hanao dra hanososy an'i Hazaela ho pazakan'i Asyria, [16]Dra
hanao honososy an'i Jeho zanaky lahin'i Nismy ho pazakan'ny Israely, dra hanao hanososy an'i elia zanaky lahin'i
safata avy agny Abela-mehola ho paminany handimby gny fitobohanao.[17]Dra ami'zay dra havonon'i Jeho zay aby
tagasoaky tamigny sabatr'i Hazaela, hovonon'i elia zay aby tafaenga amigny sabatr'i jeho. [18]Kanefa zaho
hagnenga olo fito arivo anahy agny Israely, reo zay nandohaliky dra sy niakohoky tamigny bala, vo reo vava zay
sy bo nagnoroky anazy.''[19]Dra niala teo i Elia dra nahita an'i Elisa zanadahin'i Safata, ze niasa niaraky tamigny
ziogan'agnomby ro ambiny folo nanoloa anazy, dra izy vatany avo gny niasa niaraky tamigny zioga faha-ro
ambiny folo. Nisaky nagneo amin'i Elisa i Elia nanaro gny lambany taminazy. [20]Boak'eo dra nandoa reo
agnombiny i Elisa dra nihazakazaky nagneziky an'i Elia; hoy izy: "Angao re zaho hagnoroky gny rako vo gny
reniko, dra hagnaraky anao zaho boak'eo." Dra hoy i Elia taminazy: "Miheregna moa, kanefa saigno ze fa nataoko
taminao."[21]Dra nahery boak'agny amin'i Elia i Elisa dra nangalaky gny ziogan'agnomby, namono reo biby, dra
nahandro gny hena tamigny hazo ziogan'agnomby, dra nameny gny olo zay dra nihina ereo. Boak'eo dra nisanga
izy, nagnaraky an'i Elia dra nanopo anazy.

Chapter 20

[1]Namory gny tafiny hatambany i Beni-hidada oazakan'i Syria. Nisy pazaka masaiky ro amby telopo niaraky
atminazy, dra sovala vo kalesa. Niakasy izy, nanao fahirano an'i Samaria vo nialy nanohisy anizay. [2]Nandefa iraky
nagnagny amigny tana ho an'i Ahaba pazakan'Israely izy, dra nizaka taminazy ho: "Izao gny zakan'i Beni-hadada
ho: [3]'Gny volafosinao vo gny volamenanao dra anahy. Reo valinao vo gny zanakao avo koa, reo soa indrindra, dra
anahy amizao.'"[4]Namaly gny pazakan'Israely dra nanao anizahoky ho: "Ho tateraky araky gny zakanao zay, ry
pazaka, topoko. Izaho vo ze hanagnako aby dra anao." [5]Avy ndraiky reo iraky dra nanao anizahoky ho: "Izao gny
zakan'i Beni-hadada ho: "Nandefa zaka taminao zaho fa hanao dra sy maisy hanolosy gny volafosinao, gny
volamenanao, reo valinao, dra reo zanakao ho anahy. [6]Nefa hagniraky reo panopoko agny aminao zaho
maraindray amigny ora manahaky anizao, dra hitalia gny tragnonao vo gny tragnon'ireo panoponao ereo.
Hanambosy amigny tagnany ereo dra hangalaky anizay aby tianigny mason'ereo.'"[7]Dra nitoka reo loholonigny
tany aby niaraky gny pazakan'Israely dra nanao anizahoky ho: "Ba reso asorasy dra atio gny fomba hitaliavanity
lelahy tiho olo. Fa nandefa zaka taminahy izy ba hangala reo valiko, reo zanako, dra gny volafosiko vo gny
volamenako, dra sy bo nanda anazy zaho." [8]Reo loholo aby vo gny vahoaky aby nizaka tamin'i Ahaba ho: "Ka
miteno anazy na magneky anize fangatahany."[9]Dra hoy i Ahaba tamireo irak'i Beni-hadada ho: "Zakao gny pazaka
topoko ho: 'Magneky gny raha aby ze nagnirahanao gny panoponao hatao tamigny volohany zaho, kanefa sy
afaky hagneky ty fangataha faharo tihoky zaho.'" [10]Dra lasa reo iraky dra ninday anizay zali-zaka zay teo amin'i
Beni-hadada. Dra nandefa gny vali-zaka ho an'i Ahaba i Beni-hadada, dra nanao anizahoky ho: "Enga anie reo
zagnahary hanao anizay aminahy dra mitenoa, raha ho apy hana eranigny tana boak'amigny lavenok'i Samaria
reo vahoaky aby ze magnaraky anahy."[11]Namaly gny pazakan'Israely dra nanao anizahoky ho: "Zakao i Beni-
hadada ho: 'Sy misy olo mametraky gny feliany, dra tokony hirehareha ho amigny nangalany anizay.'" [12]Dra
niteno anizay hafasy zay i Beni-hadada raha nino izy, dra izy vo reo pazaka ambaniny ze tao agnatinigny
lain'ereo. Beni-hadada nandidy reo lelahiny ho: "Milahara ho amigny aly handrareo." Dra nagnoma gny
zakan'ereo ho amigny aly ereo ba hamely gny tana.[13]Dra ingo, nisy paminany avy teo amin'i Ahaba
pazakan'Israely dra nanao anizahoky ho: "Hoy i Yaveh: 'Fa hitanao ra ty tafiky lahibe tihoky? Ingo, hametraky
anizay eo atagnanao zaho amizao, dra ho fatasao vatany fa Izaho gny Yaveh.'" [14]I Ahaba namaly ho: "Amigny
alalan'iza?" Dra namaly Yaveh dra nanao anizahoky ho: "Amigny alalan'ireo tanora mana-pahefa ze manopo reo
governoranigny distriky." Dra Ahaba nanao anizahoky ho: "Iza gny hanomboky gny aly?" Yaveh namaly ho.
"Hanao." [15]Dra nanambasy reo tanora mana-pahefa ze nanopo gny komandinigny isan'atokony i Ahaba. Niisa 232
ereo. Tafaran'ereo dra nanambasy reo maramila aby izy; gny tafik'Israely aby; niisa fito arivo.[16]Niboaky tamigny
mitatao vovogna ereo. Beni-hadada dra fa avy nitoka dra nahamamo gny vatany tao an-daiky, izy vo reo pazaka
masaiky ro amby telopolo ze nanohagna anazy. [17]Reo tanora mana-pahefa ze nanopo gny komandinigny
isan'atokony gny nandroso meloha. DRa napahalalan'ireo tily ze nirahiny i Beni-hadada ho: "Misy lelahy miboaky
boak'ao Samaria."[18]Hoy i Beni-hadada ho: "Na tamigny filamina na tamigny aly gny niboahan'ereo, dra sambory
velo ereo." [19]Dra niboaky gny tana reo tanora mana-pahefa ze nanopo reo governoranigny isan'atokony dra
nagnaraky anereo gny tafiny.[20]Namono gny fahavalony aby ereo dra nienga reo Syriana. Nagnitriky anereo gny
Israely. Beni-hadada pazakan'i Syria koa nienga tamigny sovala niaraky tamireo pitikisy sovala ilany. [21]Dra
niboaky gny pazakan'Israely dra nanafiky reo sovala vo reo kalesy, dra namono reo Syriana tamigny famonoa
lahibe.[22]Dra nagnato gny pazakan'Israely gny paminany dra nizaka taminazy ho: "Mandehana, atazaho gny
vatanao, dra takaro vo omano ze ataonao, akory amigny heritao dra hiakasy hanohisy anao ndraiky gny
pazakan'i Syria." [23]Reo panoponigny pazakanigny Syria nizaka taminazy ho: :Gny zagnaharin'ereo dra zagnahary
gny havoa. Izay gny atony napatazaky anereo hialy amin'ereo egny amigny lemaky, dra ho azo atoky fa ho fatrasy
noho ereo isika.[24]Noho izay dra izao gny sy maisy ataonao: alao eo amigny toeranigny fahefany reo pazaka aby
dra soloy pifehy maramila ereo. [25]Manangana tafiky manahaky gny tafiky maty teo__sovala solonigny sovala dra
kalesy solonigny kalesy__ba hahafahasika mialy amin'ereo egny amigny lemaky. Dra ho azo atoky fa hahery noho
ereo isika." Dra niteno gny torohevis'ereo i Beni-hadada dra nanao ze natoron'ereo.[26]Tafaranigny fa
fiatombohanigny taom-baovao, dra nanambasy ho agny Afeka ba hialy amin'Israely. [27]Navory reo vahoak'Israely
dra nivasia ba hialy amin'ereo. Nitoby teo anoloan'ereo manahaky gny andian'osy masaiky ro toko gny
vahoakin'Israely, nefa reo Syriana nagneniky gny tany.[28]Dra nagnato mariny gny lelahin'Agnahary raiky dra
nizaka tamigny pazakan'Israely ho: "Hoy Yaveh ho: 'Akory reo Syriana fa nizaka fa Yaveh dra zagnahary gny
havoa, fa sy ba zagnaharin'ireo lohasaka tihoky, dra ho fatasao fa Izaho gny Yaveh.'"[29]Dra nitoby nifanandrify reo
tafiky nandrisy gny fito andro. Dra nanomboky gny aly tamigny andro fahafito. Namono Syriana pandeha
atomboky 100. 000 gny vahoakin'Israely tagnatinigny andro eaiky. [30]Gny sisa nienga tagny Afeka, tao amigny tana


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

fito arivo vo ro aly ze tavela gny manda. Nienga i Beni-hadada dra nagnagny amigny tana, tagnaty efitragno raiky.
[31]Nizaka taminazy reo panopon'i Beni-hadada ho: "Ingo, amizao, renay fa reo pazakanigny zanak'Israely dra
pazaka pamindra fo. Ba angao re zahay hagnisy lamba fandala eo amigny valahanay vo taly eo amigny
pazakan'Israely. Mety hamindra fo aminao angamba izy." [32]Dra nisiky lamba fandala tegny am-balahany ereo dra
boak'eo nagnagny amigny pazakan'Israely dra nanao anizahoky ho: "Beni-hadada panoponao nizaka ho: 'Ba
angao re zaho ho velo.'" Hoy i Ahaba ho: "Bo velo ra izy? Rahalahiko izy."[33]Dra niteno ze ho famata boak'amin'i
Ahaba reo lelahy, dra namaly anazymalaky ereo ho: "E, Beni-hadada rahalahinao dra velo." Dra hoy i Ahaba ho:
"Mandehana dra andeso izy." Boak'eo dra avy teo aminazy i Beni-hadada, dra tafakasy tagny amin'i Ahaba
tamigny kalesiny izy. [34]Beni-hadada nizaka tamin'i Ahada ho: "Aheriko aminao reo tana ze nalanigny rako
tamigny ranao, dra afaky manao fivarona ho anao agny Damaskosy hanao, manahaky gny nataonigny rako tagny
Samaria." Namaly i Ahaba ho: "Angako handeha miaraky amity fifagneke-pihavana tihoky hanao." Dra nanao
fifagneke-pihavana taminazy i Ahaba dra boak'eo nagnenga anazy handeha.[35]Nisy lelahy raiky, raiky amireo
zanadahin'ireo paminany, nizaka tamigny raiky tamireo paminany namany tamigny zakan'i Yaveh ho: "Ba velezo
zaho:" Saiky nanda gny hamaly anazy gny lelahy. [36]Dra nizaka tamigny paminany namany gny paminany ho:
"Akory hanao sy hakato gny feon'i Yaveh, dra raha vo magnenga anahy hanao, dra hisy liona hamono anao."
Raha vo nagnenga anazy gny lelahy, dra nisy liona nisapy taminazy dra namono anazy.[37]Boak'eo dra nahita lelahy
hafa raiky ndraiky gny paminany dra nizaka ho: "Ba veleso zaho." Dra namely anazy gny lelahy dra nandrasy
anazy. [38]Dra niala gny paminany dra niala gny paminany dra nandigny gny pazaka teo amoron-dala; nagnova gny
endriny tamigny fotosy teo amigny masony izy.[39]Raha nandalo igny gny pazaka, dra nitoka fatrasy gny pazaka
gny paminany dra nizaka ho: "Niboaky ho agny agnaty aly mangotraky gny panoponao, dra maramila raiky gny
nanaka vo ninday fahavalo ho anahy dra nizaka ho: 'Jeriko ty lelahy tihoky. Raha sy hita amigny fomba aby izy,
dra gny ainao gny hame ho solonigny ainy, na raha sy izay dra hagnenga taleta volafosy hanao.' [40]Nefa akory gny
panoponao dra bo rekisy tamigny fandehana esy sy teroa, dra nienga gny maramila fahavalo." Boak'eo dra
nizaka taminazy gny pazakan'Israely ho: "Izao gny ho sazinao__gny vatanao zao mihisy gny fa nanapa-kevisy
anizay.?[41]Dra nangalaky malaky gny fatosy tegny amigny masony gny paminany, dra fatasy gny pazakan'Israely fa
raiky tamireo paminany izy. [42]Hoy gny paminany tamigny pazaka ho: "Yaveh mizaka ho: 'Akory fa nanganao
handeha avy teo atagnanao gny lelahy ze nidiko ho maty, dra gny ainao gny hisolo toera gny ainy, dra gny
vahoakao ho solonigny vahoany."' [43]Dra ory vo nasiaky fatrasy gny pazakan'Israely nagnagny atragnony, dra avy
tagny nSamaria.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 21

[1]Fotoa siapy tatiky afara, nana tanivoloboky tao Jezirela i Nabota gny Jezirelita, teo agnilan'ny lapan'i ahaba,
pazakan'i Samaria. [2]Nizaka tamin'i Nabota i Ahaba i Ahaba nanao ho: ''Omeo anahy gny tanivolobokao, ba ho
zaridaina legiomako zay, satria agnilan'ny tragnoko. Ho takalon'izay, homeko tanivoloboky soasoa kokoa hanao,
na gny tianao, dra homeko vola sandan'izay hanao.[3]Nabota namaly an'i Ahaba ho: ''Ho raran'i Yaveh zale zay
tokony lovan'ireo razambeko omeko anao.'' [4]Dra nandeha tao amigny lapany tampahatezera dra hasoregna i
Ahaba nohon'ny vali-zaka namen'i Nabota gny Jezerelita anazy ho: ''Sy homeko anao gny lovan'ireo razambeko.''
Nandry nisilagny teo am-pandriany izy, nagnodidy gny tavany, dra sy mety nihina-kany izy.[5]Jezebela valiny
nagnao aminazy dra nanao taminazy ho: '' Nanaoakory gny malahelo loasy gny fonao, zay se gny sy hihinananao
hany?'' [6]Namaly anazy izy ho: ''Nizaka tamin'i nabota gny Jezirelita zaho dar nanao taminazy ho: ''Omeo anahy
gny tanivolobokao atakalo vola, na gny tianao dre homeko tanivoloboky hafa hoa anao hanao.'' Dra namaly
anahy izy ho: ''sy homeko anao gny tanivoloboko.''' [7]Dra Jezebela valiny namaly ho: ''Fa sy bo manapaky gny
fazakan'ny Israely se moa hanao? Misangana dra mihinana; aoka ho faly gny fonao. Halako hon'ao gny
tanivolobok'i Nabota gny Jezirelita.'''[8]Dra i Jezebela nanorasy taratasy amigny agnaran'i Ahaba, nitombohiny
tamigny tombo-kaseny izay, dra nalefany tagny ami'reo loholo vo reo panakarena zay nitoboky taminazy tao
amigny fihogna, dra reo zay nitoboky agnilan'i Nabota zay. [9]Nisoratiny tao amigny taratasy ho: ''Mizaka fifalia-
kany dra atobeo agnabon'ny vahoaky i Nabota. [10]Mametraky avo koa olo sy mary ro mindray aminazy dra aoka
izy reo hiampaka anazy ho: ''Nagnozoan'i Zagnahary vo gny pazaka hanao.''' Dra aboaho izy dra toraho vato ho
maty.[11]Dra nanao zay nifarifaritan'i Jezebela tamin'izy reo, araky gny voasorasy ao amigny taratasy zay nalefany
ho anazy reo gny lelahin'ny tanany, reo loholona vo gny panakarena zay nitoboky tao amigny tanan'i Nabota.

12Nizaka fifadian-kina vo nametraky an'i nabota teo agnobon'ny vahoaky izy reo. [13]Nilisy reo lelahy sy marina ro
dra nitoboky teo alohan'i Nabota; niampanga an'i Nabota teo amigny fagnatrehan'ny Nabota izy reo, dra nanao
ho: ''nagnozo ani Zagnahary vo gny pazaka i Nabota.'' Dra nandesin'izy reo niboaky gny tana izy dra nitorahi-vato
ho maty. [14]Avy ei dra loholona dra nandefa zaka ragny amin'i Jezebela nanao ho: '' Nitorahi-vato i Nabota dra
maty.''[15]Dra gny ren'i jezebela fa nitorotoro-vato i Nabota dra maty, dra hoy izy ramin'i Anaba: ''Misangana dra
alao ho fanagna gny tanivolobok'i Nabota gny Jezirelita, zay nanda gny hagnome anao gny vola ho sandany,
satria fa sy velo sasy i Nabota, kay fa maty.'' [16]Gny fa ren'i Ahaba fa maty i Nabota, dra nisanga izy dra nizoso
tagny amigny tanivolobok'i Nabota gny Jezirelita nangalaky zay ho fanagna.[17]Dra avy tamin'i Elia gny Tisbita gny
zakan'i Yaveh manao ho: [18]''Misangana dra mandehana mihaona amin'i Ahaba pazakan'Israely, zay mitoboky
agny Samaria. Ao amigny tanivolobok'i Nabota izy, agny amin'izay nandehanany ba sy halany ho fanagna.[19]Sy
maisy mizaka aminazy hanao dra zakao ho izao gny lazan'i Yaveh: Sady fa nagnova se hanao gny ba nangalaky
ho fanagnanao avo koa?'' Dra hozakanao anazy ho izao gny lazan'i yaveh:'' Eo amigny toera zay nilelarin'ny
amboa gny ran'i Nabota, gny nilelaran'ny amboa gny lionao koa, egny gny lionao.''' [20]Hoy i Ahaba tamin'i Elia: ''dra
nahita anahy hanao, ry fahavaloko:'' dra namaly i Elia ho: ' fa hitako hanao, satria fa namarosy gny tegnanao ba
hanao zay rasy eo amason'i Yaveh hanao.[21]Izao gny zakan'i Yaveh aminao: ''Ingo, hinday loza eo aminao vo
hanola tanteraky dra mahongosy eo aminao gny zanaky lahy lelahy aby vo gny andevo dra gny lelahy afaky ao
Israely zaho. [22]Hataoko manahaky gny fianakavin'i Jeroboama zanaky lahin'i Nebata gny fianakavianao, dra
manahaky gny fianakavian'i Basa zanaky lahin'i Ahia, satria nihasy anahy tamigny fahatezera dra ninday an'ny
Israely hanota hanao.''[23]Yaveh avo koa dra nizaka momban'i jezebela ho: ''Hihina an'i Jezebela eo agnilan'i
mandan'i Jezirela gny momba.'' [24]Izay an'i Ahaba aby dra maty tao atana, dra hohanin'ny amboa; dra reo voro
egny amigny lagnisy hihina reo aby zay maty egny asaha.'''[25]Sy nisy olo manahaky an'i Ahaba, zay namarosy gny
vatany ba hanao zay rasy eo amason'i Yaveh, zay napirisihin'i Jezebela valiny hanota. [26]Nanao asa vetaveta ho
an'ny sampy orihiny i Ahaba, manahaky zay aby fa nataon'ireo Hamorita, reo zay nalan'i Yaveh teo
agnatrehan'ny olon'Israely.[27]Gny fa ren'i Ahaba reo zaka reo, dra naniasy gny akazon'ny izy dra nanao akazo
fisogna dra nifaly hany, dra nandry tamigny akazo fisogna vo tena nanahelo fatrasy. [28]Dra avy tamin'i Elia gny
Tisbita gny zakan'i yaveh ho: [29]Hitanao se gny fagnetre-tegnan'i Ahaba eto agnatrehako? satria gny vatany eto
agnatrehako izy, dra sy hinday gny loza fa ho avy ami'reo androany zaho; amigny andron'ny zanany lelahy gny
handesako loza eo amigny fianakaviany.'''

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 22

[1]Nandrisy gny telo tao lasa dra sy nisy aly teo amin'i Arama vo i Isrealy. [2]Dra tamigny tao fahatelo, dra nizoso
tagny amigny pazakan'i Isrealy i Josafata pazakan'i Joda.[3]Dra gny pazakan'i Israely dra fa nizaka tamigny
panopony ho: "Ba fatandrareo ra fa Ramota-gileada dra asika, saiky sy manao na ino na ino isika ba hangala
anizay eo atagnan'i pazakan'i Arama?" [4]Dra hoy izy tamin'i Josafata: "Hindray aminahy hialy agny Ramata-gileada
ra hanao?" Josafata namaly gny pazakan'i Israely ho: "Izaho dra manahaky anao, dra reo sovalako dra manahaky
reo sovalanao."[5]Hoy i Josafata tamigny pazakan'Israely ho: "Mitaliava re tari-dala avy amigny zakan'i Yaveh gny
amizay tokony hataonao volohany." [6]Dra napivory reo paminany niaraky gny pazakan'i Israely, lelahy efazato,
dra zakao ereo ho: "Tokony ho agny Ramota-gileada ra zaho ba hialy, sa sytokony? Dra hoy ereo ho: "Manafiha, fa
gny topo hagnome anizay ho eo atagnanygny pazaka."[7]Fa hoy i Josafata ho: "Sy misy paminanin'Agnahary hafa
zemety hahazoasika hevisy sasy ra eto?" [8]Dra hoy gny pazakan'Israely tamin'i Josafata ho: "Bo misy lelahy raiky
mety hahazoasika hevisy avy amin'i Yaveh ba ho fagnapia, Mikaia zanadahin'i Jimai, saiky halako izy akory sy ba
maminany raha soa mahakasiky anahy, fa loza avo." Fa hoy i Josafata ho: "Sy hizaka zay anie gny pazaka." [9]Dra
nitoka manapahefa raiky gny pazakan'i Israely dra nagnome baiko ho: "Andeso atiky i Mikaia zanadahin'i Imla,
zao dra zao."[10]Dra i Ahaba pazakan'Israely vo i Josafata pazakan'i Joda dra samy nipetraky tamigny seza
fiandriana aby, nekazo gny akaon'ereo, teo amigny toera malalaky teo amigny fidiranigny vavahadin'i Samaria,
dra reo paminany aby dra naminany teo alohan'ereo. [11]Zedekia zanadahin'i Kenana vatany dra nanao tandroky
vy dra nizaka ho: "Izao gny voazakan'i Yaveh: 'Amitahoky gny hanotoanao Syriana mandra-paharingany."' [12]Dra
gny paminany aby naminany nitovy, nanao anizahoky ho: "Tafiho Ramota-gileada dra mahazoa fandresena, fa i
Yaveh fa nanolosy anazy ho eo atagnanigny pazaka."[13]Gny pinday hafasy ze nandeha nitoka an'i Mikaia nizaka
taminazy, nanao anizahoky ho: "Ingo, amizao, gny zakan'ireo paminany dra magnambara raha soa ho anigny
pazaka tamigny vava raiky. Aoky re gny zakanao ba hanahaky gny raiky amireo dra mizaka raha soa." [14]Dra
namaly Mikaia ho: "Raha bo velo koa i Yaveh, dra ze zakan'i Yaveh aminahy gny ho pazaka izy, dra hoy gny
pazaka taminazy ho: " [15]Gny fa avy teo amigny pazaka izy, dra hoy gny pazaka taminazy ho: "Ry Mikaia, tokony
handeha hialy agny Ramota-gileada ra zahay, sa sizy?" Mikaia namaly anazy ho: "Manafiha dra mabrese.
Hanolosy anazy ho eo atagnanigny pazaka i Yaveh."[16]Dra hoy gny pazaka taminazy ho: "Ipiry moa zaho gny
nitalia anao hianiagna ba sy hizaka na ino na ino aminahy amigny agnaran'i Yaveh afa-sy gny mary avo?" [17]Dra
hoy i Makaia ho: "Hitako niely tegny an-tendrombohisy gny Israely aby, manahaky gny agnondry sy misy piamby,
dra Yaveh nanao anizahoky ho: 'Sy mana piamby reo. Aoky gny lelahy sirairay holy soa ama-sara agny
atragnony."'[18]Dra hoy gny pazakan'Israely tamin'i Josafata ho: "Sy fa nizaka taminao ra zaho fa sy mety maminany
raha soa mahakasiky anahy izy, fa loza avo?" [19]Dra hoy Mikaia ho: "Noho izay tenoy gny zakan'i Yaveh: nahita an'i
Yaveh nipetraky teo amigny seza fiandrianany zaho, dra reo maramilanigny lagnisy aby dra nizoro teo agnilany
teo akavanany vo teo akaviany. [20]Hoy i Yaveh ho: "Iza gny hitao an'i Ahaba, ba hiakasy izy dra ho lavo agny
Ramota-gileada?' Gny raiky tamin'ereo nizaka anizao dra gny raiky hafa nizaka anizao.[21]Boak'eo dra nisy fagnahy
raiky nagnato, nizoro teo anoloan'i Yaveh, dra nanao anizahoky ho: 'Izaho gny hitao anazy .' Draa hoy Yaveh
taminazy ho: 'Amigny fomba akory?' [22]Dra namaly gny fagnahy ho: 'Hiboaky zaho dra ho fagnahy mavandy eo
am-bavan'ireo paminany aby.' Yaveh namaly ho: 'Hahatao anazy hanao, dra hahomby avo koa. Ko mandehana
dra atovy zay.' [23]Dra ingo, Yaveh nametraky fagnahy mavandy teo am-bavan'ireo paminaninao aby reo, dra Yaveh
fa nizaka ho anao."[24]Dra Zedekia zanadahin'i Kenana, niakasy, namelaky gny takolan'i Mikaia, sady nanao
anizahoky ho: "Teza gny lalanigny fagnahin'i Yaveh niala ba hizaka aminao?" [25]Dra hoy i Mikaia ho: "Ingo, ho
fatasao zay amizay andro zay, gny fa milisy gny efisy agnatiny ba hivony hanao."[26]Hoy gny pazakan'Israely
tamigny panopony ho: "Sambory Mikaia dra andeso agny amin'i Amona, gny governoranigny tana, dra agny
amin'i Joasy, zanadahiko. [27]Zakao izy ho: 'Apidiro apoza ty lelahy tihoky hoy gny pazaka, dra fahano mofo kely vo
rano kely avo izy, mandra-pahaviako soa ama-sara. [28]Dra hoy i Mikaia ho: "Raha tahy dra tafahery soa amasa-sara
hanao, dra sy napizakan'i Yaveh zaho sy akory." Dra napiany ho: "Tenoy zay, ry vahoaky aby."[29]Dra niakasy ho
agny Ramota-gileada i Ahaba, pazakan'Israely. vo Josafata, pazakan'i Joda. [30]Gny pazakan'i Israely nizaka tamin'i
Josafata ho: "Hanao olo-kafa zaho dra hirosaky ao agnaty aly, fa hanao koa hagnisy gny akazonigny pazaka avo."
Dra nanao sary olo-hafa gny pazakan'Israely dra nirosaky tagny agnaty aly.[31]Dra nandidy gny Kapiteninigny
kalesiny ro amby telopolo gny pazakan'i Syria, nanao anizahoky ho: "Ka manafiky gny maramila kely na lahibe.
Fa gny pazakan'i Israely avo gny tafiho." [32]Dra gny nahita an'i Josafata reo kapiteninigny kalesy dra nanao
anizahoky ho: "Igny vatany gny pazakan'i Isrealy." Nihody ereo ba hamely anazy, dra niasoaso fatrasy i Josafata.
[33]Dra gny fa hitan'ireo pifehy gny kalesy fa sy igny gny pazakan'i Israely, dra nihery tamigny fagnezeha anazy
ereo.[34]Fa nisy lelahy raiky nandefa gny zana-sipiky kitoatoa dra nahavoa gny pazakan'Isrealy teo


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

agnelagnelan'ireo fiarova-tratrany. Dra i Ahaba nizaka tamigny pamarosy gny kalesiny ho: "Mihodidy dra andeso
miboaky gny aly zaho, fa narasy fatrasy zaho."[35]Nihafatrasy gny aly tamizay andro zay dra gny pazaka dra
nitihagna hisanga tao amigny kalesiny nagnatriky gny Syriana. Maty izy nony hariva. Nizininiky boak'eo amigny
rasiny dra hatragny amigny voli-kalesy gny lio. [36]Dra nony fa hiletiky gny masoandro, dra nisy asoasoa fatrasy
nanera gny tafiky, nanao anizahoky ho: "Samia moly agny amigny tanany aby gny lelahy; dra samia moly agny
amigny faritaniny aby gny lelahy aby!"[37]Dra maty i Ahaba pazaka dra nandesy tagny Samaria, dra nalevin'ereo
tao Samaria izy. [38]Nisasan'ereo teo amigny farihin'i Samaria gny kalesy, dra nilefinigny amboa gny liony (teo gny
fandron'ireo apela zanga), araky ze fa nambaranigny zakan'i Yaveh.[39]Dra gny raharaha hafa mahakasiky an'i
Ahaba, vo ze nataony ahy, gny tragno ivory ze naoriny, dra reo tana aby ze naoriny, moa ra sy fa voasorasy ao
amigny bokinigny tataranigny pazakan'Israely reo? [40]Dra nimaty tagny amireo razambeny i Ahaba, dra i Ahazia
zanadahiny gny lasa pazaka nandimby gny toerany.[41]Dra i Josafata zanadahin'i Asa nanomboky nazaka nanera
an'i Joda tamigny tao faha-efasy nazakan'i Ahaba pazakan'Israely. [42]Dimy amby telopolo tao i Josafata gny
nanomboky nazaka, dra nazaka tao Jerosalema nandrisy gny dimy amby ropolo tao izy. Azoba gny agnaran-
dreniny, gny zanakapelan'i Silo.[43]Nagnaraky gny fomban'i Asa rany izy; sy niala tamireo izy; nanao ze mary teo
amason'i Yaveh izy. Kanefa gny toera abo dra sy ba niravany. Fa gny vahoaky bo nanao soro vo nagnoro liti-kazo
magnisy teo amireo toera abo avo. [44]Dra i Josafata nihava tamigny pazakan'i Israely.[45]Dra gny raharaha hafa
mahakasiky an'i Josafata, vo gny hery ze nasehony, dra gny fomba nialiany, moa ra reo sy fa voasorasy ao
agnatinigny bokinigny tatarany pazakan'i Joda? [46]Nalany teo amigny tany reo sisa tavela tamigny olo nanolo-
tegna hizangazanga ho fanopoa-sapy ze bo tamigny andron'i Asa rany. [47]Sy nisy pazaka tao Edoma, fa olo
voatendry gny nintondra tao.[48]Josafata nanao sambo fitatera an-dranomasy; nandeha nagnagny Ofira ereo
hangalaky volamena, kanefa sy lasa akory nikaso tao Ezian-gebera reo sambo. [49]Dra hoy Ahazia zanadahin'i
Ahaba tamin'i Josafata ho: "Aoky ba hindray sambo amigny panoponao gny panopoko." Fa i Josafata vsy
nagnenga anizay. [50]Nimaty tagny amireo razambeny i Josafata dra nalevy niaraky tamin'ereo tao atanan'i Davida,
razambeny; dra Jerohama zanadahiny gny lasa pazaka nandimby gny toerany.[51]Ahazia zanadahin'i Ahaba dra
nanomboky nazaka nanera an'Israely tagny Samaria tamigny tao faha-fito ambiny folo nazakan'i Josafata
pazakan'i Joda, dra nazaka ro tao teo amin'i Israely izy. [52]Nanao rasy teo amason'i Yaveh izy dra nagnaraky gny
fombanigny rany, tamigny fombanigny reniny, dra tamigny fomban'i Jeroboama zanadahin'i Nebata, ze
nitarihiny gny Israely hanota. [53]Nanopo an'i Bala vo nivavaky taminazy izy dra nanao ze nahaory an'i Yaveh, gny
Agnaharin'Israely, manahaky gny fa nataon-drany avo.

# 2 Kings

## Chapter 1

[1]Tafaranigny nahafatesan'i Ahaba dra nikomy hanohisy an'Israely i Moaba. [2]Dra nikarapoky teo amigny
makarakara tao amigny efitragnony ambony tao Samaria i Ahazia, dra narasy. Dra nalefany reo pitondra gny
hafany dra hoy izy tamin'ereo ho: "Mandehana, magnotania an'i Bala-zeboba, Zagnaharin'i Ekrona, raha ho
sitrany amity atrako tihoky zaho."[3]Fa gny ajelin'i Yaveh nizaka tamin'i Elia Tisbita ho: "Mandeha, mekara hihaona
amireo pinday gny hafany gny pazakan'i Samaria, dra agnotanio amin'ereo ho: 'Satria ra sy misy Zagnahary ao
Israely gny handeha hangalaky hevisy agny amin'i Bala-zeboba, zagnaharin'i Ekrona hanao? [4]Noho zay dra hoy i
Yaveh ho: "Sy hizisoboak'eo amigny fandrianao ze fa nekaranao hanao; fa koa, ho maty vatany hanao."" Boak'eo
dra lasa i Elia.[5]Gny fa nihery tagny amin'i Ahazia reo pinday hafasy, dra hoy izy tamin'ereo ho: "Fa nagnino
handrareo gny nihery?" [6]Hoy ereo taminazy: "Nisy lelahy raiky nihaona taminay nizaka ho: 'Miheregna agny
aminigny pazaka ze nandefa andrareo, dra zakao anazy ho: "Zao gny zakan'i Yaveh: 'Akory ra sy misy Zagnahary
gnam'i Israely ao gny nadefa gny olo hangalaky hevisy agny amin'i Bala-zeboba, zagnaharin'i Ekrona hanao? Dra
noho zay dra fa hizoso boak'eo amigny fandrinao ze fa niakaranao hanao; fa koa, ho maty vatany
hanao.""'[7]Ahazia nizaka tamireo pandefa gny hafany ho: "Lelahy manahaky gny aniza, ze olo nihaona
tamindrareo dra nizaka reo zaka reo zay?" [8]Izy reo namaly anazy ho: "Nekazo vita amigny volo izy dra fehi-troky
hodisy teo amigny andilany." Dra gny pazaka namaly ho: "Elia Tisbita zay."[9]Dra nandefa kapiteny miarak'amigny
maramila dimapolo ho agny amin'i Elia gny pazaka. Niakasy tagny amin'i Elia ze nitoby tagny atapo-kavoa gny
kapiteny. Hoy gny kapiteny taminazy ho: "Ino, ry lelahin'Agnahary , nizaka gny pazaka ho: 'Mizosoa."' [10]Elia
namaly dra nizaka taminigny kapiteny ho: "Raha lelahin'Agnahary zaho, aoky hilasaky boak'egny amigny lagnisy
gny afo dra handevon'anao vo reo dimapolo lahinao." Dra nilasaky boak'egny amigny lagnisy gny afo dra
nandevon'anazy vo reo dimapolo lahiny.[11]Nandefa kapiteny hafa ndraiky nindray tamireo maramila dimapolo ho
agny amin'i Elia i Ahazia pazaka. Hoy koa ze kapiteny zay tamin'i Elia ho: "Hanao, ry lelahin'Agnahary, nizaka gny


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

pazaka ho: 'Mizosoa malaky."' [12]Elia namaly dra nizaka tamin'ereo ho: "Raha lelahin'Agnahary zaho, aoky hilasaky
boak'egny amigny lagnisy gny afo dra handevon'anao vo reo dimapolo lahinao." Dra nilasaky boak'egny amigny
lagnisy ndraiky gny afon'Agnahary dra nandevon'anazy vo reo dimapolo lahiny.[13]Bo nandefa vondro pialy
dimapolo fagnitelony ndraiky gny pazaka. Niakas'io kapiteny io, nandohaliky teo anoloan'i Elia izy, dra nengavy
anazy vo nizaka taminazy ho: "Hanao, ry lelahin'Agnahary, mangataky aminao zaho, aoky ho sarobily eo
amasonao gny aiko vo gny ainigny panoponao dimapolo tahoky. [14]Eh vatany, nilasaky boak'egny amigny lagnisy
gny afo dra nandevy reo kapiteny rolahy volohany mbamin'ireo lelahiny, fa amizao aoky ho sarobily eo
amasonao gny aiko."[15]Dra gny azelin'i Yaveh nizaka tamin'i Elia ho: "Mizosoa mindray aminazy. Ka matahosy
anazy." Dra nisanga Elia dra nizoso nindray taminazy ho agny amigny pazaka. [16]tafara kelin'izay dra hoy Elia
tamin'i Ahazia ho: "Zao gny nizakan'i Yaveh: 'fa nandefa pinday hafasy hangalaky hevisy tagny amin'i Bala-
zeboba, zagnaharin'i Ekrona hanao. Akory ra sy misy Zagnahary ao am'Israely ze afaky angatahinao
fapahafatara? Ko amizao, sy hizoso boak'eo amigny fandria ze nekaranao hanao; fa ho maty vatany hanao.'"[17]Dra
maty araky gny zakan'i Yaveh ze nizakan'i Elia i Ahazia pazaka. Jorama gny nanomboky nazaka teo amigny
toerany, tamigny taona faharo nazakan'i Jehorama zanak'i Josafata pazakan'i Joda, akory sy nanagnanaky i
Ahazia. [18]Dra gny amireo raharaha hafa mahakasiky an'i Ahazia, moa sy fa voasorasy ao amigny bokinigny
tatanany pazakan'Israely ra zay?


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 2

[1]Dra gny fa handeha hapiakasy an'i Elia tamigny tafio-drivosy ho agny an-dagnisy i yaveh, dra niala tao Gilgala
nindray tamin'i Elisa i Elia. [2]Hoy i Elia tamin'i Elisa: "Ba mizanogna eto re, akory fa nagniraky anahy ho agny
Betela i Yaveh." Namaly Elisa ho: "Raha bo velo koa i Yaveh, dra raha bo velo koa hanao, dra sy hagnenga anao
zaho." Dra nizoso tagny Betela ereo.[3]Nagnagny amin'i Elisa reo zanaky gny paminany ze tagny Betela dra nizaka
taminazy ho: "Fatasao ra fa hangalaky gny toponao aminao i Yaveh androany?" Namaly Elisa ho: "E, fataso zay, fa
ka mizaka momba anizay sasy. "Eliza, ba mandignisa eto re, akory fa nagniraky anahy ho agny Jeriko i Yaveh."
Dra namaly Elisa ho: "Raha bo velo koa i Yaveh, dra raha bo velo koa hanao, dra sy hagnenga anao zaho." Dra
nandeha tagny Jeriko ereo.[5]Dra nagnagny amin'i Elisa reo zanaky gny paminany ze tagny Jeriko dra nizaka
taminazy ho: "Fatasao ra fa hangalaky gny toponao aminao i Yaveh androany?" Dra namaly Elisa ho: "E, fatako
zay, fa ka mizaka momba anizay sasy." [6]Dra hoy Elia taminazy: "Ba mizanogna re, fa Yaveh fa nagniraky anahy ho
agny Jordana." Namaly Elisa ho: "Raha bo velo koa Yaveh, dra raha bo velo koa hanao, dra sy hagnenga anao
zaho." Dra nandeha ereo ro.[7]Tafarakelin'izay, nisy dimapolo tamireo zanaky gny paminany nisanga nifagnatriky
tmin'ereo lavisegny raha nisanga teo amoron'i Jordana ereo ro. [8]Nalan'i Elia gny lambany, nahorongorony, dra
nikapohiny tamizay gny rano. Nizara tamigny lafiny ro gny renirano dra nandeha tamigny tany maiky ereo ro.
[9]Dra gny fa nisaky ereo, dra hoy Elia Tamin'i Elia: "Angataho aminahy ze tokony hataoko ho anao melohanigny
hangalan'abahy aminao." Namaly Elisa ho: "Aoky re ba ho aby aminahy gny avo ro heninigny azara fagnahinao."
[10]Namaly Elia ho: "Fa nangataky raha sarosy hanao. Na izay aza, raha hitanao zaho gny fa alan'aminao, dra
hitranga aminao zay, fa raha sizy, dra sy hitranga zay."[11]Raha bo nandeha vo nizaka ereo, indro, nisy kalesy afo vo
sovala afo niseho, ze nagnasaraky anereo ro lahy, dra niakasy tamigny tafi-drivosy tagny an-dagnisy i Elia.
[12]Nahita anizay Elisa dra nikioky fatrasy ho: "Rako o, rako o, reo kalesan'Israely vo reo pitikisy anizay!" Sy hitany
sasy i Elia, dra nihazogniny reo akazony dra nitriatiny ro reo.[13]Nalany gny lamban'i Elia zay lasaky boak'egny
aminazy, dra nihery ba hizoro teo amoron'i Jordana izy. [14]Nizerany tamigny lamban'i Elia ze lasaky gny rano dra
hoy izy: "Eza i Yaveh, zagnaharin'i Elia?" Gny fa nazera gny rano dra nisaky i Elisa.[15]Gny fa hitan'ireo zanaky gny
paminany zay boak'agny Jeriko teo apitan'ereo izy, dra hoy ereo: "Mitoera ao amin'i Elisa gny fagnahin'i Elia!" Dra
avy ba hisena anazy ereo, dra nekohoky taminigny tany teo agnatrehany. [16]Hoy ereo taminazy: "Indro amizao,
misy lelahy mahery dimapolo eo amireo panoponao. Angao ereo handeha, mangataky zahay, ba hitalia gny
toponao, soa dra napekary vo narianigny fagnahin'i Yaveh agny amigny tendrombohisy na agny amigny lohasaka
izy." Namaly Elisa ho: "Aha, ka magniraky anereo."[17]Nefa gny fa napirisiky an'i Elisa mandra-pahamegnasy anazy
ereo, dra hoy izy: "Iraho ereo." Dra nagniraky lelahy dimapolo ereo, dra nitalia nandrisy gny telo andro ereo,
kanefa sy nahita anazy. [18]Nihery tagny amin'i Elisa ereo, raha nitoby tao Jeriko izy, dra hoy izy tamin'ereo: "Sy
nizaka tamindrareo ra zaho ho: 'Ka mandeha'?"[19]Reo olony gny nizaka tamin'i Elisa ho: "Ingo, mengavy anao
zahay, gny raha-misy eto amity tana tihoky dra mahafinarisy, araky zao hitanigny topoko zao, nefa rasy gny rano
dra sy mamokasy gny tany." [20]Namaly Elisa ho: "Indeso lovia vaovao zaho dra asio sira ao agnatiny," dra ninday
anizay teo aminazy ereo.[21]Niboaky nagnagny amigny loharano Elisa dra nagnary sira tao agnatin'izay; dra hoy izy
ho: "Zao gny zakan'i Yaveh: 'Fa nagnasitrany reo rano reo zaho. Manomboky amizao fotoa zao, dra sy hisy
fahafatesa na tany sy mahavokasy sasy.'" [22]Ko dra sitrany reo rano mandraka androany, tamigny alalanigny zaka
ze nizakan'i Elisa.[23]Dra niakasy boak'ao ho agny Betela Elisa. Gny fa niakasy gny lalany izy, dra nisy tovolahy
niboaky gny tana dra nanevateva anazy; hoy ereo taminazy: "Mekara, hanao ry Solaloha! Mekara, hanao ry
solaloha!" [24]Nagnety tany afarany Elisa dra nahita anereo; nitoka an'i Yaveh izy ba hagnozon'anereo. Dra nisy
beravava reo niboaky boak'ao agnala dra nandrasy ro amby efapolo tamireo tovolahy. [25]Dra niala teo ho agny
atendrombohisy Kermela i Elisa, dra boak'eo gny niheregnany ho agny Samaria.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 3

[1]Tamigny taona fahavalo ambiny folo nazakan'i Josafata pazakan'i Joda, gny nanomboky nazaka teo amin'Israely
tao Samaria i Jorama zanadahin'i Ahaba; nazaka nandrisy gny ro ambiny folo tao izy. [2]Nanao ze rasy teo amason'i
Yaveh izy, fa sy ba manahaky gny rany vo gny reniny; fa nalany gny sangam-bato masy an'i Bala ze
namboarinigny rany. [3]Na izay aza dra nihazo reo fahotan'i Jeroboama zanadahin'i Nebata izy, ze napanota an'i
Israely, sy nivily tamizay izy.[4]Dra i Mesa pazakan'i Moaba dra niopy agnondry. Sy maisy nagnome
zanak'agnondry 100.000 vo volon'agnondry lahy 100.000 ho anigny pazakan'Israely izy. [5]Fa tafaranigny
nahafatesan'i Israely gny pazakan'i Moaba. [6]Dra nagnenga an'i Samaria i Jorama pazaka tamizay fotoa zay ba
haneta gny Israely aby ho amigny aly.[7]Nandefa hafasy tamn'i Josafata pazakan'i Joda izy, nizaka ho: "Fa nikomy
hanohisy anahy gny pazakan'i Moaba. Handeha hiaraky aminahy hifanandry amin'i Moaba ra Hanao?" Namaly i
Josafata ho: "Handeha zaho, manahaky anao avo zaho, gny oloko dra manahaky gny olonao, reo sovalako dra
manahaky reo sovalanao." [8]Dra nizaka izy boak'eo ho: "Amigny lalan-eza gny tokony hanafihasika?" Namaly i
Josafata ho: "Amigny lala mamaky gny efis'i Edoma."[9]Dra nandeha nihodidy nandrisy gny fito andro reo
pazakanIsraely, Joda, dra Edoma. Sy nahita rano ho anigny tafik'ereo, gny ho an'ireo sovalany vo reo biby hafa.
[10]Ko nizaka gny pazakan'Israely ho: "Fa ino tiky? Moa ra niaso pazaka telo hanolosy ho eo atagnan'i Moaba i
Yaveh?"[11]Kenefa nizaka i Josafata ho: "Sy misy paminanin'i Yaveh ra gneto, hahafahasika mangalaky torohevisy
amin'i Yaveh amigny alalany? Dra namaly gny raiky tamigny panoponigny pazakan'i Israely nanao anizahoky ho:
"Eto i Elisa zanadahin'i Safata, ze nandraraky rano teo atagnan'i Elia." [12]Hoy i Josafata: "Momba anazy gny zakan'i
Yaveh." Dra nizoso nagnagny aminazy, i Josafata, pazakan'Israely, dra gny pazakan'i Edoma.[13]Hoy i Elisa tamigny
pazakan'Israely: "Pifagnino moa zaho vo hanao? Mandehana magnagny amireo paminany gny ranao vo gny
reninao." Dra nizaka taminazy gny pazakan'Israely ho: "Aha, akory i Yaveh nitoka ty pazaka telo tahoky nindray
ba hanolosy anazy ho eo atagnan'i Moaba." [14]Namaly i Elisa: "Raha bo velo koa i Yaveh toponigny maro, ze eo
agnatrehany gny hijoroako, raha sy nohonigny fagnazako gny fagnatrehan'i Josafata pazakan'i Joda, dra sy niteno
anao zaho, na nagnety anao akory.[15]Fa amizao hindeso pitendry raha-magneno zaho." Dra gny fa nitendry gny
pitendry lokanga, dra avy teo amin'i Elisa gny tanin'i Yaveh. [16]Nizaka izy ho: "Zao gny nambaran'i Yaveh, 'Fenoy
haly kely io lohasahan-driaky maiky io.' [17]Fa hoy i Yaveh: 'Sy hahita rivosy hanao, na ora, fa ho dibo-drano io
lohasaha-driaky io, dra hino handrareo, hatrareo vo gny biby tezandrareo vo gny bibindrareo aby.'[18]Zay dra raha
mora eo amason'i Yaveh. Hagnome andrareo fandrese eo amireo Moabita avo koa Izy. [19]Hanafiky gny tana voaaro
fatrasy vo tana soa aby handrareo, hanapaky gny hazo soa aby, hagnazano gny loharano aby, dra handrava reo
tany soa aby amigny vato."[20]Ko tamigny maray nagnodidy gny fotoa fanolora gny soro, dra nisy rano nikoria
boak'agny Edoma; dibo-drano gny tany.[21]Dra nony nahare reo Moabita aby fa avy hialy aminazy reo pazaka, dra
nindray nivory ereo, reo aby ze afaky nanao akazo ferova, dra nisanga teo amigny sisi-tany ereo. [22]Nifoha maray
ereo dra gny masoandro nitarasy teo aminigny rano. Nony nahaita gny rano teo apitany reo Moabita, dra niloko
mena manahaky gny lio zay. [23]Nihoraky fatrasy ereo ho: "Lio io! Tena ringa vatany reo pazaka, dra nifamono
ereo! Amizao ary, ry Moaba, andeha sika handroba anereo!"[24]Nony nagnagny amigny tobin'Israely ereo,
nanapoky reo Israelita ereo dra nanafiky reo Moabita, ze nienga teo agnatrehany. Nitarihinigny tafik'Israely
nanera gny tany reo Moabita, dra nivonon'ereo. [25]Nioitehiny reo tana, dra gny velara-tany soa aby dra
nifafazanigny lelahy aby vato mandra-paharakosy zay. Nitapenan'ereo gny loharano aby, nikapain'ereo gny hazo
soa aby. Dra kiraharesa sisa gny tavela sy nihesiky gny vatony. Fa nididin'ireo maramila pita asamotaly zay dra
nitafihiny.[26]Nony hitan'i Mesa pazakan'i Moaba fa resy agnaly izy, dra nangalaky pita mesa fitozato nindray
taminazy izy hanafiky gny pazakan'i Edoma, kanefa sy nahomby ereo. [27]Dra nalany gny zanany lahitoka ze
tokony nazaka nandimby anazy, dra natolony ho fagnatisy oroa teo agnabonigny manda izy. Dra nisy hatezera
lahibe nihasy tamin'Israely, dra nagnenga an'i Mesa pazaka gny tafiky gny Israely dra noly tagny amigny taniny.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 4

[1]Dra gny valinigny rany tamireo zanaky gny paminany avy nitomagny tamin'i Elisa, nanao anizahoky ho: "Maty
gny valiko gny panoponao, dra fataso fa gny panoponao dra natahosy an'i Yaveh. Amizao gny pamindram-bola
dra avy hangalaky reo zanako ro ba ho panopony," [2]Dra hoy i Elisa taminazy: "Ino gny azoko atao honao? Zakao
anahy ino aby gny hanagnanao ao atragnonao?" Dra hoy izy: "Sy mana na ino na ino afa-sy dililo tavoara raiky
gny panoponao ao atragno."[3]Dra hoy i Elisa: "Mandehana mindra siny agny amireo piray vodirindrin'aminao,
siny sy misy na ino na ino." Farak'ze besaky hindramy. [4]Boak'eo dra sy maisy midisy ao agnatiny hanao dra
mirindrym-batrangara ao hanao vo reo zanakao lahy, dra mandraraha dililo ao amigny siny aby; dra atokano reo
siny ze feno."Dra nagnenga an'i Elisa izy dra nadridrivatrangara izy sy ereo zanany lelahy. Nizaka ereo tao aminy
ereo siny, dra nifenony dililo ereo. [6]Raha feno gny siny, dra hoy izy tamin'ereo zanany: ''Hinday siny hafa zaho.''
Fa hoagny gny zanany taminy: ''Sy misy siny sasy.'' Dra sy niraraky sasy gny dililo[7]Dra avy izy dra nizaka tamigny
lelahin'i Zagnahary. Hoy izy ho: ''Mandehana, varoty gny dililo; aloavo gny trosanao, dra hivelomy miaraky
amin;ereo zanakao lelehy gny amby.''[8]Ndray andro i Elisa nandeha tagny Sonema agny amize hitobohanigny
apela manan-daza raiky; nasainy hindray hihinan'aminazy izy. Dra isika gny handalo izy, dra hizano vo hihina
ao. [9]Hoy gny apela tamigny valiny: "Ingo, mahasapa zaho amizao fa izy dra lelahy masin'Agnahary ze mandalo
mandrakariva.[10]Handeha sika hanao efisy kely agnabo riha ho an'i Elisa, dra hasiasika fandria ao agnatiny,
latabasy, seza, dra ziro. Dra gny fa avy eto amisika izy, dra hizanon'eto." [11]Dra avy ndraiky gny andro dra nizano
tao i Elisa, nitoby tao amigny efisy izy dra nangalaky ay tao.[12]Hoy i Elisa tamin'i Gehazy gny panopony: "Tokavo io
Sonemita io." Gny fa boaky nitoka anazy izy, dra nisanga teo agnatrehany. [13]Dra hoy i Elisa taminazy: "Zakao
amin-drapela ho: 'Fa nagnatiky amizao olo aby zao hanao ba hiahy anay. Dra ino gny azo atao honao? Afaky
misolo vava anao agny amigny pazaka na agny amigny lelahinigny tafiky ra zahay?"' Dra namaly izy ho: "Miara-
mipetraky amigny vahoakiko zaho."[14]Dra hoy i Elisa: "Ino zay gny azosika atao ho anazy?" Dra namaly i Gehazy
ho: "E vatany, sy managnanaky izy, dra fa atisy gny valiny." [15]Dra namaly i Elisa ho: "Tokavo izy." Gny fa boaky
nitoka anazy izy, dra nisanga teo amigny vatrangara. [16]Hoy i Elisa: "Amigny fotoa manahaky anizao, afaky heri-
tao, dra hotrotro zazalahy hanao." Dra hoy rapela: "Aha, ry topoko sady lelahin'Agnahary, ka mavandy amigny
panoponao."[17]fa gny taona magnaraky avo rapela dra navesasy dra niteraky zazalahy, araky ze fa nizakan'i Elisa
taminazy. [18]Gny fa niha-lahibe gny zaza, ndraik'andro dra nandeha nindray tamigny rany, ze nindray tamireo
paziza izy. [19]Hoy izy tamigny rany: "Gny lohako, gny lohako." Dra hoy gny rany tamigny panopony: "Andeso agny
amigny reniny izy." [20]Gny fa nangalaky anazy vo ninday gny zazalahy tagny amigny reniny gny panopo, dra
nitoby teo agnevonigny zaza mandra-pitaovovona dra maty boak'eo.[21]Dra nisanga gny apela dra nametraky gny
zanadahiny teo amigny fandrianigny lelahin'Agnahary, nagnily gny vatrangara, dra niboaky. [22]Nitoka gny valiny
izy, dra nizaka ho: "Ba andefaso raiky amireo panopo vo raiky amireo apondra re zaho ba hahafahako mandeha
malaky agny amigny lelahin'Agnahary dra hihery boak'eo."[23]Dra hoy gny valiny: "Nagnino hanao gny te-ho agny
aminazy hanao? Sy sinam-bola na Sabata zao." Dra namaly izy ho: "Sy magnino re." [24]Dra nasiany lasely gny
apondra raiky dra hoy izy tamigny panopony ho: "Apandehano mora raha sy mizaka zaho."[25]Dra nandeha rapela
dra avy tao amigny lelahin'Agnahary tagny amigny Tendrombohisy Karmela. Dra gny fa nahita anazy lavisegny
gny lelahin'Agnahary, dra nizaka tamin'i Gehazy panopony izy ho: "Ingo, avy gny apela Sonemita. [26]Mihazakazaha
malaky ba hisena anazy vo hizaka aminazy ho: "Milamina ra gny aminao vo gny valinao dra gny zanakao?"' Dra
namaly izy ho: "Milamina soa."[27]Gny fa avy teo amigny lelahin'Agnahary tagny atendrombohisy rapela, dra
nihazogny gny tombony. Nagnato mariny i Gehazy ba hangalaky anazy kanefa hoy gny lelahin'Agnahary ho:
"Angao izy, fa tohy tateraky, dra navonin'i Yaveh taminahy gny olana, dra sy nizaka na ino na ino taminahy
izy."[28]Dra hoy rapela: "Nangataky zanaky taminao ra zaho, ry topoko? Sy fa nizaka ra zaho ho: 'Ka fitahy zaho'?"
[29]Dra hoy i Elisa tamin'i Gehazy: "Mekazoa dra andeso amigny tagnanao gny tehiko. Mandehana agny atragnony.
Raha mifanena amigny olo hanao, dra ka miaraba anazy, dra raha misy olo miarahaba anao, dra ka mamaly
anazy. Ateheno eo amigny tarehinigny zaza gny tehiko."[30]Fa gny renigny zaza nizaka ho: "Raha velo koa i Yaveh,
dra raha velo koa hanao, dra sy hagnenga anao zaho." Dra nisanga i Elisa dra nagnaraky anazy. [31]Neloha malaky
anereo i Gehazy dra nametraky gny tehina teo amigny tarehinigny zaza, nefa sy nizaka na nahare gny zaza, nefa
sy nizaka na nahare gny zaza. Dra nihery tagny amin'i Elisa i Gehazy dra nizaka taminazy ho: "Bo sy nifoha gny
zaza."[32]Gny fa avy tao atragno i Elisa, dra bo maty teo agnabo fandria gny zaza. [33]Dra nidisy tao i Elisa dra
niridrim-batrangara tao izy vo gny zaza dra nivavaky tamin'i Yaveh izy. [34]Nisanga izy dra nandry teo amigny
zaza; nanoby gny molany teo amigny molany, gny masony teo amigny masony, dra gny tagnany teo amigny
tanany. Nagnizisy gny tagnany teo amigny zaza, dra lasa nafana gny vatanigny zaza haky masaiky.[35]Dra
nitsangana i Elisa dra nivezivezy tao amin'ny efitra ary niakatra indray dra naninjitra ny tenany teo ambonin'ilay


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

zazalahikely. Nihevona im-pito ilay zazalahy dra nanokatra ny masony. [36]Dra niantso an'i Gehazy i Elisa dra niteny hoe: "Antsoy ilay Sonemita!" dra niantso azy izy, dra tonga tao amin'ny efitra izy, dra hoy i Elisa: "Raiso ny zanakao." [37]Dra nampiakohoka ny tavany teo amin'ny tany teo amin'ny tongony izy dra nandohalika teo amin'ny tany, dra naka ny zanany dra nivoaka[38]Dra nihery tagny Gilgala ndraiky i Elisa. Nisy mosary tao amigny tany, dra nitoby teo anoloany reo zanaky gny paminany. Hoy izy tamigny panopony: "Atovy eo amigny afo gny siny lahibe dra mahandroa hany ho an'ireo zanaky gny paminany." [39]Nizoso tagny agnahisy ba hitango legioma gny raiky tamin'ereo. Nahita voaloboky izy dra namory tanatanamanga dra ba hamenao gny moro-tomboky gny akazony. Nitapahiny dra natao'ereo tao amigny hany izay, nefa sy nahafatasy gny karazan'izay ereo.[40]Dra nandoasy gny hany ba ho hanin'ireo lelahy ereo. Afaky kelikely, raha teo am-pihinana ereo, dra nikioky fatrasy nanao anizahoky ho: "Ry lelahin'Agnahary, misy mahafaty ao am-bilagny!" Dra sy afaky gny hihinan'anizay sasay ereo. [41]Fa hoy i Elisa ho: "Mindesa koba." Nagnary anizay tao agnaty vilagny izy dra nizaka ho: "Loharo ho anigny olo zay, ba hihina ereo." Dra sy nisy raha mahafaty sasy tao am-bilagny."[42]Nisy lelahy raiky boak'agny Bala-salisa nagnagny amigny lelahin'Agnahary dra ninday mofo vita tamigny vary hordea ropolo vao niziza, dra salohim-bary vao vao tao agnaty kitapony. Hoy izy: "Omeo an'ireo olo reo ba hahafahan'ereo mihina." [43]Hoy gny panopony: "Nagnino gny hagnomezako anizay an'ireo olo zato?" Fa hoy i Elisa ho: "Omeo gny olo tahoky, ba hahafahan'ereo mihina, akory i Yaveh nizaka ho: "Hihina ereo dra hagnenga ambiny." [44]Dra nagnome anizay anazy reo gny panopony; dra nihina ereo, dra nisy sisa tavela, araky gny zakany fapanatenan'i Yaveh.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 5

[1]Dra Namana, pifehy gny fafiky gny pazakan'i Syria, dra lelahy lahibe sady be voninahisy eo amasony topony,
akory tamigny alalany gny nagnomezan'i Yaveh fadresena an'i Syria. Lelahy matazaky,be heri-po avo koa izy, dra
nefa boka. [2]Nandeha niboaky isan-tokony ereo syriana dra nangalaky zanakapelany masaisaiky dra avy tao amy
tanin'Israely. Nanopo gny nalin'i fahamarony izy.[3]Hoy gny zazavavy tamigny topovaviny ho: "Enga anie ba
hiaraky amigny paminany ze agny Samaria gny topoko! Dra hagnasitrany gny topoko amigny habokany izy." [4]Ko
nandeha i Namana dra nizaka tamigny pazaka ze nizakanigny zazavavy masaiky boak'agny amigny tanin'Israely.
[5]Dra hoy gny pazakan'iSyria ho: "Mandehana amizao, dra hapinday taratasy ho anigny pazakan'Israely ho." Lasa i
Namana dra ninday taleta volafosy folo, volamena enin'arivo, vo akazo fisoloa folo nindray taminazy. [6]Ninday
gny taratasy ho anigny pazakan'Israely avo koa izy ze nizaka ho: "Gny fa andesin'aminao ty taratasy ty, dra ho
hitanao fa nandefa an'i Namana panopoko aminao zaho, ba hagnasitraky anazy amigny habokany."[7]GNy fa avy
namaky gny taratasy gny pazakan'Israely, dra naniasy gny akazony izy dra nizaka ho: "Moa ra Zagnahary zaho,
dra hamono na hamelo,gny mitalia anahy hagnasitrany lelahy amigny habokany ty lelahy ty? Ohasigny mitalia
fifandiran'aminahy izy."[8]Ko gny fa ren'i Elisa gny lelahin'Agnahary fa nandrisy gny akazony gny pazakan'Israely,
dra nandefa zaka tagny amigny pazaka izy nanao anizahoky ho: "Nagnino gny nitriatinao gny akazonao? Angao
izy hagnotany anahy amizao, dra ho fatany fa misy paminany ao Israely." [9]Dra avy nindray tamireo sovalany vo
gny kalesany i Namana dra nizoro teo ambatrangarany gny tragnon'i Elisa. [10]Nagniraky pinday hafasy tagny
aminazy i Elisa, nanao anizahoky ho: "Mandehana dra apandroy ipito ao amin'i Jordana gny vatanao, dra hihery
amigny taloha gny nofonao, halio hanao."[11]Fa ory i Namana dra lasa vo nizaka ho: "Ingo, niheveriko fa hiboaky
hagnaton'anahy izy dra hisanga vo hitoka gny agnaran'Yaveh Zagnahariny, dra hagnofahofa gny tagnany amigny
toerany dra hagnasitrany gny habokako. [12]Moa i Abana vo Farpara, reniranon'i Damaskosy, sy soa kokoa noho gny
rano aby ao Israely? Sy afaky mandro ao amireo ra zaho dra halio?" Dra nihery izy dra lasa akahorian'avo.
[13]Boak'eo reo ponopon'i Namena nagnariny dra nizaka taminazay ho: "Ry rako, raha nandidy anao hanao raha-
sorosy ilany gny paminany, moa sy nanao anizay ra hanao? Ko maiky fa , gny fa mizaka sotra aminao izy ho:
'Apandray gny vatanao dra halio hanao?" Boak'eo dra nandeha nizoso izy dra napandro gny vatany ipito tao
amin'i Jordana, nakato reo toromarikigny lelahin'Agnahary. NIhery manahaky gny nofo zaza masaiky ndraiky
gny nofony, dra sitrany izy.[15]Nihery tagny amigny lelahin'Agnahary i Namana, izy vo reo piara-dia taminazy aby
dra nizoro teo anoloany. Hoy izy ho: "Ingo, fatako amizao fa sy misy Zagnahary manera gny tany afa-sy ao Israely
avo. Noho zay, andeso gny fagnomeza boak'amigny panoponao." [16]Fa Elisa namaly ho: "Raha bo velo koa i Yaveh,
ze eo agnatrehany gny hizoroako, dra sy hitakasy na ino na ino zaho." Napirisiky an'i Elisa ba hitakasy gny
fagnomeza i Namana, fa nanda izy.[17]Noho zay dra hoy i Namana ho: "Raha sy zay, dra mangataky aminao zaho ba
hagnome gny panoponao tany apy zakanigny apondra ro, akory manomboky zao, dra hagnome fagnatisy oroa na
soro hon'Agnahary hafa sasy gny panoponao afa-sy i Yaveh. [18]Aoky ba hamela heloky gny panoponao i Yaveh
amity raha raiky ty, dra izao, gny fa milisy ao atragnon'i Rimona gny pazakako ba hanopo ao, dramitehy amigny
tagnako izy dra mekohoky ao atragno'i Rimona zaho, gny fa mekohoky ao atragnon'i Rimona zaho, dra enga anie
Yaveh ba hamela heloky anizay." [19]Dra hoy i Elisa taminazy ho: "Mandehana apedagna." Dra lasa i Namana.
[20]Nandeha halavira bory avo izy, gny fa nizaka taminazy i Gehazy panopon'i Elisa gny lelahin'Agnahary ho: "Ingo,
fa namindra fo ty Namana gny Syriana gny topoko tamigny sy fandresa reo fagnomeza ze nindesiny tegny
atagnany. Raha bo velo koa i Yaveh, dra hagnaraky anazy zaho dra hitakasy raha boak'aminazy." [21]Noho zay dra
nagnoriky an'i Namana i Gehazy. Gny fa nahita olo nilomay tafarany i Namana, dra nidikosy nizoso tamigny
kalesany izy ba hisena anazy dra nizaka ho: "Mizaka ra raha ho?" [22]Dra hoy i Gehazy ho: "Mety aby gny raha aby.
Nirahinigny topoko zaho, nanao anizahoky ho: 'Ingo, nisy tovolahy ro boak'amireo zanaky gny paminany avy
nagnaton'anahy boak'agny amigny vohis'i Efraima. Mengavy re ba omeo taleta volafosy raiky vo akazo hisoloa ro
ereo."[23]Namaly i Namana ho: "Faly loasy zaho magnome taleta volafosy ro honao." Napirisiky an'i Gehazy i
Namana dra namatasy taleta volafosy ro tao agnaty kitapo ro, niaraky tamireo akazo ro hisoloa, dra nanoby reo
tamigny ro tamireo panopony, ze ninday reo kitapom-bolafosy nialoha an'i Gehazy. [24]Gny fa avy tao amigny havoa
i Gehazy, dra nangalaky reo kitapom-bolafosy tegny atagnan'ereo izy dra nagnavony reo tao atragno; nalefany
reo lelahy, dra lasa ereo. [25]Gny fa nilisy i Gehazy dra nisanga nanoloa gny topony, dra hoy i Elisa taminazy ho:
"Boak'eza hanao, ry Gehazy?" Namaly izy ho: "Sy nandeha teza na teza gny panoponao."[26]Hoy i Elisa tamin'i
Gehazy ho: "Sy nindray taminao ra gny fagnahiko gny fa nihidy tamigny kalesany ba hiseza anao gny lelahy?
Fotoa fandresa vola vo akazo, tanin'oliva vo tanim-boaloboky, agnondry vo agnomby, dra panopo lahy vo apela ra
zao? [27]Noho zay dra ho aminao vo gny taranako mandrakizay gny habokan'i Namana." Ko niala tamigny
fagnatrehany i Gehaza, boka fosy manahaky gny ora-panala.

## Chapter 6

[1]Ereo zanaky gny mpaminany nizaka tamigny Elisa ho: ''Ze toera himpetrahanay miarak'aminao dra tena
masaiky loasy ho anay aby. [2]Angao re zahay handeha ho agny Jordana, dra angao gny olon'aby ba hanapaky hazo
agny, dra angao zahay hagnory toera hahafahanay mitoby agny." Namaly i Elisa ho: "Afaky mandeha handrareo."
[3]Gny raiky tamin'ereo nizaka ho: "Mandehana re mindray amireo panoponao." Dra namaly Elisa ho: "Handeha
zaho."[4]Ko nandeha nindray tamin'ereo izy, dra gny fa avy agny Jordana ereo, dra nanomboky nanapaky hazo. [5]Fa
raha teo apikapa gny raiky, dra nilasaky tao agnaty rano gny lela-pamaky; nikioky fatrasy izy dra nizaka ho:
"Loza, ry topoko, nindraminy igny!"[6]Dra hoy gny lelahin'Agnaharary ho: "Teza gny nilasahany?" Dra natoronigny
olo an'i Elisa gny toera. Dra nanapaky tapa-kazo izy, dra nagnary anizay tao agnaty rano, dra napisingeva gny vy.
[7]Hoy i Elisa ho: "Alao io." Dra nagnizisy gny tagnany gny olo dra nangalak'anazy.[8]Dra nanangan'aly Tamin'Israely
gny pazakan'i Syria. Nizaka tamigny panopony izy, nanao anizahoky ho: "Agny amigny toera manahaky anizao vo
manahaky anizao gny hotobiako." [9]Dra gny lelahin'Agnahary ze nalefa tagny amigny pazakan'Israely, nizaka ho:
"Mitandrema sy handalo amizay toera zay, fa hizoso agny reo Syriana."[10]Nandefa hafasy tagny amigny toera ze
voazaka vo napitandremanigny lelahin'Agnahary anazy gny pazakan'Israely. Sy indray mandeha na indro avo,
gny fa nandeha tagny gny pazaka, dra malio izy. [11]Nasiaky fatrasy tamireo fapitandrema gny pazakan'i Syria, dra
nitoka reo panopony izy dra nizaka tamin'ereo ho: "Sy nizaka aminahy ea handrareo ho iza eo amindrareo gny
miandany amigny pazakan'Israely?"[12]Dra hoy gny raiky tamireo panopony ho: "Aha, ry pazaka, topoko, fa i Elisa
paminany ao Israely gny mizaka amigny pazakan'Israely reo zaka ze zakanao ao amigny efitragno fandrianao!"
[13]Dra namaly gny pazaka ho: "Mandehana dra taliavo gny misy an'i Elisa ba hahafahako mandefa olo hanambosy
anazy." Nizakany taminazy ho: "Ingo, agny Dotana izy."[14]Dra nandefa sovala maro, kalesa, dra tafiky lahibe tagny
Dotana gny pazaka. Tamigny hariva izy gny avy dra nagnodidy gny tana igny. [15]Gny fa nifoha maray vo niboaky
tagny ivelany gny panoponigny lelahin'Agnahary, dra ingo, gny tafiky lahibe mitikisy sovala vo kalesa nagnodidy
gny tana. Hoy gny panopo taminazy ho: "O, ry topoko! Ino gny hataosika?" [16]Elisa namaly ho: "Ka matahosy, fa reo
ze mindray amisika dra bo maro kokoa noho reo ze mindray amin'ereo."[17]Nivavaky i Elisa dra nizaka ho: "Ry
Yaveh, mitalaho aminao gny ba hanokafanao gny masony ba hahita zaho." Dra nisokafin'i Yaveh gny masonigny
panopo, dra nahita izy. Ingo, gny tendrombohisy dra feno sovala vo kalesa afo nagnodidin'an'i Elisa! [18]Gny fa
nizoso teo aminazy reo Syriana, dra nivavaky tamin'i Yaveh i Elisa dra nizaka ho: "Mangataka aminao zaho,
atovy poaky reo olo reo." Ko nipoahiny gny mason'ereo, araky gny nangatahin'i Elisa. [19]Dra hoy i Elisa tamireo
Syriana ho: "Sy io gny lala, na gny tana. oriho zaho, fa handesiko agny amigny olo ze taliavinao handrareo."
Boak'eo dra nitarihiny ho agny Samaria ereo.[20]Dra gny avy tagny Samaria ereo, dra hoy i Elisa ho: "Ry Yaveh,
sokafo gny mason'ireo olo reo ba hahafahan'ereo mahita." Dra nisokafin'i Yaveh gny mason'ereo dra nahita ereo,
dra ingo, teo agnevonigny tanan'i Samaria ereo. [21]Hoy gny pazakan'Israely tamin'i Elisa, gny fa nahita anereo izy:
"Ry rako, tokony hovonoko raereo? Tokony hovonoko ra ereo?"[22]Elisa namaly ho: "Aoky sy hamono anereo hanao.
Hovononao ra reo ze nobaboanao tamigny sabasy vo gny sipiky? Mametraha mofo vo rano eo anoloan'ereo, ba
hihina vo hino ereo, dra mandehana agny amigny topon'ereo." [23]Ko nagnoma sakafo maro ho anereo gny pazaka,
dra gny fa nihina vo nino ereo, dra nalefany, vo nihery tagny amigny topony. Sy nihery tagny amigny
tanin'Israely nandrisy gny fotoa ela reo tariky gny maramila Syriana.[24]Fotoa fohy tafaran'izay dra namory gny
tafiny i Beni-hadada dra nanafiky an'i Samaria vo nanao fahirano anazy. [25]Dra nisy mosary lahibe tagny Samaria.
Ingo, nanao fahirano ereo mandra-pahalafo ho sekely volafosy valopolo gny lohan'apondra raiky, dra gny taim-
boromailala apahefasy gny kaba ho sekely volafosy dimy. [26]Raha nandalo teo amigny manda gny pazakan'Israely,
dra nisy apela nikioky taminazy, nizaka ho: "Vizeo, ry pazaka, topoko."[27]Hoy izy: :Raha sy magnapy anao i Yaveh,
ino gny hahafahako magnapy anao? Misy raha ra avy amigny famoloa vo gny famiazam-boaloboky?" [28]Dra
nanohy gny pazaka ho: "Ino gny olonao?" Dra namaly izy ho: "Hoy ty apela tihoky taminahy: 'Omeo gny zanakao
ba hihinanasika anazy amizao, dra hihina gny zanako isika maraindray."' [29]Dra napangotrahinay gny zanako dra
nihaninay, dra nizaka taminazy zaho gny andro magnaraky ho: "Omeo gny zanakao ba hihinanasika anazy,
kanefa fa navoniny gny zanany."[30]Dra gny fa nahare reo zakan-drapela gny pazaka, dra naniasy gny akazony izy
(dra nandalo teo amigny manda izy). dra nagnety vo nahita fa nanan'atinakazo lamba fandala izy, tagny
ambatany. [31]Dra hoy izy ho: "Aoky anie Zagnahary hanao anizay aminahy, mihoasy noho izay aza, raha mitoby ao
aminazy gny lohan'i Elisa zanak'i Safata amizao."[32]Fa i Elisa nitoby tao atragnony, dra reo loholo nindray nitoby
taminazy. Nandefa olo raiky boak'eo anoloany gny pazaka, nefa gny fa avy tagny amin'i Elisa gny pinday hafasy,
dra hoy izy tamireo loholo ho: "Ingo, ino gny fomba nandefasa ty zanaky panopo olo tihoky olo hanapaky gny
lohako? Ingo, gny fa avy gny pinday hafasy, dra hilio gny vatrangara, dra hazogny hihily ba sy hidirany gny
vatrangara. Moa ra sy feo tombony gny topony zay ao afaran'izay? [33]Raha bo nanohy nizaka tamin'ereo izy, dra

ingo, nizoso teo aminazy gny pinday hafasy. Hoy gny pazaka ho: "Ingo, avy amin'i Yaveh zao loza zao. Nagnino Zaho gny tokony bo handigny an'i Yaveh avo?"

Chapter 7

[1]Hoy Elisa ho: "Tenoy gny zakan'i Yaveh." Zao gny voazakan'i Yaveh: 'Maraindray amigny ora manahaky anizao
dra ho sekely raiky gny vilinigny koba soa toto eranigny famaragna, dra ho sekely raiky gny vary hordea ro
famaragna, eo am-bavahadin'i Samaria."' [2]Dra namaly gny lelahin'Agnahary gny gny lahibenigny piamby raiky ze
nagnakignany gny tagnany, dra nizaka ho: "Ingo, na dre hanao vatrangarakely egny amigny lagnisy aza i Yaveh,
hitranga ra ze raha zay?" Dra namaly Elisa ho: "Ingo, hahita gny fitrangan'izay reo masondrareo, kanefa sy
hihinan'amizay handrareo."[3]Dra nisy efa-dahy boka teo ivelanigny vavahadinigny tana. Nifapizaka ereo ho:
"Nagnino isika gny tokony mizanon'eto mandra-pahafatisika? Raha hizaka isika ho tokony hidisy ao amigny tana
isika, kanefa misy mosary ao atana, dra ho maty agny isika. [4]Nefa raha hizanon'eto isika dra bo ho maty avo koa.
Dra ndao, ndao isika ho agny amigny tafikin'ireo Syriana. Raha sy mamono asika ereo, dra ho velo isika, fa raha
mamono asika ereo, dra ho maty isika[5]Dra nandeha ereo gny menandro ba hagnagny amigny tobinigny Syriana;
gny fa avy egny amigny farisy ivelanigny toby ereo, dra sy nisy olo tao. [6]Fa napaharezinigny Topo gny feon'ireo
kalesy, vo gny feon'ireo vovala__gny feon'ireo tafiky lahibe hafa, gny tafikigny Syriana, dra nifapizaka ereo ho:
"Gny pazakanIsraely dra fa nagnarama reo pazakan'ireo Hetita vo reo Egyptiana ba ho avy hanohisy asika.[7]Dra
nenga reo maramila gny menandro; nangan'ereo gny lainy, reo sovalany, reo apondrany, dra manahaky anizay
koa gny toby, dra nengaho agny ainy ereo. [8]Gny fa niavy teo amigny farisy ivelanigny toby reo lelahy boka reo,
dra nihina vi ninondrano, dra nangalaky volafosy vo volamena dra akazo, dra nandeha vo nanafiky reo.
Naheriny ereo dra nilisy tao amigny lay hafa dra nandrobaky gny tao avo koa ereo, dra nandeha dra nagnavony
anazy.[9]Boak'eo dra nifapizaka ereo ho: "Sy manao gny mary isika. Andronigny filazasara zao andro zao, nefa mita
fahangina momba anizay isika. Raha mandigny mandra-pahazavanigny andro isika, dra hisy famaiza hihasy
amisika. Amizao dra, ndao isika handeha dra hizaka gny akohonanigny pazaka." [10]Nandeha ereo dra nitoka reo
piamby vavahady tao atana. Hoy reo tamin'ereo: "Nagnagny amigny tobin'ireo Syriana zahay, nefa sy nisy olo tao,
sy nisy feon'olo, fa reo sovala vo apondra mifehy gny ao, dra reo lay ze nitobohany." [11]Dra nikioky fatrasy reo
vaovao gny piamby vavahady, boak'eo dra nizaka tao amigny akohonanigny pazaka zay.[12]Dra nifoha gny pazaka
gny hariva dra nizaka tamireo panopony ho: "Amizao dra zakako amindrareo gny nataon'ireo Syriana tamisika.
Fatas'ereo fa resy isika, dra niala gny toby ereo ba hivony agny agnahisy. Hoy ereo: "Gny fa miboaky gny tana
ereo, dra hataosika sambo-belo, dra hidirasika gny tana."' [13]Namaly gny raiky tamireo panoponigny pazaka sady
nizaka ho: "Mitalaho aminao zaho, angao hangalaky dimy amireo sovala tavela reo lelahy, dra ze tavelatao atana
zay. Ereo dra manahaky gny ambin'ireo vahoakin'Israely gny fa ze tavela_fa maty gny akamaroany amizao;aoky
isika handefa anereo dra hahita."[14]Dra nangalaky kalesa ro nindray tamigny sovala ereo, dra nirahinigny pazaka
hagnoriky reo tafikin'ireo Syriana ereo, nizaka ho: "Mandehana dra atio." [15]Nandeha nagnaraky anereo hatragny
Jordana ereo, dra feno fitafia vo fitova ze narian'i Syriana tami-pikoropaha gny lalan'aby. Dra nihery gny pinday
hafasy dra nizaka tamigny pazaka.[16]Nienga reo vahoaky sady nandrobaky gny tobin'ireo Syriana. Dra namarosy
ho sekely raiky gny koba soa toto eranigny famaragna, dra vary hordea ro famaragna dra sekely raiky, araky gny
fa voazakany gny zakan'i Yaveh. [17]Nibekonigny pazaka gny lelahinigny piamby ze mariny anazy ba hiamby gny
vavahady, dra voahisakisak'ireo vahoaky teo am-bavahady izy. Dra maty izy manahaky gny fa voazakanigny
lelahin'Agnahary, ze nizaka gny fa nizoso aminazy gny pazaka.[18]Dra niseho zay araky gny fa nizakanigny
lelahin'Agnahary tamigny pazaka ho: "Amizao fotoa zao eo am-bavahadinigny Samaria, dra azo vily ho sekely
raiky gny vary hordea ro famaragna, dra gny koba soa toto raiky famaragna dra ho sekely raiky." [19]Namaly anigny
lelahin'Agnahary zay lahibenigny piamby zay sady nizaka ho: "Ingo, na dre hanao vatrangarakely egny an-
dagnisy aza i Yaveh, hitranga ra ze raha zay? Fa nizaka i Elisa ho: "Ingo, hahita gny fitrangan'izay amigny
masondrareo handrareo, kanefa sy hihinan'aminizay handrareo. [20]Manahaky anizay tokoa gny niseho taminazy,
akory voahisaky gny vahoaky teo am-bavahady izy, dra maty.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 8

[1]Dra Elisa nizaka tami-drapela renigny zaza ze nivelominy. Hoy izy taminazy: "Misangana, dra mandehana
mindray amigny havanao, dra mitoera na ezana eza azonao hitoeran'agny atany hafa, akory Yaveh fa nitoka
mosary ho avy eto amity tany ty mandrisy gny fito tao." [2]Ko dra nisanga rapela dra nakato gny zakanigny
lelahin'agnahary. Nandeha nindray tamireo havany izy dra nitoby tagny amigny taninigny Filistina fito tao.[3]Dra
gny faranigny fito tao dra nihery boak'agny amigny Filistina rapela, dra nagnagny amigny pazaka ze ba hengavy
gny amigny tragnony vo gny amigny taniny. [4]Dra gny pazaka nizaka tamin'i Gehaza panoponigny
lelahin'Agnahary, nanao anizahoky ho: "Ba zakao anahy re reo raha lahibe aby ze nataon'i Elisa."[5]Dra raha nizaka
tamigny pazaka gny fomba nameloman'i Elisa gny zaza ze fa maty izy, dra avy gny apela reninigny
zazanivelominy ba hengavy gny pazaka gny amigny tragnony vo gny taniny. Hoy i Gehazy : "Ry pazaka, topoko,
tiky gny apela, dra tihoky koa gny zanany lahy, ze nivelomin'i Elisa." [6]Gny fa nagnotany an-drapela momba gny
zanany gny pazaka, dra nihazavany taminazy zay. Dra nandidy gny mana-pahefa raiky honazy gny pazaka,
nanao anizahoky ho: "Aheregno aminazy ze anazy aby dra gny vakasy gny sakany aby hatramigny andro ze
agnengany gny tany dra hatramizao."[7]Nagnagny Damaskosy tagny amize nahararian'i Beni-hadada pazakan'i
Syria i Elisa. Nizaka gny pazaka ho: "Avy eto gny lelahin'Agnahary." [8]Hoy gny pazaka tamin'i Hazaela: "Mindesa
fagnomeza egny atagnanao dra mandehana miseza gny lelahin'Agnahary, dra magnotania an'i Yaveh amigny
alalany, manao anizahoky ho: "Ho sitrany amizao aretina zao ra zaho?"' [9]Dra nandeha niseza anazy i Hazaela dra
ninday fagnomeza tamin'izay raha-soa isakarazany boak'ao Damaskosy, nandesy rameva efapolo. Dra avy i
Hazaela vo nizoro teo anoloan'i Elisa dra nanao anizahoky ho: "Gny zanadahinao Beni-hadada pazakan'i Syria
gny nagniraky anahy hoatiky aminao, manao anizahoky ho: 'Ho sitrany amizao arety zao ra zaho?"'[10]Hoy i Elisa
taminazy: "Mandehana, zakao i Beni-hadada ho: 'Ho sitrany tokoa hanao', nefa i Yaveh fa napiseho anahy fa ho
maty tokoa izy." [11]Dra nibazina an'i Hazaela mandra-pahamegnas'anazy i Elisa, dra nitomagny gny
lelahin'Agnahary. [12]Nagnotany i Hazaela ho: "Nagnino hanao tomagnio, ry topoko?" Namaly izy ho: "Akory fatako
gny rasy ze hataonao amigny vahoakin'Israely. Hagnoro gny ferova fatrasy ereo hanao, dra hamono gny
tovolahin'ereo amigny mesa, handrasa gny zaza madinik'ereo hanao, dra handrasa gny apela bevoka ao
amin'ereo."[13]Hazaela namaly ho: "Iza moa ty panoponao, gny hanao anizay raha lahibe zay izy? Amboan'avo izy."
Namaly i Elisa ho: "Fa nasehon'i Yaveh anazhy fa ho lasa pazakan'i Syria hanao." [14]Dra nagnenga an'i Elisa i
Hazaela dra nagnagny amigny topony, ze nizaka taminazy ho: "Ino gny nizakan'i Elisa taminao?" Namaly izy ho:
"Nizaka taminahy izy fa ho sitranytokoa hanao." [15]Dra gny maraindray dra nangalaky bodofosy i Hazaela dra
nanoboky anizay teo amigny tarehin'i Beni-hadada ba ho maty izy. Dra lasa pazaka nandimby gny toerany i
Hazaela.[16]Tamigny tao fahadimy nazakan'i Jorama zanadahin'i Ahaba, pazakan'Israely, dra nanomboky nazaka i
Jehorama. Izy ndra zanadahin'i Josafata pazakan'i Joda. [17]Jehorama dra ro amby telopolo tao gny nanomboky
nazaka, dra nazaka nandrisy gny valo tao tao Jerosalema izy.[18]Nandeha tamireo lalanigny pazakan'Israely i
Jehorama, manahaky anize nataony gny havan'i Ahaba; akory nangalaky gny zanak'apelan'i Ahaba ho valy izy,
dra nanao rasy teo amason'i Yaveh izy. [19]Na dre zay aza, nohonigny amin'i Davida panopony, dra sy te-handrava
an'i Joda i Yaveh, akory nizaka taminazy Izy fa hagnome anazy taranaky mandrakariva.[20]Tamigny andron'i
Jehorama, dra nikomy nanohisy gny tagnan'i Joda i Edoma, dra nametraky pazaka ho anigny vatany ereo.
[21]Boak'eo dra nisaky nindray tamireo pifehiny vo reo kalesany aby i Jehorama. Dra nisanga izy gny hariva dra
nanafiky vo namely reo Edomita, ze nagnodidin'anazy vo reo pifehy reo kalesa. Dra nienga tagny atragnon'ereo
gny tafik'i Jehorama.[22]Dra nikomy nanohisy gny fisipik'i Joda mandrak'amizao i Edoma. Nikomy avo koa i Libna
tamin'io fotoa io. [23]Dra gny amireo raharaha hafa mahakasiky an'i Jerohama, ze nataony aby, moa sy fa voasorasy
ao amigny bokin'ireo tataranigny pazaka'i Joda ra zay? [24]Maty dra nisahasy nindray tamireo razany i Jehorama,
dra nalevy nindray tamireo razany tao atanan'i Davida. Dra i Ahazia zanany lahy gny hazary pazaka nandimby
toerany.[25]Tamigny tao faharo ambiny folo nazakan'i Jorama zanadahin'i Ahaba, pazakan'i Israely, gny nanomboky
nazaka i Ahazia, zanadahin'i Jehorama, pazakan'i Joda. [26]Ro amby ropolo tao i Ahazia gny nanomboky nazaka;
nazaka nadrisy gny heri-tao tao Jerosalema izy. Gny agnara-dreniny dra Atalia; izy dra zanakapelan'i Omry,
pazakan'Israely. [27]Dra nandeha tamireo lalanigny havan'i Ahaba i Ahazia; nanao ze rasy teo amason'i Yaveh izy;
manahaky ze nataonigny akohonan'i Ahaba, akory i Ahazia dra vinato lahy tamigny taranak'i ahaba.[28]Nandeha
nindray tamin'i Jorama zanadahin'i Ahaba i Ahazia, ba hialy amin'i Hazaela, pazakan'i Syria, ao Ramotagileada.
Nandrasy an'i Jorama reo Syriana. [29]Nihery i Jorama pazaka ba hosabon'agny Jezirela amireo rasy ze nataon'ireo
Syriana taminazy tao Rama, gny fa nialy tamin'i Hazaela pazaka izy. dra i Ahazia zanadahin'i Jehorama, pazakan'i
Joda, nizoso ho agny Jezirela ba hagnety an'i Jorama zanadahin'i Ahaba, akory narasy i Jorama.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 9

1 Nitoka gny rany tamireo zanaky gny paminany i Elisa paminany dra nanao taminazy ho: "Mekazoa ho anigny lia,
dra andeso eo atagnanao ty botela masaiky misy dililo tihoky dra mandehana agny Ramota-Gileada. 2 Gny fa avy
hanao, dra taliavo i Jeho zanadahin'i Josefata zanak'i Nemsy, dra midira vo apisangano eo amireo namany vo
andeso ao agnaty efisy manoka izy. 3 Dra alao gny botela misy dililo vo araraho eo agnabonigny lohany dra zakao
ho: 'Zao gny zakan'i Yaveh: "Fa nosorako ho pazaka eo amin'Israely hanao."' Boak'eo dra sokafo gny vatrangara,
dra maenga; dra ka mihemosemosy." 4 Dra nandeha tagny Ramota-gileada, gny tovolahy, paminany. 5 Nony avy izy,
indreo, nitoby gny kapiteninigny tafiky. Dra hoy gny paminany zatovo: "Ninday hafasy honao zaho, ry kapiteny."
Jeho namaly ho: "Ho an'iza aminay zay?" Gny paminany zatovo namaly ho: "Honao, ry kapiteny." 6 Dra nisanga i
Jeho dra nizoso tagny atragnony, dra nararakigny paminany zatovo teo agnabonigny lohany gny dililo dra hoy izy
tamin'i Jeho: "Zao gny zakan'i Yaveh, gny Zagnaharin'Israely: 'Fa nagnososy anao ho pazaka teo amigny olon'i
Yaveh, teo amin'Israely Zaho. 7 Sy maisy vononao gny havan'i Ahaba toponao, ba hamaliako faty gny lion'ireo
paminany panopoko, vo reo lion'ireo panopon'i Yaveh aby, ze nivononigny tagnan'i Jezebela. 8 Fa ho ringa gny
fianakavian'i Ahaba manotolo, dra ho foagnako eo amin'i Ahaba gny zanadahiny aby, na gny andevo zay na gny
olon'afaky. 9 Hataoko manahaky gny akohonan'i Jeroboama zanadahin'i Nebata vo manahaky gny akohonan'i Basa
zanadahin'i Ahia gny akohonan'i Ahaba. 10 Reo amboa gny hihinan'an'i Jezebela ao Jezirela, dra sy hisy olo
handevin'anazy."' Dra nisokafinigny paminany gny vatrangara vo nenga izy. 11 Dra Jeho niboaky teo amireo
panoponigny topony, dra nisy raiky nanao taminazy ho: "Mandeha soa ra gny raha-aby? Nagnino gny nagno
aminao igny olo marary say igny? Jeho namaly anereo ho: "Fatandrareo igny olon'igny dra fatandrareo ze raha
zakany." 12 Hoy ereo: "Vandy zay. Zakao anay." Jeho namaly ho: "Zay sy zay gny nizakany taminahy, dra hoy koa izy
ho: "Zao gny zakan'Yaveh: Fa nagnososy anao ho pazaka teo amin'Israely Zaho."' 13 Dra samby nangalaky malaky
gny akazony ivelany ereo dra nametrak'anizay teo ambanin'i Jeho tegny amigny farany agnabonigny tohasy.
Siniok'ereo gny tropetra dra hoy ereo ho: "Pazaka i Jeho." 14 Zay gny fomba nikomian'i Jeho zanadahin'i Josafata
zanak'i Nimsy hanohisy an'i Jorama. dra Jorama pazaka fa niaro an'i Ramota-gileada, izy vo gny Israely aby, noho
i Hazaela pazakan'i Syria, 15 kanefa nihery tagny Jezirela i Jorama pazaka ba ho sitrany amireo sary ze nataon'ireo
Syriana anazy, gny fa nialy tamin'i Hazaela pazakan'i Asyria izy. Hoy i Jeho tamireo panopon'i Jorama: "Raha izay
gny hevindrareo, dra ka anga hisy olo hienga vo hiboaky gny tana, ba hizaka zao vaovao zao agny Jezirela." 16 Dra
nitikisy kalesa nagnagny Jezirela i Jeho; akory nangaka'ay tagny i Jorama. Dra nandeha nizoso ba hihao amin'i
Jorama i Ahazia pazakan'i Joda. 17 Nisanga teo amigny tilikambon'i Jezirela gny pitily, dra hitany nagnato boaky
lavisy reo nama'i Jeho; hoy izy: "Mahita andian'olo magnato zaho." Jorama nanao anizahoky ho: "Mangala pitikisy
sovala raiky, dra alefaso ba hiseza anereo izy; Zakao izy ba hizaka ho: 'Avy ba hihava ra handrareo?"' 18 Dra nalefa
ba hiseza anazy gny pitikisy sovala; dra hoy izy: "Zai gny zakanigny pazaka: 'Avy ba hihava ra handrareo?"' Dra
hoy i Jeho: "Pifagnino moa hanao vo gny fihavana? Mihodigna dra magnaraha anahy." Dra nizaka tamigny
pazaka gny pitily ho: "Nihao tamin'ereo gny pinday hafasy, kanefa sy niherin'izy." 19 Dra nandefa pitikisy sovala
raiky faharo izy, ze nagnegny amin'ereo dra nanao anizahoky ho: "Zao gny zakanigny pazaka: 'Avy ba hihava ra
handrareo?"' Jeho namaly ho: "Pifagnino moa hanao vo gny fihavana? Mivilia dra magnaraha anahy." 20 Nitatisy
nadraiky gny pitily ho: "Nohao tamin'ereo izy, kanefa sy nihery. Fa gny lala ze nindesa kalesa gny lala
nandehanan'i Jeho zanadahin'i Nesmy, dra nirifasy fatrasy izy." 21 Dra hoy i Jorama: "Homany gny Kalesiko." Dra
nomanin'ereo gny kalesiny, dra samby nitikisy gny kalesiny aby, i Jorama pazakan'Israely vo i Ahazia pazakan'i
Joda, da hihaon'amin'i Jeho. Hitan'ereo tao amigny tanan'i Nabota gny Jezirelita izy. 22 Gny fa hitan'i Jorama i Jeho,
dra hoy izy: "Avy ba hihava ra handrareo, ry Jeho?" Izy namaly ho: "Ino gny fihavanan'eo, raha bo maro be koa
gny fanopoa-sapy amigny asa fivarota-tegna vo gny oly rasin'i Jezebela reninao?" 23 Dra navilin'i Jorama gny
kalesany vo nenga izy dra nizaka tamin'i Ahazia ho: "Misy fitaky, ry Ahazia." 24 Dra nezagnin'i Jeho tamigny heriny
aby gny sipiky dra nitifiriny teo agnelagnelanigny sorok'i Jorama; nisatoky teo amigny fony gny zana-sipiky, dra
nezera aboak'eo amigny kalesy izy. 25 Dra hoy i Jeho tamin'i Bidkara kapiteniny: "Alao izy dra ario ao amigny
sahan'i Nabota gny Jezirelita. Sarovy tamy zaho vo hanao niaraky ninday kalesy nagnaraky an'i Ahaba rany, dra
nametraky anizay faminania zay hamelezan'anazy i Yaveh: 26 Yaveh nitalily ho__'Nahita gny lion'i Nabota vo gny
lion'ireo zanadahiny Zaho omaly__dra hapanohisy anao anizay eto amity saka tihoky tokoa Zaho__hoy i Yaveh. Ko
Amizao, alaviro izy dra ario eo amin'io saka io, araky gny zakan'i Yaveh." 27 Gny fa nahita anizay i Ahazia pazakan'i
Joda, dra nienga niakasy tagny amigny lala magnagny Beta Hagana izy. Fa i Jeho nagnorik'anazy, dra nanao
anizahoky ho: "Vonoy eo amigny kalesy avo koa izy," dra nitifirin'ereo teo amigny fakara ho agny Gora, ze eo
agnilan'i Jibleama izy. Nienga tagny Megido i Ahazia dra maty tagny. 28 Nandesin'ireo panopony tamigny kalesy
nagnagny Jerosalema gny fatiny dra naleviny tao amigny lolo nindray tamireo razambeny tao atanan'i Davida izy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

[29]Dra tamigny faharaikambiny folo tao nazakan'i Jorama zanadahin'i Ahaba gny nanomboky nazaka teo amin'i
Joda i Ahazia.[30]gny fa avy tao Jezirela i Jeho, dra ren'i Jezebela zay, dra nandoko gny masony, vo nibango gny
volony, dra niteza teo am-batrangarakely izy. [31]Raha nilisy gny vavahady i Jeho, dra hoy izy taminazy ho: "Avy ba
hihava ra handrareo, ry Zimry, pamono gny toponao?" [32]Niandradra tegny am-batrangarakely i Jeho dra hoy izy:
"Iza gny miandany Aminahy? Iza? Boak'eo dra nisy tandapa ro na telo nitalaky.[33]Ko dra hoy i Jeho: "Alasaho izy."
Dra nalasak'ereo i Jezebela, dra gny ilany tamigny liony nipirisy tegny amigny rindry vo reo sovala, dra
nosihosen'i Jeho tamigny tombony izy. [34]Gny fa nilisy tao amigny lapa i Jeho, dra nihina vo nino rano izy. Dra hoy
izy: "Atio amizay gny apela voahozo dra angao izy, fa zanak'apelan'i pazaka izy."[35]Naandeha nandevin'anazy ereo,
kanefa sy nahita afa-sy harandoha, vo tomboky, dra gny lelatagnan'ereo. [36]Dra niherin'ereo dra nizaka tamin'i
Jeho. Hoy izy: "Zao gny zakan'i Yaveh ze nizakany tamigny alalan'i Elia gny Tisibita panopony, manao anizahoky
ho: 'Ao amigny tany ao Jezirela gny hihinanan'ireo amboa gny nofon'i Jezebela, [37]dra gny fatin'i jezebela dra
hanahaky gny zeziky eo amigny velaranigny saka eo amigny tany ao Jezirela, ba sy hisy olo afaky hizaka ho:
"Jezebela io."''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 10

[1]Dra nana taranaky fitopolo tagny Samaria i Ahaba. Nanorasy taratasy i Jeho dra nandefa anizay tagny Samaria,
ho an'ireo panapaky an'i Jezirela, tao agnatin'izay reo loholo vo reo piamby gny taranak'i Ahaba, nizaka ho: [2]"Eo
amindrareo reo taranaky gny topondrareo, dra mana kalesa vo sovala dra tana voaaro vo akazo ferovan'avo koa
handrareo. Noho zay, raha vo avy eo amindrareo ty taratasy tihoky, [3]dra safilio ze soa vo mendriky indrindra
amireo taranaky gny topondrareo dra apetraho ho eo amigny seza fiandrianan-drany izy, dra mialia ho anigny
fianakavianigny pazaka toponao."[4]Fa nihorohoro ereo dra nifapizaka ho: "Ingo, pazaka ro aza sy nahazoa teo
agnatrehan'i Joho. Ko nagnino moa gny hahazanognasika?" [5]Boak'eo gny lelahy ze misaha gny lapa, vo gny loholo
nanapaky gny tana, vo reo loholo avo koa, dra reo ze niteza reo zaza, dra nandefa zaka nihery tagny amin'i Jeho,
nizaka ho: "Panoponao zahay. Hataonay ze handidianao anay aby, sy hametraky olo ho pazaka zahay. Atovy ze
fatasao fa mety eo amasonao[6]Dra nanorasy taratasy fagnindrony ho anereo i Jeho, nizaka ho: "Raha miandany
aminahy handrareo,dra raha miteno gny feoko handrareo, dra sy maisy tapahindrareo gny lohan'ireo lelahy
taranaky gny topondrareo, dra mandehana aminahy a Jezirela atiky gny maraindray amigny ora manahaky
anizao."Amizao reo taranaky gny pazaka, miisa fitopolo, dra nindray tamireo lelahy manan-daza teo atana, ze
niteza anereo. [7]Dra gny fa avy teo amin'ereo gny taratasy,dra nalany reo zanadahiny gny pazaka dra nivonony,
olo fitopolo, natao tao agnaty taty gny lohan'ereo, dra nalefany tagny amin'i Jeho tagny Jezirela reo.[8]Nisy pinday
hafasy avy teo amin'i Jrho, nizaka ho: "Fa ninday gny lohan'ireo zanadahiny gny pazaka ereo." Dra hoy izy: "Atovy
atotan-draha ro ho eo amigny vavahady fidiran'ereo mandra-maray." [9]Gny maraindray i Jeho dra niboaky vo
nisanga, dra nizaka tamigny vahoak'aby ho: "Sy mana-signy handrareo. Ingo, nikomy tamigny topoko zaho dra
namono anazy, fa izao gny namono anitahoky aby?[10]Amizao dra tokony ho sapandrareo tokoa fa sy nisy
taminigny zakan'i Yaveh, gny zaka ze nizakany mahakasiky gny fianakavian'i Ahaba, hiraraky amigny tany, akory
Yaveh gny nanao araky ze nizakany tamigny alalan'i Elia panopony." [11]Dra nivonon'i Jeho ze sisa tavela atmigny
fianakavian'i Ahaba tagny Jezirela, vo reo lelahy manan-daza, reo namany mariny anazy, reo pisorony, mandra-
pahalany tamingan'anereo.[12]Boak'eo dra nisanga i Jeho dra nandeha; nagnagny Samaria izy. Dra raha vo avy tao
Bet-ekedanigny piarak'agnondry izy, [13]dra nifanena tamireo rahalahin'i Ahazia pazakan'i Joda. Hoy i Jeho
tamin'ereo: "Iza handrareo?" Namaly ereo ho: "Rahalahin'i Ahazia zahay, dra hizoso ba hiarahaba reo zanaky gny
pazaka vo reo zanak'i Jezebela pazakavavy zahay." [14]Hoy i Jeho tamireo lelahy: "Atovy sambo-belon'ereo." Dra
nataon'ereo sambo-belo ereo dra nivonony tagny amigny lavaky famorian-dranon'i Bet-ekda, reo ro amby efapolo
lahy. Sy nisy nangany ho velon'ereo.[15]Gny fa niala teo i Jeho, dra nifanena tamin'i Jonadaba zanadahin'i Rekaba
dra nagnaton'anazy. Niarahaba anazy i Jeho dra nizaka taminazy ho: "Miaraky aminahy ra gny fonao, manahaky
gny foko ze miarak'amigny anao?" Namaly i Jonadaba ho: "Zay tokoa." Hoy i Jeho : "Raha izay tokoa gny izy, dra
atolory anahy gny tagnanao." Dra natolos'i Jonadaba anazy gny tagnany, dra napekarin'i Jeho nindray taninazy
teo amigny kalesiny i Jonadaba. [16]Hoy i Jeho " Miaraha aminahy dra atio gny zoto-poko ho an'i Yaveh." Dra
nindray nandeha taminazy tao amigny kalesiny i Jonadaba. [17]Raha avy tagny Samaria izy, dra nivonon'i Jeho
avokoa gny taranak'i Ahaba ze sisa tavela tagny Samaria, mandrapandringanany gny fianakavian'i Ahaba
pazaka, araky ze fa nizaka tamin'ereo tagny aloha tamigny alalanigny zakan'i Yaveh, ze nizakany tamin'i Elia.
[18]Dra napivory gny olon'aby i Jeho dra nizaka tamin'ereo ho: "Ahaba dra nanopo an'i Bala kelikely avo, fa i Jeho
koa hanopo anazy fatrasy. [19]Amizao dra tokavo ho eto aminahy reo paminan'i Bala aby, vo reo panopo anazy aby,
dra reo pisorony aby. Aoky sy hisy tavela, akory mana fagnatisy lahibe hatolosy ho an'i Bala zaho. Ze sy avy dra
sy ho velo." Fa nataon'i Jeho zay ba ho famitaha, tamigny fikasany hamono reo panopon'i Bala. [20]Hoy i Jeho:
"Manokana fotoa raiky ba hanova fivoria ho an'i Bala." Dra nitalilin'ereo zay.[21]Dra nagniraky maneran'an'iIsraely
aby vo reo panopo an'i Bala aby i Jeho, ba sy hisy olo tavela dra sy avy. Avy tao amigny tepolin'i Bala ereo, dra
feno na hatreza na hatreza. [22]Nizaka tamigny lelahy pitahiry gny akazonigny pisoro i Jeho ho: "Mamoaha akazo
ho an'ireo pisoron'i Bala aby." Dra namoaky akazo honazy reo gny lelahy.[23]Dra lasa nindray tamin'i Jonadaba
zanadahin'i Rekaba ho ao atragnon'i Bala i Jeho, dra hoy izy tamireo panopon'i Bala: "Atio, dra atovy azo atoky fa
sy hisy boak'amigny panopon'i Yaveh gny raiky amindrareo eto, fa panopon'i Bala avo." Dra nandeha nanolosy
soro vo fagnatisy oroa ereo. Dra nifily lelahy valopolo hisangan'eo ivelany i Jeho, dra hoy izy tamin'ereo: "Raha
misy tafenga amireo lelahy ze andesiko eo atagnandrareo, na iza naiza mamela anizay olo zay haenga, dra
halan'aminazy gny ainy ho solonigny tafenga."[25]Dra vatany vo vitan'i Jeho gny fanolora gny fagnatisy oroa, dra
hoy izy tamigny piamby vo reo kapiteny: "Midira dra vonoy ereo. Ka anga hisy ho tafaboaky." [26]Dra nivonon'ereo
tamigny lela-mesa reo, dra gny piamby vo reo kapiteny nagnary anereo tagny ivelany dra nilisy tao agnefisy
agnatinigny tragnon'i Bala. Nitarihin'ereo niboaky gny nandigny vato tao atragnon'i Bala, dra noroan'ereo zay.
[27]Boak'eo dra narodan'ereo gny andrian'i bala, dra niravany gny tragnon'i Bala dra nataony tragno fiboaha, dra


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

mandrak'amizao zay. [28]Manahaky anizay gny nandravan'i Jeho gny fanopoa an'i Bala tagny Israely.[29]Kanefa sy
nagnenga reo fahotan'i Jeroboama zanadahin'i Nebata i Jeho, ze napagnotany gny Israely_ze fanopoa gny
agnombilahy kely volamena tagny Betela vo Dana. [30]Dra hoy i Yaveh tamin'i Jeho ho: "Akory hanao nanao soa
tamigny fanatateraha ze mary teo amasoko, dra nanao gny akohonan'i Ahaba araky ze tato apoko aby, reo
taranakao dra hitoby eo amigny seza fiandrianan'Israely hatramigny taranaky fahaefasy." [31]Fa sy niraraha ze
handeha amigny lalan'i Yaveh, gny Zagnaharin'Israely, tamigny fony manotolo i Jeho. Sy niala tamigny fahotan'i
Jeroboama izy, ze napagnotany gny Israely.[32]Tamireo andro reo i Yaveh gny nanomboky nametra gny faris'Israely,
dra i Hazaela nandresy reo Israelita tegny amigny sisi-taninigny Israely, [33]hatragny Jordana gny ho
magnasignana, gny tanin'i Gileada aby, gny Gadita, dra gny Robenita, vo gny Manasita, boak'agny Aroera, ze avy
eo amigny lohasakan'i Arnona, hatragny Gileada dra hatragny Basana.[34]Raha gny amireo raharaha hafa
mahakasiky an'i Jeho, vo ze nataony aby, vo gny fahefany aby, moa sy fa voasorasy ao amigny bokinigny
tataranigny pazakan'Israely ra zay? [35]Nimaty niaraky tamireo razambeny i Jeho, dra nangan'ereo tagny Samaria
izy. Dra i Joahaza zanany lahy gny lasa pazaka nandimby anazy. [36]Valo amby ropolo tao gny fotoa nazakan'i Jeho
teo amin'Israely tagny Samaria.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 11

[1]Nony hitan'i Atalia, renin'i Ahazia, fa maty gny zanany, dra nisanga izy dra namono gny zanaky gny pazaka aby.
[2]Nefa i Joseba, zanakapelan'i Jehorama pazaka vo anabavin'i Ahazia, dra nangalaky an'i Joasy zanak'i Ahazia, dra
nagnavony anazy lavisy teo amireo zanaky gny pazaka ze nivono, miaraky amigny piteza anazy; nataony tao
amigny efitragno fandrian'ereo. [3]Navonin'ereo an'i Atalia izy va sy hovona. Nindray tamin'i Joseba izy, navony tao
atragnon'i Yaveh, nandrisy gny eny tao, raha bo nazaka teo amigny tany i Atalia.[4]Dra tamigny tao fahafito, dra
nandefa hafasy vo ninday reo pifehy gny Karita vo gny piambin'azatony i Joiada, dra ninday anereo ho anazy, tao
atepolin'i Yaveh. Dra nanao fagneke tamin'ereo izy, dra nasainy nanao voady tao atragnon'i Yaveh ereo. Boak'eo
dra nasehony anereo gny zanaky gny pazaka. [5]Nibaiko anereo izy, nanao anizahoky ho: "Iza gny sy maisy
ataondrareo. Gny telo amireo ze avy amigny andro Sabata dra hiamby gny tragnonigny pazaka, [6]dra gny telo ho
ao amigny Vavahadigny Soro, dra gny telo ao ambavahady ao afaranigny tragno fembena."[7]Reo vondro ro hafa ze
sy manopo amigny andro Sabata, dra sy maisy miamby gny tragnon'i Yaveh ho anigny pazaka handrareo.
[8]Tokony mihodidy gny pazaka handrareo, dra gny olon'aby miarak'amigny fitova-pelia egny atagnany. Na iza
naiza milisy eo andaharandrareo, dra aoky hovono izy. Sy maisy hagnaraky gny pazaka handrareo aby miboaky,
vo gny fa milisy izy.[9]Dra reo pifehy azatony dra nakato gny raha aby ze nandidian'i Joiada pisoro. Samby
nangalaky gny olony gny sirairay, reo ze nilisy ba hanopo tamigny Sabata, vo reo ze hisahasy hanopo tamigny
Sabata; dra nandeha tagny amin'i Joiada pisoro ereo, [10]Dra namen'i Joiada pisoro gny pifehy azatony gny lefo vo
gny apinga ze an'i Davida pazaka vo ze tao atragnon'i Yaveh.[11]Dra nisanga reo piamby, gny olo sirairay miaraky
amigny fitova-pialia egny atagnany, teo akavananigny tepoly hatragny akavia, agnilanigny alitara vo gny tepoly,
miodidy gny pazaka. [12]Dra nandesin'i Joiada niboky i Joasy zanaky gny pazaka, nametrahany satro-boninahisy,
dra nagnome anazy gny didy fagneke. Dra nataony pazaka vo nalan'ereo izy. Nitehaky ereo dra nizaka ho: "Ho ela
velon'anie gny pazaka!"[13]Gny fa ren'i Atalia gny tabataban'ireo piamby vo gny olo, dra nagnao amigny olo tao
atragnon'i Yaveh izy. [14]Nagnety izy, dra ingo, gny pazaka nisanga teo agnilanigny sangam-bato, araky gny fanao,
dra reo kapiteny vo reo pisioky tropetra dra teo agnilanigny pazaka. Dra gny olon'aby teo amigny tany dra nifaly
vo nisioky tropetra. Dra naniasy gny akazony i Atalia dra nkioky fatrasy ho: "Pamadiky! Pamadiky!"[15]Boak'eo i
Joiada pisoro nandidy reo pifehy azatony ze teo amigny tafiky, nanao anizahoky ho: "Aboaho eo andahara izy. Na
iza na iza magnarak'anazy, dra vonoy amigny mesa izy." Fa gny pisoro nizaka ho: "Ka anga hovono ao atragnon'i
Yaveh izy." [16]Dra nisambosy anereo raha avy teo amigny toera ze fidiranigny sovala ao akiazanigny lapa izy, dra
teo gny namonoan'anazy.[17]Dra nanao fagneke teo amin'i Yaveh vo gny pazaka dra gny vahoaky i Joiada, dra teo
amigny pazaka vo gny olon'avo koa, ba ho olon'i Yaveh ereo. [18]Dra gny olon'aby teo amigny tany nagnagny amigny
tragnon'i Bala dra nanola anizay. Namotipotiky reo alitaran'i Bala vo gny sapiny vosokitra ereo, dra namono an'i
Matana, gny pisoron'i Bala teo anoloan'ireo alitara ereo. Dra Joiada pisoro nanendry reo piamby hifehy gny
tepolin'i Yaveh.[19]Nandesin'i Joiada nagnarak'anizay gny pifehy azatony, reo karita, gny piamby, dra gny olon'aby
teo amigny tany, dra nindray naday gny pazaka nizoso boak'agny atragnon'i Yaveh ereo, dra nilisy tao
atragnonigny pazaka, milisy amigny lalan'eo ambavahadin'ereo piamby. Nangalaky gny toerany teo amigny seza
fiandriananigny pazaka i Joasy. [20]Dra nifaly gny olon'aby teo amigny tany, dra nilamy gny tana tafaranigny
namonoan'an'i Atalia tamigny mesa tao atragnonigny pazaka.[21]Fito tao i Joasy gny nanomboky nazaka.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 12

1 Taminigny fahafito tao nazakan'i Jeho, gny nanomboky gny fazakan'i Joasy; nazaka nandrisy gny efapolo tao tao
Jerosalema izy. Zibia gny agnaran-dreniny, boak'agny Beri-sheba. 2 Nanao ze mary teo amason'i Yaveh i Joasy
tamigny fotoan'aby, akory napianasy anazy i Joiada pisoro. Kanefa reo toera abo sy nirava. 3 Bo nanao soro vo
nagnoro liti-kazo magnisy teo amireo toera abo avo gny vahoaky. 4 Hoy i Joasy tamireo pisoro ho: "Gny vola aby ze
nandesy ho fagnatisy masy tao atragnon'i Yaveh, dra gny vola ze nitomboanigny olo sirairay__na gny vola navory
tamigny fagnisam-bahoaky zay, na gny vola azo tamigny voady manoka, na gny vola nandesinigny olo tamigny
fandrisihan'i Yaveh tao apon'ereo ba hagnome__ 5 dra tokony ho resin'ireo pisoro gny vola dra hamboasy ze
fahavoaza hita tao atepoly." 6 Fa tamigny fahatelo amby ropolo tao nazakan'i Joasy pazaka, dra sy namboasy na ino
na ino tao atepoly reo pisoro. 7 Dra nitoka an'i Joiada pisoro vo reo pisoro hafa i Joasy pazaka; hoy izy tamin'ereo
ho: "Nagnino handrareo gny sy namboasy na ino na ino tao atepoly? Amizao ka mangalaky vola amigny
pandoahetra sasy, fa reso ze fa voavory ba hamboara gny tepoly dra omeo an'ireo ze afaky manao gny
famboaran'anizay." 8 Noho zay dra nagneky sy hitaky vola amigny vahoaky vo sy hamboasy gny tepoly sasy reo
pisoro. 9 Fa koa, nangalaky vata raiky i Joiada pisoro, nandoaky gny akazony, dra nametraky anizay teo
agnilanigny alitara, teo akavananigny fidiran'ao amigny tragnon'i Yaveh. Reo pisoro ze nandigny gny fidiran'ao
atepoly dra nametraky gny vola aby ze nandesiny ho ao atragnon'i Yaveh tao amizay. 10 Isaky gny hitan'ereo fa be
vola tao agnatinigny vata, dra avy gny panora-dalanigny pazaka vo gny pisorom-be dra nametraky gny vola tao
agnaty kitapo dra magnisa anizay boak'eo, gny vola hita tao atepolin'i Yaveh. 11 Natolos'ereo teo atagnan'ireo lelahy
ze nikarakara gny tepolin'i Yaveh gny vola ze voalaza. Namen'ereo an'ireo pandrafisy vo reo pamboasy ze niasa
tao atepolin'i Yaveh zay. 12 dra ho an'ireo panao tragno vo reo pazera vato, ba hiviliana hazo vo vato voazera ba
hamboara gny tepolin'i Yaveh, vo ho anigny raha aby ze taliavy vily hamboaran'anizay. 13 Fa gny vola nandesy tao
atragnon'i Yaveh dra sy nagnomeza hiviliana apendra volafosy, asy, koveta, tropetra, na fanaky volafosy na
volamena ho anizay. 14 Namen'ereo an'ireo ze nanao gny asa fagnamboara gny tragnon'i Yaveh ze vola zay.
15 Fagnapin'izay, sy nangataky gny vola name hanova fagnamboara ba ho isan'ireo lelahy ze nandray anizay ereo
dra nagnome anizay ho an'ireo piasa, akory mary reo lelahy reo. 16 Fa gny vola ho anigny fagnatisy nohonigny
heloky vo gny fagnatisy nohonigny ota dra sy nandesy tao atepolin'i Yaveh, akory an'ireo pisoron'anizay. 17 Dra
nanafiky vo nialy tamin'i Gata i Hazaela pazakan'i Syria, dra nahazo anizay. Boak'eo dra nitoliky hanafiky an'i
Jerosalema i Hazaela. 18 Nalan'i Joasy pazakan'i Joda gny raha aby ze natokan'i Josafata vo Jehorama dra Ahazia,
reo razambeny, reo pazakan'i Joda, vo reo volamena hita tao amigny efisy fitehiriza tao atragnon'i Yaveh vo gny
pazaka dra nandefa reo tany amin'i Hazaela pazakan'i Syria. Dra lasa niala tao Jerosalema i Hazaela. 19 Raha gny
amireo raharaha hafa mahakasiky an'i Joasy, ze nataony aby, moa sy fa voasorasy ao amigny bokinigny
tataran'ireo pazakan'i Joda ra zay? 20 Nisanga reo panopony dra nindray nanao tetiky; nitafihin'ereo tagny Beti-
milo i Joasy, agny amigny lala miziso magnagny Sila. 21 Nitafihin'i Jozakara zanadahin'i Simata, vo Jozababa
zanadahin'i Somera, panopony izy, dra maty. Nangan'ereo nindray tamin'ireo razambeny tao amigny tanan'i
Davida i Joasy, dra Amazia, zanadahiny, gny lasa pazaka teo amigny toerany.

## Chapter 13

[1]Tamigny taona fahatelo amby ropolo naha-pazakan'i Joda an'i Joasy zanaky lahin'i Ahazia, gny nanomboky
nazaka teo amin'Israely tagny Samaria i Joahaza; fito ambin'ny folo taona izy gny nazaka. [2]Nanao izay rasy teo
amason'i Yaveh izy dra nagnoriky ireo fahotan'i Jeroboama zanaky lahin'i Nebata, izay nahavy an'Israely hanota;
dra sy niala tamin'izay i Joahaz.[3]Nieriserisy tamin'Israely gny fahatezeran'i Yaveh, dra nagnome anazy ireo tegny
atanan'i Hazaela pazakan'i Syria hatragny izy dra tegny atanan'i Beni-hadada zanaky lahin'i Hazaela. [4]Dra
niangavy an'i Yaveh i Joahaza, dra niteno anazy izy satria hitany gny fapahoriana gny Israely, gny fomba
napahorian'ny pazakan'i Syria anazy ireo. [5]Dra namen'i Yaveh pamozy gny Isarely, dra nisoaky avy tamigny
tagnan'ireo Syriana izy ireo, dra gny zanak'Israely nanomboky nitoetra tagny amin'ireo fonenany arak'izay
nanagnan'izay ireo tagny aloha.[6]Na izay aza anefa, dra sy niala tamin'ireo fahotanigny akohonan'i Jeroboama
ereo, ze nahavy gny Israely hanota, dra nanohy anizay ereo, dra gny baon'Aseraha nizano tagny Samaria. [7]Dra
nagnenga an'i Joahaza reo Syriana nindray tamigny pitikisy sovala dimapolo, kalesa folo, dra miaramila
atomboky hariva raik'avo, fa gny pazakan'i Syria fa nandrava anereo, dra nanao anereo manahaky gny lila
amigny fotoa fagnahafa vary.[8]Raha gny amireo raha hafa mahakasiky an'i Joahaza, vo ze nataony aby dra gny
fahefany, moa sy fa voasorasy ao amigny bokinigny tataran'ireo pazakan'Israely ra zay? [9]Dra nimaty tagny
amireo razany i Joahaza, dra nandevin'anazy tagny Samaria ereo. Dra i Joasy zanadahiny gny lasa pazaka teo
amigny toerany.[10]Tamigny tao fahafito amby telopolo naha-pazakan'i Joda an'i Joasy, gny fazakan'i Joasy
zanadahin'i Joahaza dra nanomboky teo amin'Israely tagny Samaria, enina ambiny folo tao gny nazakany. Nanao
rasy teo amason'i Yaveh izy. [11]Sy bo niala tamireo fahotan'i Jeroboama zanadahin'i Nebata izy, zay napahavy
an'Israely hanota, saingy tagny amiregny gny nandehanany.[12]Raha gny amireo raha hafa mahakasiky an'i Joasy,
vo ze nataony aby, dra gny heriny tamizay niandiany tamin'i Amazia pazakan'i Joda, moa sy fa voasorasy ao
amigny bokinigny tataran'ireo pazakan'i Israely ra zay? [13]Dra nimaty tagny amireo razambeny i Joasy, dra i
Jeroboama gny nipetraky teo amigny seza fiandrianany. Dra nalevy niaraky tamireo pazaka tagny Samaria i
Joasy.[14]Dra narary nohonigny arety raiky ze nahafaty anazy i Elisa taty afara, dra nizoso tagny aminazy i Joasy
pazakan'Israely dra nitomagny teo aminazy. Hoy izy ho: "Ry rako, ry rako, reo kalesanigny Isrealy vo gny pitikisy
sovala gny mangalak'anao!" [15]Dra hoy i Elisa taminazy: "Mangala sipiky dra zana-sipiky maromaro" dra
nangalaky sipiky vo zana-sipiky maromaro i Joasy. [16]Hoy i Elisa tamigny pazakan'Israely ho: "Atovy eo amigny
sipiky gny tagnanao," dra nataony teo amizay gny tagnany. Boak'eo napetrak'i Elisa teo amigny tagnany pazaka
gny tagnany.[17]Hoy i Elisa ho: "Sokafo magnasignana gny vatrangarakely." Dra nisokafiny zay. Dra hoy i Elisa ho:
"Tifiro", dra nitifisy izy. Dra hoy i Elisa: "Zay gny zana-sipi- pandresen'i Yaveh, zana-sipi-pandresen'i Yaveh teo
amin'i Syria, fa hanafiky reo Syriana agny Afeka hanao mandra-pahalevonao anereo." [18]Dra hoy i Elisa ho: "Reso
reo zana-sipiky," dra niraisin'i Joasy reo. Dra hoy izy tamigny pazakan'Israely ho: "Zerao amiregny gny tany," dra
nazera gny tany itelo izy, dra nizano boak'eo. [19]Saingy ory taminazy gny lelahin'Agnahary dra nanao anizahoky
ho: "Tokony indimy na ineny gny namelezanao gny tany. Boak'eo dra tokony nanafiky an'i Syria hanao
mandrapaharinganao zay, nefa amizao itelo avo hanao gny hanafiky an'i Syria."[20]Boak'eo dra maty i Elisa, dra
nandevin'anazy ereo. Dra nisy andia Moabita nanafiky gny tany tamigny fiatombohany gny tao. [21]Raha nandevy
gny lelahy ereo, dra nahita andia Moabita raiky izy, dra nagnary gny vata tao an-dolon'i Elisa. Raha vatany vo
nahakasiky gny tolan'i Elisa gny vata mangasiakigny lelahy, dra velo ndraiky izy dra nisanga.[22]Napahory reo
Israely tamigny andron'i Joahaza paza aby i Hazaela pazakan'i Syria. [23]Nefa namindra fo gny Israely i Yaveh, dra
nangoraky anazy reo dra nihasy anereo, nohonigny fagneke-pihavana nataony tamin'i Abrahama, Isaka, dra i
Jokoba. Dra sy nandringan'anereo i Yaveh, dra bo sy nandroaky anereo atmigny fagnatrehany Izy. [24]Maty i
Hazaela pazakan'i Syria, dra i Beni-hadada zanadahiny gny lasa pazaka teo amigny toerany. [25]Nagnery reo tana ze
nala tam'i Joahaza rany tamigny aly tamin'i Beni-hadada zanak'i hazaela i Joasy zanak'i Hazaela. Itelo i Joasy gny
nanafiky anizay, dra nangalaky reo gny tanan'Israely reo nadraiky izy.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 14

1Tamy faharo tao naha-pazaka an'i Joasy zana-dahin'i Joahaza, pazakan'i I sraely, dra nanomboky nazaka i Joasy,
pazakan'i Joda. 2Dimy amby ropolo tao izy gny nanomboky nazaka; nazaka sivy amby ropolo tao teo Jerosalema
izy. Gnagnarany reniny dra i Joadana, avy agny Jerosalema. 3Nanao izy mary teo amason'i Yaveh izy, fa sy
manahaky an'i Davida babany. Izy dra nanao gny raha aby izy nataon'i Joasy, babany.4Saiky sy honalasitagny ereo
toera agnabo. Nanohy nanao soro sy nagnoro ditin-kazo manitra zaka amin'ereo toera agnabo ereo gny olo. 5Dra
raha vatany agnabo tafapetraky soa gny fitondrany, dra nivono ereo mpanompo ze namono gny babany, dra gny
pazaka.6Fa bo sy vononony gny zanak'ereo mpamono olo, fa nanao araky gny voasorasy tao amy lala, tao amy.
Gny Bokin'i Mosesy koa izy, araky gny fa nandidian'i Yaveh, nanao ho: " sy tokony ho vono nohon'ny fahoton'ereo
zanany ereo dra, na hovono nahony fahotan'ereo ray aman-dreny ereo zanany. Fa gny olo kiraikiraiky koa dra
tokony hovono nohon'ny fahotany manoka." 7Netono miaramila Edomita hariva raiky izy tao amin'ny lohasan-
sira izy; nalany tagny agnaly koa i Sela, dra tonoka ho: Joktela, zay gny fitokava-nanazy disiky amizao.Dra
nandefa mpinday hafasy hognany amin'iJoasy zana-dahin'i Joahaza, zana-dahin'i Jeho, mpazakan'Israely i
Amazia nanao ho: "Avia, mandao sika hifanandrina agny agnaly." 9Saiky Joasy mpazakan'Israely dra nandefa
mpinday hafasy hihery tany amin'i Amazia mpazakan'i Joda, nanao ho:"Gny silo zay tagny Libanona dra
nampanday hafasy hognany sedera tao Libanona, nanao ho: 'Ameo ho valin'ny zanako lelahy gny zanako
ampela,' saiky nisy bibi-dia nandriosy dra nagnisaky gny silo. 10Fa nanafiky an'i Edoma tokoa hanao, fa
nanandrasy anao gny fonao. Mirehareha amin'ny fandresenao, saiky mizano ao atragno, fa nanao akory hanao
gny tokony hagnakoroya sy handavo gny vatanao, dra hanao sy i Joda niaraky taminao?"11Fa sy niteno i Amazia.
dra nanafiky i Joasy mpazakan'Israely dra nifakatri-tarehy tao Bety-semesy izy sy Amazia, mpazakan' Joda, ze
an'i Joda. 12Resin'Israely i Joda, dra nienga noly gny lelahy aby.13Nisamborin'i Joasy mpazakan'Israely tao Beti-
semesy i Amazia mpazakan'i Joda zanak'i Joasy zana-dahin'i Ahazia. Avy tao Jerosalema izy dra nandroda gny
ridry nanomboky teo amy vavahadin'i Efraima disiky amy vavahady Zorony, efazato hakiho gny halavirany.
14Nalany avokoa gny volamena sy gny volafosy aby, Ereo aby hita tao an-tragnon'i Yaveh, sy ereo raha manan-
daza aby tao amy lapany npazaka, niaraky, tamin'ereo takalon'ignay koa, dra nihery tagny Samaria izy.15Raha gny
amireo raha hafa mahakasiky an'i Joasy, ze nataony aby, gny fahefany, dra gny fomba nialiany tamin'i Amazia
pazakan'i Joda, moa sy fa voasorasy ao agnatiny gny bokinigny tataran'ireo pazakan'Israely ra zay? 16Dra nimaty
nindray tamireo razambeny i Joasy dra nalevy tagny Samaria nindray tamireo pazakan'Israely, dra Jeroboama,
zanadahiny, gny lasa pazaka nandimby anazy.17Amazia zanak'i Joasy, pazakan'i Joda, dra niay diny ambiny folo
tao tafaranigny nahafatesan'i Joasy, zanak'i Joahaza, pazakan'Israely. 18Raha gny amireo raha hafa mahakasiky
an'i Amazia, moa sy fa voasorasy ao agnatinigny bokinigny tataran'ireo pazakan'i Joda ra zay? 19Nanao tetiky
hanohera an'i Amazia tao Jerosalema ereo, dra nienga tagny Lakisy izy. Nienga tagny Lakisy izy, saiky nandefa
lelahy hagnarak'anazy tagny Lakisy ereo dra nameno anazy tagny.20Nandesin'ereo nihery tamigny sovala izy, dra
nalevy nindray tamireo razambeny tao amigny tanan'i Davida. 21Gny vahoak'i Joda aby dra nangalaky an'i Azaria,
ze enina ambiny folo tao, dra nanao anazy ho pazaka teo amigny toeran'i Amazia rany. 22Azaria gny nagnory
ndraiky an'i Elota dra nagnery anizay tao Joda, dra nimaty nindray tamireo razambeny i Amazia.23Tamigny
fahadimy ambiny folo tao naha-pazaka an'i Amazia, zanadahin'i Joasy pazakan'i Joda, gny nanombohan'i
Jeroboama zanadahin'i Joasy pazakan'i Israely nazaka tao Samaria; nazaka nandrisy gny raiky ambiny Samaria;
nazaka nandrisy gny raiky amby efapolo tao izy. 24Nanao rasy teo amason'i Yaveh izy. Sy niala tamireo fahota
nataon'i Jeroboama zanadahin'i Nebata izy, ze nahavy gny Israely hanota. 25Nagnery gny sisi-tanin'Israely
nanomboky teo Lebo Hamata hatragny amigny Ranomasinigny Araba izy araky gny zakan'i Yaveh, gny
Zagnaharin'Israely, ze fa nizakany tamin'i Jona panopony zanak'i Amitahy, gny paminany, boak'agny Gata-hefera.
26Fa hitan'i Yaveh gny fizalian'Israely, ze tena naharary tamigny sirairay, na gny andevo na gny afaky, dra sy nisy
pagnavosy gny Israely. 27Dra nizaka i Yaveh fa sy hanola gny agnaran'Israely eo amigny ambany lagnisy Izy, fa
nivozeny tamigny alalanigny tagnan'i Jeroboama zanak'i Joasy koa ereo.28Raha gny amireo raha hafa mahakasiky
an'i Jeroboama, reo ze natao aby, gny fahefany, gny nialiany vo nagneregnany an'i Damaskosy vo Hamata, ze an'i
Joda, ho an'Israely, moa sy fa voasorasy ao amigny bokinigny tataran'ireo pazakan'Israely ra zay? 29Nimaty
nindray tamireo razambeny i Jeroboama, nindray tamireo pazakan'Israely, dra i Zakaria zanadahiny gny lasa
pazaka teo amigny toerany.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 15

[1]Tamigny tao fahafito amby ropolo nazakan'i Jeroboama pazakan'Israely, gny nanomboky nazaka i Azaria zanak'i
Amazia pazakan'i Joda. [2]Enina ambiny folo tao i Azaria gny nanomboky nazaka dra nazaka tao Jerosalema
nandrisy gny ro amby dimapolo tao izy. Jekolia gny agnaran-dreniny, dra boak'agny Jerosalema izy. [3]Nanao
marina teo amason'i Yaveh izy, araky ze nataon'i Amazia rany.[4]Na dre zay aza dra sy ba nala reo toeran'abo. Bo
nanao soro vo nagnoro liti-kazo magnisy teo amireo toeran'abo avo gny olo. [5]Napahory gny pazaka i Yaveh dra
boka hatramigny andro nahafatesany izy dra nitoby tao amina tragno mizara-toera. Jotama, zanadahinigny
pazaka, gny lohanigny akohona dra nanapaky teo amigny vahoaky tao amigny tany.[6]Dra gny amireo raharaha
hafa mahakasiky an'i Azaria, vo ze nataony aby, moa sy fa voasorasy ao amigny bokiny tataran'ireo pazakan'i
Joda ra zay? [7]Dra nimaty nindray tamireo razambeny i Azaria, nalevin'ereo tagny amigny tanan'i Davida nindray
tamireo razambeny izy. I Jotama, zanadahiny, gny lasa pazaka nandimby gny toerany.[8]Tamigny fahavalo amby
telopolo tao nazakan'i Azaria pazakan'i Joda, dra i Zakaria zanak'i Jeroboama gny nazaka teo amin'Israely tagny
Samaria nandrisy gny enim-bola. [9]Nanao ze rasy teo amason'i Yaveh izy, manahaky gny nataon'ireo razany. Sy
niala tamigny fahotan;i Jeroboama zanak'i Nebata, ze nahavy gny Israely nanota izy.[10]Nikonokono hanohisy an'i
Zakaria i Saloma zanak'i Jabesy, nanafiky anazy tagny Ibleama, dra namono anazy. Dra lasa pazaka nandimby
gny toerany izy. [11]Gny amigny raharaha hafa mahakasiky an'i Zakaria, dra voasorasy ao amigny bokinigny
tataran'ireo pazakan'Israely reo. [12]Zao gny zakan'i Yaveh ze zinakany tamin'i Jeho, manao ho: "Hipetraky eo
amigny seza fiandriananIsraely hatramigny taranaky fahaefasy mandimby gny taranakao." DRa nitranga zay.
[13]Nanomboky nazaka i Saloma zanak'i Jabesy tamigny fahasivy amby telopolo tao nazakan'i Azaria pazakan'i
Joda, dra nazaka volany raiky moza tao Samaria izy. [14]Dra niakasy boak'agny Tirza ho agny Samaria i Menahema
zanak'i Gady. Tagny gny nanafihany an'i Saloma zanak'i Jabesy, tao Samaria. Nahafaty anazy izy dra tonga pazaka
nandimby gny toerany.[15]Gny amigny raharaha hafa mahakasiky an'i Saloma vo gny fikonokonoa narafiny, dra
voasorasy ao amigny bokinigny tataranireo pazakan'Israely zay. [16]Dra nanafiky an'i Tifsa vo reo ze teo aby, vo gny
sisi-tany nagnodidin'an'i Tirza i Menahema, akory sy nivohan'ereo honazy gny tana. Dra nitafihiny zay, dra
nitatahiny avokoa reo apela bevoka tao amizay tana zay.[17]Tmigny fahasivy amby telopolo tao nazakan'i Azaria
pazakan'i Joda, dra nanomboky nazaka teo amin'Israely i Menahema zanak'i Gady; nazaka nandrisy gny folo tao
tao Samaria izy. [18]Nanao rasy teo amason'i Yaveh izy. Nandrisy gny andro-piegnany, dra sy niala tamigny fahotan'i
Jeroboama zanak'i Nebata izy, ze nahaavy gny Israely nanota.[19]Dra Avy hanohisy gny tany i Pola pazakan'i Asyria,
dra namen'i Menahema taleta volafosy arivo i Pola, ba homba anazy gny fanohagnan'i Pola dra hapatazaky gny
fazakan'Israely teo atanany. [20]Nalan'i Menahema boak'amigny Israely tamigny alalanigny fitakia gny olo manan-
draha sirairay ba handoa sekely volafosy dimapolo ba hagnome gny pazakan'i Asyria io vola io. Dra nitoli-doha
nihery gny pazakan'i Asyria dra sy nitoetra tao amigny tany.[21]Raha gny amireo raharaha hafa mahakasiky an'i
Menahema, vo reo nataony aby, moa sy fa voasorasy ao amigny bokinigny tataran'ireo pazakan'i Israely ra zay?
[22]Dra nimaty nindray tamireo razambeny i Menahema, dra i Pekahia zanany gny lasa pazaka nandimby gny
toerany.[23]Dra tamigny faha-dimapolo tao nazakan'i Azaria pazakan'i Joda, gny nanomboky nazaka teo
amin'Israely tao Samaria i Pekahia zanak'i Menahema; nazaka nandrisy gny ro tao izy. [24]Nanao rasy teo amason'i
Yaveh izy. Sy ba nagnary gny fahotan'i Jeroboama zanak'i Nebata, ze nahavy gny Israely nanota izy.[25]Nana lefisy
raiky natao ho: Peka zanak'i Remalia i Pekahia, ze nikonokono hanohisy anazy. Nindray tamireo dimapolo lahin'i
Gileada, dra namono an'i Pekahia vo Argoda dra Aria tagny Samaria i Peka, tao amigny tragno mimandanigny
lapany pazaka. Nivonon'i Peka i Pekahia dra izy gny lasa pazaka nandimby gny toera. [26]Raha gny amigny
raharaha hafa mahakasiky an'i Pekahia, vo reo nataony aby, dra voasorasy ao amigny bokinigny tataran'ireo
pazakan'Israely zay.[27]Tamigny faharo amby dimapolo tao nazakan'i Azaria pazakan'i Joda, gny nanombohan'i
Peka zanak'i Remalia nazaka teo amin'Israely tao Samaria; nazaka nandrisy gny ropolo tao izy. [28]Nanao rasy teo
amason'i Yaveh izy sy niala tamigny fahotan'i Jeroboama zanak'i Nebata, ze nahavy gny Israely nanota izy.
[29]Tmigny andron'i Peka pazakan'Israely, dra avy nangalaky an'Iona, Abela-beti-maka, Janoa, Kadesy, Hazora,
Gileada, Galilia, dra gny tanin'i Naftaly aby i Tiglato-pilesera pazakan'i Asyria. Dra ninday gny vahoaky nagnagny
Asyria izy. [30]Ko dra nandrafisy fikono-konogna nanohisy an'i Peka zanak'i Remalia i Hosea zanak'i Ela. Nanafiky
anazy izy dra namono anazy. Dra nazary pazaka nandimby gny toerany izy, tamigny faharopolo tao nazakan'i
Jotama zanak'i Ozia. [31]Raha gny amigny raharaha hafa mahakasiky an'i Peka, vo ze nataony aby, dra voasorasy ao
amigny bokinigny tataranireo pazakan'Israely zay.[32]Tamigny tao faharo nazakan'i Peka zanak'i Remalia,
pazakan'Israely, dra nanomboky nazaka i Jonata zanak'i Azaria, pazakan'i Joda. [33]Dimy amby ropolo tao izy
nanomboky nazaka; nazaka nandrisy gny enina ambiny folo tao tao Jerosalema izy. Jerosa gny agnaranigny
reniny; zanakapelan'i Zadoka izy.[34]Nanao marina teo amason'i Yaveh i Jotama. Nagnaraky gny ohasy aby ze

nataon'i Azaria rany izy. [35]Kanefa, sy ba nala reo toeran'abo. Bo nanao soro vo nagnoro liti-kazo magnisy teo amireo toeran'abo avo gny vahoaky. Nasangan'i Jotama gny vavahady agnabon'i Yaveh. [36]Raha gny amireo raharaha hafa mahakasiky an'i Jotama, vo ze nataony aby, moa sy fa voasorasy ao amigny bokinigny tataranireo pazakan'i Joda ra zay? [37]Tamizay andro zay Yaveh dra nanomboky nagniraky an'i Rezina pazakan'i Arama, vo Peka zanak'i Remalia, hanohisy an'i Joda. [38]Nimaty nindray tamireo razambeny i Jotama dra nalevy nindray tamireo razambeny i Jotama dra nalevy nindray taminireo razambeny tao amigny tanan'i Davida, razany. Dra i Ahaza, zanadahiny, gny lasa pazaka nandimby gny toerany.

Chapter 16

[1]Tamy gny fahafito ambin'ny folo tao nazakan'i Peka zanak'i Remalia, gny nanomboky nazaka i Ahaza zanakin'i
Jotama mpazakan'i Joda. Ropolo tao i Ahaza gny nanomboky nazaka, nazaka nadrisy gny fito ambin'ny folo tao
tao Jerosalema izy. Sy nanao zay marina teo amason'i Yaveh Zagnahariny, manahaky gny nataon'i Davida
razambeny izy.[3]Fa koa, nagnaraky gny lalan'ereo mpazakan'Israely izy; nayaony tao agnaty afo ho fagnatisy oroa
gny zana-dahiny, ho fagnaraha ereo fampianara rasin'ereo firenena, ze fa niroahin'i Yaveh teo anoloan'ny
vahoak'Israely. [4]Nanolosy fagnatisy izy sady nagnoroditi-kazo magnisy tagny amin'ereo toera agnabo amin'ereo
havoany, dra tegny agnabo hazo meso aby.[5]Dra i Rezina, mpazakan'i Syria sy Peka zanak'i Remalia,
mpazakan'Israely dra niakasy ba hanafiky an'i Jerosalema. Nanao fahirano an'i Ahaza ereo, nefa sy naharesy
anazy ereo. [6]Tamizay fotoa zay, i Rezina mpazakan'i Syria dra nihery nangalaky an'i Elota ho an'i Syria dra
nadroaky ereo olon'i Joda hiala an'i Elota. Avy eo dra nagnagny Elota ereo Syriana gny amizay fa gnanazy ereo
disik'adroany.[7]Dra nandefa mpinday hafasy hognany Tiglato-pilesera mazakan'i Asyria i Ahaza, manao ho:
''Mpanoponao aho sady zanakao.'' Misanga dra vozeo eo amy taniny mpazakan'i Syria sy gny taniny
mpazakan'Israely, ze fa nanafiky anahy.'' [8]Dra nalan'i Ahaza gny volafosy sy gny volamena ze hitany tao an-
tragnon'i Yaveh sy teo amin'ereo harenany lampany mpazaka dra nalefany ho fagnomeza hognany mpazakan'i
asyria zay. [9]Dra niteno anazy gny mpazakan'i Asyria, dra niakasy nagnohisy an'i Damaskosy gny mpazakan'i
Asyria, nandresy zay sy nangalaky ereo vahoaky ho gadra ho an'i Kira. Nivonony avo koa i Rezina mpazakan'i
Syria.[10]Nandeha tagny Damaskosy i Ahaza pazaka ba hihaon'amin'i Tiglato-pilesera pazakan'i Asyria. Nahita
alitara raiky tao Damaskosy izt. Nandefa gny modely vo gny sarinigny alitara dra gny endriky gny asa taliavin'aby
tagny aman'i Oria pisoro izy. [11]Oria pisoro dra namboasy alitara mitovy amireo firafisy fa nalefan'i Ahaza pazaka
boak'agny Damaskosy. Nivitany talohanigny niheregnan'i Ahaza pazaka boak'agny Damaskosy zay. [12]GNy fa niavy
boak'agny Damaskosy gny pazaka dra nahita gny alitara; nagnato gny alitara gny pazaka sady nagnatisy
fagnatisy teo amizay.[13]Nanao fagnatisy oroa vo fagnatisy vary izy, dra nandraraky gny fagnatiny finomy vo
namafy gny lio amigny fanati-pihavanany teo amigny alitara. [14]Gny alitara varahy ze teo agnatrehan'i Yaveh__dra
nalany teo anoloanigny tepoly, boak'eo agnelagnelanigny alitarany vo gny tepolin'i Yaveh dra nataony teo amigny
farisy avarasy gny alitara zay.[15]Boak'eo dra nandidy an'i Oria pisoro i Ahaza pazaka, nanao anizahoky ho: "Eo
agnabonigny nalitara lahibe gny hagnoroa gny fagnatisy oroa gny maray dra gny hariva dra gny fagnatisy vary,
dra reo fagnatisy oroanigny pazaka vo fagnatisy vary, miaraky amireo fagnatisy oroanigny vahoakigny tany aby,
vo reo fagnatisy vary vo reo fagnatisy finominereo. Afafazo eo agnabon'izay gny lio aby boak'amigny fagnatisy
oroa, dra gny lio aby boak'amigny soro. Fa gny alitara varahy dra honahy ba ho fangala torohevisy." [16]Dra nanao
araky ze nandidian'i Ahaza pazaka anazy i Oria pisoro.[17]Boak'eo dra nalan'i Ahaza pazaka teo amigny sangak'azo
afindra reo takelaky vo reo koveta; napizosony avo koa gny koveta teo amigny agnomby varahy ze teo
ambanin'izay dra natobiny teo amigny lapivato zay. [18]Nohonigny pazakan'i Asyria, dra nalany reo fandrakofa ho
anigny Sabata ze fa namboarinereo tao atepoly, mbamigny fidiranigny pazaka teo ivelanigny tepolin'i Yaveh.
[19]Raha gny raharaha hafa mahakasiky an'i Ahaza vo ze nataony, moa sy fa voasorasy ao agnatinigny bokinigny
tataran'ireo pazakan'i Joda ra zay? [20]Nimaty vo nalevy nindray tamireo razany tao atagnan'i Davida i Ahaza. Lasa
pazaka nandimby anazy i Hezekia zanadahiny.

## Chapter 17

[1]Tamigny tao faharo ambiny folo nazakan'i Ahaza pazakan'i Joda, gny nanomboky gny fazakan'i Hosea zanak'i
Elaha. Nazaka tao Samaria nanera gny Israely nandrisy gny sivy tao izy. [2]Nanao rasy teo amason'i Yaveh izy, sy
nanahaky reo pazakan'Isrealy taloha. [3]Nanafiky anazy i Salmaneserapazakan'i Asyria, dra lasa panopony i Hosea
dra ninday fagnomezam-boninahisy honazy.[4]Dra hitanigny pazakan'i Asyria fa nitetiky hanohisy anazy i Hosea,
akory nandefa pinday hafasy nagnagny amin'i So pazakan'i Egypta i Hosea; dra koa, sy ba nanolosy fagnomezam-
boninahisy ho anigny pazakan'i Asyria izy, manahaky gny nataony isa-tao isa-tao. Dra nihiliny pazakan'i Asyria
izy dra nifaheny tagny apoza. [5]Boak'eo dra nanafiky nanera gny tany aby gny pazakan'i Asyria, dra nanafiky an'i
Samaria vo nanao fahirano an'izay nandrisy gny telo tao. [6]Tamigny tao fahasivy naha-pazaka an'i Hosea, dra
nangalaky an'i Samaria vo ninday gny Israely lavisy an'i Asyria gny pazakan'i Asyria. Nemetraky anereo tagny
Hala izy, tao amigny Habora Onin'i Gozana, dra tagny amigny tananigny Mediana.[7]Nitranga zay fahababoa zay
akory nanota tamin'i Yaveh zagnaharin'ereo gny vahoak'Israely, ze ninday anereo niakasy boak'agny amigny tany
Egypta, boak'agny ambany fifehezan'i Farao pazakan'i Egypta. Fa nanopo zagnahary hafa reo vahoaky [8]dra
nandeha tamigny fanaon'ireo firenena ze fa naringan'i Yaveh teo agnatrehan'ireo zanak'Israely, vo tamigny
fanaon'ireo pazakan'Isrealy ze fa nataon'ereo.[9]Gny zanak'Isrealy__dra nanao reo raha ze sy marina
asokosoko__hanohisy an'i Yaveh Zagnaharin'ereo. Nananga fitpera abo honazy maneran'an'ireo tanany ereo,
hatragny amigny tilikambo fambena dra hatragny amigny manda ferova. [10]Nananga sangam-bato vo
baon'Aseraha tegny amigny havoa abo aby vo tagny ambaninigny hazo meso aby koa ereo.[11]Tegny ereo gny
nagnoro liti-kazo magnisy tamireo fitoeran'abo aby, manahaky gny nataon'ireo firenena, reo ze nandesin'i Yaveh
teo agnatrehan'ereo. Nagnatateraky raha rasy reo Israely ba hahaavy an'i Yaveh hasiaky; [12]ereo dra nanopo sapy,
momba ze fa nizakan'i Yaveh anereo ho: "Sy hanao anizay raha zay handrareo."[13]Nefa Yaveh fa nitalily
tamin'Israely vo tamin'i Joda tamigny alalanigny paminany sirairay vo gny pahita sirairay, nanao anizahoky ho:
"Miala amireo fomba rasindrareo dra tandrovy reo liliko vo reo lalako, dra meteza hagnaraky gny lalan'aby
nandidiako reo razandrareo, dra ze nirahiko ho amindrareo tamigny alalan'ireo paminany panopoko.[14]Kanefa sy
niteno ereo; fa koa maheriloha vatany manahaky reo razany ze sy nahatoky an'i Yaveh Zagnaharin'ereo.
[15]Nilavin'ereo gny lalany vo gny fagneke-pihavana ze nataony tamireo razany, dra reo didy fagneke ze nameny
anereo. Nagnaraky fomba rasy ereo dra gny vatan'ereo mihisy gny lasa sy nisy ilan'azy. Nagnaraky reo firenena
panopo sapy ze nagnodidin'anazy ereo, dra reo ze nandidian'i Yaveh anereo sy hotahafy.[16]Ereo dra nanao
sinosino reo didin'i Yaveh Zagnaharin'ereo. Namboasy sary zanak-agnomby ro vita tamigny vy ereo ba ho topo.
Namboasy baon'Aseraha ereo, dra nanopo an'i Bala vo reo kitana aby tegny andagnisy. [17]Nalefan'ereo tagnaty afo
reo zanadahiny vo gny zanakapelanereo, napiasa reo sikily vo fagnosavia, namarosy gny vatan'ereo ba hanao
rasy teo amason'i Yaveh, vo nahavy anazy ho ory. [18]Noho zay dra ory fatrasy tamin'Isrealy i Yaveh dra nangalaky
anereo sy ho eo amasony. Sy nisy dre raiky aza tafazano afa-sy gny fokon'i Joda raiky avo.[19]Na dre i Joda aza sy
nahata gny didin'i Yaveh Zagnaharin'ereo, fa koa nagnoriky fanopoa-sapy nitovy tamize narahin'Isrealy. [20]Noho
zay dra nilavin'i Yaveh avokoa reo taranak'Israely aby; napahoriany ereo dra natolony tegny atagnan'ireo ze
pambabo gny fanagnan'ereo, mandra-pisonik'ereo sy ho eo amasony.[21]Nangalaky gny Isrealy tamigny fitohiza-
taranak'i Davida Izy, dra nametraky an'i Jeroboama zanadahin'i Nebata pazaka. Nitariky gny Isrealy hiala
tamigny fagnorihan'an'i Yaveh i Jeroboama dra napanao fahota lahibe anereo. [22]Nagnoriky gny fahotan'i
Jeroboama aby gny zanak'Isrealy dra sy niala taminireo ereo, [23]dra nalan'i Yaveh teo amason'Israely, araky gny
nizakany tamireo paminany panopony aby fa hataony. Dra nandesy lavisy ivelanigny tanin'ereo tagny Asyria gny
Israely, dra bo agny avo hatramizao andro zao.[24]Ninday vahoaky boak'agny Babylona vo boak'agny Kota, vo
boak'agny Ava, vo boak'agny Hamata vo Sefarivaima gny pazakan'i Asyria, dra nametraky anereo tagny amigny
tanan'i Samaria teo amigny toeranigny zanak'Isrealy. Dra nahazo an'i Samaria reo dra nony tao amigny tanany.
[25]Dra tamigny fitombohanigy fonegnan'ereo tagny dra sy nagnome voninahisy an'i Yaveh ereo. Ko nandefa liona
tamin'ereo ze namono gny ilany tamin'ereo i Yaveh. [26]Dra nizaka tamigny pazakan'i Asyria ereo,nanao anizahoky
ho: "Reo firenena ze nandesinao vo napetranao tato amigny tanan'i Samaria dra sy mahafatasy reo fomba
takenigny zagnahariny gny tany. Dra nandefa liona teo amin'ereo izy, dra, ingo, mamono gny olo reo liona akory
sy mahay reo fomba takenigny zagnarinigny tany ereo."[27]Dra gny pazakan'i Asyria nibaiko, nanao anizahoky ho:
"Alao gny raiky amireo pisoro ze nandesindrareo boak'agny, dra aoky izy handeha vo honin'agny, dra aoky izy
hapianasy anereo gny fomba ze takenigny zagnahariny gny tany." [28]Ko avy nony tagny Betela gny rany tamireo
pisooro ze avy nandesin'ereo boak'agny Samaria; napianasy anereo gny fomba tokony hideran'ereo an'i Yaveh
izy.[29]Nanao zagnahary honazy aby reo foko sirairay, dra nametraky anereo tegny amigny fitoera abo ze
nataon'ireo Samaritana__gny foko sirairay tagny amigny tana nonenany aby. [30]Gny vahoak'i Babylona namboasy


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

an'i Sakota-benota; gny vahoakin'i Kota namboasy an'i Nergala; gny vahoakin'i Hamata namboasy an'i Asima;
[31]reo Avita namboasy an'i Nibaza vo Tartaka. Reo Sefarvita nagnoro reo zanany tao amigny afo ho an'i
Adrameleka vo Anameleka, zagnahary vo Sefarvaima.[32]Nagnome voninahisy an'i Yaveh avo koa ereo, dra
nanendry pisoron'ireo fitoera abo avy tamin'ereo, ze nanao soro ho anereo tao amigny tepoly tao amireo
toeran'abo. [33]Nagnome voninahisy an'i Yaveh ereo sady nanopo reo zagnaharin'ereo, tamigny fomba fanaon'ireo
firenena tamize fa nandesin'ereo.[34]Hatram'izao andro zao dra mikiry amireo fomba fanao'ereo taloha ereo. Sady
sy magnome voninahisy an'i Yaveh ereo, gny sy magnaraky reo lily aman-dalana ze natolos'i Yaveh tamigny
vahoak'i Jakoba__ze tonoka ho: Israely__[35]dra tamizay nanovan'i Yaveh fagneke vo nandidiany anereo zay ho: "Sy
hatahosy zagnahari-hafa handrareo, na hekohoky aminereo, na hanopo anereo, na hanao fisorogna ho anereo.
[36]Nefa i Yaveh, ze nanday andrareo niakasy boak'agny amigny tany Egypta tamigny hery lahibe vo tana
nisandrasy, gny Raiky ze sy maisy omendrareo voninahisy; Izy gny hiakohofandrareo, dra honazy gny soro
ataondrareo. [37]Reo didy aman-dalana ze nisoratiny ho andrareo, hotanandrareo mandrakariva reo. Noho zay dra
ka mataosy zagnahary hafa handrareo, [38]dra gny fagneke-pihavana ze fa nataoko tamindrareo, dra sy ho
halignondrareo; na handrareo hagnome voninahisy andriamani-kafa.[39]Fa Yaveh Zagnaharindrareo gny
homendrareo voninahisy. Izy gny hamozy andrareo amigny herin'ireo fahavalondrareo." [40]Sy niteno ereo, akory
nanohy nanao ze nataon'ereo tagny amigny lasa ereo. [41]Ko dra natahosy an'i Yaveh reo firenena dra nanopo reo
sary sary voasokis'ereo avo koa ereo, dra nanao manahaky anizay avo koa reo zanak'ereo__manahaky gny
nataonigny taranaky gny zanak'ereo. Manohy manao ze nataon'ireo razany hatragny ereo, mandrak'amizao.

Chapter 18

[1]Dra tamigny tao fahatelo nazakan'i Hosea zanak'i Elaha, pazakan'i Israely, gny nanomboky nazaka i Hezekia
zanak'i Ahaza, pazakan'i Joda. [2]Dimy amby ropolo tao izy gny nanomboky nazaka; nazaka sivy amby ropolo tao
tagny Jerosalema izy. Gny agnaran-dreniny dra i Aby; zanakapelan'i Zakaria izy. [3]Dra nanao ze mahisy teo
amason'i Yaveh izy, nagnaraky gny ohasy ze fa nataon'i Davida aby, razambeny.[4]Nangalaky reo toera abo izy,
nandrava reo andry vato, dra nanapaky reo baon'Aseraha. Nanapatapaky gny menarana varahy ze nataon'i
Mosesy izy, akory tamireo andro reo gny nagnoroanigny vahoakin'Isrealy gny liti-kazo magnisy ho anizay; zay
dra tonoka ho: "Nehostana." [5]Nahatoky an'i Yaveh, gny Zagnaharin'Israely i Hezekia, ba sy hisy olo hitovy
aminazy ao afarany eo amireo pazakan'i Joda aby, na eo amireo pazaka ze teo alohany.[6]Fa nifikisy tamin'i Yaveh
izy. Sy nisahasy nagnoriky anazy izy dra nitandry reo didiny, ze nandidian'i Yaveh an'i Mosesy. [7]Dra nomba an'i
Hezekia i Yaveh, dre na eza na eza nandehanany dra nambiny izy. Nikomy nanohisy gny pazakan'i Asyria izy dra
sy nanopo anazy. [8]Nanafiky reo Filistina hatragny Gaza vo gny sisi-tany magnodidy izy, hatragny amigny
tilikambon'ireo piamby dra hatragny amigny tana voaaro fatrasy.[9]Dra tamigny tao fahaefasy nazakan'i Hezekia
pazaka, izay taona fahafito nazakan'i Hosea zanak'i Eleha pazakan'Israly, dra niakasy hanohisy an'i Samaria i
Salmanesera pazakan'i Asyria dra nanao fahirano izay. [10]Dra tamigny fiafaran'ny taona fahatelo gny nangalan'izy
ireo izay, dra tamigny taona fahaenina nazakan'i Hezekia, izay taona fahasivy nazakan'i Hosea pazakan'Israely;
izay gny fomba nanambora an'i Samaria.[11]Dra nandesiny pazakan'i Asyria tagny Asyria gny Israely, dra nataony
tao Hala, teo amigny Reniranon'i Habora tagny Gozana ereo. [12]Nanao anizay izy akory sy nakato gny feon'i Yaveh
zagnahariny ereo, fa koa nandika gny zakanigny fangeke, ze nandidian'i Mosesy panopon'i Yaveh anereo. Nanda
hiteno na hanao anizay ereo.[13]Dra tamigny tao fahaefasy ambiny folo nazakan'i Hezekia Pazaka, Sankeriba
pazakan'i Asyria dra nanafiky gny tana voaaro fatrasy ry Joda aby dra nangalaky anireo. [14]Dra nandefa hafasy
tagny amigny pazakan'i Asyria, ze tagny Lakisy i Hezekia pazakan'i Joda nanao anizahoky ho: "Fa
nanafitohin'anao zaho. Mela aminahy. Na ino na ino hapandesinao anahy dra hanesiko." Dra nitaky tamin'i
Hezekia pazakan'i Joda ba hagnenga gny taleta volafosy telozato vo taleta volamena telopolo gny pazakan'i
Asyria. [15]Dra namen'i Hezekia anazy gny volafosy aby ze tao amireo tragnon'i Yaveh vo tao amireo pisy raha
sarobilinigny lapany pazaka.[16]Dra nalan'i Hezekia gny volamena teo amigny tepolin'i Yaveh vo teo amigny andry
ze nametahany takela-bolamena; dra nameny gny pazakan'i Asyria gny volamena. [17]Nefa gny pazakan'i Asyria
nagnesiky gny tafiny lahibe, nagniraky an'i Tartana vo Raba-sarisa ho agny amin'i Hezekia pazaka ao Jerosalema.
Nandeha niakasy tamigny lala ereo dra avy tao ivelan'i Jerosalema. Nagnato gny lakan-dranony kamory agnabo
ereo, teo an-dalambenigny sakanigny pamosy lamba, dra nizano teo amizay. [18]GNy fa nitoka an'i Hezekia
Pazakan'ereo, dra niboaky ba hagnety anereo i Eliakima zanadahin'i Hilkia, ze nanapaky gny akohona, vo Sebna
panora-dalana, dra Joa zanadahin'i Asafa, pitahiry tatara.[19]Dra gny lahibenigny pifehy nizaka anereo ba hizaka
amin'i Hezekia ze nizakanigny pazaka lahibe, pazakan'i Asyria, manao anizahoky ho: "Ino gny loharanonigny
fahatokianao? [20]Zaka sy misy dikany gny zakanao, mizaka ho misy nama vo hery ho amigny aly. Dra amizao iza
gny itokianao? Iza gny nagnome heri-po anao hikomy hanohisy anahy? [21]Ingo, matoky gny tehy volotara
torotonigny Egypta hanao, kanefa raha mitehy amizay gny olo, dra hirekisy eo amigny tagnany zay dra handoaky
anizay. Manahaky anizay i Farao pazakan'i Egypta amireo matoky anazy aby.[22]Fa raha mizaka aminahy hanao ho:
'Matoky an'i Yaveh Zagnaharinay zahay,' moa ra sy izy gny raiky ze nangalaky reo toera abo vo gny alitara ze
nalan'i Hezekia, dra nizaka tamin'i Joda vo Jerosalema ho. 'Sy maisy manopo eo anoloan'ity alitaran'i Jerosalema
tihoky hanao'? [23]Amizao dra, te-hanolosy fagnatisy soa boak'amigny topoko pazakan'i Asyria zaho. Hameko
sovala ro arivo hanao, raha mahita pitikisy anazy reo.[24]Hataoko akory gny manohisy na dre gny raiky amigny
kapiteny ze masaiky indrindra amireo panoponigny topoko aza? Fa nametraky gny fahatokianao tagny Egypta ho
an'ireo kalesy vo gny pitikisy sovala hanao!
[26]Dra eo i Eliakima zanadahin'i Hilkia, vo Sebna, dra Joa nizaka tamigny lahibenigny pifehy ho: "Ba apizakao
amigny fizaka Syriana re reo panoponao, fa izay gny azonay. Ka mizaka aminay amigny fizakany gny Joda eo
amigny sofinigny olo ze eo amigny rindry," [27]Nefa hoy gny lahibenigny pifehytamin'ereo ho: "Moa ra nandefa
anahy ho agny amigny toponao vo hanao gny topoko ba hizaka reo zaka reo? Moa ra zaho nalefany tagny amireo
lelahy mipetraky eo amigny rindry, iza gny sy maisy hihina gny malotony vo hinon'amireo manoka
mindrain'aminao?"[28]Dra gny lahibenigny pifehy nisanga vo nitoka tamigny feo fatrasy tamigny fizakany Jiosy ho:
"Tenoy gny zakanigny pazaka lahibe, dra gny pazakan'i Asyria. [29]Zao gny zakanigny pazaka, 'Ka magneky
hofitahin'i Hezekia handrareo, fa sy afaky gny hamozy anao amigny fahefako izy. [30]Ka magnenga an'i Hezekia
hapahatoky anao an'i Yaveh, manao anizahoky ho: "Hamozy asika vatany i Yaveh, ty tana tihoky dra sy hatolosy
ho eo atagnanigny pazakan'i Asyria."'[31]Ka miteno an'i Hezekia, fa izao gny zakanigny pazakan'i Asyria ho:

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

'Mihavagna aminahy dra mindresa aminahy. Dra gny sirairay avy amireo dra samby hihinan'amigny voalobony
vo gny hazon'aviaviny, dra hino gny rano ao amigny famorian-dranony. 32Hanao anizay mandra-piaviako vo
hindesako andrareo agny amigny tany manahaky gny tanindrareo manoka, tany misy mofo vo tanim-boaloboky,
tany misy hazo oliva vo tately ba ho velo handrareo fa sy ho maty.' Ka miteno an'i Hezekia raha miezaky
mandresy lahasy andrareo izy, manao anizahoky ho: 'Hamozy asika i Yaveh.'33Moa nisy nahavozy anereo teo
atagnanigny pazakan'i Asyria ra reo zagnahariny gny olo? Eza moa reo zagnaharin'i Hamata vo Arpada? 34Eza
moa reo zagnaharin'i Sefarvaima, vo Hena, dra Iva? Nahavozy an'i Samaria teto atagnako ra ereo? 35Eo amigny
zagnahariny gny tany aby, moa ra fa nisy zagnahary nahavozy gny taniny tamigny fahefako? Nagnino gny
hahafahan'i Yaveh mamozy an'i Jerosalema amigny heriko?"36Kanefa nangina gny olo dra sy namaly, Akory fa
nandidy gny pazaka ho: "Ka mamaly anazy." 37Boak'eo Eliakima, zanak'i Hilikia, ze agnabo teo amigny
akohonany; vo Sebna gny panora-dalana; dra Joa zanak'i Asafa, gny pita-sorasy, nilisy agnao amin'i Hezekia
nindray tamireo fekakazoa'ereo voatritra, dra ninday gny zakanigny lahibenigny pifehy taminazy.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 19

1Dra gny fa ren'i Hezekia pazaka gny tatis'ereo, dra naniasy gny akazony izy, nanao akazo fandala, dra nilisy tao
atragnon'i Yaveh. 2Nagniraky an'i Eliakima ze lahibenigny tandapa izy, vo sebna, gny panora-dalana, dra reo
lohanigny pisoro, samby nekazo gny akazony fandalany avokoa ereo, ho agny amin'i Isaia zanadahin'i Amoza,
gny paminany.3Dra hoy ereo taminazy: "Zao gny zakan'i Hezekia: 'ty andro tihoky gny andronigny fahoria,
fahamezigna, dra fahafaham-baraka, fa ba ho teraky gny zaza, nefa sy misy hery ba hiterahan'anereo. 4Angamba
mety ho ren'i Yaveh Zagnaharinao gny zaka aby nataonigny lahibenigny pifehy, ze nirahinigny pazakan'i Asyria
topony ba hihasy an'Agnahary velo, dra hamaly reo zaka ze fa ren'i Yaveh Zagnaharinao. Ko asandrato ho anize
sisa bo eto gny vavakao Amizao.'"5Dra avy tagny amin'i Isaia gny panopon'i Hezekia pazaka, 6dra Isaia nanao
tamin'ereo ho: "Zakao amigny topondrareo fa: ' Zao gny zakan'i Yaveh: "Ka matahosy gny amigny zaka ze fa
renao, ze fa nanirasira gny panoponigny pazakan'i Asyria zaho. 7Ingo, hametraky fagnahy ao aminazy zaho, dra
hahare siosio izy dra niherin'agny amigny taniny. Hataoko lavonigny sabasy ao amigny taniny izy."'"8Dra nihery
gny lahibenigny pifehy dra nahita gny pazakan'i Asyria nialy tamin'i Libna, fa izy fa nahare fa niala tao Likisy
gny pazaka. 9Dra sankeriba nahare fa i Tiraky mpazakan'i Etiopia sy Egypte dra fa nioma gny hialy amy, nohony
dra nagniraky mpanday hafasy ho agnany aamin'i Hezekea ndraiky izy hoky.10" Zakao amin'i Hezekia mpazakan'i
Joda ho: ' Ka anga hametaky anao gny zagnahary ze hitokianao dra hanao ho: '' Jerosalema dra sy hame ho eo an-
tanany mpazakan'i Asyria.'' 11Ihoky, fa rennao gny raha ze fa nataon'ny mpazakan'i Asyria tamy famoteha
tateraky ereo. koa ho voavozy se hanao?12Fa namozy anereo ra gny zagnahariny gny firenena, reo firenena ze
nipotehinigny razako: dra i Gozana, Harana, Razefa, dra gny vahoakin'i Edena tao Telasara? 13Eza gny pazakan'i
Hamata, gny pazakan'i Arpada, gny pazakanigny tana Sefarvaima, Hena, dra Iva?"'14Voarain'i Hezekia gny
taratasy tagny amireo pinday hafasy dra nivakiny zay. Boak'eo dra niakasy tagny atragnon'i Yaveh izy dra
nanokaky anizay teo anoloany. 15Dra nivavaky teo agnatrehan'i Yaveh i Hezekia, dra nanao anizahoky ho: "Ry
Yaveh toponigny maro, Zagnaharin'Israely, Hanao mitoby ao agnabony kerobim, Hanao gny Zagnahary tokan'eto
atany. Hanao gny nanao gny lagnisy vo gny tany.16Atongilagno gny sofinao, ry Yaveh, dra mitenoa. Ahirato gny
masonao, ry Yaveh, dra magnatia, dra tenoy gny zakan'i Sankeriba, ze fa nirahiny ba hanirasira gny zagnahary
velo. 17Eny vatany, ry Yaveh, fa nandrava reo firenena vo gny taniny gny pazakan'i Asyria. 18Fa nagnoro gny
zagnaharin'ereo tao agnatin'afo ereo, akory sy zagnahary reo fa asa-tagnan'olombelo, hazo vo vato avo. Ko
nipotehinigny Asyriana ereo.19Ko amizao, ry Yaveh zagnaharinay, mitalaho Aminao zaho, vozeo amigny heriny
zahay, ba hahafataranigny fazakan'aby eto atany fa Hanao, Yaveh, gny Zagnahary vatany."20Dra Isaia zanadahin'i
Amoza nandefa hafasy tagny amin'i Hezekia, nanao anizahoky ho: "Yaveh, Zagnaharin'Israely nizaka ho: 'Akory
fa nivavaky taminahy gny amin'i Sankeriba pazakan'i Asyria hanao, dra niteno anao zaho. 21Zao gny zaka zakan'i
Yaveh mahakasiky anazy: "Gny zanakapelany virizinin'i Ziona manao sinosino anao vo mihomehy ho amigny
fahafaham-baraka. Gny zanakapelan'i Jerosalema magnifikifi-doha aminao. 22Iza gny fa nihasinao vo
nisirasiranao? Hanohisy an'iza gny nanandratanao gny feonao vo napendradranao gny masonao apirehareha?
Hanohisy gny Masin'Israely!23Tamigny alalan'ireo irako gny nihasianao gny Topo, dra nanao anizahoky ho:
'Tamigny kalesiko maro gny nekarako tagny atepolinigny tendrombohisy, gny fekara abo faratapony tagny
Libanona. Hotapahy gny sedera lava vo gny Kypreso voafatin'ao. Hilisy amigny farisy lavisy zaho, ao amize alany
mamokasy indindra. 24Fa nihaly lava-drano zaho dra fa nino gny ranonigny firene-kafa. Fa nandrisy gny
reniranon'i Egypta aby ho eo apaladiako zaho.'25Sy renao ra gny fomba nagnomanako anizay hatramign'ela vo
gny niasako anizay tamigny andro taloha? Amizao dra fa hagnatateraky anizay zaho. Eo hanao ba handrava reo
tana mimanda ho lasa korotam-bato. 26Reo ponina ao aminazy, ze siapy hery, dra torotoro vo megnasy. Raha
magniry egny agnahisy reo, ahi-meso, ahisy egny agnabo tafo na egny agnahisy, noroa melohanigny nisiriany.27Fa
zaho mahay gny fepetranao, gny fiboahanao, gny fidiranao, dra gny fahorianao aminahy. 28Nohonigny fahorianao
aminahy, dra akory reo gny fiavognavognanao, dra hametraky gny farangoko amigny ora Zaho, dra ao amigny
vavanao gny lamboridiko; hataoko mihery amigny lala niavianao hanao.''29Zao gny famatara honao: Hihina raha
magniry sinahy handrareo amity tao ty, dra gny tao magnaraky dra gny dimbin'izay. Fa amigny tao fahatelo koa
dra hamboly vo hioty handrareo, hamboly tanim-boaloboky dra hihina gny tegnany. 30Gny sisa amigny taranak'i
Joda ze bo velo dra hamaky ndraiky dra hisondrano vo hagnome. 31Fa hisy sisa hiboaky boak'agny Jerosalema,
boak'agny atendrombohis'i Ziona gny hiavian'ireo sisa sy maty. Gny zoto-pon'i Yaveh toponigny maro gny hanao
anizay.32Ko zao gny zakan'i Yaveh momba gny pazakan'i Asyria: "Sy hilisy amty tana tihoky izy na handefa zana-
sipiky ao. Na avy eo alohany midray amigny ampimga na hanao fahirano anazy. 33Gny lala izay niaviany avo gny
lala hiboahany; sy ho tafilisy amingny tana itihoky izy___izay gny fagnambaran'i Yaveh.'' 34Fa izaho hiaro vo
hagnavosy itiky tana itihoky, gny aminahy vo gny amin'i Davida panopoko.''35Dra tamin'io hariva io dra avy gny


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

azelin'i Yaveh dra nanafiky gny tobin'ireo Asyriana, dra nahafaty maramila 185. 000. aby nifoha aloha gny olo
nony maraidray, dra niapasy tegny aby gny gny tafin'olo. [36]Dra nagnenga an'Israely i Sankeriba pazakan'i Asyria
dra nandeha noly vo nitoboky tagny Ninive. [37]Taty afara, gny nanao fanopoam-pivavahana tao an-tragnon'i
Nisroka andriamaniny izy, dra nivonon'i Andramelaka vo Sarezera zanany lahy tamigny sabatra. Avy eo dra
nisoaky tagny amigny tanin'i Ararata izy ireo. Dra Esara-hadona zanany lahy gny lasa pazaka teo amigny toerany.

Chapter 20

[1]Dra tamizay andro zay dra narary fa ho maty i Hezekia. Dra nagnaton'anazy i Isaia zanak'i Amosa, gny
paminany, dra nizaka taminazy ho: "Hoy i Yaveh: "'Arindrao gny tragnonao; fa ho maty hanao, dra sy ho velo."'
[2]Dra nitoliky nagnatriky gny rindry i Hezekia dra nivavaky tamin'i Yaveh izy nanao anizahoky: [3]"Ba mengavy re,
ry Yaveh oh, ba sarovy gny nandehanako apahatokia teo amigny agnatrehanao tamigny foko manotolo, vo gny
nanovako gny soa teo amasonao." Dra nitomagny fatrasy i Hezekia boak'eo[4]Melohanigny niboahan'i Isaia teo
agnevonigny tokotany, dra avy taminazy gny zakan'i Yaveh, nanao anizahoky ho: [5]"Miheregna, dra zakao i
Hezekia, gny pitariky gny oloko ho: 'Zao gny zakan'i Yaveh, Zagnaharin'i Davida razambenao: "Fa reko gny
vavakao, dra hitako gny ranomasonao. Hagnasitran'anao Zaho amigny andro fahatelo, dra hiakasy agny
atragnon'i Yaveh hanao.[6]Hapiako dimy ambiny folo tao gny andro hiegnanao, dra ho vozeko amigny tagnan'ny
pazakan'i Asyria hanao vo ithoky tana tihoky, dra ho arovako itihoky tana tihoky nohon'ny amin'i Davida
panopoko.'' [7]Dra hoy Isaia ho: ''Mangalaky fehezan'aviavy.'' Dra nanao izay izy ireo dra napetrany tamigny vai-ny
izay, dra sitrany izy.[8]Hiy i Hezekia tamin'i Isaia: ''Ino gny famatara fa hositragnin'i Yaveh zaho, Vo gny tokony
hiakarako agny amigny tempoly amigny andro fahatelo?'' [9]Namaly Isaia ho: ''Izao gny famatara ho anao avy
amin'i Yaveh, fa i Yaveh dra hanao izay raha nizakany. Tokony handroso dingana folo se gny aliky, sahihemotra
dingana folo?''[10]Namaly i Hezekia: ''Mora ho an'ny aloky gny handroso dingana folo gny aloky.'' [11]Dra nitokatoka
an'i Yaveh i Isaia paminany, dra nandesiny nihemosy dingana folo gny aloky, avy tagny amigny nihesehany teo
amigny tohos'i Ahaza.[12]Tamin'izay fotoa izay i Merodaka Baladana zanak'i Baladana pazakan'i Babylona dra
nandefa taratasy vofagnomeza tany amin'i Hezekia, satria reny fa narary i Hezekia. [13]Niteno izay taratasy izay i
Hezekia, dra nasehony ireo pinday hafasy gny lapaaby vo gny zava-sarobidiny, gny volafosy, gny volamena, gny
zava-magnisy vo gny menaky sarobidy, dra gny tragno fitehirizany gny fitova-pialiany, izay aby iza dra hita tao
amigny tragno fitehirazany. Sy nisy raha izy sy nasehon'i Hazekia anazy ireo tao atragnony, na tao amigny
fazakany.[14]Dra Isaia paminany nagnagny amin'i Hezekia pazaka dra nagnotany anazy ho: "Ino gny nizakan'iregny
lelahy taminao regny? Avy eza izy regny?" Hoy i Hezekia: "Boak'agny atany lavisy agny Babylona ereo."
[15]Nagnotany i Isaia ho: "Ino gny hitan'ereo tao atragnonao?" Namaly i Hezekia aby tato atragnoko. Sy nisy tamireo
raha sarobiliko sy nasehoko anereo."[16]Dra hoy Isaia tamin'i Hezekia: "Tenoy gny zakan'i Yaveh: [17]'Igno, fa ho agny
gny andro hitona gny raha aby eo amigny lapanao magnagny Babylona, dra reo raha nitehirizinigny razambenao
hatramizao andro zao. Sy misy na ono ma ino ho tavela, hoy i Yaveh. [18]Gny zanadahiny teraky avy aminao, ze
nitezanao manoka_halan'ereo zay, dra ho lasa tandapa ao amigny lapanigny pazakan'i Babylona ereo.[19]Dra hoy i
Hezekia tamin'i Isaia: "Soa gny zakan'i Yaveh ze nizakanao." Akory nihevisy izy ho: "Sy hisy fedagna vo filamina
ra zay amigny androko?" [20]Raha gny amireo raharaha hafa mahakasiky an'i Hezekia, vo gny heriny aby, dra gny
nanovany gny farihy vo gny lakan-drano, dra gny nindesany rano tao amigny tana__moa sy fa voasorasy ao
amigny bokinigny tataran'ireo pazakan'i Joda ra zay? [21]Nimaty nindray tamireo razambeny i Hezekia, dra i
Manase zanadahiny gny nandimby anazy teo amigny toerany.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 21

[1]Ro ambinifilo tao i Manase gny nanomboky nazaka; nazaka nandrisy gny dimy amby dima-polo tao tao
Jerosalema izy. Gny agnaranigny reniny dra i Hefziba. [2]Fa nanao rasy teo amason'i Yaveh izy, manahaky reo raha
manarikorikonigny firenena ze niroahin'i Yaveh teo agnatrehan'ireo Israely. [3]Fa nagnery nagnory reo toera abo
ze nisolan'i Hezekia rany izy, dra nagnory reo alitara ho an'i Bala, nanao baon'Aseraha raiky, manahaky gny
nataon'i Ahaba pazakan'Israely, dra nekohoky tamireo kitanigny rehetra dra nanopo reo.[4]Manase dra nagnory
alitara fanopoa-sapy tao atragnon'i Yaveh, na dre nandidy anazy i Yaveh ho: "Ho mandrakizay ao Jerosalema gny
agnarako." [5]Nagnory reo alitara ho anigny kitanigny lagnisy aby izy tao amireo kiaza ronigny tragnon'i Yaveh.
[6]Nataony tao agnaty afo gny zanany; sady nanandro vo nanao sikily dra nangalaky hevisy tamireo ze mizaka
amigny maty vo reo ze mizaka amigny fagnahy izy. Nanao rasy maro teo amason'i Yaveh izy dra nihasy
an'Agnahary tamigny fahoriany.[7]Gny sary sokis'i Astarta ze nataony, dra napetrany tao atragnon'i Yaveh zay. Dra
momba anizay tragno zay gny nizakan'i Yaveh tamin'i Davida vo Solomona zanany; hoy izy ho: "Tato amity
tragno tihoky dra tao Jerosalema, ze nisafidiko tamireo fokon'Israely aby, gny hametrahako gny agnarako
mandrakizay. [8]Dra sy hapirenireny gny tombok'Israely hiboaky amigny tany ze nameko gny razan'ireo sasy zaho,
raha manakato soa reo ze nandidiako ereo aby, dra hagnaraky gny lalan'aby ze nandidian'i Mosesy panopoko
anereo." [9]Fa sy niteno reo vahoaky, dra i Manase gny nitariky anereo hanao rasy mihoasy noho reo firenena ze
niravan'i Yaveh teo agnatrehanigny vahoakin'Israely.[10]Dra nizaka tamigny alalan'ireo paminany panopony i
Yaveh, nanao anizaohoky ho: [11]"Akory i Manase pazakan'i Joda dra nanao reo rasy maharikoriko reo, dra nanao
rasy mihoasy noho ze nataon'ireo Amorita aby ze nanao anizay talohany, dra napanota an'i Joda avo koa tamireo
sapiny, [12]noho zay i yaveh, gny Zagnaharin'i Israely, nizaka anizao: Ingo, hahavy loza manahaky anizay eo amin'i
Jerosalema vo Joda Zaho dra ze mahare anizay aby, dra hangorisiky gny sofiny ro.Hagnizisy gny taly fandrefesa
apesany hanoheran'an'i Samaria amin'i Jerosalema zaho, dra gny pilao fandrefesa apesa hagnoregna gny
fianakavian'i Ahaba; hagnalio an'i Jerosalema, manahaky gny olo magnalio sakafo, mikosoky anizay dra
magnodikodin'anizay ambony ambany zaho. [14]Hagnary reo lovako sisa tavela zaho dra hagnome anizay ho eo
apelatagnanigny fahavalon'ereo. Ho avy niharam-boy vo babon'ireo fahavalony aby ereo, [15]akory fa nanao rasy
teo amasoko ereo, dra nihasy anahy tamigny fahatezera, hatraminigny andro niboahanigny razam-ben'ereo
boak'ao Egypta, mandrak'androany."[16]Fagnapin'izay, i Manase dra nandasa-dio sy mmana-signy maro be, mandra-
pahafenoiny fahafatesa tamigny rany hatramigny raiky hafa an'i Jerosalema. Zay dra fagnapinigny fahota ze
napagnotany an'i Joda, gny fa nanao rasy teo amason'i Yaveh ereo. [17]Dra raha gny amin'ireo raharaha hafa
mahakasiky an'i Manase, ze nataony aby, dra gny fahotany ze nataony, moa ra sy fa voasorasy ao amigny
bokinigny tataranigny pazakan'i Joda zay? [18]Dra nimaty tagny amireo razany dra nalevy tao amigny zaridainigny
tragnony avo i Manase, tao azaridain'i Oza. Dra i Amona zanany gny lasa pazaka teo amigny toerany.[19]Teo amigny
faharo amby ropolo taony i Amona gny nanomboky nazaka; nazaka nandrisy gny ro tao tao Jerosalema izy. GNy
agnaran-dreniny dra i Mesolemeta; zanakaepalan'i Haroza boak'agny Jotba. [20]Nanao rasy teo amason'i Yaveh izy,
manahaky gny nataon'i Manase rany.[21]Nagnaraky reo lalan'aby ze nandehananigny rany dra nanopo reo sapy ze
notoponigny rany, dra nekohoky amin'ereo i Amona. [22]Nagnenga an'i Yaveh, gny Zagnaharin'ireo razany izy, dra
sy nandeha tamigny lalan'i Yaveh. [23]Reo panopon'i Amona dra nitetiky hanohisy anazy dra namono gny pazaka
tao atragnony avo.[24]Fa reo vahoakigny tany dra namono ze nitetiky aby hanohisy an'i Amona pazaka, dra ereo
gny nanao an'i Josia zanadahiny ho pazaka teo amigny toerany. [25]Raha gny amigny raharaha hafa mahakasiky ze
nataon'i Amona, moa ra sy fa voasorasy ao amigny bokinigny tataran'ireo pazakan'i Joda zay? [26]Reo vahoaky dra
nandevy anazy tao amigny lolony tao azaridai' Oza, dra i Josia zanany gny lasa pazaka teo amigny toerany.

Chapter 22

[1]Volo tao i Josia gny nanomboky nazaka; raikambiny telopolo tao gny zanakany tao Jerosalema. Jedida gny
agnaranigny reniny (zanakapelan'i Adaia boak'agny Bozkata). [2]Nanao mary teo amason'i Yaveh izy. Nandeha
tamireo lalan'aby i Davida razambeny izy , Dra sy nive lala nagnakavia na akavana.[3]Dra teo amigny fahavalo
ambiny folo taon'i Josia pazaka, dra nandefa an'i Safana zanak'i Azalia zanak'i Mesolama, gny panora-dalana,
tagny atragnon'i Yaveh izy, nanao anizahoky ho: [4]"Mekara agny amin'i Hilkia gny pisorom-be dra zakao izy ba
hanisa gny vola ze nandesy tagny atragnon'i Yaveh, ze navorinigny piamby gny tepoly tamigny vahoaky. [5]Aoky ze
home eo atragnonigny piasa ze mendrekisy gny tragnon'i Yaveh, dra aoky ereo hagnome anizay anigny piasa ze
ao atragnon'i Yaveh, ba hamboara ze sola ao amigny tepoly.[6]Aoky ereo hagnome vola ho an'ireo pandrafisy, reo
pagnori-tragno, dra ba hivily hazo vo vato voapaiky avo koa ba hamboara gny tepoly." [7]Fa sy ho take amin'ereo
gny atotanigny vola, akory mapiasa anizay apatokia ereo.[8]Hoy i Hilkia pisorom-be tamin'i Safana panora-dalana
ho: "Hitako tao amigny tragnon'i Yaveh gny bokinigny lalana." [9]Dra namen'i Hilkia an'i Safana gny boky, dra
namaky anizay izy. Lasa i safana dra nangalaky gny boky tegny amigny pazaka, dra hitatisy aminazy avo koa,
manao anizahoky ho: "Reo panoponao dra nandany gny vola ze hita tao atepoly dra natolos'ereo teo atagnan'ireo
piasa ze magnara-maso gny fikarakara gny tragnon'i Yaveh zay." [10]Dra hoy i Safana panora-dalana tamigny
pazaka: "Hilkia pisoro gny nagnome anahy gny boky." Dra nivakin'i Safana tamigny pazaka zay.[11]Dra gny fa
nahare reo zakanigny lalana gny pazaka, dra naniasy gny akazony izy. [12]Nandidy an'i Hilkia pisoro, vo Ahikama
zanak'i Safana, i Akbora zanak'i Mikaia, Safana gny panora-dalana, dra i Asaia, gny panopony, gny pazaka, dra
nanao anizahoky ho: [13]"Mandehana dra mizaka amin'i Yaveh honahy, dra ho an'ireo vahoaky vo reo Joda aby,
noho reo zakanity boky ty. Fa mafoza gny haorian'i Yaveh ze mirehisy nohonigny sy fitenoan'ireo razambesika
reo zakanity boky tihoky dra gny hoe hakato ze voasoras'aby momba asika."[14]Noho zay i Hilkia pisoro, Ahikama,
Akbora, Safana, dra i Asaia gny nandeha nagnagny amin'i Holda gny paminany vavy, valin'i Saloma zanak'i Tikva
zanak'i Hrasa, gny pikarakara gny fitafia (nitoby tao Jerosalema tao amigny farisy faharo izy), dra nizaka
taminazy ereo. [15]Hoy rapela tamin'ereo: "Zao gny nizakan'i Yaveh, gny Zagnaharin'Israely: 'Zakao gny olo ze
nadefa andrareo atiky aminahy ho: [16]"Zao gny zakan'i Yaveh: 'Ingo, hinday loza amity toera tihoky vo reo poniny
Zaho, araky gny raha voasoras'aby ao amigny boky ze nivakinigny pazakan'i Joda.[17]Akory nahafo Anahy dra
nagnoro liti-kazo magnisy ho an'ireo zagnahary hafa ereo, ba hiasy Anahy ho ory amireo asa aby ze nataon'ereo--
noho zay gny haoriako dra nirehisy tamity toera ty, dra sy ho maty zay."' [18]Fa ho anigny pazakan'i Joda, ze
nandefa anao ba hagnotany gny sitrapon'i Yaveh, dra zao gny ho zakanao aminazy: "Yaveh, gny
Zagnaharin'Isrealy nizaka anizao:" Momba reo zaka ze renao, [19]akory so-po hanao, dra nagnety vata teo
agnatrehan'i Yaveh hanao, gny fa renao ze nizakako tamity toera tihoky vo reo olony, fa ho avy faharava vo
ozona ereo, vo akory hanao dra naniasy gny akazonao dra nitomagny teto agnatrehako, dra niteno anao avo koa
Zaho__zay gny fagnambaran'i Yaveh.[20]Ingo, Hanambasy anao amireo razanao Zaho, dra handray apedagna ao
andolonao hanao. Sy hahita reo loza aby ze handesiko amity tora ty gny masonao."'"" Ko dra nandesinigny lelahy
tagny amigny pazaka zay hafasy zay.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 23

[1]Dra nagniraky pinday hafasy teo aminazy ze napivory teo aminazy reoloholon'i Joda vo Jerosalema aby gny
pazaka. [2]Dra niakasy tao atragnon'i Yaveh gny pazaka, vo reo olon'i Joda aby dra reo ponin'i Jerosalema aby
nindray taminazy, vo reo pisoro, reo paminany, dra reo vahoak'aby, hatramigny kely dra hatramigny lahibe.
Nivakiny teo asofon'ereo gny zakany gny bokinigny Fagneken'aby ze hita tao atragnon'i Yaveh.[3]Nizoro teo
agnilanigny andry gny pazaka dra nanao fagneke teo agnatrehan'i Yaveh, ba hagnaraan'i Yaveh vo hitandry reo
didiny, reo fisipiny, dra reo lalany, amigny fony aby vo gny fagnahiny aby, ba hagnamafy reo zakan'izay fagneke
zay ze voasorasy ao amity boky ty. Dra nagneky hakato gny fagneke gny vahoaky aby.[4]Dragny pazaka nandidy
an'i Hilkia pisorom-be, reo pisoro ambany fahefa, dra reo piamby vavahady ba hamoaky boak'ao amigny tepolin'i
Yaveh reo fanaky aby ze natao ho an'i Bala vo Astarta, vo ho an'ireo kitanigny lagnisy aby. Nagnoro anizay tany
ivelan'i Jerosalema tagny asaka tao amigny lohasakan'i Kidrona ereo ninday gny lavenok'ireo tany Betela.
[5]Nagnafoa reo pisoro panopo sapy ze nifilin'ireo pazakan'i Joda hagnoro liti-kazo magnisy tao amireo toera abo
tao amireo tanan'i Joda vo tao amireo tanan'i Joda vo tao amireo nagnodidin'an'i Jerosalema izy__dra reo ze
nagnoro liti-kazo magnisy ho an'i Bala, ho anigny masoandro vo gny volana, ho an'ireo planeta, dra ho an'ireo
kitanigny lagnisy aby.[6]Namoaky gny baon'Aseraha boak'ao amigny tepolin'i Yaveh izy, tagny ivelan'i Jerosalema
tagny an-dohasakan'i Kidrona dra nagnoro anizay teo. Nitorotorony ho vovoky zay dra nariany teo amireo lolom-
bahoaky ze vovoky zay. [7]Nilioviny reo efitragnon'ireo lelahy pivavaky mivaro-tegna ze tao atepolin'i Yaveh, ze
nanenonan'ireo apela akazo ho an'i Aseraha.[8]Ninday reo pisoron'aby tagny ivelanigny tanan'i Joda i Josia dra
nandoto reo toera abo ze agnoroan'ireo pisoro liti-kazo magnisy, nanomboky tao Geba hatragny Beri-sheba.
Noravany reo toera abo teo amireo vavahady ze teo amigny fidira magnagny amigny vavahadin'i Josoa
(tananigny governora), teo amigny ilany akavianigny vavahadinigny tana. [9]Na dre sy nanga nisoro teo amigny
alitaran'i Yaveh tao Jerosalema aza reo pisoron'ireo toera abo reo, dra nihina mofo sy misy masirasira teo amireo
rahalahiny ereo.[10]Niloton'i Josia i Tofeta, ze tao amigny lohasakan'i Beni-hinoma, ba sy hisy olo hagnoro ao agnaty
ao gny zanadahiny na gny zanakapelany ho soro ho an'i Moloka. [11]Nalany reo sovala ho an'i Moloka. 11Nalany reo
sovala ze namen'ereo pazakan'i Joda gny masoandro. Teo amigny farisy teo amigny farisy ho ao atepolin'i Yaveh,
agnilanigny efitragnon'i Natana-melaky, tandapa reo. Noroan'i Josia reo kalesinigny masoandro.[12]Niravan'i Josia
pazaka reo alitara ze teo amigny tafonigny efitragnon'i Ahaza farany agnabo, ze namboarinigny pazakan'i Joda,
vo reo alitara ze nataon'i Manase tao amireo kiazanigny tepolin'i Yaveh rolahy. Nitorotoron'i Josia reo dra nariany
tao amigny Lohasakan-driak'i Kidrona. [13]Niravanigny pazaka reo toera abo asignanan'i Jerosaleka, asimonigny
tendrombohisy gny faharasia ze namboarin'i Solomona pazakan'Israely ho an'i Astarta, gny sapy
marikorikon'ireo Sidoniana; ho an'i Kemosy, gny sapy maharikorikon'i Moaba; dra ho an'i Moloka, gny sapy
marikorikon'ireo vahoakin'i Amona. [14]Nitorotoro reo sangam-bato dra nokapaina reo baon'Aseraha dra nifenony
tolan'olombelo reo toera reo.[15]Niravan'i Josia tateraky avo koa gny alitara ze tao Betela vo gny toera ze
namboaran'i Jeroboama zanadahin'i Nebata (Gny raiky ze napanota gny Israely). Noroany avo koa zay alitara zay
vo gny toera abo dra nitorotorony ho bony. Noroany avo koa gny baon'Aseraha. [16]Raha nagnety gny farisy Josia,
dra sikariny reo lolo ze teo amigny havoa. Nagniraky lelahy ba hangalaky gny tolany boak'ao amireo olo izy; dra
noroany teo amigny alitara reo, ze nandoto anizay. Zay dra araky gny zakan'i Yaveh ze nozakanigny
lelahin'Agnahary, dra gny lelahy ze nizaka reo raha reo meloha.[17]Dra hoy izy: "Sangambato ino ty hitako ty?" Reo
lelahiny tana nizaka taminazy ho: "Io dra lolonigny lelahin'Agnahary ze boak'agny Joda dra nizaka momba reo
raha ze vo nataonao tamigny alitaran'i Betela." [18]Dra hoy i Josia: "Angao zay. Sy misy olo tokony hamondra reo
tolany." Dra nangan'ereo, nindray tamireo tolanigny paminany ze boak'agny Samaria gny tolany.[19]Dra nalan'i
Josia reo tragno aby tagny amireo toera abo ze tagny amireo tananigny Samaria, ze nataon'ireo pazakan'Israely,
dra ze nahavy an'i Yaveh ho ory. Nataony mitovy sy misy valaky tamizay natao tagny Betela reo. [20]Nivonony teo
amireo alitara reo pisoronigny toera abo aby dra nagnoro tolan'alombelo teo amireo izy. Boak'eo dra nihery
tagny Jerosalema.[21]Dra nandidy gny vahoaky aby gny pazaka, nanao anizahoky ho: "Tandremo gny Paskan'i
Yaveh Zagnaharindrareo, araky ze voasorasy ao amity Bokinigny Fagneke ty." [22]Sy nisy fakalaza gny Paska
notandrema toy zay hatramigny andron'ireo pisara ze nanapaky teo amin'Israely, na tamigny andron'ireo pazaka
ze nanapaky gny Israely, na tamireo andron'ireo pazakan'Israely na Joda aby. [23]Fa tamigny taona fahavalo ambiny
folo nazakan'i Josia pazaka gny nakalaza tagny Jerosalema zay Paskan'i Yaveh zay.[24]Niroahin'i Josia avo koa reo ze
nizaka tamigny maty na tamigny fagnahy. Niroahiny avo koa reo terafima, reo sapy, dra reo raha
mapangelakelaky aby ze hita tao amigny taninigny Joda vo tagny Jerosalema ,ba hagnamafisa reo zakani gny
lalana ze voasorasy tao amigny boky ze hitan'i Hilkia pisoro tao atragnon'i Yaveh. [25]Talohan'i Josia, dra sy bo nisy
pazaka manahaky anazy, ze nihery tamin'i Yaveh tamigny fony aby, gny fagnahiny aby, dra gny heriny aby, ze


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

nagnaraky gny lalan'i Mosesy aby. Sady sy nisy pazaka manahaky an'i Josia nisanga tao afarany.[26]Na iza na iza, dra sy nisahasy gny firehetanigny fahatezera lahiben'i Yaveh, ze nirehisy tamin'i Joda noho reo fanopoa-sapy aby ze nihasian'i Manase Anazy. [27]Ko hoy i Yaveh: "Alao sy ho eo amasoko avo koa i Joda, Manahaky gny nangalako siteo an'Israely, dra hariako ty tana ze nifiliko ty, dra i Jerosalema, vo gny tragno ze nizakako ho: 'Ho ao gny agnarako.'"[28]Raha gny amireo raharaha hafa mahakasiky an'i Josia, gny raha aby ze nataony, moa sy fa voasorasy ao amigny bokinigny tataran'ireo pazakan'i Joda ra zay?" [29]Tamigny androny, i Farao-neko, pazakan'i Egypta, dra nandeha ba hialy tamigny pazakan'i Asyria tao amigny Ony Eofrata. Nandeha nisena an'i Neko tao agnaly i Josia pazaka, dra nivonon'i Neko tao Megido izy. [30]Reo panopon'i Josia ninday anazy fa maty tao agnaty kalesy boak'agny Megido, ninday anazy tagny Jerosalema, dra nandevin'anazy tao amigny lolony manoka. Dra nalanigny vahoakiny tagny i Joahaza zanadahin'i Josia, nosorany, dra nataony ho pazaka nandimby gny toeranigny rany.[31]Telo amby ropolo tao i Joahaza gny nanomboky nazaka, dra nazaka nandrisy gny telo vola tao Jerosalema izy. Gny agnaran-dreniny dra i Hamotala; izy dra zanakapelan'i Jeremia boak'agny Libna. [32]Nanao ze rasy teo amason'i Yaveh i Joahaza, manahaky gny raha aby ze nataon'ireo razambeny. [33]Nifahen'i Farao-neko rozo tao Ribla tao amigny tanin'i Hamata izy, ba sy hazakany ao Jerosalema. Dra napagnefan'i Neko taleta volafosy zato vo taleta volamena raiky i Joda.[34]Nataon'i Farao-neko ho pazaka teo amigny toeran'i Josia rany i Eliakima zanak'i Josia, dra novany ho Joiakima gny agnarany. Nefa ninday an'i Joahaza nagnagny Egypta izy, dra maty tagny i Joahaza. [35]Nandoa gny volafosy vo volamena tamin'i farao pazaka. Ba hamalia gny fangatahan'i Farao pazaka, dra napandoa hetra gny tany i Joiakima dra nitereny ba handoa volafosy vo volamena aminazy araky gny tomban'ereo olo sirairay tamireo vahoakigny tany.[36]Dimy amby ropolo tao i Joiakima gny nanomboky nazaka, dra nazaka raikambiny folo taona tao Jerosalema izy. Gny agnaran-drenigny dra i Zebida; izy dra zanakapelan'i Pedaia boak'agny Romaha. [37]Nanao ze rasy teo amason'i Yaveh i Joiakima, manahaky ze nataon'ireo razambeny.

Chapter 24

[1]Taminigny andron'i Joiakima, dra nanafiky an'i Joda i Nebokadnezara pazakan'i Babylona; lasa panopony
nandrisy gny telo tao i Joiakima. Dra nitoliky dra nikomy nanohisy an'i Nebokadnezera i Joiakima. [2]Nandefa gny
tariky Kaldeana, Syriana, Moabita vo Amonita hanohisy an'i Joikima i Yaveh; nalefany hanohisy an'i Joiakima i
Yaveh; nalefahanohisy an'i Joda ba handrava anizay ereo. Mifagnaraky aminigny zakan'i Yaveh, ze nizakany
tamigny alalan'ireo paminany panopony zay.[3]Ka atoka fa taminigny vavan'i Yaveh gny nahavy anizay tamin'i
Joda, ba hangalak'anereo sy ho eo amasony, nohonigny fahotan'i Manase, dra ze nataony aby, [4]dra nohonygny lio
sy manasigny ze nalasany avo koa, akory nifenony taminigny lio sy manasigny i Jerosalema. Sy nivonona gny
hagnenga anizay i Yaveh.[5]Raha gny amireo raharaha hafa aby mahakasiky an'i Joiakima, vo ze nataony aby, moa
sy fa voasorasy ao amigny bokinigny tataran'ireo pazakan'i Joda ra zay? [6]Nimaty niaraky tamireo razambeny i
Joiakima, dra Joiakima, dra joiakina zanany lahy gny lasa pazaka nandimby anazy.[7]Sy nanafiky tagny ivelany gny
tanniny sasy gny pazakan'i Egypta, akory gny pazakan'i Babylona dra fa nandresy gny tany aby ze teo ambany
fifehezanigny pazakan'i Egypta, hatraminigny Renirano Eofrata.[8]Valo ambiny folo tao i Joiakina gny nanomboky
nazaka; nazaka telo vola tagny Jerosalema izy. Gny agnaranigny reniny dra i Nehosta, zanakapelan'i Elnatana
boak'agny Jerosalema. [9]Nanao ze rasy teo amason'i Yaveh izy; nanao ze rehetra nataonigny rany izy.[10]Tamizay
fotoa zay gny tafik'i Nebokadnezara pazakan'i Babylona dra nanafiky an'i Jerosalema dra nanao fahirano gny
tana. [11]Avy teo atana i Nebokadnezara pazakan'i Babylona raha bo nanao fahirano zay gny miaramilany, [12]dra i
Joiakina pazakan'i Joda nagnagny amigny pazakan'i Babylona, izy, gny reniny, reo panopony, reo andriany, dra
reo manapahefany. Nisambosy anizay gny pazakan'i Babylona taminigny tao fahavalo nazakany.[13]Nalan'i
Nebokadnezera boak'ao avokoa reo raha sarobily aby tao atragnon'i Yaveh, vo reo tao andapanigny pazaka.
Nitapatapahiny gny raha volamena aby ze nataon'i Solomona pazakan'Israely tao amigny tepolin'i Yaveh, araky
ze nizakan'i Yaveh fa hitranga. [14]Nataony sesitany i Jerosalema manotolo, gny pitariky aby, vo reo lelahy pialy aby,
babo harivaraiky, vo reo panao tao-raha, dra reo panefy aby. Sy nisy nangany hizano afa-sy reo olo mahatra
indindra teo amigny tany.[15]Nalan'i Nebokadnezara ho sesitany tao Babylona i Joiakina, bamigny reninigny
pazaka, reo valiny, reo manapahefa, dra reo lahiben'ireo lelahy teo amigny tany. Nalany ho sesitany boak'agny
Jerosalema agnagny babylona ereo. [16]Reo lelahy pialy aby, miisa fito arivo, panao asa tagna vo panefy vy
harivaraiky, izy aby reo dra natao ho amigny aly avikoa__gny pazakan'i Babylona ninday reo lelahy aby reo ho
sesitany ho agny Babylona. [17]Nataonigny pazakan'i Babylona ho pazaka handimby anazy i Matania, rahalahin-
dran'i Joiakina, dra nivonony ho Zedekia gny agnarany.[18]Raiky amby ropolo tao i Zedekia gny nanomboky nazaka;
nazaka nandrisy gny raiky ambiny folo tao tagny Jerosalema izy. Hamotala gny agnaranigny reniny; [19]Nanao ze
rasy teo imason'i Yaveh izy; nataony ze rasy aby nataon'i Joiakima. [20]Taminigny fahorian'i Yaveh, gny
nisehoan'ireo tranga aby reo tagny Jerosalema vo Joda, mandra-pandroahany anereo reo sy ho eo aminigny
fagnatrehany. Dra nikomy nanohisy gny pazakan'i Babylona i Zedekia.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 25

[1]Dra tamigny tao fahasivy nazakan'i Zedekia pazaka, taminigny vola fahafolo, dra tamigny andro fahafolonigny
vola, dra avy hanohisy an'i Jerosalema i Nebokadnezera pazakan'i Babylona vo reo tafiny aby. Nitoby teo
agnilan'izay izy, dra nanangan'ereo rindry magnodidin'anizay. [2]Dra natao fahirano hatramigny faharaiky ambiny
folo tao nazakan'i Zedekia pazaka gny tana. [3]Taminigny andro fahasivinigny vola fahaefasy tamizay tao zay, dra
namely mafy gny mosary tao atana dra sy nisy sakafo ho anigny vahoakigny tany.[4]Dra vaky gny tana, dra gny
lelahy pialy aby nenga taminigny hariva boak'eo amigny lalanigny vavahady teo agnelagnelan'ireo rindry ro, ze
eo amigny zaridainigny pazaka, na dre nagnodidy gny tanan'aby aza reo Kaldeana. Nandeha tamigny lala
magnagny Araba gny pazaka. [5]Kanefa nagneziky an'i Zedekia pazaka gny tafik'i Kaldeana dra nahatrasy anazy
teo amigny lemaky gny lohasaka-dreniranon'i Jordana agnilan'i Jeriko. Dra niparitaky niala taminazy gny tafiny
aby.[6]Nisamborin'ereo gny pazaka dra nandesiny niakasy tagny amigny pazakan'i Babylona tagny Ribla, tagny
ereo gny nisara anazy. [7]Raha gny amireo zanadahin'i Zedekia koa, nivonon'ereo teo amason'ereo. Boak'eo dra
nipisehin'ereo gny masony, nifaheny tamigny ravaky varahy izy, dra nizaka tagny Babylona.[8]Tamigny vola
fahadimy, taminigny andro fahafitonigny vola, ze tao fahasivy ambiny folo nazakan'i Nebokadnezara pazakan'i
Babylona, dra nagnagny Jerosalema, i Nebozaradana, panoponigny pazakan'i Babylona vo lahiben'ireo piambiny.
[9]Horoany gny tragnon'i Yaveh, gny lapanigny pazaka, dra gny tragno aby tao Jerosalema; dra noroany avo koa ze
tragno lahibe manan-daza aby tao atana. [10]Dra reo rindry magnodidin'an'i Jerosalema aby, dra nipotehin'ireo
tafiky Babylona ze teo ambany fifahezanigny lahibenigny piamby.[11]Raha gny amireo vahoaky ze sisa tavela tao
atana, reo ze nagnenga gny pazakan'i Babylona, dra reo vahoaky ambiny__dra nalefan'i Neborazadana, pifehy
gny piamby asisitany ereo. [12]Kanefa gny lahibenigny piamby dra nagnenga gny ilany tamireo mahatra indrindra
amigny tany ba hiasa reo tanim-boaloboky vo reo saka.[13]Dra gny amireo andry varahy ze tao atragnon'i Yaveh, vo
reo sangana dra reo tavin'andro varahy lahibe ze tao atragnon'i Yaveh, dra nipotepotehin'ireo Kaldeana dra
nandesin'ereo nihery tagny Babylona gny varahy. [14]Reo vilagny, lapely, fitoera-ziro, sotro, dra reo fanaky varahy
aby ze fapesanigny pisoron'eo atepoly__dra nalan'ireo Kaldeana avokoa. [15]Gny vilagny famafazan-davenoky vo
gny lovia ze vita tamigny volamena, dra reo vita tamigny volafosy__dra nalanigny kapiteninigny piamby pazaka
avo koa.[16]Reo andry ro, gny koveta, dra reo sangana ze nataon'i Solomona ho anigny tragnon'i Yaveh dra misy
varahy sy hita ho zaka. [17]Gny haabonigny andry voalohany dra valo ambiny folo hakiho, dra nihengo kapitaly
varahy gny topon'izay. Telo hakiho gny haabonigny kapitaly, miaraky amigny harato vo apongaben-dagnisy
magnodidy gny kapitaly aby, natao tamigny varahy avokoa. Mitovy amigny harato voalohany avo gny raiky hafa.
[18]Nalanigny lahibeny gny piamby i Seraia lahibenigny pisoro, nindray tamin'i Zefania, pisoro faharo, dra reo
piandry vavahady telo. [19]Boak'ato atanany izy gny nangalaky tandapa raiky ho gandra ze nandraikisy reo
maramila, dra dimy lahy tamireo dra pagnome hevisy gny pazaka, ze bo tao atana. Nigadrany avo koa gnymana-
pahefanigny tafiky gny pazaka ze mendrekisy reo lelahy miofana ho ao amigny tafiky, nindray tamina enipolo
lahy mana-kaza boak'amigny tany ao atana.[20]Dra i Nebozaradana, lahibenigny piamby, nangalaky vo naday
anereo tagny amigny pazakan'i Babylona tagny Ribla. [21]Nivononigny pazakan'i Babylona tao Ribla tao amigny
tany Hamata ereo. Manahaky anizay gny nanova sesitany an'i Joda tagny ivelany gny taniny.[22]Raha gny amireo
vahoaky ze nizano tao amigny tanin'i Joda, reo ze nangan'i Nebokadnezara pazakan'i Babylona, dra nametraky
an'i Gedalia zanadahin'i Ahikama zanak'i Safana, hisahan'anereo izy. [23]Dra gny fa ren'ireo lahibenigny maramila
aby, ereo vo reo olony, fa nataonigny pazakan'i Babylona governora i Gedalia, dra nandeha tagny amigny Gedalia,
dra nandeha tagny amigny Gedalia tagny Mizpa ereo. Tahoky zay lelahy zay, Ismaela zanadahin'i Netania,
Johanana zanadahin'i Karea, Seraia zanadahin'iTanometa gny Netofatita, dra i Jazania zanadahin'gny
Makatita__ereo vo gny olon'ereo. [24]Nanao fianianana tamin'ereo vo tamireo olony i Gedalia, dra nizaka tamin'ereo
ho: "Ka matahosy reo manapahefan'i Kaldeana handrareo. Mitoera eo amigny tany dra manopoa gny pazakan'i
Babylona, dra ho soa ho andrareo zay."[25]Kanefa tamigny volana fahafito i Ismaela zanadahin'i Elisama,
boak'amigny pianakaviny pazaka, dra nandeha nindray taminy folo lahy dra nanafiky an'i Gedalia. Maty nindray
tamireo olon'i Joda vo reo Babyloniana ze nindray taminazy tagny Mizpa i Gedalia. [26]Dra gny vahoak'aby, gny
masaiky indrindra dra hatramigny lahibe ndrindra, dra reo lahibenigny maramila, dra niala vo nagnagny
Egypta, akory natahosy an'ireo Babyloniana ereo.[27]Taty afara tamigny fahafito amby telopolo tao naha-sesitany
an'i Joakina pazakan'i Joda, gny vola faharo ambiny folo, andro fahafito amby ropolonigny vola, dra namotosy
an'i Joakina pazakan'i Joda tagny apoza i Evila-merodaka pazakan'i Babylona. Tamigny tao nanombohan'i Evila-
merodaka nazaka zay gny niseho.[28]Nizaka taminazy tamigny Hasoa-fagnahy gny nagnome seza fiandriana mana-
kaza kokoa noho gny an'ireo pazaka hafa ze nindray taminazy tao Babylona izy. [29]Nalan'i Evila-merodaka gny


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

akazo maha-gadra an'i Joakina, dra i Joakina dra nihina teo aminigny latabasy gny pazaka nandrisy gny andro-
piegnany. [30]Name solo-sakafo isan'andro izy nadrisy gny andro-piegnany.

# 1 Chronicles

Chapter 1

[1]Adama, Seta, Enosy,[2]Kenana, Mahalalila, Jereda,[3]Enoka,Metosela,Lameky.[4]Sema, Hama vo i Jafeta gny zanadahin'i
Noa.[5]Reo zanadahin'i Jafeta dra Gomera,Magoga,Maday, Javana, Tobala,Maseta,dra i Tirasa.[6]Dra reo zanadahin'i
Gomera dra i Asekenaza, Rifata, dra Togarma.[7]Reo zanadain'i Javana dra i Elosa, Tarisisy, Kitima,dra Dodanita.
[8]Reo zanadahin'i Hama dra i Kosy,Mizraima,Pota, dra Kanana.[9]Reo zanahin'i Kosy dra i Seba, havila, Sabta,
Ragama, dra Sabketa.Reo zanadahin'i Ragama dra i Seba vo i dedana.[10]Koa niteraky an'i Nimroda, zay mpandresy
volohany teto an-tany.[11]Mizraima dra lasa razamben'ereo Lodita, Anamita, Lehabita, Naftohita,[12]Patrosita vo gny
Kaslohita (zay niavian'ereo Filistiana), dra reo Kaftorita.[13]Kanana niteraky an'i Sidona,lahimatoany, vo Heta.[14]Lasa
razambeny Jebosita. Amorita, vo i Girgasita, [15]Havita, Arkita, Sinita,[16]Arvadita, Zemarita, dra gny Harnatita avo
koa izy.[17]Reo zanadahin'i Sema dra Elama, Asyra, Arpahada, Loda, Arama, Oza, Hola,Gatera, dra Maseka.
[18]Arpaksada niteraky an'i Sela, dra Sela niteraky an'i Ebera.Nana-janaky ro lahy i Ebera.[19]Gny agnarany raiky dra i
Palega, satria tamy androny dra nizara gny tany.Joktana gny agnarany rahalahiny.[20]Joktana niteraky an'i
Almodada, Salefa, Hazarmaveta, Jera,[21]Hadoroma,Ozala, Dikla [22]Ebala, Abimaela,Seba,[23]Ofira, Havila,
Jobaba;taranak'i Joktana avo koa reo.[24]Sema, Arpaksada, Sela,[25]Ebera, Pelega, reo,[26]Seroga, Nahora, Tera,[27]Abrama,
zay Abrahama zay.[28]Reo zanadahin'i Abrahama dra Isaka vo i Isamaela.[29]Tahoky aby gny zanadahin'izay reo:gny
lahimatoan'Ismaela dra i Nebaiota, laha teo Kedara, Abdela, Mibsama,[30]Misma,Doma, Masa,Hadada, Tema,
[31]Jetora,Nafisy, dra i Kedma.Reo gny zanadahin'Ismaela.[32]Reo zanadahin'i Ketora, vadisindranon'i Abrahama, dra i
Zimrama, Joksana, Medana, Midiana, Jisbaka, dra Soaha.Reo zandahin'i Joksana dra i Sheba vo Dedana.[33]Reo
zanadahin'i Midiana dra i Efaha, Efera, Hanoka, Abida, dra Eldaha.Reo aby reo dra taranak'i Ketora.[34]Abrahama
niteraky an'Isaka.Reo zanadahin'Isaka dra i Esao vo Israely.[35]Reo zanadahin'i Esao dra i Elifaza, Regoela, Jeosy,
Jalama, dra Kora.[36]Reo zanadahin'i Elifaza dra Temana, Omara, zefo, Gatama, Kanaza, Timna, dra Amaleka.[37]Reo
zanadahin;i Regoela dra i Nahata, Zera, Sama, dra i Miza.[38]Reo zanadahin'i Seira dra i Lotana, Sobala, Zibona,
Ana, Disona, Ezera, dra i Disana.[39]Reo zanadahin'i Lotana dra i Hori vo i Homana, dra Timna gny anabavin'i
Lotana.[40]Reo zanadahin'i Sobala dra i Aliana vi Manahata, Ebala, Sefy, dra Onama. Reo zanadahin'i Ziona dra Aia
vo i Ana.[41]Gny zanadahin'i Ana dra i Disona.Reo zandahin'i Disona dra Hamrana, Esbana, Jitrana dra Kerana.
[43]Tahoky reo mpazaka ze nazaka tany amy tany Edoma talohany nazakan'izay mety ho mpazaka teo amin'ereo
Israelita:Bela zanadahin'i Beora, dra gny agnarany tanany dra Dinaba.[44]Fa gny maty Bela, dra Jobaba zanadahin'i
Zera laha tagny Bozra gny nazaka nandimby gny toerany.[45]Fa gny maty Jobaba, dra Hosama laha tagny amy
taminy Temanita gny nazaka nandimby gny toerany.[46]Fa gny maty Hosama, dra i Hadada zanadahin'i Bedada, zay
nandresy reo Midianita tagny amy tanin'i Moaba, gny nazaka nanndimby gny toerany.Avita gny agnarany tanany.
[47]Fa gny maty Hadada, dra nazaka teo amy toerany i Samla laha tagny Masreka.[48]Fa gny maty Samla, dra nazaka
nandimby gny toerany i Saoly laha tagny Rehobota Hanahara.[49]Fa gny maty Saoly, dra nazaka nandimby gny
toerany i Bala-hanana zandahin'i Akbora.[50]Fa gny maty Bala-hanana zanadahin'i Akbora, dra nazaka nandimby
gny toerany i Hadara.Pao gny agnarany tanany.Gny agnaram-baliny dra Mehetabela zanakapelan'i Matreda
zanakapelan'i Me-zahaba.[51]Maty Hadada.Dra gny lohan'ereo foko tagny Edoma dra i Timana, Alva, Jetata,
[52]Oholibama. Elaha, Pinono, [53]Kenaza, Temana, Mibzara, [54]Magdiela, dra i Irama.Reo gny lohan'ereo foko tagny
Edoma.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 2

[1]Tahoky aby reo zandahin'Israely:Robena, Simeona, Levy, Joda, Isakara, Zebolona,[2]Dana, Josefa, Benjamina,
Naftaly, Gada, dra Asera.[3]Reo zandahin'i Joda dra i Era, Onana, dra Sela, zay nateriny tamy zanakapelan'i Batsoa,
gny Kananita. Era lahimatoan'i Joda, dra rasy fagnahy teo amason'i Yaveh, dra nivonon'i Yaveh izy.[4]Tamara,
vanatony ampela, niteraky an'i Fareza vo Zera taminazy.Nana-janaky lahy dimy i Joda.[5]Hezrona vo Hamola gny
zandahin'i Fareza.[6]Reo zanadahin'i Zera koa dra Zimry, Etana, Hemana, Kalkola, dra Dara, dimy gny fitambarany.
[7]Gny zandahin'i Kaemy dra i akara, zay ninday fikoron-tanagna teo amin'Israely fa gny namgalasy zay voatoka ho
agn'Agnahary izy.[8]Azaria gny zandahin'i Etana.[9]Jeramela, Rama, dra Kelobay gny zanadahin'i Hezrona.[10]Rama
niteraky an'i Aminadaba, dra Aminadaba niteraky an'i Nasona, mpitariky raiky eo amin'ereo taranak'i Joda.
[11]Nasona niteraky an'i Salma, dra Salma niteraky an'i Boaza.[12]Boaza niteraky an'i Obeda, dra Obeda niteraky an'i
Jese.[13]Jese niteraky an'i Eliaba lahimatoany, i Abinadaba faharo, Simea fahatelo, [14]Netanela fahafasy, Raday
fahadimy, [15]Ozema faheny, dra Davida fahafito.[16]abigaila vo i Zeroba gny anabavin'izy reo. Abisay, Joaba, dra
Asahela, telo mirahalahy gny zanadahin'i Zeroba.[17]Abigaila niteraky an'i Amasa, zay Jitra gny Ismaelita gny rany.
[18]Kaleba zanadahin'i Hezrona niteraky zanaky laha tamin'i Azoba, valiny, vo tamin'i Jeriota.Jasera, Saboba, dra
Ardona gny zanadahiny.[19]Maty Azoba, dra nalan'i Kaleba ho valy i Efrata, zay niteraky an'i Hora taminazy.[20]Hora
niteraky an'i Ory, dra niteraky an'i Bezalila.[21]Tafarafara kely Hezrona ( Fa gny animpolo tao izy)dra nampakasy
gny zanakapelan'i Makira, ran'i Gileada.Niteraky an'i Segoba taminazy izy.[22]Segoba niteraky an'i Jaira, zay nifehy
tana telo amby ropolo tao amy tanin'i Gileada.[23]Nalan'i Gesora vo Arama gny renovohisin'i Jaira vo Kenata,
bamin'ereo renivohisy enipolo magnodify.Samy taranak'i Makira,ran'i Gileada avo koa reo mpony aby reo.
[24]Tafarany nahafatesan'i Hezrona, dra nandry niaraky tamin'i Efrata, valin'i Hezrona rany i Kaleba.Niteraky an'i
Asora, ran'i Tekoa taminazy ziy.[25]Dra reo zanadahin'i Jeramela , gny lahimatoan'i Hezrona, dra i Rama gny
lahimatoa, Bona, Orena, Ozema, dra Ahia. [26]Bo nana valy hafa koa i Jeramela, zay Atara gny agnarany.Izy gny
ranin'i Onama.[27]Reo zanadahin'i Rama, gny lahimatoan'i Jeramela, dra i Maza, Jamina, dra Ekera.[28]Samay vo Jada
gny zanadahin'i Onama.Nadaba vo i Abisoro gny zandahin'i Samay.[29]Gny agnarany valin'i Abisora dra Abihaila,
dra niteraky an'i Abana vo Molida taminazy izy.[30]Saleda vo Apaima gny zanadahin'i Nadaba, fa i Saleda koa dra
maty sy nana-janaky.Jisy gny zanadahin'i Apaima.[31]Sesana gny zanadahin;i Jisy.Ahelay gny zanadahin'i Jada,
rahalahin'i Samay, dra Jatera vo Jonatana.Maty sy nana-janaky i Jatera.[33]Paleta vo zaza gny zanadahin'i Jonatana.
Reo gny taranak'i Jeramela.[34]Dra Sesana sy nana-zanaky lahy, fa zanakapela avo.Nana mpanompo o Sesana, zay
Egyptiana, jara gny agnarany.[35]Nomen'i Sesana ho an'i Jara mpanompony gny zanakapelany ba ho valiny.
Niteraky an'i Atahy taminazy izy.[36]Atahy niteraky an'i Natana, dra Natana niteraky an'i Zabada.[37]Zabada niteraky
an'i Efiala, dra Efiala niteraky an'i Obeda. [38]Obeda niteraky an'i Jeho, dra Jeho niteraky an'i Azaria.[39]Azaria
niteraky an'i Haleza, dra Haleza niteraky an'i Elasa.[40]Elasa niteraky an'i Sismay, dra Sismay niteraky an'i Saloma.
[41]Saloma niteraky an'i Jekamia, dra Jakamia niteraky an'i elisama.[42]Reo zandahin'i Kaleba, rahalahin'i Jeramela,
dra Mesa lahimatoany, zay Razambeny agny Zifa.Gny zanadahiny faharo, Maresa, gny razambeny agny Hebrona.
[43]Kora, Tapoa, Rakema, dra Sema gny zanadahin'i Hebrona.[44]Sema niteraky an'i Rahama, ran'i Jorkeama. Rakema
niteraky an'i Samay.[45]Maona gny zanadahin'i Samay, dra Maona gny razamben'i Beti-zora.[46]Efaha, vadisindranon'i
Kaleba, niteraky an'i Harana, Moza, dra Gazeza. Dra Harana niteraky an'i Gazeza.[47]Ragema, Jotama, Gesana,
Paleta, Efaha, dra Safa gny zanadahin'i Jeday.[48]Maka, vadisindranon'i Kaleba, niteraky an'i Sabera vo
Tirana.Niteraky an'i Safa razambeny agny Madmana, Seva razambeny agny Makbena vo razambeny agny Gibea
avokoa izy.[49]Gny zanakapelan'i Kaleba dra i Aksa.Reo gny taranak'i Kaleba.[50]Tahoky aby gny zanadahin'i Hora,
lahimatoany avy tamin'i Efrata:Sobala razambeny agny Kiriata-Jearima,[51]Salma razamben'i Betlehema, dra
Harefa razambeny agny Beti-gadera.[52]Sobala razambeny agny Kiriata Zarima dra nana taranaky :Haroe,gny
asasaky gny vahoaky Hamenakota, [53]dra reo fokon'i Kiriata Zarima:dra reo Jitrita, Potita, Somatita, dra
Misraita.Reo Zoraita vo Estaolita dra taranaky avy amin'ereo.[54]Tahoky magnaraky tahoky gny fokon'i
Salma:Betlehema, reo Netofatita, Atrota Beti-Joaba, dra gny asasak'ereo Hamanatita-reo Zoraita, [55]reo fokon'ereo
mpanora-dalana zay nony tagny Jabeza dra :reo Tiratita, Simeatita, dra gny Sokatita.Reo Gny Kenita zay taranaky
laha tamin'i Hamata, razamben'ereo Rekabita.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 3

[1]Dra tahoky aby gny zanadahin'i Davida zay naterany tagny Hebrona:Amnona gny lahimatoa, zanak'i ahinoama
laha tagny Jezirela;Daniela gny faharo, zanak'i Abigaila laha tagny Karmela;[2]Absaloma, zanak'i Maka,
zanakapelan'i talmay mpazakan'i Gesora gny fahatelo.Adonia zanadahin'i Hagita gny fahefasy;[3]Sefatia
zanadahin'i Abitala gny fahadimy;Jitreama zanadahin'i Egla valiny gny faheny.[4]Reo enina reo gny naterak'i
Davida tao Hebronam zay nazakany nandrisy gny fito tao vo enim-bola.Laha teo izy nanapaky nandrisy gny telo
amby telo-polo tao Jerosalema.[5]Tahoky zazalahy efasy tahoky, zay avy amin'i Batsoa zanakapelan'i Amiela, dra
naterany tagny Jerolema:Simea, Sobaba, Natana, dra Solomona.[6]Reo zanadahin'i Davida sivy hafa dra:Jibara,
Elisama, Elifeleta, [7]Noga, Nafega, Jafia,[8]Elisama, Eliada, dra Elifeleta.[9]Reo gny zandahin'i Davida, sy ao agnatin'izay
reo zanany laha tamin'ereo vadisindranony.Tamara gny anabavin'ereo.[10]Rehoboama gny zanadahin'i
Solomono.Abia gny zanadahin'i Rehoboama.Asa gny zanadahin'i Abia.[11]Josafata gny zanadahin'i Asa.Jehorama
gny zanadahin'i Josafata.Ahazia gny zanadahin'i Jehorama.Joasy gny zanadahin'i ahazia.[12]Amazia gny zanadahin'i
Joasy.Azaria gny zanadahin'i Amazia.Jotama gny zandahin'i Azaria.[13]Ahaza gny zanadahin'i Jotama.Hezekia gny
zanadahin'i Ahaza.[14]Manase gny zanadahin'i Hezekia.Amona gny zanadahin'i Manase.Josia gny zanadahin'
Amona.[15]Johanana gny zanak'i Josia kahimatoa, Joikima gny faharoa, Zedekia gny fahatelo, dra Saloma gny
fahefasy.[16]Jekonia vo Zedekia gny zanadahin'i Joiakima.[17]Reo zanadahin'i Jekonia, gny babo, dra Sealtiela,
[18]Malkirama, Pedaia, Senazara, Jekamia, Hosama, dra Nedabia.[19]Zerobabela vo Simey gny zanadahin'i
Pedaia.Mesolama vo Hanania gny zanadahin'i Zerobabela;Selomita gny anabavin'ereo.[20]Reo zanadahiny hafa dra
Hasoa, Ohela, Berekia, Hasadia, dra Josaba-heseda.[21]Reo zanadahin'i Hanania dra Pelatia vo Jisaia. Rafaia gny
zanadahiny, dra Arnana, Obadia, vo Sekania gny taranaky maromaro .[22]Semaia gny zanadahin'i Sekania.Hatosy ,
Jigala, Baria, Nearia, Dra Safata gny zanadahin;i Semaia.[23]Reo zanadahin'i Nearia telo dra i Elioenay, Hezekia, dra
i Azrikama.[24]Reo zanadahin'i Elioenay fito dra Hodaia, Eliasiba, Pelaia, Akoba, Johanana, Delaia, dra Anany.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 4

[1]Reo taranak'i Joda dra Fareza, Hezrona, Kaemy, Hora, dra Sobala.[2]Sobala gny ran'i Reaia.Reaia gny ran'i
Jahata.Jahata gny ran'i Ahomay vo Lahada.Reo gny razambeny fokon'ereo Zoraita.[3]Tahoky aby reo razamben'ereo
foko tao amy tanan'i Etama:Jezirela, Jisma, dra Jidbasy.Hazelelpony gny agnarany anabavin'ereo.[4]Penoela gny
razambeny foko tao amy tanan'i Gedora.Ezera gny fiatombohan'ereo foko tao Hosa.Reo gny taranak'i Hora, gny
lahimatoan'i Efrata vo razambeny agny Betlehema.[5]Asora razambeny agny Tekoa dra nana valy ro, Hela vo Nara.
[6]Nara niteraky an'i Ahozama, Hafera, Temeny dra Hahastary. Reo gny zandahin'i Nara.[7]Reo zandahin'i Hela dra
Zareta, Jizara, Etnana [8]dra Hakoza, zay niteraky an'i anoba vo i Zobeba, vo gny foko laha tamy taranak'i Aharela
zanadahin'i Haroma.[9]Jabeza dra voahaza koa noho reo rahalahiny.Jabeza gny nitokava gny reniny anazy .Hoy izy
ho:''Satria tamy fatahora gny niterahako anazy.''[10]Nitoka agny Zagnahary gny Israely i Jabeza dra nizaka ho:''Raha
hitahy anahy vatany ianao, dra hizaka gny fari-taniko, dra gny tagnanao homba anahy. Fa gny manao anizay
ianao dra hiarao anahy amy rasy , ba ho afaky amy fahatahorako !''Koa dra notaterahin'Agnahary gny fivavany.
[11]Keloba rahalahin'i Soha niteraky an'i Mehira, zay ran'i Estona.[12]Estona niteraky an'i Betirafa, Pasea, dra Tehina,
zay nagnory gny tanana'i Ir-nahasa. Reo aby reo olo nony tao Reka.[13]Reo zanadahin'i Kenaza dra Otniela vo
Seraia.Reo zanadahin'i Otniela dra Hatata vo Meonotahy.[14]Meonotahy niteraky an'i Ofra,dra Seraia niteraky an'i
Joaba, gny niatombohany lohasahany mpiasa, zay mpanao asa-tagna gny vahoakiny.[15]Reo zandahin'i Kaleba
zanadahin'i Jefone dra Iro, Elaha vo Nama.Gny zanadahin'i Elaha dra Kenaza.[16]Reo zanadahin'i Jehalalila dra i
zifa, Zifaha, Tiria dra Asarela.[17]reo zanadahin'i Ezra dra i Jatera, Mareda, Efera dra i Jalona.Gny Egyptiana valin'i
Mareda dra niteraky an'i Miriama, samay dra Jisba, zay razameny agny estemoa.Reo gny zanadahin'i Bitia,
zanakapelan'i Farao, zay nivalin'i Mareda.[18]Gny Jiosy valin'i Mareda dra niteraky an'i Jareda, zay niteraky an'i
Gedora;Hebera, zay niteraky an'i Soko;dra Jakotiela zay niteraky an'i Zanoa.[19]Gny amin'ereo zanaky ro lahy valin'i
Hodia, anabavin'i Nahama, gny raiky dra niteraky an'i Keila gny Garmita.Gny hafa dra Estemoa gny Makatita.
[20]Reo zanadahin'i Simona dra i Amnona, Rina, Ben-hanana, dra Tilona.Reo zanadahin'i Jisy dra i Zoheta vo Ben-
zoheta.[21]Reo taranak'i Sela zanadahin'i Joda dra Era ran'i Leka, Lada ran'i Maresa vo reo fokon'ereo mpanao
rongony fosy madiniky tagny Asbea,[22]Jokima, reo vahoakin'i Kozeba, dra Joasy vo sarafa, zay nana fanagna tao
Moaba, nefa nihery tagny Betlehema .(Laha tamin'ereo raki-sorasy taloha io fampahafatara io)[23]Gny sasany
tamin'ereo olo mpanefy vo tanimanga reo dra nony tao Netaima vo Gadera dra niasa ho agny mpazaka.[24]Reo
taranak'i Simeona dra Nemoela, Jamina, Jariba, Zera dra Saoly.[25]Saloma gny zanadahin'i Saoly, Mibsama gny
zanadahin'i Mibsama.[26]Reo taranak'i Misma dra i Hamoela zanadahiny, Zakora zafiny, dra Simey zafiafiny.[27]Simey
dra nana zanadahy enina ambiny folo dra zanakapela enina.Gny rahalahiny dra sy nana zanaky maro, ka sy
nitombo manahaky gny vahoakin'i Joda gny isan'ereo fokony.[28]Nony tao Ber-sheba, Molada, vo tao Hazara-soala
izy reo.[29]Nony tao Bila, Ezema vo Tolada,[30]Betoela, Horma vo Ziklaga, [31]Beti-markobota, Hazora-sosima, Beti-biry
dra Saraima avo koa izy reo.Reo gny tanan'ereo mandra-pazakan'i Davida.[32]Reo tana dimin'ereo dra Etama, Aina,
Rimona, Tokena, dra Asana, [33]niaraky tamin'ereo tana magnodidy hatragny Bala.Reo gny fonenan'ereo. dra izy
reo gny nihazo gny tahiriny tetiarana.[34]Reo mpitariky gny foko dra i Mesobaba, Jamleka, Josa zanadahin'i Amazia,
[35]Joela, Jeho zanadahin'i Josibia zanadahin'i Seraia zanadahin'i Asiela, [36]Elioenay, Jakoba, Jesohaia, Asaia, Adiela,
Jasimiela vo Benaia.[37]dra Ziza zanadahin'i Sify zanadahin'i Alona zanadahin'i Semaia.[38]Reo agnarany voatogno
reo gny mpitariky tao amy fokon'ereo, dra nitombo maro reo fokony.[39]Nihamariny'i Gedora izy reo, tagny amy
ilany asignanany lohasaha, ba hitalia ahisy ho agny agn'ondry vo osin'ereo. [40]Nahita ahisy maro sady soa izy
reo.Nalalaky, nangingina, dra nilamy gny tany.Fa mony tao reo Hamita tagny alohy.[41]Reo voasorasy agnara reo
dra avy tamy andron'i Hezekia mpazakan'i Joda, ka nanafiky gny fonenan'i Hamita vo reo Meonita, zay tao avo
koa.Naringan'ereo tateraky izy reo dra mony tao satria nahita ahisy ho an'ereo agn'ondry vo osin'ereo.[42]Nisy
lelahy dima-zato laha taminy fokon'i Simeona nagnany amy lohambohisy Seira, niaraky tamin'ereo
mpitarikin'ereo dra i Peletaia, Nearia, Refaia, dra Oziela zanadahin'i Jisy, [43]Nandresy gny sisa afaky tamy
Amalekitya izy reo , ka nonita tao mandrak'androany.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 5

[1]Reo zanadahin'i Robena gny lahimatoan'Israely-dra Robena gny Lahimatoan'Israely, Kanefa nomeny an'ereo
zanadahin'i Josefa zanadahin'iIsraely gny fizokiany satria nandoto gny fandrian-drany i Robena.Ka dra sy
voasorasy ho zanadahiny zokiny indrindra tamin'ereo rahalahiny, dra laha taminazy gny niavian'ereo
rahalahiny, dra avy aminazy gny niaviany mpitariky.Kanefa gny fizokia dra an'i Josefa-[3]reo zanadahin'i Robena,
gny lahimatoan'Israely dra i Hanoka, Palo, Hezrona, dra Karmy.[4]Tahoky aby gny taranak'i Joela:gny zanadahin'i
Joela dra i Semaia.[5]Gny zanadahin'i Semaia dra i Goga.Gny zanadahin'i Goga dra i Simei.Gny zanadahin'i Semei
dra i Mika.Gny zanadahin'i Mika drai Reaia.Gny zanadahin'i Reaia dra i Bala.[6]Gny zanadahin'i Bala dra i Bera, gny
nalan'i Tiglato-pilesera mpzakan'i Asyria ho Babo.Bera dra mpitariky tao amy fokon'i Robena.[7]Tahoky magnaraky
tahoky gny havan'i Bera aby amin'ereo fokony, zay voahiaky ao amy tahiriny tetiaran'ereo:Jeiela gny zokiny aby,
Zakaria, vo i [8]Bela zanadahin'i Azaza zanadahin'i Sema zanadahin'i Joela,Nony tagny Aroera, hatragny
manomboky eo amy efisy ze mihitasy hatragny amy renirano Efrata izy reo.Zay dra satria nana biby fiteza maro
amy tanin'i Gileada izy reo.[10]Tamy andron'i Saoly, dra nanafiky an'ereo Hagrita gny fokon'i Robena dra nandresy
anazy reo.Mony tao amy lain'ereo Hagrita nanerany gny tany aby tagny asignanan'i Gileada izy reo.[11]Mony teo
marinin'ereo gny mpikamba tao amy fokon'i Gada, teo amy tany Basana hatragny Saleka.[12]Gny mpitaraiky anazy
reo dra i Joela, zay lelabeny foko, dra Safama gny lahibeny foko hafa, dra Janay vo Safata tagny basana.[13]Reo
havan'ereo , laha tamin'ereo fianakavian-drany, dra i Mikaela, Mesolama, Seba, Joray, Jakana, Zia, dra Ebera-fito
gny fitambarany.[14]Reo olo voazaka agnara eo agnabony reo gny taranak'i Abihaila, dra zanadahin'i Hory.Hory dra
zanadahin'i Jaroa.Jaroa dra zanadahin'i Gileada, Gileada dra zanadahin'i Mikaela.Mikaela dra zanadahin'i
Jesisay.Jesisay dra zanadahin'i Jado.Jado dra zanadahin'i Boza.[15]Ahia zanadahin'i Abdiela zanadahin'i Gony, gny
loham-pianakaviany ran'ereo.[16]Mony tao Gileada, tagny Basana, tao amy renivohiny izy reo, dra tao amy tagny
fihinanam-bilon'i Sarona aby hatragny amy sisin-tany .[17]Reo aby reo dra voahiaky araky gny tahiry tetiarana
tamy andron'i Jotama mpazakan'i Joda vo tamin'i Jeroboama mpazakan'Israely.[18]Reo Robenita, reo Gadita, dra gny
asasaky gny fokon'i Manase dra nana miaramila efasy arivo vo efasy aly voahofa ho amy aly, zay nita ampinga vo
sabata, dra nagneza gny sipiky.[19]Nanafiky an'ereo Agarita, Jetora, Nafisy , dra nodaba izy reo.[20]Nandramby
fagnampia laha tamin'Agnahary izy reo ba hameleza anazy reo.Tamin'izay fomba zay, gny naharesy reo Agarita
vo zay aby niaraky tamin'ereo. Zay dra satria nitalaho tamin'Agnahary tany an'aly gny Israelita, dra namaly
anazy reo Izy, satria nametraky gny fitokosany taminazy izy reo.[21]Nisamborin'ereo gny biby fitezany, agnisan'izay
gny rameva dimy hariva, agn'ondry vo osy 250. 000. boriky ro arivo, dra lelahy 100.000. [22]Satria Zagnahary nialy
ho anazy reo, dra nivonon'ereo gny ankamaroan'ereo fahavalo. Mony tao amy taniny izy reo mandra-pahaviny
fanababoa.[23]Mony teo amy tany Basana hatragny Bala Hermona vo Senira (Tendrombohisy Hermona zay)gny
asasany gny fokon'i Manase.[24]tahoky aby gny mpitariky gny fianakavian'ereo:Efera , Jisy, Eliala, Azriela,Jeremia,
Hodavia vo be risi-po, lelahy malaza, mpitariky gny fianakavian'ereo.[25]Kanefa sy nahatoky gny Zagnaharin'ereo
razambeny izy reo.Fa koa, nanompo gny Zagnaharin'ereo vahokiny tany, zay fa niravan'Agnahary teo
anatrehan'ereo.[26]Gny Zagnaharin'Israely nampirisiky an'i Pola mpazakan'i Asyria, (Nitokavy avo koa ho Tiglato-
pilesera, mpazakan'i Asyria).Nalefany sesi-tany reo Robenita, Gadita, dra gny asasny gny fokon'i
Manase.Nandesiny tagny Hala, Habora, Hara, dra tagny amy reniranon'i Gozana izy reo, zay hitoeran'ereo
mandrak'Androny.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 6

1Reo zanadahin'i Levy dra i Gersona, Kehata, dra i Merary.2Reo zanadahin'i Kehata dra i Amrama, Jizara,
Hebrona, dra Oziela.3Reo zanak'i Amrama dra i Arona, Mosesy dra Miriama.Reo zanadahin'i Arona dra Nadaba,
Abiho, Eleazara, dra Itamara.4Eleazara niteraky an'i Finehasa, dra Finehasa niteraky an'i Abisisoa.5abisoa
niteraky an'i Boky, dra Boky niteraky an'i Ozy.6Ozy niteraky an'i Zerahia, dra Zerahia niteraky an'i Meraiota.
7Meraita niteraky an'i Amaria, dra Amaria niteraky an'i Ahitoba.8Ahitoba niterka an'i Zadoka, dra Zadoka
niteraky an'i Ahimaza.9Ahimaza niteraky an'i Azaria, dra Azaria niteraky an'i Johanana.10Johanana niteraky an'i
Azaria, zay nanompo tao amy tempoly zay namboarin'i Solomona tany Jerosalema.11Azaria niteraky an'i Amaria,
dra Amaria niteraky an'i Ahitoba.12Ahitoba niteraky an'i Zadoka, dra Zadoka niteraky an'i Saloma.13Saloma
niteraky an'i Hilkia, dra Hilkia niteraky an'i Azaria. 14Azaria niteraky an'i Seraia, dra Seraia niteraky an'i
Jozadaka.15Lasa babo i Jozadaka fa gny nataon'i Yaveh sesi-tany tamy gny tanan'i Nebokadnezara i Joda vo
Jerosalema.16Reo zanadahin'i Levy dra i Gersona, Kehata, dra Merary.17Reo zanadahin'i Gersona dra i Libny vo
Semey.18Reo zanadahin'i Kehata dra i Amrama, Jizara, Hebrona, dra Oziela.19Reo zanadahin'i Merary dra i Maly vo
Mosy.Lasa fokon'i Levita laha tamin'ereo fianakavian-drany izy reo.20Reo taranak'i Gersona dra nanomboky
tamin'i Libny zanadahiny. Gny zanadahin'i Libny dra i Jahata.Gny zanadahiny dra i Zima. 21Gny zanadahiny i Joa.
Gny zanadahiny dra i Ido.Gny zanadahiny i Zera.Gny zanadahiny dra i Jeateray.22Reo taranak'i Kehata dra
nanomboky tamin'i Aminadaba zanadahiny.Gny zanadahiny dra i Kora. Gny zanadahiny dra i Asira.23Gny
zanadahiny dra i Elkana. Gny zanadahiny dra i Asira.24Gny zanadahiny dra i Tahata, Gny zanadahiny dra i
Oriela.Gny zanadahiny dra i Ozia. Gny zanadahiny dra i Saoly.25Reo zanadahin'i Elkana dra i Amasay, Ahimota,
dra Elkana.26Gny zanadahin'itio Elkana faharo itio dra i Zofay. Gny zanadahiny dra i Nahata.27Gny zanadahiny dra
i Eliaba.Gny zanadahiny dra i Jerohama. Gny zanadahiny dra i Elkana.28Reo zanadahin'i Samoela, dra i Joela
lahimatoa, dra Abia, gny faharo.29Gny zanadahin'i Merary dra Maly.Gny zanadahiny dra Libny. Gny zanadahiny
dra i Semey. Gny zanadahiny dra dra Oza.30Gny zanadahiny dra Simea. Gny zanadahiny dra Hagia.Gny zandahiny
dra Asaia.31Tahoky aby reo agnaran;ereo lelahy ze nataon'i Davida hiandraikisy gny raha-magneno tao an-
tragnon'i Yaveh, tao afarany nizagnany tobily tao. 32Nanompo tamy fihira nanoloa gny tabernakely, gny tragno
gny fihiogna izy reo, mandra-pahavitan'i Solomona gny tragnon'i Yaveh tagny Jerosalema. Nahatateraky gny
adidiny nifagnaraky tamin'ereo toromariky ze nomeny anazy reo.33Tahoky aby reo zay nanompo niaraky
tamin'ereo zanadahiny.Laha tamy fokon'i Kehatita i Hemana mpitendry raha-magneno.Tahoky aby reo
razambeny, mihery araky gny fotoa:Hemana gny zanadahin'i Joela. Joela gny zanadahin'i Samoela.34Samoela gny
zanadahin'elkana.Elkana gny zanadahin'i Jerohama.Jerohama gny zanadahin'i Eliala.Eliala gny zanadahin'i Toa.
35Tahoky gny zanadahin'i Zofa.Zofa gny zanadahin'i Elkana.Elkana gny zanadahin'Amasay. Amasay gny
zanadahin'i Elkana.36Elkana gny zanadahin'i Joela.Joeala gny zanadahin'i Azaria.Azaria gny zanadahin'i Zefania.
37Zefania gny zanadahin'i Tahata.Tahata gny zanadahin'i Asira.Asira gny zanadahin'i Ebiasafa.Ebiasafa gny
zanadahin'i Kora.38Kora gny zanadahin'i Jizara.Jizara gny zanadahin'i Kehata.Kehata gny zanadahin'i Levy. Levy
gny zanadahin'Israely.39Asafa gny mpiara-miasa tamin'i Hemana, zay nisanga teo amy tagnany ankavana.Asafa
gny zanadahin'i Berekia.Berekia gny zanadahin'i Simea. 40Simea gny zanadahin'i Mikaela. Mikaela gny
zanadahin'i Beseia.Beseia gny zanadahin'i Malkia.41Malkia gny zanadahin'i Etny.Etny gny zanadahin'i Zera.Zera
gny zanadahin'i Adaia. 42Adaia gny zandahin'i Etana.Etana gny Zanadahin'i Zima. Zima gny zanadahin'i Simey.
43Simey gny zanadahin'i Jahata. Jahata gny zanadahin'i Gersona. Gersona gny zanadahin'i Levy.44Teo amy tagnany
ankavian'i Hemana reo zanadahin'i Merary zay mpiara-miasa taminazy. Agnisan'izay i Etana zanadahin'i
Kisy.Kisy dra zandahin'i Abdia.Abdia gny zanadahin'i Hasabia.Hasabia gny zanadahin'i Amazia.Amazia gny
zanadahin'i Hilkia.46Hilkia gny zanadahin'i Amzy. Amzy gny zanadahin'i Samera.47Samera gny zanadahin'i Maly.
Maly gny zanadahin'i Mosy. Mosy gny zanadahin'i Merary. Merary gny zanadahin'i Levy.48Reo mpiara-miasa
amin'ereo, reo Levita, dra voatendry hanao gny asa aby ho agny tabernakely, gny tragnon'Agnahary.49Arona vo
reo zanadahiny gny nanao gny fagnatisy teo amy alitara ho agny fagnatisy oroa;vo gny fagnatisy teo amy
alitarany litin-kazo magnisy ho agny asa aby eo toera masy indrindra. Reo fagnatisy reo gny nanova fagnavota ho
an'Israely, araky zay aby nandidin'i Mosesy gny mpanompon'Agnahary.50Reo taranak'i Arona dra voahiaky
manahaky anizao magnaraky zao:gny zanadahin'i Arona dra Eleazara.Gny zandahin'i Eleazara dra Finehasa. Gny
zanadahin'i Finehasa dra Abisoa.51Gny zanadahuin'i Abisoa dra Boky. Gny zanadahin'i Boky dra Ozy.Gny
zanadahin'i Ozy dra Zerahia.52Gny zanadahin'i Zerahia dra Meraiota.Gny zanadahin'i Meraiota dra Amaria.Gny
zanadahin'i Amaria dra Ahitoba.53Gny zanadahin'i Ahitoba dra Zadoka. Gny zanadahin'i Zadoka dra Ahimaza.
54Tahoky aby reo toera ze voatondro honenan'ereo taranak'i Arona, zay natao ho an'ereo taranak'i Arona zay aby
amy fokon'i Kehatita (gny filoka volohany dra anazy reo).55Nomen'ereo anazy reo Hebrona agny amy tanin'i Joda


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

vo reo tany fihinanam-bilony, [56]fa reo sahany tana vo reo vihiny koa dra nomen'ereo an'i Kaleba zanadahin'i Jefone.[57]Ho an'ereo taranak'i Arona dra nomen'ereo:Hebrona ( tana gny fialofana), vo Libna miaraky amin'ereo tany fihinanam-bilony, Jatira, Estemoa miaraky amin'ereo tany fihinanam-bilony, [58]Hilena miaraky amin'ereo tagny fihinanam-bilony, dra Debira miaraky amin'ereo tany fihinanam-bilony.[59]Nomen'ereo ho an'ereo taranak'i Arona:Asana miaraky amin'ereo tany fihinananm-bilony co Beti-semesy miaraky amin'ereo tany fihinanam-bilony;[60]dra laha tamy fokon'i Benjamina gny nagnomeza anazy reo an'i Geba miaraky amin'ereo tagny fihinanam-bilony , Alemeta miaraky amin'ereo tagny fihinanam-bilony, dra Anotata miaraky amin'ereo tany fihinanam-bilony . Reo tanan'ereo aby dra miisa teo ambiny folo.[61]Ho an'ereo taranak'i Kehata sisany dra nomen'ereo anazy reo tamy filokana reo tana folo avy amy asasaky gny fokon'i Manase.[62]Ho an'ereo taranak'i Gersona amin'ereo fokony isan-karazany dra nomeny ho anazy gny tana telo ambi folo laha tamin'ereo fokon'Isakara, Asera, Naftaly, dra gny asasaky gny fokon'i Manase Basana.[63]Ho an'ereo taranak'i Merary dra nomen'ereo tana ro amby folo, araky reo fokony, laha tamy fokon'i Robena , Gada, dra Zebolona.[64]Dra nomen'ereo olon'Israely ho an'ereo Levita reo tana reo miaraky amin'ereo tany fihinanam-bilony.[65]Notendren'ereo tamy filoka reo renovohisy voazaka teo aloha laha tamy fokon'i Joda, Simeona , dra Benjamina.[66]Ho an'ereo fokon'i Kehatita gnilany dra nomen'ereo tana laha tamy fokon'i Efraima.[67]Nomen'ereo anazy reo:Sekema (Tananigny fialofa )miaraky amin'ereo tany fihinanam-bilony tagny amy tany havoan'i Efraima, Gazera miaraky amin'ereo tany fihinanam-bilony, [68]Jokmeama miaraky amin'ereo tany fihinanam-bilony, Beti-horona miaraky amin'ereo tany fihinanam-bilony, [69]Aialona miaraky amin'ereo tany fihinanam-bilony dra Gata-rimona miaraky amin'ereo tany fihinanam-bilony.[70]Nomen'ereo tapany gny fokon'i Manase an'ereo Kehatita:Amara miaraky amin'ereo tany fihinanam-bilony vo Bileama miaraky amin'ereo tany fihinanam-bilony. Lasa fanagnan'ereo fokon'i Kehatita sisa reo.[71]Ho an'ereo taranak'i Gersona sy ao agnatiny asasaky gny fokion'i Manase, nomen'ereo :Golana agny Basana miaraky amin'ereo tany fihinanam-bilony vo Astarta miaraky amin'ereo tany fihinanam-bilony.[72]Nomen'i fokon'Isakara an'ereo taranak'i Gersona:Kadesy miaraky amin'ereo tany fihinanam-bilony, Daberata miaraky amin'ereo tany fihinanam-bilony, [73]Ramota miaraky amin'ereo tany fihinanam-bilony, dra Anema miaraky amin'ereo tany fihinanam-bilony.[74]Nirambesin'Isakara laha tamin'i fokon'i Asera:Masala miaraky amin'ereo tany fihinanam-bilony, Abdona miaraky amin'ereo tany fihinanam-bilony, [75]Hokoka miaraky amin'ereo tany fihinanam-bilony, dra Rehoba miaraky amin'ereo tany fihinananm-bilony. [76]Nirambesin'ereo laha tamy fokon'i Naftaly:Kadesy agny Galilia miaraky amin'ereo tany fihinanam-bilony, Hamona miaraka amin'ereo tany fihinanam-bilony, dra Kiritaimja miaraky amin'ereo tany fihinanam-bilony.[77]Ho anigny sisa amireo Levita, reo taranak'i Merary, dra namenigny fokony Zebolona: Rimono miaraky amireo tany fihinanam-bilony vo Tabara miaraky amireo tany fihinanam-bilony. [78-79]Dra name honereo avo koa, gny teo apitan'i Jordana agny Jeriko, teo asignananigny ony: Bazera tagny agnefisy miaraky amireo tany fihinanam-bilony, Jaza miaraky amireo tany fihinanam-bilony, Mefata miaraky amireo tany fihinanam-bilony. Reo gny name avy amigny fokon'i Robena. [80]Nirambesin'ereo Levita laha tamy fokon'i Gada:Ramata agny Gileada miaraky amin'ereo tagny fihinanam-bilony, Mahanaima miaraky amin'ereo tagny fihinanam-bilony, [81]Hesbona miaraky amin'ereo tagny fihinanam-bilony, dra Jazera miaraky amin'ereo tagny fihinanam-bilony.

Chapter 7

[1]Reo zanadahin'i Jisakara efasy dra i Tola, Poa, Jasoba dra Simrona.[2]Reo zanadahin'i Tola dra Ozy , Refaia, Jeriela,
Jamay, Jibsama dra i Samoela. Izy reo gny lohany ao amy fianakaviany ran'ereo, laha tamy taranak'i Tola dra isy
reo dra isan'ereo mpialy lahery tamy andron'ereo. 22,600 gny isan'ereo tamy andron'i Davida.[3]Gny zanak'i Ozy
dra i Jizrahia. Reo zandahin'i Mikaela, Obadia, Joela, dra Jisia, iay dimy reo dra mpitariky foko aby.[4]Andian-tafiky
enina arivo vo teolo aly hiatriky aly gny niaraky tamin'ereo, araky gny lisita gny fianakaviany razamben'ereo ,
satria izy reo dra nana valy aman-janaky maro be. [5]Reo rahalahiny, laha tamy fokon'i Jisakara, dra nana lelahy
mpialy fito arivo vo valo aly, araky gny lisita gny fianakaviany razamben'ereo.[6]Reo zanak'i Benjamina telo lahy
dra i Bela, Bakera, dra Jediaela.[7]Reo zanak'i Bela dimy lahy dra i Ezbona, Ozy, Oziela, Jerimota, dra Iry.Izy reo dra
miaramila vo fiandohan'ereo foko.Niisa 22, 034 reo lelahy mpialy, araky gny lista gny fianakaviany
razamben'ereo.[8]Reo zanadahin'i Bakera dra i Zemira, Joasy, Eliezera, Elioenay, Omry, Jerimota, Abia, Anatota, dra
Alameta.Reo aby reo dra zanadahyny.[9]Gny lisita gny fikin'ereo dra miisa 20, 200 fianakavia mpitariky vo lelahy
mpialy.[10]Gny zanadahin'i Jediaela dra i Bilanna.Reo zanadahin'i Bilana dra i Jeosy, Benjamina, Ehoda, Kenana,
Zetana, Tarsisy dra i Ahizahara.[11]Reo aby reo gny zanadahin'i Jediaela.Reo voasorasy ao amy lisita gny fokon'ereo
dra nisy mpitariky vo lelahy mpialy 17, 200 lany ho amy raharaha miaramila .[12](Gny zanadahin'Iry dra i Sopima
vo Hopima, dra Hosima dra zanadahin'i Ahera.)[13]Gny zanadahin'i Naftaly dra Jaziela, Gony, Jezera, dra Saloma.
Reo Zafikelin'i Bila.[14]Nana zanadahy tinoka hoe Asriela i Manase, zay nateraky Syriana vadisindranony.Izy koa
dra niteraky an'i Matira, ran'i Gileada.[15]Nangalaky valy laha tamin'i Hopima vo Sopima i Makira.Imaka gny
agnarany rapela.Taranak'i Manase hafa koa i Zelofada, zay nana-zanaky ampela toka.[16]Imaka valin'i Makira, dra
niteraky zanadahy dra nitokavy ho PAresy. Gny agnarany rahalahiny dra Saresy, dra reo zanadahiny dra i Olama
vo Rakema.[17]Gny zanadahin'i Olama dra Bedana.Reo gny taranak'i Gileada zanadahin'i Makira zandahin'i
Manase.[18]Hamoleketa anabavin'i Gileada dra niteraky an'Isehoda, Abiezera, dra Mahala.[19]Reo zanadahin'i Semida
dra Ahiana, Sekema, Liky dra Aniama.[20]Reo taranak'i Efraima dra tahoky magnaraky tahoky:Gny zanadahin'i
Efraima dra i Sotela.Gny zanadahin'i Sotela dra Bareda.Gny zanadahin'i Bareda dra i Tahata.[21]Gny zanadahin'i
Tahata dra Elada.Gny zanadahin'i Elada dra Tahata.Gny zanadahin'i Tahata dra Zabada.Gny zanadahin'i Zabada
dra Sotela.(Ezera vo Eleda dra novonon'ereo lelahin'i Gata, tompon-tany, fa gny nandeha nangalasy gny biby
fitezany izy reo.[22]Nandala ho anazy reo nandrisy gny andro maro i Efraima ran'ereo, dra avy nampahery anazy
reo rahalahiny.[23]Nandry niaraky tamy valiny izy: Nibevoka izy dra niteraky zaza lahy.Nitokavan'i Efraima ho
Beria izy, satria nisy fahoria avy teo amy fianakaviany.[24]Gny zakapelany dra i Sera, zay nagnoru an'i Beti-horona
ambany vo agnabony dra Ozena-sera.)[25]Gny zanadahiny dra i Refa.Gny zanadahin'i Refa dra i Resefa. Gny
zanadahin'i Rasefa dra i Tela.Gny zanadahin'i Tela i Tahana.[26]Gny zanadahin'i Tahana dra i Ladana. Gny
zanadahin'i Ladana dra i Amihoda.Gny zanadahin'i Ahimoda dra i Elisama.[27]Gny zanadahin'i Elisama dra i Nona.
Gny zanadahin'i Nona dra i Josoa.[28]Reo fanagna vo fonenan'ereo dra Betela vo reo zana-bohiny magnodidy
anazy.Izy reo dra nihitasy hatragny asignanan'i Narana vo tagny andrefan'i Gazera vo reo zana-bohony, dra tagny
Sekema vo reo zana-bohony hatragny Geza vo reo zana-bohiny.[29]Tegny amy sisin-tanin'i Manase gny nisy an'i beti-
sana vo reo zana-bohiny, Tanaka vo gny zana-bohiny, Megido vo gny zana-bohiny, dra Dora vo reo zana-
bohiny.Tegny amin'ereo tana- lahibe reo gny nipetraky reo taranak'i Josefa zanadahin'Israely.[30]Gny zanadahin'i
Asera dra Jimna, Jisva, Jisvy, dra Beria. Sera gny anabavin'ereo.[31]Gny zanadahin'i Beria dra i Hebera vo Malkiela,
zay ran'i Birzavita.[32]Reo zanadahin'i Hebera dra i Jafleta, Somera, dra Hotama.Soha gny anabavin'ereo.[33]Reo
zanadahin'i Jafleta dra i Pasaka, Bimala, dra Asvata. Reo gny zanak'i Jafleta.[34]Somera, rahalahin'i Jafleta, dra nana
anitahoky zanadahy tahoky :Rohaga, Hoba dra Arama.[35]Helema,rahalahin'i Semera, dra nana anitahoky
zanadahy tahoky:Zofa, Jimna, Selesy, dra Amala.[36]Reo zanadahin'i Zofa dra i Soha, Harnefera, Soala, Bery, Jimra,
[37]Bazera, Hoda, Sama, Silsa, Jitrana,dra Bera.[38]Reo zanadahin'i Jatera dra Jefone, Pispa, dra Ara.[39]Reo zanadahin'i
Ola dra Ara, Haniela, dra Rizia.[40]Reo aby reo gny taranak'i Asera. Izy reo gny razambeny fokon'ereo , mpitariky
gny fianakavian'ereo, lelahy manan-daza, lelahy mpialy, dra lahibe teo amin'ereo mpitariky. Enina arivo vo ro aly
gny isan'ereo lelahy zay lany hanao miaramila, araky gny isa agnatiny lisitan'ereo.

Chapter 8

1Reo zanadahiny dimy lahin'i Benjamina dra bela lahimatoany, Asbela, Ahara, 2Noha, dra Raha.3Reo zanadahin'i
Bela dra Adara, Gera, Abihoda, 4Abisoa, Namana, Ahoa,5Gera, Sefofona, dra Horama6Tahoky gny taranak'i Ehoda
zay lohany fianakavia gny mponin'i Geba, zay voatery nifindra tagny Manahata:7Namana , Ahia, dra Gera, zay
nitariky anazy reo tamy fifindran'ereo. Izy gny ran'i Oza vo Ahihoda.8Saharaima dra niteraky tagny an-tanin'i
Moaba, tafarany nisarahany am-panambaliany tamin'i Hosima vo Bara valiny.9Tamin'i Hodesy valiny, gny
niterahan'i Saharaima an'i Jobaba, Ziba,Mesa, Malkama.10Jeoza, Sakia, dra Mirma.Reo gny zanadahiny, mpitariky
tao amy gny fianakaviany.11Fa niteraky an'i Abitoba vo Elpala tamin'i Hosima avo koa izy.12Gny zanadahin'i Elpala
dra Ebera, Misama, vo samera (zay nagnory an'i Ono vo Loda dra gny zana-bohiny magnodidy)13Teo avo koa i
Beria vo Sema.Lohan'ereo fianakavia nipetraky tagny Aialona, zay nandroaky gny mponin'i Gata izy reo.14Tahoky
aby gny zanadahin'i Beria:Ahio, Sasaka, Jeremota,15Zebadia, Arada, Adera,16Mikaela , Jispa, dra Joha.17Tahoky aby
gny zanadahin'i Elplala:Zebadia, Mesoloma, Hizky, Hebera,18Jismeray, Jizlia,dra Jobaba.19Tahoky aby gny
zanadahin'i Simey:Jakima, Zikry, Zabdy,20Elienay, Ziletahy, Eliala, 21Adaia, Beraia, dra Simrata.22Tahoky aby gny
zanadahin'i Sasaka:Jispana, Hebera, Eliala,23Abdona, Zikry, Hanana,24Hanania, Elama, Antotia, 25Jifdia, dra
Penoela.26Tahoky gny zanadahin'i Jerohama:Samseray, Seharia, Atalia,27Jaresia, Elia, dra Zitry.28Reo gny lohany
fianakaviany vo mpitariky ze nipetraky tao Jerosalema.29Gny razamben'i Gibeona, dra i Jehiela, zay nitokavy ho
Imaka gny valiny , dra nipetraky tao Gibeona.30Gny lahimatoany dra i Abdona, narahan'i Zora, Kisy, Bala, Nadaba,
31Gedora, Ahio, dra Zakera.32Zanadahin'i Jehiela hafa i Miklota, ze niteraky an'i Simea.Nipetraky tegny mariny
havany tegny Jerosalema avo koa izy reo.33Nera dra ran'i Kisy. Kisy dra ran'i Saoly. Saoly dra ran'i Jonatana,
Malkisoa, Abinadaba, dra Esbala.34Meribala dra zanadahin'i Jonatana. Meribala dra ran'i Mika.35Gny zanadahin'i
Mika dra i Pitona, Maleka, Tarea, dra Ahaza.36Ahaza dra ran'i Joada.Joada dra ran'i alemeta, Azmaveta, dra
Zimry.Zimry dra ran'i Moza.37Moza dra ran'i Binea.Binea dra ran'i Rafa. Rafa dra ran;i Elasa. Elasa dra ran'i Azela.
38Nana-zanaky enina mirahalahy i Azela:Azrikama, Bokero, Isimaela, Searia, Obadia, dra Hanana.39Zanak'i Azela
avo koa izy reo. Gny zanadahin;i Eseka, rahalahiny , dra i Olama lahimatoany, Jeosy lahiaivo, dra Elifeleta
fahatelo. 40Lalahy mpialy vo mpanoraky sipiky reo zanadahin'i Olama.Nana zanaky vo zafy maro izy reo, 150 gny
fitambarany.Reo aby reo dra agnisany taranak'i Benjamina.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 9

1Ka dra voasorasy tao amin'ereo tetiara gny Israely aby, Dra voasorasy tao amy bokin'ereo mpazakan'Israely izy
reo . Raha gny amin'i Joda, dra nalefa sesitany tagny Babylona izy reo noho gny fahotany.2Gny mony volohany
tagny amy tanan'ereo dra gny sasany tamin'ereo Israelita, reo mpisoro, reo Levita, dra reo mpanompony
tempony. 3GNy sasany tamin'ereo taranak'i Joda, Benjamina, Efraima, dra Manase dra nitoesy tagny Jerosalema.
4Reo mpagnorim-ponena dra nahita an'i Otahy zanadahin'i Amihida zanadahin'i Omry zanadahin'Imry
zandahin'i Bany, raiky amin'ereo taranak'i Fareza zanadahin'i Joda.5Teo amin'ereo zanadahiny.6Teo amin'ereo
taranak'i Zera dra i Jeoela. Gny taranak'ereo dra niisa 690.7Teo amin'ereo taranak'i Benjamina dra i Salo
zanadahin'i Mesolama zanadahin'i Hodavia zanadahin'i Hasenoa.8Teo avo koa Jibnia zanadahin'i Jerohama;Elaha
zanadahin'i Ozy zanadahin'i Mikry, dra Mesolama zanadahin'i Sefatia zanadahin'i Regoela zanadahin'i Jibnia.9Reo
havan'ereo zay voasorasy tao amy lisita gny tetihara dra niisa 956. Reo lelahy aby reo gny mpitariky tamy fokony
razamben'ereo.10Reo mpisoro dra i Jedaia, Joiariba, dra Jatina.11Teo avo koa i Azaria zanadahin'i Hilkia
zanadahin'i Mesolama zanadahin'i Zadoka zanadahin'i Meraiota zanadahin'i Ahitoba, gny raiky ze misaha gny
tragnon'Agnahary.12Teo i Adaia zanadahin'i Jerohama zanadahin'i Pasora zanadahin'i Malkia. Teo avo koa i Masay
zanadahin'i Adieloa zanadahin'i Jazera zanadahin'i Mesolama zanadahin'i Mesilemita zanadahin'Imera.13Reo
havan'ereo ,zay mpitariky tao amy fokon-drazamben'ereo dra niisa 1, 760. Tena lelahy nahay tamy asany
tragnon'Agnahary izy reo.14Teo amin'ireo Levita, dra nisy an'i Semaia zanaky lahin'i Asoba zanaky lahin'i
Azrikama zanaky lahin'i Asabia, teo amin'ireo taranak'i Merary. 15Dra teo avo koa i Bakbakara, Haresy, Galala, dra
Matania zanaky lahin'i Mika zanaky lahin'i Zikry zanaky lahin'iAsafa. 16Teo avo koa Obadia zanaky lahin'i Semaia
zanaky lahin'i Galala zanaky lahin'i Jedotona; dra Berekia zanaky lahin'i Asa zanaky lahin'i Elkana, izay nitoboky
tagny amigny vohis'ireo Netotatita.17Reo mpiamby vatrangara dra Saloma, akoba, Talmona, Ahimana, dra reo
taranakin'ereo.Saloma gny mpitariky anazy reo.18Tagny aloha dra nisanga niamby gny vabahadiny mpazaka
tagny amy sisiny asignana ho agny tobin'ereo taranak'i Levy izy reo.19Saloma zanadahin'i Kore zanadahin'i Kora,
vo reo havany avy amy ankohonan-drany, reo Koraita, gny nisaha gny amy asa fanompoa, niamby gny
vatrangarangy tragno lay ozy rer, araky gny fa niambenan'ereo razamben'ereo gny tbin'i Yaveh , dra fa niamby
gny filira avo koa izy reo.20Finehasa zanadahin'i Eleazara dra fa nisaha anazy reo taloha, dra nomba anazy Yaveh.
21Zakaria zanadahin'i Meselimia dra mpiamby gny filitra amy tempoly, gny "tragno lay fihaogna."22Niisa 212 reo
aby ze voafily ho mpiamby gny fefy eo amy filira. Gny agnaran'ereo dra voahaza tao amy dorin'agnaran'ereo
vahoaky tao an-tanan'ereo. Davida vo Samoela mpahita dra fa nametraky anazy reo tamy fitokisa.23Ka izy reo vo
gny zanakin'ereo gny niamby reo fefy gny tragnon'i Yaveh, gny tabernakely.24Reo mpiamby fefy dra napetraky
tagny amin'ereo sisiny efasy aby, magnany asignana ,. andrefa, avarasym dra asimo.25Reio rahalahin'ereo, zay
nitoesy tagny amy tanana'ereo, dra nifandimby tao, isan-kafitoa.26Fa reo mpitariky efasy gny mpiamby gny fefy,
ze Levita, dra nitendreny ba hiamby reo efisy vo reo tragno fagnazam-bokasy tao an-tragnon'Agnahary.
27Nandany gny hariva teo amy toera magnodidy gny tragnon'Agnahary aby izy reo, satria tompon'andraikisy amy
fiambena anizay. Dra hanokaky anizay isa-maray izy reo.28Gnilany tamin'ereo dra nisaha gny fitovany
tempoly;nagnisaky reo fanaky izy reo fa gny nampiliriny vo naboany reo.29Maro tamin'ereo avo kioa gny
voatendry hikarakara reo raha masy , gny fitova , vo reo vasy, agnisan'izay gny koba sao lisa, gny divay, gny dililo,
vo litin-kazo mamerovero, dra reo raha-magnisy.30Gnilany tamin'ereo zanadahin'i mpisoro dra naharo reo raha-
magnisy.31Matatia, raiky tamin'ereo Levita, zay lahimatoan'i Saloma Koraita, gny nisaha gny fikarakara gny mofo
ho amin'ereo fagnatisy.32Gnilany tamy rahalahin'ereo, taranaky gny Kehatita, gny nisaha gny mofony fanatreha,
ba hikarakara anizay isakiny Sabata.33Reo mpihira vo reo mpitariky gny fianakaviany Levita dra nitoesy tao amy
efitragno masy fa gny sy miasa izy reo , satria sy maisy nagnatateraky reo raharaha nomeny andro vo hariva.
34Tahoky aby reo mpitariky gny fianakavia teo amin'ereo Levita, zay voaiaky tao amy tahirin-tetiaran'ereo.Nitoesy
tagny Jerosalema izy reo.35Gny razambeny agny Gibeona, Jeiely, zay atao ho Imaka gny agnaram-baliny, dra
nitoesy tagny Gibeona.36Abdona gny lahimatoany, laha teo reo zanadahiny Zora, Kisy, Bala, Nera, Nadaba,
37Gedora, Ahio, Zakaria,dra Miklota.38Miklota gny ran'i Simeama.Nitoby tagny marinin'ereo rahalahiny tagny
Jerosalema avo koa izy reo.39Nera gny ran'i Kisy. Kisy gny ran'i Saoly. Saoly gny ran'i Jonatana, Malkisoa,
Abinadaba, dra Esbala.40Meribala gny zanadahin'i Jonatana.Dra Meribala gny ran'i Mika.41Reo zanadahin'i Mika
dra Pitona, Maleka, Terea, dra Ahaza.42Ahaza gny ran'i Jara. Jara gny ran'i Alemeta, Azmveta, dra Zimry.Zimry gny
ran'i Moza.43Moza gny ran'i Binea.Binea gny ran'i Refaia. Refaia gny ran'i Elasa. Elasa gny ran'i Azela.44Reo
zanadahiny anin'i Azela dra Azrikama, Bokero, Isimaela, Searia, Obadia, dra Hanana.Reo gny zanadahin'i Azela.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 10

[1]Dra reo Filistina nialy tamin'Israely. Nipotaky teo anatrehan'i Filistina gny lelahin'Israely aby dra niampasy maty
tegny an-tendrombohisy Gilboa. [2]Nagnitriky mariny an'i Saoly vo gny zanadahiny reo Felistiana. Nivonon'ereo
Filisitina i Jonatana, Abinadaba, vo Malkisoa, zanadahiny.[3]Navesasy tamin'i Saoly gny aly, dra nahatrasy anazy
reo mpadefa sipiky. Tao agnatiny fatahora fatrasy izy noho reo mpandefa sipiky.[4]Dra hoy Saoly tamy mpinday
gny fialia ho:''Aboaho gny Lefonao ka trobao amin'izay zaho. Raha sy zay dra ho avy hagnararaosy anahy reo sy
voatapaky reo.''Nefa sy nagneky gny mpinday gny filiany, satria natahosy fatrasy izy.Ka dra nalan'i Saoly gny
lefony dra lavo teo amin'izay izy.[5]Fa gny hitany mpinday gny fialiany fa maty Saoly, dra lavo tamy lefony
manahaky anizay koa izy ka maty.[6]Dra maty Saoly, vo reo zanadahiny telo lahy, ka dra niara-maty reo
ankohonany aby.[7]Fa gny hitany lelahin'Israely aby tegny an-dohasaha fa nandososy izy reo, dra maty Saoly vo reo
zanadahiny, dra niriosy gny tanany izy reo dra nilomay.Dra avy reo Filistina dra mony teo amin'ereo.[8]Dra gny
maray, fa gny nangalaky gny maty reo Filistina, dra nahits an'i Saoly vo reo zanadahiny lavo teo an-
tendrombohisy Gilboa.[9]Nitafohin'ereo izy dra nandesiny gny lohany vo gny fialiany.Nagniraky mpinday hafasy
nanera an'i Filistina ba hinday reo vaovao teo amin'ereo sampy vo teo amy vahoaky izy reo. [10]Napetrakin'ereo tao
an-tempoliny Zagnaharin'ereo gny fialiany, dra nifahen'ereo tao an-tempolin'i Dagona gny lohany.[11]Fa gny nahare
anizay aby zay nataon'ereo Filistiana tamin'i Saoly gny vahoakin'i Jabesa-gileada aby, [12]dra nandeha gny lelahy
mpialy aby dra nangalaky gny fatin'i Saoly vo gny an'ereo zanadahiny, dra ninday reo tagny amin'i
Jabesy.Nalevin'ereo tao ambaningny hazo tarebinta gny tolan'ereo ka nifaly hany hafitoa izy reo.[13]Dra maty Saoly
satria sy nahatoky an'i Yaveh izy. Sy nankatoa reo didin'i Yaveh izy,fa nangalaky torohevisy tamy olo zay niresaky
tamy maty.[14]Sy nialy torolala tamin'i Yaveh izy, ka dra nivonon'i Yaveh dra nafindrany tamin'i Davida zanadahin'i
Jese gny fazakany.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 11

[1]Dra avy tagny amin'i Davida tao Hebreo gny Israely aby dra nizaka ho:''Ingo , nofonao vo tolanao zahay. [2]Vo sy
ela ra, raha nazaka teo aminay Saoly, dra ianao gny nitariky gny tafily Israelita. Yaveh Zagnaharinao nizaka
taminao ho:'Ho mpialy an'Israely vahoakiko ianao, dra ianao gny ho avy mpanapaky eo amin'Israely
vahoakiko.'''[3]Noho zay dra avy tagny amy mpazakan'Israely tao Hebreo reo loholon'Israely aby, dra Davida nanao
faneke tamin'ereo teo anoloan'i Yaveh. Nanososy an'i Davida ho mpazakan'Israely izy reo.[4]Nandeha tagny
Jerosalema i Davida vo gny Israely aby (zay dra, Jebosa).Dra reo Jebosita, mpony tao amy tany , gny teo.[5]Hoy reo
mpony tao Jebosa tamin'i Davida ho:''Sy ho avy eto ianao.''Fa Davida nangalaky gny fiarova fatrasin'i Ziona, zay,
gny tanan'i Davida.[6]Hoy Davida ho:''Na izy na iza manafiky reo Jebosita volohany dra ho avy mpifehy.''Koa Joaba
zanadahin'i Zeroia gny nanafiky volohany, dra natao ho mpifehy izy.[7]Dra nanomboky mony tao amy fiarova
fatrasy i Davida.Ka dra nitokavin'ereo ho Tanan'i Davida zay.[8]Nagnamafy gny tana magnodidy izy nanomboky
tagny Milo hatragny amy rindry magnodidy. Namafisin'i Joaba gny sisa ambiny tamy tana.[9]Avy lahibe dra lahibe i
Davida satria nomba anazy Yaveh tompony maro.[10]Tahoky aby reo mpitariky nanagnan'i Davida, zay nampiseho
gny vatan'ereo ho natazaky niaraky taminazy reo amy fazakany, niaraky tamin'ereo Israely aby, ba hanao anazy
ho mpazaka , nankato gny zakan'i Yaveh mahakasiky an'Israely.[11]Itio gny lisitan'ereo miaramila sangan'i
Davida:Jasobeama, gny zanadahin'i Hakmony, gny mpifehy gny telo-polo. Namono telo-zato lahy tamy lefony
tagnatin'aly raiky izy.[12]Gny nagnaraky anazy dra i Eleazara zanadahin'i Dodo, gny Ahohita, zay raiky tamin'ereo
telo lahy mahery.[13]Niaraky tamin'i Davida izy tao Efesa-damina, dra tany reo Filistiana gny nitambasy ho amy aly,
zay nisy gny tanim-bary hordea vo reo tafiky nilomay laha tagny Filistina.[14]Nisanga teo agnevony tanimboly izy
reo. Niaro anizay izy reo dra nandringa reo Filistiana dra Yaveh nagnavosy anazy reo tamy fandrese lahibe.
[15]Laha teo telo tamin'ereo telo=polo mpitariky gny nizoso ho agny amy vatolampy tagny amin'i Davida, tao amy
zohon'i Adolama. Gny tafikin'ereo Filistiana dra nitoby tao amu Lohasahan'i Refaita. [16]Tamin'izay lera zay Davida
dra tao amy fiarova mafiny, zohy raiky, raha nitoby tao Betlehema reo Filistina. [17]Nagniry rano Davida ka nanao
ho:''Raha ba misy olo magnome rano anahy ho nomiko laha tao amy lava-drano ao Betlehema, gny lava-drano
zay mariny fefy!'''[18]Koa dra namakivaky teo amy tafikin'ereo Filistina reo lelahy mahery telo dra nanovo rano laha
tao amy lava-dranon'i Betlehema , gny lava-drano teo amy fefy. Dra nangalaky gny rano izy reo ka ninday anizay
ho agny amin'i Davida, saiky nanda gny hino anizay izy.Fa koa, nararany ho an'i Yaveh zay. [19]Dra hoy izy
ho:''Sagnatria aminahy gny hino anizay, ry Yaveh.Tokony hino gny lion'ereo lelahy zay nanao vy levo gny
ain'ereose zaho?''Satria nanao vy levo gny ainy izy reo, nanda gny hino anizay izy.Zay gny raha natoan'ereo
lelahy mahery telo.[20]Abisay rahalahin'i Joaba, gny kapiteny teo amin'izay telo zay.Dra nampiasa gny lefony draiky
mandeha izy teo amy olo telo-zato dra namono anazy reo. Nalaza niaraky tamin'ereo Telo izy.[21]Tamin'ereo Telo,
dra izy gny nomrm-boninahisy abo ro heny dra lasa kapiten'ereo . Na dra sy agnisan'ereo avo izy.[22]Benaia
zanadahin'i Joiada dra lelahy natazaky zay nanao asa lahibe. Izy gny namono reo ro lahy zanak'i Ariela laha tgny
Moaba.[23]Nilisy tao amy lavaky avo koa izy dra namono liona raha nilasaky gny oram-pagnala. Namono Egyptiana
raiky avo izy, lelahy dimy hakiho gny halavany. Gny Rgyptiana nana lefo manahaky gny andriny mpagneno, nefa
tehy avo gny nandesiny teo an-tanany Egyptiana izy dra namono anazy tamy lefony avo.[24]Benaia zanadahin'i
Joiada gny nanao reo asa lahibe reo, dra nalaza manahaky reo telo lahy mahery izy.[25]Tamy ankamaroany dra izy
gny be voninahisy mihoasy noho reo miaramila telo-polo. Nefa sy nanam-boninahisy firy izy mihoasy reo
miaramila telo lahy tena sangany. Nefa napetrak'i Davida hiandraikisy gny fiambena anazy manoka izy.[26]Reo
lelahy mahery dra Asahela rahalahin'i Joaba, Elanana zanak'i Dodo laha tagny Betlehema,[27]Samota gny Harorita ,
Haleza gny Pelonita, [28]Ira zanadahin'Ikesy gny Tekoita, Abiezera gny Anatotita,[29]Sibekay gny Hosatita, Ely gny
Ahohita,[30]Maharay gny Netofatita, Heleda zanadahin'i Bana gny Netofatita, [31]Itahy zanadahin'i Ribay laha tao
Gibeany taranak'i Benjamina, Benaia gny Piratnita, [32]Horay agny amy lohasahan-driak'i Gasy, Abiela gny Arbatita,
[33]Azmaveta gny Baharomita, Eliaba gny Salbonita,[34]Reo zanadahin'i Hasema gny Gizonita, Jonatana zanadahin'i
Sagr gny Hararita, [35]Ahiama zanadahin'i Sakara gny Hararita , Elifala zanadahin'i Ora,[36]Hefera gny Mekeratita,
Ahia gny Pelonita, [37]Hezro gny Karmelita, Naray zanadahin'i Ezbay,[38]Joela rahalahin'i Natana, Mibara zanadahin'i
Hagry,[39]Zeleta gny Amonita, Naharay gny Berotita (gny mpinday gny fiarovan'i Joaba zanadahin'i Zeroia), [40]Ira gny
Jitrita, Gareba gny Jitrita, [41]Oria gny Hetita, Zabada zanadahin'i Ahelay,[42]Adina zanadahin'i Siza gny Robenita
(lahibeny Robenita)dra telopolo lahy nmiaraky taminazy, [43]Hanana zanadahin'iMaka, vo Josafata gny Mitnita,
[44]Ozia gny Astartita , Sama vo Jeiela zanadahin'i Hotama gny Aroerita,[45]Jediaela zanadahin'i Simry, JOha(gny Tizita
rahalahiny ), [46]Eliala gny Mahavita, Jeribay vo Josavia zanadahin'i Elnama, Jitma gny Moabita, [47]Eliala, Obeda, dra
Jasiela gny Mezobaita.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 12

[1]Tahoky aby reo lelahy ze avy tagny amin'i davida tao Ziklaga, raha bo voaroaky tamy fanatrehan'i saoly
zanadahin'i Kisy izy.Isan'ereo miaramila nereo, mpagnampy anazy agn'aly.[2]Nirongo sipiky nereo dra afaky
nampiasa gny tagnany ankavana vo ankavia tamy asamo-taly vo tamy fitifira amy sipiky.Benjamita nereo, mpiray
foko tamin'i Saoly.[3]Ahiezera gny lahibe, laha teo Joasy,samy zanadahin'i Sema gny Gibeatita nereo. Nahita an'i
Jeziela vo Peleta, zanadahin'i Azmaveta. Nahita avo koa an'i Beraka, Jeho gny Anototita, [4]Jismaia gny Gibeonita,
agnisan'ereo miaramila tepolo (dra mpifehy reo telopol);Jozababa gny Gaderatita,[5]Elozay, Jerimota, Bealia,
Semaria, Sefatia gny Harofita,[6]reo Koraita Elkana, Jisia, Azarela, Joezera, Jasobeama, dra [7]Joela vo Zebadia,
zanadahin'i Jehoroma laha tagny Gedora.[8]Nisy Gadita gnilany nagnato an'i Davida tao amy fiarova fatrasy tagny
an'efisy. Lelahy mpialy nereo, lelahy voahofa ho amy aly, zay afaky mivimby ampinga vo lefo;gny tavan'ereo dra
masiaky manahaky gny tarehiny liona.Malaky fandeha manahaky gny gazela egny antendrombohisy nereo.[9]Nisy
an'i Ezera gny mpitariky, Obadia gny faharo, eliaba gny Fahatelo, [10]Mismana gny fahefasy, Jeremia gny Fahadimy,
[11]Atahy gny faheny, Eliala gny fahafito, [12]Johanana gny fahavalo, Elizabada gny fahasivy,[13]Jeremia gny fahafolo,
Makbanay gny fahiraiky amby folo.[14]Reo zanadahin'i Gada reo gny mpitari-tafiky. Gny ambany indrindra nitariky
an-jatony, dra gny angnabony be nitariky agn'arivony. [15]Nisaky an'i Jordana ereo tamy vola volohany, fa gny
nandropasy gny morony zay, ka nandroaky gny raha-manan'ay aby tamin'ereo lohasaha, na gny magnany
asignana na gny magnany andrefa.[16]Gnilany tamin'ereo lelahin'i Benjamina vo Joda dra avy tao amy fiarova tao
amin'i Davida. [17]Niboaky ba hitsena anazy reo Davida dra nizaka tamin'ereo ho:''Raha avy amim-pilamina atiho
aminahy ba hagnampy anahy iandrareo, dra afaky magnato anahy.Fa raha avy ba hamaliky anahy amy
fahavaloko, dra ao se gny Zagnahary gny razambesika hagnety ka hamaly andrareo. satria sy nanao rasy
zaho.''[18]Laha teo gny Fagnahy avy tao amin'i Amasay, zay mpitariky gny telopolo. Hoy Amasay ho:''zahay dra
anao, ry Davida. Zahay dra miandany aminao, ry zanadahin'i Jese. Fiadana, fiadana se ho amin'izay magnampy
anao. Fiadana se ho amin'ereo mpagnampinao, satria gny Zagnaharinao dra magnampy anao.''Dra nandramby
anazy reo Davida dra nanao anazy reo ho mpifehy gny lelahiny.[19]Gnilany laha tamin'i Manase avo koa dra niala
ba hagnato an'i Davida raha niaraky tamin'ereo Filistina ba hialy amin'i saoly izy. Nefa sy nagnampy reo Filistina
ereo, satria nifampidiniky reo tompon'i Filistina ka nampandeha an'i Davida. Hoy ereo ho:''Hiala ho agny amin'i
Saoly tompony izy ka hampidi-doza gny fiagnasika.''[20]Fa gny angnany Ziklaga izy, gny lelahin'i Manase zay
nagnato anazy dra i Adna, Jozabada, Jediaela, Mikaela, Jozabada, Eliho, Ziletahy, Kapiteny arivon'i Manase.
[21]Nagnampy an'i Davida nialy tamin'ereo an-tokony mpagnety anereo, satria lelahy mpialy ereo. Tatiho afara dra
lasa mpifehy teo amy tafiky ereo.[22]Isan'andro, dra avy tagny amin'i Davida reo lelahy ba hagnampy anazy,
mandra-pisiany tafiky lahibe, manahaky gny tafik'Agnahary.[23]Itiho gny tahirin-tataran'ereo miaramila nitam-
pialia ho amy aly , zay avy tagny amin'i Davida tao Hebrona, Ba hagnody gny fazakan'i Saoly ho anazy, zay
nagnatateraky gny zakan'i Yaveh.[24]Tamin'i Joda dra 6. 800 reo mpita ampinga vo lefo gny voaoma hialy. [25]Nisy
lelahy mpialy 7. 100 laha tamin'ereo Simeonita.[26]Nisy lelahy mpialy 4. 600 laha tamin'ereo Levita.[27]Joiada gny
mpitariky gny taranak'i Arona, dra 3. 700 gny niaraky taminazy.[28]Mpitariky ro amby ro-polo laha tamy
fianakavian-drany gny niaraky tamin'i Zadoka, tovolahy, mahery, vo lelahy be herim-po.[29]Laha tamin'i Benjamina,
fokon'i Saoly, dra nizy telo arivo.Gny ankamaroan'ereo dra bo nizano ho mpomba an'i Saoly hatramin'izao fotoa
zao.[30]Nisy lelahy mpialy 20. 800 laha tamin'ereo Efraimita, lelahy nalaza teo amy fianakaviany razamben'ereo.
[31]Laha tamy asasa-pokon'i Manase dra nisy lelahy malaza valo arivo vo ray aly zay avy ba hanao an'i Davida ho
mpatazaky.[32]Laha tamin'Isakara, dra nisy lelahy mpitariky ro-zato zay nana fahazavasay tamin'izay fotoa zay dra
nahalala anizay sy maisy ataon'Israely.Reo havany aby dra teo ambany fifehezan'ereo.[33]Nisy lelahy mpialy dimy
aly laha tamin'i Zebolona, nomany ho amin'aly, niaraky tamy fitovam-pialia aby, dra vono gny hognome sy
fivaliha azo antoko.[34]Nisy manamboninahisy arivo laha tamin'i Naftaly, dra lelahy mpita ampinga vo lefo fito
arivo vo telo aly niaraky tamin'ereo.[35]Laha tamin'ereo Danita dra nisy lelahy 28. 600 voahoma ho amin'aly.[36]Nisy
lelahy efasy aly voahoma ho amin'aly laha tamin'i Asera. [37]Laha tamy an-dafin'i Jordana, laha tamin'ereo
Robenita, Gadita, dra gny asasa-pokon'i Manase, dra nisy lelahy 120. 000 zay ninday reo karazam-pitovam-pialia
aby ho amin'aly.[38]Reo miaramila aby, vonona ho amin'aly reo, dra avy tagny Hebrona niaraky tamy fikasa raikisy
gny amy hanova an'i Davida ho mpazaka manera an'Israely aby.Gny sisa aby tamin'Israely dra nifagneky gny
hanao an'i Davida ho mpazaka avo hoa.[39]Niaraky tamin'i Davida tao telo andro nereo, nihina vo nino , satria gny
havan'ereo dra fa nampinday vasy ho anazy.[40]Fagnampin'izay, reo zay teo marinin'ereo, hatragny Isakara vo
Zebolona dra Naftaly, dra ninday mofo tamy boriky, rameva, amponra, vo agn'omby, dra mofo aviavy, voloboky
maiky, divay , menaky, agn'omby, dra agn'ondry, satria nifaly gny Israely.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 13

[1]Davida dra niresaky tamin'ereo mpifehy gny arivo vo zato, niaraky tamy mpitariky aby.[2]Hoy Davida tamy
vondron-tafik'Israely aby ho:''Raha soa amindrareo, dra raha laha tamin'i Yaveh Zagnaharisika zay, dra ao isika
handefa mpinday hafasy egny aby egny amin'ereo rahalahisika zay mitoesy agny amin'ereo farisin'Israely aby,
dra agny amin'ereo mpisoro vo reo Levita zay ao amin'ereo tanan'ereo.Levita zay ao amin'ereo tanan'ereo.Ao
ereo zaka ba hiaraky amisika.[3]Handeha isika hagnery amisika gny tobilin'Agnaharisika, satria sy nitalia gny
sitrapony isika tamin'ereo andro gny fazakan'i Saoly.''[4]Gny vondron-tafiky aby dra nagneky hanao reo raha reo,
satria ho mary teo amasaony olo aby reo.[5]Koa nahoron'i Davida hiaraky gny Israely aby, hatragny amin'i Onin'i
Sihora agny Egypta ka hatragny Lebo Hamata, ba hinday gny tobilin'Agnahary laha tagny Kariata Jearima.
[6]Niakasy nagnany Bala i Davida vo gny Israely aby, zay ho, Kiriata Jearima, zay an'i Joda, ba hinday gny
tobilin'Agnahary laha tagny, zay nitokavy tamy agnaran'i Yaveh , dra Yaveh, zay mipetraky eo amy seza
fiandriana eo amy Kerobima.[7]Noho zay dra napetrakin'ereo teo agnabony sarety vaovao gny
tobolin'Agnahary.Naboakin'ereo laha tao amy tragnon'i Abinada zay.Oza vo Ahio gny ninday gny sarety.[8]Davida
vo gny Israely aby dra nankalaza teo anatrehan'Agnahary tamy herin'ereo aby.Niasa niaraky tamy lokamga ,
ampongatapaky, kipantsona, dra trompetra nereo.[9]Fa gny avy teo amy tany famoloan'i Kidina nereo, dra
nanondrosy gny tagnany hihazo agny tobily i Oza, satria nilavo gny agn'omby. [10]Dra nirehisy tamin'i Oza gny
hahorian'i Yaveh, dra novonon'i Yaveh izy satria nanondrosy gny tagnany tamy tobily i Oza. Maty teo
anatrehan'Agnahary teo izy.[11]Ory Davida satria namely an'i Oza i Yaveh. Nitokavy ho Pereza Oza zay toera zay
mandrak'Androany.[12]Natahosy agn'Agnahary i Davida tamin'izay andro zay.Hoy izy ho:''Nanao akory gny fomba
hindesako gny tobilin'Agnahary atio aminahy?''[13]Ka sy nanesiky gny tobily ho agny amy tananan'i Davida i
Davida, fa nametraky anizay teo marinigny tragnon'i Obeada Edoma gny Getita.[14]Dra nizano tao amy
tokantragnon'i Obeda Edoma nandrisy gny telo vola gny tobilin'Agnahary. Noho anizay dra nitahy gny
ankohonany vo zay aby nanagnany i Yaveh.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 14

[1]Dra Hirama mpazakan'i Tyro nandefa mpinday hafasy tagny amin'i Davida, vo hazo sedera, mpandrafisy, dra
mpanao tragno.Nagnory tragno ho anazy nereo. [2]Davida dra nahafatasy fa Yaveh gny fa nametraky anazy ho
mpazaka teo amin'Israely, dra gny fazakany dra nasandrasy agnabony noho gny amin'i Israely olony.[3]Tao
Jerosalema, dra nangalaky valy maro Davida, dra niteraky zanadahy vo zanakapela maro izy.[4]Tahoky aby gny
agnaran'ereo zanaky naterany tagny Jerosalema:Samoa, Sobaba, Natana, Solomona, [5]Jibara, Elisoa, Elipeleta,
[6]Noga, Nafega, Jafia, [7]Elisama, Beliada dra Elifeleta.[8]Dra fa gny ren'ereo Filistina fa nohosora ho mpzakan'Israely
aby Davida , dra niboaky nitalia anazy izy aby.Nefa ren'i Davida anizay ka niboaky hanohisy anazy reo izy.[9]Dra
avy reo Filistina ka nanao fanafiha tegny amy Lohasahany Refaita.[10]Laha teo Davida nangataky fagnampia
tamin'Agnahary. Hoy izy ho:''Tokony hiakasy hanafiky reo Filistina se zaho?Hagnome fandrese eo amin'ereo se
ianao?''Dra hoy Yaveh taminazy ho:''Tafiho, fa tena hagnome anazy reo ho anao zaho.''[11]Dra niakasy nagnao
Balaperazima ereo, dra tao gny nandreseny anereo.Naneho hevisy izy ho:''Gny tagnako gny namakian'i Yaveh
gny fahavaloko hiparitaky manahaky gny tondra-drano.''Ka lasa Bala-perazima gny agnaran'izay toera zay.
[12]Nangan'ereo Filistina teo reo zagnahariny, dra nagnome didy Davida fa tokony oroa reo.[13]Dra nanafiky gny
lohasaha draiky gny Filistina.[14]Dra nangataky fagnampia tagny amin'Agnahary draiky Davida.Hoy Zagnahary
taminazy ho:''Sy tokony hanafiky anazy reo eo anooa ianao, fa koa hipalipalisy ao afaran'ereo dra ho avy eo
amin'ereo laha teo amin'ereo hazo balsama.[15]Fa gny renao gny feony lia-be amy fisioky gny sioky laha teo
amin'ereo tendrony hazo balsama, dra manafiha amin-kery.Manova anizay satria Zagnahary fa hialoa lalana
anao hanafiky gny tafikin'ereo Filitina.''[16]Ka nataon'i Davida zay nandidian'Agnahary anazy.Nandresy gny
tafikin'ereo Filistina tagny Gibeina hatragny Gazera izy. [17]Dra gny lazan'i Davida dra niely teo amy tany aby, dra
nahavy gny firenena aby hatahosy anazy Yaveh.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 15

[1]Dra Davida nagnamboasy tragno ho anazy tao an-tanan'i Davida.Nagnoma toera ho agny tobilin'Agnahary dra
nananga lay ho an'izay izy.[2]Dra hoy Davida ho:''Reo Levita avo gny afaky minday gny tobilin'Agnahary, fa izy reo
gny voafilin'i Yaveh ba hinday gny tobilin'i Yaveh, vo hanompo anazy mandrakizay.''[3]Dra nivorian'i Davida tao
Jerosalema gny Israely aby, ba hampiakasy gny tobilin'i Yaveh agny amy toera fa nomaniny ho an'izay.[4]Nitognan'i
Davida niaraky reo taranak'i arona vo reo Levita.[5]Tamin'ereo taranak'i Kehata, dra nisy an'i Oriela mpitariky vo
reo havany, lelahy 120.[6]Tamin'ereo taranak'i Merary, dra nisy an'i Asaia mpitariky vo reo havany, lelahy 220.
[7]Tamin'ereo taranak'i Gersona, dra nisy an'i Joela mpitariky vo reo havany, lelahy 130.[8]Tamin'ereo taranak'i
Elizafana, dra nisy an'i Semaia mpitariky vo reo havany, lelahy 200.[9]Tamin'ereo taranak'i Hebronam dra nisy an'i
Eliala mpitariky vo reo havany, lelahy valopolo.[10]Tamin'ereo taranak'i Oziela, dra nisy an'i Aminadaba mpitariky
vo reo havany, lelahy 112.[11]Nitoka an'i Zadoka vo Abiatara mpisoro, dra reo Levita Oriala, Asaia, Joela, Semaia,
Eliala, dra Aminadaba i Davida.[12]Hoy izy tamin'ereo ho:''Iandrareo gny lohan'ereo fianakaviany Levita.Hamasino
gny vatandrareo, dra iandrareo vo reo rahahindrareo, ba hafahandrareo mampiakasy gny fiaran'i Yaveh, gny
Zagnaharin'Israely, ho agny amy toera zay fa nomaniko ho an'izay.[13]Sy ninday anizay iandrareo tamy volohany.
Zay gny antony namaizan'i Yaveh Zagnaharisika asika, satria sy nitalia anazy na nankato gny lalany isika.''[14]Noho
zay dra nagnamasin-tena reo mpisoro vo reo Levita ba hafahan'ereo mampiakasy gny tobilin'i Yaveh, gny
Zagnaharin'Israely.[15]Dra nilazan'ereo Levita reo asoron'ereo tamy bao gny tobilin'Agnahary , araky zay fa
nandidian'i Mosesy-magnaraky reo fisipiky nomeny laha tamy zakan'i Yaveh.[16]Niresaky tamin'ereo mpitaroky gny
Levita i Davida ba hanendry gny rahalahin'ereo ho mpihasa amin'ereo raha-magneno, valiha ,lokanga vo
kipatsona, hanadrasy fatrasy vo am-pifalia gny feon'ereo.[17]Dra nitendren'ereo Levita i Hemana zandahin'i Joela
vo gny raiky tamin'ereo rahalahiny, dra i Asafa zanadahin'i Berekia. Nanendry havany laha tamin'ereo taranak'i
Merary vo Etana zanadahin'i Kosaia avo koa ereo. [18]Niaraky tamin'ereo koa gny havany mariny manarakaraky
anazy reo:Zakaria, Jaziela, Semiramota, Jehiela, Ony, Eliaba, Benaia, Mahaseia, Matitia, Elifeleho, Benaia, Obed-
edoma, dra Jeiela, reo mpiamby fefy.[19]Hemana, Asafa, dra Etana mpiatsa dra nitendreny ba hisitiky fatrasy
kipatsona varahina.[20]Zakaria, Aziela, Semiramota, Jehiela, Ony, Eliaba, Mahaseia, dra Benaia gny nisitiky reo
gitara, tamy Alamota.[21]Matitia, Elifeleho, Makneia, Obed-edoma, Jeiela, dra Azaziz gny nitari-dala tamy harpa
tamy Seminita.[22]Kenania, mpitariky reo Levita, Izy gny toniany fihira satria mpampianasy hira izy.[23]Berekia vo
Elkana gny mpiamby gny tobily.[24]Sebania, Josafata, Netanela, Amasay, Zakaria, Benaia,dra Eliezera, reo mpisoro,
gny nipotaky reo trompetra teo alohany tobilin'Agnahary. Obed-edoma vo Jehia gny mpiamby gny tobily.[25]Dra
Davida , reo loholon'Israely, vo reo mpifehy gny agn'arivony dra nandeha nampiakasy gny fiarany faneken'i
Yaveh laha tao an-tragnon'i Obed-edoma tamim-pifalia.[26]Dra Zagnahary raha nagnamoy reo Levita zay nitarazo
gny tobiliny faneken'i Yaveh , dra nanao soro agn'omby fito vo agn'ondrilhy fito izy reo.[27]Nanao akazo vita tamy
rongony fosy madiniky i Davida , manahaky reo Levita zay nitarazo gny tobily, reo mpiasa, dra Kenaia, gny
mpitariky gny atsa bamin'ereo mpiatsa. Niakazo efoda rongony fosy i Davida.[28]Ka dra nampiakasy gny tobily
fanekan'i Yaveh tamy hiakam-pifalia, vo tamy feon-tandroky, taminigny kipasona, dra tamy valiha vo harpa gny
Israely aby.Nefa raha avy tao an-tanan'i Davida gny tobiliny faneken'i Yaveh, dra nitalaky teo am-batrangarakely i
Mikala zanakapelan'i Saoly. Nahita an'i Davida mpazaka nisizaky vo nankalaza izy. Laha teo nanao sinosino
anazy tao am-pony izy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 16

[1]Dra nandesin'ereo nilisy gny fiaran'Agnahary dra napetran'ereo teo agnevonigny lay ze nataon'i Davida ho
anizay. Boak'eo nanolosy fagnatisy oroa vo fagnati-pihombona teo agnatrehan'Agnahary ereo. [2]Gny fa vitan'i
Davida vo soronigny fagnatisy oroa vo gny fagnati-pihombogna, dra nitahy gny vahoaky tamigny agnaran'i Yaveh
izy. [3]Nizarazara mofo, tapa-kena, dra mofo mamy misy voaloboky tamireo Israely aby, na lahy na vavy izy.
[4]Nanendry Levita ilailany ba hanopo eo anoloanigny fiaran'i Yaveh i Davida, dra ba hakalaza, hisaosy vo hidera
an'i Yaveh, gny Zagnaharin'Israely. [5]Reo Levita reo dra Asafa gny pitariky, dra faharo magnaraky anazy i Zakaria,
Jeiela, Semiramota, Jehiala, Matita, Eliaba, Abed-Edoma, dra Jeiala. Reo gny nitendry lokanga vo harpa. Asafa reo
gny napagneno gny kipaso,ze magneno fatrasy. [6]Benaia vo Jahaziela pisoro gny pisioky sy tapaky gny tropetra, teo
anoloanigny fiaranigny fagneken'Agnahary.[7]Dra tamizao andro zay i Davida gny nanendry volohany an'i Asafa vo
reo rahalahiny ba hihira io hiranigny fisora an'io Yaveh io. [8]Tolory fisora i Yaveh, tokavo gny agnarany;
apahafataro eo amireo firenena gny asany. [9]Mihira anazy, mihira fidera anazy; talilio reo asany mahagaga aby.
[10]Mirehareha amigny agnarany; aoky hifaly gny fon'ireo ze mitalia an'i Yaveh. [11]Taliavo Yaveh vo gny heriny;
taliavo mandrakariva gny fagnatrehany.[12]Sarovy reo raha mahagaga nataony, reo fahagaga vo reo lalana
boak'amigny vavany, [13]ry taranak'Israely panopony, handrareo vahoakin'i Jakoba, ze nifiliny. [14]Izy gny Yaveh,
Zagnaharisika. Amigny tany aby reo lalany.[15]Atovy ao asay mandrakariva gny fagnekeny, dra gny zaka ze
nandidiany an'ireo taranaky arivo hifandimby. [16]Mahasiaro gny fagneke ze nataony tamin'i Abrahama, vo gny
voadiny tamin'Israely izy. [17]Izay gny nihamafisiny tamin'i Jakoba manahaky gnyfagneke mandrakizay. [18]Hoy Izy
ho: "Hagnome andrareo gny tanin'i Kanana hozara lovandrareo zaho."[19]Nizaka anizay zaho raza bo keliky anisa
handrareo, dra vahiny tao amigny tany. [20]Nandeha tamigny firenena ho amigny ferenena ereo, boak'amigny
fazaka raiky magnagny amigny hafa. [21]Sy nisy na iza na iza nangany hapahory anereo; reo pazaka dra nisaziny
nohonigny amin'ereo. [22]Hoy Izy ho: "Ka mikasiky an'ireo ze voahososy, dra ka magnisy rasy an'ireo
paminaniko."[23]Mihira ho an'i Yaveh, ry tany aby; talilio isan'andro gny famozeny. [24]Talilio eo amireo firenena gny
voninahiny, dra eo amireo firenena aby reo gny asany mahagaga.[25]Fa lahibe Yaveh dra tokony ho deray
indrindra, dra tokony hatahora agnabon'ireo zagnahary hafa aby Izy. [26]Akory sapy reo zagnahary gny firenena
aby, fa Yaveh gny nanao gny lagnisy. [27]Eo amigny fagnatrehany gny famirapirata vo gny voninahisy. Dra eo
amigny toerany gny hery vo gny hafalia.[28]Magnomeza an'i Yaveh, ry fokonigny vahoaky, magnomeza voninahisy
vo hery an'i Yaveh; [29]ameo an'i Yaveh gny voninahisy mendriky gny agnarany. Mindesa fagnatisy dra mandehana
eo agnatrehany. Miakohofa amin'i Yaveh amigny famirapirata masy.[30]Matahora eo agnatrehany, ry tany aby. Izao
totolo izao avo koa dra fa naory; sy afaky hozongozongy zay. [31]Aoky ho faly gny lagnisy, dra aoky hiravo gny tany;
aoky ereo hizaka eo amireo firenena ho: "Mazaka Yaveh."[32]Aoky hiero gny ranomasy, dra ze mameno anizay dra
hihiaky apifalia. Aoky ho ravo reo saka, vo ze eo amireo aby. [33]DRa aoky reo hazo ao agnala hihiaky apifalia eo
agnatrehan'i Yaveh, fa ho avy hisara gny tany Izy.[34]Mesora an'i Yaveh, fa soa Izy, akory maharisy mandrakizay gny
fagnekeny matony. [35]Boak'eo mizaka ho: "Vozeo zahay, ry zagnahariny gny famozenay. Hangony miaraky izahay
dra vozeo amireo firenena hafa, ba ho afaky hanolosy fisora ho anigny agnaranao masy vo voninahisy amigny
fidera Anao zahay."[36]Ho dera mandrakizay mandrakizay anie i Yaveh, gny Zagnaharin'Israely. Hoy gny olon'aby
ho: "Amena" dra nidera an'i Yaveh.[37]Noho izay Davida dra nagnenga an'i Asafa vo reo rahalahiny teo
agnatrehanigny fiarany gny fagneken'i Yaveh, ba hanopo mandrakariva eo agnatrehanigny fiara, araky ze
takenigny asa isan'andro. [38]Agnisanizay i Obed-edoma miaraky amireo havany valo amby enipolo. Obed-Edoma
zanadahin'i Jedotona, miaraky amin'i Hosa, gny piamby vavahady. [39]Zadoka gny pisoro vo reo pisoro namany dra
teo amigny toera abo tao Gibeona ba hanopo eo anoloanigny tabernakelin'i Yaveh.[40]Hanolosy fagnatisy oroa
mandrakariva amigny maraindray vo hariva ho an'i Yaveh eo agnabonigny alitara ho anigny fagnoroa fagnatisy
ereo, araky ze voasorasy aby ao amigny lalan'i Yaveh, ze nameny ho didy ho an'Israely. [41]Hemana vo Jedotona dra
niaraky tamin'ereo, niaraky tamireo ambiny ze nisafidy tamigny agnarany, ba hanolosy fisora an'i Yaveh, akory
maharisy mandrakizay gny fagnekeny matoky.[42]Hemana vo Jedotona gny pendrekisy gny tragnon'ireo ze misioky
tropetra, Kipantsona, dra raha-magneno hafa ho anigny hira masy. Reo zanadahin'i Jedotona gny niamby
vavahady. [43]Boak'eo gny olon'aby nihery tagny atragnon'ereo, dra Davida nihery ba hitahy gny akohonany.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 17

[1]Dra gny fa tafapetraky tao amigny tragnony gny pazaka, dra hoy izy tamin'i Natana paminany ho: "Ingo, monina
agnaty tragno sedera zaho, nefa gny fiaranigny fagneken'i Yaveh dra mizano ao ambany lay." [2]Dra hoy Natana
tamin'i Davida ho: "Mandehana, atovy ze ao aponao, fa momba anao Zagnahary."[3]Nefa tamigny hariva igny avo
koa dra avy tamin'i Natana gny zakan'Agnahary, nanao anizahoky ho: [4]"Mandehana dra zakao i Davida panopoko
ho: 'Izao gny zakan'i Yaveh: Sy hagnory tragno honahy ba hipetrahako hanao. [5]Fa sy bo nipetraky tao agnaty
tragno zaho nanomboky tamigny andro ze nindesako an'Israely niakasy dra hatramin'izao andro izao. Fa koa,
nipetraky tao agnaty lay zaho, dra tabernakely, tamigny toera sambihafa. [6]Tamigny toeran'aby ze fa nifindrako
teo amin'Israely aby, moa ra Zaho fa nizaka na ino na ino tamireo pitarik'Israely ze nitendreko ho piamby gny
vavahadiko, nanao anizahoky ho: "Nagnino handrareo gny sy nagnory tragno sedera hinahy?""'[7]"Amizao dra,
zakao Davida panopoko ho: 'Izao gny zakan'i Yaveh toponigny maro: Izaho gny nangalaky anao boak'amigny tany
fihinanam-bilo, boak'amigny fagnarahan'agnondry, ba ho panapaky eo amin'Israely oloko hanao. [8]Nomba anao
Zaho na teza na teza nandehananao dra nandringa reo fahavaloko sy ho eo anoloanao, dra hameko agnara,
manahaky gny agnaran'ireo ze lahibe eto agnabonigny tany hanao.[9]Hanendry toera raiky ho an'Israely oloko
zaho dra hametraky anereo ao, ba hipetrahan'ereo ao amigny toeran'ereo manoka dra sy ao amigny toeran'ereo
manoka dra sy hana ahiahy sasy. Reo olo rasy fagnahy dra sy hapahory anereo, manahaky gny nataon'ereo
taloha sasy, [10]manahaky gny nataon'ereo nanomboky tamigny andro ze nandidiako reo pisara ba ho eo
amin'Israely oloko. Boak'eo hapandavo lefo reo fahavalonao aby zaho. Fagnapin'izay dra zakako aminao fa izaho,
Yaveh, dra hagnory tragno raiky honao.[11]Ho avy zay gny fa tateraky gny fotoanao ze handehananao agny amireo
razambenao, dra hananga reo taranaky mandimby anao zaho, dra ho anigny raiky amireo taranakao, dra Izaho
gny hametraky gny fazakany. [12]Hagnory tragno honahy izy, dra Izaho hametraky gny seza fiandriana
mandrakizay.[13]Ho rany zaho, dra izy ho zanako. Sy halako aminazy gny fahatokianigny fagnekeko, manahaky gny
nangalako anizay tamin'i Saoly, ze nanapaky talohanao. [14]Hapetrako ho eo amigny tragnoko vo ho eo amigny
fazakako mandrakizay izy, dra gny seza fiandrianany dra hitoby mandrakizay."' [15]Dra nizaka tamin'i Davida i
Natana dra nitatisy reo zaka aby reo tagny aminazy, dra nizaka taminazy mombanigny fahita raiky manotolo izy.
[16]Dra nilisy Davida pazaka dra nipetraky teo anoloan'i Yaveh; hoy izy ho: "Iza moa zaho, ry Yaveh zagnahary, dra
ino gny fianakaviako, gny nandesinao ho amizao tazo zao zaho? [17]Fa raha kely teo amasonao zay, ry Zagnahary.
Nizaka gny amigny fianakavianigny panoponao ze bo ho avy Hanao, dra napiseho anahy reo taranaky ho avy, ry
Yaveh zagnahary. [18]Ino koa gny azoko? Namenao voninahisy gny panoponao. Namenao voninahisy fakatoava
manoka gny panoponao.[19]Ry Yaveh, nohonigny amigny panoponao, vo ba hahatateraky gny tazo manoka, gny
nanovanao anizao raha lahibe zao ba hapihary reo asanao lahibe aby. [20]Ry Yaveh, sy misy manahaky Anao, dra sy
misy Zagnahary afa-sy hanao, araky ze fa renay mandrakariva. [21]Fa iza gny firenena eto agnabonigny tany
manahaky gny Israely olonao, ze navotanao, Zagnahary, boak'agny Egypta ba ho vahoaky honao, ba hanao
agnara ho anao amireo asa lahibe vo mahagaga? Reo firenena dra niroahinao sy ho eo anoloanigny vahoakao, ze
navotanao tamin'i Egypta.[22]Nataonao ho vahoakao manoka mandrakizay i Israely, dra Hanao, ry Yaveh, dra lasa
Zagnaharin'ereo. [23]Ko amizao, ry Yaveh, hitoby mandrakizay anie gny fapanatena ze nataonao mahakasiky gny
panoponao vo gny fianakaviany. Atovy araky ze fa nizakanao. [24]Hitoby mandrakizay anie gny agnaranao dra ho
lahibe, dra hizaka gny olo ho: "Yaveh toponigny maro gny Zagnaharin'Israely,' raha apetraky eo agnatrehanao,
gny tragnoko, Davida panoponao.[25]Fa hanao, ry Zagnahariko, dra fa napiseho tamigny panoponao fa hagnory
tragno honazy Hanao. Izay gny atony, nahitako, izaho panoponao, faharisiha hivavaky aminao. [26]Ko amizao, ry
Yaveh, Hanao gny Zagnahary, dra fa nanao anizay fapanatena soa zay tamigny panoponao: [27]Dra sitrakao gny
hitahy gny tragnonigny panoponao, ba hitohizanizay mandrakizay eo agnatrehanao. Hanao, ry Yaveh, gny nitahy
anizay, dra ho voatahy mandrakizay zay."

## Chapter 18

[1]Tafaranizay Davida dra nanafiky gny Filistina dra nandresy anereo. Nalany teo amigny fifehezanigny Filistina i
Gata vo gny tanany. [2]Dra nandresy an'i Moaba izy boak'eo, dra lasa panopon'i Davida gny Moabita dra nandoa
hetra taminazy.[3]Dra resin'i Davida i Hadarezera, pazakan'i Zoba tao Hamata, raha bo nandeha ba hametraky gny
lalany teo amoronigny reniranon'i Eofrata i Hadarezera. [4]Nanambosy kalesy arivo, vo pitikisy sovala fitorivo, dra
pandeha atomboky roaly i Davida. Nitraingon'i Davida reo sovalanigny kalesy aby, fa nanoka ze mahapy kalesy
zato izy.[5]Nony avy ba hagnapy an'i Hadarezera pazakan'i Zoba reo Syriana boak'agny Damaskosy, dra namono
lelahy Syriana roarivo sy roaly Davida. [6]Boak'eo dra nametraky maramila tagny Syriana Damaskosy i Davida, dra
lasa panopon'i Davida gny Syriana dra nandoa hetra taminazy. Namen'i Yaveh fandresen'i Davida na teza na teza
nandehanany.[7]Nalan'i Davida reo apinga volamena aby tegny amigny panopon'i Hadarezera dra nizaka tagny
Jerosalema. [8]Tagny Tibata vo Kona, tanan'i Hadarezera, dra nangalaky varahy maro i Davida. Izay varahy zay gny
nanovan'i Solomona gny ranomasim-barany, gny andry, vo gny fitova varahy taty afara.[9]Nony ren'i Toy, pazakan'i
Hamata, fa resin'i Davida gny tafik'i Hadarezera pazakan'i Zoba aby, [10]dra nalefan'i Toy tagny amin'i Davida i
Hadorama zanadahiny ba hiarahaba vo hisaosy anazy, akory Davida nialy yamin'i Hadarezera vo nandresy
anazy, dra akory nananga aly tamin'i Toy i Hadarezera. Dra Hadorama dra ninday raha vita tamigny volafosy,
volamena, dra varahy niaraky taminazy. [11]Natokan'i Davida pazaka ho an'i Yaveh reo raha reo, niaraky tamigny
volafosy vo volamena ze nandesiny boak'amigny firenena aby: Edoma, Moaba, gny vahoak'i Amona, reo Filistina,
dra gny Amalekita.[12]Namono Edomita valo arivo vo raialy i Abisay zanadahin'i Zeroia tao amigny Lohazaka-sira.
[13]Nametrahany maramila tao Edoma, dra lasa panopon'i Davida reo Adomita aby. Namen'i Yaveh Fandresena i
Davida na teza na teza nandehanany.[14]Nazaka teo amin'Israely aby i Davida, dra napihasy gny rariny vo gny
fahamarigna tamigny vahoany aby izy. [15]Joaba zanadahin'i Zeroia gny pifehy gny tafiky, dra Josafata zanadahin'i
Ahiloda gny pita-sorasy. [16]Zadoka zanadahin'i Ahitoba vo Abimeleka zanadahin'i Abiatara gny pisoro, dra Saosa
gny panora-dalana. [17]Benaia zanadahin'i Joiada gny nifehy reo Keretita vo Peletita, dra reo zanadahin'i Davida
gny panolosay mitariky gny pazaka.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 19

[1]Dra taty afara dra maty Nahasy, pazakanigny vahoak'i Amona, dra gny zanadahiny gny lasa pazaka teo amigny
toerany. [2]Hoy Davida ho: "Haneho hasoa-fagnagny amin'i Hanona zanadahin'i Nahasy zaho, akory naneho hasoa-
fagnahy taminahy gny rany." Dra nandefa iraky i Davida ba hapionon'anazy mahakasiky an-drany. Nilisy tagny
amigny taninigny Amonita reo panopon'i Davida dra nagnagny amin'i Hanona, ba hapionon'anazy. [3]Saiky hoy reo
andrian-dahy Amonita tamin'i Hanona ho: "Mieriserisy ra hanao fa magnome voninahisy gny ranao i Davida
akory nagniraky reo panopony ba hapahery anao? Moa sy avy eto aminao reo panopony ba hisafo vo hagnety
gny tany ba handrava anizay?"[4]Ko dra nanambosy reo panopon'i Davida i Hanona, nandrisy anereo, nanapaky
reo akazon'ereo hatreo amigny valahany, hatreo amigny foto-pen'ereo, dra nandroaky anereo. [5]Gny fa
nihazavan'ereo tamin'i Davida zay, dra nagniraky hiseza anereo izy, akory afa-baraka tateraky reo lalahy. Hoy
gny pazaka ho: "Mizanogna ao Jeriko mandra-pisirianigny volombavandrareo ndraiky, dra miheregna
boak'eo."[6]Gny hitan'ireo Amonita fa lasa mafais'olosy tamin'i Davida ereo, dra nandefa taleta volafosy arivo i
Hanona vo gny Amonita ba hagnarama kalesy Syriana vo pitikisy sovala boak'amin'i Naharaima, Maka, dra Zoba.
[7]Nagnarama anereo kalesy roarivo vo telo aly gny pazakan'i Maka vo gny vahoany, ze avy nitoby teo anoloan'i
Medeba. Nivory tagny amireo tanany reo Amonita, dra niboaky ho amigny aly.[8]Gny fa nahare anizay i Davida, dra
nagniraky an'i Joaba vo gny tafiny manotolo izy ba hihao amin'ereo. [9]Niiboaky gny vahoak'i Amona dra nilahasy
ho amigny aly teo amigny saka reo pazaka ze avy.[10]Gny fa hitan'i Joaba gny aly nagnatriky anazy sady teo aloha
teo afara, dra nifaty gny ilany tamireo pialy mahay indrindra teo amin'Israely izy dra nandahasy anereo
hanohisy reo Syriana. [11]Raha gny amireo tafiky ambiny, dra nameny ho eo ambany fandidian'i Abisay rahalahiny
zay, dra nalahany ho amigny aly hanohisy gny tafik'i Amona ereo.[12]Hoy Joaba ho: "Raha hoasy mahery loasy
honahy reo Syriana, dra hanao, ry Abisay, gny sy maisy mamozy anahy. Fa raha fatrasy loasy aminao koa gny
tafik'i Amona, dra ho avy hamozy anao zaho. [13]Mahereza, dra aoko isika haneho gny vatasika vo ho an'ireo
tananigny Zagnaharisika, fa hanao soa ho anigny tazony Yaveh."[14]Ko dra niroso ho amigny aly i Joaba vo reo
maramila tafiny ba hanohisy reo Syriana, ze voatery nienga teo agnatrehanigny tafik'Israely. [15]Gny fa hitanigny
tafik'i Amona fa nienga reo Syriana, dra nienga an'i Abisay rahalahin'i Joaba avo koa reo dra nihery tagny atana.
Boak'eo nihery boak'agny amigny vahoak'i Amona i Joaba dra noly tagny Jerosalema.[16]Gny fa hitan'ireo Syriana fa
resin'Israely ereo, dra nandefa fagnapikery boak'agny andafinigny Ony Eofrata ereo, niaraky tamin'i Sofaka gny
pifehy gny tafik'i Hadarezera. [17]Gny fa nizaka anizay i Davida, dra namory gny Israely aby izy, nisaky an'i Jordana,
dra avy teo amin'ereo. Nandahasy gny tafiky ho amigny aly hanohisy reo Syriana izy, dra nialy taminazy ereo.
[18]Nienga an'Israely gny Syriana, dra i Davida namono pitikisy kalesy Syriana fito arivo vo maramila pandeha
atomboky efas'aly. Nivonony avo koa i Sofaka, gny pifehy gny tafiky. [19]Gny fa hitan'ireo pazaka aby ze panopon'i
Hadarezera fa takarin'Israely ereo, dra nihava tamin'i Davida ereo dra nanopo anereo. Dra sy magniry gny
hagnapy reo Amonita sasy gny vahoak'i Syria.

Chapter 20

[1]Dra tamigny fotoanigny lohatao, fotoa andehananigny pazaka agny agnaly raha gny tokony ho izy, gny
nitarihan'i Joaba gny tafiky ho amigny aly vo nandravany gny tanin'ireo Amonita. Lasa izy dra nanao fahirano
an'i Raba. Nizano tao Jerosalema i Davida. Dra nanafiky an'i Raba dra nandresy anizay i Joaba.[2]Nalan'i Davida
hiala amigny lohany gny sotro-boninahisy gny pazakan'ereo, dra hitany fa taleta volamena raiky gny lazan'izay,
dra nisy vato sarobily tao amizay. Natobiny teo an-dohan'i Davida gny satro-boninahisy, dra naboany reo babo
maro ze tao atana. [3]Naboany gny olo ze tao atana dra nitereny hiasa miaraky amigny sofa vo fangao-by dra
famaky ereo. Davida dra nangataky reo tananigny vahoakin'i Amona aby ba hanao anizay asa zay. Boak'eo
nihery tagny Jerosalema i Davida vo gny tafiky aby.[4]Tafaran'izay dra nisy aly niaraky tamireo Filistina tao Gazera.
Nivonon'i Sibekay gny Hosatita i Sipay, raiky amireo taranaky gny Refaita, dra resy reo Filistina. [5]Dra nisy aly
niaraky tamireo Filistina ndraiky tao Goba, dra gny vonon'i Elanana zanadahin'i Jaira gny Betlehemita i Lamy
rahalahin'i Goliata gny Gatita, gny soro-kazonize nana lefo dra manahaky gny voli-tenonigny panenona.[6]Dra nisy
aly raiky hafa ndraiky tao gata ze nisy lelahy lava lahibe nana rasa-tagna enina isany gny tagnany dra rasa-
tomboky enina isaky gny tombony. Izy avo koa dra avy amigny taranaky gny Refaita. [7]Gny fa nanirasira gny
tafik'Israely izy, dra nivonon'i Jehonadaba zanadahin'i Simea, rahalahin'i Davida. [8]Reo gny taranaky gny Refaita
boak'ao Gata, dra matinigny tagnan'i Davida vo gny tagnan'ireo maramilany ereo.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 21

[1]Nisy fahavalo raiky nisanga nanohisy an'Israely dra nandrisiky an'i Davida ba hagnisy gny Israely.[2]Hoy Davida
tamin'i Joaba vo reo mpifehy gny tafiky ho:''Mandehana, isao gny vahoakin'Israely laha tao Beri-sheba ka
hatragny Dana dra tatero aminahy.''[3]Dra hoy Joaba ho:''Hampitombo abo zato heny gny tafiny se Yaveh. Kanefa ry
tompoko gny mpazaka, moa sy manompo gny tompoko izy aby?Nanao akory gny mila anizay gny tompoko?
Nanao akory gny minday heloky amin'Israely?''[4]Kanefa tapisy gny zakany mpazaka amin'i Joaba. Koa dra lasa
Joaba dra nandeha nanera an'Israely aby . Laha teo dra nihery tao Jerosalema izy.[5]Dra nitotin'i Joaba tamin'i
Davida gny fitambarany isan'ereo lelahy mpialy.Nisy lelahy 1. 100 000 mita-sabata tao Israely. Joba avo gny nana
miaramila 470 . 000.[6]Fa Levy vo Benjamina dra sy voaisa amin'ereo, satria nampagnelakelaky an'i Joaba gny
baikony mpazaka. [7]Naha-tohy agn'Agnahary gny fihesiny, ka dra nanafiky an'Israely Izy.[8]Hoy Davida
tamin'Agnahary ho:''Nanota maro be zaho tamy fanova anizay. Koa alao gny heloky gny mpanomponao, satria
nanao andalam-be zaho.''[9]Hoy Yaveh tamin'i Gada, mpaminanin'i Davida ho:'v 10''Mandehana zakao amin'i
Davida ho:'zao gny ambaran'i Yavah:Omeko safily telo ianao. Misafiliana raiky amin'ereo.''[11]Noho zay Gada dra
nagnany amin'i Davida dra nizaka taminazy ho:''zao gny ambaran'i Yaveh :'Misafiliana raiky amy tahoky:
[12]Mosary telo tao, sa telo vola hindrifin'ereo fahavalo vo trasiny sabatan'ereo, sa telo andro amy sabatan'i Yaveh,
zay ho, areti-mandringa ao amy tany, miaraky amy azelin'i Yaveh mandrava manera gny tanin'Israely aby.'Koa
amizao dra, tapao zay vali-zaka vatany ho andesiko agny amy nagniraky anahy.''[13]Dra hoy Davida tamin'i Gada
ho:''Ory loasy zaho. angao zaho holavo eo an-tagnan'i Yaveh manahaky ze eo an-tagnan'olo , satria tena lahibe
gny famindram-pony.''[14]Noho zay dra nandefa loza tamin'Israely i Yaveh , dra olo fito aly gny maty. [15]Nandefa
azely tagny Jerosalema i Yaveh ba handrava anizay. Raha igny izy saiky handrava anazy igny, dra nagnety Yaveh
dra nagnova gny fisaignany tamy rasy. Hoy Izy tamy azely mpandrava ho:''Ampy zay! Azanogny gny
tagnanao.''Tamin'izay fotoa zay dra nisanga teo amy famoloan'i Araona gny Jebosita gny azelin'i Yaveh.[16]Nagnety
agnabo Davida dra nahita gny azelin'i Yaveh nisanga teo agnelagnelany tany vo gny lagnisy , nisy sabasy
voapotaky nanondro an'i Jerosalema tegny an-tagnany. Laha teo Davida vo reo loholo, nignisy akazo fandala ,
nampiankohoky gny tavan'ereo tamy tany.[17]Dra hoy Davida tamin'Agnahary ho:''Moa sy zaho gny nadidy gny
hampiala reo tafiky?Nanao anizay raha rasy zay zaho. Fa reo agn'ondry reo, ino gny nataon'ereo?Ry Yaveh
Zagnahariko!Ao gny tagnanao hamely anahy vo gny fianakaviako , fa ka anga hitoesy amy vahoakinao gny
loza.''[18]Dra nandidy an'i Gada gny azelin'i Yaveh ba hizaka amin'i Davida, fa tokony hiakasy vo hagnory alitara ho
an'i Yaveh eo amy famoloan'i Araona gny Jebosita i Davida.[19]Noho zay dra lasa niakasy Davida araky gny
toromariky nasain'i Gada nataony amy agnaran'i Yaveh.[20]Raha bo nandisa vary i Araona, dra nitoliky izy dra
nahita gny azely. Dra nivony izy reo vo reo zanadahiny efasy.[21]Gny fa avy tagny amin'i Araona i Davida, dra
nagnety Araora dra nahita an'i Davida. Nagnenga gny famoloa izy dra napekohoky gny tavany tamigny tany teo
amin'i Davida. [22]Dra hoy Davida tamin'i Araona ho: "Avaroty aminahy ty famoloa tihoky, ba hafahako magnory
alitara ho an'i Yaveh. Haloako gny valiny feno, ba hiala amigny vahoaky gny loza."[23]Hoy Arona tamin'i Davida ho:
"Alao ho anao zay, ry topoko gny pazaka. Atovy aminazy ze hitanao fa soa eo amasonao. Ingo, hagnome agnomby
ho anao ho fagnatisy oroa zaho, gny fivelesam-bary ho hita, dra gny vary ho fagnatisy vao; hameko anao avokoa
zay." [24]Dra hoy Davida pazaka tamin'i Araona ho: "Aha, mihizingizy hivily anizay amigny valiny feno zaho. Sy
hangalaky anizay hanao vo hanolosy anizay ho fagnatisy oroa amin'i Yaveh zaho raha ameo anahy fosiny zay.
[25]Noho izay dra nandoa enizato sekely volamena ho anigny toera i Davida. [26]Nagnory alitara ho an'i Yaveh teo
Davida dra nanolosy fagnatisy oroa vo fagnati-pihombogna teo amizay. Nitoka an'i Yaveh izy, ze namaly anazy
tamigny alitara fagnoroa gny fagnatisy oroa. [27]Boak'eo Yaveh nagnome baiko anigny azely, dra nagnery gny
sabany tao amigny fitoerany gny azely.[28]Fa gny hitan'i Davida fa namaly anazy teo amy famoloan'i Arona gny
Jebosita i Yaveh, dra nanao gny soro teo izy tamin'io fotoa io avo.[29]Dra tamin'izay fotoa zay, gny tabernakelin'i
Yaveh, zay nataon'i Mosesy tagny an'efisy , vo gny alitara ho agny fagnatisy oroa, dra tagny amin'ereo tany abo
tany Gibeona. [30]Kanefa, sy afaky nandeha tagny ba hangataky gny tari-dalan'Agnahary i Davida , satria natahosy
gny sabasy gny azelin'i Yaveh izy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 22

[1]Laha teo Davida nizaka ho:''Andeso gny hisy gny tragnon'i Yaveh Zagnahary, miaraky amy alitara ho agny
fagnatisy oroan'Israely.''[2]Koa nandidy reo mpanompony i Davida ba hisambory miaraky reo vahiny zay mony
agny amy tanin'Israely. Nitendreny nereo ba ho mpamaky vato, ba hamaky reo vato hara, ba hanorena gny
tragnon'Agnahary.[3]Nagnome vy maro be ho fasiky gny vatrangara ba ho eo amy fefy, dra amin'ereo vy fagnisian'i
Davida . Nagnome vaeahina maro noho zay azo tarazo avo koa izy, [4]dra hazo sedera maro sy tambo isay .(Ninday
hazo sedera maro be ho an'i Davida ba hisay reo Sidoniana vo reo Tyriana.)[5]Hoy Davida ho:''Solomona
zanadahiko dra tanora sady sy manam-paheza , dra gny tragno ze tokony hamboary ho an'i Yaveh dra sy maisy
mahatalazo, ba halaza vo ho voninahisy eo amin'ereo tany hafa aby. Koa hikarakara gny fagnavaha zay
zaho.''Naho zay dra nanao fagnomana lahibe i Davida talohany nahafatesany.[6]Laha teo nitoka an'i Solomona
zanany izy dra nandidy anazy hagnory tragno ho an'i Yaveh, gny Zagnaharin'Israely.[7]Hoy Davida tamin'i
Solomona ho:''Ry zanako, fikasako gny hagnorenako tragno, ho agny agnaran'i Yaveh Zagnariko.[8]Kanefa Yaveh
nagnato anahy dra nizaka ho:'Fa nandasaky lio maro dra fa nitalia aly maro ianao. Sy hagnory tragno ho agny
agnarako ianao, satria fa nandasaky lio maro teto an-tany teo amasoko ianao.[9]Na dra zay avo, hana zanadahy
raiky tia fihavana ianao. Hagnome anazy fiala-sasasy amin'ereo fahavalony aby amy lafiny aby zaho. Fa gny
agnarany dra ho atao Solomona, dra hagnome anazy fiadana vo fahangina ho an'Israely amin'ereo androny zaho.
[10]Hagnory tragno ho agny agnarako izy.Ho zanako izy, dra ho rany zaho. Hametraky gny seza fiandriany fazakany
eo amin'Israely mandrakizay zaho.'[11]Amizao , ry zanako, homba anao se Yaveh dra hampahomby anao. [12]Hagnory
gny tragnon'i Yaveh Zagnahariko se ianao, araky gny nizakany fa hataonao.Hagnome anao say vo fahazava-say
avo koa se Yaveh, ba hankatoavinao gny lalan'i Yaveh Zagnaharinao, fa gny mametraky anao hiasa eo
amin'Israely Izy. [13]Dra hahomby ianao, raha tia soa reo lalana vo reo didy zay nomen'i Yaveh tamin'i Mosesy
mahakasiky gny Israely. Mahereza dra mana herim-po. Ka matahosy na kivy.[14]Dra m ingo, gny fihezahana lahibe
zay fa nomaniko ho agny tragnon'i Yaveh zay taleta volamena 100.000. taleta volafosy raiky tapitisa, dra varahina
vo vy maro be. Fa nagnome hazo vo vato avo koa zaho. Sy maisy hagnampy maromaro avo an'ereo aby reo ianao.
[15]Mana mpiasa maro miaraky aminao ianao:Mpamaky vato, mpanao tragno, mpandrafisy , dra reo mpanoa asa-
tagna mahay maro isan-karazany, [16]zay afaky miasa amy volamena, volafosy, varahina , dra vy.Ka atomboy gny
asa, dra homba anao se Yaveh.''[17]Nandidy reo mpitariky gny Israely aby avo koa Davida ba hagnampy an'i
solomona zanadahiny, manao ho:[18]''Momba andrareo Yaveh Zagnaharindreo dra fa magnome fiadana andrareo
tamy lafiny aby . Fa nagnome reo mponiny farisy teto am-pelatagnako Izy. Milavo lefo eo anatrehan'i Yaveh vo
gny olony gny farisy.[19]Amizao mitaliava an'i Yaveh Zagnaharindreo amy fondrareo aby vo gny fagnahindrareo
aby .Misangana dra hahoregno gny toera masin'i Yaveh Zagnahary.Ka afaky minday gny tobiliny faneken'i Yaveh
vo reo raha ze an'Agnahary ao an-tragno zay naory ho agny agnaran'i Yaveh iandrareo.'''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 23

1Fa gny atisy Davida dra mariny hofara gny andro iaignany, dra nataony mpazaka hanapaky an'Israely i
Solomona zanadahiny.2Nahorony niaraky reo mpitariky gny Israely aby, niaraky tamin'ereo mpisoro vo reo
Levita.3Reo Levita telopolo tao gny ho mihoasy gny nisay. Niisa valo arivo vo telo aly ozy reo.4''Amin'ereo, dra
efasy arivo vo ro aly gny niandraikisy gny asa tao an-tragnon'i Yaveh, dra enina arivo reo manam-boninahisy vo
mpitsara.5Efasy arivo gny mpiamby fefy, dra efasy arivo gny mpidera an'i Yaveh miaraky amy fitova ze
namboariko ho fagnomeza fidera,''Hoy Davida. 6Nizarany ho vondro zay mifagnaraky amin'ereo zanadahin'i Levy
izy reo:Gersona, Kahata, dra Merary.7Laha tamin'ereo foko taranak'i Gersona , gny nisy an'i Ladana vo Simey.8Telo
gny zanadahin'i Ladana:Jehiela gny mpitariky, Zetama, dra Joela.9Telo gny zanadahin'i Simey:Selomota, Haziela,
dra Harana. Reo gny mpitariky reo fokon'i Ladana.10Efasy gny zanadahin'i Simey:Jahata, Ziza, Jeosy, dra Beria.
11Jahata gny zokiny indrindra, dra Ziza gny faharo, fa Jeosy vo Beria koa sy ba nana zandahy maro, ka dra natao
ho foko raiky mitovy asa ereo.12Efasy gny zanadahin'i Kehata:Amrama, Jizara, Hebrona,dra Oziela.13Tahoky avy
gny zanadahin'i Amrama:Arona vo i Mosesy.Voasafily ho mpanoka reo raha-masy indrindra i Arona, ka izy vo reo
taranany gny hanolosy gny litin-kazo magnisy eo anatrehan'i Yaveh, hanompo anazy dra hagnome sandrano amy
agnarany mandrakizay.14Fa raha gny amin'i Mosesy gny lelahin'Agnahary koa, dra natao ho Levita reo
zanadahiny.15Reo zanadahin'i Mosesy dra i Gersona vo Eliezara.16Gny taranak'i Gersona dra i Seboela gny zokiny
indrindra.17Gny taranak'i Eliezara dra i Rehabia. Sy nana-zanadahy hafa i Eliezera, Kanefa Rehabia dra nana
taranaky maro.18Gny zanadahin'i Jizara dra i Selomita gny mpitariky.19Gny taranak'i Hebrona dra i Jeria, zokiny
insdrindra, Amariagny faharo, Jahaziela gny fahatelo, dra Jekameama gny fahefasy. 20Reo zanadahin'i Oziela dra i
Mika zokiny indrindra, dra Isaih gny faharo.21Reo zanadahin'i Merary dra i Maly vo Mosy. Reo zanadahin'i Maly
dra i Eleazara vo Kisy.22Maty sy ba nitera-dahy i Eleazara. Zanakapelany avo koa gny nanagnany . Reo zanadahin'i
Kisy dra nanambaly anazy reo.23Reo zanak'i Mosy telo lahy dra i Maly, Edera, dra Jeremota.24Reo gny taranak'i
Levy araky gny fokon'ereo. Izy reo gny mpitaroky , voaiky dra voahiaky araky gny agnarany foko ze nanao gny
fanompoa tao an-tragnon'i Yaveh, manomboky eo amy ropolo tao gny ho miakasy. 25Fa hoy Davida ho:''Yaveh,
Zagnaharin'Israely, dra fa nagnome Fisahara ho agny olony. Nataony ao Jerosalema mandrakizay gny tragnony.
26Sy hinday gny tabernakely vo reo fitova fampiasa amy fanompoa aby sasy reo Levita.''27Fa tamy alalany zakan'i
Davida farany gny nagnisa reo Levita , ropolo tao gny ho miakasy . 28Gny raharahan'ereo dra magnatriky reo
taranak'i Arona amy asa ao an-tragnon'i Yaveh .Izy reo dra mikarakara reo kiaza, reo efitragno, gny fomba
fagnaliova reo raha aby ze an'i Yaveh, dra gny asa fanompoa hafa aoa an-tragnpn'Agnahary. 29Izy reo avo koa gny
mikarakara gny mofony fanatreha , gny koba soa lisa ho vary fagnatisy, gny mofo matify sy misy masirasira,
fagnatisy voahendy, fagnatisy mifangaro dililo, dra gny famarana gny hamaroa vo habe-draha aby.30Nisanga isa-
maray avo koa izy reo ba hisaosy vo hidera an'i Yaveh. Nataon'ereo avo koa zay gny hariva 31dra na ombia na
ombia gny magnatisy fagnatisy oroa ho an'i Yaveh, na amy Sabata na amy fankalaza gny voloham-bola vo amy
andro fanasa.Gny isa raikisy , zay voatendry didy, dra sy maisy aseho eo anatrehan'i Yaveh mandrakariva.32Izy
reo gny nisahana gny tragno lay fihaogna, gny toera masy , dra nagnampy reo taranak'i Arona naman'ereo tamy
fanpmpoan tao an-tragnon'i Yaveh.

Chapter 24

[1]Gny antokon'asa mifotosy amin'ereo tarank'i arona dra tahoky aby:Nadabo, Abiho, Eleazara dra Itamara.[2]nadaba
vo Abiho dra maty talohany nahafaty gny ran'ereo . Sy nana-zanaky iereo, koa niasa manahaky gny mpisoro i
Eleazara vo Itamara.[3]Davida, niaraky tamin'i zadoka, taranak'i Eleazara, dra Ahimeleka, taranak'Itamara, dra
nizara anazy reo ho antokony amy asa maha-mpisoro anazy reo.[4]Teo amin'ereo taranak'i Eleazara dra nisy lelahy
mpitariky maro noho gny teo amin'ereo taranak'Itamara, ka nizaran'ereo ho antoko enina ambiny folo reo
taranak'i Eleazara. Nanao anziay tamy lohany fianakaviam-be vo tamin'ereo taranak'Itamara ereo. Valo reo
fizarana reo raha isay, zay mifandraiky amy fokon'ereo aby.[5]Nisarahin'ereo tamy asapakin'ereo , satria nisy
mnam-boninahisy masy vo manam-boninahisin'Agnahary, laha tamin'ereo taranak'i Eleazara reo
taranak'Itamara.[6]Semaia zanadahin'i Netanela mpanora-dalana, Levita raiky, dra nanorasy gny agnaran'ereo teo
amy fanatrehany mpazaka , reo manam-boninahisy , zadoka mpisoro, Ahimeleka zanadahin'i Abiatara, dra reo
mpitariky Levita. Gny foko raiky dra voasariky tamy asapaky laha tamin'ereo taranak'i eleazara, dra gny
magnaraky dra ho sariha laha tamin'ereo taranak'Itamara.[7]Gny loka volohany dra nagnany amin'i Joariba, gny
faharo an'i Jedaia,[8]gny fahatelo an'i Harima, gny fahefasy an'i Seorima, [9]gny fahadimy an'i Malkia, gny fahenina
an'i bMiamina,[10]gny fahafita an'i Hakoza, gny fahavalo an'i Abia,[11]gny fahasivy an'i Jesoa,[12]gny fahafolo an'i
Sekania, gny fahiraiky amby folo an'i Eliasiba, gny faharo ambiny folo an'i Jakima, [13]gny fahatelo ambiny folo an'i
Hopa, gny fahefasy ambiny folo an'i Jesebaba, [14]gny fahadimy ambiny folo an'i Bilga, gny fahenina ambiny folo
an'Imera,[15]gny fahafito ambiny folo an'i Hezira, gny fahavalo ambiny folo an'i Hafizeza, [16]gny fahasivy ambiny
folo an'i Petahia, gny faharopolo an'i Jehezekela,[17]gny faharaiky amby ropolo an'i Jakina , gny faharo amby ro-
polo an'i Gamola, [18]gny fahatelo amby ro-polo an'i Dalaia, dra gny fahefasy amby ro-polo an'i Mazia,[19]Reo gny
laharan'asan'ereo, fa gny avy tao amy tragnon'i Yaveh ereo, magnaraky gny fisipiky nome anazy reo tamy alalan'i
Arona razamben'erep, manahaky gny nampianarin'i Yaveh, gny Zagnaharin'Israely anazy.[20]Tahoky gny
ambin'ereo Levy:tamin'ereo zanadahin'i Amrama, dra i Sobaela; tamin'ereo zanadahin'i Sobaela. dra i Jedala.
[21]Reo zanadahin'i Rehabia:Tamin'ereo zanadahin'i Rehabia, dra i Jisia mpitariky. [22]Tamin'ereo Jizarita, dra i
Selomota;tamin'ereo zanadahin'i Selomota, dra i Jahata.[23]Reo zanadahin'i Hebrona:Jeria mpitariky, Amaria gny
Faharo, Jahaziela gny fahatelo, dra Jekameana gny fahefasy . [24]Agnisany zanaky gny tarank'i Oziela i Mika.
Agnisany taranak'i Mika i samira. [25]Jisia gny rahalahin'i Mika. Agnisany zanadahin'i Jisia i Zakaria.[26]Reo
zanadahin'i Merary:Maly vo Mosy. Gny zanadahin'i Jazia, dra i Beno. [27]Reo zanadahin'i Merary: Jazia, Beno,
Aohama, Zakora, dra Ibry. [28]Gny zanadahin'i Maly: Eleazara, ze sy nanagnanaky lelahy.[29]Gny zanadahin'i Kisy, gny
zanadahin'i Kisy dra: Jeramela. [30]Reo zanadahin'i Mosy: Maly, Edera, dra Jerimota. Reo gny Levita, voaisa araky
gny fianakavian'ereo aby. [31]Reo lelahy ze lohanigny isa-pianakavianigny rany aby vo reo faralahiny aby reo, dra
samby niloka teo agnatrehan'i Davoda pazaka, vo Zadoka dra Ahimeleka, niaraky tamireo loha-pianakavian'ireo
pisoro vo reo Levita. Nanao asapaky manahaky gny nataon'ireo taranak'i Arona ereo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 25

1 Davida vo reo pitariky gny asanigny tabernakely dra nisafidy gny asanigny ilany tamireo zanadahin'i Asafa,
Hermana, dra Jedotona. Reo lelahy reo dra naminany tamireo harpa, lokanga, dra kipantsona. Tahoky aby gny
lisitan'ireo olo ze nanao anizay asa zay: 2 Boak'amireo zanadahin'i Asafa: Zakora, Josefa, Netania, dra Asarela, reo
zanadahin'i Asafa, teo ambany fitarihan'i Asafa, ze naminany teo ambany fagnarahamasonigny pazaka.
3 Boak'amireo zanadahin'i Jedotoma: Gedalia, Zery, Jesaia, Simey, Hasabia, dra Matatia, enina gny fitambarany, teo
ambany fifehezan'i Jedotoma ran'ereo, ze nitendry gny harpa ba hagnomeza fisora vo hidera an'i Yaveh.
4 Boak'amigny zanadahin'i Hermana: Bokia, Matania, Oziela, Seboela, dra Jerimota, Hanania, Hanany, Eliata,
Gidalty, Romamti-ezera, Josbekasa, Maloty, Hotira, dra Mazaiota. 5 Zanadahin'i Hemana paminan'ny pazaka reo
reo aby reo. Zagnahary dra nagnome zanadahy efasy ambiny folo vo zanakapela telo an'i Hemana ba hagnomeza
voninahisy anazy. 6 Reo aby reo dra teo ambany fifehezan'ny baban'izy reo. Pitendry zavamagneno tao atragnon'i
Yaveh izy reo, mindray ami'reo kipasona vo reo lokanga gny nanopo tao atragnon'i Yaveh izy reo. Asafa,
Jedotona, dra Hermana dra teo ambany fagnaraha-mason'ny pazaka. 7 Izy reo vo reo rahalahiny zay manapaheza
vo nomany ba hitendry mozika ho an'i Yaveh dra niisa 288. 8 Nanao asapaky ho an'ireo andrekiny izy reo, mitovy,
manahaky zay koa ho an'ny tanora vo gny atisy, gny papianasy vo gny pianasy. 9 Gny mahakasiky an'ireo zanaky
lahin'i Asafa: Gny asapaky volohany dra azon'ny fianakavian'i Josefa; gny faharo azon'ny fianakavian'i Gedali, olo
miisa ro ambin'ny folo; 10 Gny fahatelo azon'i Zakora, reo zanany lahy vo reo havany, olo miisa ro ambin'ny folo;
11 Gny fahaefasy azon'i Jizry, reo zanany lahy vo reo havany; olo ro ambin'ny folo; 12 Gny fahadimy dra azon'i
Netania, reo zanany lahy vo reo havany, olo miisa ro ambin'ny folo; 13 Gny fahaenina dra azon'i Bokia, reo zanany
lahy vo reo havany, olo miisa ro ambin'ny folo; 14 Gny fahafito azon'i Jesarela, reo zanany lahy vo reo havany, olo
miisa ro ambin'ny folo; 15 Gny fahavalo dra azon'i Jesaia, reo zanany lahy vo reo havany, olo miisa ro ambin'ny
folo; 16 Gny fahasivy dra azon'i Matania, reo zanany lahy vo reo havany olo miisa ro ambin'ny folo; 17 Gny fahafolo
dra azon'i Simey, reo zanany lahy vo reo havany, olo miisa ro ambin'ny folo; 18 Gny faharaiky ambin'ny folo dra
azon'i Azarela, reo zanany lahy vo reo havany, olo miisa ro ambin'ny folo; 19 Gny faharo ambin'ny folo dra azon'i
Hasabia, reo zanany lahy vo reo havany, olo miisa ro ambin'ny folo; 20 Gny fahatelo ambin'ny folo dra azon'i
Sobaela, reo zanany lahy vo reo havany, olo miisa ro ambin'ny folo; 21 Gny fahaefasy ambin'ny folo dra azon'i
Matitia, reo zanany lahy vo reo havany, olo miisa ro ambin'ny folo; 22 Gny fahadimy ambin'ny folo dra azon'i
Jemerota, reo zanany lahy vo reo havany, olo miisa ro ambin'ny folo; 23 Gny fahaenina ambin'ny folo dra azon'i
Hanania, reo zanany lahy vo reo havany, olo miisa ro ambin'ny folo; 24 Gny fahafito ambin'ny folo dra azon'i
havany, olo miisa ro ambin'ny folo; 25 Gny fahavalo ambin'ny folo dra azon'i Hanania, reo zanany lahy vo reo
havany olo miisa ro ambin'ny folo; 26 Gny fahasivy ambin'ny folo dra azon'i Maloty, reo zanany lahy vo reo havany,
olo miisa ro ambin'ny folo; 27 Gny faharo-polo dra azon'i Eliata, reo zanany lahy vo reo havany, olo miisa ro
ambin'ny folo; 28 Gny faharaiky amby ro-polo dra azon'i Horita, reo zanany lahy vo reo havany olo miisa ro
ambin'ny folo; 29 Gny faharo amby ro-polo dra azon'i Gidalty, reo zanany lahy vo reo havany, olo miisa ro ambin'ny
folo; 30 Gny fahatelo amby ro-polo dra azon'i Mahaziota, reo zanany lahy vo reo havany, olo miisa ro ambin'ny
folo; 31 Gny fahaefasy amby ro-polo dra azon'i Romamti-ezera, reo zanany lahy vo reo havany, olo miisa ro
ambin'ny folo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 26

[1]Tahoky aby gny fizaran'ireo piamby vavahady: Boak'amireo Koraita, Meselemia zanadahin'i Kore, taranak'i
Asafa. [2]Meselemia dra nanagnanaky lahy: Zakaria gny lahimatoa, Jediaela gny faharo, Zebadia, gny fahatelo,
Jatniela gny fahaefasy, [3]Elama gny fahadimy, Johanana gny fahaenina, Elihoenay gny fahafito.[4]Obed-edoma dra
nanagnanaky lahy: Semaia gny lahimatoa, Jozabada gny faharo, Joa gny fahatelo, dra Sakara gnyfahaefasy, dra
Netanela gny fahadimy, [5]Amiela gny fahaenina, akory nitahin'Agnahary i Obed-edoma. [6]DRa Semaia zanany dra
niteraky lelahy ze nanapaky teo amigny fianakavian'ereo; ereo dra lelahy mana faheza-manao maro.[7]Reo
zanadahin'i Semaia dra: Otny, Rafaela, Obeda dra Elzabada. Reo havany Eliho vo Semakia dra olo mana faheza-
mana maro avo koa. [8]Reo aby reo dra taranak'i Obed-edoma. Ereo vo gny zanadahin'ereo dra reo havany dra olo
mahavita manao gny adidiny agny amigny tabernakely fano-poa. Nisy ro amby eni-polo tamin'ereo nifandraiky
tamin'i Obed-edoma. [9]Meselemia dra nanagnanaky lahy vo hava, olo mana-paheza, valo ambiny folo gny
fitambarany.[10]Hosa, taranak'i Merary, dra nana zanadahiny: Simry gny pitariky (na dre sy lahimatoa aza izy, dra
nataonigny rany ho pitariky), [11]Hilkia gny faharo, Tebalia gny fahatelo, dra Zakaria gny fahaefasy. Reo zanadahin'i
Hosa vo gny havany mariny aby dra telo ambiny folo gny isany.[12]Reo fizaran'ireo piapy vavahady reo,
mifagnaraky amigny pitariky anereo, dra nana andraikisy, manahaky reo havany, ba hanopo ao atragnon'i
Yaveh. [13]Niloka ereo, na gny tanora gny atisy, mifagnaraky amigny fianakavian'ereo, ho anigny vavahady. [14]Gny fa
nariany ho anigny vavahady asignana gny loka, dra lasaky tao amin'i Selemia zay. Dra nagnary gny loka ho an'i
Zakaria zanadahiny ereo, ze panolo-say hendry, dra gny lokany dra niseho ho anigny vavahady avarasy.[15]Gny
vavahady asomo dra nitendre ho an'i Obed-edoma, dra gny tragno fitehiriza gny nitendre ho an'ireo zanadahiny.
[16]Gny vavahady andrefa gny nitendre ho an'i Sopima vo Hosa miaraky amigny vavahadinigny Saleketa, amigny
lalana miakasy. Voapetraky ho anigny isa-pianakavia reo fembena.[17]Tagny asignana dra nisy Levita enina, gny
tagny avarasy efasy isan'andro, gny tagny asimo efasy isan'andro, dra lelahy siroro tagny amigny tragno
fitehiriza. [18]Tao amigny fisara andrefa dra nisy lahasorasy efasy, efasy tegny amigny lala, dra ro tao amigny fisara.
[19]Reo gny fizaran'ireo piapy vavahady. Ereo dra fenonigny taranak'i Kora vo Merary.[20]Eo amigny Levita, Ahia gny
nisaha reo harena tao atragnon'Agnahary, vo gny amireo harena tao amireo raha ze an'i Yaveh. [21]Gny taranak'i
Ladana, tranaky boak'amin'i Gersona boak'amigny alalany dra ze pitariky gny fianakavian'i Labana gny
Gersonita, dra i Jehielita vo reo zanadahiny, [22]Zetama, vo Joela rahalahiny, ze nagnara-maso gny tragno fitehiriza
ao atragnon'i Yaveh.[23]Nisy piamby avo koa voasariky tamigny fianakaviamben'i Armama, Jizara, Hebrona, dra
Oziela. [24]Seboela zanadahin'i Gersona zanak'i Mosesy, gny pagnara-maso eo amigny tragno fitehiriza. [25]Reo
havany boak'amigny fianakakaviamben'i Eliezera dra Rehabia zanadahiny, Jesaia zanadahin'i Rehabia, Jorama
zanadahin'i Jesaia, Zikry zanadahin'i Jorama, dra Selomota zanadahin'i Zikry.[26]Selomota vo gny havany dra
nisaha gny tragno fitehirizan'aby mita reo raha ze an'i Yaveh, ze natokan'i Davida pazaka, reo pitariky gny
fianakavia, gny pifehy gny arivo vo gny pifehy gny zato, dra reo pifehy gny tafiky. [27]Natokan'ereo ze azo babo
tamigny aly ho fahafoiza ho anigny tragnon'i Yaveh. [28]Nisaha gny amigny raha aby ze nataon'i Samoela paminany,
Saoly zanadahin'i Kisy, Abnera zanadahin'i Nera, dra Joaba zanadahin'i Zeroia ho an'i Yaveh avo koa ereo. Gny
raha aby ze voatoka ho an'i Yaveh dra teo ambany fembenan'i Selomota vo reo havany.[29]Gny avy amigny taranak'i
Jizara, Kenania vo reo zanadahiny gny nisaha gny raharahan'olo-sotra amin'Israely. Ereo dra manamboninahisy
vo pisara. [30]Gny avy amigny taranak'i Hebrona, Hasabia vo reo rahalahiny, dra lelahy mahay 1. 700, gny nisaha
gny asan'i Yaveh vo gny asanigny pazaka. Tagny an-dafy andrefan'i Jordana ereo.[31]Boak'amigny taranak'i
Hebrona, Jeria gny pitariky tamireo taranany, voaisa tamigny lisitan'ireo fianakaviany. Tamigny tao fahaefa-polo
nazakan'i Davida gny nandidian'ereo gny firaketa asorasy dra nihita lelahy mahay tao Jazera agny Gileada teo
amin'ereo. [32]Jeria dra nana hava 2. 700, ze loha-pianakavia mahay. Nataon'i Davida piandraikisy teo amireo
fokon'i Robena vo Gada, dra gny asasa-pokon'i Manase, amigny raha aby mahakasiky an'Agnahary, vo gny amigny
raharahanigny pazaka ereo.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 27

1Itahoky gny lisita gny fianakaviamben'ireo pitariky Israelita, ireo pamehy gny arivo gny zato, mbamin'ireo
manavoninahisy gny tafiky zay nanopo gny pazaka tamigny fomba samihafa. Gny atoko maramila kiraikiraiky
dra nanopo isam-bola nandrisy gny tao. Gny atoko kiraikiraiky dra nisy lelahy efasy arivo vo ro aly avy. 2Gny
lohan'ny atoko tamigny vola volohany dra i Jasobeama zanaky lahin'i Zebdiela. Nisy lelahy efasy arivo vo ro aly
tao amigny atokony. 3Isan'ireo taranak'i Fereza izy dra niandrekisy an'ireo manavoninahisy gny tafiky aby
nandrsy gny vola volohany.4Doda gny lohan'ny atokony tamigny vola faharo, izay avy amigny foko taranak'i
Ahoa. Miklota gny teo amigny laharana faharo. nisy lelahy efasy arivo vo ro aly tao amigny atokony. 5Gny pamehy
gny tafiky tamigny vola fahatelo dra i Benaia zanaky lahin'i joiada, pisoro vo pitariky. Nisy lelahy efasy arivo vo
ro aly tao amigny atokony. 6Io gny Benaia zay pitariky reo telo-polo, sady lohan'ireo telo-polo. Tao amigny atokony
i Amizabada zanany lahy.7Asahela rahalahin'i Joaba gny pamehy tamigny vola fahaefasy. Zebadia zanany lahy
gny avy pamehy nandimby anazy. Nisy lelahy efasy arivo vo ro aly tao amigny atokony. 8Samihota gny pamehy
tamigny volana fahadimy, zay taranak'i Jizarita. nisy lelahy efasy arivo vo ro aly tao amigny atokony. 9Ira zanaky
lahin'Isrealy, avy agny Tekoa gny pamehy tamigny vola fahaenina. Nisy lelahy efasy arivo vo ro aly tao amigny
atokony.10Heleza Pelinita, avy ami'reo vahoakin'i Afraima gny pamehy tamigny vola fahafito. Nisy lelahy efasy
arivo vo ro aly tao amigny atokony. 11Sibekay ilay Hosatita, avy amigny foko taranak'i Zera gny pamehy tamigny
vola fahavalo. Nisy lelahy efasy arivo vo ro aly tao amigny atokony. 12Abiezera ilay Anatotita, avy amigny fokon'i
Benjamina gny pamehy tamigny vola fahasivy. Nisy lelahy efasy arivo vo ro aly tao amigny atokony.13Maharay
avy agny amigny tanan'i Netofota, avy amigny foko taranak'i Zera gny pamehy tamigny vola fahafolo. Nisy lelahy
efasy arivo vo ro aly tao amigny atokony. 14Benaia avy agny amigny tanan'i piratona, avy amigny fokon'i Efraima
gny pamehy tamigny vola fahiraiky ambin'ni folo. Nisy lelahy efasy arivo vo ro aly tao amigny atokony. 15Helday
avy ao amigny tanan'i Netofata, avy amigny foko taranak'i Otniela gny pamehy tamigny vola faharo ambin'ny
folo. Nisy lelahy efasy arivo vo ro aly tao amigny atokony.16Itahoky aby reo pitariky gny fokon'Isrealy: Ho an'ny
fokon'i Robena, dra Eliezera zanaky lahin'i Zikry gny pitariky. Ho an'ny fokon'i Simeona, dra Sefatia zanaky lahin'i
maka gny pitariky. 17Ho an'ny fokon'i Levy, dra Hasabia zanaky lahin'i Kemoela gny pitariky, dra Zadoka gny
nitariky reo taranak'i Arona. 18Ho an'ny fokon'i Joda, dra Eliho, raiky amin'ireo rahalahin'i Davida gny pitariky. Ho
an'ny fokon'Isrealy, dra Omry zanaky lahin'i Mikaela gny pitariky.19Ho an'ny fokon'i Zebolona, dra Jismala zanaky
lahin'i Obadia gny pitariky. Ho an'ny fokon'i Naftaly, dra Jerimota zanaky lahin'i Azriela gny pitariky. 20Ho an'ny
fokon'i Afraima, dra Hosea zanaky lahin'i Azazia gny pitariky. Ho an'ny asasaky gny fokon'i Manase, dra Joela
zanaky lahin'i Pedaia gny pitariky. 21Ho an'ny asasaky gny fokon'i Manase tao Gileada, dra Ido zanaky lahin'i
Zakaria gny pitariky. Ho an'ny fokon'i Benjamina, dra Jasiela zanaky lahin'i Abniera gny pitariky. 22Ho an'ny
fokon'i dana, dra Azarela zanaky lahin'i Jehorama gny pitariky. reo gny pitariky gny fokon'Israely.23Sy nagnisa reo
ro-polo tao na ambanin'izay i Davida, satria napanatena gny hagnamaro an'Israely manahaky reo vasian'ny
lagnisy i Yaveh. 24Nanomboky nagnisa reo olo i Joaba, saiky sy nahavita. Noho zay dra nilavo teo amin'Israely gny
fahavariagna. Sy voasorasy ao amigny Tantaran'i Davida pazaka io tarehimariky io.25Azmaveta zanaky lahin'i
Adiela gny niandrekisy gny rakisy gny pazaka. Jonatana zanaky lahin'i Ozia gny nisahana gny fagnaza tany
asaha, tagny ami'reo tanan-dehibe, vo tagny ami'reo zana-vihisy, dra tagny ami'reo tilikambo voaaro. 26Ezry
zanaky lahin'i Keloba gny nisahana ani'reo tasaha, reo zay niasa gny tany. 27Simey avy agny Rama gny nisahana
reo tani-voloboky, dra Zebdy avy agny Sifama gny nisahana reo voloboky vo gny lakaly fagnaza-divay.28Bala-
hanana avy agny Gadera gny nisahana reo hazo Oliva vo reo hazon'amotana tagny ami'reo tany lemaky, dra
Joasy gny nisahana reo tragno fagnaza-menaky. 29Sitray avy agny Sarana gny nisahana reo biby fiopy zay
nihinam-bilona tagny Sarana, dra Safata zanaky lahin'i Adlay gny nisahana reo biby fiopy zay tagny ami'reo
lohasaha.30Obila ilay Ismaelita gny nisahana an'ireo rameva, dra Jedda avy agny Meronota gny nisahana an'ireo
Boriky vavy. Jaziza Hagarita gny nisahana an'ireo agnondry miaraky amigny Osy. 31Reo aby reo dra piandrekisy
aby avo.32Panolosay i Janatana, rahalahin'i Baban'i Davida, satria hendry no sady panora-dalana izy. Jehiela
zanaky lahin'i Hakmony gny niahy reo zanaky gny pazaka. 33Ahitofela gny pagnome say pazaka, dra Hasay avi
ami'reo vahoaky Arkita gny pagnome say manokan'ny pazakla. 34Nalany'i Joiada zanaky lahin'i Benaia, vo
Abiatara gny fitobohan'i Ahitofela. Joaba gny pamehy gny tafiky gny pazaka.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 28

[1]Navorin'i Davida reo manam-boninahisy gny Israely aby tao Jerosalema: reo manam-boninahis'ireo foko, reo
mana-pahefan'ireo atoko ze nanopo gny pazaka tamigny asan'ereo voalahasy, reo pifehy agnarivony vo pifehy
azatony, reo pitata gny vara vo fanagnanigny pazaka vo gny anireo zanadahiny aby, dra reo mana-pahefa vo reo
lelahy pialy, agnisa'izay gny mahay indrindra amin'ereo.[2]Dra nisanga i Davida pazaka dra nanao anizahoky ho:
"Tenoy zaho, ry rahalahiko vo ry vahoako. Fikasako gny hamboasy tepoly ho anigny fiaranigny fagneken'i Yaveh;
fitoera-tombony ho an'Agnaharisika, dra fa nanao fagnomana hagnoregna anizay zaho. [3]Nefa hoy Zagnahary
taminahy ho: 'Sy hamboasy tepoly ho anigny agnarako hanao, akory lelahin'aly hanao dra fa nandesa-dio.'[4]Dra
Yaveh, gny Zagnaharin'israely, fa nifily anahy tamigny fianakavian-drako aby ho pazaka eo amin'Israely
mandrakizay. Fa nifily gny fokon'i Joda ho pitariky Izy. Nifily anahy ho pazaka eo amigny Israely aby teo amigny
fokon'i Joda, dra tao amigny akohonan-drako, boak'amigny zanadahin-drako aby Izy. [5]Boak'amireo zanadahiny
maro namen'i Yaveh anahy, gny nisafidianany an'i Solomona, zanadahiny, ba hipetraky eo amigny seza
fiandrinanigny fazakan'i Yaveh, eo amin'Israely.[6]Hoy Izy taminahy ho: 'Hamboasy gny tragnoko vo reo kiazako i
Solomona zanadahiko, akory fa nifily anazy ho zanako Zaho, dra ho rany Zaho. [7]Hametraky gny fazakany
mandrakizay zaho, raha mitoby makato reo didiko vo gny lalako, manahaky anao amizao izy.[8]Dra amizao, eo
amason'Israely aby, ty fengona ho an'i Yaveh tihoky, vo eo amigny fagnatrehan'Agnaharisika, dra
tandremondrareo vo tano reo didin'i Yaveh Zagnaharindrareo aby. Atovy zay ba hanagnandrareo anizay tany soa
zay dra hametraky anizay ho lovan'ireo zanandrareo mandimby andrareo mandrakizay.[9]Dra gny aminao, ry
Solomona zanako, akatoavo gny Zagnahariny gny ranao, dra manopoa anazy amigny fonao manotolo vo gny
fagnahy mazoto. Atovy zay akory Yaveh mitalia gny fo aby dra mahatakasy gny fahazotoanigny eriserisy gny
olon'aby. Raha mitalia anizay hanao, dra ho hitanao Izy, nefa raha magnenga Anazy hanao, dra hagnary anao
mandrakizay Izy. [10]Fataro fa i Yaveh fa nifily anao ba hamboasy anizay tepoly zay ho fitoerany masy. Matazaky
dra atovy zay."[11]Dra namen'i Davida an'i Solomona zanany gny sarinigny tepoly, gny fagnaza gny tepoly, reo
tragno fitehiriza, reo efisy farany agnabo, reo efisy agnatiny, dra gny efisy misy gny rakosy fagnavota. [12]Nameny
anereo gny rafisy nataony sary ho anireo kiazanigny tragnon'i Yaveh, reo tragno fitehiriza ao atragnon'Agnahary,
dra reo fitehiriza-drakisy ho anirei raha ze an'i Yaveh.[13]Name anereo fisipiky ho anireo fizaran'ireo pisoro vo reo
Levita, ho anireo andrekisy voatendry ho anigny fanopoa ao amigny tragnon'i Yaveh, dra ho anireo raha aby ho
anigny fanopoa ao atragnon'i Yaveh izy. [14]Nameny anazy gny lazanigny fanaky volamena aby ho anigny fanopoa
isa-karazany aby dra gny fanaky volafosy aby, ho anigny raha aby ho anigny karaza-panopoa aby. [15]Reo asipiriany
reo dra name tamigny laza, agnisanizay gny asipirian'ireo fanova-ziro volamena, gny asipirianigny laza ho
anigny fanova ziro aby, ho an'ireo ziro, ho an'ireo fanova-ziro volafosy, dra gny asipiriany ho anigny fapesa
manoka gny fanova-ziro aby.[16]Nameny ho an'ireo latabasy gny mofonigny fagnatreha, ho anigny latabasy aby gny
lazanigny volamena, dra gny lazanigny volafosy ho an'ireo latabasy volafosy. [17]Nameny ho anireo sotro
hihinanan-kena, reo lazanigny volamena sy mifangaro. Nameny gny lazanigny lovia volamena sirairay, dra gny
lazanigny lovia volafosy sirairay.[18]Nameny ho anigny alitara fagnoroa liti-kazo magnisy gny lazanigny volamena
voalio, dra gny anigny volamena ho anigny sarinigny kerobima ze mamelasy reo elany dra manaro gny
fiaranigny fagneken'i Yaveh. [19]Hoy Davida ho: "Fa nataoko asorasy zay aby zay araky gny nanoroan'i Yaveh anahy
vo napahazoany anahy momba gny sary."[20]Hoy Davida tamin'i Solomona zanany ho: "Matazaha dra managna
heri-po. Atovy gny asa. Ka matahosy na miahiahy, fa Yaveh zagnahary, Zagnahariko, dra momba anao. Sy hamely
anao Izy na hagnenga anao mandra-pahavitanigny asa aby ho anigny fanopoa ao amigny tepolin'i Yaveh. [21]Ingo,
tahoky reo fizaran'ireo pisoro vo reo Levita ho anigny fanopoan'aby ao atepolin'Agnahary. Hiaraky aminao ereo,
miaraky amigny lelahy mana-piniava vo tena mahay avokoa, ba hagnapy anao amigny asa vo hagnatateraky gny
fanopoa. Reo manamboninahisy vo gny vahoaky aby dra vonona gny hagnaraky reo baikonao."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 29

[1]Hoy Davida pazaka tamigny fiangona aby ho: ''Solomona zanako lahy, zay avo nifilin'i Zagnahary, dra bo tanora
vo sy mana traikefa, nefa goava gny asa. Fa gny tepoly dra sy ho an'ny vahoaky fa ho an'i Yaveh Zagnahary. [2]Dra
fa nanao zay fara heriko zaho ba hamasia gny tepolin'i Zagnahariko. Hagnome volamena zaho ho an'izay raha
vitaina amigny volamena, volafosy ho an'izay rahavitaina amigny volafosy, varahina ho an'izay raha vitaina
amigny varahina, vy ho an'izay raha vitaina amigny vy, dra hazo ho an'izay raha vitaina amigny hazo.Hagnome
vato beryly avo koa zaho, vato haory, vato ho an'ny asa voarafisy maro loko___karazany vato sarobidy aby___dra
marmora fosy maro be.ho[3]Ingo, nohon'ny fakasitrahako gny ao tragnon'ny Zagnahariko, dra homeko ho an'izay
gny volamena vo gny volafosy sarobidy fanagnako. Ataoko izao ho fagnapian'izay aby fa nomeko ho an'ity tepoly
masina itihoky: [4]Taleta volamena avy agny Ofira telo arivo, vo taleta volafosy voalio fito arivo, ba hametraha reo
rindrn'ireo fagnoregna. [5]Hagnome volamena ho an'ny raha ho vita amigny volamena zaho, vo volafosy ho an'ny
raha ho vita amigny volafosy, dra reo raha ho an'ny karazan'asa aby zay ataon'ereo panao asa tagna. Iza avo koa
gny tehandray azara ho an'i Yaveh androany dra hanolo-tegna hon'azy?''[6]Dra ireo fagnatisy asitrapo dra
nataon'ireo pitariky gny fianakavian'ny razamben'ereo, reo pitarik'ireo fokon'Israely, reo pifehy reo agnarivony
vo azatony, dra reo manamboninahisy eo amigny asanigny pazaka. [7]Nagnome taleta dimy arivo vo dariky
volamena raialy, taleta volafosy raialy, taleta volafosy railaly, taleta varahy valo arivo vo raialay, dra taleta vy 100.
000 ho anigny asanigny tragnon'Agnahary ereo.[8]Ireo izay nana vato sarobidy dra nagnome izay tao amigny
fitobohan-drakisy gny tragnon'i Yaveh, teo ambany fagnaraha-mason'i Jehiela, taranak'i Gersona. [9]Niravoravo gny
vahoaky noho ireo fagnatisy asitrapo ireo, satria nandray azara tamigny fony manotolo ho an'i Yaveh izy ireo.
Faly dra faly avo koa i Davida pazaka.[10]Nisaotra an'i Yaveh teo agnatrehan'ny fiangona aby i Davida. Hoy izy ho:
''Ho deraina anie hanao, ry Yaveh, Zagnahariny gny Israely razambenay, mandrakizay doria. [11]Anao, ry Yaveh,
gny fahalahibe, gny fahefana, gny voninahisy, gny fandrese, dra gny famirapiratany. Fa izay aby egny amigny
lagnisy vo eo agnabon'ny tany dra anao. Anao gny fazakana, ry Yaveh, asandrasy ho pazaka eo amigny zava-
drehetra hanao.[12]Gny harena vo gny voninahisy dra samy avy aminoa, dra manapaky amigny olo aby hanao. Eo
atagnanao gny fahefa vo gny hery. Hanagnanao gny tazaky vo gny hery ba hahalahibe gny olo vo hagnome
tazaky gny olo na iza na iza. [13]Dra akehitriny, ry Zagnaharinay, dra misaotra anao vo midera gny agnaranao be
voninahisy izahay.[14]Fa iza moa zaho, dra iza ireo vahoako, gny tokony ho afaky hagnome ireo raha ireo asitrapo?
Egny tokoa, gny zavadrehetra dra avy aminao, dra naherinay taminao sotr'izao anao. [15]Fa vahiny vo mpandalo
manahaky ireo razambenay aby izahay, eo agnatrehanao. Gny andronay eto atany dra manahaky gny aloky, dra
sy misy fanatena gny amigny fizanogna eto atany.[16]Ry Yaveh Zagnaharinay, ireo harena aby ireo izay voahoronay
ba hanangana tempoly hagnomeza-voninahisy gny agnaranao masina___dra avy aminao hanao. [17]Fataso avo koa,
ry Zagnahariko, fa mandiniky gny fo vo mahakasiky gny fahisia hanao. Gny aminahy, tamigny fahisi-poko gny fa
nanolorako asitrapo ireo raha aby ireo, dra akehitriny magnety am-piravoravoana ireo vahoakinao izay
magnatriky asitrapo eto manolosy fagnomeza ho anao zaho.[18]Ry Yaveh, ilay Zagnaharidr'i Abrahama, Isaka, dra
Israely___razambenay___raketo mandrakizay ao asay aman'eriseris'ireo vahoakao zay. Tariho gny fon'ereo
hitoliky aminao [19]Omeo an'i Solomona zanadahiko gny fo feno fagniria hitandry reo didinao, reo lalanigny
fagnekenao, dra reo lalanao aby gny amigny fanangana gny lapa ze fa nivesoiko.[20]Hoy Davida tamigny fiangona
aby ho: ''Akehitriny misora an'i Yaveh Zagnaharindrareo.'' Gny fiangona aby, nisaotra an'i Yaveh, ilay Zagnahary
gny razamben'izy ireo, nagnondriky gny lohany dra nanopo an'i Yaveh dra niakohoky teo alohan'ny pazaka. [21]Gny
maraindray, dra nanao soro ho an'i Yaveh vo nanolosy fagnatisy oroa ho anazy izy ireo. Nanolosy agnomby arivo,
agnondry lahy arivo, dra zanak'agnondry arivo, nindray tamigny fagnatisy nomy vo soro be dra be an'Israely aby
izy ireo.[22]Tamin'izay andro izay, dra nihina vo nino teo agn atrehan'i Yaveh tamigny fakalazana lahibe izy ireo.
Nataon'izy ireo pazaka fagnindrony draiky i Solomona, zanak'i Davida, dra nanorasy anazy ho pazaka tamigny
alalan'ny fahefan'i Yaveh. Nanorasy an'i Zadoka ho pisoro avo koa izy ireo. [23]DRa Solomona nitoboky teo amigny
Seza fiandrianan'i Yaveh ho pazaka handimby an'i Davida babany. Nambininy izy, dra gny Isrealy aby nakato
anazy.[24]Ireo pitariky aby, maramila, dra ireo zanaky lahin'i Davida dra nagnome fakatoava an'i Solomona pazaka.
[25]Nomen'i Yaveh vononahisy tamim-palehibiazana teo agnatrehan'Israely aby i Solomona dra nameny fahefana
lahibe noho izay fa nameny an'ireo pazaka teo alohany tao Israely.[26]Nazaka teo amin'Israely aby i Davida zanaky
lahin'i Hese. [27]Pazakan'Isrealy nandrisy gny efa-polo tao i Davida. Nanapaky an'i Hebrona nandrisy gny fito tao
dra Jerosalema nandrisy gny telo amby telopolo tao izay. [28]Maty izy gny fa trasy atisy soa, gny niay andro lava,
tamigny harena vo vininahisy. Nandimby anazy i Solomona zanany.[29]Voasorasy ao amigny bokin'i Samoela
paminany, ao amigny bokin'i Natana paminany, dra ao amigny bokin'i Gada paminany ireo zava-vitan'i Davida

pazaka. 30 Voarakisy ireo asan'ny fanapahany, ireo zava-bitany vo ireo zava-niseho izay nahakasiky anazy, Israely,
dra ireo fazakan'ny tany hafa aby.

# 2 Chronicles

## Chapter 1

1 Solomona zanadahin'i Davida, dra nitombo hery tamigny fazakany, dra Yaveh zagnahariny dra nomba anazy dra
nahavy anazy ho tena mahery. 2 Solomona nizaka tamin'Israely aby tami'reo pifehy gny arivo lahy vo gny zato
lahy, vo tami'reo pisara, dra tamigny andrian-dahiny aby tao Israely aby, reo pitariky gny tragno-drazambe. 3 Dra
nandeha tegny amigny fitoerana avo zay tagny Gibeona i Solomona vo gny piango aby nindray taminazy, satria
tagny gny nisy gny tragnolay fihogna amin'Zagnahary, zay namboaran'i Mosesy panopon'i Yaveh, tagny agnefisy.
4 Fa nandesin'i Davida avy tagny Kiriata Jearima ho agny amigny toera zay nomaniny ho ami'zay gny fiaran'i
Zagnahary, satria fa nagnory lay ho an'izay tao Jerosalema izy. 5 Faagnapin'izay, gny alitara varahy nataon'i
Bezalila zanaky lahin'i Ori zanaky lahin'i Hora dra fa tagny nanoloa gny tabernakelin'i Yaveh; nandeha tagny i
Solomona vo gny fiangona. 6 Niakasy tagny amigny alitara varahina alohan'i Yaveh i Solomona, zay tao amigny
tragnolay fihogna, dra nanolosy fagnatisy oroa arivo teo ami'zay. 7 Zagnahary niseho tamin'i Solomona tamin'io
hariva io dra nizaka taminazy ho: ''Angataho! ino gny tokony omeko anao? 8 Hoy Solomona tamin'i Zagnahary ho:
''Hanao dra fa napiseho famin-drapo lahibe tamin'i Davida babako, dra nanao anahy ho pazaka teo amigny
pilasiny. 9 Akehitriny, ry Yaveh Zagnahary, aoka ba ho taterahy gny fapanatenana nataonao tamin'i Davida
babako, satria nataonao pazakan'ny olo maro agnisaky manahaky gny botany gny tany zaho. 10 Dra omeo
fandresena vo fahalala zaho, ba hahafahako mitariky itky vahoaky tiky, satria iza gny afaky hisara gny
vahoakinao, zay tena maro agnisaky?'' 11 Hoy Zagnahary tamin'i Saolomona ho: ''satria tao aponao zay, dra sy
nangataky vola ama-karena hanao, na voninahisy, na gny ain'ireo zay malaiky anao, na ba ho ela velo hanao, fa
fandresena vo fahalala ho an'ny tegnanao gny nangatahanao, ba hahafahanao mazaka amigny vahoako, eo
ami'reo zay nanovako anao ho pazaka, dra izao gny ho ataoko. 12 Hameko fahendrena vo fahalala hanao amizao.
Hameko vola am-karena, vo voninahisy avo koa hanao, ze sy nanagnan'ireo pazaka teo alohanao, dra sy hisy
aorianao hana.'' 13 Ko avy tao Jerosalema boak'agny amigny fitoera abo ze tao Gibeona I Solomona, boak'eo
anoloanigny tragnolay fihogna; nazaka nanera an'Israely izy. 14 Napivory reo kalesy vo pitikisy sovala i Solomona,
dra nana kalesy 1. 400 vo pitikisy sovala ro arivo vo ray aly izy ze napetrany tao amigny tana fitoeran'ireo kalesy,
dra niaraky taminazy, gny pazaka tao Jerosalema. 15 Nataonigny pazaka nitobaky tao Jerosalema manahaky gny
vatokely gny volafosy vo volamena, dra nataony nitobaky manahaky gny aviavy ze egny amireo tany iva gny
hazo sedera. 16 Manahaky gny fagnafara reo sovala aby agny Egypta vo Kiho ho an'i Solomona, dra nivilin'ireo
pandratony avy agny Kiho tamigny viliny toka reo. 17 Nagnafasy kalesy aby tagny Egypta tamigny sekely volafosy
eni-zato ereo, dra sovala tamigny sarany sekely 150. Ereo avo koa dra nagnondra reo tany amireo pazakan'i
Hetita vo reo Syriana.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 2

[1]Dra Solomona gny nibaiko gny fagnoregna tragno ho amigny agnaran'i Yaveh vo gny fagnoregna lapa ho an'ny
fazakany. [2]Nanendry lelahy fito aly i Solomona ba hinday reo eta, vo lelahy valo aly ba ho panapaky hazo tagny
an-tendrombohisy, dra lelahy 3. 600 ba hagnara-maso anazy reo. nandefa hafasy tagny amin'i Hirama, pazakan'i
Tyro i Solomona, nanao ho: [3]''Manahaky zay nataonao tamin'i Davida babako, gny nandefasanao hazo sedera ba
hagnoregnany tragno hitoboha, dra manova manahaky zay aminahy.[4]Ingo, andeso am-pagnoregna tragno ho
amigny agnaran'i Yaveh Zagnahariko zaho, ba hanoka zai hon'azy, ba hagnoro diti-kazo magnisy eo agnatrehany,
ba hametraky gny mofon'ny fagnatrehany, dra ho an'ireo fagnatisy oroa amigny maraindray vo hariva, ami'reo
firavoravoa voatondro ho an'i Yaveh Zagnaharisika . Mandrakizay zay, ho an'Isarely.
[6]Fa iza anefa mahay magnory tragno ho an'i zagnahary, gny izao tontolo aby izao hatramigny lagnisy aza sy omby
anazy? iza zaho gny hagnory tragno hon'azy, afasy gny magnoro soro eo agnatrehany? [7]Noho zay agniraho lelahy
mana-paheza amigny asa amigny volamena, volafosy, varahy, vy, vo voloparasy, sily, dra volon'agnondry manga
zaho, dra lelahy raiky mahay magnamboasy reo karaza-kazo voasitraky aby. Hindray ami'reo lelahy mana-
paheza izay mindray aminahy agny Joda vo Jerosalema izy, zay namen'i Davida babako.[8]Andefaso sedera,
Kypreso, dra hazo almongo avy agny Libanona avo ko zaho, satria fatako fa reo panoponao dra nahay gny fomba
fanapaha hazo agny Libanona. Ingo, reo panopoko dra hindray ami'reo panoponao, [9]Ba hagnomeza hazo maro
hon'ahy, satria gny tragno zay haoriko dra ho lahibe vo matalazo. [10]Ingo, izaho hagnome an'ireo panoponao, dra
reo lelahy zay hanapaky gny hazo, vary tritiky ro aly kora, vary hordea ro aly kora, divay ro aly bata, dra diloilo
ro aly bata.'''[11]Dra Hirma, pazakan'i Tyro, namaly asorasy, zay nalefany tagny amin'i Solomona ho: ''Satria Yaveh
tia gny olony, dra nanao anao ho pazaka eo amin'izay reo izy.''' [12]Fagnapin'izay, Hirma nizaka ho: ''Isora anie
Yaveh. gny Zagnaharin'Israely, zay nanao gny lagnisy vo gny tany, zay nagnome zanaky lahy hendry an'i davida
pazaka, nanolosy tamin-pitandrema vo fahazava-say, zay hagnory tragno ho an'i Yaveh, dra tragno ho an'ny
fazakany.[13]Dra nagniraky lelahy mana-paheza zaho, natolosy tami-pahazava-say, dra i Horama, gny matihaniko.
[14]Zanaky lahin'ny vehivavy irain'ireo zanaky vavin'i Dana izy. Lelahy avy agny Tyro gny babany. Mana-paheza
amigny asa amigny volamena, volafosy, varahy, vy vato, vo amigny hazom vo amigny voloparasy, manpa, dra
jaky volon'agnondry, vo rongony fosy mandiniky izy. Manam-paheza amigny karaza sokisy vo karaza famolavola
avo koa izy. Aoka hisy fipetraha ho anazy eo amin'ereo mpiasanao manam-pahaiza, vo miaraka amin'ereoan'ny
topoko, dra Davida, rainao.[15]Ko amizao, gny vary vo gny vary hordea, gny dililo vo gny divay, ze nizakanigny
topoko, dra aoky halefany agny amireo panopony. [16]Hanapaky hazo boak'agny Libanona zahay, maro araky ze
taliavinao. Halefanay misikafo amigny ranomasy ho agny Jopa agny aminao zay, dra hanao gny hapiakasy anizay
agny Jerosalema." [17]Nagnisa reo vahiny aby ze tao amigny tany Israely i Solomona, araky gny fomba nagnisan'i
Davida, babany, anereo. 153, 600 gny isan'ereo. [18]Nanendry fito aly tamireo izy ba hinday eta, valo aly ba ho
panapaky hazo agny atendrombohisy, dra pagnaramaso 3. 600 ba hapiasa gny vahoaky.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 3

[1]Boak'eo Solomona nanomboky nananga gny tragnon'i Yaveh tao Jerosalema tagny amigny tendrombohis'i Moria,
ze nisehoan'i Yaveh tamin'i Davida rany. Nagnoma gny toera ze fa nifilin'i Davida ho amizay izy, tao amigny
famoloan'i Ornana gny Jebosita. [2]Nanomboky namboasy tamigny andro faharonigny volana faharo izy, tamigny
fahefa-tao nazakany. [3]Tahoky aby gny refinigny fotosy ze nataon'i Solomona ho anigny tragnon'Agnahary. Napiasa
gny hakiho taloha, eni-polo hakiho gny halavany, dra ropolo hakiho gny sakany.[4]Ropolo hakiho gny halavanigny
lavarangy eo anoloanigny tragno, mifagnaraky amigny sakanigny tragno. Ropolo hakiho avo koa gny haabony,
dra nipotehin'i Solomona takelam-bolamena malio gny tao agnatiny. [5]Niravahiny Kypreso gny valindrihanigny
efitragno lahibe, ze nipotehiny takela-bolamena soa, dra nanovany sokisy tamigny hazo palma vo ravaky.
[6]Niravahiny tamigny vato sorobily gny tragno; gny takela-bolamena dra volamena boak'agny Parvaima.
[7]Nipetahany takela-bolamena avo koa reo andriny, reo tokonam-batrangara, rindry, dra reo vatrangara; nasiany
sary kerobima teo amireo rindrin'izay.[8]Namboasy gny fitoera masy faratapony izy. Gny halavany dra
mifagnaraky amigny sakanigny tragno, ropolo hakiho, dra ropolo hakiho avo koa gny sakany. Nipetahany takela-
bolamena malio zay, ze taleta eni-zato. [9]Gny lazan'ireo fasiky dra sekely volamena dimapolo. Nipetahany takela-
bolamena gny farisy agnabony.[10]Namboasy sary kerobima ro tao amigny fitoera masy indridra izy; nipetahanigny
panao asa-tagna takela-bolamena reo. [11]Ropolo hakiho gny halavanigny elas'ireo kerobima miaraky; dimy hakiho
gny halavanigny elasy gny kerobima raiky, manakasy gny rindrinigny efitragno; dimy hakiho manahaky anizay
avo koa gny elasy raiky hafa, manakasy gny elasigny kerobima hafa. [12]Dimy hakiho avo koa gny halavanigny
rindrinigny efitragno; dimy hakiho avo koa gny elany hafa, mikasiky gny elasigny kerobima volohany.[13]Ropolo
hakiho gny fitambaranigny elas'ireo kerobima reo. Nizoro reo kerobima, gny tavan'ereo manandriky efitragno
lahibe. [14]Nataony tamigny manga voloparasy, vo volon'agnondry mena dra zamala fosy madiniky gny lamba, dra
nihengony kerobima teo amizay. [15]Nanao andry rolahy avo koa Solomona, telopolo hakiho gny hahabonigny
sirairay, teo anolonigny tragno; dimy hakiho gny hahabon'ireo kapitaly ze teo ataponireo. [16]Nanao ravaky ho
an'ireo andry izy dra nametraky reo teo atapon'ireo; nanao apongabendagnisy zato avo koa izy dra napifandray
reo tamireo ravaky. [17]Nataony teo anoloanigny tepoly reo andry, raiky teo akavana, dra gny raiky hafa teo
akavana; natao ho Jakina gny andry teo akavana, dra Boaza gny andry teo akavia.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 4

[1]Akoasy an'izay dra namboasy alitara varahy izy, ropolo hakiho gny halavany, dra ropolo hakiho gny sakany. Folo
hakiho gny haabony. [2]Nataony vy avo koa gny magnidIdy gny tavin-drano, folo hakiho gny molony. Dimy hakiho
gny haabony, dra telopolo hakiho gny magnodidy anigny tavin-drano. [3]Gny ambinigny molosigny tavin-drano
magnodidy dra nisy agnombilahy, folo isaky gny hakiho, natambasy ho raiky miaraky amigny tavin'drano gny fa
vita gny tavin-drano.[4]Napetraky teo agnabonigny agnomby ro ambiny folo gny tavin-drano, gny telo mitoliky
magnavarasy, gny telo mitoliky magnandrefa, gny telo mitoliky magnasimo, dra gny telo mitoliky magnasignana.
Napetraky teo atendron'ireo gny tavin-drano, dra nifanila gny zorony efas'ereo. [5]Matevy manahaky gny voho-
tagna gny tavin-drano, dra gny molony dra voatefy manahaky gny molosy kapoaky, manahaky gny vogninigny
lilia. [6]Mahalany rano telo arivo bata gny tavin-drano. Namboasy koveta folo lahibe ho fanasa raha avo koa izy;
nasiany dimy teo akavana, dra dimy teo akavia; fitova apesa amigny fagnatateraha gny fagnatisy oroa gny nisasa
teo amireo. Gny tavin-drano koa, ba hisasan'ireo pisoro.[7]Namboasy reo pisy ziro volamena folo ze natao reo
toromariky ho anigny sary izy; napetrany tao atepoly reo, dimy teo amigny akavana, dra dimy teo amigny akavia.
[8]Namboasy latabasy folo izy dra napetrany tao atepoly reo, dimy teo amigny akavana, dra dimy teo amigny
akavia. Namboasy koveta volamena zato izy.[9]Fagnapin'izay dra namboasy kiazanigny pisoro vo kiaza lahibe, dra
vatrangaranigny kiaza izy; nipetahany varahy reo vatrangaran'ireo. [10]Napetrany teo amigny ilany akavananigny
tragno, tagny asinagna, mitoliky magnasignana gny tavin-drano.[11]Namboasy vilagny, lapely fahandroa, dra
apondra famafaza i Hirama. Ko dra vitan'i Hirama gny asa ze nataony ho an'i Solomona pazaka tao
atragnon'Agnahary: [12]dra reo andry ro, kapitaly boribory ze teo ataponigny andry ro, dra fitoeranigny haingo
makarakara ro ba hanarogna reo kapitaly boribory ro ze teo atapon'ireo andry. [13]Fa namboasy
ampongabendagnisy efa-zato ho an'ireo hengo makarakara izy: apongabendagnisy ro andala isaky gny
fitoeranigny makarakara aby ba hanarogna gny kapitaly boribory ro ze teo amireo andry.[14]Namboasy sangana vo
koveta natao teo agnabonigny sangana avo koa izy; [15]tavin-drano raiky vo agnomby ro ambiny folo eo ambaniny,
[16]reo valiny, lapely fandrofa, fizaisy, dra fitova hafa aby avo koa. Nataon'i Hirama gny matihanina tamigny varahy
voalio, ho an'i Solomona pazaka, ho anigny tragnon'i Yaveh reo.[17]Nagnitriky gny pazaka teo amigny lemaky gny
Jordana reo teo amigny tanimanga agnelagnelan'i Sokota vo Zaretana. [18]Dra manahaky anizay, gny namboaran'i
Solomona reo fanaky aby maro be reo; sy afaky nifatary vatany gny lazanigny varahy.[19]Namboasy gny fanaky aby
ze tao atragnon'Agnahary i Solomona, gny alitara volamena avo koa, dra reo latabasy ze nametraha gny
mofonigny fagnatreha; [20]gny pisy ziro mbamigny ziron'ireo, ze voatoka ho oroa eo anoloanigny efisy
agnatiny__reo dra vita tamigny volamena malio; [21]dra reo vonikazo, reo ziro, dra gny lela-ziro, dra volamena
malio. [22]Gny fanapaha-ziro, gny koveta, gny sotro, dra liti-kazo magnisy fagnoro avo koa dra vita tamigny
volamena malio avokoa. Gny amigny fidira manoka atragno, reo vatrangara agnatiny manoka amigny toera masy
faratapony dra gny vatrangaranigny tragno, ze, anigny tepoly, dra vita tamigny volamena.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 5

[1]Gny fa vita gny asa aby ze nataon'i Solomona ho anigny tragnon'i Yaveh, dra napidirin'i Solomona reo raha ze fa
natokan'i Davida, babany, ho ani'izay tazo zay, agnisan'izay gny volafosy, gny volamena, dra reo fanaky
aby____napetrany tao amigny amigny fitehiriza tao atragnon'Agnahary reo.[2]DRa napivorin'i Solomona, tagny
Jerosalema, reo loholon'Israely, reo pitariky gny foko aby, dra reo pitariky gny fianakavianigny vahoakin'Israely,
ba hapiakasy gny fiaranigny fagneken'i Yaveh boak'ao amigny tanan'i Davida, zay i Ziona. [3]Nivory teo
anoloanigny pazaka tamigny andro firavoravoa, ze tamigny vola fahafito gny olon'Israely aby.[4]Avy gny
loholon'Israely aby, dra napiakasy gny farisy reo Levita. [5]Napekarin'ereo gny fiara, gny tragnolay fihogna, dra gny
fanaky masin'aby ze tao an-day. Reo pisoro ze avy tamigny fokon'i Levy gny napiakasy reo raha reo. [6]Nindray avy
teo anoloanigny fiara i Solomona pazaka vo gny fengonan'Israely aby, nanao soro agnondry vo agnomby ze sy
vita isahy.[7]Reo pisoro dra napiakasy gny fiaranigny fagneken'i Yaveh ho ao amigny fitoerany, tao amigny efisy
agnatinigny tragno, tao amigny toera masy faratapony, ambanin'ireo elasy gny kerobima. [8]Akory gny kerobima
dra namelasy gny elas'ereo eo amigny fitoeranigny fiara, dra nagnory gny fiara vo reo bao ze hizaka anizay reo.
[9]Reo bao dra lava kokoa dra hita boak'ao amigny fitoera masy anoloanigny efisy agnatiny reo fiafarany, saiky sy
hita avy agny ivelany zay. Ao mandrak'androany reo. [10]Sy nisy na ino na ino tao amigny fiara afa-sy reo vato
pisaky ro ze napetrak'i Mosesy tao tagny Horeba, tamin'i Yaveh nanao fagneke tamigny vahoakin'Israely, gny fa
niboaky an'i Egypta ereo.[11]Dra niboaky tao amigny fitoera masy reo pisoro. Reo pisoro avy aby dra nanoka-tegna
ho an'i Yaveh, sy nandaha-tegna araky gny fizaran'ereo. [12]Reo Levita ze pihira avo koa, izy aby, agnisan'izay i
Asafa, Hemana, Jedotona, dra reo zanadahiny vo rahalahin'ereo, nekazo zamala fosy madiniky dra nitendry
kipaso, harpa, vo lokanga, dra nizoro teo amigny farany asignananigny alitara. Nisy pisoro 120 nisioky tropetra
niaraky tamin'ereo. [13]Dra napiara-peo reo pisioky tropetra vo reo pihira, nanao feo toka ba ho re ho fidera vo
fisora an'i Yaveh. Nanandrasy gny feony tamigny tropetra vo kipaso dra raha magneno hafa ereo, dra nidera an'i
Yaveh. Nihira ereo ho: "Fa soa izy, akory maharisy mandrakizay gny sy fivadiha-pagnekeny." Dra gny tragno, gny
tranon'i Yaveh, dra feno raho. [14]Sy afaky nizoro ba hanopo reo pisoro nohonigny raho, akory nameno gny
tragnony gny voninahis'i Yaveh.

Chapter 6

[1]Dra hoy Solomona ho: "Nambaran'i Yaveh fa hitoetra ao agnaty ezi-poto izy, [2]kanefa fa nagnory tragno soa tarehy
ho anao zaho, dra toera hisy anao mandrakizay." [3]Dra nihody gny pazaka dra niso-drano gny fengonan'Israely
aby, raha bo teo apisangana gny fiangonan'Israely aby.[4]Hoy izy ho: "Ho dera anie Yaveh, gny zagnaharin'Israely,
ze nizaka tamin'i Davida babako, dra nahatateraky anizay tamigny tagnany avo, nanao anizahoky ho:
[5]'Hatramigny andro nindesako gny vahoako niboaky boak'ao amigny tana Egypta, dra sy nifily tana teo amigny
fokon'Israely aby ba hagnoregna tragno zaho, ba hitoeranigny agnarako ao. Dra sy ba nifily olo ho andrianday eo
amin'Israely oloko zaho. [6]Kanefa, nifily an'i Jerosalema zaho, ba hitoeranigny agnarako ao, dra nifily an'i Davida
zaho ba hanapaky eo amin'Israely oloko.'[7]Dra tao apon'i Davida babako gny hagnory tragno ho anigny agnaran'i
Yaveh, gny Zagnaharin'Israely. [8]Fa hoy Yaveh tamin'i Davida babako ho: 'Fa nataonao tao aponao gny hagnory
tragno ho anigny agnarako, dra soa gny nanovanao zay tao aponao. [9]Na izay aza, dra aoky sy hagnory gny tragno
hanao; fa koa, gny zanadahinao, ze ho teraky boak'amigny voanao, gny hagnory gny tragno ho anigny
agnarako.'[10]Nitaterahin'i Yaveh gny zaka ze fa nizakany, akory nisanga handimby gny toeran'i Davida babako
zaho, dra mipetraky eo amigny seza fiandrianan'Israely, araky gny napanatenan'i Yaveh. Naoriko ho anigny
agnaran'i Yaveh, gny Zagnaharin'Israely gny tragno. [11]Napetrako tao gny fiara, ze misy gny fagneken'i Yaveh, ze
nataony tamigny vahoakin'Israely."[12]Nizoro teo anoloanigny alitaran'i Yaveh i Solomona teo amigny
fagnatrehanigny fengonan'Israely aby, dra namelasy gny tagnany. [13]Fa namboasy sehasy varahy izy, ze dimy
hakiho gny halavany, dimy hakiho gny velarany, dra telo hakiho gny hahabony. Napetrany teo agnevonigny kiaza
izay. Nizoro teo ambonin'izay izy dra nandohaly teo agnabon'izay izy dra nandohaliky teo agnatrehanigny
fengonan'Israely aby, dra boak'eo namelasy gny tagnany nangagny amigny lagnisy izy.[14]Hoy izy ho: "Ry Yaveh,
Zagnaharin'Israely, sy misy zagnahary manahaky anao na agny an-dagnisy na eto atany, ze mita fagneke vo
fitiava sy mivaliky amireo panoponao ze mandeha eo agnatrehanao amigny fony manotolo; [15]Hanao ze fa nita ze
napanatenanao tamin'i Davida babako panoponao. Egny, nizaka tamigny vavanao hananao dra nitaterahinao
tamigny tagnanao zay, hatramigny androny.[16]Amizao dra, ry Yaveh, Zagnaharin'Israely, tateraho ze
napanatenanao tamin'i Davida babako panoponao, gny fa nizaka hanoa ho: 'Sy ho foa aminao gny hana olo
hipetraky aminao gny eo amigny seza fiandrian'Israely eo amasoko, raha toa ka mitandry gny handeha amigny
lalako gny taranakao, manahaky gny nandehananao teo agnatrehako.' [17]Amizao dra, ry Zagnaharin'Israely,
mivavaky zaho ba ho tateraky gny fapanatena nataonao tamin'i Davida panoponao.[18]Fa tena hitoby atany etiky
miaraky amigny zanak'olombelo vatany ra Zagnahary? Ingo, izao totoloizao vo gny lagnisy aza sy atognony
anao__maiky fa ty tepoly ze naoriko tihoky! [19]Kanefa ba tenoy re ty vavaky gny panoponao vo gny fangatahany
tihoky, ry Yaveh Zagnaharinao; ba tenoy gny taloha vo gny vavaky ataonigny panoponao eto agnatrehanao.
[20]Enga anie dra hisokaky amity tepoly tihoky andro aman'aly gny masonao, dra gny toera ze napanatenanao
hametraha gny agnaranao. Hiteno gny vavaky ataonigny panoponao magnatriky ty toera tihoky anie hanao.[21]Ko
tenoy gny fangatahanigny panoponao vo gny Israely olonao gny fa mivavaky magnatriky ty toera tihoky zahay. E,
mitenoa boak'agny amigny toera honegnanao, boak'agny an-dagnisy; dra gny fa miteno hanao, dra mamela.
[22]Raha manota amigny namany gny olo raiky hafa dra sy maisy hapanovy fiegna, dra raha avy izy dra manao
fiegna eo agnatrehanigny alitaranao ato amity tragno tihoky, [23]dra mitenoa boak'agny an-dagnisy dra miasa vo
sarao reo panoponao, ba hamaly gny rasy fagnahy, ba hapoly ze nataony ho eo amigny lohany avo. Talilio ho sy
mana-signy gny mary, ba hamalia soa anazy nohonigny fahamarignany.[24]Gny fa resinigny fahavalo gny Israely
olonao akory nanota taminao, dra raha mihery aminao ereo, magneky gny agnaranao, mivavaky, dra mangataha
famela avy aminao ato amity tepoly tihoky__[25]dra mitenoa boak'agny an-dagnisy re dra mamela gny
fahotan'Israely olonao; andeso mihery agny amigny tany ze namenao anereo vo gny razambeny ereo.[26]Raha
mihily gny lagniasy dra sy misy ora akory nanota taminao gny vahoaky__raha mivavaky magnatriky ty toera
tihoky ereo, magneky gny agnaranao, dra miala amigny fahotany aby napahory anao__[27]dra mitenoa agny an-
dagnisy dra mamela gny fahotanigny panoponao vo gny Israely olonao, gny fa mapianasy anereo gny lala soa ze
tokony handehana hanao. Mandasaha ora eo amigny taninao, ze namenao ho lovanigny olonao.[28]Raha atao ho
misy mosary eo amigny tany, na atao ho misy areti-mandringa, hamaim-bary na maty fosy, valala na sopanga; na
atao ho manafiky gny vavahadinigny tana ao amigny tanin'ereo gny fahararia, na misy areti-mandringa na
fahararia__[29]dra raha atao ndraiky ho misy vavaky vo fangataha nataonigny olo raiky na gny Israely vahoakao
manotolo__ze samby mahay gny arety vo gny alahelo agny apony aby raha mamelasy gny tagnany ho amity
tepoly tihoky izy. [30]Dra mitenoa agny an-dagnisy, gny toera honegnanao; mamela, dra valio soa gny olo aby
nohonigny lalany aby; Hanao mahay gny fony, akory hanao dra hanao avo gny mahay gny fon'olombelo. [31]Atovy
zay ba hatahoran'ereo anao, ba handehanan'ereo amigny lalanao amigny andro aby iegnan'ereo ao amigny tany


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

ze namenao an'ireo razambenay.[32]Gny amireo vahiny ze sy isan'Israely olonao, saiky__nohonigny agnaranao
lahibe, gny tagnanao mahery, dra gny sandrinao misotra__dra avy vo mivavaky magnatriky anity tragno tihoky,
[33]dra mitenoa re agny an-dagnisy, ze toera honegnanao, dra atovy ze angatahinigny vahiny aminao aby, ba
hahafataranigny olon'aby eto atany gny agnaranao dra hatahoran'ereo anao, araky gny ataon'Israely olonao
manoka, dra ba hahafataran'ereo fa ty tragno ze naoriko tihoky dra atao amigny agnaranao.[34]Raha atao ho
mandeha miboaky hialy amigny fahavalon'ereo gny olonao, na ino na ino fomba nandrefesanao anereo, dra raha
mivavaky aminao magnatriky ty tana ze voafilinao tihoky ereo, dra magnatriky gny tragno ze naoriko ho anigny
agnarako. [35]Dra mitenoa gny vavaky, vo gny fangatahan'ereo boak'agny an-dagnisy, dra ameo rariny ereo.[36]Raha
atao ho manota aminao ereo__akory sy misy olo sy manota__dra raha atao ho ory amin'ereo Hanao dra manolosy
anereo ho eo amigny fahavalo, ba hindesanigny fahavalo anereo vo hangala anereo ho babo agny amigny
tanin'ereo, na lavisy na mariny. [37]Dra raha atao ho saroan'ereo fa agny amigny tany ze nanova sesi-tany anereo,
dra raha atao ho mibebaky ereo dra mitalia sitraky aminao agny amigny tany nahababo anereo. Raha mizaka
ereo ho: 'Nanao raha sy mety zahay dra nanota. Rasy fitondra-tegna izahay.' [38]Raha atao ho mihery aminao
amigny fony manotolo vo gny fagnahiny manotolo agny amigny taninigny fahababoany ereo, ze nindesany
anereo ho babo, dra raha atao ho mivavaky amigny taniny ereo, dra ze namenao ho anigny razamben'ereo, vo
manandrify gny tana ze nifilinao, dra manandrify gny tragno ze naoriky ho anigny agnaranao. [39]Dra tenoy
boak'agny an-dagnisy, gny toera honegnanao, gny vavak'ereo vo gny fangatahan'ereo famozena, dra ameo gny
rariny ereo. Mamela gny olonao, ze nanota taminao. [40]Amizao, ry Zagnahariko, miangavy aminao zaho, aoky
hisokaky gny masonao, dra aoky gny sofinao hiteno gny vavaky ze atao eto amity toera tihoky. [41]Amizao dra
misangana, ry Yaveh zagnahary, eo amigny toera fisaharanao, Hanao vo gny fiaranigny tazakao. Aoky gny
pisoronao, ry Yaveh zagnahary, ba hitafy famozena, dra aoky reo olo-masinao hiravo amigny fahasaranao. [42]Ry
Yaveh Zagnahary, ka mapiody gny tavanigny voahososao hiala aminao. Sarovy reo asanigny sy fivadiha-
pagnekenao ho an'i Davida, panoponao."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 7

[1]Dra gny fa avy nivavaky Solomona dra nisy afo nizoso boak'agny an-dagnisy dra nandevo reo fagnatisy oroa vo
reo nandevo reo fagnatisy oroa vo reo soro, dra nameno gny tragno gny voninahis'i Yaveh. [2]Sy afaky nizoso tao
an-tragnon'i Yaveh reo pisoro, akory heniky gny voninahiny gny tragnony. [3]Nagnety avokoa gny vahoakin'Israely
gny fa nilasaky gny afo dra teo amigny tragno gny voninahis'i Yaveh. Napekohoky gny tavany tamigny tany teo
amigny rarivato ereo, nivavaky, dra nagnome fandala an'i Yaveh. Hoy ereo ho: "Fa soa Izy, fa maharisy
mandrakizay gny famindra-pony."[4]Ko nanolosy soro ho an'i Yaveh gny pazaka vo gny vahoaky aby. [5]Nanolosy
soro agnomby ro arivo sy ro aly vo agnondry aman'osy 120. 000 i Solomona pazaka. Ko nitokananigny pazaka vo
gny vahoaky aby gny tragnon'i Yaveh. [6]Nisanga reo pisoro, nizoro tegny amize nanopoany aby gny sirairay; reo
Levita avo koa niaraky tamireo raha magnenon'i Yaveh, ze nataon'i Davida pazaka ba hagnomeza fisora an'i
Yaveh tao amigny hira manao anizahoky ho: "Fa maharisy mandrakizay gny fagnekeny mahatoky." Napagneno
gny tropetrany teo agnatrehan'ereo aby reo pisoron'aby, dra nisanga avokoa gny Israely aby.[7]Nanoka gny
agnevonigny kiaza teo anoloanigny tragnon'i Yaveh i Solomona. Teo gny nanolorany gny fagnatisy oroa vo gny
tavinigny fanati-pihavana, akory gny alitara varahy ze nataony dra sy hay hifahara gny fagnatisy oroa, gny
fagnatisy hohany, dra gny sabora.[8]Nataon'i Solomona nandrisy gny hafitoa gny firavoravoa tamizay fotoa zay, dra
gny Israely aby niaraky taminazy, dra fengona lahibe vatany, hatragny Lebo Hamata dra hatragny amigny
lohasakan-driaky Egypta. [9]Tamigny andro fahavalo dra nanao fivavaha magnetriketriky ereo, akory nihazo gny
fanakona gny alitara, vo gny ferova nandrisy gny hafitoa ereo. [10]Tamigny andro fahatelo amby ropolonigny vola
fahafito, dra napoly gny vahoaky tagny amigny tragnony tami-pifalia vo tamigny fo ravoravo i Solomona
nohonigny fahasoava ze nasehon'i Yaveh tamin'i Davida, Solomona, dra gny Israely olony.[11]Manahaky anizay gny
nahavitan'i Solomona gny tragnon'i Yaveh vo gny tragnony manoka. Gny raha aby ze avy tamigny fon'i Solomona
ba hatao ao atragnon'i Yaveh vo ao atragnony, dra nitaterahiny soa ama-sara. [12]Niseho tamin'i Solomona i Yaveh
gny hariva dra nizaka taminazy ho: "Fa reko gny vavakao, dra fa nifily ty toera tihoky ho anigny vatako ho
tragnonigny soro zaho.[13]Raha atao ho magnily reo lagnisy ba sy hisianigny ora Zaho, na raha mandidy reo valala
handevo gny tany, na raha mandefa arety eo amigny aloko zaho, [14]dra raha gny oloko, ze tokavy amigny
agnarako, gny hanetry gny vatany, vo hivavaky, vo hitalia gny tavako, dra hiala amigny fomba rasin'ereo, dra
hahare agny an-dagnisy zaho, hagnenga gny fahotan'ereo, dra hagnasitrany gny taniny. [15]Amizay dra hisokaky
gny masoko dra gny sofiko hiteno soa reo vavaky ze atao ato amity toera tihoky.[16]Fa amizao dra nifily vo nanoka
ty tragno tihoky ba ho eo mandrakizay gny agnarako. Gny masoko vo gny foko dra ho eo isan'andro. [17]Raha gny
aminao, raha mandeha eo agnatrehako manahaky gny nandehanan'i Davida babanao hanao, makato ze
nandidiako anao aby dra mitandry reo didy aman-dalako, [18]dra hametraky gny seza fiandrianigny fazakanao
zaho, araky gny nizakako tao amigny fagneke raiky taminy Davida babanao, gny fa nizaka zaho ho: 'Sy ho foa
amigny taranakao gny ho panapaky eo amin'Israely.'[19]Fa raha mivadiky hanao, dra mahafo reo lalako vo reo
didiko ze napetraky teo anoloanao, ry raha manopo zagnahari-hafa vo mekohoky eo amin'izireo hanao, [20]dra ho
fongoriko hiala amigny taniko ze nameko anereo reo. Ty tragno tihoky ze natokako ho amigny agnarako tihoky,
dra hariako sy ho eto agnatrehako, dra hataoko ho ohabola vo somonga eo amireo olon'aby zay. [21]Na dre fa soa
tarehy vatany aza ty tepoly tihoky amizao, dra ho tohy vo hisioiky ze manavasava anizay aby. Hagnotany ereo ho:
'Nagnino Yaveh gny nanao anizao tamity tany tihoky vo tamity tragno tihoky?' [22]Gny hafa hamaly ho: 'Akory ereo
nahafo an'i Yaveh, zagnaharin'ereo, ze ninday gny razamben'ereo hiala boak'amigny tany Egypta, dra nihazo reo
zagnahari-hafa vo nekohoky tamin'ereo vo nanopo anereo. Izay gny atony nindesan'i Yaveh anizao loza aby izao
eo amin'ereo.'"


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 8

[1]Gny fa niafaky gny ro-polo tao, nandrisy gny nagnamboaran'i Solomona gny tragnon'i Yaveh vo gny tragnony
manoka, [2]Dra namboaran'i Solomona ndraiky reo tana zay namen'i Hirama anazy, dra napetrany tao gny
vahoakin'Israely.[3]Nanafiky an'i Hamata-zoba i Solomona dra nandresy zay. [4]Dra izy nananga an'i Tadmora tagny
agnefisy, vo reo tana fitehiriza aby, zay naoriny tao Hamata.[5]Nananga an'i beti-horona Ambony, vo Beti-horona
Ambany, tana voaaro amigny manda, vo vavahady, dra fefy vy avo koa izy. [6]Nananga an'i Betela vo reo tana
fitehiriza aby zay nanagnany izy, vo gny tanaby ho an'ireo kalesiny vo gny tana ho an'ireo pitikisy sovala, vo zay
aby niriny asanga araky zay tiany tao Jerosalema, tao Libonona, vo tao ami'reo tany aby ambany fifeheza.[7]Dra
reo olo aby zay sisa tavela avy tamigny Hetita, gny Amorita, gny Perizita, gny Hivita, vo gny Jebositra, zay sy
an'Israely, [8]Reo taranany sisa tavela tafaran'izy reo tagny amigny tany, zay sy naringany vahoakin'Israely___dra
nataon'i Solomona piasa an-terivozo, zay izy reo mandrak'akehitriny.[9]Na izay aza, sy nataon'i Solomona ho piasa
aterivozo gny vahoakin'Israely. Fa koa, lasa maramilany, vo pifehiny, mana-pahefa, dra pifehy gny tafiky gny
kalesiny vo gny pitikisy sovala ereo. [10]Reo avo koa gny mana-pahefa lahibe pandrindra reo pagnaramaso ze an'i
Solomona pazaka, 250 tamin'ereo, gny nagnaramaso gny vahoaky ze nanao gny asa.[11]Nandesin'i Solomona
niboaky gny tanan'i Davida ho agny amigny tragno ze namboariny ho anazy gny zanakapelan'i Farao, fa hoy izy
ho: "Sy mahazo mitoby ao atragnon'i Davida pazakan'Israely gny valiko, akory na iza na iza niavianigny fiaran'i
Yaveh dra masy."[12]Boak'eo Solomona nanolosy fagnatisy oroa ho an'i Yaveh teo amigny alitara ze naoriny teo
anoloanigny lavarangy. [13]Nanolosy soro rak'ize nitakenigny fanao isan'andro izy; nanolosy anireo izy, nagnaraky
anireo torolala hita taninigny didin'i Mosesy, tamigny andro sabata, gny vola vaovao, vo tamigny andro
firavoravoa voatondro in-telo mia-tao: dra gny andro Firavoravoa amigny Mofo sy misy Masirasira, gny
Herignandro Firavoravoa, dra gny andro Firavoravoanigny felofa.[14]Tami-pitandrema reo lalan'i Davida babany,
gny nagnoroan'i Solomona reo pisoro ho amigny asany, dra reo Levita ho amigny fitoerany, ba hidera
an'Agnahary vo hanopo eo anoloan'ireo pisoro, araky ze takenigny fanao isan'andro. Dra nanendry reo piamby
vavahady tamigny fizarany isaky gny vavahady aby avo koa izy, fa izay gny fa nandidian'i Davida, gny
lelahin'Agnahary. [15]Dra reo vahoaky reo dra sy ba nivily tamireo didinigny pazaka tamireo pisoro vo reo Levita
na tamin'ino na tamin'ino. mahakasiky reo tragno fitehiriza.[16]Reo asa aby napanovin'i Solomona dra lomboky
avokoa, hatramigny andro nagnora gny fagnambaninigny tragnon'i Yaveh dra mandra-pahavitan'izay. Vita gny
tragnon'i Yaveh. [17]Boak'eo Solomona nagnagny Ezio-gebera vo Elota, tegny amoron-dranomasinigny tany Edoma.
[18]Dra nandefasan'i Hirama sambo nandesin'ireo mana-pahefa ze tasambo nana traikefa izy. Niasambo niaraky
tamireo panopon'i Solomona ho agny Ofira ereo. Nangalaky taleta volamena 450 boak'agny ereo ze nizaka tagny
amin'i Solomona pazaka.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 9

[1]Gny fa nahare gny zakan'i Solomona gny pazaka apelan'i Sheba, dra nagnagny Jerosalema izy ba hisapa anazy
amigny fagnotania sarosy. Nandeha niaraky tamigny panao rodobe lava dra lava , vo rameva napilazany raha
magnisy, volamena maro be, dra vatosoa sarobily maro izy. Gny fa avy tagny amin'i Solomona izy, dra
nambarany taminazy avokoa ze tao apony aby. [2]Nivalian'i Solomona avokoa reo fagnotaniany aby; sy dra nisy
loasy ho an'i Solomona; sy nisy fagnotania ze sy voavaliny.[3]Gny fa hitan'ny pazaka vavin'i Sheba gny fahendren'i
Solomona vo gny lapa zay fa naoriny, [4]Gny sakafo teo ambony latabany, gny fipetrahan'ireo panopony, gny
asan'ireo panopony dra gny fitafian'izy reo, reo pinday kapoakiny vo fitafiany avo koa, dra gny fomba zay
nanolorany gny fagnatisy oroa tao atragnon'i Yaveh, dra sy nisy fagnahy sasy tao aminazy.[5]Dra hoy izy tamigny
pazaka ho: ''Marina tokoa, gny tatisy zay reko tagny amigny taniko momba reo zakanao vo gny fahendrenao. [6]Sy
nino zay reko zaho ambara-pahaviako teto, dra ankehitriny dra hitan'ny masoko zay. Sy asasaky gny nizakany
taminahy momban'ny fahendrenao vo gny harenao! Nihoranao gny laza zay reko.[7]Endrey sambasy gny
vahoakinao, dra sambasy reo panoponao zay fa teo agnatrehanao foana, satria mahare gny fahendrenao izy reo.
[9]Nomeny talenta volamena 120 gny pazaka dra zava-magnisy vo vato sarobidy maro. Sy nisy fatra-zava-magnisy
maro noho reo zay nomen'ny pazaka vavin'i Seba ho an'i Solomona pazaka bo name ho anazy ndraiky.[10]Reo
panopon'i hirama vo reo panopon'i Solomona, zay ninday volamena avy tagny Ofira, dra ninday hazo Almoga vo
vato sarobidy avo koa. [11]Tamigny hazo Almogo, dra nanao dinga ho an'ny tragnon'i Zagnahary vo gny tragnony
gny pazaka, dra koa harpa vo lokanga ho an'ireo pitendry. Sy bo nisy hazo manahaky zay dra hita tagny amigny
tanin'ny Joda tagny aloha. [12]Dra nomen'i Solomona pazaka reo raha zay niriny gny pazaka vavin'i Sheba, na ino
na ino nangatahiny, ho fagnapin'izay fa nandesiny tamigny pazaka. Dra lasa izy dra nihery tagny amigny taniny,
izy vo reo panopony.[13]Dra gny laza-volamena avy tagny amin'i Solomona tao agnatin'ny heritao dra talenta
volamena 666, [14]Akoasy gny volamena zay nandesin'ireo piserasera vo reo pandrato. Reo pazakan'i Arabia aby vo
reo governora tao amigny firenena avo koa dra ninday volamena vo volafosy ho an'i Solomona.[15]Nagnamboasy
apinga volanema voafaty lahibe rozato i Solomona pazaka. Sekely volamena enizato name ho an'ny kiraikiraiky.
[16]Nagnamboasy apinga volamena voafaty telozato avo koa izy. Mina volamena telo gny nagnarogna gny apinga
kiraikiraiky; napetrany gny pazaka teo amigny lapan'ny Alan'i Libanona reo.[17]Avy eo gny pazaka nagnamboasy
seza fiandriana ivoara lahibe dra nipetahiny takelam-bolamena tena matify indrindra zay. [18]Dingana eny gny
nagneo amigny seza fiandriany, dra boribory gny tao afaran'ny tapon'ny seza fiandriana. Nisy fitehena-tagna teo
amigny andanin'ny fitobohany kiraikiraiky, dra nisy liona ro nizoro teo ami'reo andanin'ny fitehena-tagna.[19]Liona
ro ambin'ny folo gny nizoro teo ami'reo dinga, raiky isaky gny andanin'ny isaky gny dinga eny. Sy bo nisy seza
fiandria manahaky itiky tagny amigny fazakana hafa. [20]Volamena avokoa reo kapoaky fisotron'i Solomona
pazaka, dra gny kapoaky finoma aby tao amigny tragnon'ny Alan'i Libanona dra volamena sy mifangaro avokoa.
Sy nisy volafosy satria sy nihevery ho sarobidy gny volafosy tamigny andron'i Solomona. [21]Gny pazaka dra nana
sambo pandeha an-dranomasy, nindray tami'reo sambon'i Hirama. Indray mandeha isa-telo tao gny nandesany
sambo volamena, volafosy, dra ivoara, mbamin'ireo razako vo gidro.[22]Noho zay dra nihoasy reo pazaka aby
eran'izao tontolo izao tamigny harena vo fahendre i Solomona pazaka. [23]Izao tontolo izao dra nitalia
fagnatrehan'i Solomona ba hahare gny fahendreny, zay fa napetrak'i Zagnahary tao am-pony. [24]Reo zay nisiliky
dra ninday rakisy, fanaky volafosy vo volamena, fitafia, fiarova, dra zava-magnisy, dra sovala vo apondra, isa-tao.
[25]Nana fihinana-bolo efasy arivo ho an'ireo sovala vo reo kalesy i Solomona, dra pitikisy sovala ro arivo vo ray aly,
ze natobiny tao amigny tananigny kalesy vo niaraky taminazy tagny Jerosalema. [26]Nanapaky teo amireo pazaka
aby hatragny amigny Ony Eofrata dra hatragny amigny tagnan'i Filistita izy, dra hatragny amigny tanin'i Filistia
izy, hatragny amigny sisi-tanin'i Egypta.[27]Nana volafosy tagny Jerosalema gny pazaka, maro noho reo vatosoa
tegny amigny tany. Namboasy hazo sedera maro noho reo hazo lemaly izy. [28]Ninday sovala ho an'i Solomona
boak'agny Egypta vo boak'agny amigny tany aby ereo. [29]Gny amireo raharaha hafa mahakasiky an'i Solomona,
volohany sady farany, sy fa voasorasy tao amigny tataran'i Natana paminany, tao amigny Faminanian'i Ahiza gny
Silonita, vo tao amigny Fahitan'Ido pahita mahakasiky an'i Jeroboama zanadahin'i Nebata ra izay? [30]Nazaka teo
amin'Israely aby nandrisy gny afapolo tao i Solomona. [31]Nimaty niaraky tamireo razambeny izy dra gny vahoaky
nandevy anazy tagny amigny tanan'i Davida raiky. Rehoboama, zanadahiny, gny lasa pazaka nandimby gny
toerany.

Chapter 10

1Nagnagny Sekema i Rehoboama, akory avy tagny Sekema ba hanao anazy ho pazaka gny Israely aby. 2Dra ren'i
Jerosalema zanadahin'i Nebata zay (akory tagny Egypta izy, tagny amize fa niengany hiala teo amigny
fagnatrehan'i Solomona pazaka, nefa fa nihery boak'agny Egypta i Jeroboama).3Ko nandefa vo napitoka anazy
ereo, dra avy Jeroboama vo gny Israely aby; nizaka tamin'i Rehoboama ereo dra nanao anizahoky ho:
4"Nagnasarosy gny zioganay gny babanao. KO amizao, hamorao gny asa mafinigny babanao, dra hamevagno gny
zioga mavesasy ze napetrany teto aminay, dra hanopo anao zahay." 5Hoy Rehoboama tamin'ereo ho: "Miheregna
ndraiky eto aminahy afaky telo andro." Dra lasa reo vahoaky.6Nangalaky hevisy tagny amireo zokiolo ze nisanga
teo agnatrehan'i Solomona babany fony fahavelony i Rehoboama pazaka; hoy izy ho: "Akory gny hanoroandrareo
hevisy hevisy anahy ba hinesako anireo? 7Nizaka taminazy ereo dra nizaka ho: "Raha soa amireo vahoaky reo
handrareo dra mahafinarisy anereo, dra mizaka zaka soa amin'ereo, dra ho panoponao mandrakizay
ereo."8Kanefa sy nirarahin'i Rehoboama gny torohevisy ze namen'ireo zokiolo anazy, dra nangalaky hevisy tagny
amireo tovolahy ze ninday lahibe taminazy izy, ze nisanga teo agnatrehany. 9Hoy izy tamin'ereo ho: "Ino gny
torohevisy homendrareo gny vahoaky ze nizaka taminahy dra nizaka ho: 'Hamevagno gny zioiga ze napetraky
gny babanao taminay'?"10Reo tovolahy nindray lahibe tamin'i Rehoboama nizaka taminazy, nanao anizahoky ho:
"Manahaky anizao gny tokony havalinao reo vahoaky ze nizaka taminao fa i Solomona babanao dra napavesasy
gny ziogan'ereo, dra tokony hamavagninao izay. Izao gny tokony ho zakanao anereo: 'Gny akihikeliko dra matevy
noho gny andilan-drako. 11Ko amizao, na dre nivesarinigny rako tamigny zioga mavesasy aza handrareo, dra bo
hagnapy gny ziogandrareo zaho. Gny babako nagnasazy andrareo tamireo karavasy, fa izaho hagnasazy
andrareo amireo mengoky."'12Ko dra nandeha nagnagny amin'i Rehoboama i Jeroboama vo gny vahoaky aby
tamigny andro fahatelo, araky gny nizakanigny pazaka ho: "Miheregna aminahy atiky amigny andro fahatelo."
13Nizaka fatrasy anereo i Rehoboama, sy niraharaha gny torohevis'ireo zokiolo. 14Nizaka tamin'ereo araky gny
toro-hevis'ireo tovolahy izy, nanao anizahoky ho: "Namesasy gny ziogandrareo gny babako, fa izaho hagnapy
anizay. GNy babako nagnasazy andrareo tamigny karavasy, fa izaho hagnasazy andrareo amigny
mengoky."15Noho izay dra sy nitenonigny pazaka gny vahoaky, fa izay dra fagnova tamireo tranga
nandesin'Agnahary, ba hahafahan'i Yaveh magnatateraky gny zakany ze nizakan'i Ahia gny Silonita tamin'i
Jeroboama zanadahin'i Nebata.16Gny fa hitan'Israely aby fa sy niteno anereo gny pazaka, dra namaly anazy gny
vahoaky dra nizaka ho: "Ino gny azaranay amin'i Davida? Sy mana lova ao amigny zanadahin'i Jese izahay! Gny
sirairay amireo dra tokony hihery agny an-dainy aby, ry Israely. Dra atio gny tragnonao, ry Davida." Ko dra
nihery ho agny an-dainy aby gny Israely aby. 17Fa raha gny amireo olo nagnino tagny amireo tanan'i Joda, dra i
Rehoboama gny nazaka teo amin'ereo. 18Dra Rehoboama pazaka nandefa an'i Adorama, ze nanapaky teo amireo
panao asa aterivozo, nefa gny vahokan'Israely nitora-bato anazy ho maty. Dra nienga malaky tamigny kalesy ho
agny Jerosalema i Rehoboama pazaka. 19Noho izay dra tao agnatinigny fikomia nanohisy gny taranak'i Davida
gny Israely mandrak'androany.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 11

[1]Gny fa avy tagny Jerosalema i Rehoboama, dra navory gny taranak'i Joda vo Benjamina, lelahy maramila voafily
180 000, ba hialy amin'Israely, ba hagnery amigny loniny gny fazaka ho an'i Rehoboama.[2]Kanefa avy tamin'i
Semaia gny lelahin'Agnahary gny zakan'i Yaveh, nanao anizahoky ho: 3"Zakao i Rehoboama zanadahin'i
Solomona, pazakan'i Joda, vo gny Israely aby agny Joda vo Benjamina ho" [4]'Izao gny zakan'i Yaveh: "Ka manafiky
na mananga aly amireo rahalahindrareo handrareo. Gny olon'aby dra sy maisy mihery agny amigny fonegnany
aby, fa izaho gny fa napitranga anizay."' Ko dra nakato gny zakan'i Yaveh ereo dra nihery sy ho amigny fanafiha
an'i Jeroboama.[5]Nony tao Jerosalema i Rehoboama dra nananga tana tao Joda ho ferova. [6]Nananga an'i
Betlehema, Etama, Tekoa, [7]Beti-zoro, Soko, Adolama, [8]Gata, Maresaha, Zifa, [9]Adoraima, Lakisy, Azeka, [10]Zora,
Aialona, dra Hebrona izy. Reo gny tana mimanda tagny Joda vo Benjamina.[11]Nagnamafy reo Manda izy dra
nametraky pifehy tao amireo, niaraky tamigny pisy hany, dililo, dra divay. [12]Nametraky apinga vo lefo tagny
amigny tanan'aby izy dra nagnamafy reo vatany. Dra lasany i Joda vo Benjamina.[13]Reo pisoro vo reo Levita ze tao
amin'Israely aby dra nagnato anazy boak'ao amireo fari-taniny. [14]Fa reo Levita niala tamireo tany fihinanam-
bilony vo gny tragno vo tanin'ereo ba handehana agny Joda vo Jerosalema, akory fa niroahin'i Jeroboama vo reo
zanadahiny ereo, ba sy hahafahan'ereo manao anireo adidy amigny maha-pisoro ho an'i Yaveh sasy. [15]Jeroboama
dra nanendry pisoro ho anazy ho amireo fitoerany abo vo osy vo sai-zanak'agnomby ze fa namboariny.[16]Gny
vahoaky avy tamireo fokon'Israely aby dra avy tafaran'ereo, reo ze nanefy gny fony hialy an'i Yaveh, gny
Zagnahariny gny Israely; avy tao Jerosalema ereo, ba hanao soro ho an'i Yaveh, gny Zagnahariny gny
razamben'ereo. [17]Ko dra nihamasinin'ereo gny fazakan'i Joda dra nagnamafy an'i Rehoboama zanadahin'i
Solomona nandrisy gny telo tao, dra nandeha tamigny lalan'i Davida vo i Solomona nandrisy gny telo tao ereo.
[18]Nangalaky valy ho anazy Rehoboama: dra i Mahalota, gny zanakapelan'i Jerimota, zanadahin'i Davida, vo
Abihaila, gny zanakapelan'i Eliaba, zanadahin'i Jese. [19]Niteraky zanadahy taminazy izy: dra i Jeosy, Semaria, dra
Zahama.[20]Tafaran'i Mahalottta, dra nangalaky an'i Maka, zanakapelan'i Absaloma, i Rehoboama; niteraky an'i
Abia, Atahy, Ziza, dra Selomita taminazy izy. [21]Rehoboama nitia an'i Maka, zanakapelan'i Absaloma, nihiasy reo
valiny hafa vo reo valisindranony aby (nangalaky valy apela valo ambiny folo vo valisindrano eni-polo izy, dra
lasa babanigny zanadahiny valo amby ropolo vo zanakapela eni-polo).[22]Rehoboama nanendry an'i Abia
zanadahin'i Maka ho lahibe, pitariky eo amireo rahalahiny; fa nana-kevisy gny hanao anazy ho pazaka izy.
[23]Nanapaky tami-pahendrena i Rehoboama; napiely anireo zanadahiny aby nanera zanadahiny aby nanera gny
tanin'i Joda vo Benjamina aby ho agny amigny tana mimanda aby izy. Nagnome sakafo be ho anereo avo koa izy
dra nitalia valy maro be ho anereo.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 12

[1]Dra tamizay, gny fa tafapetraky gny fazakan'i Rehoboama dra natazaky izy, dra nahafo gny lalan'i Yaveh__vo gny
Israely aby niaraky taminazy izy.[2]Nitranga izay tamigny tao fahadimy nazakan'i Rehoboama pazaka, fa i Sisaka,
pazakan'i Egypta, niakasy hanohisy an'i Jerosalema, akory namadiky an'i Yaveh gny vahoaky. [3]Avy niaraky
tamigny kalesy ro-zato sy arivo vo pitikisy sovala eninaly izy. Maramila sy hita isa gny avy niaraky taminazy
boak'agny Egypta: reo Lobita, sokita, dra reo Etiopiana. [4]Nalany reo tana voaaro fatrasy ze an'i Joda dra nagnagny
Jerosalema.[5]Dra Semaia paminany avy tagny amin'i Rehoboama vo reo pitariky an'i Joda ze niara-nivondro tao
Jerosalema noho i Sisaka. Hoy Semaia tamin'ereo ho: "Izao gny zakan'i Yaveh: Handrareo fa nahafo anahy, dra fa
natoloso ho eo atagnan'i Sisaka avo koa handrareo." [6]Dra nanetry tegna reo zagnaharin'Israely vo gny pazaka dra
nanao anizahoky ho: "Marina i Yaveh."[7]Dra gny fa hitan'i Yaveh fa nanetry tegna ereo, dra avy tamin'i Semaia gny
zakan'i Yaveh, nanao anizahoky ho: "Fa nanetry tegna ereo. Sy handringa anereo zaho; fa hamozy anereo amigny
fandringa, dra sy hilasaky eo amin'i Jerosalema amigny alalanigny tagnan'i Sisaka gny hatezerako. [8]Na izay aza,
dra ho panopony ereo, ba hahatakaran'ereo ho akory izay panopo anahy vo manopo reo pitondra reo firene-kafa
izay."[9]Dra Sisaka, pazakan'i Egypta niakasy hanohisy an'i Jerosalema dra nangalaky reo harena tao atragnon'i
Yaveh, vo reo harena tao atragnon'i Yaveh, vo reo harena tao atragnon'i pazaka. Nalany avokoa reo apinga
volamena ze nataon'i Solomona. [10]Nanao apinga varahy teo atoeran'ireo i Rehoboama pazaka dra nagnaky anireo
teo atagnan'ireo pifehy gny piamby, ze niamby reo vatrangaranigny tragnonigny pazaka.[11]Nitranga izay gny isika
gny nilisy tao atragnon'i Yaveh gny pazaka, dra ninday anizay reo piamby; boak'eo ereo ninday anizay nihery
tagny amigny tragno fiambena. [12]Gny fa nanetry tegna i Rehoboama, dra niala taminazy gny haorian'i Yaveh, ba
sy handringa anazy tateraky; akoas'izay, bo nisy fahasoava hita avo tao amin'i Joda.[13]Dra Rehoboama pazaka
ninday hery ho anigny fazakany tao Jerosalema, dra manahaky anizay gny nazakany. Raiky amby efa-polo tao i
Rehoboama raha nanomboky nazaka, dra nazaka nandrisy gny fito ambiny folo tao taoJerosalema, gny tana ze
nifilin'i Yaveh tamigny fokon'Israely aby izy ba hahafahany mametraky gny agnarany ao. Gny agnaran-dreniny
dra i Nama, gny Amonita. [14]Nanao rasy izy, akory sy nanefy gny fony ba hitalia an'i Yaveh, [15]Dra gny amireo raha
hafa mahakasiky an'i Rehoboama, volohany sady farany, moa ra reo sy fa voasorasy ao amigny asa soras'i Semaia
paminany vo Ido gny pahita, ze tetihara avo koa dra reo aly lava teo amin'i Rehoboama vo Jerosalema? [16]Nimaty
tagny amireo razambeny i Rehoboama dra nalevy tao atanan'i Davida; Abia zanadahiny gny lasa pazaka teo
amigny toerany.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 13

[1]tamigny tao fahavalo nazakan'i Jeroboama pazaka, dra nanomboky nazaka gny telo tao tagny Jerosalema izy;
Maka gny agnaran-dreniny, gny zanakapelan'i Oriela boak'agny Gibeo. Nisy aly teo amin'i Abia vo Jeroboama.
[3]Abia nandeha nialy niaraky tamigny tafiky matazaky raiky, dra maramila mahery fo, lelahy voafily 400.000. Dra
Jeroboama nandahasy lelahy voafily, matazaky, maramila mahery fo 800.000 hialy hanohisy anazy.[4]Nizoro teo
atendrombohisy Zemaraima, ze tao amigny tany havoan'i Efraima i Abia, dra nanao anizahoky ho: Tenoy zaho, ry
Jeroboama vo ry Israely aby! [5]Sy fatandrareo ra fa Yaveh, gny Zagnaharin'Israely, gny nagnome an'i Davida gny
fanapaha teo amin'Israely mandrakizay, dra ho anazy vo reo zanadahiny tamigny fagneke ara-dala?[6]Nefa
Jeroboama zanadahin'i Nebata, gny panopon'i Solomona zanadahin'i Davida, dra fa nisanga dra nikomy nanohisy
gny topony. [7]Reo lelahy sy mendriky, reo nnama rasy fitondra-tegna, gny nikamba taminazy. Avy hanohisy an'i
Rehoboama zanadahin'i Solomona ereo, fony bo tanora vo sy nana traikefa dra sy nahavita nanohisy anereo i
Rehoboama.[8]Amizao handrareo mizaka fa mahatosy gny fitondra maherin'i Yaveh eo atagnan'ireo taranak'i
Davida. Tafiky laibe handrareo , dra miaraky amindrareo reo zanak'agnomby volamena ze nataon'i Jeroboama
ho zagnahary ho andrareo. [9]Sy fa nandroaky reo pisoron'i Yaveh, dra reo taranak'i Arona, vo reo Levita ra
handrareo? Sy fa nanao pisoro ho anigny vatandrareo tamigny fomban'ireo poninigny tany hafa ra handrareo?
Na iza na iza avy magnamasi-tegna miaraky amigny zanak'agnomby vo agnondrilahy fito dra ho lasa pisoron'ireo
ze sy Zagnahary anie izy.[10]Fa raha gny aminay , Yaveh gny zagnaharinay, dra sy bo nahafo anazy zahay. Mana
pisoro zahay, taranak'i Arona, manopo an'i Yaveh, vo reo Levita, ze amigny asan'ereo. [11]Isa-maray vo isa-kariva
dra magnoro fagnatisy oroa vo liti-kazo agni-pofony ho an'i Yaveh ereo. Mandamigna gny mofonigny fagnatreha
eo amigny latabasy malio avo koa ereo.; mikarakara gny pisy ziro volamena mbamin'ireo zirony avo koa ereo, ba
harehisy isa-kariva. Mitandry reo didin'i Yaveh, Zagnaharinay izahay, nefa handrareo nahafo anazy.[12]Ingo,
Zagnahary dra miaraky aminay eo anoloanay, dra reo pisorony dra eto miaraky amigny tropetra ba hapagneno
fanaira ho andrareo. Ry vahoakin'Israely, ka mialy amin'i Yaveh, gny Zagnahariny gny razambendrareo, fa sy
hahomby handrareo ."[13]Kanefa Jeroboama nagnoma fameleza tapoky tafaran'ereo; teo anoloan'i Joda gny tafiny,
dra tafaran'ereo gny otriky. [14]Gny fa nitoliky i Joda, dra ingo, sady teo anoloan'ereo gny tao afarany gny aly.
Nitaray tamin'i Yaveh ereo, dra nisioky gny tropetra reo pisoro. [15]Dra nitifisy reo lelahin'i Joda; raha nitify igny
ereo, dra namely an'i Jeroboama vo gny Israely aby teo anoloan'i Abia vo Joda i Zagnahary.[16]Nienga teo anoloan'i
Joda gny vahoakin'i Israely, dra natolos'Agnahary teo atagnan'i Joda ereo. [17]Nivonon'i Abia vo gny tafiny tamigny
famonoa lahibe ereo; dra lelahy voafily 500.000 tamin'Israely gny lavo dra maty. [18]Tamizay fomba zay, gny
nandresenigny vahoakin'Israely tamizay fotoa zay; nandresy gny vahoakin'i Joda akory niaky tamin'i Yaveh, gny
Zagnaharin'ireo razambeny ereo. [19]Nihitrignin'i Abia i Jeroboama; nalany taminazy reo tana: dra i Betela niaraky
tamireo zana-bohiny, Jesana niaraky tamireo zana-bohiny, dra Efrona niaraky tamireo zana-bohiny. [20]Sy
nihanahery sasy Jeroboama nandrisy gny andron'i Abia; namely anazy i Yaveh, dra maty izy. [21]Fa Abia koa
nihanatazaky; nangalaky valy efasy ambiny folo izy dra niteraky ro amby ropolo lahyizy dra niteraky ro polo
lahy vo enina ambiny folo vavy. [22]Gny ambireo asa lahibe vitan'i Abia, gny fitondra-tenany vo reozakany dra
voasorasy ao amigny fanehoa-kevis'i Ido paminany.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 14

[1]Nimaty tagny amireo razambeny i Abia, dra nalevin'ereo tao amigny tanan'i Davida izy. [2]Asa, zanadahiny, gny
lasa pazaka nandimby gny teorany. Tamigny androny dra nangina nandrisy gny folo tao gny tany. Nanao rasy vo
mary teo amason'i Yaveh zagnaharinay i asa, [3]akory nalany reo alitara vahiny vo reo fitoera abo. Niravany reo
andiam-bato dra nitapahiny dra boan'Aseraha. [4]Nandidy an'i Joda izy ba hitalia an'i Yaveh, gny zagnahary gny
razamben'ereo, vo hagnatateraky reo didy aman-dalana.[5]Nalany avo koa reo fitoera abo vo reo alitaranigny liti-
kazo magnisy boak'amireo tanan'i Joda aby. Nisahasy teo ambaniny gny fazaka. [6]Nananga tana mimanda tagny
joda izy, akory nangina gny tany, dra sy nanan'aly izy tamireo tao reo,akory nagnome fedagna anazy i Yaveh.[7]Fa
Asa nizaka tamin'i Joda ho: "Aoky isika hagnory reo tana reo dra hagnisy manda magnodidy anereo, vo tilikambo,
vavahady, dra hizoso lavalava; bo asika gny tany akory fa nitalia an'i Yaveh zagnaharinsika isika. Fa nitalia anazy
isika, dra nagnome fedagna isika tamigny lafiny aby Izy." Dra nagnory ereo dra nahomby. [8]Nana tafiky raiky ze
nihazo apinga vo lefo i Asa; boak'amin'i Joda dra nana lelahy 300. 000 izy, dra boak'amigny Benjamina, lelahy
280. 000ze nita apinga vo sipiky. Natazaky reo aby reo, lelahy be heri-po.[9]Dra Zera gny Etiopiana avy nanohisy
anereo niaraky tamigny tafiky maramila ray tapitrisa vo kalesy telo-zato; boak'agny Maresa izy. [10]Dra niboaky
hiseza anazy i Asa, dra nandamy gny laharan'aly tagny an-dohasakan'i Zefata tagny Maresa ereo. [11]Nitalao tamin'i
Yaveh, Zagnahariny i Asa, dra nanao anizahoky ho: "Ry Yaveh, sy misy afa-sy Hanao gny hagnapy ze sy mana-
kery gny fa miatriky raha maro izy. Apio Izahay, ry Yaveh Zagnaharinay, akory mmiatehisy aminao zahay, dra
amigny agnaranao gny hahaavianay hanohisy reo maro be reo. Ry Yaveh, hanao gny Zagnaharinay; ka anga ho
resinigny olo Hanao."[12]Dra namely reo Etiopiana teo agnatrehan'i Asa vo Joda i Yaveh; dra nienga reo Etiopia.
[13]Nagnitriky anereo hatragny Jerara i Asa vo reo maramila niaraky taminazy. Noho izay dra Etiopiana maro gny
lavo dra sy afaky narovan'ereo, akory ringa tateraky teo agnatrehan'i Yaveh vo gny tafiny ereo. Ninday babo
maro be gny tafiky. [14]Naringanigny tafiky reo tana aby nagnodidy an'i Jerara, akory avy tamireo poniny gny
horohoron'i Yaveh. Nobabonigny tafiky reo tana aby, dra nisy babo maro tao amin'ereo. [15]Naringan'ireo tafiky avo
koa reo fonegnan-dain'ireo piamby pifindra mony; ninday agnondr maro, vo rameva ereo, dra boak'eo nihery
tagny Jerosalema.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 15

[1]Avy tamin'i Azaria zanadahin'i Odeda gny fagnahin'Agnahary. [2]Niboaky hiseza an'i Asa izy dra nanao taminazy
ho: "Tenoy zaho, ry Asa, vo Joda dra gny Benjamina aby: momba andrareo Yaveh, raha miaraky aminazy
handrareo. Raha mitalia anazy handrareo, dra ho hitandrareo Izy; fa raha mahafo anazy handrareo, dra hafony.
[3]DRa nandrisy gny fotoa naharisy, dra sy nana gny Zagnahary mary gny Israely, sy nana pisoro napianasy, dra sy
nana gny lalana. [4]Fa gny fa nitoliky tamin'i Yaveh, gny zagnaharin'Israely ereo tamigny andro-pahorian'ereo, dra
nitalia anazy, dra hitan'ereo izy. [5]Tamizay fotoa zay dra sy nisy fedanga ho an'ize nandeha lavisy, na ho an'ize
nandeha nagnatiky; fa koa, fikorotagna lahibe gny tamireo poninigny tany aby.[6]Potipotiky ereo, firenena
nanohisy firenena, dra tana nanohisy tana, akory napizalin'Agnahary tamireo karaza fizalia aby ereo. [7]Fa
mahereza, dra ka anga halemy gny tagnandrareo, fa ho valia soa gny asandrareo."[8]Gny fa ren'i Asa reo zaka reo,
gny faminanian'i Odeda paminany, dra nana heri-po izy dra nangalaky anireo raha mahasiravy hiala tamigny
zakan'i Joda vo Benjamina aby, dra tamireo tana ze babony boa'amigny tanyhavoan'i Efraima, dra nagnery
namboasy gny alitaran'i Yaveh izy, ze teo anoloanigny lavaranginy gny tragnon'i Yaveh. [9]Navory gny Joda vo gny
Benjamina aby, vo reo ze nizano niaraky tamin'ereo__olo boak'amin'i Efraima vo Manase, dra boak'amin'i
Simeona. Fa maro an'isa ereo gny nagnato anazy vy agny Israely, gny fa hitan'ereo fa nomba anazy Yaveh
zagnahariny.[10]Noho izay dra niara-nivory tao Jerosalema ereo tamigny fahatelonigny vola, tamigny faha-dimy
ambiny folo tao nazakan'i Asa. [11]Nanao soro ho an'i Yaveh tamigny ilany tamireo babo ze nandesin'ereo tamizay
andro zay ereo: agnomby fitozato vo agnondry aman'osy fito arivo.[12]Nanao fifagneke ba hitalia an'i Yaveh, gny
Zagnahariny gny razambeny ereo, tamigny fon'ereo manotolo vo tamigny fagnahin'ereo manotolo. [13]Nagneky
ereo fa na iza na iza nanda gny hitalia an'i Yaveh, gny Zagnaharin'Israely, dra tokony vono ho maty, na kely na
lahibe gny olo, na lelahy na apela.[14]Niania tamin'i Yaveh tamigny feo abo, tamigny kioky, vo tamigny tropetra vo
azomara ereo. [15]Niravoravo tamigny fianiana gny Joda aby, akory niania tamigny fony manotolo ereo, dra nitalia
fatrasy an'Agnahary, dra hitan'ereo Izy. Namen'i Yaveh fedanga gny magnodidy anereo aby.[16]Nalany sy ho pazaka
vavy avo koa Imaka, nenibeny, akory nanao sari-raha mahasiravy tamigny baon'Aseraha izy. Nitapahin'i Asa gny
sari-raha mahasiravy, nihisahiny ho vovoky dra noroany teo amigny lohasakan-driaky Kidrona izay. [17]Kanefa reo
fitoera abo sy nala tao Israely. Na izay aza, feno fanolora-tegna tateraky gny fon'i Asa tamigny androny aby.
[18]Nizaka tao atragnon'i Yaveh reo rahany gny babany vo reo rahany manoka ze an'i Yaveh: Volafosy vo reo raha
volamena. [19]Sy nisy aly sasy hatramigny fahadimy amby telo-polo tao nazakan'i Asa.

Chapter 16

[1]Tamigny fahaenina amby telopolo tao nazakan'i Asa, i Basa, pazakan'Israely, dra naneho herisetra nonohisy an'i
Joda dra nananga an'i Rama, ba sy hamely an'iza na iza hiala na hilisy ao amigny tanin'i Asa, pazakan'i Joda.[2]Dra
ninday gny volafosy vo volamena niboaky gny efitragno fitehiriza tao amigny tragnon'i Yaveh vo gny tragnonigny
pazaka i Asa, dra nandefa anizay tagny amin'i Beni-hadada pazakan'i Syria, ze nipetraky tagny Damaskosy. Hoy
izy ho: [3]"Aoky hisy fifagneke eo aminahy vo aminao, manahaky gny nisian'izay teo amigny babako vo gny
babanao. Ingo, nandefa volafosy vo volamena taminao zaho. Ravao gny fifagnekenao amin'i Basa,
pazakan'Israely, ba hahafahany magnenga anahy irery."[4]Niteno an'i Asa Pazaka i Beni-adada ka nandefa reo
mpifehy gny tafiny hanohisy reo tananan'Israely. Nanafiky an'i Iona , Dana, Abela-maima, dra reo tana fagnazan'i
Naftaly aby anereo.[5]Dra nahare aby anizay i Basa , dra nazanony gny fanangana an'i Rama, dra nampisahatra gny
asany.[6]Dra nalan'i Asa Pazaka niaeaky taminazy gny Joda aby.Nandesin'ireo gny vato vo reo hazon'i Rama ze
nananganan'i Basa gny tana.Dra nampiasan'i Asa nagnoregna an'i Geba vo Mizpa zay fitova fanangana anizay.
[7]Tamin'izay fotoa zay i Hanany mpahita nagnagny amin'i Asa, Pazakan'i Joda, ka nanao taminazy ho:''Satria ianao
niatehisy tamy gny Pazakan'i Syria, fa sy niatehisy tamin'i Yaveh Zagnaharinao, dra nipotaky laha teo an-tananao
gny rafiky gny Pazakan'i Syria.[8]Moa se reo Etiopiana vo reo Lobita sy tafiky lahibe, miaraky amy kalesy vo
mpitikisy sovala tena maro?Kanefa, satria ianao niatehisy tamin'i Yaveh, dra nagnome anao gny fandrese teo
amin'ereo izy.[9]Fa mason'i Yaveh dra mandeha egny aby manera gny tany manotolo, ba hahafahany maneho gny
vatany ho mahery ho an'ireo ze mana fo avy lafasy manoloa anazy . Fa nanao adala tamin'izay raha zay ianao.
Koa manomboky eto,dra hana aly ianao.''[10]Dra ory taminigny mpahita i Asa;nigadrany izy, satria ory taminazy
noho zay raha zay izy. Tamin'izay fotoa zay avo , dra nampahory gny sasany tamin'ereo vahoaky i Asa.[11]Ingo, reo
asan'i Asa, hatraminigny volohany hatramy farany , dra ingo, fa voasorasy ao amy bokin'ireo Pazakan'i Joda vo
Israely reo.[12]Tamy fahasivy amby telopolo tao nazakany , dra narary gny tombon'i Asa;nahery vaiky tokoa gny
aretiny. Na zay avo anefa, dra sy nitalia fagnampia laha tamin'i Yaveh izy, fa tamin'ireo mpisabo avo.[13]Nimaty
tagny amin'ireo razambeny i Asa;maty tamy faharaiky amby efapolo tao nazakany izy.[14]Nalevin'ereo tao amy lolo
avo izy, zay nihaliny ho anazy tao amy tananan'i Davida. Nampndrian'ereo teo agnabony fandria feno fofo
magnisy vo karaza raha-magnisy nomanin'ereo mpahay raha-magnisy izy. Dra nanao afo lahibe izy reo ba ho
voninahisy ho anazy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 17

[1]Josafata zanadahin'i Asa dra avy Pazaka nandimby anazy.Nampatazaky gny vatany hanohisy an'Israely i
Josafata.[2]Nametraky tafiky tamin'ireo tana mifefin'i Joda aby izy, dra nametraky miaramila tagny amin'ereo
tanin'i Joda vo tagny amin'ereo tananan'i Efraima, zay nibaboin'i Asa rany.[3]Nomba an'i Josafata i Yaveh satria
nandeha tamin'ireo lalan'i Davida rany volohany izy, dra sy nitalia reo Bala.[4]Fa nahatoky any Zagnahary gny rany
izy, dra nandeha tamin'ireo didiny, fa sy ba tamy fitondra-tegnan'Isrraely.[5]Dra napetrak'i Yaveh teo an-tagnany
gny fanapaha ;nagnome voninahisy an'i Josafata gny joda aby. Nana hanagna vo voninahisy be izy. [6]Gny fony dra
natao ho an'ireo lalan'i Yaveh.Nangalaky reo fitoera abo vo baon'Asaraha tagny Joda avo koa izy.[7]Tamy tao
fahatelo nazakany dra nagniraky an'i Benaila, Obadia , Zakaria, Netanela dra i Mikaia manam-pahefany izy, ba
hampianasy agny amin'ireo tananan'i Joda. [8]Niaraky tamin'ereo koa reo Levita:dra i Semaia, Netania, Zebadia,
Asahela, Semiramota, Netania, Adonia, Tobia, dra Tob-adonia;dra niaraky tamin'ireo i Elisama vo Jorama
mpisoro.[9]Nampianasy tagny Joda ereo, dra nana gny bokiny lalan'i Yaveh niaraky taminazy. Nandeha nanera gny
tanann'i Joda aby ereo dra nampianasy teo amy vahoaky.[10]Nilasaky tamin'ireo fazakany tany aby ze nagnodidy
an'i Joda gny horohoro an'i Yaveh, ba sy hiasian'ireo aly amin'i Josafata.[11]Gny Filistina gnilany ninday fagnomeza
ho an'i Josafata, vo volafosy ho fagnomezam-boninahisy . Reo Arabo koa dra ninday agn'ondry vo osy ho anazy,
agn'ondrilahy 7 700 dra osilahy 7 700.[12]Avy tena nahery i Josafata. Nagnory fiarova fatrasy vo tana fignaza tao
Joda izy.[13]Izy dra nana fitova maro tao an-tananan'i Joda, vo miaramila -matazaky, lelahy mahery fo-tagny
Jerosalema.[14]Tahoky gny listan'ereo , milahasy araky reo agnarany ankohon-dran'ereo:Laha tagny Joda, reo
mpifehy gny agn'arivony;Adna mpifehy , dra niaraky taminazy gny lelahy mpialy 300 000; [15]tao afarany i
Johanana mpifehy, dra niaraky taminazy gny lelahy 280 000;[16]tao afarany i Amasia zanadahin'i Yaveh;dra niaraky
taminazy gny lelahy mpialy 200 000.[17]Laha tamin'i Benjamina;dra i Eliada lelahy natazaky tamy herim-po , dra
niaraky taminazy gny mitam-pialia 200 000 niaraky tamin'ereo sipika vo reo ampianga;[18]magnaraky anazy i
Jozzabada, dra niaraky taminazy reo 180 000 vonona ho amy aly.[19]Reo gny nanompo gny Pazaka, ankoasy reo
napetraky gny Pazaka tamin'ireo tana mifefy nanerana an'i Joda aby.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 18

[1]Dra Josafata nana hanagna vo voninahisy be; izy dra nihavana tamin'i ahaba tamy nanambaliany tao raiky amy
fianakaviany zanakapelany.[2]Tao maromaro tatio afara , dra nizoso tagny amin'i Ahaba tagny tany Samaria
izy.Namono agn'ondry vo osy maro ho anazy vo reo olo niaraky taminazy i Ahaba. Nandresy lahasy anazy ba
hanafiky an'i Ramota Gileada hiaraky aminazy koa Ahaba.[3]Hoy Ahaba, Pazakan'Israely, tamin'i Josafata,
Pazakan'i Joda ho:''Handeha hiaraky aminahy ho agny Ramota Gileada se anao?''Namaly anazy Josafata
ho:''Manahaky anao avo zaho, dra gny vahoakiko dra manahaky gny vahoakinao; hiaraky amindrareo agny amy
aly zahay.''[4]Hoy Jesafata tamy Pazakan'Israely ho:''Ba taliavo aloha gny zakan'i Yaveh ho amy vali-zakanao.''[5]Laha
teo gny Pazakan'Israely nampivory reo mpaminany, lelahy efa-zato, ka nizaka tamin'ereo ho:''Tokony handeha
hialy agny Ramota Gileada se isika, sa aha?Hoy izy reo ho:''Tafiho, fa Zagnahary hagnome anizay eo an-tanany
Pazaka.''[6]Saiky hoy Josafata ho:''sy bo misy mpaminan'i Yaveh hafa ze afaky hangalasika hevisy se eto?''[7]Hoy gny
Pazakan'Israely tamin'i Josafata ho:''Bo misy lelahy raiky ze afaky hangalasika gny hevisin'i Yaveh, dra Mikaia
zanadahin'i Jimla, saiky halako izy satria sy naminany soa nahakasiky anahy mihisy izy, fa rasy avo . ''Fa hoy
Josafata ho:''Sy tokony hizaka anizay gny Pazaka.''[8]Laha teo nitoka manam-pahefa gny Pazakan'Israely dra nizaka
ho:''Andeso malaky i Mikaia zanadahin'i Jimla.''Dra samby nipetraky tamigny seza fiandriana aby i Ahaba
pazakan'Israely vo Josafata pazakan'i Joda, nitafy gny akazo lavan'ereo, teo amigny toera malalaky anoloanigny
fidira gny vavahadin'i Samaria, dra gny paminany aby dra naminanany teo agnatrehan'ereo. [10]Zedekia
zanadahin'i Kenana dra namboasy tandroky vy ho anigny vatany dra nizaka ho: "Izao gny zakan'i Yaveh: Amireo
gny hanotoa reo Syriana mandra-pahalevon'ereo." [11]Nitovy faminania reo paminany aby, nanao anizahoky ho:
"Tafiho Ramota Gileada dra takaro, fa namen'i Yaveh teo atagnanigny pazaka zay."[12]Gny iraky ze nandeha nitoka
an'i Mekaia nizaka taminazy, nanao anizahoky ho: "Ingo izao, gny zakan'ireo paminany dra magnambara raha
soa amigny pazaka amigny feo toka. Aoky gny zakanao hanahaky gny zakanigny raiky amin'ereo dra hizaka raha
soa." [13]Namaly Mikaia ho: "Raha bo velo koa Yaveh, dra ze raha zakan'Agnahary gny hotaliliko." [14]Gny fa avy tagny
amigny pazaka izy, dra hoy gny pazaka taminazy ho: "Ry Mikaia, tokony handeha hialy agny Ramota Gileada ra
isika, sa aha?" Namaly anazy Mikaia ho: "Tafiho dra mandresia! Fa ho fandrese lahibe zay."[15]Boak'eo gny pazaka
nizaka taminazy ho: "Ipiry gny hapianiagnako anao sy hizaka afa-sy gny mary aminahy amigny agnaran'i
Yaveh?" [16]Dra hoy Mikaia ho: "Nahita gny Israely aby niparitaky tegny amireo tendrombohisy zaho, manahaky
gny agnondry sy misy piamby, dra hoy Yaveh ho: 'Sy mana piamby agnondry reo. Aoky gny lelahy aby hihery
apilamina agny atragnony.'"[17]Noho izay dra hoy gny pazakan'Israely tamin'i Josafata ho: "Sy fa nizaka anao ra
zaho fa izy dra sy haminany soa mahakasiky anahy, fa loza avo?" [18]Boak'eo dra hoy Mikaia ho: "Noho izay
handrareo aby dra tokony hiteno gny zakan'i Yaveh: Nahita an'i Yaveh nipetraky teo amigny seza fiandrianany
zaho, dra gny maramilanigny lagnisy aby nizoro teo akavanany vo teo akaviany.[19]Hoy Yaveh ho: 'Iza gny hitao an'i
Ahaba, pazakan'Israely, ba hahafahany hiakasy agny Ramota Gileada dra ho lavo agny?' Gny raiky nizaka anizao
dra gny hafa nizay anizay.[20]Tafaran'izay dra nisy fagnahy nandroso dra nizoro teo anoloan'i Yaveh vo nizaka ho:
'Hitao anazy zaho' Hoy Yaveh taminazy ho: 'Amigny fomba akory?' [21]Dra namaly gny fagnahy ho: 'Hiboaky zaho
dra ho lasa fagnahy pavandy ao am-bavan'ireo paminany aby.' Namaly Yaveh ho: 'Hitao anazy hanao, dra
hahomby koa handrareo. Ko amizao mandehana dra atovy izay.'[22]Ingo dra amizao, Yaveh nametraky fagnahy
pavandy tao am-batrangaran'ireo paminaninao reo, dra Yaveh nandidy loza ho andrareo."[23]Dra avy i Zekedia
zanadahin'i Kenana, namelaky gny takolak'i Mikaia, dra nizaka ho: "Teza gny lala nialanigny fagnahin'i Yaveh
taminahy ba hizaka aminao?" [24]Hoy Mikaia ho: "Ingo, ho fataao izay amizay andro zay, gny fa mihazakazaky niafy
agny amigny efitragno agnatiny ilany hanao."[25]Nizaka tamigny panopo ilany gny pazakan'Israely ho:
"Samborindrareo vahoaky i Mikaia dra andeso ho agny Amona, gny governoranigny tana izy, vo agny amin'i
Joasy, zanadahiny. [26]Handrareo vahoaky hizaka aminazy ho: 'Hoy gny pazaka ho: apidiro agny apoza io lelahy io
dra fahano mofo vo rano kely izy, mandra-piheregnako soa ama-sara."' [27]Boak'eo Mikaia nizaka ho: "Raha
tafahery soa ama-sara hanao, dra sy nizaka tamigny alalako Yaveh." Dra bo napiany ho: "Tenoy zay, handrareo ry
vahoaky aby."[28]Dra vniakasy hanohisy an'i Ramota Gileada i ahaba, Pazakan'Israely, vo Josafata , Pazakan'i Joda.
[29]Hoy gny Pazakan'Israely tamin'i Josafata ho:'Hiova tava zaho dra handeha ho amy aly, fa hatovy gny akazo
lavany Pazaka.''Koa dra niova nanao olon-kafa gny Pazakan'Israely, dra nandeha tagny amy aly izy reo.[30]Dra gny
Pazakan'i Syria dra nandidy reo Kapitenin'ireo kalesiny, nanao ho:''Ka manafiky reo miaramila manan-kaza na sy
manan-kaza . Fa gny Pazakan'Israely avo gny tafiho.''[31]Dra fa gny nahita an'i Josafata reo kapiteniny kalesy dra
hoy izy reo ho:''Igny gny Pazakan'Israely.''Nihery ba hanafiky anazy izy reo , saiky nikoraky fatrasy Josafata, dra
namozy anazy Yaveh.Navalik'Agnahary niala taminazy izy reo.[32]Dra fa gny hitan'ireo mpihehy gny kalesy fa sy
gny Pazakan'Israely gny izy, dra nihery tamy fanendreha anazy izy reo.[33]Saiky nisy lelahy raiky nisitony gny zana-


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

sipikany dra nitifisy gny Pazakan'Israely teo anelanelany fifandraisa fiarovany. Laha teo Ahaba nizaka tamy mpinady kalesiny ho:''Mitoliha dra andeso miboaky gny aly zaho, fa marasy fatrasy.''[34]Niharasy gny aly tamin'io andro io , dra gny Pazakan'Israely dra niandry tao amy kalesiny nifanandrify tamin'ireo Syriana mandra-paharivany andro. Mandra-piletiky gny masoandro, dra maty izy.

## Chapter 19

1Nihery soa ama-sara tagny atragnony tagny Jerosalema i Josafata pazakan'i Joda. 2Boak'eo Jeho zanadahin'i
Hanana, gny pahita, niboaky hiseza anazy dra nizaka tamin'i Josafata pazaka ho: "Tokony hagnapy gny rasy
fagnahy ra hanao? Tokony hitia reo ze malaiky an'i Yaveh ra hanao? Noho izay asa izay, dra ao aminao gny
hasiaha boak'amin'i Yaveh. 3Na izay aza, dra bo misy soa hita ao agnatinao, fa nalanao hiala gny tany reo
baon'Aseraha, dra fa nanefy gny fonao hitalia an'Agnahary hanao."4Nony tao Jerosalema i Josafata; dra niboaky
hitety gny vahoaky ndraiky izy hatragny Beriseba dra hatragny amigny tany havoan'i Efraima dra ninday anereo
nihery tagny amin'i Yaveh, gny Zagnahary gny razamben'ereo. 5Nametraky pisara tagny amigny tany nanera reo
tana mimanda aby tagny Joda izy, isaky gny tana.6Hoy izy tamireo pisara ho: "Hevero ze tokony hataondrareo,
akory sy misara ho an'olo handrareo, fa ho an'i Yaveh; momba andrareo Izy amigny asa-pisara. 7Ko amizao, aoky
ho amindrareo gny tahosy an'i Yaveh. Mitandrema gny fa misara handrareo, fa sy ba misy heloky amin'i Yaveh
zagnaharisika, na fagnatia tavan'olo na fitakara kolikoly."8Ko, nandresy gny ilany tamireo Levita vo reo pisoro,
dra gny ilany tamireo pitariky gny tragnon-drazan'Israely tao Jerosalema i Josafata, ho amigny fagnatateraha gny
fisara ho an'i Yaveh, dra ho amireo fifandira. Nitoby tao Jerosalema ereo. 9Napianasy anereo, nanao anizahoky
ho: "Tokony hanopo an'i Yaveh apagnaza, apatokia, dra amigny fondrareo manotolo handrareo.10Na ombia na
ombia avy amindrareo gny fifandira amireo rahalahindrareo ze mony agny amigny tanan'ereo, na makasiky gny
fandasahan-dio, na momban'ireo didy aman-dalana, dra apitandremo ereo, ba sy ho lasa ory eo agnatrehan'i
Yaveh ereo, raha sy zay dra ho avy amindrareo vo amireo rahalahindrareo gny haoria. Izay gny tokony
hataondrareo ba sy ho ory handrareo.11Ingo, Amaria pisorom-be gny eo amindrareo amigny raharahan'i Yaveh
aby. Zebadia zanadahin'i Ismaela, pitariky gny taranak'i Joda, gny miandrekisy gny raharahanigny pazaka aby.
Reo Levita avo koa dra ho mana-pahefa hanopo andrareo. Mahereza dra araho reo torolalandrareo reo, dra
Yaveh anie homba an'ireo ze soa."



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 20

[1]Dra tafaran'izay, dra avy nanohisy an'i Josafata reo vahoakin'i Moaba vo Amona, dra niaraky tamin'ereo gny
Monita ilany. [2]Dra avy gny ilany nizaka tamin'i Josafata, nanao anizahoky ho: "Maro be reo ho avy hanohisy anao
boak'agny an-dafinigny Ranomasy maty, boak'agny Edoma. Ingo, ao Hazezo-tamara ereo," ze Enjedy.[3]Lasa
natahosy vo napizaha gny vatany ba hagnety an'i Yaveh i Josafata. Nitalily fifalia-kany eran'i Joda aby izy. [4]Niara-
niango hialy an'i Yaveh gny Joda aby; avy hitalia an'i Yaveh tagny amireo tanan'i Joda aby ereo.[5]Dra Josafata
nisanga teo amy fiangonan'i joda vo Jerosalema, tao an-trgnon'i yaveh, teo anoloany kiaza vaovao.[6]Hoy izy ho:''Ry
Yaveh, gny Zagnahar'ireo razambenay, sy ianao se gny Zagnahary gny lagnisy?Sy ianao se gny mpanapaky eo
amin'ereo fazakany firenena iaby?gny hery vo gy fahefana dra eo an-tagnanao , koa sy misy afaky hahatohisy
anao.[7]Ry Zagnaharinay,sy ianao se gny nandroaky gny mpony teto amin'itio tany itio nanoloa an'Israely olonao,
vo nagnome anizay mandrakizay ho an'ireo taranak'i Abrahama?[8]Mony tao amin'izay vo nagnory fitoera masy
tao ho agny agny agnaranao izy reo, nanao ho:[9]'Raha avy eto aminay gny loza-gny sabasy, gny fisara, na arety, na
mosary-dra hisanga eo anoloan'itio tragnony itio , vo eo anoloanao zahay (fa ato amy itio tragno itio gny
agnaranao), dra hitomagny anao zahay amy fahorianay, ka hahare vo hamozy anay ianao.'[10]Dra ingo, indreo dra
reo vahoakin'i amona, Moaba, dra gny tendrombohisy Seira ze sy nanganao ho tafihin'Israely fa gny niboaky laha
tagny amy tany Egypta izy reo;fa niala tamin'ireo gny Israely dra sy nandrava anazy reo.[11]Ingo gny fomba
hanonerany asika; avy handroaky asika hiala ao amy taninao ze nomenao ho lovanay izy reo.[12]Ry Zagnaharinay
o, sy hisara anazy reo se Ianao?Fa sy mana hery hanohera anizay tafiky lahibe avy hanohisy anay zay zahay.Sy
fatanay ze tokony hatao, fa gny masonay dra agny aminao.''[13]Nisanga teo anoloan'i Yaveh gny Joda aby, niaraky
tamin'ereo mandinik'ereo, reo valiny , vo reo zanany.[14]Dra teo agnevony fiangona, gny avy tamin'i Jahaziela,
zanak'i Zakaria, zanak'i Benaia, zanak'i Jeiala, zanak'i Matania, gny Levita, raiky tamin'ireo zanak'i Asafa gny
fagnahin'i Yaveh.[15]Hoy Jahaziela ho:''Tenoy, ry Joda iaby vo gny mponian'i Jerosalema, dra ry Josafata Pazaka. Zao
gny zakan'i Yaveh amindrareo ho:'Ka matahosy ;ka kivy noho zay tafiky lahibe zay, fa sy ho andrareo gny aly, fa
ho agn'Agnahary.[16]Sy maisy hizoso hanohisy anazy reo iandrareo maray.Ingo, hiakasy amy lala miriosy agny Ziza
izy reo. Hahita anazy reo eo amy farany lohasaha iandrareo, eo alohany efisin'i Jeroela. [17]Sy mila mialy amin'izay
aly zay iandrareo.Mizoroa eo amy fitoerandrareo, mizanogna , ka hatio gny famozean'Yaveh andrareo, ry Joda vo
Jerosalema. Ka matahosy na kivy. Miboaha hanohisy anazy reo maray , fa Yaveh hitahy
andrareo.'''[18]Nampandohaliky gny tavany teo amy tany i Josafata. gny Joda iaby vo gny mponin'i Jerosalema dra
niondriky teo anoloan'i Yaveh, nihoby anazy. [19]Reo Levita, vo reo taranaky gny Kehatita vo Koraita, nisanga ba
hidera an'i Yaveh , gny Zagnahary gny Israely, tamy feo mahery.[20]Bo maraindraim-be dra nisanga izy reo ka
noboaly nagnagny amy efisin'i Tekoa. Raha niboaky igny izy reo, dra nisanga Josafata dra nizaka ho:''Mitenoa
anahy, ry Joda, vo iandrareo mponin'i Jerosalema! MInoa an'i Yaveh Zagnaharindreo, dra ho tohana iandrareo.
Matokia an'ireo mpaminaniny, dra hahomby hiandrareo .''[21]Fa gny nagnontany gny olo izy , dra nanendry reo
tokony hihira ho an'i Yaveh vo hidera anazy noho gny voninahiny masy izy, raha niboaky nialoha gny tafiky izy
reo, dra nanao ho:''Misaora an'i Yaveh, fa maharisy mandrakizay gny famin-dram-pony.''[22]Fa gny nanomboky
nihira vo nanompo izy reo, dra nametraky lelahy hamely tampoky gny vahoakin'i Amona, vo Moaba, mdra gny
tendrombohisy Seira, zay avy hanohisy an'i Joda i Yaveh. Dra resy izy reo.[23]Dra nisanga hialy hanohisy gny
mpony laha tao an-tendrombohisy Seira gny vahoakin'i Amona vo Moaba, ba hamono tateraky vo handringa
anazy reo. Fa gny vitan'ereo gny amy mponiny ao an-tendrombohisy Seira, dra hifamono izy reo.[24]Raha avy laha
teo amy toera fitazana gny efisy gny Joda, dra nagnety gny tafiky izy reo. Ingo,fa maty izy reo,lavo tamy tany;sy
nisy afa-nandososy.[25]Raha avy handroba teo amin'ereo Josafata vo gny vahoakiny , dra nahita raha maro be,
akazo , vo fitova sarobily, zay nalany ho anazy reo,mihoasy noho zay azon'ereo nandesy.Naharisy hateloa gny
fandroban'ereo, fa be loasy zay gny teo. [26]Tamy andro fahefasy dra nivory teo amy Lohasahan'i bereka izy reo.
Tagny gny nideran'ereo an'i Yaveh, ka natao ho''Lohasahan'i Bereka''gny agnaran'izay toera zay
mandrak'androany.[27]Dra nihery izy reo , gny olo aby tao Joda vo Jerosalema, dra tao amy fignazan'ereo i Josafata,
ba handeha hagnagny Jerosalema am-pifalia draiky, fa Yaveh fa nampifaly anazy reo teo amin'ireo fahavalony.
[28]Laha tagny Jerosalema vo tao an-tragnon'i Yaveh niaraky tamin'ereo lokanga, valiha, dra trompetra izy reo.[29]Gny
horohoron'Agnahary dra teo amin'ireo fazakany firenena iaby raha nahare izy reo fa Yaveh dra nitalia hanohisy
reo fahavalon'Israely.[30]Ka dra nangina gny fazakan'i Josafata, satria nagnome fiadana anazy nagnodidy anazy aby
gny Zagnahariny.[31]Nazaka teo amy Joda i Josafata:dimy amby telo-polo tao izy raha nanomboky nazaka, dra
nazaka dimy amby ro-polo tao Jerosalema izy. Gny agnaran-dreniny dra Azoba, zanakapelan'i Sily.[32]Nandeha
tamin'ireo lalan'i Asa rany izy;dra sy niala taminigny ;nanao ze mary teo amason'i Yaveh izy.[33]Na zay avo, sy
niravany reo fitoera abo.Gny vahoaky dra sy bo nitariky gny fon'ereo ho amy Zagnahary gny razamben'ereo.[34]Dra



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

raha gny amin'ireo raha hafa mahakasiky an'i Josafata, volohany sady farany, ingo, izy reo dra fa voasorasy ao
amy tataran'i Jeho zanak'i Hanany, zay voarakisy asorasy ao amy bokon'ireo Pazakan'Israely.[35]Dra tafaran'izay
Josafata, Pazakan'i Joda dra niray hina tamin'i Ahazia, Pazakan'Israely, zay nanao faharasia maro.[36]Niray hina
taminazy izy ba hagnamboasy sambo handehana agny Tarsisy. Tao Ezion-gabera gny nagnamboaran'ereo gny
sambo.[37]Dra Eliezera zanak'i Dodavaho laha tagny Maresa, dra naminany hamely an'i Josafata;hoy izy ho:''Satria
fa niray hina tamin'i Ahaza ianao, dra niravan'i Yaveh reo tetikasanao.''Nirendriky gny sambo ka sy afaky
niondra gny sambo izy reo.

## Chapter 21

[1]Nimaty tagny amireo razambeny i Josafata dra nalevy niaraky tamin'ereo tao amigny tanan'i Davida; Jehorama,
zanadahiny, gny lasa pazaka nandimby gny toerany. [2]Nana rahalahy i Jehorama, zanak'i Josafata: dra Azaria,
Jehiela, Zakaria, Azaria, Mikaela, dra Sefatia. Zanadahin'i Josafata, pazakan'Israely avokoa reo. [3]Nanolosy
fagnomeza volafosy, volamena, dra raha sarobily hafa maro dra maro, dra tana mimanda tagny Joda ho anereo
avo koa gny babany, siky nameny an'i Jehorama gny seza fiandriana, akory izy gny lahimatoa.[4]Dra gny fa nisanga
teo amigny fazakan-drany i Jehorama dra nametraky fatrasy gny vatany ho pazaka, dra nivonony tamigny sabasy
reo rahalahiny aby, vo reo pitarik'Israely samihafa avo koa. [5]Ro amby telopolo tao i Jehorama raha nanomboky
nazaka, dra nazaka nandrisy gny valo tao tao Jerosalema izy.[6]Nandeha tamigny lalan'ireo pazakan'Israely izy,
manahaky gny nataonigny taranak'i Ahaba, fa gny zanadahin'i Ahaba gny valiny, dra nanao rasy teo amason'i
yaveh izy. [7]Kanefa, sy nagniry gny handringa gny tarak'i davida i Yaveh, nohonigny amigny fagneke ze nataony
tamin'i Davida; fa napanatena gny hagnome fiegna ho anereo taranany lalandava Izy.[8]Tamigny andron'i
Jehorama, dra nokomy hiala tamigny fifehezan'i Joda i Edoma, dra nametraky pazaka ho eo amin'ereo. [9]Dra
nisaky niaraky tamireo pifehiny vo reo kalesany aby i Jehorama. Andro hariva gny niaingany vo nialiany tamireo
Edomita ze nagnodidy anazy vo pifehy gny kalesiny. [10]Ko fa nikomy tamigny fifehezan'i Joda mandrak'amizao i
Edoma. Nikomy hiala tamigny fifehezany niaraky tamizay avo koa i Libna, akory Jehorama fa nahafo an'i Yaveh,
Zagnaharin'ireo razambeny.[11]Fagnapin'izay, dra nagnory fitoera abo tagny amireo tendrombohis'i Joda avo koa i
Jehorama, dra napiay gny ponin'i Jerosalema manahaky gny pivaro-tegna, dra ninday an'i Joda hania.[12]Nisy
taratasy boak'amin'i Elia paminany boak'agny amin'i Jehorama. Izao gny talilin'izay: "Izao gny zakan'i Yaveh, gny
Zagnaharin'i Davida, razambenao: Akory nandeha tamigny lalan'i Josafata, babanao hanao, na tamireo lalan'i
Asa, pazakan'i Joda, [13]fa nandeha tamigny lalan'ireo pazakan'Israely koa, dra nahaavy an'i Joda vo reo ponin'i
Jerosalema hiseho manahaky gny pivaro-tegna, manahaky gny nataonigny taranak'i Ahaba__dra akory fa
nivononao tamigny sabasy avo koa reo rahalahinao tao amigny fianakavian-dranao, dra reo lelahy soa noho gny
vatanao [14]ingo, Yaveh hamely anao, reo zanakao, vo reo valinao, dra gny harenao aby amigny areti-mandringa
lahibe.[15]Hanao mihisy gny harary fatrasy nohonigny arety ao amigny sinainao, ambara-pahavoa gny sinainao
noho gny arety, isan'andro isan'adro."[16]Dra napieta gny fagnahin'ireo Filistina vo reo Arabo ze nagnariny an'ireo
Etiopiana hanohisy an'i Jehorama i Yaveh. [17]Namely an'i Joda ereo, nagnafaky anizay, dra nangalaky reo harena
aby ze hita tao atragnonigny pazaka. Nalan'ereo avo koa reo zanadahiny vo reo valiny. Sy nisy zanadahiny tavela
ho anazy afa-sy i Jehoaza, zanany faralahy.[18]Tafaran'izay aby zay, dra namely anazy tao amigny sinainy tamigny
arety sy hay sitragny i Yaveh. [19]Dra tamigny fotoa voatondro, afaky ro tao, dra lavonigny arety gny sinainy, dra
maty nohonigny arety namaivay izy. Sy nandrehisy afo ho voninahiny araky gny nataon'ereo ho anigny
razambeny gny vahoany. [20]Nanomboky nazaka gny tamigny faharo amby telo polo taony; nazaka tao Jerosalema
nandrisy gny valo tao izy, dra maty sy nisy pitomagny. Nalevin'ereo tao amigny tanan'i Davida, fa st tao amigny
lolonigny pazaka.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 22

[1]Reo panopn'i Jerosalema dra nanao na'i Ahazia, faralahin'i Jehorama, ho pazaka handimby anazy, fa gny
tarik'ireo lelahy zay nindray tamin'ireo Arabo nilisy tao amigny toby dra nagnome reo zanany lahy lahibe aby.
Dra Ahazia zanaky lahin'i Jehorama, pazakan'i Joda, gny avy pazaka. [2]Ro amby efa-polo tao i Ahazia gny
nanomboky nazaka; nazaka heritao tao Jerosalema izy. Atalia gny agnaran-dreniny;zanakapelan'i Omry izy.
[3]Nandeha tamy lalany traanak'i Ahaba avo koa izy satria gny reniny gny mpanolosay anazy tamy fanovan-drasy.
[4]Nanao zay rasy teo amason'i Yaveh i Ahaza, manahaky ze nataony taranak'i Ahaba, satria izy reo gny
mpanolosay tafarany nahasatesan-drany, ho amy faharavany.[5]Nagnaraky gny torohevisin'ereo avo koa
izy;nandeha niaraky tamin'i Jorama zanadahin'i Ahaba, Pazakan'Israely izy, ba hialy amin'i Hazaela, Pazakan'i
Syria, tagny Ramota-gileada.Nandrasy an'i Jorama reo Syriana.[6]Nihery tagny Jezirela i jorama ba hagnasitrana
gny rasy ze nataon'ereo taminazy tagny Rama, tamin'izy nialy tamin'i Hazaela, Pazakan'i Syria. Ka dra nizoso
tagny Jezirela i Ahazia zanadahin'i Jehorama, Pazakan'i Joda, ba hagnety an'i Jorama zanadahin'i Ahaza, satria
narasy i Jorama.[7]Dra gny faharavan'i ahazia dra nandesin'Agnahary tamy famangian'i Ahaza an'i Jorama. Fa gny
avy izy, dra niaraky tamin'i Jehorama ba hanafiky an'i Jeho zanadahin'i Nimsy, zay fa nifilin'i Yaveh handrava gny
taranak'i ahaba.[8]Dra fa gny nagnatateraky gny fisaran'Agnahary teo amy taranak'i Ahaba i Jeho, dra nahita reo
mpitariky an'i Joda vo reo zanadahiny rahalahiny'i Ahazia nanompo an'i Ahazia izy.Nivonon'i Jeho izy reo.[9]Nitalia
an'i Ahazia i Jeho;nisamborin'ereo tao am-pierena tao Samaria izy, nandesiny tagny amin'i Jeho, ka nivonony izy.
Laha teo nalevin'ereo izy, fa hoy izy reo ho:''Izy dra zanadahin'i Josafata, zay nitalia an'i Yaveh tamy fony aby.''Dra
sy nana fahefa hanapaky gny fazaka sasy gny taranak'i Ahazia.[10]Dra fa hitan'i Atalia , renin'i ahazia fa maty gny
zanadahiny, dra nisanga izy drac namono reo zanak'andria fa gny tao amy taranak'i Joda.[11]Kanefa i Josebam
zanakapelany Pazaka , nangalaky an'i Joasy, zanadahin'i Ahazia, dra nangalaky anazy teo amin'ireo zanadahiny
Pazaka ze nivonony.Napetrany tao amy efitragno fandrianyv izy vo gny piteza anazy. Dra Joseba, zanakapelan'i
Jehorama Pazaka, valin'i Jehoiada mpiso (fa anabavin'i Ahaza izy), nagnavony anazy tamin'i atalia, ba sy
hamonoan'i Atalia anazy.[12]Niara-niery tamin'ereo tao an-tragnon'Agnahary nandrisy gny enin-tao izy, raha bo i
Atalia gny nazaka teo amy tany.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 23

1Tamy tao faha-fito, dra nampiseho gny heriny i Joiada dra nanao fifaneke tamin'ireo mpifehy gny azatony, dra
Azaria zanadahin'i Jerohama, Isimaela zanadahin'i Johanana, Azaria zanadahin'i Obeda, Mahaseia zanadahin'i
Adaia, dra Elisafata zanadahin'i Zikri.2Nagnagny Joda izy reo dra namory reo Levita laha tamin'ireo tananan'i
Joda iaby, vo reo loham-pianakavian'Israely, dra avy tao Jerosalema izy reo.3Nanao fifaneke tamy Pazaka tao an-
tragnon'agnahary gny fiangona iaby. Hoy Joida tamin'ereo ho:Ingo, hazaka gny zanadahiny Pazaka , araky gny
nizakan'i Yaveh mahakasiky reo taranak'i Davida.4Zao gny sy maisy ataondrareo:gny raiky ampahatelondrareo
mpisoro vo Levita zay avy hanompo amy Sabata, dra ho mpiamby eo amin'ereo vatrangara . 5Gny ampahatelony
hafa agny amy tragnony Pazaka, dra ampahatelony hafa agny amy fefiny Fotatra. Gny olo aby dra ho agny
ankiazany tragnon'i Yaveh.6Ka misy olo anga magnao antragnon'i Yaveh, afa-sy reo mpisoro vo Levita ze
manompo.Mahazo milisy izy reo satria voatoka. Fa gny olo hafa aby dra sy maisy mankatoa reo didin'i Yaveh. 7Sy
maisy mihodidy gny mpazaka amy lafiny aby reo Levita, gny olo iaby miaraky amy fitovam-pialiany egny an-
tagnany . Na iza na iza milisy ao amy tragno, dra ao izy ho vono. Miaraha amy Pazaka fa gny milisy vo miboaky
izy.''8Noho zay reo Levita vo i Joda aby dra nanompo tamy fomba iaby ze nandidian'i Joiada mpisoro.Samy
nangalaky reo lelahiny gny Kirairaky, reo ze ho avy hanompo amy Sabata, vo reo zay hiriosy gny fanompoa amy
Sabata, satria Joida, mpisoro, dra sy ba nandroaky na iza na iza tamy fizaran'ereo. 9Laha teo Joiada, mpisoro,
ninday lefo ho an'ireo mpifehy vo zanak'apinga masaiky vo lahibe zay an'i Davida Pazaka ze tao
antragnon'Agnahary.10Nalahasin'i Joiada rep miaramila iaby, gny lelahy kirairaiky samy niaraky tamy fitovam-
pialiany tegny an-tagnany, laha teo amy tapany havanany tempoly hatragny amy tapany haviany tempoly ,
nagnaraky gny alitara vo gny tempoly, nagnodidy gny Pazaka. 11Dra nandesin'ereo niboaky gny zanadahiny
Pazaka, napetraky teo aminazy gny satro-boninahisy, dra nomena anazy gny lalany faneke. Dra nataon'ereo ho
Pazaka izy, dra nagnososy anazy i Joiada vo reo zanadahiny. Dra hoy izy reo ho:''Ho ela velo se gny Pazaka.''12Fa
gny ren'i Atalia gny tabatabany vahoaky nilomalomay vo nidera gny Pazaka, dra nagnato gny vahoaky tao an-
tragnon'i Yaveh izy.13Dra nagnety izy, ka ingo, nisanga mariny teo andry teo amy filira gny Pazaka , dra teo
agnilany Pazaka reo mpifehy vo reo mpisioky trompetra. Nifaly vo nisioky trompetra gny olony tany iaby, dra
nitendry raha magneno vo nitariky gny hira fiderana reo mpihira . Laha teo Atalia naniasy gny ankazony dra
nihiaky ho:''Mpamaliky!Mpamaliky!''14Laha teo Joida, mpisoro, ninday niboaky reo mpifehy gny azatony ze teo
amy tafiky dra nizaka tamin'ireo ho:Aboaho eo agnelagnelany filahara izy' zay olo magnaraky anazy ao izy ho
vono amy sabasy . ''Fa hoy gny mpisoro ho:''Ka vono ao antragnon'i Yaveh izy.''15Noho zay dra nanao lalana ho
anazy izy reo, dra nandeha tamy lalany fefy sovala nagnagny amy tragnony Pazaka izy, dra tany gny
namonoan'ereo anazy.16Laha teo Joiada nanao faneke tamy atany, vo gny olo aby, vo gny Pazaka , fa tokony olon'i
Yaveh izy reo.17Noho zay dra nilisy tao antragnon'i Bala gny olo iaby dra nandrava anizay. Nitorotoron'ereo gny
alitaran'i Bala vo reo sariny, dra nivonon'ereo teo anoloan'ereo alitara reo i Matana, mpisoron'i Bala.18Dra Joiada
nanendry manam-boninahisy ho agny tragnon'i Yaveh teo ambany fehin'ereo mpisoro, zay Levita, zay nitendren'i
Davida ho agny tragnon'i Yaveh, ba hanolosy fagnatisy oroa ho an'i Yaveh, araky gny voasorasy ao amy lalan'i
Mosesy, niara-nifaly vo nihira, araky gny torolala nomen'i Davida.19Nametraky mpiamby teo am-bavahadiny
tragnon'i Yaveh i Joiada, ba sy hisy na raiky naloto tamy fomba maro tokony hilisy.20Nandesin'i Joida niaraky
taminazy reo mpifehy gny azatony , reo lelahy manan-kaza, reo governorany vahoaky, vo reo olony tany aby.
Nandesiny niboaky laha tao amy tragnon'i Yaveh gny Pazaka ;nagnato laha tegny amy vavahady agnabony
nagnagny amy tragnony Pazaka gny olo dra nametraky Pazaka ho eo amy seza fiandrianam-pazaka. 21Koa dra
niravoravo gny olo aby tao amy tany, dra nilamy gny tana. Raha gny amin'i Atalia , dra nivonon'ereo tamy lefo izy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 24

[1]Fito tao i Joasy fa gny nanomboky nazaka;nazaka nandrisy gny efapolo tao Jerosalema izy. Gny agnaran-dreniny
dra Zibia, laha tagny Berisheba. [2]Joasy dra nanao ze mary teo amason'i Yaveh tamy andro iaby niaignan'i Joiada,
mpisoro. [3]Nangalaky valy ro ho anazy i Joiada, dra niteraky zanadahy vo zanakapela izy.[4]Tafaran'izay, dra tapa-
kevisy gny hagnery amigny loniny gny tragnon'i Yaveh i Joasy. [5]Navoriny niaraky reo pisoro vo reo Levita, dra
hoy izy tamin'ereo ho: "Manedana isa-tao agny amigny tanan'i Joda dra mamoria vola boak'amin'Israely aby ba
hamboara gny tragnonigny Zagnaharindrareo. Atovy azo atoky fa hanomboky avy hatragny handrareo."
Taminigny volohany dra sy nanao na ino na ino reo Levita.[6]Dra gny pazaka napitoka an'i Joiada, gny pisorom-be,
dra nizaka taminazy ho: "Nagnino gny sy nasanao nandesin'ireo Levita boak'agny Joda vo Jerosalema gny hetra
ze navorin'i Mosesy panopon'i Yaveh vo reo fengonan'Israely, ho amigny lainigny lalanigny fagneke?"[7]Fa reo
zanadahin'i Atalia, gny apela rasy fagnahy, namotiky gny tragnon'Agnahary dra nagnome reo raha masin'aby tao
atragnon'i Yaveh ho an'ireo Bala.[8]Dra nandidy gny pazaka, dra namboasy vata ereo dra nametraky anizay teo
ivelanigny fidira magnao atragnon'i Yaveh. [9]Gny fa izay dra nanao famboara nanera an'i Joda vo Jerosalema ereo,
gny ba hindesanigny vahoaky ho an'i Yaveh gny ze navorin'i Mosesy aby panopon'Agnahary tamin'Israely tagny
agnefisy. [10]Dra nifaly reo pitariky vo gny vahoaky aby dra ninday vola dra nametraky anizay teo amireo vata
mandra-pahafenon'ereo izay.[11]Isaka gny minday gny vato ho agny amigny manam-boninahisy gny pazaka reo
Levita, dra isak'ize hitan'ereo fa misy vola maro ao agnatin'izay, dra avy gny panora-dalananigny pazaka vo gny
manam-boninahisy gny pisorom-be, dra nagnafoa gny vata, vo nangalaky anizay dra ninday anizay hihery ho eo
amigny toerany. Nanao anizay isan'andro isan'andro ereo, namory vola maro. [12]Namenigny pazaka vo Joiada ho
an'ireo ze nanao gny asa fanopoa teo agnatrehan'i Yaveh gny vola. Nagnarama panao tragno vo pandrafisy reo
lelahy reo ba hagnery amigny loniny gny tragnon'i Yaveh, dra niasa tao avo koa reo panefy vy vo varahy.[13]Dra
nisasasy gny piasa, dra gny asa famboara dra nandroso teo atagnan'ereo; naorin'ereo manahaky gny endriny
tamigny volohany gny tragnon'i Yaveh dra nihamafisiny zay. [14]Gny fa vitan'ereo, dra nizaka tagny amin'i Joiada vo
gny pazaka gny ambim-bola. Izay vola zay dra hapesa hanova fanaky ho anigny tragnon'i Yaveh, reo kozakoza eti-
manopo vo hanova fagnatisy__sotro vo kozakoza volamena vo volafosy. Sy nisahasy nanolosy fagnatisy oroa tao
amigny tragnon'i Yaveh ereo tamigny andron'i Joiada aby.[15]Niha atisy vo ela andro nianiana i Joiada, dra maty izy;
130 tao izy gny maty. [16]Nangan'ereo tao amigny tanan'i Davida niaraky tamireo pazaka izy, akory nanao gny soa
tagny Israely, tamin'Agnahary, dra tamigny tragnon'Agnahary izy.[17]Dra tafaranigny nahafatesan'i Joiada, dra avy
reo pitarik'i Joda dra nakato gny pazaka. Dra niteno anereo gny pazaka. [18]Nahafo gny tragnon'i Yaveh, gny
Zagnaharin'ireo razambeny ereo, dra nanopo reo zagnahary Aseraha vo reo sapy. Avy tamin'i Joda vo Jerosalema
gny haorian'Agnahary noho izay fanovan'drasin'ereo izay. [19]Nefa nagniraky paminany ho agny amin'ereo Izy ba
hinday anereo hihery agny aminazy, Yaveh ndraiky; nizoro vavolombelo hanohisy gny vahoaky reo paminany
saiky nanda gny hiteno ereo.[20]Avy tamin'i Zakaria zanadahin'i Joiada, gny pisoro gny fagnahin'Agnahary; nisanga
teo agnabonigny vahoaky Zakaria dra nizaka tamin'ereo ho: "Izao gny zakan'Agnahary: nagnino gny mandika
anireo didin'i Yaveh handrareo, dra sy mahita fagnambina? Ko akory nahafo an'i Yaveh handrareo, dra nahafo
andrareo avo koa Izy." [21]Kanefa ereo nitetiky hanohisy anazy; tamireo didinigny pazaka, dra nitora-bato anazy
teo akiazanigny tragnon'i Yaveh ereo. [22]Tamizay fomba zay, Joasy, pazaka, dra sy niraharaha gny hasoa-fagnahy
nataon'i Joiada, baban'i Zakaria, taminazy. Fa koa, namono gny zanadahin'i Joiada izy. Gny fa maty i Zakaria, dra
hoy izy ho: "Yaveh anie hahita anizao dra hamaly anao."[23]Dra tamigny farafaranigny tao, dra niakasy hanohisy
an'i Joasy gny tafik'i Syria. Avy tao Joda vo Jerosalema ereo; nivonon'ereo gny pitarikigny vahoaky aby dra
nandefa reo babo aby ho agny amigny pazakan'i Damaskosy ereo. [24]Gny tafik'ireo Syriana dra avy niaraky
tamigny tafiky kely, fa Yaveh gny nagnome anereo fandrese teo amireo tafiky lahibe dra lahibe, akory nahafo an'i
Yaveh, gny Agnaharin'reo razamben'ereo gny Joda. Tamizay gny nisaranigny Syriana an'i Joasy.[25]Tamigny fotoa
nadehanan'ireo Syriana, dra fa narasy fatrasy i Josy. Reo panopony avo gny nitetiky hanohisy anazy nohonigny
famonoa reo zanadahin'i Joiada, pisoro. Nivonon'ereo teo ambony fandriany izy, dra maty; nalevin'ereo tao
amigny tanan'i Davida izy, fa sy tao amigny lolon'ireo pazaka. [26]Tahoky gny olo ze nitetiky hanohisy anazy: Dre
Zabada zanadahin'i Simata, gny Amonita; dra Jozabada zanadahin'i Simrita, gny Moabita.[27]Amizao gny
mahakasiky gny zanadahiny, gny faminania lahibe ze nizaka gny mahakasiky anazy, vo gny fagnoregna ndraiky
gny tragnon'i Yaveh zagnahary, ingo, fa voasorasy ao amigny bokinigny tataranigny pazaka zay. Amazia
zanadahiny, gny nazaka nandimby gny toerany.

Chapter 25

[1]Dimy amby ropolo tao i Amazia raha nanomboky nazaka; nazaka sivy amby ropolo tao tao Jerosalema izy.
Joadana gny agnaran-dreniny, boak'ao Jerosalema. [2]Nanao ze mary teo amason'i Yaveh izy, saiky sy tamigny fony
manotolo.[3]Dra nony tafapetraky soa gny fazakany, dra namono reo panopo ze namono gny babany, pazaka izy.
[4]Kanefa sy namono reo zanak'ireo panopo izy, fa nanao araky ze voasorasy tao amigny lala, tao amigny bokin'i
Mosesy, araky gny nandidian'i Yaveh ho: "Aoky gny rasy ho maty nohonigny zanaky, na gny zanaky maty noho
gny babany. Fa koa, tokony ho maty nohonigny otany avo koa gny olo sirairay."[5]Ko dra, navorin'i Amizia niaraky
gny Joda, dra nindray asorasy gny agnaran'ereo araky gny taranaky gny razambeny aby, teo ambanin'ireo pifehy
gny arivo vo pifehy gny zato__Joda vo Benjamina aby. Nihisahiny nanomboky tamigny ropolo tao miakasy ereo,
dra 300.000 reo lelahy voafaty, afaky mandeha agnaly, ze afaky mita lefo vo apinga. [6]Nagnaraky lelahy pialy 100
000boak'amin' Israely avo koa izy tamigny taleta volafosy zato.[7]Fa nisy lelahin'Agnahary raiky avy teo aminazy
dra nanao anizahoky ho: "Ry pazaka, ka anga hiaraky aminao gny tafik'Israely, akory Yaveh sy momba gny
Israely__na gny vahoakin'i Efraima. [8]Kanefa na dre mandeha vo mahery fo dra mahery agnaly aza hanao, dra
handova anao eo agnatrehanigny fahavalonao Zagnahary, akory zagnahary dra mana fahefa hagnapy, vo fahefa
handova."[9]Dra hoy Amazia tamigny lelahin'Agnahary ho: "Ko ino zay gny ataonay momba reo taleta zato ze fa
nameko ho anigny tafik'Israely?" Gny lelahin'Agnahary namaly ho: "Yaveh dra afaky magnome anao maro
mihoasy noho izay." [10]Dra nisoratin'i Amazia gny tafiky boak'aminazy vo gny boak'amin'i Efraima; dra nasany
noly ndraiky ereo. Ko nirehisy fatrasy tamin'i Joda gny hasiahan'ereo, dra noly tamin-kasiaha fatrasy ereo.[11]Dra
Amazia nana heri-po dra nitariky gny vahokiny niboaky gny Lohasakan-driaky; tao gny nandreseny reo lelahy
ray aly boak'agny Seira. [12]Nisambo-belo reo ray aly hafa gny tafik'i Joda. Nandesin'ereo tagny ataponigny haram-
bato ereo dra naheriny boak'egny, ba hamotipoteha anereo aby.[13]Fa reo lelahinigny tafiky ze naherin'i Amazia, ba
sy handehanan'ereo miaraky aminazy agny agnaly, dra nanafiky reo tanan'i Joda hatragny Samaria dra hatragny
Beti-horona. Nandova vahoky telo arivo vo nangalaky babo maro ereo.[14]Dra gny fa tafahery boak'amigny
famonoa gny Edomita i Amazia, dra ninday reo zagnahariny gny vahoakin'i Seira, vo nametraky anereo ba ho
zagnahariny manoka izy. Niakohoky teo anoloan'ireo izy dra nagnoro liti-kazo magnisy ho an'ireo. [15]Noho zay dra
nirehisy tamin'i paminany ho agny aminazy Izy, ze nanao anizahoky ho: :Nagnino hanao gny nitalia reo
zagnahariny gny vahoaky ze sy nahavozy reo vahoany teo atagnanao akory?"[16]Dra raha bo nizaka taminazy gny
paminany, dra hoy gny pazaka taminazy ho: "Moa ra izahay fa nanao anao ho panolo-sainigny pazakan? Aoky
zay! Nagnino hanao gny tokony ho vono?" Dra nizano gny paminany dra nanao anizahoky ho: "Fataro ga nanapa-
kevisy gny handrava anao zagnahary akory nanao anizay asa zay hanao dra sy niteno gny toroheviso."[17]Dra
nitalia hevisy tamireo panolo-say i Amazia, pazakan'i Joda dra nagniraky pinday hafasy tagny amin'i Joasy
zanadahin'i Johaza zanadahin'i Jeho, pazakan'Israely, nanao anizahoky ho: "Avia, aoky isika hifagnatri-tava
amigny aly."[18]Kanefa i Joasy pazakan'Israely nagnery reo pinday hafasy ho agny amin'i Amazia pazakan'i Joda,
nanao anizahoky ho: "Silo raiky tagny Libanona nandefa hafasy tamina sedera raiky tagny Libanona, nanao
anizahoky ho: 'Ameo ho valinigny zanadahiko gny zanakapelanao,' kanefa nisy bibidia raiky avy tagny Libanona
nandeha teo dra nagnosihosy gny silo. [19]Hanao fa nanao anizahoky ho: 'Ingo, fa nandavo an'i Adoma zaho,' dra
gny fonao gny napirehareha anao. Mireharehava amigny fandresenao, nefa mitoera avo agny atragno, fa
nagnino hanao gny tokony hiteraky korota vo fahalavoa, ho anigny vatanao vo Joda miaraky aminao?"[20]Saiky sy
niteno Amazia, akory boak'amin'Agnahary zay tranga zay, ba hahafahany manolosy gny vahoakin'i Joda ho eo
atagnan'ireo fahavalony, akory fa te hihery boak'amireo zagnaharin'i Edoma ereo. [21]Dra nanafiky i Joasy,
pazakan'i Israely; izy vo Amazia, pazakan'i Joda, dra nifagnatri-tava tao Beti-semesy, ze an'i Joda. [22]Lavo teo
agnatrehan'Israely gny Joda, dra nienga noly gny lelahy aby.[23]Joasy, pazakan'Israely, dra nanambosy an'i Amazia
zanadahin'i Joasy zanadahin'i Ahazia, pazakan'i Joda, tao Beti-semesy. Nandesiny tagny Jerosalema izy dra
nandrotiky gny mandan'i Jerosalema hatragny amigny vavahady Efraima dra hatragny amigny Vavahady
azorony, ze nielagnelagny efazato hakiho. [24]Nalany avokoa gny volamena vo gny volafosy aby, gny raha aby ze
hita tao atragnon'Agnahary niaraky tamin'i Obed-edoma, dra reo raha nanan-daza tao atragnonigny pazaka,
niaraky tamireo takalon'ay avo koa, dra nihery tagny Samaria.[25]Amazia zanadahin'i Joasy, pazakan'i Joda, dra
niay dimy ambiny folo tao tafaranigny nahafatesan'i Joasy, zanadahin'i Joahaza, pazakan'Israely. [26]Raha gny
amireo raharaha hafa mahakasiky an'i Amazia, gny volohany vo gny farany, ingo, moa ra ereo sy fa voasorasy tao
agnatinigny bokin'ireo pazakan'i Joda vo Israely?[27]Dra nanomboky tamigny fotoa ze nivilian'i Amazia tamigny
fagnaraha an'i yaveh, dra nanomboky nanao tetiky hagnoregna anazy tagny Jerosalema ereo. Nienga tagny
Lakisy izy, kanefa ereo nagniraky lelahy nagnaraky anazy tagny Lakisy dra namono anazy tagny. [28]Nandesin'ereo
nihery tamigny sovala izy dra nandevy anazy niaraky tamireo razambeny tao atanan'i Joda.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 26

[1]Gny vahoakin'i Joda aby nangalaky an'i Ozia, ze enina ambiny folo tao, dra nanao anazy ho pazaka eo amigny
toeran'i Amazia babany. [2]Izy gny nagnory ndraiky an'i Elota dra nagnery nagnory izay ho an'i Joda. Tafaran'izay
dra nimaty tagny amireo razambeny gny pazaka. [3]Enina ambiny folo tao i Ozia gny nanomboky nazaka. Nazaka
nandrisy gny ro amby dima-polo tao tao Jerosalema izy. Jekolia gny agnaran-dreniny; boak'agny Jerosalema izy.
[4]Nanao mary teo amason'i Yaveh izy, nagnaraky gny ohasy namen'i Amazia, babany, tamigny raha aby. [5]Nanolosy
gny vatany ba hitalia an'Agnahary tamigny andron'i Zakaria, ze nagnome anereo torolala tamigny fakatoava
an'Agnahary izy. Raha bo nitalia an'i Yaveh izy, dra nagnamby anazy zagnahary.[6]Niboaky i Ozia dra nitalia
tamigny Filistina. Niravany gny mandanigny tana tao Gata, Jabne dra Asdoda; nagnory tanan-dehibe tao amigny
tanan'i Asdoda vo teo amireo Filistina izy. [7]Napian'Agnahary nanohisy an'ireo Filistina izy, nanohisy gny Arabo ze
nany tao Gorabala, dra nanohisy reo Meonita. [8]Nandoa fagnomezam-boninahisy ho an'i Ozia gny Amonita, dra
niely gny lazany, na dre hatragny amigny fidiran'i Agypta aza, akory nihanatazaky izy.[9]Fagnapin'izay, nagnory
tilikambo tao Jerosalema i Ozia ze teo amigny Vavahady azorony, teo amigny vavahadin-Dohasaka, vo teo amigny
fiodignanigny manda, dra nagnamafy ory reo. [10]Nagnory tilikambo fembena tagny agnefiny izy dra nihaly pisy
rano maro, akory nana biby teza maro izy, tagny amigny tany lemaky vi tagny amigny iva. Nana piteza vo
pamboly voaloboky tagny amigny firenena vo tagny amigny tany vahoa vo tagny amigny saka mamokasy izy,
akory tiany gny teza vo fambolena.[11]Fagnapin'izay, nana tafiky lelahy pialy i Ozia zay niboaky isam-bondro ba
hialy zay voalamy araky gny isany zay nisahin'i Jeiela, parora-dalana, vo Mahaseia, manapahefana, teo ambany
fahefan'i hanania, raiky tamin'ireo pifehin'ny pazaka. [12]Gny fitambaran'ny isak'ireo lohan'ny fianakavian-draza,
lelahy pialy, dra 2 600. [13]Teo ambany fahefan'izy reo dra nisy tafiky 307 500 lelahy zay nialy tamin-kery lahibe ba
hagnapy gny pazaka hanohisy gny fahavalo.[14]Nomanin'i Ozia ho an;izy reo__ho an'ny tafiky aby___reo apinga,
lefo, fiarovan-doha, fiarova-tratra vy, sipiky, vo tavo apiasa amigny asamotaly. [15]Nagnamboarany milia maro tao
Jerosalema, zay niforognin'ireo lelahy mana-paheza, natao tegny amigny tilikambo vo tegny an-dohan'ny manda,
zay andefasa zana-sipiky vo vato lahibe. Niely hatragny amigny tany lavisy gny lazany, satria nahazo fagnapia
goava izy mandra-pahaviny ho tena mahery.[16]Fa gny niha-natazaky i Ozia, dra nieboebo gny fony nanao gny sy
marian izy; nivaliky tamin'i Yaveh, Zagnahariny izy, satria nagnao atragnon'i Yaveh ba hagnoro diti-kazo magnisy
teo amigny alitaran'ny diti-kazo magnisy. [17]Azaria, pisoro, dra nilisy nagnoriky anazy, mbamin'ny pisopron'i
Yaveh valo-polo, zay lelahy be herim-po. [18]Nanohisy an'i Ozia, pazaka izy reo, dra nizaka taminazy ho: "Sy
azaranao, ri Ozia, gny magnoro gny diti-kazo magnisy ho an'i yaveh, fa an'ireo pisoro, reo zanaky lahin'i Arona,
zay voamasy gny magnoro gny diti-kazo magnisy. Miboaha latao amigny fitoboha masy, fa sy nahatoky anao dra
sy homen'i Yaveh Zagnahary voninahisy.[19]Dra tezitra i Ozia. Nihazona lovia teny an-tanany izy mba handorana ny
ditin-kazo manitra. Dra mbola tezitra tamin'ny mpisorina izy, dra nisy habokana nipoitra teo amin'ny handriny
nanoloana ireo mpisorona tao antranon'i Yaveh, teo anilan'ilay alitara ho an'ny ditin-kazo manitra. [20]Dra Azaria
pisorom-be vo gny pisoro aby dra nagnatriky anazy, ka, indro, tonga boka gny handriny. Dra niroahiny hiala teo
aminazy, dra niboaky malaky koa, satria namely azy Yaveh.[21]Ozia, pazaka, dra babo mandrapahafatiny dra
nipetraky tao amigny fonegna mitoka hatramigny nahababo anazy, akory nalany tao amigny tragnon'i Yaveh izy.
Jotama, zanadahiny, gny tao an-dapanigny pazaka dra nanapaky gny vahoakigny tany.[22]Dra raha gny amigny
raharaha hafa mahakasiky an'i Ozia, volohany sadr farany, dra ao amize nisoratin'Isaia zanak'i Amosa,
paminany. [23]Dra nimaty tagny amigny razambeny i Ozia; nangan'ereo niaraky tamireo razambeny tao amigny
tany fandevegna ze an'ireo pazaka izy, fa hoy ereo ho: "Boka izy." Jotama, zanadahiny, gny lasa pazaka nandimby
gny toerany.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 27

1Dimy amby ropolo tao i Jotama raha nanomboky nazaka enina amby folo tao tagny Jeresalema izy. Jerosa gny
agnaran-dreniny;zanakapelan'i Zadoka izy.2Nanao zay mary teo amason'i Yaveh izy, nagnaraky gny ohasy nataon-
drany , dra i Ozia, tamy raha iaby.Nizano tamy filira tao an-tempolin'i Yaveh avo koa izy. Kanefa bo ninday tena
tamy fomba rasy avo gny vahoaky.3Nagnamboasy gny fefy agnabony tragnon'i Yaveh izy, dra nagnamboasy maro
teo amy havoan'i Ofela. 4Fagnapian'izay dra nagnamboasy tana tagny amy tany havoan'i Joda, vo nagnamboasy
rova vo tilikambo tagny amin'ireo ala izy.5Nialy tamy Pazaka gny vahoakin'i Amona avo koa izy dra nandresy
anazy reo.Tamin'izay tao zay avo , gny nagnomezany vahoakin'i Amona anazy taleta volafosy zato, vary tritriky
ray aly fatra, vary horde ray aly fatra.Nomeny vahoakin'i Amona anazy manahaky zay avo izy gny tao faharo vo
fahatelo.6Dra nihamahery i Jotama satria nandeha nahisy teo anoloan'i Yaveh Zagnahariny.7Dra gny amin'ireo
raharaha hafa mahakasiky an'i Jotama, gny aliny aby, dra reo lalany , ingo, voasorasy ao amy bokin'ireo
Pazakan'Israely vo Joda zay.8Dimy amby ropolo tao izy raha nanomboly nazaka;nazaka nandrisy gny enina amby
folo tao teo Jerosalema izy.9Nimaty tagny amin'ireo razambeny i Jotama, dra nalevin'ereo tao an-tananan'i Davida
izy. Ahaza, zanadahiny, gny avy Pazaka nandimby gny toerany.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 28

[1]Ropolo tao i Ahaza gny nanomboky nazaka, dra nazaka enina ambiny folo tao tao Jerosalema izy.Sy nanao zay
mary teo amason'i Yaveh izy, manahaky gny nataon'i Davida razambeny. [2]Fa nandeha tamy lalan'ereo
Pazakan'Israely iz;nagnamboasy sarin-draha araraky an'ireo Bala avo koa izy.[3]Fagnapin'izay , nagnoro emboky
magnisy tao amy Lohasahan'i Bela-hinoma izy dra nandefa reo zanany tao agnatiny afo, araky reo asa fanompoa-
sapy gny olo ze niteren'i Yaveh hiala tamy taniny talohany vahoakin'Israely. [4]Nanao soro vo nagnoro litin-kazo
magnisy tao amy fitoera abo vo tegny amin'ireo havoa dra tagny ambaniny hazo meso iaby izy.[5]Noho zay Yaveh
Zagnaharin'i Ahaza, dra nanolosy anazy teo an-tagnany Pazakan'i Syria.Nandresy anazy gny Syriana dra ninday
vahoaky gadra marobe niala teo aminazy, ninday anazy reo nagnagny Damaskosy.Natolosy teo an-tagnany
Pazakan'Israely ze nandresy anazy tamy famonoa lahibe avo koa Ahaz.[6]Fa Peka zanadahin'i Remalia,dra namono
miaramila 120 000 tao Joda tao agnatiny raiky andro, lelahy be herim-po avo koa izy aby, satria izy reo dra
nahafo an'i Yaveh, gny Zagnaahary gny razamben'ereo.[7]Zikry, lelahy mahery ray laha tagny Efraima, namono an'i
Mahaseia zanadahiny Pazaka, Azrikama, manam-pahefa eo amy lapa, dra i Elkana, zay mariny gny Pazaka. [8]Gny
tafik'Israely dra nangalaky babo 200 000 valy, zanadahy, dra zanakapela laha tamin'ereo havan'ireo. Nangalaky
babo maro be avo koa izy reo, zay nandesiny nihery tagny Samaria.[9]Fa nisy mpaminanin'i Yaveh ray tagny, Obeda
gny agnarany. Niboaky ba hiseza gny tafiky ze avy laha tagny Samaria izy. Hoy izy tamin'ereo ho:''Satria Yaveh,
gny Zagnahary gny razambebdrareo, ory tamin'i Joda, dra nanolosy anazy reo teo an-tanandrareo Izy. Fa namono
anazy reo tamin-kahoria ze mahatakasy gny lagnisy iandrareo.[10]Dra mihevisy gny hihazo reo lelahy vo ampelan'i
Joda vo Jerosalema ho andevondrareo ndrareo. Fa moa se iandrareo sy ory tamin'ereo fahotandrareo tamin'i
Yaveh Zagnaharindrareo?[11]Amizao , mitenoa anahy:Alefaso reo gadra, zay nalandrareo tamin'ireo
rahalahindrareo, fa mirehisy amindrareo gny orian'i Yaveh.''[12]Dra reo pitariky gny vahoakin'i Efraima sasany-
Azaria zanadahin'i Johanana, Berekia zanadahin'i Mesile-mota , Jehizkia zanadahin'i Saloma, dra i Amasa
zanadahin'i Hadlay, nisanga hanohisy reo zay nihery laha tagny amy aly. [13]Hoy izy reo tamin'ereo ho:''Ao sy
hinday reo gadra atio iandrareo , satria mitalia handay raha zay hampanota anay hanohisy an'i Yaveh iandrareo,
ba hagnapy reo otanay vo reo fahadisoanay, fa lahibe gny fahadisoanay, dra misy firehetan-kahory
amin'Israely.''[14]Dra nagnenga reo gadra vo reo babo teo anatrehan'ereo pitariky vo fivondrogna aby reo lelahy
mitam-pialia. [15]Niary reo lelahy zay voatendry tamy agnarany dra nangalaky reo gadra, vo nampiakazo reo aby
sy niakazo teo amin'ereo niaraky tamin'ireo babo. Nampiakazon'ereo dra nomeny kapa. Nomen'ereo sakafo
hohany vo raha-finomy izy reo. Nisabo gny marasin'ereo dra nametraky reo malemy teo agnabony boriky ereo.
Nandesin'ereo nihery tagny amy fianakaviany tagny Jeriko izy reo, (nitokaviny ho Tananany Palama). Laha teo
dra nihery tagny Samaria izy reo.[16]Tamin'izay fotoa zay Ahaza Pazaka dra nandefa mpinday hafasy tagny
amin'ireo Pazakan'i Asyria ba hangataky anazy reo hagnapy anazy .[17]Satria bo avy draiky reo Edomita dra
nanafiky an'i Joda, ninday an'ireo gadra. [18]Reo Filistina avo koa dra nanafiky reo tananan'ireo tagny lemaky vo
gny an'i Negeva ao Joda. Nalan'ereo i Beti-semesy, Aialona, Gederota, dra Soko vo reo zana-bohiny, Timna vo reo
zana-bohiny, dra Gimzo vo reo zana-bohiny avo koa. Nandeha nipetraky tagny amin'ireo toera reo izy reo.[19]Fa i
Yaveh nampietry an'i Joda noho i Ahaza, Pazakan'Israely . satria izy nanao rasy tao Joda vo nanota fatrasy dra
fatrasy tamin'i Yaveh vatany. [20]Tigloto-pilesera, Pazakan'i Asyria, dra laha teo aminazy dra nagnakorota anazy
raha tokony nakahery anazy.[21]Fa i Ahaza dra nambabo gny tragnon'i Yaveh vo reo ankohonany Pazaka dra reo
pitariky, ba hagnome raha-sarobily ho an'ireo Pazakan'i Asyria. Saiky sy nahazoany tombony gny fanova anizay.
[22]Io Ahaza Pazaka io avo gny nanohisy an'i Yaveh tamy fotoany fahoriany. [23]Satria nanao soro tamin'ireo
zagnaharin'i Damaskosy izy, zagnahary zay fa nandresy anazy. Hoy izy ho:''Satria nagnapy anazy reo gny
zagnaharin'ereo Pazakan'i Syria, dra hisoro ho anazy reo zaho, ba hagnapy anahy izy reo.''Kanefa faharava ho
anazy vo Israely aby izy reo.[24]Nahoron'i Ahaza reo fanaky tao amy tragnon'Agnahary dra nitapatapahany.
Narindriny reo vatrangarany tragnon'i Yaveh dra nanao alitara ho anazy teo amy zoron'i Jerosalema aby izy.
[25]Tagny amy tananan'i Joda aby gny nanovany fitoera abo ba hagnoroa soro ho an'ireo zagnahari-kafa. Niasy an'i
Yaveh, gny Zagnaharin'ereo razambeny izy.[26]Dra gny sisa tamin'ireo asany, vo reo lalany aby, volohany dra farany
dra ingo, fa voasorasy ao amy bokin'ireo Pazakan'i Joda vo Israely. [27]Nimaty tagny amin'ireo razambeny i Ahaza,
dra nalevin'ereo tao amy tana, tao Jerosalema izy , fa sy nandesin'ereo tagny amy lolon'ereo Pazakan'Israely.
Hezekia, gny zanadahiny, gny lasa Pazaka teo amy toerany.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 29

[1]Nanomboky nazaka i Hezekia tamigny fahadimy amby ropolo taonany; nazaka nandrisy gny sivy amby ropolo
tao tagny Jerosalema izy. Gny agnaran-dreniny dra Abia; zanakapelan'i Zakaria. [2]Nanao mary teo amason'i Yaveh
izy, manahaky gny fa nataon'i Davida babany.[3]Tamigny tao volohany nazakany, tamigny vola volohany, dra
nanokaky reo vatrangaranigny tragnon'i Yaveh i Hezekia dra namboasy anireo. [4]Napilisy reo pisoro vo reo Levita
izy, dra namory anereo niaraky tao amigny kiaza tamigny ilany asignana. [5]Hoy izy tamin'ereo ho: "Mitenoa
anahy, handrareo Levita! Amasigno gny vatandrareo, dra amasigno gny tragnon'i Yaveh, gny Zagnahariny gny
razambendrareo, dra alao hiala amigny fitoera masy gny fahalotoa.[6]Fa nanota reo razambesika dra nanao rasy
teo amason'i Yaveh zagnaharisika; nahafo anazy ereo, napihody gny tavan'ereo niala tamigny toera ze honena'i
Yaveh, dra napitoliky gny lamosin'ereo ho amin'zay. [7]Nihilin'ereo avo koa reo vatrangaranigny lavarangy dra
nivonony gny ziro; sy nagnoro liti-kazo magnisy ereo na fagnatisy oroa tao amigny toera masy ho anigny
zagnaharin'Israely.[8]Noho mizay dra nilasaky teo amin'i Joda vo i Jerosalema gny hatezeran'i Yaveh, dra nataony
manahaky gny raha fapihorohoroa, fapitahora, vo fanalam-baraka ereo, araky gny hitandrareo amigny
masondrareo. [9]Izay gny atony nahalavo reo rasika tamigny sabasy, vo reo zanasika apela, dra reo valikisa.
[10]Amizao dra sy apoko gny hanao fagneke amin'i Yaveh, gny Zagnaharin'Israely, ba hialanigny fahatezerany
mirehisy amisika. [11]Ry zanako, ka malaiky anizao, akory Yaveh fa nifily andrareo ba hisanga eo anoloany, ba
hanopo Anazy, dra ba ho panopony vo ho emboky magnisy."[12]Boak'eo dra nisanga reo Levita: dra Mahata
zanadahin'i Amasay, vo Joela zakadahin'i Azaria, boak'amigny olon'ireo Kohalita; dra reo olon'i Merary, Kisy
zanadahin'i Abdia, vo Azaria zanadahin'i Jehalalila; dra reo Gersonita, Joa zanadahin'i Joa; [13]boak'amireo
zanadahin'i Elizafana, Simry vo Jeiela; dra boak'amireo zanadahin'i Asafa, Zakaria dra Matania; [14]boak'amigny
zanadahin'i Hemana, Jehiela dra Simei; dra boak'amigny zanadahin'i Jedotona, Semaia dra Oziela.[15]Namory reo
rahalahiny ereo, dra nagnamasy gny vatany, dra nilisy, araky gny nandidianigny pazaka, tamigny fagnaraha reo
zakan'i Yaveh, ba hagnalio gny tragnon'i Yaveh. [16]Nilisy tao amigny efisy agnatinigny tragnon'i Yaveh reo pisoro
ba hagnalio anizay; nandesin'ereo niboaky gny loto aby ze hitany tao atepolin'i Yaveh tao akiazanigny tragno.
Nalan'ireo Levita zay ba hangala anizay ao an-dohasakan-driakin'i Kidrona. [17]Dra natombok'ereo gny
fagnamasigna tamigny andro volohanigny vola volohany. Dra tamigny andro fahavolohanygny vola dra nihazo
teo amigny lavarangin'i Yaveh ereo. Dra nandrisy gny valo andro hafa avo koa dra nagnamasy gny tragnon'i
Yaveh ereo. Tamigny andro fahaenina ambiny folonigny vola volohany dra vitan'ereo zay.[18]Boak'eo ereo nandeha
tagny amin'i Hezekia, gny pazaka, tao amigny lapa dra nizaka ho: "Fa nagnalio gny tragnon'i Yaveh manotolo
izahay, gny alitara ho an'ireo fagnatisy oroa miaraky amigny fapiharany aby, vo gny latabasy gny mofonigny
fagnatreha, miaraky amigny fapiharany aby. [19]Ko fa nioma izahay dra fa nihamasigninay reo fitovan'aby ze
nalan'i Ahaza pazaka fony niasa sy apahatokia nandrisy gny fazakany izy. Ingo, eo agnatrehanigny alitaran'i
Yaveh reo."[20]Boak'eo Hezekia pazaka nifoha maray dra namory reo pitariky gny tana; nandeha niakasy tagny
amigny tragnon'i Yaveh izy. [21]Ninday agnomby lahy fito, agnondrilahy fito, zanak'agnondry fito, dra osilahy fito ho
fagnatisy nohonigny ota ho anigny fazaka, ho anigny fitoera masy, dra ho an'i Joda ereo. Nandidy an'ireo pisoro,
reo zanadahin'i Arona izy, ba hagnatisy anireo eo amigny alitaran'i Yaveh.[22]Ko dra nivonon'ereo gny agnomby,
dra nitakarin'ireo pisoro gny lio dra nafafiny teo amigny alitara. Nivonon'ereo gny agnondry lahy dra nafafiny teo
amigny alitara gny lio; nivonon'ereo avo koa reo zanak'agnondry dra nafafiny teo amigny alitara gny lio.
[23]Nandesin'ereo teo anoloanigny pazaka vo gny fivondrogna reo osilahy ho fagnatisy nohonigny ota;
napetrak'ereo teo amizay gny tagnany. [24]Nivonon'ireo pisoro zay, dra nanao fagnatisy nohonigny ota tamigny
lion'ireo teo amigny alitara ba hanova fagnavota ho an'Israely ereo, akory nandidy gny pazaka fa tokony hisy
fagnatisy oroa vo fagnatisy nohonigny ota hatao ho an'Israely manotolo.[25]Napetrak'i Hezekia tao amigny tragnon'i
Yaveh niaraky tamigny kipaso, harpa, dra lokanga reo Levita, nalahany araky gny baikon'i Davida, Gada, gny
pahitanigny pazaka, vo Natana, gny paminany, akory boak'amin'i Yaveh tamigny alalan'ireo paminaniny gny
baiko. [26]Nizoro niaraky tamireo raha magnenon'i Davida reo Levita, dra reo pisoro niaraky tamireo tropetra.
[27]Nandidy anereo ba hanolosy gny fagnatisy oroa ho eo amigny alitara i Hezekia. Gny fa nanomboky gny
fagnatisy oroa, dra nanomboky avo koa gny hiran'i Yaveh, niaraky tamireo tropotra, mbamin'ireo raha
magnenon'i Davida, pazakan'Israely. [28]Nihoby avokoa gny fengonan'aby, nihira reo pihira, dra nisioky reo
papagneno tropetra; nitohy hatragny reo aby reo ambara-pahavitanigny fagnatisy oroa.[29]Gny fa vitan'ereo gny
fagnatisy, dra nekohoky vo nisoaky gny pazaka vo reo aby ze nagnatriky niaraky taminazy. [30]Akoasy izay,
Hezekia, gny pazaka, vo reo pitariky dra nandidy an'ireo Levita ba hihira fidera ho an'i Yaveh tamigny zakan'i
Davida vo Asafa pahita. Nihira fidera tami-pifalia ereo, dra niakohoky vo nidera.[31]Dra hoy Hezekia ho: "Amizao
dra nagnamasy gny vatandrareo ho an'i Yaveh handrareo. Avia eto dra andeso ho ao atragnon'i Yaveh reo soro vo


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

reo fagnati-pisorogna." Nandesinigny fengona reo soro vo reo fagnati-pisorogna, dra reo aby ze nana fo feno
finiava dra ninday fagnatisy oroa.[32]Agnombilahy fitopolo, agnondrilahy zato, dra zanak'agnondry lahy rozato gny
isan'ireo fagnatisy oroa nandesinigny fengona. Ho fagnatisy oroa ho an'i Yaveh avokoa reo aby reo. [33]Agnomby
enizato vo agnondry telo arivo reo fagnatisy voahasy.[34]Fa keliky loasy reo pisoro raha hagnendaky gny holis'ireo
fagnatisy oroa, ko dra nagnapy anereo gny rahalahiny, reo Levita, ambara-pahavitanigny asa, dra ambara-
pahafahan'ireo pisoro nagnamasy gny vatan'ereo, fa nitandry gny hagnamasy gny vatan'ereo kokoa noho reo
pisoro reo Levita.[35]Fagnapin'izay, dra nisy fagnatisy oroa maro ba; napiaraha tamigny saboranigny fagnati-
pihombona reo, dra nisy fagnatisy onomy ho anigny fagnatisy oroa aby. Ko dra nalamy soa gny fanopoa tao
atragnon'i Yaveh. [36]Niravoravo Hezekia, dra gny vahoaky aby avo koa, noho ze fa nomanin'Agnahary ho anigny
olo, akory vita selasela gny asa.

## Chapter 30

[1]Nandefa iraky tamin'Israely vo i Joda aby i Hezekia, dra ko nanorasy taratasy ho an'i Afraima vo Manase, fa
tokony ho avy ao atragnon'i Yaveh agny Jerosalema ereo, ba hakalaza gny Pska ho an'i Yaveh, gny
zagnaharin'Israely. [2]Fa gny pazaka, reo pitariky, vo gny fengona aby tagny Jerosalema dra nindray nihevisy,
nanapa-kevisy gny hakalaza gny Paska amigny vola faharo. [3]Sy afaky nakalaza anizay teo gny ho eo anefa ereo,
akory sy apy reo pisoro ze nagnamasy gny vatan'ereo, na gny olo ze nindray nivory tagny Jerosalema.[4]Ho mary
teo amasonigny pazaka vo gny fengonan'aby izay tolo-kevisy izay. [5]Dra nagneky gny hanao fagnambara manera
an'Israely manotolo ereo, hatragny Beriseba dra hatragny Dana, fa gny vahoaky dra tokony ho avy hakalaza gny
Paska ho an'i Yaveh, gny Zagnaharin'Israely, tao Jerosalema. Fa ereo dra sy nitandry anizay niaraky tamigny
vahoaky maro an'isa, araky ze voasorasy.[6]Noho izay reo iraky dra nandeha ninday gny taratasy boak'amigny
pazaka vo reo pitariny nanera an'Israely vo Joda aby, araky gny baikonigny pazaka. Hoy ereo ho: "Handrareo
vahoakin'Israely, miheregna amin'i Yaveh, gny Zagnaharin'i Abreahama, Isaka, dra Israely, ba hiharegnany
amigny sisa tavela amindrareo ze tafasoaky boak'eo atagnan'ireo pazakan'i Asyria.[7]Aoky handrareo sy hitovy
amigny razambendrareo na gny rahalahindrareo, ze nanota tamin'i Yaveh, gny zagnahariny gny razamben'ereo,
dra nandringanany anereo, araky gny hitandrareo. [8]Dra ka maheriloha, manahaky reo razambendrareo; fa koa,
manolora tegna ho an'i Yaveh handrareo dra midira ao amigny fitoerany masy, zefa nihamasininy mandrakizay,
dra manopoa an'i Yaveh zagnaharindrareo ba hiala amindrareo gny firehetanigny fahatezerany. [9]Fa raha mihery
amin'i Yaveh handrareo, dra hahita fangoraha-po manoloa an'ireo ze ninday anereo ho gadra gny
rahalahindrareo vo gny zanandrareo, dra hihery amity tany tihoky ereo. Fa Yaveh zagnaharindrareo, dra
mahari-po vo mamindra fo, dra sy hagnavony gny tavany amindrareo, raha mihery aminazy handrareo."[10]Dra
lasa reo iraky nandeha isa-tana nanera gny faris'i Efraima vo i Manase, gny lalan'aby nagnagny Zebolona, fa
nihomehy vo naneso anereo gny olo. [11]Na izay aza, gny ilany tamigny lelahin'Aseraha vo i Manase dra Zebolona
dra nanetry tegna dra avy tagny Jerosalema. [12]Avy tamin'i Joda avo koa gny tagnan'Agnahary, ba hagnome fo
raiky anereo, ba hagnatetaraky gny didinigny pazaka vo reo pitariky tamigny alalanigny zakan'i Yaveh.[13]Vahoaky
maro, fengona lahibe vatany, gny tafaango tagny Jerosalema ba hakalaza gny firavoravoa amigny Mofo sy misy
masirasira tamigny vola faharo. [14]Dra nisanga ereo dra nangalaky reo alitara ze tagny Jerosalema, vo reo alitara
aby ho anigny liti-kazo magnisy; narian'ereo tagny amigny lohasakan-driaky Kidrona zay. [15]Boak'eo dra namono
gny zanak'agnondrinigny Paska ereo tamigny agnondry fahefasy ambiny folonigny vola faharo. Megnasy reo
pisoro vo reo Levita, dra nagnamasy gny vatany vo ninday fagnatisy oroa tao atragnon'i Yaveh ereo.[16]Nizoro
tegny amigny toerany avy araky gny fizarany ereo, magnaraky reo torolala name tao amigny lalan'i Mosesy, gny
lelahin'Agnahary. Nafafin'ireo pisoro gny lio ze niresinigny boak'amigny tagnan'ireo Levita. [17]Akory nisy maro
tamigny fengona gny sy nagnamasy gny vatany. Noho izay dra namono gny zanak'agnondriny gny Paska ho
anigny olon'aby sy voalio vo sy afaky nagnamasy gny soron'ereo ho an'i Yaveh reo Levita.[18]Fa vahoaky marobe,
maro tamin'ereo boak'agny Efraima vo Manase, Isakara vo Zebolona, gny sy nagnaligno gny vatan'izy, nefa
nihina gny sakafonigny Paska avo ereo, sy araky ze fapenara voasorasy. Dra nivavaky ho anereo i Hezekia, nanao
anizahoky ho: "Enga anie Yaveh soa hamindra fo gny olon'aby [19]ze manefy gny fony hitalia an'Agnahary, Yaveh,
gny zagnaharin'ireo razambeny, na dre sy voalio tamigny fahaliova araky gny fenisy gny fitoera masy aza izy."
[20]DRa niteno an'i Hezekia i Yaveh dra nagnasitrany gny vahoaky.[21]Gny vahoakin'Israely ze tagny Jerosalema dra
nitandry tami-kafaliam-be gny firavoravoa amigny Mofo sy misy masirasira nandrisy gny hafitoa. Reo Levita vo
reo pisoro dra nidera an'i Yaveh isan'andro isan'andro, nihira niaraky tamigny raha magneno fatrasy ho an'i
Yaveh. [22]Dra Hezekia napahery reo Levita aby ze nahatakasy gny fanopoa an'i Yaveh, Ko dra nihina tami-
piravoravoa nandrisy gny hafitoa ereo, nanolosy reo soro ho fagnati-pihombona, dra nibebaky tamin'i Yaveh, gny
Zagnahariny gny razam-ben'ereo.[23]Dra gny fengona manotolo nanapa-kevisy gny hakalaza hafitoa hafa, dra
nanao anizay tamin-kafalia ereo. [24]Dra Hezekia pazakan'i Joda nagnome agnombilahy arivo vo agnondry fito
arivo ho anigny fengona ho fagnatisy; dra reo pitariky nagnome agnombilahy arivo vo agnondry aman'osy ray
aly ho anigny fengona. Pisoro maro an'isa gny magnamasy gny vatany.[25]Gny fengonan'i Joda aby, miaraky amireo
pisoro vo reo Levita, dra gny vahoaky aby ze nindray avy boak'agny Israely, dra reo vahiny ze avy boak'agny
amigny tanin'Israely vo reo ze nipetraky tagny Joda dra nifaly avokoa. [26]Dra nisy fifaliam-be tao Jerosalema, fa
hatramigny fotoan'i Solomona zanak'i Davida, pazakan'Israely, dra sy bo nahita manahaky anizay tao Jerosalema.
[27]Dra nisanga vo niso-drano gny vahoaky reo pisoro, vo reo Levita. Re gny feon'ereo, dra gny vavak'ereo niaraky
tagny an-dagnisy, gny fitoera masy ze anenan'Agnahary.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 31

[1]Dra gny fa vita zay aby zay, dra niboaky ho agny amireo tanan'i Joda gny vahoakin'Israely aby ze tagny dra
nanorotoro reo andrim-bato vo nanapaky reo baon-Aseraha, dra niravan'ereo gny fitoera abo vo reo alitara tao
amin'i Joda vo Benjamina, vo tao Efraima dra Manase aby, mandra-paharavan'ereo anazy aby. Dra nihery gny
vahoakin'Israely aby, gny sirairay tagny amigny fanagnany vo gny tanany aby.[2]Nitendren'i Hezekia gny
fizaran'ireo pisoro vo reo Levita volamena araky gny fizaran'ereo, gny lelahy sirairay nitendre tamigny asany, dra
reo pisoro vo reo Levita. Nitendreny ereo ba hanao gny fagnatisy oroa vo fagnati-pihombogna, ba hanopo, ba
hanolosy fisora, dra ba hidera eo amireo vavahadinigny tepolin'i Yaveh. [3]Nitendreny avo koa gny azaranigny
pazaka ho anigny fagnatisy oroa boak'amireo fanagnany manoka, izay dra, ho anigny fagnatisy oroa maray vo
fagnatisy oroa hariva, dra gny fagnatisy oroa ho amigny andro Sabata, teo vola vaovao, vo reo andro firavoravoa
voatendry, araky ze voasorasy ao amigny lalan'i Yaveh.[4]Akoasy izay, nandidy gny vahoaky ze nipetraky tagny
Jerosalema ba hagnome azara ho anireo pisoro vo reo Levita izy, ba hahafahan'ereo mifatoky amigny fakatoava
gny lalan'i Yaveh. [5]Vatany vo nalefa gny baiko, dra namenigny vahoakin'Israely tamigny fahalala-tagna reo
voloham-bokasy, vo gny boak'amireo vokasy tagny agnahisy. Nandesin'ereo gny apahafolonigny raha aby; ze tena
maro dra maro.[6]Gny vahoakin'Israely vo Joda ze nony tao amireo tanan'i Joda avo koa dra ninday gny
apahafolonigny biby teza vo agnondry, dra gny apahafolonigny raha masy ze natoka ho an'i Yaveh
zagnaharin'ereo, dra navorin'ereo ho atota zay. [7]Tamigny vola fahatelo gny nanombohan'ereo namory gny
fandresan'azara ho atotany, dra nifaragnan'ereo tamigny vola fahafito. [8]Gny fa avy dra nagnety reo atotany i
Hezekia vo reo pitariky, dra nisaosy an'i Yaveh vo gny Israely vahoany ereo.[9]Boak'eo Hezekia nagnotany an'ireo
pisoro vo reo Levita momba reo atotany. [10]Azaria, pisorom-be, boak'amigny fokon'i Zadoka, namaly anazy dra
nanao anizahoky ho: "Akory reo vahoaky nanomboky ninday fagnatisy tao atragnon'i Yaveh, dra nihina izahay
dra visy, dra feno ambiny, akory fa nitahin'i Yaveh gny vahoany. Reo raha maro dra maro eto reo gny ambany."
[11]Dra nandidy gny hagnomana tragnofitehiriza ao atragnon'ereo zay. [12]Boak'eo nandesin'ereo tami-pahatokia gny
fagnatisy, gny apahafolony vo reo raha ze an'i Yaveh. Konania, gny Levita, gny pitata nisaha anireo, dra Simey,
rahalahiny, gny faharo nagnapy anazy. [13]Jehiela, Azazia, Nahata, Asahela, Jerimota, Jozabada, Eliala, Jismakia,
Mahata, dra Benaia gny pitata teo ambany fahefan'i Konania vo i Simey rahalahiny, tamigny fanendren'i Hezekia,
pazaka, vo Azaria, manam-boninahisy teo amigny tragnon'Agnahary.[14]Kore zanadahin'i Jimna gny Levita, piamby
vatrangara teo asignananigny vavahady, gny teo amigny fagnatisy asitrapo ho an'Agnahary, nisaha gny fizara reo
fagnatisy ho an'i Yaveh vo reo fagnatisy masy faratapony. [15]Teo ambany fahefany gny nisy an'i Edena, Miamina,
Jesoa, Semaia, Amaria, dra Sekania, tao amigny tanan'ireo pisoro. Nifenon'ereo fahatokia reo fagnatisy reo ho
anigny rahalan'ereo isa-pizara, dra gny manan-daza vo gny sy manan-daza.[16]Namen'ereo avo koa reo lelahy telo
tao gny miakasy, ze voaisa tao amigny firaketa asoras'ireo razambeny ze nilisy tao atragnon'i Yaveh, araky ze
nitakenigny fanao andava-nandro, ba hanao gny asa tao amireo azara fanopoany vo fizaran'ereo.[17]Nizaran'ereo
ho anigny pisoro araky gny firaketa atsoras'ireo razambeny, dra manahaky anizay koa ho an'ireo Levita ropo tao
mihoasy, araky gny asa fanopoany vo fizaran'ereo. [18]Tafilisy agnatin'izay gny zanany madiniky, reo valiny, reo
zanadahiny, dra reo zanakapelany, manera gny fiarahamony manotolo, akory ereo dra nahatoky tamigny
fitandrema gny vatan'ereo ho masy. [19]Ho an'ireo pisoro, dra reo taranak'i Arona, ze tagny asaka tagny amireo
zana-bohisy tao atagnan'ereo, na tagny amigny tana aby, dra nisy lelahy nitendre tamigny agnara ba hagnome
azara ho an'ireo lelahy aby teo amireo pisoro, vo ho an'ireo aby ze voaisa tao amigny firaketa asoras'ireo
razambeny teo amireo Levita.[20]Nataon'i Hezekia nanera an'i Joda aby zay. Nitaterahiny ze soa, mary, dra
mahatoky teo amason'i Yaveh, Zagnahariny. [21]Isaky gny tetikasa ze natombony tao amigny fanopoa tao
atragnon'Agnahary, gny lalana, dra reo didy, ba hitaliava gny zagnahariny, dra nitaterahiny tamigny fony
manotolo zay, dra nahomby izy.

Chapter 32

1Tafaran'ireo raha vo asam-pahatokia reo, dra avy dra nilisy tao Joda i Sankeriba, Pazakan'i Asyria. Nitoby
hanafiky reo tana mifefy izy, zay nokasainy ho baboiny.2Fa gny hitan'i Hezekia fa avy i Sankeriba dra izy nikasa
hialy amin'i Jerosalema,3dra nifampizoso tamin'ireo mpitariny vo reo lelahiny manam-pahefa izy gny hampiatoa
gny ranon'ereo loharano zay teo ambaliky tana;dra nagnampy anazy hanao anizay izy reo. 4Olo maro gny niango
vo nampiato reo loharano aby vo gny rano miroro ze namakivaky gny agnevony tany. Hoy izy reo ho:''Nanao
akory Pazakan'i Asyria gny avy hitalia rano be?''5Beheri-po i Hezekia dra nanaga gny manda aby ze raha.
Nananga reo tilikambo ho abo kokoa, vo gny manda hafa agny ivelany avo koa izy. Nagnamafy gny Milo tao
amigny tanan'i Davida avo koa izy, dra namboasy fitova-pialia vo apinga marobe.6Nametraky pifehy maramila
teo amigny vahoaky izy. Namory anereo ho eo aminazy teo amigny tany malalaky teo amigny vavahadinigny
tana izy dra nizaka tami-paherezana tamin'ereo. Hoy izy ho: 7"Mahereza vo matazaha. Ka matahosy na kivy
nohonigny pazakan'i Asyria vo reo tafiky aby miaraky aminazy handrareo, fa misy olo momba asika ze lahibe
mihoasy noho reo ze momba anazy. 8Sandrinigny nofo avo gny momba anazy, fa i Yaveh, zagnaharisika, koa gny
momba asika, ba hagnapy asika, vo hialy gny alisika." Ko dra napahery gny vatan'ereo tamireo zakan'i Hezekia,
pazakan'i Joda reo vahoaky.9Tafaran'izay, dra nagniraky reo panopony ho agny Jerosalema i Sankeriba, pazakan'i
Asyria (teo anoloan'i Lakisa izy, dra gny tafiny aby nomba anazy), ho agny amin'i Hezekia, pazakan'i Joda, vo gny
vahoaky aby ze tagny Jerosalema. Hoy izy ho: 10"Izao gny zakan'i Sankeriba, pazakan'i Asyria: Ino gny
hiateherandrareo ba hiareta gny fahirano agny Jerosalema?11Moa sy mamitaky handrareo ra Hezekia, ba hahavy
andrareo ho matinigny misary vo gny hetaheta, gny fa mizaka amindrareo izy ho: 'Yaveh Zagnaharisika gny
hagnavosy asika eo atagnanigny pazakan'i Asyria.' 12Moa ra sy io Hezekia io avo gny nangalaky reo fitoera abony
vo reo alitarany dra nandidy gny Joda vo gny Jerosalema ho: 'Eo amigny alitara raiky gny sy maisy
hanopoandrareo, dra eo amizay gny sy maisy hagnoroa gny sorondrareo'?13Fatandrareo ra ze fa nataoko vo reo
razambeko tamireo vondron'olo aby boak'amireo tany hafa? Moa afaky namozy gny tanin'ereo teo ambany
fahefako tamigny fomba aby ra reo zagnaharin'ireo vondron'olonigny tany? 14Teo amireo zagnaharin'ireo
ferenena aby ze naringanigny razambeko reo, moa nisy zagnahary afaky gny namozy gny vahoaky hiala teo
atagnako ra? Nagnino gny Zagnaharindrareo gny tokony hahavozy andrareo eo amigny fahefako? 15Ko ka anga
handiso fanatena vo hitao andrareo amigny alalan'izay i Hezekia. Ka mino anazy, fa sy nisy zagnahariny gny
firenena na fazaka afaky namozy gny firenena na fazakana afaky namozy gny olo sy ho eo atagnako, na
nangalaky sy ho eo atagnan'ireo razambeko. Ko maiky fa gny zagnaharindrareo gny hahavozy andrareo amigny
tagnako?"16Bo nizaka rasy manohisy an'i Yaveh zagnahary vo manohisy an'i Hezekia panopony aza reo panopon'i
Sankeriba. 17Nanorasy taratasy avo koa i Sankeriba ba hanesoa an'i Yaveh, gny zagnaharin'Israely, dra nizaka rasy
taminazy, Hoy izy ho: "Manahaky reo zagnaharin'ireo firenenigny tany reo ze sy nahavozy gny olon'ereo teo
atagnako, gny zagnaharin'i Hezekia avo koa dra sy hahavozy gny olony hiala sy ho eo atagnako."18Nitoka fatrasy
gny vahoak'i Jerosalema ze tao amigny rindry tamigny fizakanigny Jiosy ereo, hapitahora vo hapihorohoroa
anereo, ba hahafahan'ereo mambabo gny tana. 19Nizaka mombanigny zagnaharin'i Jerosalema manahaky gny
fizakan'ereo momba reo zagnahary gny olonigny tany hafa firenena, ze asa-tagnanigny olo fosiny avo, ereo.
20Hezekia, pazaka, vo Isaia, paminany, dra nivavaky noho izay raga zay dra nitoka fatrasy tagny an-dagnisy izy.
21Nagniraky azely i Yaveh, ba hamono reo lelahy pialy, reo pifehy, dra reo mana-pahefanigny pazaka tao atoby.
Dra nihery tami-kegnasy tagny ataniny i Sankeriba. Gny fa nagnagny amigny tragnonigny zagnahariny izy, dra
nivononigny ilany tamireo zanany tamigny sabasy tagny izy.22Manahaky anizay gny nagnavotan'i Yaveh an'i
Hezekia vo reo panon'i Jerosalema tamigny tagnan'i Sankeriba, pazakan'i Asyria, dra tamigny tagnan'ireo hafa
aby, dra nagnome anereo fiadagna tamigny fomba aby. 23Maro gny ninday fagnatisy ho an'i Yaveh tagny
Jerosalema, vo fagnomeza sarobily ho an'i Hezekia pazakan'i Joda, ba hahavy anazy hisandrasy teo amason'ireo
ferenena aby nanomboky tamizay fotoa zay.24Dra tamin'izay fotoa zay Hezekia dra narary fa ho maty. Nivavaky
tamin'i Yaveh izy, zay nizaka taminazy dra nagnome famatara anazy fa ho sitrana izy.25Nafa Hezekia sy ba
namaly an'i Yaveh tamin'izay soa nome anazy, fa niavognavo gny fony.Ka dra avy taminazy, vo tamin'i Joda
bamin'i Jerosalema gny fahoria.26Na zay avo , dra nanendry vata tamy avognavom-pony avo koa Hezekia, izy vo
reo mponin'ereo gny Jerosalema, ka sy avy tamin'ireo gny hahorian'i Yaveh nandrisy gny andron'i Hezekia.
27Nanan-kanagna marobe vo voninahisy vatany i Hezekia. Nanao efi-tragno fignaza ho agny volafosy , volamena,
vato sarobily, vo ho an'ireo hagnisy , dra ho an'ireo apinga vo reo raha-mana-daza samy hafa karaza izy. 28Nana
tragno fagnaza-bokasy ho agny vary, divay vaovao, dililo, dra tragno fihinam-bilo ho an'ireo biby fiteza karazany
aby avo koa izy. Nana agn'ondry vo osy tao am-balany avo koa izy. 29Fagnapin'izay , nanao tana ho anazy avo koa
izy dra nana agn'ondry vo osy vo agn'omby marobe,fa Zagnahary nagnome anazy hanagna maro be indrindra.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

[30]Io Hezekia io avo gny nagnapy gny loharano laha tagny agnabony tany Gihona, vo nampivavasy anizay ho agny
amy tapany andrefany tanan'i Davida. Nahomby tamin'ereo tetikasany aby i Hezekia.[31]Na zay avo, gny amy raha
mahakasiky reo masoambohon'ereo zagnaharin'i Babylona, zay nirahiny hagnany aminazy ba hametra-
pagnontania momba reo ze nahafatasy , gny mombany famatara mahalasa zay fa natao teo amy tany, dra
nagnenga anazy ho raiky Zagnahary, ba hisapa anazy , dra hahafatara anizay tao am-pony.[32]Raha gny amin'ireo
raha hafa mahakasiky an'i Hezekia, ao agnatin'izay reo asa sy fivaliam-panekeny, ingo fa voasorasy ao amy
Fahitan'Isaia Mpaminany Zanadahin'i Amosa reo, vo ao amy bokin'ireo Pazakan'i Joda vo Israely.[33]Nimaty tagny
amin'ireo razambeny i Hezekia, ka nalenin'ereo tagny amy havoa misy reo lolony taranak'i Davida izy. Nagnome
voninahisy anazy tamy fahafatesany gny joda aby vo gny mponin'i Jerosalema. Dra Manase zanadahiny gny avy
Pazaka nandimby anazy.

Chapter 33

[1]Ro ambiny folo tao i Manase raha nanomboky nazaka; nazaka nandisy gny dimy amby dimapolo tao tagny
Jerosalema izy. [2]Nanao rasy teo amason'i Yaveh izy, manahaky reo raha maharikorikon'ireo firenena ze fa nalan'i
Yaveh teo agnatrehanigny vahoakin'Israely. [3]Fa nananga ndraiky reo fitoera abo ze niravan'i Hezekia babany, dra
nananga reo alitara ho an'ireo bala izy, nanao reo baon'Aseraha izy, dra nekohoky teo amireo kitanigny lagnisy
dra nanopo anereo.[4]Nagnory alitara fanompoan-tsapy tao antragnony Yaveh i Manase, dre dra nandidy: ''Any
Jerosalema gny itobohany gnagnarako mandrakizay.'' [5]Namboasy alitara ho an'ereo vasiany lagnisy aby teo amy
kianja ro gnany tragnony Yaveh izy. [6]Noroa tao an-dohasa han'i Ben-hinoma ereo zanadahiny. Nanao
fanandroana sy nisiliky izy; namaky fahitana izy; dra nandeha tagny amin'ereo ze nizaka amy maty sy erea
nizaka amin'erea fagnahy. Nanao raha-rasy maro teo amasony i Yaveh izy dra nandigny gny haorian'i Zagnahary.
[7]Gny sary sokisin'i Aseraha ze namboary, napetrany tao an-tragnon'i Zagnahary zay. Gny mamban'io tragno io gny
nizaka i Zagnahary tamin'i Davida sy Solomona zanadahiny; zay gny nizakany: ''Eto amity tragnoty sy agny
Jerosalema, zay fa nifiliko fokon'Israely aby, gny hametrahako gny agnarako mandrakizay. [8]Sy hafidrako amy tany
ze nitedreko ho gnany razamben'ereo gny tokany vahoakin'Israely, raha toa ka mitadry ze aby nandidiako anazy
ereo magnaraky gny lala, fisipiky, dra ereo didy ze nameko an'ereo tamin'ny alalan'i Mosesy ereo.'' [9]Nitarihin'i
Manase hanao rasy mihoasy lavisy nohon'ereo firenena ze fa naringan'i Yaveh teo agnatrehany vahoakin'Israely i
Joda sy gny mponina tao Jerosalema.[10]Niresaky tamin'i Manase vo tamy olony i Yaveh, fa sy niraharaha ereo.
[11]Koa nandesin'i Yaveh teo aminazy reo mpifehy gny tafiky gny Pakakan'i Asyria, zay nanagalaky an'i Manase
tamy ravaky vy, namehy anazy tamy ravaky vy dra namoaky anazy ho agny Babylona[12]Rana tao agnatiny fahoria
i Manase, dra nitalaho tamin'i Yaveh, Zagnahariny, dra nanetry fatrasy gny vatany teo anatrehany
Zagnaharin'ereo razambeny.[13]Nivavaky taminazy izy;dra Zagnahary gny nitalahony, ka ren'Agnahary gny
fitalahohoany dra nandesiny nihery ho agny Jerosalema, tagny amy fazakany izy. Dra fatasin'i Masena fa Yaveh
gny Zagnahary.[14]Tafaran'izay, Manase dra nagnamboasy manda ambalikiny teo amy tanan'i Davida, teo amy
tapany andrefan'i Gihona, tagny an-dohasaha, teo amy filira amy fefidi-kazandrano. Nagnodidy gny havoan'i
Ofela izy dra nananga gny manda ho tena abo.Nametraky mpifehy mahery fo teo amy tana mifefy iaby i Joda izy.
[15]Nalany sy ho ao antranon'i Yaveh reo Zagnahari-kafa, gny sampy, dra reo alitara aby ze namboariny vo tany
Jerosalema, dra nariany tagny ambaliky tana zay.[16]Naoriny draiky gny alitaran'i Yaveh dra nanolosy soro ho
fagnati-pihombona vo fagnati-pisaora teo izy;nandidy an'i Joda hanompo an'i Yaveh, gny Zagnaharin'Israely izy.
[17]Na zay avo, gny vahoaky dra bo nanao soro teo amin'ireo fitoera abo avo , nefa ho an'i Yaveh raiky, zay
Zagnaharin'ereo.[18]Raha gny amireo raharaha hafa mahakasiky an'i Manase, gny vavaky nataony tamin'Agnahary,
vo gny zakan'ireo pahita ze nizaka taminazy tamigny agnaran'i Yaveh, gny Zagnaharin'Israely, ingo, voasorasy ao
amigny asan'ireo pazakan'Israely zay. [19]Ao agnatin'izay gny tataranigny vavaky nataony, vo gny fiheseha-
pon'Agnahary tamizay. Ao avo koa gny fahotany vo reo fahadisoany aby, dra reo toera ze nananganany reo fitoera
abo vo nametraky reo baon'Aseraha abo gny sary raha voasokisy, talohanigny nanetreny gny tenany__voasorasy
ao amigny tataran'ireo pahita anizay. [20]Dra nimaty tagny amireo razambeny i Manase, dra nalevin'ereo tao
atragnony. Amona, zanadahiny, gny lasa pazaka nandimby anazy.[21]Ro amby ropolo tao i Amona raha nanomboky
nazaka; nazaka nandrisy gny ro tao tagny Jerosalema izy. [22]Nanao rasy teo amason'i Yaveh izy, manahaky ze fa
nataon'i Manase, babany. Nanao soro ho an'ireo sary raha voasikisy aby ze fa nataon'i Manase babany i Amona,
dra nanopo reo izy. [23]Sy nagnetry tegna teo agnatrehan'i Yaveh izy, manahaky ze fa nataon'i Manase babany. Fa
koa, ty Amona tihoky avo koa nanao fahadisoa besaky kokoa.[24]Nanao tetiky hanohisy anereo panopony
dranamono anazy tao atragnony avo. [25]Fa gny poninigny tany namono reo aby ze nitetiky hanohisy an'i Amona
pazaka, dra nataon'ereo ho pazaka nandimby anazy i Josia, zanadahiny.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 34

[1]Valo tao i Josia gny nanomboky nazaka; nazaka nandisy gny raiky amby telopolo tao Jerosalema izy. [2]Nanao ze
mary teo amason'i Yaveh, vo nandeha tamigny lalan'i Davida razambeny, dra sy ba nivily niakavana na
niagnakavia izy. [3]Dra tamigny tao fahavalo nazakany, raha bo tanora izy, dra nanomboky nitalia anigny
Zagnaharin'i Davida, razambeny. Tamigny tao faharo ambiny folo, dra nanomboky nagnadio an'i Joda vo
Jerosalema boak'eo amigny fitoerany abo izy, gny baon'Aseraha, vo gny sari-raha voasokisy dra gny sari-raha vita
tamigny vy.[4]Niravanigny vahoaky teo agnatrehany reo alitaran'i Bala; nitapainy gny alitaranigny liti-kazo
magnisy ze teo agnabon'ireo. Nitorotorony reo baon'Aseraha vo reo sari-raha voasokisy, dra reo sari-raha vita
tamigny vyambara-pahaviany reo ho vovoky Naparitany teo amigny lolon'ireo ze nanao soro anizay gny vovoky.
[5]Noroany teo amigny alitarany gny tolan'ereo pisorony. Manahaky anizay gny fomba, nagnaliovany an'i Joda vo i
Jerosalema.[6]Nataony manahaky anizay koa reo tanan'i Manase, Efraima, dra Simeona, gny lala nagnagny Naftaly
aby, vo teo amireo faharava ze nagnodidy anizay. [7]Niravany reo alitara, nipotehiny ho lasa vovoky reo
baon'Aseraha vo reo sari-raha voasokisy, dra nikapainy gny alitaranigny liti-kazo magnisy nanera gny
tanin'Israely aby; nihery tagny Jerosalema izy boak'eo.[8]Dra tamigny tao fahavalo ambiny folo nazakany, gny fa
voalion'i Josia gny tany vo gny tepoly, dra nagniraky an'i Safata zanadahin'i Azalia, Maseia, governoranigny tana,
dra i Joa zanadahin'i Joahaza pitasorasy izy, ba hamboasy ndraiky gny tragnon'i Yaveh zagnahariny. [9]Nagnagny
amin'i Hilkia, pisorombe ereo, dra nagnaky taminazy gny vola ze nandesy tao amigny tragnon'Agnahary, ze fa
navorin'ireo Levita, vo reo piamby vavahady boak'amigny Manase vo Efraima, avy tamin'irei sisa tamin'Israely
aby, avy tamin'i Joda vo Benjamina aby, dra avy tamireo ponin'i Jerosalema.[10]Nakinin'ereo tamireo lelahy ze
magnara-maso gny asa amigny tepolin'i Yaveh gny vola. Reo lelahy reo gny nagnarama gny piasa ze namboasy vo
nagnery gny tepoly tamigny loniny. [11]Naloan'ereo tamireo pandrafisy vo reo pananga anizay ba hivilia vato
voapaiky vo hazo ho fandrafeta, dra hamboasy andry ho anireo rafisy ze nirava'ireo pazakan'i Joda ilany.[12]Nanao
gny asa tami-pahatokia reo lelahy. Reo pagnaramaso dra Jahata vo Obadia, reo Levita, boak'amigny zanadahin'i
Merary; dra Zakaria vo Mesolama, boak'amireo zanadahin'ireo Kehatita. Reo Levita hafa, ze pitandry raha
magneno tena mahay aby, panoro mariny reo piasa. [13]Reo Levita reo dra nisaha reo zeninday gny fitovanigny
tragno lahibe vo reo lelahyaby ze nanao gny asa pita-sorasy, pandrindra, dra piamby vavahady.[14]Gny fa
naboak'ereo gny vola ze nandesy tao atragnon'i Yaveh, dra hitan'i Hilkia pisoro gny bokinigny lalan'i Yaveh ze
name tamigny alalan'i Mosesy. [15]Hoy Hilkia tamin'i Safana panoradalana ho: "Hitako tao atragnon'i Yaveh gny
bokinigny lalan."Nandesin'i Hilkia tagny amin'i Safana gny boky. [16]Nandesin'i Safana tagny amigny pazaka gny
boky, sady nitatisy taminazy avo koa, anao anizahoky ho: "Reo panoponao dra manao gny raha aby ze nakiny
tamin'ereo.[17]Fa nirofin'ereo gny vola ze hita tao atragnon'i Yaveh, dra nameny teo atagnan'ireo pagnara-maso vo
reo piasa zay." [18]Nizaka tamigny pazaka i Safana panora-dalana ho: "Namen'i Hilkia pisoro boky zaho." Dra
nivakin'i Safana tamigny pazaka zay. [19]Dra gny fa renigny pazaka reo zakanigny lalana, dra nandroaky gny
akazony izy.[20]Gny pazaka nandidy an'i Hilkia, Ahikama zanadahin'i Safana, Abdona zanadahin' Mika, Safana
panora-dala, dra Asaia, panopony manoka, nanao anizahoky ho: [21]"Mandehana dra agnotanio ho anahy gny
sitrapon'i Yaveh, dra ko ho an'ireo ze tavela agny Israely vo agny Joda, nohonigny zakanigny boky ze fa hita. Fa
lahibe zay, dra gny fahatezera. Lahibe zay, noho reo razambesika sy niteno gny voazakanigny boky gny ba
hakatoava ze voasorasy aby tao amizay."[22]Dra Hilkia, vo reo ze nididinigny pazaka, dra nagnagny amin'i
Holdapaminany apela, valin'i Saloma zanadahin'i Tokehata zanadahin'i Hasra, pitahiry akazonigny fisora (nony
tao Jerosalema tao amigny tana ambany izy), dra tamizay fomba zay gny nizakan'ereo taminazy.[23]Hoy izy
tamin'ereo ho: "Izao gny zakan'i Yaveh, gny Zagnaharin'Israely: Zakao gny lelahy ze nagniraky andrareo
taminahy atiky ho: [24]'Izao gny zakan'i Yaveh: Ingo, eo apindesa loza eto amity toera tihoky vo reo poniny zaho, reo
ozo aby ze fa voasorasy tao amigny boky ze fa voavakin'ereo teo agnatrehanigny pazakan'i Joda. [25]Akory fa
nahafo anahy dra fa nagnoro gny liti-kazo magnisy ho an'ireo zagnahary hafa ereo, ba hiasia anahy amigny
fahasiaha tamireo raha aby nataon'ereo__noho izay dra hiraraky amity toera tihoky gny fahasiahako, dra sy ho
maty zay.'[26]Fa ho anigny pazakan'i Joda, ze nagniraky andrareo ba hagnotany an'i Yaveh ze tokony hataony, dra
izao gny ho zakandrareo aminazy: "Yaveh, gny Zagnaharin'Israely mizaka anizao: Gny amigny zaka ze renao,
[27]akory hanao dra so-po, vo nagnetry tegna teo agnatrehan'Agnahary gny fa renao gny zakany hamely anity toera
tihoky vo reo poniny, dra akory hanao nanetry tegna agnatrehany dra agnatrehako, dra fa niteno anao avo koa
zaho__izay gny fagnambaran'i Yaveh__[28]ingo, havory ho eo amireo razambenao hanao. Ho voavory ao amigny
lolonao apedagna hanao, dra gny masonao dra sy hahita gny loza ze handesiko eto amity toera tihoky vo reo
poniny."' Nandesin'ireo lelahy tagny amigny pazaka izay hafasy zay.[29]Boak'eo gny pazaka nagniraky pinday
hafasy dra namory gny loholon'i Joda vo Jerosalema aby. [30]Dra niakasy tao atragnon'i Yaveh gny pazaka, vo reo


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

lelahin'i Joda aby dra reo ponin'i Jerosalema, vo reo pisoro, reo Levita, dra gny vahoaky aby, hatramigny kely. Dra nivakiny tamin'ereo gny zaka aby bokinigny Fagneke ze hita tao atragnon'i Yaveh.[31]Nisanga teo amigny fitoerany gny pazaka dra nanao fagneke teo agnatrehan'i Yaveh, fa hagnaraky an'i Yaveh, dra reo lalany, amigny fony aby vo gny fagnahiny aby, hakato reo zakanigny fagneke ze voasorasy ao amizay boky zay. [32]Nizaka tamigny olo aby ze hita tao Jerosalema vo Benjamina izy ba hagneky gny fagneke. Tamigny fakatoava gny nanovanigny ponin'i Jerosalema gny fagneken'Agnahary, gny zagnahary gny razamben'ereo.[33]Nalan'i Josia teo amigny tany reo raha fahavetaveta aby ze anigny vahoakin'Israely. Napanopoany an'i Yaveh, Zagnaharin'ereo gny olo aby tagny Israely. Fa tamigny androny aby, dra sy nivily tamigny fagnaraha an'i Yaveh, gny zagnahariny gny razambeny ereo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 35

[1]Nitandry gny Paska ho an'i Yaveh tao Jerosalema i Josia, dra nivonony reo tamigny andro fahaefasy ambin'ny
folon'ny vola volohany reo agnondrin'ny paska. [2]Napetrany tegny amigny fitoerany reo pisoro dra napahereziny
tamigny asa fanopoa gny tragnon'i Yaveh izy reo.[3]Hoy izy tamireo Levita ze napianasy gny Israely aby vo ze
voatoka ho an'i Yaveh ho: "Apetraho ao amigny tragno ze namboaran'i Solomona zanak'i Davida, pazakan'Israely
gny fiara masy. Ka zaka egny amigny soroandrareo sasy zay. Dra derao Yaveh Zagnaharindrareo, dra topoy
Israely vahoany. [4]Mifandamina handrareo araky gny agnaranigny firazagnandrareo vo gny fizarandrareo, araky
reo toromariky nisoratin'i Davida, pazakan'Israely, vo reo an'i Solomona, zanadahiny.[5]Mizoroa egny amigny
fitoera masy, takaro gny toerandrareo vo gny fizarandrareo ao amigny taranak'ireo rahalahindrareo, reo
taranaky gny vahoaky, dra alao gny toerandrareo vo gny firazagnandrareo ao amigny taranakigny razamben'ireo
Levita. [6]Vonoy gny agnondrinigny Paska, hamasigno gny vatandrareo, omano ho an'ireo rahalahindrareo gny
agnondry, ba hatao araky gny zakan'i Yaveh ze name tamigny alalanigny tagnan'i Mosesy."[7]Nagnome agnondry
telo aly ho anigny vahoaky aby Josia dra zanak'osy tamireo agnondry aman'osy ho aamigny fagnatisy gny Paska
ho an'ireo aby ze nagnatriky. Nagnome agnomby telo arivo avo koa izy; reo dra avy tamigny faranigny pazaka.
[8]Reo pitariny dra nagnome fagnati-sitrapo ho anigny vahoaky, reo pisoro, dra reo Levita. Hilkia, Zakaria, dra
Jehiela, manam-boninahisy niatraikisy gny tragnon'Agnahary, dra nagnome zana biby teza 2.600 vo agnomby
telozato ho fagnatisy gny Paska ho an'ireo pisoro. [9]konania, vo Semahia dra Natanaela, rahalahiny, vo lahiben'ireo
levita avo koa, dra nagnome biby teza masaiky dimy arivo vo agnomby dima-zato ho fagnatisy gny Paska ho
an'ireo Levita.[10]Ko dra vonona gny fanopoa, dra nipetraky tegny amigny fitoerany reo pisoro, niaraky tamireo
Levita araky gny fizaran'ereo, ho valinigny didinigny pazaka. [11]Nivonon'ereo gny agnondry Paska, dra nafafin'ireo
pisoro gny lio ze nitakarin'ereo boak'amigny tagnan'ireo Levita, dra reo Levita nangalaky gny holon'ireo
zanak'agnondry. [12]Nalan'ereo gny fagnatisy oroa, ba hizara reo ho an'ireo fizaranigny taranaky vahoaky, ba
hanolora reo ho an'i Yaveh, araky gny voasorasy tao amigny Bokin'i Mosesy. Nataon'ereo manahaky anizay koa
reo agnomby.[13]Nataon'izy reo tamigny afo araky gny toromariky reo zanak'agnondrin'ny Paska. Gny ami'reo
fagnatisy nohamasigny, dra nampangotrahin'izy reo tao agnaty vilagny, vilagnibe, vo fagnindaza reo, dra
nilazan'ereo malaky tagny amigny vahoaky aby zay. [14]Tafaran'izay dra nagnoma fagnatisy ho an'ny tegnan'izy reo
vo ho an'ireo pisoro izy reo, satria reo pisoro, taranak'i Arona, dra sahira tamigny fanolora gny fagnatisy oroa vo
gny sabora mandra-paha harivanigny andro, ko dra nognoma reo fagnitisy honasy ho anereo vo gny pisoro,
taran'i Arona, reo Levita.[15]Reo pihira, taranak'i Asafa, dra tao amigny toeran'izy reo, araky gny torolalan'i davida,
Asafa, Hemana, dra Jedotona paminanin'ny pazaka, dra reo piamby zaka amigny vavahady aby. Sy nahazo
nagnenga gny toera izy reo, satria reo Levita rahalahin'izy reo dra nanao fagnomana hon'azy reo.[16]Noho zay,
tamigny fotoa zay gny asa fanopoa an'i Yaveh aby dra nitaterahiny ho amigny fakalazana gny Paska vo
hagnomeza fagnatisy oroa eo amigny alitaran'i Yaveh, araky gny nandidian'i josia pazaka. [17]Gny vahoakin'Israely
zay nagnatriky dra nitandry gny Paska tami'zay fotoa zay, dra avy eo gny firavoravoa amigny Mofo sy misy
masirasira nandrisy gny fito andro.[18]Sy bo nisy fakalazana gny Paska manahaky zay tao Israely nanomboky
tamigny andron'i Samoela paminany, dra sy nisy vatany tami'reo pazakan'Israely hafa nakalaza gny Paska
manahaky gny nataon'i Josia, nindray tami'reo pisoro, Levita, vo gny vahoakin'i Joda vo Israely aby zay
nagnatriky, dra reo piny tao Jerosalema. [19]Notamdrova zay Paska zay tamigny fahavalo ambin'ny folo tao
nazakan'i Josia.[20]Tafaran'izay aby zay, tafaran'ny nametrahan'i Josia gny tepoliny tamigny laoniny, dra niakasy ba
hialy ami'reo Karkemisy tao amigny ony Eofrata i Neko, pazakan'i Egypta, dra Josia nandeha nialy taminazy.
[21]Saingy nandefa masoivoho tagny aminazy i Neko, nizaka ho: ''Ino gny tokony hataoko anao, ry pazakan'i Joda?
Sy avy hanohisy anao zaho anio, fa hanohisy gny tragno zay hialiako . Nasain'i Zagnahary nandeha malaky zaho,
dra manindria fo amigny fanohera an'i Zagnahary, zay momba anahy, gny sy zay handringa anao izy.'''[22]Na zay
aza, dra nanda gny nagnenga anazy Josia. Noly nanova tava izy ba hahafahany mialy aminazy. Sy niteno reo
zakan'i Neko zay avy amigny vavan'i Zagnahary izy; dra nandeha nialy tagny amigny Lohasahan'i Megido izy.
[23]Nitifirin'ny pandefa zana-sipiky i Josia pazaka, dra hoy gny pazaka tami'reo panopony ho: ''Eto zaho, fa tena
marasy fatrasy.''' [24]Dra naboak'ireo panopony avy tao amigny kalesy izy, dra napetrany tao amigny fagnapi-
kalesiny. Nandesiny reo tagny Jerosalema, zay nahafatesany izy. Nangany tao amigny lolon'ireo razambenyizy.
Nandala an'i Josia gny Joda vo Jerosalema aby.[25]Nanao hira fisogna ho an'i josia i Jeremia; gny pihira lahy vo vavy
aby dra misaona an'i Josia mandrakak'ehitriny. Reo hira reo dra avy fomba tao Israely; ingo, voasorasy ao amigny
hira fisogna reo. [26]Gny ami'reo raha mahakasiky an'i Josia, vo reo asa soa nataony tamigny fakatoava zay
voasorasy tao amigny lalan'i Yaveh__[27]Dra reo asany, nanomboky tagny am-piandohany hatramigny fiafarany, dra
voasorasy ao amigny bokin'ireo pazakan'i Joda vo Israely.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 36

[1]Boak'eo gny olo tao amigny tany nangalaky an'i Joahaza zanadahin'i Josia, dra nanao anazy pazaka teo amigny
toeranigny babany tao Jerosalema. [2]Telo amby ropolo tao Joahaza raha nanomboky nazaka, dra nazaka telo vola
tao Jerosalema izy.[3]Nalanigny pazakan'i Egypta tao Jerosalema izy, dra gny tany napandoaviny taleta volafosy
zato vo taleta volamena raiky. [4]Nataonigny pazakan'i Egypta ho pazaka nanera gny Joda i Eliakima rahalahiny,
dra nagnova gny agnarany ho Joiakima. Boak'eo nalany i Joahaza rahalahin'i Eliakima dra nandesiny tagny
Egypta.[5]Dimy amby ropolo tao i Joiakima tamin'izy nanomboky nazaka, dra nazaka raiky ambiny folo tao tao
Jerosalema izy. Nanao rasy teo amason'i Yaveh zagnahary izy. [6]Boak'eo Nebokadnezara, pazakan'i Babylona,
nanafiky anazy vo namehy anazy tamigny ravaky ba hitariha anazy ho agny Babylona. [7]Ninday gny ilany tamireo
raha tao atragnon'i Yaveh avo koa Nebokadnezara, dra nametraky reo tany amigny lapany tagny Babylona.[8]Raha
gny amireo raharaha hafa mahakasiky an'i Joiakima, reo raha mahasiravy ze nataony, vo ze hita nanohisy anazy,
dra ingo, voasorasy ao amigny bokinigny tatararan'ireo pazakan'i Joda vo Israely reo. Dra Joiakima, zanadahiny,
gny lasa pazaka teo amigny toerany.[9]Valo tao Joiakima tamin'izy nanomboky nazaka; nazaka telo vola vo folo
andro tao Jerosalema izy. Nanao rasy teo amason'i Yaveh izy. [10]Tamigny lohatao, dra nagniraky lelahy i
Nebokadnezara dra ninday anazy tagny Babylona, niaraky tamireo raha sarobily boak'ao atragnon'i Yaveh, dra
nanao an'i Zedekia, havany, ho pazaka nanera an'i Joda vo Jerosalema.[11]Raiky amby ropolo tao Zedekia tamin'izy
nanomboky nazaka; nazaka raiky ambiny folo tao tao Jerosalema izy. [12]Nanao rasy teo amason'i Yaveh
Zagnahariny izy. Dra sy nagnetry tegna nanoloa an'i Jeremia paminany, ze nizaka tamigny vavan'i Yaveh izy.
[13]Zedekia avo koa dra nikony tamin'i Nebokadnezara, ze napiania anazy sy fivadiha taminazy tamigny
alalan'Agnahary. Kanefa zedekia nagneza gny hatony dra nagnamafy gny fony ba sy hitoliky amin'i Yaveh, gny
Zagnaharin'Israely. [14]Fagnapin'izay, reo pitariky gny pisoro vo gny vahoaky dra sy nahatoky tateraky, dra
nagnaraky gny fomba mahasiravin'ireo firenena ereo. Niloton'ereo gny tragnon'i Yaveh ze nihamasigniny tagny
Jerosalema.[15]Yaveh, gny Zagnahariny gny razamben'ereo, dra nandefa zaka avo tamin'ereo tamigny lalan'ireo
pinday hafany, akory nana fangoraha-po tamigny vahoakiny vo tamigny toera nipetrahany Izy. [16]Kanefa naneso
reo pinday hafas'Agnahary ereo, nanao sinosino gny zakany, dra nanirasira reo paminany, mandra-piharanigny
fahatezeran'i Yaveh tamigny vahoakiny, ambara-paha sy nisy fagnapia ho anizay sasy.[17]Noho izay dra
nandesin'Agnahary teo amin'ereo gny pazakan'ireo Kaldeana, ze namono gny zatovolahin'ereo tamigny sabasy
tagny amigny tragno fiteora masy, dra sy nana fangoraha-po tamireo zatovolahy na reo viriziny, na gny olo atisy
na gny fosy volo. natolos'Agnahary teo atanany avokoa izy aby.[18]Reo fanaky aby tao an-tragnon'Agnahary, na
lahibe na masaiky, reo harena tao atragnon'i Yaveh, vo reo harenigny pazaka vo reo manam-
boninahiny__nandesiny tagny Babylona reo aby reo. [19]Noroan'ereo gny tragnon'Agnahary, naroda gny mandan'i
Jerosalema, noroa gny lapany aby, dra nipotehy reo raha soa tarehy aby tao amizay.[20]Nandersinigny pazaka tagny
Babylona reo ze sy trasinigny sabasy. Lasa panopony vo an'ireo zanadahiny ereo mandra-pazakanigny fazakan'i
Persia. [21]Nitranga izay ba hahatateraky gny zakan'i Yaveh tamigny vavan'i Jeremia, mandra-pakafizanigny tany
gny fisaharany amigny Sabasy. Nagnara-maso gny sabatany ereo raha rava vo holo zay, ba hiay fito-polo tao
manahaky anizay.[22]Dra tamigny tao volohany nazakan'i Kyrosy, pazakan'i Persia, ba hahatateraky gny zakan'i
Yaveh tamigny vavan'i Jeremia, dra nandrisiky gny fagnahin'i Kyrosy, pazakan'i Persia i Yaveh, ba hanovany
fagnambara manera gny fazakany aby, dra hanorasy anizay avo koa. Hoy izy ho: [23]"Izao gny ambaran'i Kyrosy,
pazakan'i Persia: Yaveh, gny Zagnahariny gny lagnisy, gny nagnome anahy gny fazakanigny tany aby. Nandidy
anahy izy ba hananga tragnoho anazy agny Jerosalema, ze agny Joda. Na iza na iza eo amindrareo avy amigny
vahoakiny aby, dra homba andrareo anie Yaveh zagnaharindrareo. Aoky izy hiakasy agny amigny tany."

# Ezra

Chapter 1Tamin'gny tao volohany nanzakan'i Kyrosy, pazakan'i Pesia, dra nagnatateraky gny zakany ze naloaku
gny vavan'i Jeremia, ze nagnetana gny fagnahin'i Kyrosy i Yaveh. Niboaky nanera gny fanzakany manotolo gny
feon'i Kyrosy. Zeho gny voasorasy sady voazaka:

[2]"Kyrosy, pazakan'i Persia, dra mizaka ho: Yaveh, Zagnahary gny lagnisy, gny nagnome anahy gny fanzakan'aby
amin'gny tany, sady nanendry anahy hagnory tragno agny Jerosalema agny Joda ho Anazy.[3]Ndre ia ndre ia boaky
amin'gny vahoakiny (hiahy anazy ra gny Zagnahariny) dra faky miakasy agny Jerosalema dra hagnory tragno ho
an'i Yaveh, Zagnaharin'Israely, gny Zagnahary ze agny Jerosalema. [4]Gny olony ze agnatin'gny fanzaka ze
hitobian'ireo sisa tavela ao amin'izeho tany zeho dra tokony hagnome anazy reo volafosy vo volamena, fanagna

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

vo biby, vo koa fagnati-sitrapo ho an'gny tragnon'Agnahary agny Jerosalema."[5]Bokeo nisanga reo lohan'ireo
razamben'ireo fianakaviam-ben'i Joda vo Benjamina, reo pisoro vo levita, vo gny iaby ze netagnin'Agnahary gny
fagnahiny so handeha vo hagnory gny tragnony.[6] Reo nagnodidy andreo dra nanoha gny asan'ereo tamin'gny
raha volafosy vo volamena, fanagna, biby, raha soa, vo fagnati-sitrapo.[7]Naboakin'i Kyrosy pazaka avo koa reo
raha tao an-tragnon'i Yaveh ze nandesin'i Nebokadnezara lat'agny Jerosalema dra napetrany tao amin'gny
tragnon'ireo zagnahariny manoka.[8] Napetrak'i Kyrosy teo an-tagnan'i Mitredata pitavhiry vola, ze nagnisa reo ho
an'i Sesbazara, pitariky an'i Joda zeho.[9]Tahokyn gny isan'ireo: koveta volamena telopolo, koveta volafosy arivo,
koveta sivy amby ropolo hafa,[10] lasety zobo volamena telopolo, lasety zobo volafosy 410, vo raha hafa arivo
fagnapiny. [11]Nisy fanaky 5.400 volamena vo volafosy no atambasy. Nandesin'i Sesbazara reo aby reo nofa nienga
lat'agny Babylona nagnagny Jerosalema reo sesitany.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 2

[1]Tahoky aby reo olo amin'gny faritany ze niakasy boaky tamin'gny fambaboan'i Nebokadnezara pazaka, ze nahy
sesitany andreo tahny Babylona, reo olo ze nihery tagny amin'gny tanan'ereo kiraikiraiky agny Jerosalema vo gny
Joda.[2] Avy nindray tamin'i Zerobabela, Josoa, Nehemia, Seraia, Relaia, Mordekay, Bilsana, Mispara, Bigvay,
Rehoma vo Bana ereo. Tahoky gny lisitr'ireo olon'gny vahoakin'Israely.[3]Reo taranak'i parosy dra: 2.172. [4]Reo
taranak'i Sefatia dra: 371. Reo[5] taranak'i Ara dra: 775. [6]Reo taranak'i Pahatamoaba, boaky tamin'i Jesoa vo Joaba
dra: 2.812.[7]Reo taranak'i Eliama dra: 1.251. [8]Reo taranak'i Zato dra: 945. [9]reo taranak'i Zakay dra: 760. [10]Reo
taranak'i Bany dra: 642[11]Reo taranak'i Bebay dra: 623. [12]Reo taranak'i Azgada dra 1.222. [13]Reo taranak'i Adonikama
dra: 666. [14]Reo taranak'i Bigvay dra 2.056.[15]Reo taranak'i Adina dra: 454. [16]Reo olon'i Atera, boaky tamin'i Hezekia
dra: valo amby sivifola. [17]Reo taranak'i Bezay dra: 323. [18]Reo taranak'i Jora dra: 112.[19]Reo olon'i Hasoma dra: 223.[20]
Reo olon'i Gibara dra dimy amby sivifolo. [21]Reo olon'i Betlehema dra: 123. [22]Reo olon'i Nefota dra: eny amby
dimampolo.[23]Reo olon'i Anatota dra: 128. [24]Reo olon'i Azmaveta dra: ro amby efapolo. [25]Reo olon'i Kiriat-Arima,
Kefira vo Berota dra: 743. [26]Reo olon'i Rama vo Gaba ddra: 621.[27]Reo olon'i Mikmasy dra: 122.[28] Reo olon'i Betela vo
Ay dra: 223. [29]Reo olon'i Nebo dra: ro amby dimampolo. [30]Reo olon'i Magbisy dra: 156.[31]Reo olon'i Elama hafa dra:
1.254. [32]Reo olon'i Harima dra: 320. [33]Reo olon'i Loda, Hadida, vo Ono dra: 725.[34]Reo olon'i Jeriko dra: 345. [35]Reo
olon'i Sena dra: 3.630[36]Reo pisoro: reo taranak'i Jedaia boaky amin'gny hasaveregnan'i Jesoa dra:973. [37]Reo
taranak'Imera dra 1.052. [38]Reo taranak'i Pasora: 1.247. [39]Reo taranak'i Harima dra: 1.047.[40]Reo Levita: reo taranak'i
Jesoa vo Kasmiela, reo taranak'i Hodavia dra efasy amby fitopolo. [41]Reo pihira ao an-tepoly, taranak'i Asafa dra:
128. [42]Reo taranak'ireo piamby vavahady; reo taranak'i Saloma, atera, Talmona, Akoba, Hatita, vo Sobay dra: 139
gny fitambarany.[43]Reo ze notendre so hanopo ao amin'gny tepoly dra: reo taranak'i Ziha, Hasofa, Tabaota,
[44]Kerosa, Siaha, Padona, [45]Lebana, Hagabaha, Akoba, [46]Hagaba, Salmay, vo Hanana.[47]Reo taranak'i Gidela dra:
Gahara, Reaia, [48]Rezina, Nekoda, Gazama.[49] Oza, Pasea, Besai, [50]Asna, Meonita vo Nefisita.[51]Reo taranak'i Bakboka:
Hakofa, Harora, [52]Bazlota, Mehida, Harsa, [53]Barkosa, Sisera, Tema, [54]Nezia, vo Hatifa.[55]Reo taranak'ireo panopon'i
Solomona dra: reo taranak'i Sotahy, Sofereta, Peroda, [56]Jala, Darkona, Gidela, [57]Sefatia, Hatila, Pokereta-
Hazebaima, vo i Amy. [58]392 gny fitambaran'gny taranak'ireo ze nitendre hanopo ao amin'gny tepoly vo reo
taranak'ireo panopon'i Solomona.[59]Reo ze nanenga an'i Tela-Mela, Tela-Harsa, Keroba, Adana vo Imera--- fe sy
afaky gny hagnamary reo razamben'ereo boaky amin'Israely[60] --- dra agnisan'izeho reo taranaky 652 an'i Delaia,
Tobia, vo Nekoda[61]Boaky amin'gny taranak'ireo pisoro avo koa dra: reo taranak'i Habaia, Hazoka, barzilay (ze
nangalaky valy gny zanak'apelan'i Barzilay boaky agny Gileada ze nitokavy tamin'gny agnaran'ereo). [62]Nitalia gny
rakisy gny tetiarany ereo, fe sy nahita anizeho, koa dra voaroaky hanahaky gny maloto tamin'gny fisorona ereo.
[63]Dra nambaran'gny governora tamin'ereo fa sy mahazo mihina amin'ireo soro masy ereo mandra-paneken'gny
pisoro raiky ze manday agny Orima vo Tomima.[64]Gny fitambaran'gny vondro manotolo dra niisa 42.360, [65]sy
agnatin'izeho reo panopon'ereo vo gny ankizivavin'ereo (reo dra niisa 7.337) dra reo lelahy vo apela pihiran'gny
tepolin'ereo[66]Gny sovalin'ereo dra: 736. Gny ampondran'ereo dra: 245. [67]Gny ramevan'ereo dra: 435. Vo gny
borikin'ereo dra; 6.720.[68]Nofa nandeha tagny amin'gny tragnon'i Yaveh tagny Jeosalema ereo, dra nanolosy
fagnomeza an-sitrapo reo lahiben'gny patriarka so hagnorena gny tragno. [69]Nagnome araky gny fahafahany
amin'gny petra-bolan'gn asa ereo: darika volamena arivo vo eny aly, mane volafosy dimy arivo, vo akazo fisorona
zato.[70]Dra reo pisoro vo reo Levita, gny vahoaky, reo pihiran'gny tepoly vo reo piamby vavahady, vo reo ze
nitendre hanopo gny tepoly dra nony tao amin'ireo tanany. Gny olo aby tao Israely dra tao amin'ireo tanany aby.

## Chapter 3

[1]Tamin'gny vola fahafito nofa avy nihery tagny an-tanany aby gny vahoakin'Israely, gny nivorin'ereo ho ray tagny
Jerosalema. [2]Nienga dra nananga gny alitaran'gny Zagnahar'Israely i Jesoa zanadahin'i Jozadaka vo pisoro
rahalahiny, vo Zerobabela zanadahin'i Sealtiela, mbamin'ireo rahalahiny so hanolosy fagnatisy oroa araky gny
voalily ao amin'gny lalagnan'i Mosesy, gny lelahin'Agnahary.[3]Dra natobok'ereo teo amin'gny fitoerany gny alitara,
fa naneniky andreo gny horohoro nohon'gny amin'gny olon'gny tany. Nanolosy fagnatisy oroa ho an'i Yaveh vo
mangiran-drasy vo tamin'gny hariva ereo. [4]Nitandry gny Firavoravoan'gny Felofa avo koa ereo araky gny
voasorasy dra nanolosy fagnatisy oroa isan'andro araky gny lily, arak gny andraikisy isan'andro aby.[5] Araky zeho,
dra nisy gny fagnatisy oroa andavanandro vo isam-boloana vo fagnatisy ho an'ireo firavoravoan'i Yaveh fa
voatondro aby, mbamin'ireo fagnati-sitrapo aby.[6]Nanomboky nanolosy fagnatisy oroa ho an'i yaveh ereo gny
andro volohany tamin'gny vola fahafito, ndre dra bo sy voaisy fotosy aza gny tepoly. Koa dra nomen'ereo volafosy
aby reo panao vato vo reo panao tao-raha, [7]dra nomen'ereo sakafo, raha finomy, vo menaky gny vahoakin'i
Sidona vo Tyra, dra nanday hazo sedera tegny an-dranomasy lat'agny Libanona dra hatragny Jopa ereo, araky
gny nagnomezan'i Kyrosy, pazakn'i Persia alala andreo.[8]Vo tamin'gny vola faharo tamin'gny tao faharo
tafaran'gny nadehan'ereo tao an-tragnon'Agnahary tao Jerosalema, gny nanomboky niasa i Zerobabela, i Jesoa
zanadahin'i Jozadaka, reo pisoro sisa, reo Levita,vo reo ze avy boaky tagny amin'gny fahababoa nihery tagny
Jerosalema. Nanendry reo Levita ropola tao gny ho miakasy ereo so hagnara-maso gny asan'gny tragnon'i Yaveh.
[9]Napetrak'i Jesoa so hagnara-maso gny olo manao asa fagnorena gny tragnon'Agnahary reo zanadahiny vo reo
rahalahiny, i Kadmiela vo reo zanany, vo reo taranak'i Joda. Nindray tamin'ereo avo koa ireo taranak'i Henadada,
gny taranany, vo reo Levita namany.[10]Nametraky fotosy ho an'gny Tepolin'i Yaveh reo pagnory. Nahafahan'ireo
pisoro nisanga nanao reo akazony mindray amin'gny asiva zeho, vo nahafahan'ireo Levita, reo zanadahin'i Asafa,
niansa an'i Yaveh tamin'gny kipanso, araky gny nandilian'gny tagnan'i Davida, pazakan'Israely.[11] Niansa fidera vo
fisora ho an'i yaveh ereo ho: 'Soa Izy! Maharisy mandrakizay gny fanekeny mahatoky amin'Israely."
Nihorakoraky fatrasy tamin'gny korakim-pifalia ho fidera an'i Yaveh gny vahoaky aby fa voapetraky gny fotosy
ioeran'gny tepoly.[12]Fe maro tamin'ireo pisoro Levita, lohan'gny patriarka, vo reo zokiolo ze nahita gny tragno
volohany gny nitomany fatrasy, nofa voapetraky teo agnoloan'gny mason'ereo zeho fotosy ioregnan'izeho tragno
zeho. Fa maro gny nihiaky fifalia tam-piravboravoa vo tamin'gny feo mangitakitaky.[13] Vokas'izeho, sy afaky
nagnavaky gny feo falifaly vo ravpravo tamin'ireo feon'olo nitomagny gny vahoaky, akory nikoraky fatrasy
tamin'gny fifalia lahibe gny olo, dra re boaky lavisy vatany gny feo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 4

[1]Vo reo sasany tamin'gny fahavalon'i Joda vo Benjamina dra nahare fa gny vahoaky ze nahy sesitany dra magnory
tepoly ho an'i Yaveh, gny Zagnaharin'Israely amizao. [2]Dra nagnato an'i Zerobabela vo reo lohan'gny fokon'gny
razambe ereo. Ho ereo tamin'ereo ho: 'Engao zahay hagnory hindray amindrareo, fa akory, mitalia gny
Zagnaharindrareo, manahaky andrareo zahay, vo nanao soro ho Anazy hatramin'gny andro nandesan'i Esara-
hadona, pazakan'i Asyria, anay teto amin'itiky toera tiky."Fa i Zerobabela, Jesoa, vo reo lohan'gny fokon'gny
razamben'ereo nanao ho: "Sy handrareo, fa zahay gny sy mainsy magnory gny tragnon'gny Zagnaharinay, akory
zahay gny hagnory ho an'i Yaveh, Zagnaharin'israely, araky ze nandilian'i Kyrosy pazakan'i Persia."[4]Dra
nahin'ireo vahoakin'gny tany nalemy gny tagnan'ireo Jodiana; nahin'ereo natahosy gny hagnory reo Jodiana.
[5]Nolangolangoin'ereo avo koa gny panolon-say so hahafoa gny tetik'ereo. Nandrisy gny andron'i Kyrosy aby vo
tamin'gny fanzakan'i Dariosy pazakan'i Persia ereo gny nanao anizeho. [6]Vo tamin'gny fiandohan'gny fanzakan'i
Ahasoerosy dra nanorasy fiapanga an'ireo Joda vo Jerosalema ereo.[7]Nandrisy gny andron'i Ahasoerosy gny
anoratan'i Bislama, Mitredata, tabela, vo reo namany ho an'i Ahsoerosy, Nisorata tamin'gny Aramaika gny
taratasy dra nadika. [8]Rehoma pifehy vo i Simsay panora-dala dra nanorasy mahakasik'i Jerosalema ho an'i
Artaksersesy.[9]bokeo i Rehoma, Simsay, vo reo naman'ere, ze pisara vo manam-boninahisy hafa tao amin'gny
governemanta, boaky agny Ereka, Babyloaba, vo Sosa boaky agny Elama dra nanorasy taratasy--- [10]mbamin'ireo
vahoaky ze niseren'i Asnapara lahibe sady mana-kaza hagnorim-ponegna tagny Samaria, nindray tamin'ireo sisa
ze tagny amin'gny Faritany Andafin'gny Ony.[11]Tihoky dra dika mitovy amin'gny lahasorasy tagny amin'i
Artaksersesy: 'Reo panoponiha, olo boaky amin'gny Faritany Andafin'gny Ony, gny manorasy zao: [12]Aoky gny
pazaka hahafatasy fa reo Jiosy ze boaky tagny aminiha dra avy hanohisy anay atiky Jerosalema so hagnosy tana
pikomy. Ereo dra nanapy gny fefy sady nagnamboasy gny fotosy.[13]Dra aoky gny pazaka hahafatasy fa no voaory
zeho tana zeho dra voatapy gny fefy, dra sy hagnome haba vo hetra ereo, fa hagnisy rasy reo pazaka.[14]Tena zehoo
vatany akory nihina tamin'gny siran'gny lapa zahay, dra sy mety aminay gny hahita gny fahafaham-baraka
hiseho amin'gny pazak. Noho zeho gny hapahafataranay gny pazaka[15] so hitalia gny firaketa an-sorasy gny raniha
vo hagnamary fa tana pikomy ze hagnisy rasy gny pazaka vo reo faritany iho. Nahavy olo maro ho an'i pazaka
hatry gny ela ereo. Foiben'gny fikomia hatry gny ela izy iho. Noh zeho antony zeho gny naharava gny tana.
[16]Maphafatasy gny pazaka zahay fa no voaory iho tana vo fefy iho, dra sy hisy ndre ino ndre ino ho tavela ho
aniha ao amin'gny Faritany Andafin'gny Ony.[17]Dra nandefa valinteny tagny amin'i Rehoma vo Simsay vo reo
namany tao Samaria vo reo ambiny ze tao amin'gny Faritany Andafin'gny Ony gny pazaka ho: 'Fiadagna ra ho
andrareo. [18]Gny taratasy ze nalendrareo ho anahy dra fa voadika sady nivakia taminahy. [19]Dra napanao
fagnadihadiha zaho dra nahafatasy fa tamin'gny andro taloha dra fa nikomy nanohiasy reo pazaka ereo.[20]Reo
pazaka mahery dra nanapaky teo amin'i Jerosalema sady nana fahefa tamin'gny raha aby tao amin'gny Faritany
Andafin'gny Ony. Naloa tamin'ereo gny haba vo reo hetra. [21]Amizao, manaova lalagna ho an'ireo lelahy reo so
hagnazano vo sy hagnory iho tan iho ereo mandra-panaovako lalagna. [22]Mitandrema so sy hanao siramby
anizeho. nagnino zeho fandrahogna zeho gny enga hitombo dra ho fatiantoky fahavereza maro ho an'gny
tombonsoan'gny fanzaka?[23]Nofa nivakia teo agnatrahan'i Rehoma , Simsay, vo reo namay, gny lalagnan'i
Artarkersesy Pazaka, dra niboaky an'i Jerosalema malaky sady nisery reo Jiosy so hagnazano gny fagnoregna.
[24]Dra nizano gny asa fanaova gny tragnon'Agnahary tao Jerosalema amandra-pahavin'gny tao faharon'gny
fanzakan'i Dariosy pazakan'i Persia.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 5

[1]Vo Hagay paminany vo Zakaria zanadahin'Ido paminany dra naminany tamin'gny agnaran'gny
Zagnaharin'Israely tamin'ireo Jjiosy tao Joda vo Jerosalema. [2]Nisanga Zerobabela zanadahin'i Sealtiel vo Jesoa
zanadahin'i Jozadaka dra nanomboky nagnamboasy gny tragnon'Agnahary tao Jerosalema nindray tamin'ireo
paminany ze napahery andreo.[3]Bokeo i Tatenay governoran'gny Faritany tagny Andafin'gny Ony, Setara Bozenay,
vo reo piara-dia aminzay dra avy sady nizaka tamin'ereo ho: 'Ia gny nandily andrareo hagnamboasy iho tragno
iho sady hamita reo fefy reo?"[4] Ho avo koa ereo: "Ia aby gny agnaran'ireo lelahy nagnamboasy iho tragno iho?[5] Fa
gny mason'Agnahary dra teo amin'ireo loholo Jiosy dra nanaka andreo gny fahvalon'ereo. Niamy taratasy ho lasa
agny amin'gny pazaka vo lalagna hihery anin'ereo mahakasiky anizeho ereo.[6]Tihoky gny dika mitovin'gny
taratasin'i Tatenay, governoran'gny Faritany tagny Andafin'gny Ony, vo Setara Bozenay vo reo piara miasa
taminazy tagny amin'gny Faritany tagny Andafin'gny Ony, ze nalefan'ereo ho an'i Dariosy pazaka. [7]Nandefa tatisy
ereo, nanorasy zeho ho an'i Dariosy pazaka ho: "Ho aniha ra gny fiadagna aby.[8]Aoky ho fatasy gny pazaka fa
zahay dra nagnagny Joda ho agny amin'gny tragnon'Agnahary lahibe. Zeho dra haory amin'ireo vato vavety vo
hazo matevy apetraky amin'ireo fefy. Fa ahy soa mihisy gny asa dra mandroso soa eo am-pelatagnan'ereo.
[9]Nagnotany reo loholo zahay ho; 'Ia gny nagnome andrareo lalagna hagnamboasy iho tragno iho vo reo fefy reo?'
[10]Nagnotany gny agnaran'ereo avo koa zahay so hahafataraniha gny agnaran'gny lelahy kiraikiraiky aby ze
nitariky andreo.[11]Namaly ereo dra nanao ho: 'Zahay dra panonpon'Gny Raiky ze Zagnahary gny lagnisy vo gny
tany, vo zahay dra mapihery mananga gny tragno ze namboary tao maro tagny aloha nofa nagnory anizeho gny
pazaka lahiben'Israely dra nahavita anizeho.[12]Ndre zeho aza, nofa napahaory an'gny Zagnahary gny lagnisy gny
razambenay, dra natolony teo am-pelatagnan'i Nebokadnezara pazakan'i Babyloa ereo, ze nadrava iho tragno iho
sady nangalaky gny olo ho sesitany tagny Babylona. [13]Fe, tamin'gny tao volohany naha-pazakan'i babylona an'i
Kyrosy, dra namoaky lily hagnamboara gny tragnion'Agnahary ndraiky i Kyrosy.[14]Naherin'i Kyrosy pazaka avo
koa reo raha volamena vo volafosy tao an-tragnonAgnahary ze nandesin'i Nebokadnezara boaky tao amin'gny
tepoly tao Jerosalema ho agny amin'gny tepoly tao Babylona. Reo dra nhery tamin'i Sesbazara, ze nahiny ho
governora.[15] Ho izy taminazy ho: 'Rambeso reo raha rao. Mandehana dra hapetraho ao amin'gny tepoly ao
Jerosalema reo. Aoky gny tragnon'Agnahary ho hasanga agny."[16]Dra avy iho Sesbazara iho dra nametraky gny
fotosy gny tragnon'Agnahary tao Jerosalema; dra namboary zaho, fa sy bo vita tateraky.'[17]Dra no sitraly gny
pazaka, dra aoky ho zaha ao amin'gny tragno firaketa ao Babylona no misy lily hagnomboara gny
trgnon'Agnahary ao Jerosalema boaky tamin'i Kyrosy pazaka ao.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 6

[1]Dra napanao fagnadihadiha tao amin'gny tragno firaketa tao Babylona iDariosy Pazaka. [2]Tao amin'gny tana
voaaron'i Akmeta ao Mediana gny nahita horonan-taratasy raiky; zao gny voarakisy tao:[3]" Tamin'gny tao
volohany nanzaka'i Kyrosy Pazaka, dra namoaky lily mahakasikin'gny tragnon'Agnahary tao Jerosalema i Kyrosy
ho: 'Aoky hasanga ndraiky gny tragno so ho toeran'gny soro, aoky hapetraky gny fotosy ioregnany, aoky ho
enimpolo hakiho gny haabony, vo enimpolo hakiho gny sakany, [4]mindray amin'gny vato lahibe telo andala vo
hazo vaovao, dra aoky gny viliny haloa amin'gny tragnon'gny pazaka. [5]Dra andeso mihery gny fitova volamena vo
volafosy ze an'gny tragnon'Agnahary, ze nandesin'i Nebokadnezara boaky tagny amin'gny tepoly agny Jerosalema
nagnagny Babylona dra aheregno ao amin'gny tepoly agny Jerosalema. Hanao gny hametraky reo ao an-
tragnon'Agnahary.'[6]Vo Tatenay, governoran'gny Farisy Andafin'gny Ony, Setara Bozenay, vo reo piara-miasa ze
agny amin'gny Farisy Andafin'gny Ony, miataha lavisy![7] Engao gny asa amin'itiky tragno tiky ho an'Agnahary
raiky avo. Gny governora vo reo loholo Jiosy gny hananga tiky tragnon'Agnahary tiky amin'izeho toera zeho.
[8]Mandily gny sy mainsy hanaovandrareo zeho ho an'ireo loholo ze mananga zeho tragnon'Agnahary zeho zaho:
Gny vola boaky amin'gny hetran'gny pazaka boaky agny andafin'gny Ony gny hapiasa hagnakarama reo lelahy
reo so sy hagnazanognan'ereo gny asany. [9]Ndre ino ndre ino ila--- zanak'agnomby, agnondry lahy, na
zanak'agnondry ho an'gny fagnatisy oroa ho an'gny Zagnahary gny Lagnisy, vary, sira, divay, na dililo araky gny
lilin'ireo pisoro ao Jerosalema--- dra omeo andreo isan'andro sy tapaky reo raha reo.[10] Ahivo zeho so
handesan'ereo gny fagnatisy ho an'gny Zagnahary gny Lagnisy dra hivavaky ho anahy, pazaka, vo reo zanako.
[11]Dra mandily zaho fa ndre ia ndre ia mandika iho lalagna iho, dra sy mainsy hangala andry raiky eo amin'gny
tragnony vo sy mainsy hahanto amin'izeho izy. Dra sy mainsy hizary fako mivangongo noho zeho gny tragnony.
[12]Vo Zagnahary ze nahavy gny agnarany hitoesy teo ra handripaky ze pazaka na olo ze manandran-bata hagnova
zeho lalagna zeho, na hanimba zeho tragnon'Agnahary ao Jerosalema zeho. Zaho, Dariosy, gny mandily anizeho.
Aoky hahy am-pahazotoa zeho!"[13]Vo nohon'gny lala nalefan'i Dariosy pazaka, i Tatenay, gny governoran'gny
Farisy Andafin'gny Ony, vo Setara Bozenay vo reo piara-miasa aminazy, dra nanao ze iaby nandilin'i Dariosy
Pazaka.[14] Ka dra nanaga araky ze natoron'i Hagay vo Zakaria tamin'gny faminania reo loholo Jiosy. Nasangan'ereo
araky gny lilin'gny Zagnaharin'Israely vo Kyrosy, Dariosy, vo Artasersesy, pazakan'i Persia zeho. [15]Dra vita gny
tragno tamin'gny andro fahatelon'gny vola Adara, tamin'gny tao fahaeny nanzakan'i Dariosy Pazaka.[16]Nakalaza
gny fanokana anizeho tragnon'Agnahary zeho tamin'gny fifalia gny vahoaky Israelita, reo pisoro, reo Levita, vo
reo sisa tamin'ireo babo. [17]Nanolosy agnomby zato, agnondry lahy zato, vo zanak'egnondry efazato ho an'gny
fanokana gny tragnon'Agnahary ereo. Osy lahy ro ambin'gny folo avo koa gny natolosy ho fagnatisy nohon'gny ota
ho an'Israely aby. [18]Nanendry reo pisoro vo Levita tamin'gny fizaran'asa ho an'gny fanopoa an'Agnahary ao
Jerosalema avo koa ereo araky gny voasorasy tao amin'gny Bokin'i Mosesy.[19]Vo reo ze boaky tagny an-sesitany dra
nakalaza gny Paska tamin'gny andro fahaefasy ambin'gny folon'gny vola volohany. [20]Reo pisoro vo gny Levita aby
dra nagnalio gny vatany dra namono gny soron'gny Paska ho an'ireo ze boaky tagny an-sesitany aby,
agnisan'izeho ereo.[21]Gny vahoaky Israelita ze nihina tamin'gny henan'gny Paska dra reo ze nihery boaky tagny
an-sesitany vo nagnasaraky gny vatany tamin'gny fahaloton'gny vahoakin'gny tany dra nitalia an'i Yaveh,
Zagnaharin'Israely. [22]Nakalaza tamin'gny fifalia gny Firavoravoan'gny Mofo sy misy masirasira nandrisy gny fito
andro ereo, akory i Yaveh dra fa nanday fifalia tamin'ereo dra nagnova gny fon'gny pazakan'i Asyria so
hapatazaky gny tagnan'ereo tamin'gny asan'gny tragnony,dra gny tragnon'gny Zagnaharin'Israely.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 7

[1]Vo tafaran'izeho, nandrisy gny nanzakan'i Artaksersesy pazakan'i Persia, dra niakasy boaky tagny Babylona i
Ezra. Reo razamben'i Ezra dra i Seraia, Azaria, Hilklay, [2]Saloma,Zadoka, Ahitoba, [3]Amaria, Azaria, Meraiota,
[4]Zerahia, OZy, Boky, [5]Abisoa, Finehasa, Eleazara, ze zanadahin'i Arona pisoronabe.[6]Niakasy boaky tagny Babylona
i Ezra izy dra panora-dalagna mahay soa gny lalagnan'i Mosesy, ze fa nomen'i Yaveh, Zagnaharin'Israely.
Nomen'gny pazaka anazy ze iaby nangatahay akory niahin'gny tagnan'i Yaveh izy. [7]Gny sasany tamin'ireo
taranak'Israely vo reo pisoro, Levita, pihiran'gny tepoly, piamby vavahady, vo reo ze nitendre hanopo tao an-
tepoly dra niaksy tagny Jerosalema avo koa tamin'gny tao fahafito ambin'gny folo nanzakan'i Artaksersesy
Pazaka.[8]Dra avy tagny Jerosalema tamin'gny vola fahadimy tanin'iho tao iho avo izy. [9]Niala tao babylona
tamin'gny andro volohan'gny vola volohany izy. Tamin'gny andro volohan'gny vola fahdimy gny nahaviany tagny
Jerosalema, akory niahin'gny tagnan'Agnahary izy.[10] I Ezra dra nametraky gny fony so hianasy, hagnatateraky, vo
hapianasy reo fisipiky vo reo lilin'gny lalagnan'i Yaveh.[11]Zeho gny lily ze nomen'i Artaksersesy pazaka an'i Ezra
pisoro sady panora-dalagnan'gny lily aman-dalagnan'i Yaveh ho an'Israely: [12]"Artaksersesy Pazakan'gny pazaka,
ho an'i Ezra pisoro, panoran-dalagnan'gny lalan'Agnahary gny lagnisy. [13]Zaho dra mandily fa gny olo aby boaky
agny Israely ao amin'gny fanzakako mindray amin'ireo pisoro vo reo Levitan'ereo ze magniry gny andeha ho
agny Jerosalema, dra afaky mindray aminiha.[14]Zaho, pazaka, vo reo panolosaiko fita, dra magniraky andrare aby
so hagnotany mahakasiky an'i Joda vo Jerosalema araky gny lalagnan'Agnahary, ze eo an-tagnaniha. [15]Sy mainsy
andesindrareo gny volafosy vo gny volamena ze fa natolod'ereo an-kalalaha tamin'gny Zagnaharin'Israely, ze
agny Jerosalema gny fonegnany. [16]Omeo an-kahalalaha gny volafosy vo gny volamena aby ze nomen'gny Babylona
aby nindray tamin'ize fa natolosy gny vahoaky vo reo pisoro an-kahalalaka ho an'gny tragnon'Agnahary agny
Jerosalema.[17]Dra miviliana agnomby, agnondry lahy vo zanak'agnondry, vo fagnatisy hohany vo fagnatisy inomy
maro be. Atolory eo amin'gny alitara ze ao amin'gny tragnon'gny Zagnahariniha agny Jerosalema ireo. [18]Reo
ambina volafosy vo volamena dra anaovy ze hitaniha fa soa ho aniha vo reo rahalahiniha, so hapifaly gny
Zagnhariniha.[19]Apetraho eo agnatrehany ho an'gny asa fanopoa ao amin'gny tragnon'Agnahariniha agny
Jerosalema reo raha ze nome aniha an-kalalaha. [20]Ze raha hafa aby ilay ho an'gny tragnon'gny Zagnahariniha
takianiha, dra alao ao amin'gny fitahirizan-drakisiko gny vilin'izeho.[21]Zaho, Artaksersesy Pazaka, dra manao lily
ho an'ireo pitahisy vola agny amin'gny Faritany Andafin'gny Ony, fa gny raha aby ze angatahin'i Ezra aminiha dra
tokony home manotolo, hatramin'gny taleta volafosy zato, vary zato kora, divay rato bata, vo dililo zato bata, [22]vo
koa sira sy misy fetrany. [23]Ze raha aby boaky amin'gny lilin'gny Zagnahary gny Lagnisy, dra ahivo mindray
amin'gny fanoloran-bata ho an'gny tragnony zeho. Fa nagnino gny hahoriany gny ho avy eo amin'gny fanzakako
vo reo zanako lelahy?[24]Apahafatarinay andreo gny mahakasiky aniha ze sy hitaky haba na hetra amin'ireo pisoro
aby, reo Levita, reo pitendry raha magneno, reo piamby vavahady , na eo amin'gny vahoaky nitendre ho
amin'gny asan'gny tepoly vo reo panopon'gny tragnon'izeho Zagnahary zeho.[25]Ry Ezra, amin'gny fahendre ze fa
nomen'Agnahary aniha, dra manendre pisara vo olo lalin-say hanopo reo vahoaky aby agny amin'gny Faritany
Andafin'gny Ony, dra hanopo gny olo ze mahafatasy gny lalagnan'Agnahariha. Mapianara reo ze sy mahay gny
Lalagna avo koa. [26]Sazio gny olo ze sy magneky tateraky gny lalagnan'Agnahary na gny lalagnan'gny pzaka, na
amin'gny fahafatesa, na fandroasa, fanagiaza gny fanagnan'ereo, na fagnagadra.[27]dera an'i Yaveh, Zagnahary gny
razansika, ze nametraky zeho iaby zeho tao am-pon'gny pazaka so hagnomezam-boninahisy gny tragnon'i Yaveh
agny Jerosalema, [28]vo ze nagnome gny faneke mahatoky taminahy teo agnatrehan'gny pazaka, reo panolo-sainy,
vo reo manam-pahefany mahery aby. Fa napatanzaha tamin'gny alalan'gny tagnan'i Yaveh Zagnahariko zaho, dra
namory pitariky boaky amin'Israely so hindray aminahy.

## Chapter 8

[1]ahoky aby reo pitariky gny fianakavian'gny razamben'ereo ze nanenga an'i Babylona niaraky taminahy nadrisy
gny fanzakan'i Artaksersesy. [2]Amin'gny taranak'i Finehasam dra i Gersona. Amin'gny taranak'i Itamara, dra i
Daniela. Amin'gny taranak'i Davida, dra i Hatosy, [3]ze boaky amin'gny taranak'i Sekania, ze boaky amin'gny
taranak'i Parosy; vo Zakaria, dra nisy lelahy 150 voatanisa tao amon'gny rakisy gny tetiarany nindray taminazy.
[4]Amin'gny taranak'i Pahata-moaba, dra Elihoenay zanadahin'i Zerahia vo nindray taminazy dra nisy ronzato lahy.
[5] Amin'gny taranak'i Sekania, dra Beni-Jahaziela vo nindray taminazy nisy telonzato lahy. [6]Amin'gny taranak'i
Adina, dra Edeba zanadahin'i Jonatana vo nindray taminazy nisy dimampolo lahy voatanisa. [7]Amin'gny taranak'i
Elama, dra Jesaia zanadahin'i Atalia vo nindray taminazy nisy fitopolo lahy voatanisa.[8]Amin'gny taranak'i Sefatia,
dra Zebadia zanadahin'i Mikaela dra nindray taminazy nisy valopolo lahy voatanisa. [9]Amin'gny taranak'i Joaba,
dra Obadia zanadahin'i Jehiela dra nindray taminazy nisy 218 lahy voatanisa. [10]Amin'gny taranak'i Selomita
zanak'i Josifia dra nisy 160 lahy voatanisa nindray taminazy. [11]Amin'gny taranak'i Bebay, dra Zakaria zanadahin'i
Bebay dra nisy valo amby ropolo lahy voatanisa nindray taminazy.[12]Amin'gny taranak'i Azgada, dra Johanana
zanadahin'i Hakatana dra nisy 110 lahy voatanisa nindray taminazy. Reo ze boaky amin'gny taranak'i Adonikama
gny avy taty afara. [13]Tahoky aby gny agnaran'ereo: Elifeleta, Jeiela, Semaia, vo nindray tamin'ereo nisy enipolo
lahy. [14]Amin'gny taranak'i Bigvay, dra Otahy vo Zaboda dra nisy fitopolo lahy voatanisa nindray taminazy.
[15]Navoriko reo pandeha tao amin'gny lakan-drano ze magnagny Ahva, dra nitoby hateloa teo zahay. Nagnadihady
gny vahoaky vo reo pisoro zaho, fe sy nahita taranak'i Levy tao mihisy.[16] Dra napitoka an'i Eliezera, Ariela,
Semaia, Elnatana, Jariba, vo Elnatana vo Natana, Zakaria, vo Mesolama--- ze pitariky--- dra an'i Joariba vo
Elnatana--- ze papianasy zaho.[17]Magnaraky zeho dra nirahiko ho agny amin'Ido, pitariky agny Kasifia ereo.
Nambarako andreo ze ho zaka amin'Ido vo reo havany, reo panopon'gny tepoly mitoboky agny Kafisia, dra gny, so
handefasa panopo ho an'gny tragnon'Agnahary ho aminay atiky.[18]Dra nandefa lelahy raiky tokavy ho Serebia,
lelahy malina taminay tamin'gny tagna soan'Agnaharinay ereo. Izy dra taranak'i Maly zanadahin'i Levy
zanak'Israely.[19] Avy nindray tamin'gny zanadahy vo rahalahy valo amin'gny folo izy. Avy nindray tamin'i Hasabia.
Nisy an'i Jesaia, raiky amin'ireo zanadahin'i Merary, nindray tamin'ireo rahalahiny vo gny zanadahin'ereo avo
koa ereo, ropolo lahy gny fitambarany. [20]Amin'ireo ze nitendre hanopo ao an-tepoly, ze nomen'i Davida vo reo
manam-boninahiny so hanopo an'ireo Levita dra: 220, samby nitendre tamin'gny agnarany aby.[21]Dra nagnambara
fifadian-kany tao amin'gny Lakan-drano Ahava zaho so hagnetry gny vatanay eo agnatrehan'Agnahary, so hitalia
lala-mahisy boaky Aminazy ho anay, gny zaza madinikinay, vo reo fanagnanay aby. [22]Megnasy gny hangataky
tafiky na pitikisy sovaly tamin'gny pazaka so hiaro anay amin'ireo fahavalo tagny an-dala zaho, akory fa nizka
tamin'gny pazaka zahay ho: 'Gny tagnan'Agnaharinay dra eo amin'gny iaby ze mitalia Anazy amin'gny soa, fa hny
heriny vo gny hahoriany dra eo amin'gny iaby ze magnligno Anazy.' [23]Dra nifady hany sady nitalia an'Agnahry
mahakasiky anizeho zahay, dra niangavy taminazy.[24]Magnaraky anizeho dra nifanty lelahy ro ambin'gny folo
amin'ireo manam-boninahisy gny fisorona zaho: Serebia, Hasabia, vo folo tamin'gny rahalahin'ereo. [25]Nandaza
volafosy, volamena, vo raha vo fagnatisy ho an'gny tragnon'Agnahary ze natolosy gny pazaka, reo panolo-sainy vo
manam-boninahiny, vo reo ze natolosy gny Israely aby maimaim-poa ho anazy zaho.[26]Dra nandanza taleta
volafosy 650, taleta raha volafosy zato, taleta volamena zato, [27]lasety volamena ropolo ze nisanda darika arivo, vo
fanaky saba ro nangira ro soa ze sarobidy manahaky gny volamena teo am-pelantagnan'ereo zaho.[28]Dra ho zaho
tamin'ereo ho: 'Natoka ho an'i Yaveh handrareo, vo tahoky raha tahoky avo koa, vo gny volafosy vo gny volamena
dra fagnati-sitrapo ho an'i Yaveh, Zagnahary gny razambendrareo. [29]Embeno reo dra tandremo mandra-
panzandrareo zeho eo agnatrehan'gny manam-boninahisy gny fisorogna, Levita, vo reo pitariky gny fokon-
drazan'Israely agny Jerosalema ao amin'ireo efisy gny tragnon'Agnahary." [30]Nagneky gny volafosy, volamena, vo
reo raha voalanza reo pisoro vo reo Levita so handay anizeho agny Jerosalema, ao an-tragnon'gny Zagnaharinay.
[31]Niboaky boaky tao amin'gny Lakan-dranon'i Ahava zahay tamin'gny andro faharo ambin'gny folon'gny vola
volohany so handeha ho agny Jerosalema. Teo aminay gny tagnan'gny Zagnaharinay; niaro anay tamin'gny
tagnan'gny fahavalo vo reo olo ze nagniry gny hanafiky anay tapoky tegny an-dala Izy. [32]Dra nilisy tagny
Jerosalema zahay dra nitoesy tao nandrisy gny hateloa.[33]Vo tamin'gny andro fahaefasy dra nilanzay tao an-
tragnon'gny Zagnaharinay teo an-tagnan'i Meremota zanadahin'i Oria pisoro gny volafosy, volamena, vo reo raha,
dra nidray taminazy Eleazara zanadahin'i Finehasa, Jozabada zanadahin'i Jesoa, vo Noadia zanadahin'i Biony gny
Levita. [34]Voafarisy gny isa vo gny lanzan'gny raha aby. Nisorata aby gny Lanza aby tamin'izeho fotoa zeho.[35]Reo
olo ze nihery boaky amin'gny fahbaboa, gny olo voasesy tagny, dra nanolosy fagnatisy oroa ho an'gny
Zagnaharin'Israely: agnomby ro ambin'gny folo ho an'Israely aby, Agnondry lahy eny amby sivifolo,
zanak'agnondry fito amby fitopolo, vo aosy ro ambin'gny folo ho fagnatisy nohon'gny fahota. Fagnatisy oroa ho

an'i Yaveh reo iaby reho.[36] Dra nomen'ereo ho an'ireo manam-boninahisy gny pazaka ambony vo reo governora tagny amin'gny Farisy Andafin'gny Ony gny lalagnal'gny pazaka, dra nagnapy gny vahoaky vo gny tragnon'Agnahary ereo.

## Chapter 9

[1]Nofa vita reho raha reho, dra nagnato anahy rei manam-pahefa dra nanao ho: "Gny vahoakin'Israely, reo pisoro,
vo reo Levita dra sy nagnasaraky gny vatan'ereo tamin'ireo olo boaky agny an-tany hafa vo gny fahavetavetany:
dra reo Kananita, Hitita, Perizita, Jebosita, Amonita, Moabita, Egyptiana vo Amorita.[2] Fa nalan'ereo gny sasany
tamin'ireo zanany apela vo zanany lelahy, dra nafangaron'ereo tamin'gny vahiny gny vahoaky masy, dra reo
manam-pahefa vo reo pitariku gny volohany tamin'izeho sy fahatokia zeho."[3]Nofa nahare anizeho zaho, dra
nandrovisy gny fitafiako vo gny akazo lavako dra nagnombosy gny volon-dohako vo gny volom-bavako, dra
nitoboky, torotoro. [4]Reo aby ze nangorohoro tamin'gny zakan'Agnaharin'Israely mahakasiky anizeho sy fahatokia
zeho dra nivory teo aminahy no igny nitoboky am-pahamegnara hatramin'gny fagnatisy hariva igny zaho.[5]Fa
tamin'gny fagnatisy hariva dra niary boaky tamin'gny toeran'gny fahafaham-barakako tamin'gny fitafiako vo gny
akazo lavako rovisy, dra nandohaliky dra namelasy gny tagnako amin'i Yaveh Zagnahariko. [6]Ho zaho ho:
"Zagnahary o, megnasy sady mangahiahy gny hanondrosy gny tarehiko eo aminiha zaho, fa miakasy mihoasy
gny lohanay gny helokinay, vo gny fahamelohanay mihobo hatragny an-dagnisy.[7]Nanomboky tamin'gny
andron;gny razambenay mandraka'androany dra tao agnaty fahameloha lahibe zahay. Tao agnatin'gny helokinay
zahay, reo pazakanay, vo reo pisoronay gny nanolosy ho eo an-tagnan'ireo pazakan'itiky zoa totolo izao tiky, ho eo
amin'gny mesa, ho eo amin'gny fahababoa, ho eo amin;gny babo vo gny tarehy mangahiahy, manahaky anay
androany.[8]Amizao se tao agnaty fotoa fohiky, dra avy taminay gny indrafo boaky amin'i Yaveh Zagnaharinay so
hanenga sisa velo eo aminay dra hagnome anay fifikira eo amin'gny fitoerany masy. An'gny Zagnaharinay gny
magnazava gny masonay vo magnome fiatoa keliky amin'gny fagnandevoza anay.[9] Fa andevo zahay, fe sy
nagnaligno anay gny Zagnaharinay fa nanitasy gny faneke mahatoky taminay. nanao anizeho tao amason'gny
pazakan'o Persia Izy so hagnome hery vao ho anay, so hafahanay magnory gny tragnon'gny Zagnaharinay ndriky
dra hananga gny faharavany. Nanao anizeho Izy so hagnomeza fefy ferova ho anay ao Joda vo Jerosalema.[10]Fa
amizao koa, ry Zagnaharina, ino gny azaonay ambara afaran'izao? Nagnaligno reo liliniha zahay, [11]dra gny lily ze
nomeniha reo paminany panoponiha, nofa nizaka Hanao ho: "Tihoky tany ze hilirandrareo ho fanagnandrareo
tihoky dra tany maloto. Voaloton'gny olon'istiky tany tiky tamin'gny fahavetavetan'ereo zeho. Nifenon'ereo gny
fahaloton'ereo hatragny amin'gny ilany raiky dra hatragny amin'gny hafa zeho. [12]Amizao se, ka ome gny
zanak'ereo lelahy vo gny zanakereo apela; ka mangalaky gny zanak'ereo apela ho an'gny zanadahindrareo, vo ka
mitalia fihavagna na fagnapia amin'ereo, so hatazaky handrareo dra hihina gny soa boaky amin'gny tany, dra
hahavy gny zanandrareo ho tampon'izeho amin'gny fotoa aby."[13]Ry Yaveh, Zagnaharin'Israely, mary Hanao, fa
masaiky zahay gny sisa velo amin'izao androany zao. Ingo! Tahoky zahay eto agnatrehaniha amin'gny
fahamelohanay, fa sy misy afaky hizoro eo agnatrehaniha nohon'gny amin'izeho. [14]tokony handika reo liliniha
ndraiky se zahay dra hifanambaly amin'ireo vahoaky vetaveta reo? Sy ho ory se hanao dra handripaky anay so sy
hisy ho tavela, sy hisy raiky ho tafilefa?[15]Ry Yaveh, Zagnaharin'Israely, mary Hanao, fa masaiky zahay gny sisa
velo amin'izao androany zao. Ingo! Tahoky zahay eto agnatrehaniha amin'gny fahamelohanay, fa sy misy afaky
hizoro eo agnatrehaniha nohon'gny amin'izeho.

## Chapter 10

1No bo nivavaky vo nieky heloky i Ezra, dra nitomagny izy dra niankohoky teo agnoloan'gny tragnon'Agnahary.
Lelahy Israelita, zaza amin'apela maro be gny nitangoro teo aminazy, fa nitomagny fatrasy dra fatrasy reo olo.2
Ho i Sekania zanadahin'i Jehiela taranak'i Elama tamin'i Ezra ho: " Fa sy nahatoky tamin'Agnaharinay zahay dra
nanambaly reo apela hafa firene baoky tamin'gn vahoakin'ireo tany hafa. Fe ndre dra eo aza zeho, dra bo misy
fagnatena ho an'Israely.3Dra aoky zahay ghanao fifaneke amin'gny Zagnaharinay so handroaky reo apela aby vo
reo zanany araky reo toromariky gny Tomp vo gny toromarik'ireo ze nihorohoro tamin'ireo lilin'Agnaharisika,
dra aoky zeho ho tateraky araky gny lalagna. 4Misangana, fa zeho raha zeho dra ho taterahiniha, vo zahay dra
mindray aminiha, Mahereza dra ahivo zeho."5Dra nisanga i Ezra dra nasany napagnategna reo manam-
boninahisy gny fisorogna, reo Levita, vo gny Israely aby so hanao sahala anizeho. Koa dra nanao fifata
magnetriketriky izy aby.6 Bokeo nisanga boaky teo agnoloan'gn tragnon'Agnahary i Ezra dra nandeha tao
amin'gny efis'i Johanana zanadahin'i Eliasiba. Sy bo nihina mofo na nino rano izy, akory nandala gny
hakelikin'gny finoan'ireo ze fa tao amin'gny fahbaboa izy.7Dra nandefa zaka tagny Joda vo Jerosalema ho an'ireo
olo nihery boaky tagny an-sesitany ereo so hivory ao Jerosalema. 8Ze iaby sy avy tao agnatin'gny telo andro araky
reo toromariky boaky amin'ireo manam-pahefa vo loholo dra nala tamin'ereo gny fanagnan'ereo aby sady nala sy
ho ao amin'gny fikambanam-ben'ireo ze nihery boaky agny an-sesitany.9Dra nivory tao Jerosalema nandrisy gny
telo andro gny lelahy boaky agny Joda vo Benjamina aby. Zeha dra tamin'gny vola fahasivy vo tamin'gny andro
faharopolon'gny vola. Nizoro teo amin'gny kianza malalaky nagnoloa gny tragnon'Agnahary gny olon'aby sady
nangitakitaky noho gny zaka vo gny ora. 10Nisanga i Ezra pisoro dra nizaka ho: "Fa namadiky handareo.
Nanambaly reo apela hafa firene handrareo dra napitombo gny helok'Israely.11Fa amizao dra miansa an'i Yaveh,
Zagnaharin'ireo razambendrareo, dra ahivo gny sitrapony. Misaraha amin'gny olo tompon-tany vo amin'ireo
apela hafa firene."12Namaly tamin'gny feo abo gny fivondrogna aby ho: "Hanao araky ze nizakaniha zahay.13 Ndre
zeho aza, maro reo olo, vo vanim-potoan'gny ora zeho. sy mana hery hizoro etiky ivelany zahay, vo zeho dra sy
asa raiky na ro andro avo, akory fa nanao heloky lahibe tamin'izeho raharaha zeho zahay.14Dra aoky gny
panapakay hisolo-vata gny fiangona aby. Aoky ze nanenga reo apela boaky amin'gny firene hafa hitoboly
amin'gny tanasika ho avy amin'gny fotoa ze ho tondro mindray amin'ireo loholon'gny tana vo reo pisara ao
amin'gny tana mandra-pialan'gny firehetan'gny hahorian'gny Zagnaharisiska amisika." 15Nanohisy anizeho i
Jonatana zanadahin'i Asahela vo Jahaza zanadahin'i Tikva, dra nanoha andreo i Mesolama vo Sabetahy Levita.
16Dra nanao anizeho reo olo nihery baoky tagny an-sesitany. Ezra pisoro dra nifily reo lelahy, reo pitariky tao
amin'ireo foko vo fianakavian'ireo razamben'ereo--- tamin'gny agnaran'izy aby, dra nandiniky gny raharaha
tamin'gny andro volohany tamin'gny fahafolon'gny vola ereo. 17Tamin'gny andro volohany tamin'gny vola
volohany dra nahavita namatasy ze lelahy nindray nitoboky tamin'gny apela hafa firene ereo.18Nisy tamin'ireo
taranak'ireo pisoro gny nanambaly apela hafa firene. Tamin'gny taranak'i Jesoa zanadahin'i Jozadaka vo reo
rahalahiny dra nisy an'i Mahaseia, Eliezera, Jariba, vo Gedalia. 19Koa dra tapa-kevisy gny handroaky reo valiny
ereo. Akory meloky ereo, dra nanolosy agnondry lany tamin'ireo agnondriny ereo nohon'gny helok'ereo.
20Tamin'ireo taranak'Imera dra: i Hanany vo Zebadia. 21Tamin'ireo taranak'i Harima: i Mahaseia, Elia, Semaia,
Jehiela, vo Ozia. 22Tamin'ireo taranak'i Pasora: i Elioenay, Mahaseia, Ismaela, Netanela, Jozabada, vo Elasa.
23Tamin'ireo Levita dra: i Jozabada, Simey, Kelaia--- zay, Kelita, Petahia, Joda. 24Tamin'ireo pihira: i Eliasiba.
Tamin'ireo piamby vavahady dra: i Saloma, Talema, vo Ory. 25Tamin'ireo Israelita sisa--- tamin'ireo taranak'i
Parosa dra: i Ramia, Jizia, Malkia, Miamina, Eleazara, Malkia, vo Benaia.26Tamin'ireo taranak'i Elama dra: i
Matania, Zakaria, Jehiela, Abdia, Jeremota, vo i Elia. 27Tamin'ireo taranak'i Zato dra: i Elioenay, Eliasiba, Matania,
Jeremota, Zabada, vo Aziza. 28Tamin'ireo taranak'i bebay dra: i Johanana, Hanania, Zabay, vo Atlay. 29Tamin'ireo
taranak'i bany dra; i Mesolama, Maloka, Adaia, Jsoba, vo Seala Jeremota.30Tamin'gny taranak'i Pahata Moaba dra:
i Adna, Kelala, Benaia, mahaseia, Matania, bezaiela, Binoy, vo Manase. 31Tamin'gny taranak'i Harima dra; i
Eliezera, Jisia, Malkia, Semaia, Simeona, 32Benjamina, Maloka, vo Semaria.33Tamin'gny taranak'i Hasona dra: i
Matenay, Matata, Zabada, Elifeleta, Jeremay, Manase, vo Simey. 34Tamin'gny taranak'i Bany dra: i Maday, Amrama,
Oela, 35Benaia, Bedeia, Keloho, 36Vania, Meremota, Eliasiba.37Matania, Matenay, vo Jasao. 38Tamin'gny taranak'i
Binoy dra: i simey, 39Selemia, Natan,adaia, 40Maknadebay, Sasay, Saray,41Azarela, Selemia, Semaria, 42Saloma,
Amaria, vo i Josefa. 43Tamin'gny taranak'i Nebo dra: i Jeiela, Matitia, Zabada, Zebina, Ido, Joela, vo Benaia. 44Reho
aby reho dra nanambaly apela hafa firene dra nanan-zanaku tamin'gny sasany tamin'ereo.

# Nehemiah

Chapter 1

[1]Gny zakan'i Nehemia zanah'i Hakalia: tamin'gny vola Kisleo, tamin'gny tao fahapolo, no bo tao amin'gny feroa
fatrasin'i Sosa zaho, [2]dra nisy raiky tamin'ireo rahalahiko, i Hanany, gny avy nindray tamina olo maromaro boaky
agny Joda, dra nagnotany andreo mahakasiky reo Jiosy ze tafilefa, vo reo Jiosy sisa tavela tagny, vo mahakasiky
an'i Jerosalema zaho.[3]Ho ereo taminahy ho: "Reo ze tafaboaky velo tamin'gny fahababoa agny amin'gny faritany
dra agnaty fangorohoroa vo fahafaham-baraka lahibe akory vaky niroda gny fefin'i Jerosalema, sady voaoro
tamin'gny afo gny vavahadiny."[4]Vantany vo nahare reo zaka reo zaho, dra nitoboky dra nitomagny , dra nalahelo
vo nifady hany sady nivavaky tamin'gny Zagnahary gny lagnisy hatragny zaho nandrisy gny andro maro. [5]Dra ho
zaho ho: "Hanao gny Yaveh, Zagnahary gny lagnisy, gny Zagnahary lahibe sady mahalasa, ze nita gny faneke vo
mita gny fitiava ho an'ireo ze tia Anazy sady mitandry reo liliny.[6]Tenoy gny fivavahako dra sokafy gny masoniha,
so haharezaniha gny vavaky gny panoponiha ze hivavahako eo agnatrehaniha andro aman'aly ho an'gny
vahoakin'Israely panoponiha amizao. Mieky gny fahotan'gny vahoakin'Israely, ze nanotanay taminiha zaho. Zaho
vo gny hasaveregnan-drako dra samby nanota. [7]Nanao ze vatany rasy taminiha zahay, dra sy nitandry reo lily, reo
lalagna,vo reo fisipiku ze nandilianiha an'i Mosesy panoponiha.[8]Bo sarovy ra gny zaka ze nandilianiha an'i
Mosesy panoponiha ho: "No sy mahatoky handrareo, dra ho aparitako egny amin'ireo firene,[9] fa no mihery
aminahy handrareo sady magnaraky gny liliko dra manao anizeho, ndre dra niely tany ambanin'gny lagnisy
indrindra aza gny vahoakiko, dra hamory andreo boaky agny Zaho dra handay andreo agny amin'gny toera ze
nofiliko hapitoboha gny agnarako.[10]Vo gny panoponiha vo oloniha ereo, ze navotaniha tamin'gny heriniha lahibe
vo gny tagnaniha mahery. [11]Yaveh o, Mitalaho aminiha zaho, tenoy ra gny vavaky gny panoponiha ze magnaza
gny agnaraniha fatrasy. Dra ambigno gny panoponiha androany, dra hiantrao eo amason'iho lelahy iho izy." Fa
nanopo ho panday kapoaky teo amin'gny pazaka zaho.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 2

[1]Tamin'gny volan'i Nisana, tamin'gny faharopolo tao nanzakan'i Artaksersesy pazaka, dra nisafily divay izy, dra
nangalaky gny divay dra nagnome anizeho ho an'gny pazaka. Dra sy bo nalahelo teo amin'gny fagnatrehany
mihisy zaho.[2] Fa ho gny pazaka taminahy ho: "Nagnino gny tarehiniha gny malahelo be? Fe sy hita mararyy se
hanao. Mety alahelo ao Am-po zeho." Dra nizary natahosy fatrasy zaho.[3]Ho zaho tamin'gny pazaka ho: "Ho velo
mandrakizay ra gny pazaka! Nagnino gny tarehiko gny sy tokony halahelo? Gny tana, gny toeran'gny fasan-
drazako, dra rava, vo reo vatrangarany dra potiky gny afo."[4]Dra ho gny pazaka taminahy ho: "Ino gny tianiha
hahiko?" Dra nivavaky tamin'gny Zagnahary gny lagnisy zaho. [5]Namaly gny pazaka zaho ho: "No soa amin'gny
pazaka zeho, vo no nanao gny soa teo amasoniha gny panoponiha, dra afaky hirahiniha ho agny Joda zaho, agny
amin'gny tanan'ireo fasan-drazako, so hahafahako mapihery mananga anizeho." [6]Dra namaly anahy gny pazaka
(dra nitoboky teo agnilany koa gny pazaka vavy) ho: "Hafiria gny andehananiha dra ombia hanao gny hihery?"
Sitraky gny pazaka gny nandefa anahy nofa nagnome reo datin'andro taminazy zaho.[7]Boakeo dra ho zaho
tamin'gny pazaka ho: " No sitraky gny pazaka, dra aoky hisy taratasy home anahy ho an'ireo governora agny
amin'gny Faritany Andafin'gny Ony mbo hagnomezan'ereo anahy alala handeha amin'gny fari-tanin'ereo
amin'gny lalako magnagny Joda.[8]Aoky avo koa hisy taratasy ho an'i Asafa piamby gny alan'gny pazaka, mbo
hagnomezany anahy hazo hanaova andry ho an'ireo vavahadin'gny ferova fatrasy agnilan'gny tepoly, vo ho
an'gny fefin'gny tana, vo ho an'gny tragno ze honegnako." Akory tato aminahy gny tana soan'i Yaveh, dra
nahin'gny pazaka reo fangatahako.[9]Dra avy tagny amin'ireo governora agny amin'gny Faritany Andafin'gny Ony
zaho dra nagnome reo taratasin'gny pazaka andreo. Vo gny pazaka nandefa manam-boninahisy gny tafiky vo
pitikisy sovaly nindray taminahy.[10]No fa ren'i Sanbala Horonita vo Tobia Amonita panopo zay, dra ory fatrasy izy
akory nisy olo avy zay nitalia hagnapy gny vahoakin'Israely.[11]Noho zay dra avy tagny Jerosalema zaho dra tagny
nadrisy gny telo andro.[12]NIfoha zaho gny hariva, zaho vo lelahy masaiky nindray taminahy. Sy nizako tamin'ia
n'ia ze napetrakin'Agnahary tao am-poko mbo ho ahy ho an'i Jerosalema. Sy nisy biby nindray taminahy, ankoasy
gny raiky ze nitikirako.[13]Nandeha niboaky tamin'gny Vavahadin'gny Lohasaha zaho gny hariva, tandrifin'gny
Loharanon'gny Amboahaolo vo gny Vavahadin-Jezika, dra nagnara-maso an'ireo fefin'i jerosalema, ze fa rava, vo
reo varavaran-kazo dra ravan'gny afo.[14]Boakeo dra nagnagny amin'gny Vavahadin-Doharano vo gny Farihin'gny
Pazaka zaho. Tery loasy ho an'gny biby zay nitikirako gny handeha amin'gny toera.[15]Noho zay dra niakasy gny
lohasahan-driaky zaho gny hariva dra nagnara-maso gny fefy, dra nihery vo nilisy teo amin'gny Vavahadin'gny
Lohasahan-driaky, vo nihery.[16]Sy fatan'ireo panapaky ze nandehanako na zye nahiko, dra sy mbo nizaka reo Jiosy
zaho, ndre reo pisoro, ndre reo manan-kaza, ndre reo panapaky, ndre reo sisa ze nanao asa.[17]Ho zaho tamin'ereo
ho: "Hitandrareo gny loza ze mahazo asika, gny hitoeran'i Jerosalema ao agnaty faharava vo gny vavahadiny ze
ravan'gny afo. Ndao, ndao sika hapihery hananga gny fefin'i Jerosalema, so sy ho ao agnatin'gny fahafaham-
baraka sasy sika." [18]Nizakako andreo fa teo aminahy gny tagna soan'Agnahary vo gny mahakasiky gny zakan'gny
pazaka ze nizaka taminahy. Ho ereo ho: " Aoky sika hisondrosy dra hagnory." dra nihatazahin'ereo ho an'gny asa
soa gny tagnan'ereo.[19]Fa nofa ren'i Sambala Horonita, vo Tobia Amonita panopo, vo Gesema Arabo gny
mahakasiky anizeho, dra nagneso sady nangala baraka anay ereo, dra ho ereo ho: 'Ino ahindrareo tihoky?"
Mikomy hanohisy gny pazaka se handrareo?" [20]Dra namaly andreo zaho ho: "Hagnome fahombiaza anay gny
Zagnahary gny lagnisy, Panopony zahay dra hisanga vo hagnory zahay. Fe handrareo sy mana anzara, na rariny,
vo fifandresa amin'gny tatara ao Jerosalema."



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 3

[1]Dra nisanga nindray tamin'ireo pisoro rahalahiny i Eliasiba pisorombe, dra nagnamboasy gny
Vavahadin'Agnondry ereo. Natokan'ereo zeho dra natobokiny tamin'gny toerany gny vatrangarany. Natokan'ereo
hatragny amin'gny Tilikambon'gny Zato lahy dra hatragny amin'gny Tilikambon'i Hananela zeho. [2]Tafarany gny
niasa gny olon'i Jeriko, dra niasa tafaran'ereo i Zakora zanadahin'i Imry.[3]Namboarin'ireo zanadahin'i Hasena gny
Vavahadin'gny hazandrano. Nanao andry ho an'izeho ereo, dra nametraky gny vatragnarany, gny hiliny, vo gny
barany.[4] Vo Meremota gny nagnamboasy gny farisy nagnaraky anizeho. Izy dra zanadahin'i Oria zanadahin'i
Hakoza. Tafaran'ereo gny nagnamboasy i Mesolama. Izy dra zanadahin'i Berekia zanadahin'i Mesezabela.
[5]Tafarn'ereo gny nagnamboasy i Zadoka. Izy dra zanadahin'i Bana. Tafaran'ereo gny Tekoita gny nagnamboasy, fa
sy nagneky hanap gny asa napanovin'gny pagnara-maso anazy gny pitarik'ereo.[6]joiada zanadahin'i Pasa vo
Mesolama zanadahin'i Besodia gny nagnamboasy gny Vavahady Taloha. Nanao andry ho an'izeho ereo, dra
nametraky gny vatrangarany, gny hiliny, vo gny barany. [7]Tafaran'ereo i Melatia Gibeoonita vo jadona Meronotita,
ze olon'i Gibeona vo Mizpa gny nanao fagnamboara teo amin'gny farisy nitobohan'gny governoran'gny Faritany
Tandrifin'gny Ony.[8]Oziela zanadahin'i haraia gny teo agnilany, raiky amin'ireo panefy volamena, gny
nagnamboasy, vo teo agnilany i Hanania, ze panao ranomagnisy. Naherin'ereo namboary i Jerosalema hatragny
amin'gny Rindry lahibe. [9]Marin'ereo teo i refaia zanadahin'i Hora gny nagnamboasy. Izy gny panapaky gny
ansasaky gny distrikan'i Jerosalema. [10]Tafaran'ereo dra Jedaia zanadahin'i Haromafa gny nagnamboasy gny teo
agnilan'gny tragnony. Tafarany dra Hatosy zanadahin'i Hasabnia gny nagnamboasy.[11]Malkia zanadahin'i harima
vo Hsoba zanadahin'i Pahatamoaba dra nagnamboasy farisy hafa magnaraky gny Tilikambon'gny Fatana.[12]
Tafaran'ereo dra i Saloma zanadahin'i Halohesy, ze panapaky gny ansasaku gny distrikan'i Jerosalema, dra
nagnamboasy, nindray tamin'ireo zanany apela.[13]Hanona vo reo ponin'i Ziona dra nagnamboasy gny
Vavahadin'gny Lohasaha. Naherin'ereo naory zeho sady napetreny gny vatrangarany, gny hiliny, vo gny barany.
Nagnamboasy mira arivo hakiho hatragny amin'gny Vavahadin-zeziky ereo.[14]Malkia zanadahin'i Rekaba,
panapaky gny distrikin'i Beti-Hakerema, gny nagnamboasy gny Vavahadin-Zeziky. Izy gny nagnamboasy anizeho,
dra nametraky gny vatrangarany, gny hiliny, vo gny barany. [15]Saloma zanadahin'i Kola-Hoze, panapaky gny
distrikin'i Mizpa, gny napihery nagamboasy anizeho, dra nandrakosy anizeho vo nametraky gny vatrangarany,
gny hiliny, vo gny barany. Izy avo koa gny napihery nagnamboasy gny fefin'gny Farihin'o Siloa ze teo marin'gny
zaridain'gny pazaka, hatragny amin'gny tohasy mizoso magnagny amin'gny tanan'i Davida.[16]Nehemia zanadahin'i
Azboka, panapaky gny ansasaky gny distrikin'i Beti-Zora, dra nagnamboasy teo amin'gny toera mandalo eo
amin'gny fasan'i Davida, hatragny amin'gny farihy nahin'olombelo, dra hatragny amin'gny tragnon'ireo olo
mahery. [17]Tafarany dra Levita gny nagnamboasy, ao agnatin'izeho i Rehoma zanadahin'i Bany, dra nagnaraky
anazy, Hasabia, gny panapaky gny ansasaky gny distrikin'i Keila, ho an'gny distrikiny.[18]Nagnamboasy teo agnilany
gny ponin'ereo, tao agnatin'izeho i Bavay zanadahin'i Henadada, panapaky gny ansasaky gny distrikin'i Keila.
[19]Tafarany, dra Ezera zanadahin'i Jesoa, panapaky tao Mizpa, gny nagnamboasy farisy hafa nagnoloa gny fiakara
magnagny amin'gny tragno fitahiriza fitovam-pialia teo an-zoron'gny fefy.[20]Teo agnilany dra nanolo-bata
nagnamboasy farisy hafa i Baroka zanadahin'i Zabay, boaky eo amin'gny zoron-drindry hatragny amin'gny
vatrangaran'i Eliasiba pisoronabe. [21]Nagnamboasy farisy hafa marininy teo i Meremota zanadahin'i Oria zanak'i
Hakoza, boaky eo amin'gny vatrangaran-tragnon'i Eliasiba dra hatragny amin'gny faran'gny tragnon'i Eliasiba.
[22]Tafarany dra reo pisoro,lelahy boaky amin'gny farisy magnodidy an'i Jerosalema, gny nagnamboasy.
[23]Tafaran'ereo dra Benjamina vo Hasoba gny nagnamboasy nanandrify gny tragnon'ereo manoka. [24]Tafarany i
Binoy zanadahin'i Henadada dra nagnamboasy farisy hafa, boaky eo amin'gny tragnon'i Azaria hatragny
amin'gny zoron'gny fefy.[25]Palala zanadahin'i Ozay dra nagnamboasy gny magnoloa gny zoron'gny fefy vo gny
tilikambo ze mitohy miakasy boaky eo amin'gny tragno abon'gny pazaka eo amin'gny tokotanin'gny piamby.
Pedaia zanadahin'i Parosy gny nagnamboasy teo agnilany. [26]Vo reo panopon'gny tepoky nitoboky tao Ofela dra
nagnamboasy hatreo amin'gny tandrifin'gny Vavahadin-dRano asimon'gny tilikambo lahibe. [27]Nagnaraky anazy
dra nagnamboasy farisy hafa gny Tekoita ze tandrifin'gny tilikambo lahibe hatragny amin'gny fefin'i Ofela.[28]Reo
pisoro dra nagnamboasy gny teo ambonin'gny Vavahadin-sovaly, ze tandrifin'gny tragnon'gny kiraikiraiky.
[29]Nagnamboasy gny farisy hafa tandrifin'gny tragnony teo agnilan'ereo i Zadoka zanadahin'Imera. Dra
nagnamboasy teo agnilany i Semaia zanadahin' Skania, piamby vavahady asinagna. [30]Nagnamboasy farisy hafa
teo agnilany i Hanania zanadahin'i Selemia, vo Hanona gny zanadahy fahaenin'i Zalafa. Nagnaraky anazy i
Mesolama zanadahin'i Berekia ze nagnamboasy gny tandrifin'gny efitragnony.[31]Teo agnilany i Malkia,raiky
amin'ireo panefy volamena, ze nagnamboasy gny fasangen'gny panopo an-tepoly vo reo pivarosy ze tandrifin'gny


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Vavahady Fanendre vo gny efitragno ambony teo an-zorony.[32] Reo panefy volamena vo reo pivarosy dra nagnambosy gny teo agnelagnelan'gny efitragno ambony teo an-zorony vo gny Vavahadin'Agnondry.

## Chapter 4

1 Vo nofa ren'i Sambala fa nananga gny fefy zahay, dra nirehisy tao agnatiny zeho dra nisafoaky gny hahoria izy
dra nagnamavo gny Jiosy. 2 Ho ereo teo agnatrehan'ireo ahalahiny vo gny tafik'i Samaria: "Fa ino tihoky ahin'ireho
Jiosy kanosa reho? Hapihery gny tana ho andreo se ereo? Hanolosy soro se ereo? Ho vitan'ereo ao agnatin'gny
raiky andro se gny asa? Hamelo reo vato boaky amin'ireo korotam-bato fa noroa ndraiky se ereo? 3 Tobia Amonita
dra nindray taminazy, dra ho izy ho: "No bo nisy amboahaolo moa niaksy teo amin'ize asangan'ereo, dra
handroda gny fefy vaton'ereo zeho!" 4 Tenoy, ry Zagnaharinay, fa voarabiraby zahay, Aheregno amin'gnu
lohan'ereo avo gny fizakandrasin'ereo dra engao ereo ho babo agny amin'gny tany ze higadran'ereo. 5 Ka
manasaro gny helok'ereo sady ka mamfa gny fahotany sy ho eo agnatrehaniha, fa nihansy gny hahorian'gny
pagnory gny fefy ereo. 6 Dra nasanganay gny fefy dra nifandray teo amin'gny hasasaky gny hahabony gny fefy aby
akory nanam-pagniria gny hiasa reo olo. 7 Fa nofa ren'i Sanbala, tobia, reo Arabo, reo Amonita, vo reo Asdodita fa
nandroso gny asa fagnambora gny fefin'i Jerosalema, sady fa hikatoky reo toera vaky teo amin'gny fefy, dra
nirehin-kahoria lahibe tao agnatin'ereo. 8 Nindray nikonokono aby izy aby, dra avy hialy tamin'i Jerosalema dra
nahavy savorovor tao amin'izeho. 9 Fa nivavaky tamin'Agnaharinay zahay dra nametraky piamby hiaro amin'ereo
andro aman'aky nohon'gny fapitahoran'ereo. 10 Dra ho reo vahoakin'i Joda ho: "Mihalefy gny herin'ireo ze milanza
eta-mavesatry. Be loasy reo korotam-bato, dra sy afaky mapihery mananga gny fefy zahay." 11 Ho reo fahavalonay
ho: "Sy hahafatasy na hhita ereo amra-pahavinay eo amin'ereo dra hamono andreo, dra hapizano gny
asa." 12 Tamin'izeho fotoa zeho dra avy boaky tagny amin'gny lala aby reo Jiosy ze nitoby teo agnilan'ereo dra
nizaka impolo taminay, napitandry anay gny amin'gny tetiky ze ahin'ereo aminay. 13 Dra nametraky olo tagny
amin'gny farisy marivo indrindra amin'gny fefy tegny amin'gny toera miharihary zaho. Nametraky gny
fianakavia kiraikiraiky nindray tamin'gny mesany, gny lefony, vo gny sipikiny aby zaho. 14 Dra nitaza zaho, sady
nisanga, dra ho zaho tamin'ireo olo ambony, vo tamin'ireo panapaky, vo tamin'gny vahoaky sisa ho: "Ka matahosy
andreo. Sarovy gny Tompo, ze lahibe sady mahalasa. Mialia ho an'gny fianakaviandrareo, gny zanadahindrareo
vo gny zanakapelandrareo, gny valindrareo, vo gny hasaveregnandrareo." 15 Vo nifa ren'ireo fahavalonay fa hainay
gny paik'alin'ereo, dra nasavorovoron'Agnahary gny paik'aliny, dra nihery teo amin'gny fefy zahay aby, samby
tamin'gny asany aby. 16 Dra nanomboky tamin'izeho fotoa zeho dra niasa ho an'gny fanangana gny fefy avo gny
ansasak'ireo panopoko, vo gny ansasany nita lefo, apinga, sipiky, sady nanao akazo ferova, no nisanga boaky
afaran'ireo vahoakin'i Joda aby ao koa reo pitariky. 17 Niamby gny fitoeran'ereo avo koa reo piasa ze nananga gny
fefy vo nilanza gny eta-mavesatry. Niasa tamin'gny tana raiky aby gny olon'aby, vo tamin'gny tagna ilany gny
nitagnan'ereo gny fialiany. 18 Gny pananga aby dra nanao gny mesany teo agnilany dra manahaky anizeho gny
niasany. Gny raiky ze napagneno gny asiva dra nizano teo agnilako. 19 Dra ho zaho tamin'ireo olo ambony vo reo
manam-boninahisy vo tamin'ireo vahoaku sisa ho: "Bevata sady mihitasy gny asa, dra misarasaraky sika eto
ambon'gny fefy, mifagnalavisy. 20 Aoky hihazakazaky ho eo amin'gny toera aharezandrareo gny feon'asiva
handrareo dra hivory eo. Hialy ho asika gny Zagnaharisika." 21 Dra nahinay gny asa. Gny ansasak'ireo nita lefo
nanomboky vo mangiran-drasy dra hatramin'gny fipoiran'gny vasia. 22 Ho avo koa zaho tamin'ireo olo tamin'izeho
fotoa zeho ho: "Aoky gny olon'aby vo gny panopony handany gny hariva eo agnivon'i Jerosalema, so ho piamby
asika mandrisy gny hariva ereo vo ho piasa amin'gny andro." 23 Dra ndre zaho, ndre reo rahalahiko, ndre reo
panopoko, ndre reo lelahin'gny paimby ze nagnaraky anahy, dra sy bo nisy nisolo akazo zahay, dra nita fialia gny
kiraikiraky taminay, ndre dra handeha hangala rano aza.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 5

[1]Vo reo lelahy vo gny valin'ereo dra nanao fitaraigna lahibe hanohisy reo Jiosy namany. [2]Akory nisy sasany nanao
ho: "Maro zahay mindray amin'gny zanadahinay vo zanakapelanay. Dra aoky zahay hahazo vary so hahafahanay
mihina vo mivelo." [3]Nisy sasany hafa koa nanao ho: "Manao antoky gny sahanay, gny tanim-boalobokina, vo gny
tragnonay zahay, so hahazahoanay vary gny mosary."[4]isy sasany avo koa nanao ho: "Fa nindra vola handoava gny
hetran'gny pazaka tamin'gny sahanay vo gny tanim-boalobokinay zahay. [5]Fe gny nofonay vo gny lionay dra
mitovy manahaky gny an'gny rahalahinay avo. vo gny zanakinay dra mitovy amin'gny zanak'ereo. Voatery
nivarosy gny zanadahinay vo gny zanakapelanay ho andevo zahay. Vo gny sasany amin'ireo zanakaepanay dra fa
nandevozy rahateo. Fe sy ao amin'gny herinay gny hanao anizeho akory fa olo hafa gny tompon'gny sahanay vo
gny tanim-boalobokina amizao."[6]Dra ory fatrasy zaho no nahare gny fitaraignan'ereo vo reo zaka reo. [7]Dra
nieriserisy mahakasiky anizeho zaho, dra nanday fiapanga ho an'ireo manan-kaza vo manam-boninahisy. Ho
zaho tamin'ereo: "Samby sarotiny amin'gny rahalahiny kiraikiraiky aby handrareo." Dra nanao fiangonam-be
hanohisy andreo zaho [8]dra nizaka andreo ho: "Zahay, araky ze trasinay, dra fa nanohisy tamin'gny fagnandevoza
reo Jiosy rahalahinay ze navily tamin'gny firene, fe handrareo aza nivarosy gny rahalahindrareo vo gny
anabavindrareo so hivarota andreo aminay!" Dra nisigny sady sy nahita zaho ho zakay ereo.[9]Dra nizak koka zaho
ho: "Sy soa zeho ahindrareo zeho. Sa sy tokony handeha amin'gny fahatahora an'Agnaharisika se handrareo so
hisoroha gny fizakan-drasin'ireo firene ze fahavalosika? [10]Zaho vo gny rahalahiko vo gny panopoko dra fa
mapisambosy vola vo vary andreo. Fe sika dra tokony hapizano gny fagnasia zana-bola amin'iregny
fapindramam-bola regny. [11]Aheregno amin'ereo amin'itiky andro androany tiky reo sahan'ereo, reo tanim-
boalobonu, reo saha hisirian'gny olivany, vo reo tragnony, vo gny isan-zaton'gny vola, gny vary, gny divay vaovao
vo gny menaky ze napisamborindrareo tamin'ereo."[12]Dra ho ereo: "Hoaherinay ze nalanay tamin'ereo, dra sy
hitaky ndre ino ndre ino amin'ereo zahay. Hanao araky ze zakaniha zahay." Dra nitoka reo pisoro zaho, dra
napifata andreo so hanao araky ze fa napagnatenan'ereo. [13]Nagnakopaky ze niforisy tamin'gny akazoko zaho dra
nizaka ho: "Aoky ra hafahan'Agnahary amin'gny tragnony vo reo fanagnany gny olon'aby ze sy mita gny
fapagnatenany. Aoky ra hafaha sady foagna izy." Vo gny fiangona aby nizaka ho: "Amena," sady nisiriry an'i Yaveh
dra nanao araky ze fa napagnatenan'ereo gny vahoaky.[14]Dra tamin'gny fotoa ze nanendre anahy ho
governoran'ireo tany amin'gny tanin'i Joda, nanomboky tamin'gny tao faharopolo dra hatramin'gny tao faharo
amby telopolo nanzakan'i Artaksersesy pazaka, ro ambin'gny folo tao zay, dra sy bo nihina sakafo nome ho an'gny
governora ndre zaho ndre reo rahalahiko. [15]Fe reo governora taloha ze teo alohako dra nametraky eta-mavesasy
tamin'gny vahoaky, dra napandoa anazy reo sekely volafosy efapolo ho an'gny sakafo vo divain'ereo isan'andro.
Ndre reo panopon'ereo aza napahory gny vahoaky. Fa sy nanao anizeho zaho nohon'gny fahatahorako
an'Agnahary.[16]Nanohy gny asa teo amin'gny fefy avo koa zaho, sady sy nivily tany zahay, vo gny panopoko aby dra
nivory teo hiasa.[17] Vo teo amin'gny latabasiko gny nisy reo Jiosy vo reo manam-pahefa, 150 lahy, ankoasy reo ze
nagnagny aminay boaky tamin'ireo firene ze magnodidy anay.[18]Vo ze namany aisan'andro dra agnomby raiky, vo
agnondry voafanty eny, vo voro avo koa, vo isaky gny folo andro dra divay maro isan-karazany mitafotafo, fe
tamin'izeho iaby zeho dra sy bo nangataky gny azara sakafon'gny governora zaho, akory zeho fangataha zeho dra
vatany navesasy loasy teo amin'gny vahoaky.[19] Sarovy zaho, ry Zagnahariko, amin'gny soa, noho ze iaby nahiko
ho an'itiky vahoaky tiky.

Chapter 6

[1]Gno fa ren'i Sanbala, Tobia, vo Gasema Arabo vo reo fahavalonay sisa fa namboasy gny fefy ndraiky zaho sady sy
nisy farisy triasy nivoha sasy, ndre dra sy bo nananga gny varavara teo an-dalambe aza zaho,[2]dra ho i Sanbala vo
Gasema taminahy, nanao ho: "Ndao, ndasika hihao amin'gny lemak'i Ono agny ho agny." Fe nikendry gny gny
hagnisy rasy anahy ereo.[3]Nagniraky pinday hafasy tagny amin'ereo zaho, nanao ho: " Manao asa lahibe zaho, ka
sy afaka mizoso. Nagnino dra tokony hizano gny asa gno hengako zay ka mizoso amin'iha agny zaho?"[4]Nandefa
hafasy mitovy in'efasy taminahy ereo, dra novaliako mitovy isaky gny mandefa ereo.[5]Nagniraky gny panopony
aminahy tatiky manahaky anzay fagnidimbiny i Sanbala, ninday taratasy misokasy tegny an-tagnany.[6]Voasorasy
tao amin'zeho ho: " Voatatisy eo amin'reo firene izao,sady ambaran'i Gasemsa avo koa,fa mitetiky gny
hifagnandry hanao vo gny Jiosy, dra noho zeho gny angnamboaranao fefy ndraiky. Araky gny zakany tahoky
tatisy tahoky, dra fa ho avy ho pazakan'ereo hanao.[7]fa nanendry paminany avo koa hanao so zeho fagnambara
mahakasiky an'iha zeho agny Jerosalema, manao an'zahoky ho: 'Misy pazaka agny Joda!' Mahazo matoky hanao
fa ho ren'gny pazaka riho tatisy riho. Noho zay dra mevia,handeha sika hifapizaka."[8]Dra nandefa zaka tagny
amminazy zaho manao an'izahoky ho: "Sy nisy raha manahaky anizay niseho araky gny zakanzo, fa tao aponao
avo gny namoro gnanao anireo."[9]Fa te-hapatahosy anay ereo, nieriserisy ho: "Hapiraviravy gny tagnan'ereo
amin'gny fanovan'asan'ereo,dra sy ho vita zeho." Fe amin'zeho, ry Zagnahary, ba azataho ra taho tagnako
tahoky."[10]Nagnagny apatrangen'i Semaia zanadahin'i Delaia zanadahin'i Mehetabela, ze sy afa-nihesiky tao
apatrangeny zaho. Ho izy: "Andeha hihao apatrangen'Zagnahary sika,agnatin'gny fengona ao, vo
andehahohilisika gny vatrangaran'gny fiangona, akory avy hamono an'iha ereo. Ho avy hamono an'iha ereo
amin'gny hariva."[11]Namaly zaho ho: " Lelahy manahaky anahy ra gny handeha hengako? Hilisy ao atepoly so
hahazoany magnavo sy gny ainy ra gny lelahy manahaky anahy? y hilisy zaho!"[12]Tonga say zaho fa sy Zagnahary
gny nagniraky anazy, fa naminany nanohisy anahy izy.[13]Nikarama anazy i tobia vo Sanbala. Nikarama anazy ereo
so hapatahosy anahy, so hagnaboaky ze zakany dra hanota,so hagnomezan'ereo agnara rasy ho anahy
hangalan'ereo baraka anahy.[14]Sarovy Tobia vo Sanbala, ry Zagnahariko o, vo ze nataon'ereo aby. Sarovy avo koa
Noadia paminany apela vo reo paminany sisa ze nagnandra gny hapatahosy anahy.[15]Vita tamin'igny andro
fahadimy amby ropolon'gny vola Elola gny fefy, tafaran'gny ro amby dimampolo andro. [16]Gno fa ren'ereo
fahavalonay aby zeho, gny firenen'aby magnodidy anay, dra natahosy ereo vo lavo nangahiahy teo amason'ereo
avo. Fa fatan'ereo fa vita tamin'gny fagnapian'gny Zagnaharinay gny asa.[17]Tamin'zeho fotoa zeho dra nandefa
taratasy lako tagny amin'i Tobia ereo mana-kaza tao Joda, vo boakagny amin'ereo koa gny taratasin'i Tobia.[18]Fa
nisy maro tagny Joda gny voarohy gny fiegna taminazy, akory vinato lahin'i Sekania zanadahin'i Ara izy. Vo
Johanana zanadahiny fa nanambaly gny zanakapelan'i Mesolama zanadahin'i Berekia.[19]Nizaka taminahy
mahakasiky gny asa soany vo nitatisy gny zakako tagny aminazy avo koa ereo. Namdefsa taratasy boak'amin'i
Tobia zaho so hapatahora anahy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 7

[1]No fa vita gny fefy vo voatobiko tamin'gny toerany reo vatrangara, vo fa voatondro gny pianby vavahady vo gny
pihira vo gny Levita, [2]dra nameko an'i Hanany rahalahiko gny fitatana an'i Jerosalema' mindray ami'i Hanania ze
nagnara-maso gny ferova fatrasy, akory lelahy matoky vo matahosy an'Agnahary mihoasy noho gny maro izy.[3]Ho
zao tamin'ereo ho: " Ka sokafy gny vavahadin'i Jerosalema mandra-pekaranin'gny masoandro. Naho mbo miamby
gny vavahdy,dra afaky magnily gny vatrangara vo magnisy bara handrareo. Manendre piamby boak'amin'ireo ze
mitoby agny Jerosalema, gny ilany agny ami'gny toeram-pembenan'ereo, vo gny ilany manoloa gny tragnony aby."
[4]Vo gny tana dra midadasiky vo lahibe, kanefa keliky gny olon'ao aminazy, vo sy bo misy tragno voasanga.
[5]Zagnahary dra nanoby tao apoko gny hamoria gny mana-kaza, gny manam-boninahisy, vo gny vahoaky so ho
soratin'agnara araky gny fianakavian'ereo. Hitako gny bokin'gny tetiaran'ireo ze mihery voloahany vo hitako
voasorasy tao tahoky magnaraky tahoky.[6]Tahoky gny vahoakin'gny faritany ze nandeha niakasy boak'amin'gny
fahababoan'ireo sesitany ze nibaboan'i Nebokadnezara pazakan'i Babylona. Nihery tagny Jerosalema vo Joda
ereo, Samby amin'gny tanany aby.[7]Mindray tamin'i Zerobabela, Jesoa, Nehemia, Azaria, Ramia, Nahanany,
Mordekay, Bilsana, Mispereta, Bigvay, Nehoma, vo Bana ereo. Gny isan'ereo lelahin'gny vahoakin'Israely dra ahita
an'tahoky magnaraky tahoky.[8]2.172 gny taranak'i parosy.[9]372 ereo taranak'i sefatia.[10]652 ereo taranak'i ara.[11]2.818
gny taranak'i Paharamoaba, boak'amin'gny taranak'i Jesoa vo Joaba.[12]1.254 gny taranak'i Elama.[13]845 gny
taranak'i Zato.[14]760 gny taranak'i Zakay.[15]648 gny taranak'i binoy.[16]628 gny taranak'i Bebay.[17]648 gny taranak'i
Azgada.[18]667 gny taranak'i Adonikama.[19]2.067 gny taranak'i Bigvay.[20]655 gny taranak'i Adina.[21]98 gny taranak'i
Atera, boak'amin'i Hezekia.[22]328 gny taranak'i Hasoma.[23]324 gny taranak'i Bezay.[24]112 gny taranak'i Harifa.[25]95 gny
taranak'i Gibeona.[26]188 gny olo boak'agny Betlehemavo Netofa.[27]128 gny olo boak'agny Anatota.[28]42 gny olo
boak'agny Bet-azmaveta.[29]743 gny boak'agny Kiriata-jearima, Kefira, vo Berota.[30]621 gny olon'i Rama sy Geba.[31]122
gny olon'i Mikmasy.[32]123 gny olon'i Betela vo Ay.[33]52 gny olon'gny Nebo hafa.[34]254 gny olon'i Elama hafa.[35]320 gny
olon'i Harima.[36]345 gny olon'i Jeriko.[37]721 gny olon'i LOda, Hadida, vo Ono.[38]3.930 gny olon'i Sena.[39]973 ereo pisoro:
dra gny taranak'i Jedaia (boak'amin'gny tragnon'i Jesoa).[40]1.052 gny taranak'Imera.[41]1.247 gny taranak'i Pasora.
[42]1.017 gny taranak'i Hamira.[43]74 ereo Levita: dra gny taranak'i Jesoa, Kadmiela, Binoy, vo Hodavia.[44]148 ereo
pihira: dra gny taranak'i Asafa.[45]138 ereo piamby vavahadin'gny taranak'i Saloma, taranak'i Atera, taranak'i
Talmona, taranak'i Akoba,gny taranak'i Hatita, gny taranak'i Sobay.[46]Gny panopon'gny fiangona: dra gny taranak'i
ziha, gny taranak'i Hasofa, gny taranak'i Tabaota, [47]gny taranak'i Kerosa, gny taranak'i Sia, gny taranak'i padona,
[48]gny taranak'i Lebana, gny taranak'i Hagaba, gny taranak'i Salmay, [49]gny taranak'i Hanana, gny taranak'i Gidela,
gny taranak'i Gahara.[50]Gny taranak'i Reaia, gny taranak'i Rezina, gny taranak'i Nekoda, gny taranak'i Gazama,
[51]gny taranak'i Oza, gny taranak'i Pasea, gny taranak'i Besay,[52]gny taranak'i Meonita, gny taranak'i Nefisita.[53]Gny
taranak'i Bakboka, gny taranak'i Hakafa, gny taranak'i Harora,[54]gny taranak'i Bazlita, gny taranak'i Mehida, gny
taranak'i Harsa,[55]gny taranak'i Barkosa, gny taranak'i Sisera, gny taranak'i Tema,[56]gny taranak'i Nezia, gny
taranak'i Hatifa.[57]Reo taranaky gny panopon'i Solomona: dra gny taranak'i Sotahy, gny taranak'i Sofereta, gny
taranak'i Perida,[58]gny taranak'i Jala, gny taranak'i Darkona, gny taranak'i Gidela,[59]gny taranak'i Sefatia, gny
taranak'i Hatila, gny taranak'i Pokereta-hazebaima, gny taranak'i Amona.[60]Reo panopon'gny fiangona, vo reo
taranak'ireo panopon'i Solomona dra miisa 392.[61]Tahoky gny olo nandeha niakasy boak'agny Tela-mela, Tela-
harsa, Kerofa, Adona, vo Imera. Kanefa sy afaky nagnaporofo ereo fa ereo ndre gny fianakavian'gny taranak'iereo
dra taranak'iy boak'amin'Israely:[62]Dra reo taranak'i Delaia, gny taranak'i Tobia, vo gny taranak'i Nekoda, zay 642.
[63]Reo ze boak'amin'gny pisiro: dra gny taranak'i Hobaia, Hakoza, vo Barzilay (ze nangalaky gny valiny
boak'amin'reo zanak'apelan'i Barzilay boak'agny Gileada vo nitokavy tamin'gny agnarany ereo).[64]Reo dra mitalia
gny firaketan'ereo asorasy tamireo nisorasy agnara tamin'gny tetiaran'ereo, fe sy hita reo, dra voahiliky tamin'gny
fisoragna ho maloto ereo.[65]Boak'eo gny governora nizaka tamin'ereo fa sy tokony hame alala hihina gny fizara
sakafon'ereo pisoro boak'amin'gny pisoro raiky meraky amin'gny Orima vo Tomima.[66]32.360 gny fitambaran'gny
vondron'aby,[67]akoasy gny lelahy vo panopon'ereo, ze niisa 7.337. nana pihira lelahy vo apela 245 ereo.[68]736 gny
isan'gny sovali'ereo, 245 gny ampondra,[69]435 gny rameva, vo 6. 720 reo boriky.[70]Gny ilany tamireo lohan'gny
fianakavian'ereo razambe dra nagnome fagnomeza ho an'gny aza. Namen'gny governora dariky volamena
arivo,koveta 50, gny akazo fisorogna 530 ho an'gny rakisy.[71]Gny ilany amin'gny lohan'ireo fianakavian'ireo
razambe dra nagome dariky volamena ro aly vo name volafosy 2.200 ho an'gny rakisy.[72]Gny sisa tamireo vahoaky
dra nagome dariky volamena ro arivo, vo name volafosy ro aly, vo akazo fisorogna fito amby enipolo.[73]Noho zay
reo pisoro, reo Levits, reo piamby vavahady,reo pihira,gny ilany amin'gny vahoaky,reo panopon'gny tepoly,vo gny
Israely aby dra nitoby tagny amin'gny tanan'ereo. Tamin'gny vola fahafito gny nametraha gny vahoakin'Israely
tao amin'gny tanan'ereo."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 8

[1]Nivory manahaky gny olo raiky tegny akalamaza teo anoloan'gny Vavahadin-Drano gny vahoaky. Ereo dra
nangataky an'i Ezrapisoro ba hinday gny bokin'gny lalan'i Moses, zay nandidian'i Yaveh an'Israely.[2]Tamin'gny
andro voloahany vola fahafito, dra nonday gny lala teo anoloan'gny fengona i Ezra pisoro, ndre leleahy ndre
apela, vo reo aby ze afaky niteno vo nahatakasy.[3]Niatriky gny roanga malalaky anoloan'gny Vavahadi-drano izy,
vo namaky anizay vo maraindraim-be hatramin'gny dizera, nanoloa gny lelahy vo gny apela, vo ze afaky
mahatakasy, vo dra niteno soa gny bokin'gny lalana gny olon'aby.[4]Boakeo Ezra panora-dalana nizoro teo
ambon'gny lapihazo ze namboarin'gny olo ho anizay. Nizoro teo akavanany i Matitia, Sema, Anaia, Oria, Hilkia,
vov Mahasela; vo iPedaia, Misaela, Malkia, Hasoma,Hasbadana, Zakaria, vo Mesolama dra nizoro teo amin'gny
ilany akavia.[5]nisokafin'i Ezra amason'olon'aby gny boky, akory nizoro agnabo noho reo olo izy, no fa nisokafiny
zay dra nisanga aby gny olo.[6]Ezra dra nagnome fisora an'i Yaveh, gny Zagnahary lahibe, vo reo olon'aby
nanandrasy gny tagnany vo namaly ho: "Amena! Amena!" Boakeo ereo nagnondriky gny lohan'ereo sady nisiriry
an'iYaveh tamin'gny fametraha gny tarehin'ereo tamin'gny tany.[7]Jesoa , Bani, Serebia, Jamina, Akoba,
Sabetahy,Hodia, Mahaseia,Kelita, Azaria,Jozabada, Hanana, Pelaia---reo Levita---dra nagnapy reo olo ba
hahatakasy gny lanlana avo koa, naho mbo nitoby tegny amin'gny toerany reo olo.[8]Nivakin'ereo tao amin'gny
boky, gny Lalan'Agnahary, nagnazava anizay tamin'gny fandika vo fagnomeza gny dikan'izay so hahatakaran'ireo
olo gny vakin-teny.[9]Nehemia governora, vo i Ezra pisoro vo panora-dalana, vo reo Levita gny nandika tamin'gny
olo vo nizaka tamin'gny olon'abt ho; "Masy taho andro tahoky amin'i Yaveh Zagnaharindrareo. Ka mandala na
mitomagny." Akory nitomagny aby gny olon'aby no fa nahare reo zakan'gny lalana.[10]Boakeo Nehemia nizaka
tamin'ereo ho: "Mandehana amin'gny lalandrareo, mihinana matavy vo minoma raha finomy mamy, vo alefaso
amin'ze sy nahaoma ndre ino ndre ino gny sasany amin'zay, Fa tiky andro tiky dra masy amin'gny Tomposika. Ka
malahelo, fa gny fifalian'i Yaveh gny herin'iha.[11]Ko dra napegnenin'ireo Levita reo olo, nanao ho: "Misigna! Akory
masy tiky andro tiky. Ka malahelo."[12]Vo nandeha tamin'gny lalany gny olon'aby ba hihina vo hino ba hizara hany
vo hakalaza apifalia lahibe akory takan'ereo gny zaka ze napahafatary an'ereo.[13]Tamin'gny andro faharo reo
pitariky gny fianakavian'ireo razambe boak'amin'gny olon'aby, reo pisoro vo reo Levita, dra avy mindray teo
amin'i Ezra pisoro so hamesivesy laliky gny zakan'ireo lalana.[14]Hitan'ereo voasary tao amin'gny lalana gny fomba
nandidian'i Yaveh tamin'gny alalan'i Mosesy fa gny vahoakin'Israely dra tokonyhitoby agnaty lay mandrisy gny
firavoravoa amin'gny vola fahafito.[15]ereo dra tokony hanao fagnambara egny amin'gny tanan'aby, vo aoa
Jerosalema, Manao an'izahoky ho; Mandehana egny amin'gny tany havoa, vo mindesa sapan'oliva vo
hazon'olivadia, vo sapan-drotra, sapan-drofia vo sapakazo be, ba hamboara lay, araky gny voasorasy.[16]Ko niboaky
gny olo vo ninday reo sapakazo nihery vo nanao lay ho an'ereo, isaky gny tafon'ereo aby' tegny atokotan'ereo,
tegny amin'gny kiazan'gny tragnon'Agnahary, tegny amin'gny kiaza malalaky anoloan'gny vavahadin-drano, vo
tegny amin'gny kiaza malalaky agnilan'gny vavahadin'i Efraima.[17]Gny fengonan'ireo aby ze nihery boak'amin'gny
fahababoa dra namboasy lay vo nitoby tao agnatin'ireo. Fa nanomboky tamin'gny andron'i Josoa zanadahin'i
Nona hatramin'iho andro iho, dra sy nakalaza an'izay firavoravoa an'izay gny vahoakin'Israely, ko dra lahibe
vatany gny hafalian'ereo.[18]Isan'andro isan'andro avo koa, nanomboky tamin'gny andro volohany dra
hatramin'gny farany, dra namaly gny bokin'gny lalan'Agnahary i Ezra Nitandry gny firavoravoa nandrisy gny fito
andro ereo vo gny andro fahavalo gny fivoria magnetriketriky, ba ho fakatoava gny lalana.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 9

[1]Vo tamin'gny adro fahaefasy ambin'gny folon'iho vola iho avo dra nivory vo nifaly hany gny vahoakib'Israely, vo
nisiky akazo fandala ereo, vo nagnosisy botany gny lohany.[2]Nagnasaraky gny vatany tamin'ireo vahiny aby gny
taranak'i Israeluy. Nisanga vo nieky gny fahotan'ereo vo gny rasy nahin'gny razambeny ereo.[3]Nisanga teo
amin'gny toerany ereo, vo tamin'gny ampahaefasy gny andro dra namaky gny tao amin'gny bokin'gny lalan'i
Yaveh Zagnahariny ereo. Fa tamin'gny ampahaefasy gny andro hafa dra nieky gny helokin'gny sady niondriky teo
alohan'Yaveh Zagnahary ereo.[4]Ereo Levita, Jesoa, Bany, Kaldmiela, Sebania, Bony, Serebia, Bany, vo Kenany, dra
nizoro teo amin'gny tohasy dra nitoka tamin'gny feo agnabo an'i Yaveh Zagnaharin'ereo.[5]Vo reo Levita , Jesoa, vo
Kaldmiela, Bany, Hasbania, Serebia, Hodia, Sebania, vo Petahia, nanao ho: " Misangana vo misiriria an'i Yaveh
Zagnaharindrareo mandrakizay doria. "Hisaosy gny agnaran'iha be voninahisy ereo, dra asandrasy ambon'gny
fisora vo fisiriria aby any zay.[6]Hanao gny Yaveh. Hanao raiky avo. Hanao gny nanao gny lagnisy, gny lagnisy
agnbo vatany, mbamin'gny miaramilany aby, vo gny tany vo ze iaby aminazy eo, vo gny ranomasy vo ze iaby
aminazy ao. Nagnomia aina andreo aby Hanao, vo gny miaramin'gny lagnisy manopo Anao.[7]Hanao gny Yaveh,
gny Zagnahary zay nifily an'i Abrama, sady ninday anazy niboaky an'i Oran'gny Kaldeana, vo nagnomia anazy
gny agnara Abrahama.[8]Hanao dra nahita fa nahatoky teo agnatrehanao gny fony, vo Hanao nanao fagneke
taminazy ba hagnomia gny tanin'ereo Kananita, ereo Hetita, ereo Perizita, ereo Jebosita, vo ereo GIrgasita ho
an'gny taranany. Nita gny fapagnatenanao Hanao akory Hanao dra mary.[9]Nahita gny fahorian'gny razanay tagny
Egypta Hanao, dra nahare gny fitaregnan'ereo teo amin'gny Ranomasina Mena .[10]Nagnomia reo famatara vo
fahagaga manohisy an'i Farao, vo gny panopony any, vo gny olon'aby tao amin'gny taniny Hanao, akory Hanao
dra nahafatasy fa ereo Egyptiana dra nanao fihesiky agn'avo tamin'ereo. Kanefa nanao agnara ho Anao Hanao
zay misanga mandrak'izao.[11]Dra nagnasaraky gny ranomasy teo anolon'ereo Hanao, ba hahafahan'ereo mandeha
agnivon'gny ranomasy amin'gny tany maiky; dra nanipy ereo zay nagnitriky andreo ho amin'gny laliky agny,
manahakygny vato atoraky agnaty rano laliky Hanao.[12]Tamy andrin-drahona nandesanao andreo tamin'gny
andro, vo andrin'afo koa mandrisy gny hariva ba hisiko lala handehanan'ereo.[13]Nizoso tao an-tezovohisy Sinay
Hanao dra niresaky tamin'ereo aby ato amin'gny lagnisy sady nagnomia fisipiky mahisy vo lala mary, beko vo lily
soa.[14]Napahafatarinao andreo gny andro Sabata masinao, sady nagnomia andreo lily, vo fisipiky, vo lalana
tamin'gny alalan'i Mosesy Hanao.[15]Nagnomia mofo boak'agny andagnisy andreo nohon'gny haresiany, vo rano
boak'amin'gny vatolapy nohon'gny hetehetany, vo hanao nizaka andreo ba hilisy hangalaky gny tany nifatanao
homia andreo.[16]Fa sy nagnaza Anao ereo vo gny razanay, sady maheriloha. vo sy hiteno gny lilinao ereo.[17]Nanda
sy hiteno ereo, vo sy nisay mahakasiky reo fahagaga za fa nahinao tamin'ereo, fa nazary maheriloha, vo
tamin'gny fikomian'ereo dra nanondro pitariky hihery amin'gny fagnandevoza ereo. Fa Hanao dra Zagnahary zay
feno famela heloky, be fahasoava vo fagnoraha, sy mora ory, vo feno fitiava sy miova. Sy nagnenga andreo
Hanao.[18]Ndre dra fa nanagny agnombilahy zanany aza ereo dra nanao an'izahopky ho: ' Tihoky gny
Zagnaharindrareo ze ninday andrareo niawkasy niala tagny Egypta, sady fa nanao fagnirasira lahibe, Hanao.
tamin'gny fangoraha-ponao [19]dra sy nagnenga andreo tagny an'efisy. Gny andrin-draho mitariky andreo amin'gny
lala dra bo nanenga andreo nandrisy gny andro, ndre gny andrin'afon'gny hariva ba hagnazava gny lala
handehan'ereo.[20]Namian'Iha andreo gny Fagnahinao soa ba hapianasy andreo, sady sy niaro gny mananao sy ho
eo amin'gny vavan'ereo Hanao, vo gny rano namian'Iha andreo nohon'gny hetahetany.[21]Nandrisy gny efapolo tao
gny namasianao andreo tagny an'efisy, vo sy ory ndre ino ndre ino ereo. Gny akazon'ereo dra sy sy voriky vo gny
faladian'ereo dra sy nivoto.[22]Nagnomia fazaka vo vahoaky ho andreo hanao, tamin'gny fanendre andreo isaky
gny vaza-tany. Vo nangalaky gny tanin'i Siona pazakan'i Hesbona vo gny tanin'i Oga pazakan'i Basana ho fanagna
ereo.[23]Nahinao maro isa manahaky gny kitan'gny lagnisy gny zanak'ereo, vo nanadesin'iha tagny amin'gny tany
ze nizakanzao gny razambeny ba handehana vo alay ho fanagna ereo.[24]Dra nilisy gny vahoaky sady nagnala gny
tany ho fanagna vo hanao nandresy reo ponin'gny tany' dra reo kananita teo agnatrehen'ereo. Namian'Iha reo ba
ho eo an-tagnan'ereo, mindray amin'gny pazakan'ereo vo gny vahoakin'gny tany, ba hahafahan'i Israely manao ze
mahasoa anazy amin'ereo eo.[25]Nambabo reo tana mifefy vo gny tany mamokasy ereo, vo nambabo reo tragno
feno raha soa, famorian-drano fa voahaly, reo tanim-boaloboky vo tamin'oliva, vo hazo fihinam-boa maro. Dra
nihina sady afa-po vo niha-natavy vo nanao ze nahafaly anazy ereo nohon'gny hasoanao lahibe.[26]Dra nazary sy
pakato ereo vo nikomy hanohisy Anao. Narian'ereo tagny andamosiny gny lalanao. Namono reo paminaninao ze
napitandry anazy ba hihery aminao ereo, sady nanao fagnirasira lahibe ereo.[27]Ko natolosin'iha tegny
apelatagnan'gny fahavalony, ze napizaly anazy ereo. Tamin'gny fotoa nizaliany, dra nitaray taminao ereo, vo
hanao nahare andreo boak'agny an-dagnisy, vo nohon'gny famindraponao lahibe dra nandefa pamozy ba
hagnavosy an'ereo eo atagnan'ireo fahavalony Hanao.[28]Fa no fa avy nisahasy ereo, dra nanao rasy teo

agnatrehanao ndraiky, dra nagnenga andreo teo atagnan'gny fahavalony Hanao, noho zay dra nifehy andreo gny fahavalony. Kanefa no fa nihery sady nitaray taminao ereo, dra nahare boak'agny an-dagnisy Hanao,[29] sady matetiky Hanao gny mamozy andreo nohon'gny famindraponao. Napitandry andreo gny amin'gny ba hiheregnan'ereo amin'gny lalanao Hanao. Kanefa niavoganvo vo sy niteno gny lilinao ereo. nagnota nanohisy gny fisipikao ze nagnomia ay ho an'ze nakato anazy ereo. Nagnamafy gny hatony sady napihemosy gny sorony vo nanda sy hiteno ereo.[30]Fa maro tao gny nandeferanao vo napitandremanao andreo tamin'gny alalan'ireo paminaninao. kanefa sy niteno ereo. Ko dra natolosinao ho eo atagnan'ireo ponina magnodidy ereo.[31]Kanefa nohon'gny halahiben'gny famindraponao dra sy nandringa anazy tateraky hanao, na nahafo andreo, akory Hano dra Zagnahary be fahasoava sady be indrafo.[32]Vo noho zay, ry Zagnaharinay---Hanao lahibe, mahery, vo mahatahosy ze nitandry gny fagnekenao vo gny fitiavanao sy miovaova---aoky hasaiky Aminao zeho raha-sarosy aby za nihasy taminay, tamin'ereo pazakanay, tamin'ereo andrian-dahinay,vo tamin'ereo pisoronay, vo tamin'ereo paminaninay, vo tamin'ereo razambenay, vo tamin'gny vahoakinao aby hatramin'gny andron'gny pazakan'i Asyriaka mandrak'androany zao.[33]hanao dra mary tamin'ze iaby nahazo anay, akory Hanao dra nanday apahatokia, kanefa zahay gny nanao fihesiky naneho faharasia.[34]Ereo pazakanay, erro andrian-dahianay, ereo pisoronay, vo ereo razambenay dra sy nitandry reo lily vo reo lalanao, ndre nitandry reo lily vo reo lalam-panekegna za napitandremanao andreo.[35]Ndre dra tamin'gny fazakan'eeo manoka aza, naho nakafy gny soa lahibe nataonao taminazy ereo, tamin'gny tany malalaky vo mamokatry zay nahinao teo agnatrehan'ereo, dra sy ba nanopo Anao ereo na niala tamin'fny fomba rasiny.[36]Amizao zahay dra andevo amin'gny tany namianao gny razambenay ba hakafy gny vokasy vo gny fagnomeza soan'izay,sady ingo' andevo ao amin'izay zahay![37]Gny pagnarivo nahazo tombony tamin'gny taninay dra magnagny amin'gny pazaka ze natobinao ba hazaka eo aminay nohon'gny fahotanay. ereo dra manapaky eo amin'gny tegnanay vo gny biby tezanay araky ze tiany. Agnaty fahoria lahibe zahay.[38]Noho zay aby zay, dra manao fagneke asorasy amy siaky zahay. Ao amin'gny atota-taratasy voatombokase gny agnaran'ereo andrian-dahinay, ereo Levita, vo ereo pisoro."

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 10

[1]Ao amin'ireo atota-taratasy voatombo-kase i Nehemia, govvernora, zanadahin'i Hakalia Zedekia,[2]Seraia, Azaria,
Jeremia,[3]Pasora, Amaria, Malkia,[4]Hatosy, Sebania, Maloka,[5]Harima, Meremota,Obadia,[6]Daniela, Ginetona. Baroka,
[7]Mesolama, Abia, Miamina,[8]Mazia, Bilgay, vo Semaia. Reo gny pisoro.[9]Reo Levita dra: Jesoa zanadahin'i Azania,
Binoy boak'amin'gny fianakavian'i Henadada, Kadmiela,[10]vo reo Levita namany dra i Sebania, Hodia, Kelita,
Pelaia, Hanana,[11]Mika, Rehoba, Hasabia,[12]Zakora, Serebia, Sebania,[13]Hodia, Bany vo Benino,[14]Reo pitariky gny olo
dra: Parosy, Pahata-moaba, Elama, Zato, Bany,[15]Bony, Azgada, Bebay,[16]Adonia, Bigvay, Adina,[17]Atera, Hezekia,
Azora,[18]Hodia, Hasoma, Bezay,[19]Harifa, Anatota, Nebay,[20]Magpiasy, Mesolama, Hezira,[21]Mesezabela, Zadoka, Jadoa,
[22]Pelatia, Hanana, Anaia,[23]Hosea, Hanania, Hasoba,[24]Halohesy, Pila, Sobeka,[25]Rehoma, Hasabna, Mahaseia,[26]Ahia,
Hanana, Anana,[27]Maloka, Harima, vo Bana.[28]Fa gny olo sisa, ze pisoro, Levita, piamby vavahady, piansa,
panopon'gny tepoly, vo gny iaby ze nagnasaraky gn'ainy tamin'ireo olo teo amin'gny tany magnodidy vo nanoka-
bata ho an'izay lalan'Agnahary, agnisan'izay reo valiny, reo zanadahiny vo reo zanakapeleny, reo
manapahalalan'aby vo gny fahazava say,[29]nindray niharo tamy reo rahalahiny, reo olon'agnabo ereo, vo
namatosy gny vatany tamin'gny ozo vo gny fifata gny handeha amin'gny lalan'Agnahary, zay namen'i Mosesy
panopon'Agnahary, vo ba handiniky vo hakato gny lilin'iYaveh Tomposika vo gny fisipikiny vo reo lalany aby.
[30]Nifata zahay fa sy hagnomia gny zanakinay apela ho an'gny ponin'gny tany na hangalaky gny zanak'ereo apela
ho an'gny zanakinay lelahy.[31]Nifata avo koa zahay fa naho manday etam-barosy na mety ho vary havily reo
ponin'gny tany amin'gny andro Sabata, dra sy hivily amin'ereo amin'gny andro Sabata na amin'ze andro masy
zahay. Isaky gny fito tao hapangalanay ay gny taninay,sady ho foagnanay reo trosa aby ze nifagnarahanay
tamin'ireo Jiosy hafa.[32]Ekenay gny fandidia gny hagnomeza gny apahatelo-sekely isa-tao ho an'gny fanopoa gny
tragnon'gny Zagnahary,[33]ho famasia ho an'gny fmofon'gny fagnatreha, vo ho an'gny fagnatisy hohany sy tapaky,
gny fagnatisy oroa amin'gny andro Sabata, reo fetin'gny voloham-bola vo reo andro firavoravoa voatondro, vo ho
an'ireo fagnatisy nohon'gny fahota ho fagnavota ho an'gny Israely, mbamin'ze iaby asa ho an'gny tragnon'gny
Zagnaharinay.[34]Nana filoka ho an'gny fagnatisy hita reo pisoro, reo Levita, vo gny vahoaky. Reo filoka gny hifily
gny amin'ze fianakavianay hinday gny hitay ho ao atragnon'Agnaharinay amin'gny fotoa voatondro isatao, ba
horoa eo amin'gny alitaran'i Yaveh Zagnaharinay, araky ze voasorasy ao amin'gny lalana.[35]Nifata gny hinday reo
voloha-bokasy ze magniry boak'amin'gny taninay, vo reo voloham-bokasy gny hazo aby isa-tao ao atragnon'i
Yaveh zahay.[36]Araky ze voasorasy ao amin'gny lalana, nifata gny hinday gny volohan-terak'ereo zanadahinay vo
reo agnomby vo gny agnondry aman'osinay ao atragnon'Agnaharary vo ho eo amin'ereo pisoro ze manopo ao
zahay.[37]Handesinay gny volohan-kobanay vo gny fagnatisy hohany, vo gny tegnan'gny hazo aby,vo gny divay
vaovao vo gny dikiko ze andesy eo amin'ereo pisoro, ho agny amin'gny efisy fitehirizan'gny tragnon'Agnaharinay.
Handesinay eo amin'ereo Levita gny apahafolon'gny boak'amin'gny taninay akory ereo Levita dra mamory gny
apahafolo-karena eo amin'ireo renivohisy aby ze hesanay.[38]Sy maisy misy pisoro, taranak'i Arona mindray
amn'ereo Levita no fa mitakasy gny apahafolo-karena ho ao amin'gny tragnon'Agnaharinay ho agny amin'gny
efisy fitahirizan;gny fandasahan-drakisy.[39]Gny olon'Israely vo reo taranak'i Levy gny minday reo
fandresan'azaraamin'gny vary, divay vaovao, vo dililo agny amin'gny tragno fitavira ze hagnazaria gny raha masy
vo reo nitobohan'ireo pisoro ze nanopo, vo reo piamby vavahady, vo reo pihira. Sy ho ahinay asiramby gny
tragnon'gny Zagnaharinay.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 11

[1]Nitoby tagny Jerosalema reo pitariky gny vahoaky, vo gny vahoaky ambiny dra nanao filoka ba handesa gny
raiky amy reo folo hitoby agny Jerosalema, gny tana masy, vo reo sivy hafa hitoby tagny amy reo tana hafa.
[2]Boak'eo gny vahoaky nison-drano reo aby ze nanolo-tegna asitrapo gny hony agny Jerosalema.[3]Reo dra manam-
boninahisy gny far=itany ze nitoby tagny Jerosalema. kanefa, dra nitoby tagny amin'gny tanan'gny Joda,
agnisan'izay gny ilany amy reo Israelita, reo pisoro, reo Levita, reo panopon'gny tepoly, vo reo taranaky gny
panopon'i Solomona.[4]Tagny Jerosalema gny nitoeran'gny sasany tamin'ireo taranak'i Joda vo reo taranak'i
Benjamina. Reo vahoaky boak'amin'gny taranak'i Joda dra ahita an'i Ataia zanadahin'i Ozia zanadahin'i Zakaria
zanadahin'i Amaria zanadahin'i Sefatia zanadahin'i Mahalila, gny taranak'i Fareza.[5]Tao i Maseia zanadahin'o
Baroka zanadahin'i Kola Ahaza zanadahin'i Hazaia zanadahin'i Adaia zanadahin'i Joiariba zanadahin'i Zakaria,
zanadahin'gny Silonita.[6]Ereo zanadahin'i Farez iaby ze nitoesy tagny Jerosalema dra 468. Ereo dra lelahy
miavaky.[7]Tahoky aby reo taranak'ibenjamina: Salo zanadahin'i Mesolama zanadahin'i Joeda zanadahin'i Pedaia
zanadahin'i Kolaia zanadahin' maseia zanadahim'i Itiela zanadahin'i Jesaia,[8]vo reo magnaraky anazy, dra Gabay
vo Salay, lalahy 928,[9]Joela zanadahin'i Zisria gny piandrekis'ereo, vo Joda zanadahin'i Hasenoa dra faharo
amin'gny fibekoa eo amin'gny tana.[10]Boak'amin'ereo pisoro: Jedaia zanadahin'gny Joariba, Jakina,[11]Seraia
zanadahin'i Hilkia, zanadahin'i Mesolama zanadahin'i Zadoka zanadahin'i Meraiota zanadahin'i Ahitoba, gny
lehiben'gny mana-pahefan'gny tragnon'Agnahary,[12]vo reo rahalahin'ereo ze nanao gny asa ao amin'gny tragno,
lelahu 822, mindray Adaia zanadahin'i Jeroema zanadahin'i Pelaia zanadahin'i Amzi zanadahin'i Zakaria
zanadahin'i Malkia.[13]Reo rahalahiny dra reo lohan'reo foko, lelahy 242; Amasay zanadahin'i Azarela zanadahin'i
Ahazay zanadahin'i mesilemota zanadahin'i Imera,[14]vo reo rahalahiny, lelahy mahery fo amin'gny aly 128; reo
pendrekiny dra i Zabdiela zanadahin'i Hagedolima.[15]Boak'amin'ereo Levita dra; i Semaia zanadahin'i Azrikama
zanadahim'i Hasabia zanadahin'i Bony,[16]vo Sabetay vo Jozabada, zay boak'amin'gny pitarik'ereo Levita, zay misah
gny asa ivelan'gny tragnon'Agnahary.[17]Vo Matania zanahdahin'i Zabdy, gny taranak'i Asafa, gny lahibe zay
nanomboky gny fanolora fisora tamin'gny vavaky, vo Bakbokia, faharo amy reo rahalahiny, vo Abda zanadahin'i
Samos zanadahin'i Galala zanadahim'i Jedotona.[18]Gny Levita aby tao amin'gny tana masy dra niisa 284.[19]Reo
piamby vavahady dra: i Akoba, Talmona, vo reo namany, zay nagnara-maso reo vavahady, leleahy 172.[20]Gny
Israely ambiny ze tao amy reo tanan'i Joda aby. Gny kirairaiky nitoby tao amin'gny lovan-taniny aby.[21]Reo
piasan'gny tepoly nitoby tagny Ofela, vo Ziha vo Gispa nisaha andreo.[22]Gny lahiben'gny mana-boninahisy teo amy
reo Levita tagny Jerosalema dra i Ozy zanadahim'i Bany zanadahin'i hasabiaha zanadahin'i Mika, tamin'gny
taranak'i Asafa, pihira tamin'gny asa tao amin'gny tragnon'Agnahary.[23]Teo amban'gny baiko boak'amin'gny pazaka
ereo, sady baiko fatrasy gny nomia reo pihira araky gny nitake isan'andro.[24]Boak'eo Petaia zanadahin'i
Mesezabela, taranak'i Zera zanadahin'i Joda, dra teo agnilan'gny pazaka tamin'gny raha aby mahakasiky gny
vahoaky.[25]no reo tana vo reo sahan'reo, gny sasany tamin'gny vahoakin'i Joda dra nitoesy tagny Kiriata-Arba vo
reo tanany, vo tagny Dibona vo reo tanany, vo tagny Jekabzela vo reo tanany,[26]vo tagny Jesoa, Molada, Beti-Paleta,
[27]Hasazasoala, vo Biry-seba vo reo tanany.[28]Gny ilany tamin'gny vahoakin'i Joda dra nitoesy tagny Ziklagy, Mekona
vo reo tanany.[29]Enrimona, Zora, Jarmota,[30]Zanoa, Adolama, vo gny tanan'reo, vo tagny Lakisa sahanyvo Azeka vo
reo tanany. Ka dra nitoby avy tagny Beri-sheba dra hatragny amin'gnylohasahan'i Hinoma ereo.[31]Nifitaky teo
alohan'i Geba zayavo koa reo vahoakin'i Benjamina, tagny Mikmasy vo Aia, tagny Betele vo reo tanany,[32]tagny
Anatota, noba, Anania,[33]Hazora, Rama, Gitaima,[34]Hadida, Jeboima, Nebala,[35]Loda, vo Ono, vo gny lohasahan'ereo
panao asa tagna.[36]Gny ilany amin'ireo Levita ze nifitaky tagny Joda dra notendre tamin'gny vahoakin'i Benjamina.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 12

[1]Tahoky aby reo pisoro vo reo Levita ze niakasy nindray tamin'i Zerobabela zanadahin'i Sealtiela vo nindray
tami'i Jesoa: Seraia, Jeremia, Ezra, [2]Amaria, Maloka, Hatosy, [3]Sekania, Rehoma, vo Meremota.[4]Nisy an'i Ido,
Ginetoy, Abia, [5]Miamina, Madia, Bilga, [6]Semaia, Joiariba, Jedaia, [7]Salo, Amoka, Hikia, Jedaia. Reo gny pitariky reo
pisoro vo reo piara-miasa amin'ereo tamin'gny andron'i Jesoa.[8]Reo Levita dra Jesoa, Binoy, Kadmiela, serebia,
Joda, vo Matania, ze nisaha gny hira fagnomezam-pisora, mindray amin'ireo piara-miasa aminazy. [9]Bakbokia vo
Ono, reo piara-miasa aminazy, dra nizoro nagnandrify andreo nandrisy gny asa fanopoa.[10]Jesoa gny ran'i
Joiakima, Joiakima niteraky an'i Eliasiba, Eliasiba niteraky an'i Joaida, [11]Joiada niteraky an'i Jonatana, Jonatana
niteraky an'i Jadoa.[12]Tamin'gny andron'i Joiakima dra tahoky aby gny pisoro, lohan'ireo fianakavia: Meraia lohan'i
Seraia, Hanania lohan'i Jeremia, [13]Mesolama lohan'i Ezra, Johanana lohan'i Amaria, [14]Jonatana lohan'i Meliko, vo
Josefa lohan'i Sebania.[15]Adna gny lohan'i Harima, Helkay gny lohan'i Meraiota, [16]Zakaria gny lohan'i Ido,
Mesolama hmu lohan'i Ginetona, vo [17]Zikry gny lohan'i Abia... an'i Miniamina. Piltahy gny lohan'i Moadia. [18]Samoa
gny lohan'i Bilga, Jonatana gny lohan'i Semaia, [19]Matenay gny lohan'i Joariba, Ozy gny lohan'i Jedaia, [20]Kalay gny
lohan'i Salay, Ebera gny lohan'i Amoka, [21]Hasabia gny lohan'i Hilkia, vo Netanela gny lohan'i Jedaia.[22]Tamin'gny
andron'i Eliasiba, reo Levita Eliasiba, Jodaia, Johanana, vo Jadoa gny nirakety an-sorasy ho loham-pianakavia, dra
reo pisoro gny nirakety an-sorasy nandrisy gny fanzakan'i Dariosy gny Persiana. [23]Reo taranak'i Levy, reo
lohan'gny fianakaviany dra voarakisy an-sorasy tao amin'gny bokin'gny tatara hatramin'gny andron'i Johanana
zanadahin'i Eliasiba.[24]Reo lohon'ireo Levita dra Hasabia, Serebia, Jesoa zanadahin'i Kadmiela, nindray tamin'gny
piara-miasa amin'ereo, ze nizoro nagnatriky andreo so hagnome fidera sady hagnome fisora, mifamaly gny isam-
paritry, ho fagnekegna gny lilin'i Davida, gny lalahin'Agnahary. [25]Matania, Bakbokia, Obadia, Mesolama, Talmona,
vo Akoba,gny piamby vavahady niamby teo amin'gny tragno fitahiriza teo am-bavahady. [26]Nanopo tamin'gny
andron'i Joiakima zanadahin'i Jesoa zanak'i Jozadaka, vo tamin'gny andron'i Nehemia gny governora vo tamin'i
Ezra pisoro vo panora-dalagna ereo.[27]Tamin'gny fanokana gny fefin'i Jerosalema, dra nitalia reo Levita tamin'ize
iaby nitobohan'ereo gny vahoaky, handay andreo agny Jerosalema so hakalaza gny fanokana am-pifalia,
amin'gny fanoloram-pisora dra hihira amin'gny kipanso, valiha, vo amin'gny lokanga. [28]Reo piara-mihira dra
nindra nivory isan-tokony nagnodidy an'i Jerosalema vo boaky amin'ireo tana agny Netofatita.[29]Boaky agny Beti-
gilgala avo koa ereo vo boaky agny amin'ireo sahan'i Geba vo Azmaveta, fa reo pihira dra fa nagnamboasy zana-
bohisy nagnodidy an'i Jerosalema ho andreo. [30]Bokeo reo pisoro vo reo Levita dra nagnadio gny vatan'ereo, vo
bokeo nagnadio gny vahoaky, reo vavahady, vo gny fefy.[31]Dra napekariko tegny an-tapon'gny fefy reo lohan'i Joda,
dra nanendry antoko-pihira lahibe ro ze nagnome fisora zaho. Gny raiky dra nandeha tagny akavagnan'gny fefy
nagneo amin'gny Vavahadin-Zeziky.[32]Hosaia vo gny ansasaky gny pitarik'i Joda nagnaraky andreo, [33]dra
nagnaraky andreo i Azaria, Ezra, Mesolama, [34]Joda, Benjamina, Semaia, Jeremia, [35]vo gny sasany tamin'ireo
zanadahin'gny pisoro nindray tamin'gny asaiva, vo Zakaria zanadahin'i Jonatana zanadahin'i Semaia zanak'i
Matania zanak'i Mikaia zanak'i Zakora zanak'i Asafa.[36]Nisy an'ireo havan'i Zakaria avo koa, dra Semaia, Azarela,
Milalay, Gilalay, May, Netanela, Joda, Hanany, nindray tamin'ireo raha magnenon'i Davida gny lelahin'Agnahary.
Ezra panora-dalagna dra teo agnoloan'ereo.[37] Teo agnilan'gny Vavahadin-Doharano gny niakasy tohasy tao
amin'gny tanan'i Davida, tamin'gny zana-tohasy magnagny amin'gny fefy ambonin'gny lapan'i Davida, tagny
amin'gny Vavahadin-Drano eo asinagna ereo.[38]Nandeha tamin'gny lalan-kafa gny atoko pihiran'ireo ze nagnome
fisora. Nagnaraky andreo teo amin'gny fefy nindray tamin'gny ansasaku gny vahoaky zaho, dra teo amin'gny
Tilikambon'gny Fatana, teo amin'gny Fefy Lahibe, vo ambonin'gny Vavahadin'i Efraima, [39]vo teo amin'gny
Vavahadiy Taloha, vo teo amin'gny Vavahadin'gny Hazan-drano vo gny Tilikambon'i Hananela vo gny
Tilikambon-Zato, teo amin'gny Vavahadin'gny Agnondry, dra nizano teo am-Bavahadin'gny Piamby ereo.[40]Dra
nangalaky gny toeran'ereo tao an-tragnon'Agnahary reo antokom-pihira ron'ireo nagnome fisora, sady nangalaky
gny toerako nindray tamin'gny ansasaky gny manam-pahefa nindray taminahy avo koa zaho. [41]Bokeo dra
nangalaky gny toerany reo pisoro: Eliakima, Mahaseia, Miniamina, Mikaia, Elionay, Zakaria, vo Hanania,
mbamin'ireo asava,[42] vo Mahaseia, Semaia, Eleazara, Ozy, Johanana, Malkia, Elama, vo Ezera avo koa, vo reo
pihira nanao ze hahareza andreo dra Jizrahia gny pitariky andreo.[43]Nanolosy soro lahibe ereo tamin'izeho andro
zeho, dra niravo, akory Zagnahary napiravo andreo tamim-pifalia lahibe. Reo apela vo ankizy avo koa dra nifaly,
Dra re boaky lavisy gny fifalian'i Jerosalema.[44]min'izeho andro zeho dra nisy reo lelahy notendre hisaha gny
tragno fitahirizan-drakisy, reo voloham-bokasy, vo reo apahafolon-kare, so hamory gny anzara takin'gny lalagna
ho an'ireo pisoro vo ho an'ireo Levita ao amin'ireo. Gny kiakiraiky dra nitendre so hiasa reo saha marin'gny
renovohisy. Akory nifaly tamin'ireo pisoro vo reo Levita ze nizoro teo agnoloan'ereo i Joda. [45]Nagnatateraky gny
asa ho an'gny Zagnaharin'ereo, vo gny asa fagnadiova ereo, nanao manahaky anizeho koa reo pihira vo reo


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

piamby vavahady, tamim-pitandrema gny lilin'i Davida vo Solomona zanadahiny.[46]Fa taloha ela be, tamin'gny
andron'i Davida vo Asafa, dra nisy pitariky reo pihira, sadynisy hira fidera vo fagnomezam-pisora ho
an'Agnahary. [47]Tamin'gny andron'i Zerobabela vo tamin'gny andron'i Nehmia, dra nagnome gny anzara isan'andro
ho an'ireo pihira vo piamby vavahady reo Israely aby. Natokan'ereo gny anzara ze ho an'ireo Levita, vo reo Levita
nanoka anzara ho an'ireo taranak'i Arona.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 13

[1]Tamin'izeho andro zeho dra nivakian'ereo teo an-sofin'gny vahoaky gny Bokin'i Mosesy. Hita vooasorasy tao
amin'izeho fa sy misy Amonita na Moabita tokony hilisy ao amin'gny fiangonan'Agnahary, mandrakizay. [2]Zeho dra
akory sy avy teo amin'gny zanak'Israely nindray tamin'gny mofo vo rano ereo, fa nagnakaram an'i Balama so
hagnozo gny Israely ereo. Ndre dra zeho aza, navaliky gny Zagnaharisika ho fitahia gny ozo. [3]No vo nahare gny
lalagna ereo, dra nisarahin'ereo tamin'Israely gny olo hafa firene aby.[4]Vo tafaran'izeho iho Eliasiba pisoro iho dra
voatendry ho amin'ireo tragno fitahirizan'gny tragnon'Agnaharisika. Izy dra nana fifandresa tamin'i Tobia.
[5]Nikarakara efitragno fitahiriza lahibe ho an'i Tobia i Eliasiba, zay nitahirizan'ereo gny fagnatisy hohany, gny
ditin-kazo magnisy, reo kozakoza,vo reo apahafolom-bokasy, divay vaovao, vo gny dililo, ze voatoka ho an'ireo
LEvita, reo pihira, reo piamby vavahady, vo reo anzara ho an'ireo pisoro tagny aloha.[6]Fe tamin'izeho fotoa aby
zeho dra sy tao Jerosalema zaho. Fa nandeha tagny amin'gny pazaka zaho tamin'gny faharo amby telopolo tao
nanzakan'i Artaksersesy pazakan'i Babyloa. Fotoa masaiky tafaran'izeho dra nangataky alala hanenga gny
pazaka zaho, [7]dra nihery tagny Jerosalema. Fatako mansy gny rasy ze fa nahin'i Eliasiba tamin'gny nagnomezany
an'i Tobia efitragno fitahiriza lahibe tao ank-kianzan'gny tragnon'Agnahary.[8]Ory fatrasy zaho dra naboakiko teo
ivelan'gny efitragno fitahiriza aby reo etan'gny fianakavian'i Tobia aby. [9]Nandily gny hagnadiovan'ereo reo
efitragno fitahiriza zaho, dra naheriko tao amin'iregny reo etan'gny tragnon'Agnahary, reo fagnatisy hohany, vo
gny ditin-kazo magnisy.[10]Fatako fa bo sy nome andreo gny anzaran'ireo Levita, fa nilefa ereo, samby nagnagny
amin'gny taniny abu, reo LEvita vo reo pihira ze nanao gny asa. [11]Dra nifagnatriky tamin'ireo manam-boninahisy
zaho dra nanao ho: "Nagnino gny nisinosinoavy gny tragnon'Agnahary?" Navoriko niaraky dra napetrko
tamin'gny toerany reo.[12]Bokeo dra nanday gny apahafolom-bokasy, gny divay vaovao, vo gny dililo ho agny
efitragno fitahiriza gny Joda aby. [13]Nanendry an'i Selemia pisoro vo Zadoka panoran-dalagna, vo tamin'ireo
Levita, Pedaia, ho pitam-bolan'gny tragno fitahirizan'Agnahary zaho. Teo agnilan'ereo i Hanana zanadahin'i
Zakora zanadahin'i Matania, fa ereo gny voazaka ho magneva-pitokisa. Gny adidin'ereo dra mizara reo vasy ho
an'ireo piara-miasa amin'ereo. [14]Sarovy zaho, ry Zagnahariko, mahakasiky anizeho, sady ka fafa reo asa soa ze fa
nahiko ho an'gny tragnon'Agnaharinay vo reo fanopoa anizeho.[15]Vo tamin'izeho andro zeho dra nahita reo
vahoaky tao Joda nagnosihosy famiazam-boaloboky tamin'gny Sabata sady nanday salohim-bary dra napanday
aniregny tamin'gny borikiny, vo koa divay, voaloboky, aviavy,vo reo karazan-draha mavesatry aby, ze
nandesin'ereo tao Jerosalema tamin'gny andro Sabata zaho. Nanohisu fatrasy gny nivarotan'ereo hany
tamin'izeho andro zeho zaho.[16]Reo lelahy latagny Tyro nitoboky tao Jerosalema dra nanday hazandrano vo etam-
barosy sambihafa, dra nivarotin'ereo tamin'gny andro Sabata tamin'gny vahoakin'i Joda vo tao amin'gny tana
regny! [17]Dra nifagnatriky tamin'ireo pitarik'i Joda zaho ho: "Ino zeho raha rasy ahindrareo, mandoto gny andro
Sabata zeho?[18] Sa ra nanao zeho ra reo razandrareo? Sa sy Zagnahary ra gny nanday zeho rasy aby zeho
taminsika vo tamin'itiky tana tiky? Androany handrareo dra manday hahoria bebe kokoa amin'Israely tamin'gny
fandotoa gny Sabata."[19]No vantany vo mezy teo amin'gny vavahadin'i Jerosalema talohan'gny Sabata, dra nandily
gny hikatognan'ireo vatrangara vogny sy tokony hisokafan'iregny sasy hatramin'gny afaran'gny Sabata zaho.
Nametraky gny sasany tamin'ireo panopoko teo amin'ireo eta ho afaky andesy milisy amin'gny andro Sabata.
[20]Nitoby tagny ivelan'i Jerosalema ndraiky mandeha na indro reo pandranto vo pivarosy karazan'eta aby.[21]Fe zahi
napitandry andreo ho; "Nagnino handrareo gny mitoby ivelan'gny fefy? No bo mapihery anizeho handrareo, dra
hikasi-tagna andrareo zaho!" Nanomboky tamin'izeho fotoa zeho dra sy avy tamin'gny andro Sabata sasy ereo.
[22]Bokeo nandily reo Levita zaho so hagnadio gny vatan'ereo, dra ho avy hiamby reo vavahady, so hagnamasy gny
andro Sabata. Sarovy avo koa zaho gny amin'izeho, ry Zagnahriko, dra mamindra fo aminahy nohon'gny sy
fivaliam-paneke anagnaniha aminahy.[23]Tamin'izeho andro zeho dra nahita reo Jiosy ze nanambaly reo apelan'i
Asdoda, Amona, vo Moaba avo koa zaho. [24]Nizaka tamin'gny fizakan'i Asdoda gny ansasaky gny taranak'ereo. Sy
nisy tamin'ereo nahay nizaka gny fizakan'i Joda, fa gny fizakan'gny raiky amin'ireo olo hafa raiky avo.
[25]Nifagnatriky tamin'ereo zaho, dra nagnoso andreo, dra nizera gny sasany tamin'ereo sady nandrirosy gny
volon'ereo. Napifata andreo tamin'Agnahary zaho, nanao ho: "Handrareo dra sy tokony hagnome gny zanaky
apelandrareo ho an'ireo zanadahin'ereo regny, na hangalaky gny zanaky apelan'ereo regny ho an'gny
zanadahindrareo, na ho andrareo. [26]Sa sy nanota tamin'ireo apela reo se i Solomona pazakan'Israely? Sy nisy
pazaka manahaky anazy tamin'ireo firene maro, dra tian'gny Zagnahariny izy, dra Zagnahary nanao anazy ho
pazaka nanera gny Israely aby. Ndre dra zeho aza, napanotan'ireo valiny hafa firene izy. [27]Sa ra tokony hiteno
aniha zahay dra hhanao zeho rasy lahibe zeho, dra mivalky amin'gny Zagnaharisika amin'gny fangala apela hafa
firene ho valy?"[28]Raiky amin'ireo zanadahin'i Joiada zanadahin'i Eliasiba pisorabe dra vinato lahin'i Sambala
Horonita. Noho zeho dra napilefasiko tamin'gny fagnatrehako izy. [29]Sarovy izy regny, ry Zagnahariko, akory fa


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

nandoto gny fisorogna, vo gny faneken'gny fisorogna vo reo Levita.[30]Sahala anizeho gny nandiovako anazy regny tamin'gny raha aby hafa firene, dra nametraky reo adidin'ireo pisoro vo reo Levita, gny kiarikiaraiky ho samby amin'gny asany aby. [31]Namasy tamin'gny fotoa voatondro gny fagnatisy kitay vo reo voloham-bokasy zaho. sarovy amin'gny soa zaho, ry Zagnahariko.

# Esther

Chapter 1

[1]Tamin'gny andron'i Ahasoerosy (Ahasoerosy gny nanzaka hatragny India dra hatragny Etiopia, nagneniky gny faritany 127), [2]tamin'izeho andro zeho dra nitoboky teo amin'gny seza fiandrianany tao amin'gny ferova fatrasin'gny Sosana i Ahasoerosy pazaka.[3]Tamin'gny tao fahatelo nanzakany, dra nanao fanasa ho an'ireo manam-pahefa vo reo panopony aby izy. Gny tafik'i Persia vo Media, reo lelahy manan-kaza, vo reo governoran'ireo faritany dra teo amin'gn fagnatrehany. [4]Napiharihary gny haren'gny famirapiratan'gny fanzakany vo gny hazan'gny voninahisin'gny fahalabiazany nandrisy gny andro maro, nandrisy gny 180 andro izy.[5]Vo nofa tapisy reho andro reho, dra nanao firavoravoa nandrisy gny fito andro gny pazaka. Nahy ho an'gny olo aby teo amin'gny ferova fatrasin'i Sosana zeho, hatramin'gny lahibe loasy dra hatramin'gny madiniky loasy. Nahy teo an-kianzan'gny zaridain'gny lapan'gny pazaka zeho. [6]Gny kianzan'gny zariday dra voahengo tamin'gny lamba vita amin'gny landihazo fosy vo volompoarasy. tamin'gny kofehin-drongony fosy madiniky vo volomparasy, nihanto tamin'gny mason-drozo volafosy hatregny amin'gny andrin'gny marbra. Nisy farafara volamena vo volafosy teo amin'gny filaharan'gny lapivato porfira, marbra, hara, vo rarivato miloko.[7]Naroso tamin'gny kapoaky volamena gny raha finomy. Gny kapoaky kiraikiraiky dra sy manam-paharo dra maro vatany gny divaim-panzaka nohon'gny fahalalaln-tagnan'gny pazaka. [8]Gny raha finomy dra nandesy niboaky ho fitandrova gny lily ho: "Sy misy faneritere." Nagnome beko gny piasa aby tao an-dapany gny pazaka so hanao se iaby irin'gny vahiny kiraikiraiky.[9]Dra nanao fanasa ho an'gny apela avo i Vasty pazaka vavy tao amin'gny lapan'i Ahasoerosy pazaka. [10]Tamin'gny andro fahafito, no nahasiaro faly gny fon'gny pazaka nohon'gny divay, dra nizaka tamin'i Mehomana, Bizta, Harbona, Bigta, Abagta, Zetara, vo Karkasa (reo manam-boninahisy fito nanopo teo agnoloany) izy, [11]so handay gny pazaka vavy Vasty ho eo agnoloany miaraky amin'gny satro-boninahiny. Tiany haseho amin'gny vahoaky vo reo manam-boninahisy gny hasoany, akory manaisy loasy gny tarehiny.[12]Fa nanda gny handeha araky gny zakan'gny pazaka ze nandesin'ireo manam-boninahisy teo aminazy i Vasty pazaka vavy. Bokeo dra ory fatrasy gny pazaka; nirehisy tao agnatiny gny hahoriany.[13]Noho zeho gny pazaka dra nifandiniky tamin'ireo lelahy ze fatasy fa hendry, ze mahafatasy gny andro ( fa zeho gny fahin'gny pazaka magnoloa an'ireo aby manam-pahaiza manoka amin'gny lalagna vo gny fisara). [14]Vo gny mariny anazy loasy dra i Rarsena, Setara, Admata, Tarsisy, Maresa, MArsena, vo Memokana, reo andria fiton'i Oersia vo Media. Afaky nifanerasera tamin'gny pazaka ereo, dra nita gny toera ambony tao amin'gny fanzaka. [15]"Araky gny fagnarahan-dala, ino gny tokony hahy amin'i Vasty pazaka vavy nohon'gny sy fagnekeny gny bekon'i Ahasoerosy pazaka, ze nandesin'ireo manam-boninahisy teo aminazy?"[16]Ho Memokana teo agnatrehan'gny pazaka vo reo manam-boninahisy ho: "Sy tamin'gny pazaka avo i Vasty pazaka vavy gny nanao fahadisoa, fa tamin'ireo manam-boninahisy vo reo vahoaky ze manera gny faritanin'i Ahasoerosy pazaka avo koa. [17]Fa gny raha nahin'gny pazaka vavy dra ho fatan'ireo apela aby. Hahavy andreo hamingavinga gny valin'ereo zeho. Hizka ereo ho: 'Nagnome lily i Ahsoerosy pazaka so ho anddesy eo agnoloany i Vasty pazaka vavy, fa nanda izy. [18]Mialohan'gny hiafaran'itiky andro tiky avo gny andriambavin'i Pesia vo Media ze nahare gny raha nahin'gny pazaka vavy dra hizaka manahaky anizeho amin'ireo manam-boninahisy gny pazaka koa. Dra hisy famingavinga vo hahoria be.[19]No ankasitrahin'gny pazaka zeho, dra aoky hisy lilim-panzaka hiboaky boaky aminazy agny, dra aoky ho voasorasy ao amin'gny lalagnan'i Persianina vo Medianina, ze sy azo foagna, fa Vasty dra mahazo magneo agnoloany sasy. Aoky homen'gny pazaka ho an'gny apela ze soa noho izy gny toera maha-pazaka vavy anazy. [20]Nofa voatory manera gny fanzaka midadasiky zeho lilin'gny pazaka zeho, dra hagnaza gny valiny aby gny apela aby, manomboky amin'gny lahibe loasy dra hatramin'gny madiniky loasy."[21]Dra sitraky gny pazaka vo gny andriany zeho toro-hevisy zeho, dra nanao araky ze nanoloran'i Memokana hevisy anazy gny pazaka.[22] Nandefa taratasy ho agny amin'gny faritanm-panzaka aby izy, ho an'ireo faritany aby araky sorany aby, vo ho an'gny firene kiraikiraiky araky gny fizakany aby. Nanao lily izy fa gny lelahy aby dra masi-mandily eo amin'gny tokatragnony. Nome araky gny fizakan'ireo vahoaky kiraikiraiky tao amin'gny fanzakany zeho lily zeho.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 2

[1]Tafaran'ireo raha reo, nofa nitony gny hahorian'i Ahasoerosy pazaka, dra nieriserisy an'i Vsty vo ze fa nahiny izy.
Nieriseretiny koa gny lily ze nandesiny nisara anazy. [2]Dra ho ereo zatovo lahin'gny pazaka ze nanopo anazy ho:
"Aoky hisy fitaliava tovovavy soa tarehy viriziny ho an'gny pazaka.[3]Aoky gny pazka hanendry gny manam-pahefa
amin'gny faritany aby amin'gny fanzakany, so hanango reo tovovavy soa tarehy viriziny aby ho agny an-
tragnon'apela agny amin'gny ferova fatrasy agny Sosana.Aoky ereo hapetraky ao amban'gny fiahian'i Hegay,
sindranolahin'gny pazaka, ze miandraikisy gny apela, dra aoky izy hagnome andreo reo fikoloa gny tarehin'ereo.[4]
Aoky gny tovovavy ze mahafaly gny pazaka ho lasa pazaka vavy ep amin'gny toeran'i Vasty." Dra nahafaly gny
pazaka zeho toro-hevisy zeho, ka dra nitaterahiny arak'izeho.[5]Dra nisy Jiosy raiky tao amin'gny ferova fatrasin'i
Sosana ze nitokavy ho Mordekay zanadahin'i Jaira zanadahin'i Simey zanadahin'i KIsy, zay taranak'i Benjamina.[6]
Nandesy boaky tagny Jerosalema nindray tamin'ireo sesitany mbamin'ireo ze nala nindray tamin'i Jekonia,
pazakan'i Joda, ze niboaboin'i Nebokadnezara pazakan'i Babylona izy.[7]Izy gny niteza an'i Hadasa, ze ahy ho,
Estera, zanakay apelan'gny dadatoany, akory sy nana ndre ra ndre reny izy. Soa tarehy gny tovovavy sady
manam-bika maha-te-ho tia. Dra nirambesin'i Mordekay manahaky gy zanany apela izy.[8]Nofa nambara gny beko
vo gny lilin'gny pazaka, dra tovovavy maro gny nandesy tagny amin'gny ferova fatrasin'i Sosana. Napetraky teo
ambany fiahian'i Hegay ereo. Dra nandesy tao an-dapan'gny pazaka koa i Estera dra napetraky tao ambany
fiahian'i Hegay, gny piandraikisy gny apela.[9] Dra nahafaly anazy gny tovovavy, dra nahita sitraky taminazy izy.
Avy hatragny dra nomeny reo fikoloa tarehy vo gny anzara sakafony izy. Dra nanendry panopovavy fito boaky
tao an-dapan'gny pazaka ho anazy izy, dra nafindrany tao amin'gny toerany soa indrindra tao an-tragnon'ireo
apela izy mbamin'ireo panopovavy.[10]Sy nizakan'i Estera tamin'ia na ia ze firene na reo havany, akory fa nanarin'i
Mordekay izy bo sy hizaka. [11]Isan'andro dra mivezivezy manoloa gny kianza eo ivelan'gny tragnon'ireo apela i
Mordekay, so hahafatarany gny mahakasik'i Estera, vo mahakasiky ze hahy aminazy.[12]Nofa avy gny anzaran'gny
tovovavy kiraikiraiky ba ho ao amin'i Ahasoerosy pazaka--- arak'ireo lily amam-pisipiky ho an'ireo apeka, dra sy
maiansy mahafeno fikarakara hasaom-baya mandrisy gny ro amby folo vola gny tovovavy kiraikiraiky, enim-bola
mindray amin'gny menaky miora, vo enim-bola koa mindray amin'ireo raha magnisy vo reo fikoloa tarehy---
[13]nofa nadeha nagnagny amin'gny pazala gny tovovay raiky, dra nome anazy ze iaby nilany tao an-tragnon'ireo
apela, so ho anazy ho andesy ao an-dapa.[14]Gny hariva dra hilisy ao agnattiny izy, vo gny maraindray koa dra
hihery ao an-tragno faharon'ireo apela izy, dra gnyan-tragno ferovan'i Sasegaza, sinandrolahin'gny pazaka, ze
niandraikisy gny vadisindrano. Dra sy hihery agny amin'gny pazaka sasy izy no sy fa nahazo fifaliam-be
tamin'apela, dra nitoka anazy ndraiky.[15]NOfa avy gny fotoan'i Estera (zanaky apelan'i Abihaila, rahalahin-dran'i
Mordekay, ze fa nandramby anazy sahaly gny zanaky apela) hilirany tao amin'gny pazaka, dra sy nangataky ndre
ino ndre ino izy, ankoas'ize natolos'i Hegay sindranolahin'gny pazaka, ze niandraikisy reo apela, avo. Dra nahazo
fankasitraha tamin'ize iaby nahita anazy i Estera. [16]Dra nandesiny tagny amin'i Ahasoerosy pazaka ho ao
amin'gny toeram-ponegnan'gny pazaka tamin'gny vola faha folo i Estera, ze volan'i Tebeta, tamin'gny fahafito tao
nanzakany.[17]Dra tian'gny pazaka mihoasy noho reo apela aby i Estera dra nahazo faneke vo fankasitraha teo
agnatrehany izy, mihoasy noho reo viriziny aby. Noho zeho dra nisatrohiny satro-boninahisy teo amin'gny lohany
dra nahiny pazakavavy solon'i Vasty izy.[18] Dra nagnome fanasa lahibe ho an'ireo manam-pahefa iaby vo reo
panopony aby gny pazaka, "fanasan'i Estera," dra nomeny fahafaha tamin'gny fandoavan-ketra reo faritany. Dra
nagnome fagnomeza tamin'gny fahalalahan-tagnan'gny pazaka koa izy.[19]Dra nofa tafavory fagnindrony re
viriziny, dra nitoboky teo am-bavahadin'gny pazaka i Mordekay. [20]Bo sy nizaka tamin'ia na ia mahakasiky reo
havany vo gny fireneny i Estera, arak'ize nagnanaran'i Mordekay anazy. Dra nagnaraky hatragny gny toro-hevis'i
Mordekay izy, arak'ize fa nahiny tamy izy nitezany. [21]Tamin'izeho andro zeho, no nitoboky teo am-bavahadin'gny
pazaka i Mordekay, dra soregna sady nitalia hagnisy rasy an' Ahsoerosy pazaka, gny ro tamin'ireo sindranolahy,
dra Bigtana vo Taresy, ze niamby gny vavahady.[22]Nofa fatan'i Mordekay gny raha nisy, dra nitatarany tamin'i
Estera pazakavavy, dra Estera koa niresaky tamin'gny pazaka tamin'gny agnaran'i Mordekay. [23]Voahadihady sady
voamary gny tatisy, dra nahanto tamin'gny hazo fanantona izy mirahalahy. Nisorata tao agnatin'gny Bokin'gny
Tatara teo agnatrehan'gny pazaka zeho tatara zeho.

Chapter 3

[1]Tafaran'ireo raha reo, dra nasondros'i Ahasoerosy pazaka i Hamana zanak'i Hamedota ao Agatita, dra napetrany
ambonin'ireo manam-pahefa aby amboni'ireo manam-pahefa aby ze nindray taminazy gny toeram-pahefany.
[2]Reo panopon'gny pazaka aby ze tao am-bavahadin'gny pazaka dra nandohaliky sady niankohoky tamin'i
Hamana, arak'ize nibekon'gny pazaka hahin'ereo. Fe sy nandohaliky na hiankohoky taminazy i Mordekay.[3]Dra ho
reo panopon'gny pazaka ze teo am-bavahadin'gny pazaka tamin'i Mordekay ho: "Nagnino hanao gny sy magneky
gny lilin'gny pazaka?" [4]Niresaky taminazy isan'andro ereo. fe nanda gny hagnatateraky gny fangatahan'ereo izy.
Koa dra niresaky tamin'i Hamana izy so hizaha no nizano manahaky gny zaha mahakasik'i Mordekay, fa izy dra
fa nizaka tamin'ereo fa Jiosy izy.[5]Nofa hitan'i Hamana fa sy nandohaliky vo niakohoky taminazy i Mordekay dra
feno hahoria izy. [6]Nanda gny hevisy hamono an'i Mordekay raiky avo izy, fa reo panopon'gny pazaka nizaka
taminazy ho ia moa gny vahoakin'i Mordekay. Nagniry gny handripaky gny Jiosy aby i Hamana, gny vahoakin'i
Mordekay, ze tao amin'gny fanzakan'i ahsoerosy manotolo.[7]Tamin'gny vola volohany (ze volan'i Nisana),
tamin'gny faharo ambin'gny folo tao nanzakan'i Ahasoerosy, dra gny Pora--- zeho gny loka--- natoraky teo
agnoloan'i Hamana, so hifiliana andro vo vola. Dra natorak'ereo ombiegny ombiegny gny loka mandra-
pilasahan'izeho teo amin'gny vola faha roambin'gny folo (ze volan'gny Adara).[8]Dra ho Hamana tamin'i
Ahasoerosy Pazaka ho: 'Misy vahoaky sasany miely sady miparitaky manera gny faritanin'gny fanzakaniha aby.
Gny lalagnan'ereo dra hafa noho gny an'gny vahoaky sasany, vo ereo dra sy mbo mitandry gny lalagnan'gny
pazaka, dra sy mahasoa gny pazaka gny fanenga andreo hizano. [9]Fa no sitraky gny pazaka, dra magnomeza beko
so hamonoa andreo, dra handoa taleta volafosy ray aly eo an-tagnan'gny panao raharahan'gny pazaka zaho, so ho
andesy ao amin'gny rakisy gny pazaka."[10]Dra nandramby persy fitombokase tamin'gny tagnany gny pazaka dra
nomeny an'i Hamana zanadahin'i Hamedata Agnatita, fahavalon'ireo Jiosy. [11]Ho gny pazaka tamin'i Hamana ho:
"Hitako fa nahery taminrareo vo gny vahoakinddrareo gny vola. Hoa hindrareo amin'ize hirindrareo zeho."[12]Dra
voatoka tamin'gny andro fahatelo ambin'gny folo tamin'gny vola volohany reo pagnora-dalagnan'gny pazaka, vo
gny lalagna aby ze nandilian'i hamana dra nisorata ho an'ireo governoram-paritanin'gny pazaka, reo ze teo
amin'gny faritany aby, ho an'ireo governoran'gny olo sambihafa aby, vo ho an'gny manam-pahefan'gny vahoaky
aby, isakin'gny faritany gny sora-tagnan'ereo, vo ho an'gny vahoaky aby isakin'gny fizakany aby. Dra nisorata
tamin'gny agnaran'i Ahasoerosy pazaka zeho dra voatombokase tamin'gny perasiny. [13]Natolo-tagna tamin'gny
alalan'ireo iraky tagny amin'gny faritanin'gny pazaka aby reo antontan-taratasy, so handripaky, hamonoa, vo
hamoteha gny Jiosy aby, manomboky amin'gny tanora hatramin'gny antisy, vo gny ankizy vo gny apela,
agnayin'gny andro raiky--- amin'gny andro faha-telo ambin'gny folo amin'gny vola faharo amin'gny folo (zay
volan'i Adara) ---dra bo handrobagna gny haren'ereo.[14]Nahy talagna isaky gny faritany gny dika amin'gny taratasy.
Dra napahafatary gny vahoaky aby isaky gny faritany fa tokony hiomanan'ereo ho amin'izeho andro zeho. [15]Dra
niboaky reo iraky dra nizara malaky gny lilin'gny pazaka. Fa voazara tao amin'gny ferova fatrasin'gny Sosana vo
koa gny lalagna. Nitoboky bo hino i Hamana vo gny pazaka, fe tao agnaty korota gny tanan'gny Sosana.

## Chapter 4

[1]Nofa fatas'i Mordekay ze fa vita aby, dra nirovitiny gny akazo dra nitafy lamba fandala sady nihoson-davenoky
izy. Nandeha niboaky teo agnivon'gny tana izy, dra nihiakiaky vo nidradradradra fatrasy. [2]Avy lavisy teo amin'gny
vavahadin'gny pazaka avo izy, akory sy nisy olo nahazo alala andeha eo amin'izeho mindray amin'gny akazo
fandala. [3]Dra tagny amin'gny farisy aby, ndre teza ndre teza avin'gny beko vo lalagnan'gny pazaka, dra nisy
fandala lahibe teo amin'ireo Jiosy, nindray tamin'gny fifadihan-kany, fitomagnia, vo fitaraigna. Maro amin'ereo
gny nandry teo amin'gny lamba fandala amin-davenoky.[4]Nofa avy gny ankizivavin'i estera vo reopanopony dra
nizaka taminazy, dra nalahelo fatrasy gny pazaka vavy. Nandefa fitafy hapiakazoa an'i Mordekay izy (so afahany
mangalaky akazo fandalany), fe sy hagneky reo izy. [5]Bokeo estera nitoka an'i Hataka, raiky amin'ireo
sindranolahin'gny pazaka ze nitendre hanopo anazy. Nibeko anazy so handeha agny amin'i Modekay izy so
hahafatara ze nitranga vo ze anton'izeho.[6]Noho zeho dra nagnagny amin'i Mordekay agny amin'gny tana eo
agnoloan'gny vavahadin'gny pazaka i Hakata. [7]Nizakan'i Mordekay taminazy ze iaby nitranga taminazy, vo gny
fitambaran'gny volfosy ze napagnatenan'i Hamana haloa vo hapetraky ao amin'gny tragno fitahirizan'gny oazaka
koa so hamonoa reo Jiosy. [8]Nomeny anazy koa gny dika mitovy tamin'gny lalagna ze naboaky tagny Sosana gny
amin'gny fagnapoteha gny Jiosy. Nahiny zeho so ahafahan'i Hataka mapiseho anizeho amin'i Estera, vo bo
hagnamezany anazy gny andrekisy amin'gny fandehana agny amin'gny pazaka so hitalaho gny fankasitrahany,
vo hitalaho aminazy amin'gny agnaran'gny vahoakiny.[9]Koa dra nandeha i Hataka dra nizaka tamin'i Estera ze
nizakan'i Mordeksy. [10]Bokeo Estera niresaky tamin'i HAtaka dra nizaka taminzay so hihery agny amin'i Mordekay.
[11]Ho izy ho: "Fatas'ireo panopon'gny pazaka aby vo gny vahoakin'ireo pazaka agny amin'gny farisy fa no misy
lelahy na apela magnagny amin'gny pazaka ao agnatin'gny kianza fe sy napitokavy, dra misy lalagna raiky avo:
dra gny hamonoa anzay ho faty--- ankoas'ize tondroin'gny pazaka amin'gny tehim-bolamena so afahany ho velo.
Sy nitokavy hagnagny amin'gny pazaka zaho ze telopolo andro zay." [12]Noho zeho dra nitaterin'i Hataka tamin'i
Mordekay reo zakan'i Estera.[13]Nandefa zeho hafasy reho i Mordekay ho: "Sy tokonu hieriserisy hanao fa ao
amin'gny lapan'gny pazaka, gny afahaniha mihoasy noho reo Jiosy hafa aby. [14]No misigny hanao amin'izehho
fotoa zeho, dra hisy fagnafaha vo famonze hiseho amin'ireo Jiosy agny amin'gny toera hafa, fa hanao vo gny
tragnon'gny raniha koa ho ripaky. Ia gny mahay no ho amin'gny fotoa manahaky anizeho gny nahavianiha ho
amin'gny toera maha-pazaka?"[15]Bokeo Estera nandefa zeho hafasy zeho tamin'i Mordekay ho: [16]"Mandehana
avorio hindray gny Jiosy aby ze mitoboky agny Sosana, dra mifadia hany ho anahy. Ka mino na mihina mandrisy
gny telo andro, hariva vo andro. Zaho vo reo ankizivaviko avo koa dra hifady hany manahaky anizeho. Bokeo
zaho handeha agny amin'gny pazaka, ndre dra mandika lalagna aza zeho, vo no maty zaho, dra maty." [17]Lasa
Mordekay dra nanao araky ze iaby nizakan'i Estera anazy bo hahy.

## Chapter 5

[1]Afaky telo andro, nanovan'i Estera gny akazo fiandrianany dra nandeha nisanga tao agnatin'gny kianzan'gny
lapan'gny pazaka, teo agnoloan'gny tragnon'gny pazaka izy. Gny pazaka nitoboky teo amin'gny seza fiandrianany
tao amin'gny tragnon'gny pazaka, mifagnatriky amin'gny filiran'gny tragno. [2]Nofa nahita an'i estera pazaka
nisanga teo an-kianza gny pazaka, dra nahazo fankatoava teo amasony izy. Notondrony tamin'gny tehim-
bolamena tegny an-tagnany izy. Ka dra nagnato i Estera dra nanendry gny tendron'gny tehim-panzaka.[3]Bokeo
nizaka taminazy gny pazaka ho: "Ino gny ilaniha, ry Estera pazaka? Ino gny fangatahaniha? Ndre dra mihoasy
gny ansasaky gny fanzakako aza, dra home aniha zeho." [4]Ho Estera ho: "No sitraky gny pazaka zeho, dra aoky gny
pazaka vo Hamana ho avy amin'gny fanasa ze nomaniko ho anazy androany."[5]ra nizaka gny pazaka ho: "Andeso
malaky Hamana, so hanao ze nizakan'i Estera." Ka dra nagnagny amin'gny fanasa ze nomanin'i Estera gny pazaka
vo Hamana. [6]Nofa naroso tao amin'gny fanasa divay, dra nizaka tamin'i Estera gny pazaka ho: "Ino gny
taliaviniha? Fa home aniha zeho. Ino gny fangatahaniha? Fa ndre dre mihoasy gny ansasaky gny fanzakako aza,
dra home aniha zeho."[7]Namaly Estera ho: "Zeho gny taliaviko vo angatahiko, [8]no mahita sitraky eo amason'gny
pazaka zaho sady no sitraky gny pazaka gny hagnome ze taliaviko vo hagnaza gny fagnatahako, dra aoky gny
pazaka vo Hamana ho avy amin'gny fanasa ze homaniko ho andrareo hamaray sady dra hamaly gny
fagnotanian'gny pazaka zaho."'[9]Niboaky tamin'izeho androzeho tamin'gny fo faly sady ravo i Haman. Fa nofa
hitan'i Haman teo amin'gny vavahadin'gny pazaka i Mordekay, dra sy nisanga na nangitakitaky tamin-tahosy teo
agnoloany i Mordekay, dra feno hahoria tamin'i Mordekay izy. [10]Ndre zeho aza, dra nifehy gny vatany i Hamana
dra nandeha tagny an-tragnony. Napagniraky reo namany izy dra napivory andreo, nindray tamin'i Zaresa
valiny. [11]Naherin'i Hamana nitanisa tamin'ereo gny famirapiratan'gny hareny, gny isan'ireo zanadahiny maro, gny
fapisondrota aby ze nagnomezan'gny pazaka voninahisy anazy, vo gny fomba nandrosoany teo amin'ireo
manamboninahisy vo reo panopon'gny pazaka aby.[12]Ho Hamana ho: "Estera pazaka dra sy nanasa olo laha-sy
zaho ho avy mindray amin'ireo pazaka amin'gny fanasa nomagniny. Ndre dra hamaray koa aza dra nasainy
hindray amin'ireo pazaka ndraiky zaho. [13]Fe zeho iaby zeho dra magneva ndre ino ndre ino ho anahy no bo
mahita an'i Mordekay gny Jiosy mitoboky eo am-bavahadin'gny pazaka zaho."[14]Dra nizaka tamin'i Hamana vo
reonamany aby Zaresa valiny ho: "Aoky ereo hanao hazo fagnatogna dimapolo hakihi gny haabony. Amin'gny
maraindray dra miresaha amin'gny pazaka so hagnatognan'ereo an'i Mordekay eo amin'izeho. Vo dra mandeha
am-pifalia mindray amin'gny pazaka agny amin'gny fanasa." Sitrak'i Hamana zeho dra nagnamboasy an'ireo hazo
fagnatogna izy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 6

[1]Sy nahita tory gny pazaka tamin'igny hariva igny. Nandily gny panopo izy so handay gny boky fitahiriza tatara
tamin'gny fotoa nitondrany, dra nivakia fatrasy tamin'gny pazaka zeho. [2]Voarakisy tao fa niresaky mahakasik'i
Bigtana vo Taresy i Mordekay, ro tamin'ireo manamboninahisy gny pazaka ze niamby gny vatrangara filira, zay
nikasa gny hanao rasy gny pazaka Ahasoerosy. [3]Dra nagnotany gny pazaka ho: "Ino ra gny fa nahy so nagnomeza
voninahisy na nankatoava an'i Mordekay tamin'gny nanaovany anizeho?" Vo reo zativi lahin'gny pazaka ze
nanopo anazy nizaka ho: "Sy nisy nahy taminazy."[4]Ho gny pazaka ho: "Ia gny ao an-kianza ao? Sendra avy teo an-
kianza ivelan'gny tragnon'gny pazaka i Hamana bo hizaka aminazy gny amin'gny hagnatognany an'i Mordekay eo
amin'gny hazo fagnatogna ze fa nasangany ho anazy. [5]Nizaka taminazy reo panopon'gny pazaka ho: "Hamana gny
mizoro eo an-kianza." Dra ho gny pazaka ho: "Engao izy hilisy." [6]Nofa nilisy Hamana dra ho gny pazaka taminazy
ho: " Ino gny tokony ahy amin'gny lelahy ze tian'gny pazaka homem-boninahisy?' Dra ho Hamana nizaka am-po
ho: "Ia se gny homen'gny pazaka voninahisy ankoasy anahy?"[7]Ho Hamana tamin'gny pazaka ho: "Ho an'gny
lelahy ze tian'gny pazaka omem-boninahisy, [8]aoky ho andesy gny akazo lava fiandriana, akazo ze fa fagnisian'gny
pazaka, vo gny sovaly ze fa nitikiran'gny pazaka, vo amin'gny lohany eo gny satro-boninahisy. [9]Vo aoky gny akzo
vo gny sovaly ho gny raiky amin'ireo manamboninahisy magneva haza loasy. Aoky ereo hapiazako gny lelahy
tian'gny pazaka homem-boninahisy, vo aoky ereo hitariky anazy hitety gny lalan'gny tana amin'gny sovaly. Dra
aoky ereo hagnambara ho: 'Zeho gny nahy tamin'gny lelahy tian'gny pazaka homem-boninahisy!'"[10]Dra ho gny
pazaka tamin'i Hamana ho: "Malaky alao gny akazo vo gny sovaly, araky ze fa nizakaniha, dra ahivo ho an'i
Mordekay gny Jiosy ze mitoboky eo am-bavahadin'gny pazaka zeho. Ka misy ahy lasaky reo ze nizakaniha." [11]Vo
Hamana nangala gny akazo vo gny sovaly. Dra napiakazony i Mordekay dra nandesiny nitety gny lalan'gny
tanan'aby tamin'gny sovaly izy. Nagnambara teo agnoloany izy ho: "Zeho gny nahy tamin'gny lelahy ze tian'gny
pazaka homem-boninahisy!"[12]Nihery teo am-bavahadin'gny pazaka i Mordekay, fa Hamana koa napalaky gny
sovaliny ho agny an-tragnony, nalahelo, nisafosy loha. [13]Nitataran'i Hamana tamin'i Zaresy valiny vo reo sakezany
aby gny raha aby nihatra taminazy. Vo gny olon-kendry aby vo Zaresy nizaka tamiazy ho: "No Mordekay, ze
nanomboky nandavo aniha teo agnatrehany, gny Jiosy, dra sy hahatrasy anazy mihisy hanao, fa dra ho lavo eo
agnatrehany vatany hanao." [14]No bo niresaky taminazy ereo, dra avy reo manamboninahisy gny pazaka. Dra
nanday malaky an'i Hamana tagny amin'gny fanasa ze fa nomagnin'i Estera ereo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 7

[1]Ka dra nandeha nanao firavoravoa nidray tamin'i Estera Pazaka gny pazaka vo Hamana. [2]Tamin'iho andro
faharo iho, dra ho gny pazaka tamin'i Estera ho: "Ino gny fagnirianiha, ry Estera Pazaka? Ho taterahy aminiha
zeho. Ino gny fangatahaniha? Hatramin'gny ansasaky gny fanzaka, dra ho taterahy zeho."[3]Dra namaly Estera
Pazaka ho: "No nahita fitia teo amasoniha zaho, ry pazaka, sady no ankasitrahaniha, dra aoky home anahy gny
aiko--- zeho gny fagniriako, dra mangataky anizeho ho an'gny vahoakiko avo koa zaho. [4]Fa navily zahay, zaho vo
gny vahoakiko, so ho potehy, ho vono, vo ho ripahy. No navily ho amin'gny fagnandevoza avo ra zahay, bo ho
andevo lahy vo apela, dra ho nisigny zaho, akory y ho nisy fahoria manahaky anizao afaky hagnamary gny
fitakoseha gny pazaka." [5]Dra ho i Ahasoerosy Pazaka tamin'i Estera pazakavaviny ho: "Ia zeho?" Eza gny hahita
gny olo nanesisesiky gny fony hanao raha manahaky anizeho?"[6]Ho Estera ho: "Gny lelahy rafy, zeho fahavalo
zeho, dra gny Hamana rasy igny!" Dra nihorohoro teo agnatrehan'gny pazaka lahy vo gny pazaka vavy i Hamana.
[7]Nisanga tamin-kahoria boaky teo amin'gny finoman-divay tao amin'gny fanasa gny pazaka dra nandeha tao
amin'gny zaridain'gny lapa, fe nizano so hitalaho gny amin'gny ainy tamin'i Estera Pazaka i Hamana. Sizony fa
nisy loza tapaky gny pazaka ho anazy.[8]Dra nihery boaky tagny an-zaridain'gny lapa gny pazaka dra nilisy tao
amin'gny efitragno ze nandrosoa gny divay. Teo dra nilavo teo amin'gny seza lava nisy an'i Estera i Hamana. Ho
gny pazaka ho: "Hizera gny pazaka vavy eo agnatrehakko ato amin'gny tragnoko mihisy se izy?" Vantany vo
niboaky boaky tao am-bavan'gny pazaka zeho fehezanteny zeho, dra nisaforan'ireo panopo gny tarehin'i
Hamana.[9]Bokeo dra nizaka Harbona, raiky tamin'ireo tandapa nanopo gny pazaka ho: "Misy hazo fagnantogna
dimapolo hakiho miory eo agnilan'gny tragnon'i Hamana. Naory ho an'i Mordekay iho, gny raiky ze nizaka
fatrasy bo hiaro gny pazaka." Dra ho gny pazaka ho: " Ahantony eo amin'izeho izy." [10]Ka dra nahanton'ereo teo
amin'gny hazo fahnantogna ze nomaniny ho an'i Mordekay i Hamana. Bokeo dra lefy gny hahorian'gny pazaka.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 8

[1]Tamin'izeho andro zeho dra nomen'i Ahasoerosy Pazaka an'i Estera Pazaka vavy gny fanagnan'i Hamana, gny fahavalon'gny Jiosy, vo Mordekay nanomboky nanopo teo agnatrehan'gny pazaka, fa nizakan'i Estera tamin'gny pazaka gny fomba nifandraisan'i Mordekay taminazy. [2]Nalan'gny pazaka gny perasy tombo-kaseny, ze nalany ndraiky tamin'gny Hamana, vo natolony an'i Mordekay zeho. Nanendry an'i Mordekay ho piandraikisy gny fanagnan'i Hamana i Estera.[3]Dra niresky tamin'gny pazaka ndraiky i Estera. Niankohoky tamin'gny tany izy dra nitomagny no nengavy taminazy gny bo hagnafoagna gny hevi-drasin'i Hamana gny Agagita, amin'gny tetiky ze niheveriny hagnohera reo Jiosy. [4]Dra nanondro an'i Estera tamin'gny tehy volamena gny pazaka, dra niary izy dra nizoro nagnoloa gny pazaka.[5]Ho isy ho: "No sitraky gny pazaka, sady no nahita fitia teo amasoniha zaho, no mary eo agnatrehan'gny pazaka zeho, sady mahita sitraky eo amasoiha zaho, dra aoky ho sorata gny lily so hagnafoa reo taratasy nisoratan'i Hamana zanak'i Hamedata Agagita, reo taratasy ze nisoratany bo hamono reo Jiosy ze agny amin'ireo faritanin'gny pazaka aby. [6]Fa hahiko akory gny fagnety gny loza miantraiky amin'gny vahoakiko? Hahiko akory gny haharisy hagnety gny fandripaha reo havako?"[7]Nizaka tamin'i Estera pazaka vo tamin'i Mordekay gny Jiosy i Ahasoerosy pazaka ho: "Ingo, fa nomeko an'i Estera gny tragnon'i Hamana, sady nahanton'ereo tamin'gny hazo fagnantogna izy, akory nandeha nanafiky reo Jiosy. [8]Manorata lily hafa amin'gny agnaran'gny pazaka ho an'ireo Jiosy dra tomboy amin'gny perasy gny pazaka zeho. Fa gny lily ze fa voasorasy tamin'gny agnaran'gny pazaka sady voatomboky tamin'gny perasy gny pazaka dra sy afaky foagna."[9]Dra voatoka reo panora-dalagnan'gny pazaka tamin'izeho fotoa zeho, tamin'gny vola fahatelo, ze volan'gny Sivana, tamin'gny andro fahatelo amby ro-polon'gny vola. Gny lily voasorasy dra mirakitry ze iaby nandilian'i Mordekay mahakasiky reo Jiosy. Zeho dra nisorata ho an'ireo governoram-parisy, reo governora vo manam-boninahisy gny farisy ze hatreo India dra hatragny Etiopia, faritany 127, ho an'gny isam-paritany nisora araky gny fizakany aby, vo ho an'ireo Jiosy amin'gny sorasy vo fizakan'ereo.[10]Nanorasy tamin'gny agnaran'i Ahasoerosy Pazaka i Mordekay dra nanomboky anizeho tamin'gny perasy fitomboan-kasen'gny pazaka. Gny taratasy dra nalefany tamin'gny alalan'gny iraky mitikisy sovaly malaky fandehana ze napesany ho amin'gny fanopoa gny pazaka, nala tao amin'gny tragnon-sovalin'gny pazaka. [11]Nagnome fahefa reo Jiosy isaky gny tana gny pazaka so hiaraky hivory vo hialy so hiarova gny ain'ereo: bo handripaha, bo hamonoa, sady bo hamoteha ze herim-pialia boaky amin'ireo vahoaky na faritany ze mety hanafiky andreo, ao agnatin'izeho reo zaza amin'apela, na handroba gny fanagnan'ereo.[12] Tokony niantraky tamin'ireo faritanin'i Ahasoerosy Pazaka aby zeho, amin'gny andro fahatelo ambin'gny folo amin'gny vola faha-ro ambin'gny folo, zay volan'i Adara.[13]Gny dika mitovy tamin'gny lily dra tokony naboaky ho lalagna vo naseho am-pahibemaso ho an'ireo vahoaky aby. Reo Jiosy dra tokony ho vonogny hamaly faty reo fahavalon'ereo. [14]Dra nitikisy gny sovalin'gny pazaka ze napesay ho amin'gny famopoa gny pazaka reo iraky. Nandeha sy nisy hatak'andro ereo. Naboaky boaky tao amin'gny lapa tagny Sosana avo koa gny lilin'gny pazaka.[15]Vo Mordekay niala teo agnatrehan'gny pazaka nanao akazo fiandriana manga vo fosy, vo satro-boninahisy volamena lahibe vo akazo lava rongony fosy madiniku volom-parasy, ka dra nihiaky vo nifaly gny tanan'i Sosana. [16]Nisy hazava vo haravoa, vo hafalia vo voninahisy teo amin'ireo Jiosy. [17]Tagny amin'gny faritany kiraikiraiky vo tagny amin'gny tana kiraikiraiky, ndre teza ndre teza nahavian'gny lilin'gny pazaka, dra nisy hafalia vo haravoa tamin'ireo Jiosy, fanasa vo andro fifalia. Maro tamin'ireo karazan'olo tamin'gny tany gny nazary Jiosy, akory nilasaky teo amin'ereo gny tahosin'ireo Jiosy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 9

[1]Dra tamin'gny faha-ro ambin'gny folon'gny vola, ze volan'i Adara, tamin'gny andro faha-telo ambin'gny folo, nofa
mby hagnatateraky gny lalagna vo lilin'gny pazaka, tamin'gny andro ze nanantenain'ireo fahavalon'gny Jiosy
hahazoany fahefa amin'ereo, dra nasimbaliky zeho. Gny Jiosy gny nanam-pahefa tamin'ireo ze nalay andreo. [2]Dra
nivory tao an-tanay reo Jiosy nanera reo faritany abin'i Ahasoerosy pazaka, so hanzera reo ze nikasa hapidi-doza
andreo. Dra sy afaky nizoro hanohisy andreo, akory fa nilasaky tamin'ireo vahoaky aby gny tahosy andreo.[3]Reo
panapaky gny faritany aby, governoram-paritany, reo governora, vo gny panao raharahan'gny pazak, dra
nagnapy gny Jiody akory fa nilasaky teo amin'ereo gny tahosy an'i Mordekay. [4]Fa lahibe i Mordekay tao an-
tragnon'gny pazaka, sady niely nanera gny faritany aby gny lazany, fa nizary lahibe gny lelahy Mordekay. [5]Dra
namely reo fahavalony tamin'gny mesa gny Jiosy, namono vo nandripaky andreo, sady nanao arak'ize sitrak'ereo
tamin'ireo ze nalaigny anazy.[6]Nahafaty vo naharipaky olo dimanzati ereo tao amin'gny ferova fatrasin'i Sosana.
[7]Novon'ereo i Parsandata, Dalfona, Aspata, [8]Porata, Adalia, [9]Parmasta, Arisay, Ariday, Vaizata [10]vo reo zanadahy
folon'i Hamana zanak'i Hamedota, fny fahavalon'gny Jiosy. Fe sy nandroba fananga ereo.[11]Androtr'izay avo dra
nitatery tagny amin'gny pazaka, gnyisan'ereo ze maty tagny amin'gny ferova fatrasin'i Sosana. [12]Dra ho gny
pazaka tamin'i estera pazaka vavy ho: "Nahafaty olo dimanzato tao fatrasin'i Sosana gny Jioasy, agnisan'izeho reo
zanandahin'i Hamana folo. Dra ino zeha gny nahin'ereo tamin'ireo faritani'gny pazaka sisa? Dra amizao ino gny
ilaniha? Home aniha zeho. Ino gny fangatahaniha? Home aniha zeho."[13]Dra ho Estera ho: "No sitraky gny pazaka,
dra aoky gny Jiosy ze agna Sosana hahazo alala hagnatateraky tihy lily tiky koa hamaray, dra aoky reo fatin'gny
zanak'i Hamana folo lahy hahanto amin'gny hazo fagnantogna." [14]Dra nandily bo hagnatateraky anizeho gny
pazka. Gny lily dra niboaky boaky tao Sosana, dra nahanton'ereo gny zanak'i Hamana folo lahy.[15]Dra nivondro
reo Jiosy aby tao Sosana tamin'gny andro faha-efasy ambin-gny folon'gny vola Adara, dra nahafaty olo telonzato
fagnapiny tao Sosana, fe sy nandroba fanagna. [16]Reo Jiosy sisa ze tagny amin'ireo faritanin'gny pazaka koa dra
nindray so hiaro gny ain'ereo, dra afaky tamin'ireo fahavalony ereo sady nahafaty dimy arivo sy fito aly
tamin'ireo ze nakahala anazy. Fe sy bo nikasi-tagna gny harenan'ireo ze nobony koa ereo.[17]Tamin'gny fahatelo
ambin'gny folon'gny vola Adara gny nitrangan'izeho. Tamin'gny andro fahaefasy ambin'gny folo koa dra nizano
ereo dra nanao anizeho ho andro fanasa vo firavoravoa.[18] Fe reo Jiosy ze tagny Sosana nindray nivory tamin'gny
andro faha telo ambin'gny folo vo gny faha-efasy ambin'gny folo. Tamin'gny andro fahadimy ambin'gny folo koa
dra nizano ereo dra nahiny andro fanasa vo firavoravoazeho. [19]Zeho gny mahavy reo Jiosy ao amin'ireo zana-
bohisy, ze nagnory gny fasangen'ereo tagny ambanivohisy, mitandry gny andro faha-efasy ambin'gny folon'gny
vola Adara ho andro firavoravoa vo fanasa, dra andro ze hifanoloan'ereo fagnomeza ara-sakafo.[20]Dra niraketin'i
Mordekay an-sorasy zeho iaby zeho dra nandefa taratasy ho an'gny Jiosy aby ze tagny amin'gny faritany iabin'i
Ahasoerosy pazaka izy, na lavisy na mariny, [21]handilia andreo hitandry gny andro fahaefasy amibin'gny folo vo
faha dimy ambin'gny folon'gny vola Adara isan-tao. [22]Reo gny andro nafahan'gny Jiosy tamin'ireo fahavalony, vo
vola ze nivalian'gny alahelon'ereo ho fifalia, vo fandala ho andro firavoravoa. Nahin'ereo andro fanasa vo
firavoravoa zeho, vo fifagnomeza ara-sakafo, vo fagnomeza ho an'gny mahantra.[23]a nitohizan'gny Jiosy gny
fakalaza ze fa natombok'ereo, anaova arak'ize nosoratan'i Mordekay. [24]Tamin'izeho fotoa zeho i Hamana
zanadahin'i Hamedoda gny Agagita, gny fahavalon'gny Jiosy aby, dra nanao teti-drasy hanohisy gny Jiosy so
handripaky andreo, dra nanoraky gny pora izy (na ho, nanao filoka izy), so handrava vo handripaha andreo.[25] Fe
nofa avy teo agnatrehan'gny pazaka gny toe-drahraha, dra namoaky lily an-taratasy izy fa gny teti-drasy ze
nivolavolain'i Hamana hanohera gny Jiosy dra tokny hahery ho eo an-dohany, dra tokony hahanto amin'gny hazo
izy mbamin'ireo zanadahiny.[26]Dra nitokavin'ereo ho Porima reo andro reo, boaky amin'gny agnara ho Pora. Noho
ze iaby voasorasy tagnatin'izeho taratasy zeho, vo ze iaby hitan'ereo vo ze nahazo andreo, [27]dra neken'gny Jiosy
gny fomba amam-panao vaovao raiky vo andrekisy. Zeho fomba zehi dra ho andreo, ho an'ireo taranany. vo ze
iaby mindray amin'ereo. Zeho dra mbo hakalazan'ereo zeho andro ro zeho isan-tao. Hakalaza zeho amin'gny
fomba manoka amin'gny fotoa mitovy isan-tao ereo. [28]Ireo andro reo dra ho hakalaza sady ho tandrema isaky gny
taranaky mifandimby, isam-pianakavia, isam-parisy, dra isan-tana. Reo Jiosy reo vo gny taranany dra sy hizano
gny hitandry am-pahatokia reo andron'gny Porima reo, so sy halignon'ereo zeho mihisy.[29]Estera pazaka vavy
zanaky apelan'i Abihaila vo i Mordekay gny Jiosy dra nanorasy tamim-pahefa feno dra nagnafatrasy tiky taratasy
faharo mahakasin'i Porima tiky.[30]Taratasy gny nalefa tamin'gny Jiosy aby tany amin'ireo faritanin'gny fanzakan'i
Ahasoerosy 127, niraria fandriam-pahalema vo fahamarigna reo Jiosy. [31]Reo taratasy reo dra nagnafatrasy reo
andron'i Porima amin'ireo fotoa ze nanendre anizeho, arak'ize nandilian'i Mordekay gny Jiosy vo i Estera pazaka
vavy an'ireo Jiosy. Dra neken'ireo Jiosy ho an'gny vatany zeho adidy zeho vo ho an'ireo taranak'ereo, manahak'ize


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

fa nagneken'ereo gny fotoan'gny fifadian-kany vo gny fitomagnia koa. [32]Nagnafatrasy reo fisipiky mahakasik'i
Porima reo gny lilin'i Estera, dra voasorasy tao agnatin'gny boky zeho.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 10

[1]Bokeo Ahasoerosy pazaka napandoa hetra tamin'gny tany vo tamin'gny moron-siraky gny ranomasy. [2]Gny raha
vitany aby nohon'gny heriny vo gny fahefany, nindray tamin'gny fitatara gny fahalabiazan'i Mordekay ze
nanadratan'gny pazaka anazy, dra voasorasy ao amin'gny bokin'gny tataran'gny pazakan'i Media vo Persia zeho.
[3]Mordekay gny Jiosy gny pazaka faharo tafaran'i Ahasoerosy pazaka. Lahibe teo amin'ireo Jiosy izy dra nalaza teo
amin'ireo rahalahin'gny Jiosy maro, akory nitalia gny hagnapia gny vahoakiny izy dra nanogno fiadagna
tamin'gny vahoakiny aby.

# Job

Chapter 1

[1]Nisy lelahy raiku tao amin'gny tanin'i Oza dra Joba gny agnarany; vo i Joba dra sy misy signy sady mahisy, zay
natahosy an'Agnahary sady nifaly gny rasy.[2]Izy dra nanan-zanaky lahy vo apela telo.[3]Izy dra nana agnondry fito
arivo, rameva telo arivo, agnomby lahy vo vavy dimanzato, vo boriky dimanzato vo panopo maro be. Izy gny
lelahy lahibe vatany tamin'ireo olo Tasignana aby.[4]Isaky gny andro voatendry ho an'gny zanadahiny, dra nanao
firavoravoa tao an-pantsangeny izy. Ereo dra nagniraky ka nitoka reo anabaviny telo mbo hindray hihina vo hino
amin'ereo.[5]No fa nifara gny firavoravoa, dra napitoka vo nagnamasy andreo i Joba. Nifoha marandraim-be izy
dra nanao fagnatisy oroa ho an'ireo zanay kirairaiky aby, fa ho izy ho: " Mety fa nagnota na nagnozo an'Agnahary
tam-pony tagny reo zanako." Nanao anizay avo i Joba.[6]Vo tamin 'izay andro zay dra avy niseho yeo agnatrehan'i
Yaveh reo zanakAgnahary. DRa avy nindray tamin'ereo koa i Satana.[7]Ho Yaveh tamin'i Satana ho: " Boak'eza gny
niavianiha?" Vo Satana namaly an'i Yaveh dra nanao ho: "Boaky niregniregny tegny ambonin-tany, nirerirery teo
aminazy."[8]Ho Yaveh tamin'i Satana ho: "Fa nandiniky an'i Joba panopoko se hanao? Akory sy misy manahaky
anazy eto ambonin'gny tany, lelahy sy misy siny sady mahisy, zay matahosy an'Agnahary sady mifaly gny
rasy."[9]Boakeo Satana namaly an'i Yaveh dra nanao ho: " Matahosy an'Anahary amin'gny sy misy antony se i Joba?
[10]Sy nasianao fefy se magnodidy anazy, magnodidy gny fasangeny, vo magnodidy ze anazy aby? Fa notahinao reo
asan'gny tagnany, vo nitombo reo biby fitezany eto amin'gny tany.[11]Fa amizao ahinziro gny tagnaniha dra sapao
ze iaby anagnany, dra atio no sy magnoso aniha eo amin'gny tarehinao izy.[12]Ho Yaveh tamin'i Satana ho: " Ingo, eo
am-pelatagnaniha ze iaby hanagnany. Fa izy vatany avo gny ka kitikitihy gny tagnaniha." Dra niala teo
agnatrehan'i Yaveh i Satana.[13]Dra ndraiky andro, nihina vo nino divay tagny am-pasangen'gny laihmatoany reo
zanany lelahy vo apela.[14]Nisy panday hafasy raiky nagnato an'i Joba dra nizaka ho:" Niasa tany reo agnomby vo
reo boriky dra nihina teo agnilan'ireo.[15]Nanafiky andreo reo Sabeana dra nisambosy andreo. No gny amin'ireo
panopo, dra nizeran'ereo tamin'gny lelan'amesa. Zao reriky gny taffilefa mbo hapandre aniha.[16]No mbo nizaka
igny izy, dra nisy raiky hafa koa avy dra nizaka ho: "NIlasaky boaky tagny an-danisy gny afon'Agnahary dra
nagnoro reo agnondry vo reo panopo. Zaho reriky gny tafisoaky mbo hampandre aniha."[17]No mbo nizaka igny
izy, dra nizy raiky hafa koa avy dra nizaka ho: " Nizara vondro telo reo Kaldeana ka nanafiky reo rameva, dra
nisambosy reo. No gny amin'ireo panopo, dra nizeran'ereo tamin'gny lelan'amesa. Zaho raiky gny tafasoaky mbo
hampandre aniha.[18]No mbo nizaka igny izy, dra nizy raiky hafa koa avy dra nizaka ho: " Reo zananiha lelahy vo
apela dra nihina vo nino divay tao am-pasangen'gny lahimatoan'ereo.[19]Nisy rsioky mahery avy naky tagny
an'efisy nizera gny zorony efas'gny fasange. Nilasaky tamin'ireo lelahiso zay, vo dra maty ereo. Zaho raiky gny
tafasoaky mbo hapandre aniha.[20]Dra nisanga i Joba, nandriasy gny akazony, nanarasy gny lohany, niakohoky teo
amin'gny tany, dra nisiriry an'Agnahary.[21]Ho izy ho: " Niborida zaho no niboaky tao an-trokin'gny reniko, dra
hiborida zaho no fa hihery ao. Yaveh gny nagnome, vo Yaveh gny nangala. Isora ra gny agnaran'i
Yaveh."[22]Tamin'ireo raha niseho dra sy nanota i Joba, ndre koa niapanga an'Agnahary ho nanao gny sy mety.

Chapter 2

[1]Dra tamin'izay andro zay, avy nisehi teo agnatrehan'i Yaveh reo zanak'Agnahary. Avy nindray tamin'ereo hiseho teo agnatrehan'i Yaveh avo koa i Satana.[2]Ho Yaveh tamin'i Satana ho: " Avy boak'eza hanao?" Dra namaly an'i Yaveh i Satana dra nanao ho: " Avy nirerirery tegny an-tany, niherikery tegny."[3]Ho Yaveh tamin'i Satana ho: " Moa se fa nandiniky an'i Joba panopoko Hanao? Akory sy misy ndre raiky aza eto an-tany ka mitovy aminazy, lelahy sy misy siny sady mary, matahosy an'Agnahary sady mifaly gny rasy. Mbo mita gny fahisiany hatragny izy, ndre dra fa napivio lala Anahy hanohisy anazy aza hanao, mbo hamotiku anazy sy amin'gny antony."[4]Satana namaly an'i Yaveh ka nano ho: " Holisy takalon'gny holisy; eka vatany; gny olo dra hagnome ze iaby hanagnany ho takalon'gny ainy."[5]Fa ahinziro gny tagnaniha zao sady sapao gny tolany vo gny fony, dra atio no sy hagnozo aniha eo amin'gny atrehiniha izy."[6]Ho Yaveh tamin'i Satana ho: " Ingo, eo am-pelatagnaniha izy; gny ainy avo gny aoky harovaniha."[7]Dra lasa Satana niala teo amin'gny fagnatrehan'i Yaveh. Nazera vay rasy an'i Joba hatregny am-paladia ka hatregny an-tamppon-doha izy.[8] Nangalaky valim-bilany vita tamin'gny tanimanga i Joba hihaosaorany gny vatany, dra nitoboky teo agnivon'gny lavenoky izy.[9]Dra ho gny valiny ho: " Mbo mita gny fahisiniha avo se hanao? Ozogny Zagnahary dra matesa."[10]Fa ho izy taminazy ho: " Miresaky manahaky gny firesaky gny apela mola hanao. GNy soa avo se gny tokony ho rambesisika boakamin'Agnahary ka sy ho rambesy gny rasy?" Noho zay iaby zay, dra sy nagnota tamin'gny sognony i Joba.[11]Dra no fa nahare gny rasy iaby nahazo anazy reo naman'i Joba telo, dra samby avy boakagny amin'gny toerany aby ereo: Elifaza gny Temanita, Bildada gny Sohita, vo Zofara gny Namatita. Nanoka fotoa ereo mbo hiara oru aminzay vo hapahereza anazy.[12]No fa nitalaky boak'egny lavisy ero, dra sy nahafatasy anazy. Nanandrasy gny feony ereo dra nitomagny; samby nandrota gny akazony sady namfy botany tegny amin'gny rivosy vo teo amin'gny lohany avo gny kiraikiraiky. [13]Boakeo dra nitoboky tamin'gny tany nindray taminazy ero nandrisy gny fito andro vo fito haly. Sy nisy niresaky taminazy ereo, akory hitan'ero fa tena lahibe vatany gny alahelony.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 3

[1]Tafaran'izay, nanokasy gny vavany i Joba dra nagnozo gny andro nahaterahany.[2]Ho izy ho:[3]" Ho foa ra gny andro
gny nahaterahako, gny haly zay nanao ho: " Misy zaza lelahy vo torontorony."[4]Ho mezy ra zay andro zay; sy ho
saroan'Agnahary boak'agny ambony ra zay, na hamirapirasy amin'izay gny masoandro.[5]Gny ezy vo gny aloky gny
fahafatesa ra hizaka anizay ho andreo manoka. Hitoboky eo amin'zeho ra gny raho; gny raha aby ze nahavy gny
andro ho mainty ra hapihorohoro anizay vatany.[6]Gny amin'izeho hariva zeho, hisambosy anizay ra gny ezim-pito.
Sy hifaly eo amin'gny andron'gny tao ra zay; sy ho avy amin'gny isan'gny vola ra zay.[7]Ingo, ho momba ra zeho
hariva zeho; sy hisy feom-pifalia ra ho avy ao amy zaho.[8]Hagnozo zeho andro zeho ra ereo, ereo ze mahay gny
fomba hamohaza gny Leviatana.[9]Ho mezy ra gny vasian'gny andro vo mazava-rasin'izeho. HItalia fahazava ra
zeho andro zeho, fe sy hahita; na hahita reo holi-mason'gny vo mazava-rasy,[10]akory sy nagnily gny
vatrangaran'gny trokin'gny reniko zeho, sady akory sy nagnavony reo fahoria sy ho eo amasoko zeho.[11]Nagnino se
zaho gny sy maty no fa niboaky boaky tao an-troky? Nagnino zaho gny sy nagnenga gny fagnahiko no niteraky
anahy gny reniko?[12]Nagnino gny nisena anahy reo pokopokony? Nagnino gny nandramby anahy reo nonony mbo
hahafahako mitritriky?[13]Fa sahala anizay zaho fa nandry am-pilamigna. Natory zaho sady nizano[14]nindray
tamin'ireo pazaka vo reo panolon-sain'gny tany, zay nagnory reo lolo ho an'gny vatan'ereo ze fa rava androany.
[15]Na fa nimaty nindray tamin'ireo andriandahy zay nan volamena fahizay zaho, zay nameno reo fasangeny
tamin'gny volafosy.[16]Na mety ho teraky sy avy vola zaho, sahala reo zaza zay sy mbo nahita gny hazava vatany.
[17]Agny gny mizano amin'gny fahoria gny rasy fagnahy; agny gny mizano gny rokaky.[18]agny reo voagadra dra
hindray hitony; sy mahare gny feon'gny papiasa ereo.[19]Samby agny gny olo keliky vo lahibe; gny panopoko dra
afaky amin'gny tompony agny.[20]Nagnino gny fahazava gny ome anazy zay ao agnatin'gny fahoria? Nagnino gny
fiegna gny ome an'ize mafaizy fagnahy,[21]ho an'igny raiky ze miamby fatrasy gny fahafatesazay sy ho avy; ho
an'gny raiky ze mihaly fahafatesa mihoasy noho gny harena mivony?[22]Nagnino gny fahazava gny ome ho an'gny
raiky zay feno hafalia vo ravoravo aby no fa hitany gny lolo?[23]Nagnino gny fahazava gny ome an'gny olo raiky zay
mivony gny lalany, olo raiky say voafehin'Agnahary tao?[24]Fa gny foainko dra miseho mno tokony hihina;
miraraky manahaky gny rano gny fitaregnako.[25]Fa gny raha zay natahorako dra gny teo aminahy; zay napatahosy
anahy dra avy aminahy.[26]Sy milamy zaho, sy miegny zaho, sady sy mana fizanogna zaho; gny fahoria ndraiky gny
avy."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 4

[1]Dra namaly i Elifaza gny Temanita dra nano ho:[2]" No misy olo magnandra mizaka aminniha, dra sy haharisy se
anao? Fe ia gny afaky handrara gny vatany sy hizaka?[3]Ingo, maro reo fa napenariniha; fa napatazaky gny tagna
malemy hanao.[4]Nita ze nilavo gny zakaniha; fa nifatrariniha gny malemy pokopoko.[5]Akory zao avy aminiha gny
fahoria, dra ketraky hanao; mikasiky aniha zay, dra ory hanao.[6]Moa sy gny fahatahoraniha gny tokiniha, vo gny
fahisian'gny lalaniha gny fagnatenaniha?[7]Mbo saigno se zao: ia gny fa ripaky sy nanan-signy? Na ombia gny olo-
mary gny nipotehy?[8]Araky ze fa hitako, reo ze mamboly hahoria vo mamafy ola gny mizanza anizay.[9]Amin'gny
alalan'gny fofon'ain'Agnahary gny haharipaky andreo; amin'gny fipoahan'gny hahoriany gny hahalevo andreo.
[10]Gny fieron'gny liona, gny feon'gny liona masiaky, reo nifin'gny liona tanora---potiky reo.[11]Ripaky gny liona antisy
nohon'gny sy fahapian''ireo haza, reo zanaky gny liona vavy dra miparitaky egny iaby egny.[12]Nisy raharaha
nandesy mangingiky teto aminahy, dra nahare bisiky manhakasiky anizay gny sofiko.[13]DRa nisy eriserisy aby
boaky tamin'gny fahita amin'gny hariva, nofa tafalasaky tamin'gny olo gny torimaso lalaiky.[14]Tagnaty hariva gny
nahavian'gny tahosu vo horohoro taminahy, vo nangitakitaky gny tolako aby.[15]Dra nisy fagnahy nandalo teo
agnoloan'gny tarehiko, vo nisanga gny volo tamin'gny vatako.[16]Nizano gny fagnahy, fe sy nety vafarisiko gny
tarehiny. Tarehy raiky gny teo agnoloan'gny masoko; nisy fangikia, vo nahare feo zaho nanao ho:[17]" Afaky gny ho
mary be noho Zagnahary ra gny olo mety maty? Afaky gny ho malio noho gny Mpamoro anazy ra gny olo raiky?
[18]Ingo, no sy mametraky fitokisa amin'ireo panopony Zagnahary; no niapanga reo anzaliny nohon'gny fahamola
Izy,[19]hatreza gny fahamarignan'ireo ze mitoboky agnaty fasange vita amin'gny tanimanga, zay ao amin'gny
botany gny fotosy ioregnany, zay potiky mialohan'gny kalalao?[20]Potehy eo agnelagnelan'gny maraindray vo hariva
ero; reoaky mandrakizay sy misy mahasikarisy aby ereo.[21]Sy voongosy tamin'ereo ra gny talin-dain'ereo? Maty
ereo; maty sy misy fahendre ereo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 5

[1]Mitokava fatrasy androany; hisy olo hamaly aniha ra? Ia amin'ereo masy gny hitolohanao?[2]Akory gny hahoria
gny mamono gny olo mola; gny filaogna mamono gny hahatro.[3]Fa nahita olo mola nahazo vaha zaho, fa tampoky
tei dra nozogniko gny tokatranony.[4]Gny zanany dra lavisy gny filanigna; voatorotoro ao amin'gny vavahadin'gny
tana ereo. Sy misy olo hamonzy andreo.[5]Gny resy gny mihina gny vokas'ereo; alan'ereo amin'ireo lat'egny
amin'gny fasiky vatany aza zay. Gny mangetaheta misagnasagna vava amin'gny haren'ereo.[6]Akory reo aly sarosy
dra miboaky lat'ao amin'gny tany; ndre gny fahoria misimoky lat'amin'gny tany.[7]Fe koa, gny olombelo dra teraky
ho an'gny fahoria, manahaky gny pitik'ao mitily miakasy.[8]Fa no gny aminahy, dra hitoliky amin'Agnahary zaho;
Aminazy zaho gny hametraky gny aliko---[9]Izy ze manao rah lahibe sady sy taksy gny say, raha mahalasa sy hita
isa.[10]Magnome ora gny tany Izy, sady mandefa rano amin'ireo saha.[11]Miahy zeho IZy so hametraha amin'gny abo
reo ze kepaky; so hanondrota gny malahelo ho amin'gny filamigna.[12]Nandrava gny fikasan'ireo olo fesy Izy, so sy
hamokasy gny tagnan'ereo.[13]Mamandriky gny olo hendry amin'gny asa an-kafesen'ereo Izy; gny tetiky gny olo
rasy fagnahy dra mifara malaky.[14]Mihao amin'gny ezy ereo amin'gny dizera, dra misapasapa amin'gny mitatao
vovona sahala gny amin'gny hariva.[15]Akory magnavosy gny olo mahandra sy ho amin'gny mesa gny vavan'ereo vo
reo olo ory sy amin'gny tagnan'gny olo mahery.[16]Dra manam-pagnatena reo mahantra, dra gny sy fahamarigna
napegnena gny vavany avy.[17]Ingo, voatahy gny olo ze hahisin'Agnahary; noho zay, ka ahy sinosino gny
fatrokafan'gny Tsitoha.[18]Fa mandrasy Izy vo boakeo gny tagnany gny magnasitra.[19]Hagnavosy aniha amin'ireo
fahoria eny Izy; eka vatany, amin'ireo fahoria fita, sy hisy rasy hikasiky aniha.[20]Amin'gny mosary gny hagnavosy
aniha amin'gny fahafatesa Izy, vo amin'gny tagnan'gny mesa amin'gny aly.[21]Ho avony amin'gny lozan'gny zaka
hanao; vo sy hatahosy gny faharava hanao nofa avy zeho.[22]Hihomehy gny faharava vo gny mosary hanao, sady sy
hatahosy reo bibidiab'gny tany.[23]Akory hana fagneke amin'ireo vato ao an-sahanao hanao, vo reo bibib'gny saha
dra hihava aminiha.[24]Ho fataniha fa voaaro gny lainiha, hagnety gny valan'agnondriniha hanao dra sy ho ory
ndre ino ndre ino.[25]Ho fataniha avo koa fa ho lahibe gny vihiniha, fa hanahaky gny ahisy egny amin'gny tany gny
zanakiniha.[26]Ho agny an-dolo hanao nofa visy tao, manhaky gny isan'amboaram-bary ze miakasy amin'zeho fotoa
zeho.[27]Ingo, fa nidinidhinay zeho raharaha zeho; manhaky izao zeho; tenoy zeho, dra fataro ho an'gny vataniha."

## Chapter 6

[1]Dra namaly Joba dra nizaka ho:[2]" Eh, no mbo voalanza le gny fagniriako; no mbo nahy teo amin'gny mizana aby
le gny loza nahazo anahy aby![3]Fa androany dra mavesasy lilasy noho gny fasi-dranomasy zeho[4]Fa gny zana-
sipikin'gny Tsitoha dra ato aminahy, mino poizy gny fagnahiko; reo fapihorohoroan'Agnahary dra lahasy
hanohisy anahy.[5]Magneno fatrasy ra gny ampondra-dia no mana ahisy? Ndre gny agnomby hitre nohon'gny
faharesea no manam-bilo?[6]Sady ze sy misy ziro azo hohany no sy misy sira? Na misy sirony ra gny taposin'atoly?
[7]Manda gny hikasiky reo zaho; manahaky gny sakafo maparikoriko anahy reo.[8]Eh, enga ra ka homen'Agnahary
anahy gny raha ze iriko fatrasy:[9]so ho sitrak'Agnahary gny hanorotoro anahy ndraiky mandeha, ka haninzisy gny
tagnany dra hangalaky anahy amin'itiky fiegna tiky Izy![10]Aoky ho mbo fegnenako zao---ndre dra mifaly ao
amin'gny fararia ze sy mihe aza zaho: fa sy nanda gny zakan'gny Raiky Masy zaho.[11]Ino moa gny heriko, gnombo
tokony hiezaky handigny avo zaho? Ino gny hiafarako, gny tokony ho hakavako gny androko?[12]Herim-bato ra gny
heriko? Na vita amin'gny saba ra gny nofoko?[13]Sy mary ra fa sy misy fagnapia sasy ao amin'gny vatako, vo zeho
fahendre zeho fa nala taminahy?[14]Ho an'gny olo ze fa ho ketraky, gny fahatokia gny tokony hasehon'gny namany;
ndre dra amin'ize nahafo gny fahatahora gny Tsitoha aza.[15]Fa reo rahalahiko dra nahatoky atminahy manahaky
gny ranotrambo agny an'efisy, manahaky gny lakan-drano ze mandalo fosiny avo,[16]Ze mezy nohon'gny
ranomandry ao amin'ereo, dra manahaky gny oram-panala ze magnavony gny vatany ao amin'ereo.[17]Sady nofa
levo ereo, dra manzavo; nofa mafana, dra misoniky am-pitoboha.[18]Gny rodobe ze mandeha amin'gny lalany dra
nivio nitania rano; mirerirery egny an-tany sy mamokasy izy regny ka dra ripaky.[19]Gny rodobe lat'agny Tema dra
natakalaisy tegny, no nagnategna anreo gny atokon'i Sheba.[20]Diso fagnatena ereo nohon'gny fahatokiany fa hahita
rano. Nandega tagny ereo, akory voafitaky.[21]Fa androany handrareo namako dra sinosino aminahy; mahita gny
raha mahaory nahazo anahy handrareo ka matahosy.[22]Nizaka taminddrareo ra zaho ho: 'Omeo raha zaho?' Na
ho: 'Hanolosy fagnomeza lat'amin'gny harendrareo zaho?'[23]Na ho: 'Avoto amin'gny tagnan'ereo fahavaloko zaho?'
Na ho: 'Afaho amin'gny tagnan'ereo papahory anahy zaho?'[24]Apenaro zaho,dra ho tanako gny fahanginako; ahivo
ze hahatakarako ho teza gny nahadiso anahy.[25]Endrey gny hararin'gny zaka mary! Akory gny fandresen-
dahasindrareo, akory gny tena hagnanaran'ireo anahy?[26]Mikasa gny hanao sinosino gny zakako ra hanao, manao
gny bzakan'gny olo mamoy fo ho sahala gny rivosy?[27]Eka vatany, misiririy gny zaza kamboty ra handrareo, sady
mialy varosy amin'gny namandrareo sahala gny etam-barosy.[28]Fe androany, mbo atio se zaho, fa vatany sy mbo
havandy eo agnatrehan'gnt tarehindrareo zaho.[29]Misahara, mitalaho amindrareo zaho; aoky sy hisy sy
fahamarigna eo amindrareo; eka vatany, mizanogna, fa mary gny aliko.[30]Misy faharasia ra eo amin'gny lelako? Sy
afaky mamatasy gny raha rasy ra gny vavako?


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 7

[1]Sa ra gny olo sy mana asa fatrasy eto an-tany? Sa ra gny androny sy mitovy amin'gny andron'gny lelahy raiky
nikarama?[2]Manahaky gny andevo raiky magniry fatrasy gny aloky gny hariva, manahaky gny lelahy raiky mitalia
gny karamany---[3]ka dra nahy so hiarisy gny volan'gny fahoria zaho; fa nome hariva feno fikorontagna zaho.[4]Nofa
mandry zaho, dra mizaka amin'gny vatako ho: 'Ombia zaho gny hifoha dra ombia gny hariva gny ho lasa?'
Nivalibaliky ambony ambany zaho mandra-parain'gny andro.[5]Niakazo kanka vo baingan-tany gny nofoko; maiky
gny fery tamin'gny holoso vo boakeo dra afaky sady nihery ndraiky.[6]Malakim-pandeha noho gny famahanan-
tenony gny androko; mandalo sy misy fagnatena ereo.[7]Ry Zagnahary, sarovy fa gny fiaignako dra fofonay raiky
avo; sy hahita soa sasy gny masoko.[8]Gny mason'Agnahary, zay mahita anahy, dra sy hahita anahy sasy; gny
mason'Agnahray dra ho eo aminahy, fe sy hisy zaho.[9]Manahaky Gny raho levo so mihely, dra manahaky anizay
koa gny zy hiakaran'izay mizoso agny amin'gny Fiainan-sy hita sasy.[10]Sy hihery agny am-pasangeny sasy izy; ndre
gny fonenany aza sy hahalala anazy sasy.[11]Noho zay sy hagnakombo gny vavako zaho; fa hizaka amin'gny
fangirifirian'gny fagnahiko zaho.[12]Moa se ranomasy zaho na biby masiaky an-dranomasy gny asinao fiambena eo
aminahy?[13]Nofa mizaka zaho ho: 'Hapiegny anahy gny farafarako, vo gny fandriako hapizano gny
fitaregnako,'[14]dra mapatahosy anahy amin'gny nofy vo mapihorohoro anahy amin'gny alalan'gny fahita Hanao,
[15]so hisafidianako gny fagnakenda vo gny fahafatesa toy zay miaro taho tolako tahoky.[16]Halako gny fiegnako; sy
magniry gny ho velo lalandava zaho; engao raiky zaho fa sy misy dikany gny androko.[17]Ino ra gny olo gny tokony
ho hiahianiha, gny tokony ho darianiha,[18]gny tokony ho dinihiniha isaky maraindray vo sapainiha amin'gny
fotoan'aby?[19]Mandra-kombia zay mialohan'gny hialaniha aminahy, mialohan'gny hanenganiha anahy raiky apy
hitelomako gny ranoniviko.[20]Ndre dra nanota aza zaho, dra ho inoniha ra zay, Hanao zay mandiniky gny olo?
Nagnino Hanao gny nikendry anahy, so ho eta-mavesasy ho aniha?[21]Nagnino Hanao gny sy mamela gny
hadisoako sady mangalaky gny heloko? Fa androany zaho dra handry amin'gny botany; hitalia anahy fatrasy
Hanao, fa sy hisy zaho."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 8

[1]Dra namaly Bildada Sohita dra nizaka ho: [2]" Mandram-pahombia gny hizaka reo raha reo hanao? Mandra-
pahombia gny zaka aboaky gny molosinao gny hazary sioky mahery?[3]Mamaliky gny rariny gny Zagnahary?
Mamaliky gny fahamarigna se Tsitoha?[4]Fa nagnota taminy gny zanakao; fatasika zay, fa nomeny teo atagnan'gny
fahotany ereo.[5]Atovo fa nitalia an'Agnahary fatrasy hanaosady napiseho gny fangatahanao tamin'gny Tsitoha.[6]No
malio so mahisy hanao, dra azo atoky fa hiambyanao Izy sady hapihery anao eo amin'gny toeran'gny
fahamarignanao.[7]Ka ndre dra masaiky aza gny niandohanao, dra ho lahibe vatany gny hiafaranao.[8]Agnotanio se
reo taranaky teo aloha, dra fataro ze nianaran'gny razambenao.[9]( Fa sika dra vo teraky omaly vo sy mahay ndre
ino ndre ino akory aloky gny androsika atany etiky).[10]sy hapianasy anao se ereo ka hizaka aminao? Sy hizaka reo
zaka boakao am-pony se ereo?[11]Afaky mitombo se gny zozoro sy misy kesakesa? Afaky mitombo se gny volotara
no sy misy rano?[12]No mbo menso vo sy voakapa ereo, dra malazo alohan'gny raha misisry hafa.[13]Manahaky
anizay koa gny lalan'ereo aby ze magnaligno an'Anahary, ho levo gny fagnatenan'gny pagnarasy.[14]Hiala gny
tokiny, vo gny fahatokisany dra marefo manahaky gny tragnon-kala.[15]Hitehy amin'gny tragnony izy, fa sy
hanohana anazy zay; hifahazy anizay izy, fe sy hahatanty zay.[16]Eo ambanin'gny masoandro dra menso izy, vo gny
sapany miboaky eo amin'gny zaridainany manotolo.[17]Gny fakany dra voafogno korotam-bato; mitalia toera soa eo
amin'gny vato ereo.[18]Fa no notorotoro hiala amin'gny toerany zay olo zay, dra handa anazy zay toera zay dra
hizaka ho:' Sy mbo nahita anao mihisy zaho.'[19]Ingo, zay gny "fifalian'gny" fandesam-batan'gny olo manahaky
anizay; vo hisy raha misiry hafa hisimoky eo amin'gny nofon-tany mitovy eo amin'gny toerany.[20]Ingo, Zagnahary
sy hagnary lelahy raiky sy mana-signy; ndre hitata gny tagnan'gny panao rasy[21]Mbo ho fenony fiomeheza avo gny
vavanao, vo fihobia gny molosinao.[22]Reo ze malay anao dra hitafy hegnasy; vo sy hisy sasy gny lain'gny rasy
fagnahy."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 9

[1]Dra namaly Joba dra nizaka ho:[2]"Fataro mary fa zay vatany gny izy. Fa akory gny ahafahan'gny olo raiky ho mary
amin'Agnahary?[3]No te-hialy hevisy amin'agnahary izy, sy afaky hamaly Anazy ndray mandeha amin'gny arivo izy.
[4]Zagnahary dra hendry am-po vo matazaky amin'gny heriny; ia gny fa nagnamafy gny vatany hanohisy Anazy
dra nahomby?---[5]Izy zay mamindra gny tezovohisy ka sy mampitandry na ia na is no fa mamaliky reo amin'gny
fahoriany Izy---[6]Izy zay magnozongozo gny tany hiala eo amin'gny toerany vo mapihovisovisy gny andriny.[7]Zay
Zagnahary zay gny mizaka gny masoandro sy hiposaky, dra sy miposaky zay, vo gny manafosy reo kita,[8]zay Izy
vatany gny mamelasy gny lagnisy sady manasiosy gny onzan-dranomasy,[9]zay manao gny Bera, Telonohorefy,
Ikotokelimiadilaona, vo reo kita agny Asimo.[10]Zay Zagnahary zay avo gny manao raha lahibe, raha sy takasy gny
say--- raha mahagaga sy hita isa.[11]Ingo, mandeha agnilako eto Izy, fe sy hitako; mandalo avo koa Izy, fe sy fatako.
[12]No manaisotra raha Izy, ia gny hahasaka Anazy? Ia gny afaky hizaka aminazy ho:' Ino ahinao tiky?'[13]Zagnahary
sy hangalaky gny fahoriany; reo pagnapy an-dRahaba aza miondriky eo ambaniny.[14]Koa mainky fa akory gny
hahafahako mamaly anazy, hahafahako misafisy zaka halahasy aminazy?[15]Ndre dra mary aza zaho, dra sy afaky
hamaly anazy; mitalaho fammindram-po amin'gny pisarako avo gny azoko ahy.[16]Ndre dra hitoka aza zaho vo
namaly anahy Izy, sy nino zaho ho niteo gny feoko Izy.[17]Akory mandrava anahy amin'gny tafio-sioky vo manafosy
gny feriko amin'gny sy misy antony IZy.[18]Sy mamela anahy hiay aby Izy; fa kosa, fenony raha-mafaisy zaho.[19]No
resaky tazaky, ingo!, mahery Izy! No resaky fisara ia gny afaky hapitoka Anazy?[20]Ndre dra amin'gny mary aza
zaho, gny vavako avo gny hiapanga anahy; vo ndre dra sy manan-signy aza zaho, reo zakako hagnaporofo anahy
fa meloky zaho.[21]Sy mana-signy zaho, kanefa sy dariako sasy gny momba gny vatako; ahiko sinosino gny
fiaignako.[22]Sy manova raha zay, ka zay gny izakako ho haringany miaraky gny olo sy misy signy vo gny olo rasy
fagnahy.[23]No hamono tapoky gny areti-mandripaky, dra hihomehy gny amin'gny fahorian'gny olo sy mana-signy
Izy.[24]Nome teo an-tagnan'gny olo rasy fagnahy gny tany; Zagnahary manafosy reo tarehin'gny pisara zay. Fani sy
Izy gny manao anizay dra ia se?[25]Gny androko dra malaky fandeha noho gny panday hafasy milomay; gny
androko dra mihely; ka sy misy soa hitan'ireo ndra eza ndre eza.[26]Malaky fandeha manahaky gny lakan-zozoro
regny, vo malaky fandeha manahaky gny voromahery mipaoky gny hazany.[27]No nizaka zaho ho hagnaligno reo
fitaraignako zaho, hangalaky gny pozy malaheloko zaho ka ho faly,[28]dra hatahosy gny alaheloko aby zaho akory
gny fatako fa sy hihevisy anahy ho sy mana-signy Hab=nao.[29]Ho melohy zaho; ka nagnino se zaho gny tokony
hiezaky sy amin'gny antony?[30]No nanasa gny vatako tamin'gny ranon'oram-panala zaho dra nanao gny tagnako
malio sy nisy sahala anizay,[31]dra handokoky anahy an-kady agny Zagnahary, vo gny akazoko dra ho rikoriko gny
aminahy.[32]Fa sy olo manahaky anahy Zagnahary, ka afaky hamaly Anazy zaho, ka hiaraky avy eo amin'gny fisara
zahay.[33]Sy misy pisara eo agnelagnelanay mbo hametraky gny tagnany aminay ro.[34]Sy misy pisara hafa afaky
mangalaky gny sorakazon'Agnahary aminahy, zay afaky mita gny horohorony sy hapatahosy Anazy. [35]Dra hizaka
fatrasy zaho sady sy hatahosy Anazy.Kanefa amin'izao raha-misy zao, dra sy afaky hanao anizay zaho.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 10

[1]Rokaky gny miay zaho; haneho malalaky gny fitarainako zaho; hiresaky amin'gny hafaisin'gny fagnahiko zaho.
[2]Hizak amin'Agnahary zaho ho:' Ka magnameloky anahy avo; asehoy anahy gny antony hiapanganao anahy.[3]Mety
aminao se gny mapahory anahy, gny manao sinosino gny asan'gny tagnanao eo am-pihomehia amin'ireo tetiky
gny rasy fagnahy?[4]Mana maso-nofo se Hanao? Mahita sahala gny fahitan'gny olo se Hanao?[5]Moa reo andronao se
sahala gny andron'gny olombelo na gny tanao manahaky reo taon'gny olo,[6]gny karohinao gny heloko dra
hezehinao gny fahotako,[7]ndre dra fatanao aza fa sy meloky zaho sady sy misy olo afaky hagnavosy anahy eo
apelatagnanao?[8]Gny tagnanao gny mamolavola vo magnamboasy anahy aby, fe tonohinao avo zaho.[9]Sarovy,
mangataky aminao zaho, fa mamolavola anahy manahaky gny tanimanga Hanao; dra ho ahehinao ho botany
ndraiky se zaho?[10]Moa sy fa nandraraky anahy manahaky gny ronono sady napandry anahy manahaky fromazy
se hanao?[11]Napisikininao tamin'gny holisy vo nofo zaho vo napiresinao tamin'gny tola vo ozasy.[12]Nomenao fiaina
vo faneke mahatoky zaho; niamby gny fagnahiko gny fiahianao.[13]Fe reo raha ze navoninao tao am-ponao---dra
fatako fa zao gny nieritreretinao:[14]no manota zaho, dra ho talakinao zay; sy hanafaky anahy amin'gny heloko
Hanao.[15]No rasy fagnahy zaho, dra loza ho anahy; ndre dra mary aza zaho, dra sy afaky hanondrosy gny lohako,
akory feno fahamegnara zaho vo magnety gny fizaliako manoka.[16]No miandrandra gny lohako, dra hihaza anahy
manahaky gny liona hanao; mapiseho gny vatanao ho mahery aminahy ndraiky Hanao.[17]Manday vavolombelo
vaovao manohisy anahy Hanao vo mapitombo gny hahorianao aminahy; manafiky anahy amin'gny tafiky vaovao
Hanao.[18]Nagnino se,gny naboakinao boaky tao am-bohoky zaho? Naleoko nanolosy gny fagnahiko dra sy mbo
nisy maso nahita anahy.[19]Ho manahaky gny sy nisy ndre ombia ndre ombia zaho; ho nandesy boaky tao am-
bohoky nagnan-dolo zaho.[20]SY keliky avo se gny androko? Koa soa zay se, engao ho raiky zaho, mbp hialao
havozaha heky[21]mialohan'gny hialako eo amin'gny sy hiheregnako, magnagny amin'gny tanin'gny ezy vo aloky
gny fahafatesa,[22]gny tany ze mezy manahaky gny sasak'aly, gny tanin'gny aloky gny fahafatesa, sy misy filamigna,
zay manahaky gny sasak'aly gny hazava.'"

Chapter 11

[1]Dra Zofara Namatita namaly dra nizaka ho:[2]" Sy tokony ho valia se gny zaka maro manahaky anizay? Tokony
hinoa se, tiky lelahy, be resaky tiky?[3]Tokony hapisigny reo hafa se gny fireharehanao? No manevateva gny
fapianaranay hano, sy hisy olo hapahamegnasy anao se?[4]Akory hao nizaka tamin'Agnahary ho: 'Malio gny
finoako, sy mana-signy eo amasonao zaho.'[5]Fe, eh, hizaka Zagnahary dra hanokasy gny molosiny hanohisy anao;
[6]mbo haharezany anao reo siambaratelon'gny fahendre!Fa lahibe amin'gny fahazavan-say Izy. Fataro se fa
masaiky noho ze mendriky gny helokinao gny angatahin'Agnahary aminao.[7]Mahatakasy an'Agnahary amin'gny
fitaliava Anazy se hanao? Takasinao tateraky se gny Tsihoha?[8]Zay raha zay dra abo manahaky gny lagnisy: ino
gny afaky ahinao? Laliky noho gny Fiaigna-sy hita zay; ka ino gny fatasinao?[9]Gny refin'izay dra lava noho gny
tany, vo lahibe noho gny ranomasy.[10]No mandalo Izy ka mapisigny olo, no mitoka olo ho saray Izy, dra ia gny
afaky hanaka Anazy?[11]Fa Izy mahay gny olo diso; no fa mahita heloky Izy, sy ho talakiny se zay?[12]Fe gny olo mola
sy mana fahatakara: ho azon'ereo zay no fa miteraky olo gny apondra-dia.[13]Fe hevero fa nametraky soa gny fonao
hanao sady fa nagnosotry gny tagnanao ho amin'Agnahary;[14]hevero ho eo atagnanao gny heloky, fe boakeo dra
nohalavirinao lavisy anao zay, vo sy nanenga gny sy fahamarigna hipetraky ao an-dainao hanao.[15]Dra
hanandrasy gny tarehinao sy misy famatara hegnasy vatany hanao; eka vatany, sy hiovaova hanao sady sy
hatahosy.[16]HAgnaligno gny fahorianao hanao; ho sarovanao sahala gny rano zay niroro avo zay.[17]Hamirasy noho
gny amin'gny mitataovovona gny fiaiagnanao; ndre dra nisy ezy aza, dra hazary manahaky gny maraindray zay.
[18]Ho voaaro hanao akory misy fanatena; eka vatany, hahita fiarova momba anao hanao sady hana fisahara am-
pilamigna.[19]Handr am-pisahara koa hanao, vo sy misy olo hapitahosy anao; eka vatany, maro gny hitalia siagnahy
aminao.[20]Fa ho pahy gny mason'gny olo rasy fagnahy; sy hahita lala hilefa ereo; gny hany fanatenan'ereo dra gny
fialan'ay farany."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 12

[1]Dra namaly Joba dra nano ho: [2]" Sy hisalasala fa andrareo gny olo; vo ho faty mindray amindrareo gny fahendre.
[3]Fa manna fahazavan-say manahaky andrareo koa zaho; sady sy ambanindrareo zaho. Eka vatany, ia gny sy
mahay gny raha sahala anizay?[4]Raha fiomehezan'gny piray vodi-rindry aminahy zaho--- Zaho, zay nitoka
an'Agnahary vo zay nivaliny! Zaho, lelahy mary sady sy misy signy---nazary raha fiomeheza zaho amizao.
[5]Amin'gny eriserisy gny olo ze miada, dra misy fagnamavoa lozabe; mieriserisy gny amin'gny fomba zay manday
loza maro kokoa ho an'ireo ze solafaky izy.[6]Hazary amin'gny lain'ireo malaso, vo mahasiaro milamy ireo ze
mapahory an'Agnahary; gny tagnan'ereo avo gny zagnaharin'ereo.[7]Fa amizao agnotanio reo bibidia, dra
hapianasy aniha ereo; agnotanio reo voron'gny lagnisy, dra hizaka aminiha ereo.[8]na miresaha amin'gny tany, ra
hapianasy aniha zay; hagnambara aminiha reo fian-dranomasy.[9] Biby ino ami'ireo iaby reo gny sy mahay fa gny
tagnan'i Yaveh gny nanao anizao?[10]Eo an-tagnany gny ain'gny raha-managn'ay aby vo gny fofon'ain'gny olombelo
aby.[11]Sy gny sofy se gny mamatasy gny zaka gny lagnilagny manandra gny siron'gny hany?[12]Ao amin'gny anti-dahy
gny misy gny fahendre; ao amin'gny fahalavan'gny andro gny fahazavan-say.[13]Mana fahendre vo hery Zagnahary;
mana torohevisy vo fahazavan-say Izy.[14]Ingo, mandrava Izy, sady sy afaky hamboary ndraiky zay; no magnagadra
olo raiky Izy, dra sy hisy fanafaha.[15]Ingo, no mihazo reo rano Izy, ho risy reo; vo no mandefa anizay ivelany agny
izy, dra manafosy gny tany reo.[16]Aminazy ao gny hery vo fahendre; gny vahoaky ze voafitaky vo gny pamitaky
dra samby eo amin'gny fahefany.[17]Magnalaky voaninahisy gny panolon-say amin'gny alahelo Izy; vo mampoly reo
pisara ho mola Izy.[18]Alao amin'ireo pazaka gny rojom-pahefa; napagnisy lamba gny valahany erei.[19]Magnalaky
gny voninahisy gny pisoro amin'alahelo Izy sady mandrava gny olo mahery.[20]Manaisotry gny lahatenin'ireo ze
nitokia Izy sady alany amin'ireo loholo gny fahazavan-say.[21]Mandasaky fagnamavoa amin'gny andrian-dahy Izy
sady mamaha gny fehi-trokin'gny olo-matazaky.[22]Manoro raha laliky boakao amin'gny ezy Izy vo manday gny
aloky ze misy reo olo maty hiboaky ho amin'gny fahazava.[23]Mapatazaky reo firene Izy, vo mamnorotoro anazy
reo avo koa; magnitasy reo firene Izy, sady mitariky ireo manahaky gny voafonza avo koa Izy.[24]Mangalaky gny
fahazavan-say amin'ireo pitariky gny olon'gny tany Izy; mahavy andreo hirenireny an'efisy sy misy lala agny Izy.
[25]Misapasapa ao amin'gny ezy sy misy hazava ereo; vo mapivembe andreo manahaky gny olo maro.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 13

[1]Ingo, gny masoko fa nahita anizay iaby zay; gny sofiko fa nahare ka nahatakasy anizay.[2]Ze fatandrareo, dra
fatako avo koa; sy ambanindrareo zaho.[3]Kanefa, aleoko miresaky amin'gny Tsitoha; magniry gny hifandahasy
amin'Agnahary zaho.[4]Fa fosiandrareo amin'gny vandy gny mary; pisabo sy misy lanzany aby andrareo.[5]Eh, tano
ho andrareo gny fisignandrareo! Ho fahendrendrareo zay.[6]Amizao tenoy gny fandaharako; tenoy gny
fiangavian'gny molosiko.[7]Hizaka amin'gny sy fahamarigna ho an'Agnahary se handrareo, vo moa hizaka amim-
pitaky ho Anazy?[8]Tena hanoro hasara-pagnahy aminazy se handrareo? Hialy agny am-pisara vatany se
handrareo mbo ho vavolombelon'Agnahary?[9]Mety amindrareo vatany se no mitalia andrareo Izy? Afaky gny
hamitaky Anazy manahaky gny mety ho famitahandrareo olo se handrareo?[10]Hananasy andrareo vatany Izy no
napiseho fiangara mivony handrareo.[11]Sy hapitahosy andrareo se gny voninahisy? Sy halavo amindrareo se gny
fahatahora Anazy?[12]Gny zaka fahasiarovandrareo dra ohabola vita amin'gny lavenoky; vo gny zaka
fiarovandrareo dra fiarova vita amin'gny tanimanga.[13]Tano agny gny fisignandrareo, engao raiky zaho, mbo
hahafahako mizaka, aoky hoa avy aminahy ze ho avy.[14]Gny nifiko avo gny hagnombotao gny nofoko; vo
rambesiko ho eo an-tagnako gny aiko.[15]Ingo, no mamono anahy Izy, dra ho foa gny fagnatenako; fa ndre zay aza,
dra hiaro gny lalako eo agnatrehany zaho.[16]Zao gny ho anton'gny fiala-signiko, mbo sy handehanako eo
agnatrehany manahaky gny olo pagnarasy.[17]Zagnahary o, tenoy soa gny zaka alahasiko; aoky gny fagnambarako
ho avy eo an-sofinao.[18]Ingo amizao, fa nalahasiko soa gny fiarovan-tegnako; fatako fa sy manan-signy zaho.[19]Ia
gny raiky ze hialy aminahy eo amin'gny fisara? No avy hanao anizay Hanao, ka no voaporofo fa diso zaho, dra
higy zaho ka hahafo gny aiko.[20]Zagnahary o, raha ro avo gny ahivo aminahy, dra sy hagnavony gny vatako
amin'gny tarehinao zaho:[21]alao aminahy gny tagna-mampahorinao, vo ka enga hapatahosy anahy gny
fapihorohoroanao.[22]Tokavo zaho, dra hamaly zaho; na mamela anahy hizaka aminao, dra hamaly anahy Hanao.
[23]Firy gny hadisoako vo gny fahotako? Apahafataro anahy gny heloko vo gny fahotako.[24]Nagnino HAno gny
magnavony gny tarehinao aminahy ka manday anahy manahaky gny fahavalonao?[25]Hagnitriky ravi-kazo
nandesin'gny sioky se Hanao? Hagnitriky mololo maiky se Hanao?[26]Fa manorasy raha-mafaisy hanohisy anahy
Hanao; hapandovanao anahy gny heloky gny fahatanorako.[27]Ahinao ao agnaty gadra vy avo koa gny tomboko;
atihonao mariny gny lalako aby; dinihinao avo koa gny tany ze nihisahin'gny faladian-tomboko[28]ndre dra
manahaky gny raha lo ze mihalevo aza zaho, manahaky gny akazo lanin'gny kalalao.

Chapter 14

[1]Gny olo, ze nateraky apela, dra miay andro keliky avo sady feno fahoria.[2]Misimoky amin'gny tany sahal gny
vonikazo izy sady voazera; milefa manahaky gny aloky izy sady sy maharisy.[3]Mbo magnety an'iregny se Hanao?
Moa andesinao ho saray mindray aminao zaho?[4]Ia gny afaky manday raha malio boak'amin'gny raha maloto? Sy
misy.[5]Voafarisy gny andron'gny olo. Hano gny manapaky gny isan'gny volana iaignany; hanao gny nanondro gny
fetrany zay sy azony hihoara.[6]Mivaliha aminazy mbo hisaharany, dra mbo hankafizany gny androny sahala gny
pikarama no afaky manao anizay izy.[7]Mety hisy fagnatena gny hazo; no voakapa zay, dra mety hisimoky ndraiky,
mbo sy hanzavo gny tahony tanora.[8]Ndre dra miha-antisy ao amin'gny tany aza gny fakany, vo maty ao amin'gny
tany gny fotony,[9]fe ndre dra membo rano avo aza zay, dra hisiry sady hisandrahaky manahaky gny raha-misiry
zay.[10]Fa maty gny olo; dra nazary malemy izy; eka vatany, mizano sy miay gny olo, vo eza izy boakeo?[11]Manahaky
gny fanzavognan'gny rano amin'gny farihy, vo manahaky gny faharitan'gny renirano ka maiky,[12]dra manahaky
anizay koa gny handrian'gny olo dra sy mifoha sasy. Mandra-paha-sy hisian'gny lagnisy sasy, dra sy hifoha na
hisanga amin'gny torimasony ereo.[13]Iriako gny mbo hagnavonianao anahy agny amin'gmy Fiainan-sy hita lavisy
gny fahoria, vo mbo hifaharanao anahy ao amin'gny mivony mandra-pisahasy gny hahorianao, vo hanendrenao
fotoa voatondro ho anahy hizanognako agny vo mbo hahasiarovanao anahy boakeo![14]No maty gny olo raiky, moa
mbo hiay ndraiky izy? No zay, dra magniry gny handigny gny fotoam-paharokakiko aby agny zaho mandra-
pahavin'gny fanafaha anahy.[15]Hitoka Hanao, dra hamaly Anao zaho. Hanam-pagniria amin'gny asan'gny tagnanao
Hanao.[16]Hagnisa vo hiahy gny diako Hanao; sy hifahasy gny fahotako Hanao.[17]Ho voahisy tombo-kase ao agnaty
kitapo gny fandikan-dalako; vo hagnaro gny heloko Hanao.[18]Fa ndre gny tendrombohisy aza lavo dra nazary
sinosino;[19]ndre gny vatolapy aza voahozongozongo amin'gny toerany; lanin'gny rano gny vato; lasan'gny riakany
gny botany gny tany. Manahaky anizay, gny hanorotoroanao gny fagnatenan'gny olo.[20]Mahagio anazy
mandrakariva Hanao, dra lasa izy; ovainao gny tarehiny dra halefanao mbo ho faty izy.[21]No omem-boninahisy
reo zanadahiny, dra sy fatany zay; vo no haetry ereo, dra sy hitany zay.[22]Gny fahararin'gny vatany manoka avo
gny sapany, dra mandala ho an'gny vatany avo izy.

Chapter 15

[1]Dra namaly Elifaza Temanita dra nanao ho:[2]" Tokony hamaly amin'gny fahalala sy misy dikany se gny olon-
kendry raiky ka hameno gny tegnany amin'gny sioky boakagny asignana?[3]Tokony handahasy amin'gny zaka sy
mahasoa[4]Eka vatany, mapietry voninahisin'Agnahary hanao; manaisotry gny fanoloran-tegna ho Anazy hanao,[5]fa
gny siakao gny mapianasy gny vavanao; mifily gny hana gny lelan'gny olom-pesy hanao.[6]Gny vavanao avo gny
magnahy anao, fa sy gny anahy; gny sogninao avo gny mihazo anao.[7]Moa hanao gny olo teraky volohany? Moa
nahy nisy talohan'ireo havoa avo hanao?[8]Moa se fa nahare gny fahalala mivonin'agnahary hanao? Moa feranao
ho amin'gny vatanao avo gny fahendre?[9]Ino gny fatanao ze sy fantasinay? Ino gny takasinao ze sy aminay avo
koa?[10]SAmby miaraky aminay reo fosy volo vo reo lelahy voky tao ze antisy mihoasy noho gny ranao.[11]Moa
masaiky loasy ho anao gny fapiononan'Agnahary, dra reo zaka malefaky aminao?[12]Nagnino gny manday anao
hivio gny fonao? Nagnino hanao gny mipipi-maso,[13]hany dra mivaliky amin'Agnahary gny fagnahinao ka
mamoaku zaka sahala anizay boak'amin'gny vavanao?[14]Ino moa gny olo gny tokony halio? Ino moa ze nateraky
apela gny tokony ho mary?[15]Ingo, Zagnahary dra mametraky fitokisa ndre dra amin'ireo masiny aza; eka vatany,
sy malio eo amasony gny lagnisy;[16]meky fa gny hasaikin'gny fahadiovanao zay mapangelakelaku sady rasy toetra,
lelahy mino heloky manahaky gny rano![17]Haboako anao; mitenoa anahy; hagnambara aminao reo raha ze hitako
zaho,[18]reo raha ze nizakain'gny olon-kendry boaky tamin'ireo rany, reo raha ze sy mbo navonin'gny razambeny.
[19]Reo gny razan'ereo, zay hany nome gny tany, vo zay sy mbo nandalovan'gny vahiny mihisy.[20]Gny olo rasy
fagnahy dra mizaly am-pararia amin'gny andr640ny aby, zay isan'gny tao napetraky hizalian'gny papahory.[21]Misy
feo fempitaho eo an-sofiny; no hahazo izy, dra ho avy aminzay gny pandripaky.[22]Sy mihevisy izy fa hihery boakao
amin'gny ezy; mandigny anazy gny amesa.[23]Mandeha agny amin'gny toera isan-karazany izy mbo hitalia mofo,
manao ho: 'Eza zay?' Fatany fa atomosy gny andron'gny fahamezigna.[24]Mapatahosy anazy gny fahoria vo gny
fangirifiria; fa mahagio anazy ereo, manahaky gny pazaka vonon-kialy.[25]Akory nanindrisy gny tagnany hanohisy
an'Agnahary izy sady nieboebo nanohisy gny Tsitoha,[26]dra nilomay magnagny amin'Agnahary amin'gny
fahamafisan-katoky zay lelahy rasy fagnahy zay, mindray amin'gny apinga matevy.[27]Mary zay, ndre dra
nagnavony gny tarehiny tamin'gny taviny vo mamory tavy ho an'gny valahany aza izy,[28]vo nitoby tao amin'gny
tana lao; tagny amin'gny tragno ze sy misy mipetraky amizao vo ze fa vono gny ho nahy korotam-bato.[29]Sy ho
pagnarivo izy; sy haharisy gny hareny; ndre gny aloky aza dra sy haharisy an-tany etoky.[30]Sy hiboaky boakao
amin'gny ezy izy; hisy afo handevo gny mololony; vo amin'gny fofonay boak'amin'gny vavan'Agnahary gny
halasany.[31]Aoky izy sy hatoky raha fahatany, ka hamitaky gny ainy; fa gny raha fahatany gny ho valisoany.[32]Hisy
mialohan'gny tokony hahavian'gny fotoa hahafatesany zay; vo sy ho meso gny rasany.[33]Haninsa gny vihy sy
matoiny manahaky gny voaloboky izy; vo hapiraraky gny voniny manahaky gny hazon'oliva.[34]Fa gny atokon'gny
pagnarasy dra ho momba; handevo gny lain'gny kolikoliny gny afo.[35]Sompasy gny torotoroniny vo heloky gny
haterakiny; fitaky gny torotoronin'gny trokin'ereo "

## Chapter 16

[1]Dra namaly i Joba dra nizaka ho:[2]" Fa nahare raha manahaky anizay maro zaho; papiono mahonena aby
handrareo.[3]Mbo hisy fitaperany se reo zaka sy misy fotony? Ino gny raha manahira gny dra mamaly manahaky
anizao hanao?[4]Afaky mizaka manahaky andrareo avo koa zaho, no handrareo gny teo amin'gny toeraka; afaky
mangoro vo manambasy zaka zaho andesy hanohera andrareo vo hagnifikifiky gny lohako amindrareo amin'gny
eso.[5]Eh, te hapahery andrareo amin'gny vavako zaho! Endrey gny ho hamevan'gny fapiononan'gny molosiko gny
alahelondrareo![6]No mizaka zaho, dra mihe gny alaheloko; no misigny kosa zaho, manao akory gny hagnapia
anahy?[7]Fa amizao, ry Zagnahary, dra novalahinao zaho; noravano gny fianakaviako iaby.[8]Nohamainao zaho, zay
vavolombelo manohisy anahy avo; nisanga hagnameloky anahy gny fahian'gny vatako, vo vavolombelo
manohisy gny tavako zay.[9]Tao agnaty hahoria gny namotehn'Agnahary vo nagnitrifany anahy; nihily vaza
taminahy Izy; dra nanondro maso anahy gny fahavaloko no mbo nandrava anahy Izy.[10]Nisagnasagna vava
taminahy gny olo; nitapifin'ereo tamin'gny fanomeza-signy gny fifiko; nindray nivondro hanohisy anahy ereo.
[11]Atolosin'Agnahary eo amin'gny olo pagnirasira zaho, sady atorakiny egny an-tagnan'gny olo rasy fagnahy.
[12]Nilamy zaho, dra nopotehy. Eka vatany, nirambesiny tamn'gny vozo zaho dra narindriny ho momoky; nahiny
mariky ho kendreny avo koa zaho.[13]Mipalipalisy anahy reo panipy gny zana-sipikiny; sindronin'Agnahary sy
hanagnahantra gny voako; ararakiny amin'gny tany gny aferoko.[14]Velesiny hatragny hatragny gny rindriko;
milomay magnato anahy manahaky gny pialy Izy.[15]Nizeriko teo amiholisiko gny akazo fandala; fa naletiko tao
amin'gny tany gny tandroko.[16]Menan'gny tomagny gny tarehiko; eo amin'gny holimasoko gny aloky gny
fahafatesa[17]ndre dra sy misy herisetra aza gny tagnako, dra malio gny fivavako.[18]Ry tany o, ka lombofa gny lioko;
ao sy hana toera hisahara gny fitomagniako.[19]Ndre amizao aza, ingo, agny an-dagnisy gny vavolombeloko; agny
amin'gny avo piatoky anahy.[20]Magnirasira anahy reo namako, kanefa mandrosa-dranomaso ho an'Agnahary gny
masoko.[21]mangatakyt zay vavolombelo tagny an-danisy zay zaho mbo hialy ho an'itiky lelahy tiky eo
amin'Agnahary manahaky gny ahin'gny olo amin'gny piara-belo aminazy zaho![22]Fa afaky tao kelikeliky, dra ho
agny amin'gny toera raiky zay sy hiheregnako sasy zaho.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 17

[1]Levo gny fagnahiko, vo tapisy gny androko; fa vono ho anahy gny lolo.[2]Azo atoky fa misy pandrabiraby eto
aminahy; sy mainsy hagnety gny fihansin'ereo lalandava gny masoko.[3]Magnomeza atoky, aoky ho atoky hoa
anahy hanao miaraky amin'gny vatanao; ia koa gny eto hagnapy anahy?[4]Fa Hanao, ry Zagnahary, nita gny
fon'ereo sy ho amin'gny fahazavan-say; noho zay, sy hanondrosy andreo ho amboniko Hanao.[5]Izy zay miapanga
reo namany tamin'gny valisoa; dra ho poaky gny mason'gny zanany.[6]Nefa nahiny ho zakalahibe gny vahoaky
zaho; nandroran'ereo gny tarehiny.[7]Poaky nohon'gny alahelo koa gny masoko; gny rasam-batako aby dra mahia
manahaky gny aloky.[8]Reo olo mahisy dra ho ankona amin'izay; gny olo sy mana-signy handrisiky gny vatany
hanohisy reo olo pagnirasira.[9]Gny lelahy mary dra hifikisy amin'gny lalany; se mana tagna malio dra hitombo
hery hatragny hatragny.[10] Nefa ho ndrareo aby, miavia etaho; sy hahita olo hendry eo amindrareo zaho.[11]Fa lasa
gny androko; rava reo fikasako, dra manahaky anizay koa gny fagnirian'gny foko.[12]Reo olo reo, reo pagnarasirasy
reo, dra mamaliky gny hariva ho andro; marin'gny mezy gny mazava.[13]Akory magnety gny fiegna-sy hita
manahaky gny tragnoko zaho; akory napiely gny fandriako tao amin'gny ezy zaho;[14]akory nizaka tamin'gny
lavaky zaho ho: ' Rako hanao' vo tamin'gny kanka ho: ' Reniko na anabaviko hanao',[15]dra eza se zay gny
fagnatenako? no gny fagnatenako, ia gny hahita anizay?[16]Hizoso miaraky aminahy agny amin'ireo vavahadin'gny
fiegna-sy hita se gny fagnatena no fa mizoso agny amin'gny botany sika?"



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 18

[1]Boakeo i Bilidada Sohita namaly dra nizaka ho:[2]" Ombia gny hazanonao gny zakanao? Diniho, vo afaran'izay dra
hizaka zahay.[3]Nagnino zahay gny hevery sahala gny biby; nagnino zahay gny nazary mola eo amasoniha?[4]Hanao
ay mamiravira gny vataniha amin'gny fahorianiha, tokony hahafo ho aniha se gny tany sa tokony ho ala eo
amin'gny toerany reo vatolampy?[5]Eka vatany, ho vono gny fahazavan'gny olo rasy fagnahy; sy hamirapirasy gny
pitik'afony.[6]Ho mezy gny fahazava ao an-dainy; vo gny ziro eo amboniny dra ho vono.[7]Hafohezy ny dingan'gny
heriny; gny fikasany avo gny handrava anazy.[8]Fa hifahasy agnaty harato amin'gny alalan'gny tombony avo izy; vo
hilasaky agnaty vela-pandriky raiky izy.[9]Hisy fandriky hahazo anazy amin'gny kitro; dra hihazo anazy gny
fandriky.[10]Misy fandriky raiky mivony ho anazy eo amin'gny tany; vo fandriky raiky ho anazy eo amin'gny lala.
[11]Hapatahosy anazy gny fapihorohoroa amin'gny sisiny aby; hagnitriky anazy amin'gny kitrony ereo.[12]Hivaliky
mosary gny hareny, vo ho vono eo agnilany gny loza.[13]Gny rasam-batany dra voarapaky; eka vatany, gny volohan-
teraky gny fahafatesa dra handrapaky gny ransany.[14]Voaviravira sy ho amin'gny ferovan'gny lainy izy dra hiboaky
magnagny amin'gny pazakan'gny horohoro.[15]Gny olo ze sy anazy dra honina ao an-dainy afaran'gny hahitan'ereo
fa niparitaky tao an-tragnony gny solifara.[16]Ho maky aby agny ambany gny fakany; vo eo ambony gny hanapaha
reo sapany.[17]Ho foa eto an-tany gny fahasiarova anazy; sy hana agnara an-dalan'egny izy.[18]Ho andesy boakagny
amin'gny mazava ho agny amin'gny ezy izy vo ho voaroaky eto n amin'izao totolo zao.[19]Sy hana zanaky na zafy eo
amin'gny olony izy, na hana sisa tavela amin'ireo fara-mandimby ze nizanagnany.[20]Reo ze mony agny andrefa
ddra hiorin-kolisy amy ze hahazo anazy ndraiky andro agny; vo reo ze mony agny asignana dra ho raiki-tahosy
amin'izay.[21]Azo atoky fa manahaky anizay gny tragnon'gny olo sy mary, dra gny toeran'ereo ze sy mahay
an'Agnahary."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 19

[1]Dra namaly Joba dra nanao ho:[2]" Hafiria gny hapizaliandrareo anahy vo hanorotoroandrareo anahy amin'gny
zaka?[3]Tamin'izay nandasandrareo anahy ipolo zay; sy bo magnasy napahory anahy andrareo.[4]No tena mary
vatany fa nania zaho, dra hizano ho anahy raiky gny fahadisoako.[5]No hanondrosy gny vatandrareo ho amboniko
vatany andrareo vo hapiasa gny fahafam-barakako hanohisy anahy, [6]dra tokony ha fatandrareo fa Zagnahary fa
nanao gny sy nety taminahy dra nahatrasy anahy tamin'gny haratony.[7]Ingo,mitaray zaho ho: " Herisetra!" fe sy
mahazo valiny zaho. Nitoka vozeo fatrasy zaho, fe sy nahazo rariny.[8]Nasiany rindry gny lalako ba sy hahafahako
mandeha, sady nametraky ezy teo amin'gny lalako Izy.[9]nalany taminahy gny voninahisiko, vo fa nanaisotry gny
satro-boninahisiko tamin'gny lohako Izy.[10]Fa namotiky anahy tamin'gny zorony aby Izy, dra lasa zaho, nombotany
manahaky gny hazo gny fanatenako.[11]Napirehetiny taminahy avo kaoa gny fahoriany; rambesiny manahaky gny
raiky amin'ireo fahavalony zaho.[12]Mindray avy reo tafiny; managa dongon-tany hanafiha anahy ereo ka mitoby
magnodidy gny laiko.[13]Nanaisotra reo rahalahiko lavisy anahy Izy; nihafahafa taminahy tateraky reo olo fatasiko.
[14]Nahafo anahy reo havako; fa nagnaligno anahy reo namako mariny.[15]Reo ze nizano ba ho vahiny tao an-tranoko
fahizay vo reo panopo vaviko dra mandramby anahy manahaky gny sy olom-patasy; vahiny zaho eo
amazon'ereo.[16]Mitoka gny panopoko zaho, fe sy namaly anahy izy ndre dra mengavy anazy amin'gny vavako aza
zaho.[17]magnafitohina gny valiko gny fofognaiko; magnelakelaky reo ze nateraky gny tronin'gny reniko mihisy aza
zaho.[18]Ndre reo zaza aza manao sinosino anahy; no misanga hizaka zaho, dra mizaka manohisy anahy ereo.[19]Reo
namako nahazasy avy dra nalay anahy; nivaliky taminahy reo ze tiako.[20]Mirekisy amin'gny holisiko vo gny
nofoko gny tolako; gny hany ivelomako dra amin'gny holisy gny nifiko.[21]Managna famindram-po aminahy,
managna famindram-po aminahy, ry namako, akory gny tagnan'Agnahary dra fa nikasiky anahy.[22]Nagnino
andrareo gny magnitriky anahy manahaky gny hoe andrareo gny Zagnahary? Nagnino gny sy afa-po amin'gny
fandevogna gny nofoko andrareo?[23]Eh, enga anie ka ho voasorasy gny zakako amizao! Eh, enga anie ka ho
voarakisy ao agnaty boky regny![24]Eh, enga anie ka ho voasokisy amin'gny penina vy vo firaky eo ain'gny vatolapy
mandrakizay regny![25]Fe no gny aminahy, fatako fa velo gny Pagnavosy anahy, vo [26]agny am-parany dra hisanga eo
amin'gny tany Izy;afaran'izay gny holisisko, izay ho, itiho vata itio, dra toro, vo dra ao amin'gny nofoko gny
hahitako an'Agnahary.[27]Hahita Anazy amin'gny masoko mihisy zahi---Zaho, fa sy olo-kafa. Fa rokaky miamby
anizay gny foko ato agnatiko sto.[28]No ho andrareo ho: ' Akory gny hagnitrifasika anazy! Gny fotos'ireo fizaliany
dra aminazy ao, '[29]dra matahora gny mesa, akory gny fahoria dra hahavy famaiza amin'gny mesa, ba
hahafatarandrareo fa misy gny fisara.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 20

[1]Dra namaly I Zofa Namatita dra nizaka ho:[2]" Reo vesivesiko gny mahavy anahy hamaly malaky nohon'gny
fahararia zay ao agnatiko.[3]Mahare zaka fatrasy zay magnala baraka anahy zaho, fe misy fagnahy boaka'amin'gny
fahazavan-saiko mamaly anahy.[4]Sy fatasiniha se zao raha misy zao hatramin'gny andro fahaela, no nametraky
gny olombelo teto an-tany Zagnahary:[5]gny fandresen'gny olo rasy fagnahy dra fohiky, vo gny hafalian'gny
pagnirasira dra maharisy fotoa fohiky avo?[6]Ndre dra mahatakasy gny lagnisy aza gny haabony, vo magnaniky
gny raho gny lohany,[7]dra mbo ho velo manahaky gny malotony gny olo sahala anizay; reo ze nahita anazy dra
hizaka ho: 'Eza izy?'[8]Hitily sahala gny nofy izy dra sy ho hita; eka vatany, ho ezehy sahala gny fahita amin'gny
hariva izy.[9]GNy maso ze nahita anazy dra sy hahita anazy sasy; gny toerany dra sy hahita anazy sasy.[10]Hiala siny
amin'gny olo mahatra reo zanany; sy mainsy hapihery gny harena azony gny tagnany.[11]Reo tolany dra feno tazaky
gny fahatanora, fe handry mindray aminazy agnaty bo-tany zay.[12]Ndre dra mamy ao am-bavany aza gny
faharasia, ndre dra magnavony anizay aoa ambanin'gny lelany aza izy,[13]ndre dra mihazo anizay ao sady sy
mamela anizay han deh fa mbo mihazo anizay soa ao am-bavany avo aza izy---[14]dra mivaliky mafaisy gny hany
ao agnaty sinainy; zary poizy boak'amin'gny bibilava ao agnatiny zay.[15]Mitely harena izy, fe handoa anizay
ndraiky; haboakin'Agnahary boakao amin'gny trokiny zay.[16]Hitretrisy gny poizin'gny bibilava izy; hamono anazy
gny lelan'gny menarana.[17]Sy hotia reo renirao, reo riakin'gny tately vo ere-dronono izy.[18]Hapihery gny vokasy ze
nivalahany izy sady sy afaka gny hinana anizay; sy afaky gny ho tia gny harena azony tamin'gny varony izy.
[19]Akory izy napizaly sady nanao sinosino gny olo mahatra; nangala an-keriny reo tragno ze sy naoriny izy.[20]Akory
izy dra sy nahay fahafaham-po tamin'gny vatany, dra sy afaky gny hahavonzy gny raha ze nangalany
fahafinareta izy.[21]Sy mmisy izay tavela ka sy ho nilevogniny; noho zay dra manam-petra avo gny fahombiazany.
[22]Hilasaky agnaty fahoria amin'gny fahamaroan'gny hareny izy; gny tagnan'gny kirairaiky ze ao agnaty fahatra
dra ho avy hanoshisy anazy.[23]No fa hamoeno gny trony izy, dra hatorakin'Agnahary aminazy gny firehetan'gny
fahoriany; handrosaky anizay eo aminazy Zagnahary no fa eo an-pihinana izy.[24]Ndre dra hilefa gny fitova-pialia
vy aza zeho lelahy zeho, dra hahavoa anazy gny sipiky saba.[25]Hitomboky boakao an-damosiny gny lefo vo ho
tafaboaky; dra hiboaky boakao amin'gny atiny vatany gny tendrony gny manzelanzelasy; ho avy aminazy eo gny
horohoro.[26]Ezim-be tateraky gny miamby gny hareny; vo afo sy nisofy gny hagnoro anazy; handevo ze sisa tavela
ao agnatin'gny lainy zay.[27]Hagnambara gny helony gny lagnisy, vo hizoro vavolombelo hanohisy anazy gny tany.
[28]Hiely gny harena ao an-tragnony; hiroroany hiala aminazy amin'gny andron'gny fahorian'Agnahary reo
fanagnany.[29]Zay gny azaran'gny olo rasy fagnahy boak'amin'Agnahary, gny lova voatoka ho anazy
boak'amin'Agnahary."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 21

[1]Dra namaly i Joba dra nizaka ho:[2]" Tenoy soa gny zakako, dra angao ho fankahereza omendrareo anahy zay.
[3]Mahareta aminahy, fa hizaka avo koa zaho; afaran'gny zakako, dra manesoa hatragny.[4]No gny aminahy, amin'gny
olo raiky se gny fitarainako? Nanao akory zaho gny sy tokony sy hanam-pahareta?[5]Atio zaho dra ao ho talanzona,
dra apetraho eo amin'gny vavandrareo gny tagnandrareo.[6]No fa mamesivesy reo fizaliako zaho, dra mihorohoro,
sady tora-kovisy gny vatako.[7]Nagnino gny olo rasy fagnahy gny bo miay, trasy antisy, vo mitombo hery amin'gny
fahefa?[8]Miory mindray aminazy eo amason'ereo gny taranany, vo reo zanany dra miory eo amason'ereo.[9]Gny
tragnon'ereo dra lavisy gny tahosy; sady sy amin'ereo eo gny zeran'Agnahary.[10]Mapagnaraky gny agnombilahiny
ereo; vo dra mahavagno; gny agnomby vavin'ereo dra miteraky sady sy mamosotry gny zanany sy apy vola.
[11]Mampiboaky reo zanany manahaky gny agnondry vo osy ereo, dra mandihy reo zanany.[12]Miansa amin'gny
apongatapaky vo lokanga ereo sady mifaly mindray amin'gny feon-sodina.[13]Miay gny androny amin'gny fa ereo,
vo mizoso moramora ho agny amin'gny fiaigna-sy hita.[14]Ho ereo amin'Agnahary ho: 'Miala aminay fa sy magniry
gny hahay gny lalanao zahay.[15]Ino moa gny Tsitoha, gny tokony hanopo Anazy zahay? Ino gny tombosoa azonay
no mivavaky aminazy zahay?'[16]Ingo, moa se sy eo an-tagnan'ereo avo gny fagnazarian'ereo? Sy misy hirarahiako
gny toro-hevisy gny olo rasy fagnahy.[17]Impiry maty gny ziron'gny olo rasy fagnahy, na avy eo aminazy gny
lozan'ereo? Impiry gny mizara alahelo amin'ereo amin'gny fahoriany Zagnahary?[18]Impiry ereo gny avy manaheky
gny mololo andesin'gny sioky na manahaky gny aloky tafio-drivosy?[19]Ho andrareo ho: ' Zagnahary mihaza gny
helony bo havahin'ireo zanany.' Angao gny vatany avo gny hagnavaky zay, bo hahafatarany gny helony.[20]Angao
gny masony hahita gny faharavany, vo angao izy hino gny fahorian'gny Tsitoha.[21]Akory ino gny hirarahiany gny
mahakasiky reo taranany mandimby anazy no fa tapaky gny isan'ireo volany?[22]Moa se misy olo afaky mapianasy
fahalala an'Agnahary akory ndre dra ereo ze ambony aza dra Izy gny misara?[23]Gny olo raiky dra maty ao
agnatin'gny heriny feno, tony tateraky sady miada.[24]Feno ronono gny vatany, vo gny nisikin'gny tolany dra mando
sady salama soa.[25]Misy olo raiky hafa maty ao agnatin'gny faitrin'gny fagnahy, olo ze sy bo niay raha soa.[26]Samby
mandry agnaty vovoky ereo; vo manafosy gny vatan'ereo ro reo kankana.[27]Ingo, fatako gny vesivesindrareo, vo
reo fomba zay irindrareo bo handiasoa anahy.[28]Fa ho andrareo ho: ' Eza zao gny tragnon'andriandahy? Eza gny
lay zay nonenan'gny rasy fagnahy taloha?"[29]Sy bo nagnotany gny olo pandeha lavisy mihisy se andrareo? Sy
fatandrareo se gny porofo azon'ereo zakay,[30]fa voaaro amin'gny andron'gny loza reo rasy fagnahy, vo havio lavisy
gny andron'gny fahoria izy?[31]Ia gny hagnasiaky gny fomban'gny rasy fagnahy eo anatrehany? Ia gny hagnavaky
anazy amin'gny raha vitany?[32]Fe mbo ho lanzay ho an-dolo agny izy; reo olo ddra hiamby gny lolony.[33]Ho mamy
aminazy gny baingan-dohasaha; hagnaraky anazy boakao afara gny olo aby, manahaky gny nandehanan'ireo olo
maro sy voaisaky teo alohany.[34]Nanao akory dra andrareo gny napiono anahy amin'gny raa sy misy dikany, akory
ao amin'ireo valitenindrareo dra sy misy afa-sy vandy avo?"


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 22

[1]Dra namaly Elifaza Temanita dra nizaka ho:[2]" Mety taliavin'Agnahary gny olo? Mety taliaviny se gny lelahy
hendry?[3]Moa se fahafinareta ho an'gny Tsitoha no mary hanao? Moa se tombony ho Anazy no manao gny
lalaniha ho sy misy signy hanao?[4]Moa se gny fanehoaniha fagnaza Anazy gny hamezignany aniha vo hindesany
aniha amin'gny fisara?[5]Moa se sy lahibe gny faharasianiha? Sy misy fiafara se reo helokiniha?[6]Fa nangataky atoky
tamin'gny findramam-bolan'gny rahalahinian tamin'gny sy misy antony hanao, sady fa nandrava akazo tamy ze
nitanzaky hanao.[7]Sy nagnomia rano hi inomin'gny olo rokaky hanao; namihina mofo sy ho an'gny olo mosary
hanao,[8]ndre dra olo mahery aza hanao, zay nana gny tany, ndre dra olo manam-boninahisy aza hanao, zay
nonina tao amin'izay.[9]Nalefaniha maiky gny pinday vata; vo gny tagnan'ireo kamboty dra notapahy.[10]Noho zay,
misy fandriky gny magnodidy aniha aby, vo gny fahatahora tapoky gny mapizaly aniha.[11]Misy gny ezy, bo sy
hahitaniha; vo gny rano be manafosy aniha.[12]Moa se Zagnahary sy agny amin'gny haabon'gny lagnisy? Atio gny
haabon'ireo kinta, endrey gny haabon'ereo![13]Vo ho hanao ho: ' Ino gny fatan'Agnahary? Mety hisara amin'gny
alalan'gny ezim-be se Izy?[14]Gny raho matevy gny firakofany, bo sy hahitany asika; mandeha egny amin'gny
andohalombon'gny lagnisy Izy.'[15]Hitandry gny lala taloha ze nandehan'gny olo rasy fagnahy se hano---[16]reo ze nala
talohan'gny fotoany, reo ze voaraoky sahala gny renirano gny fotos'ereo,[17]reo ze nizaka tamin'Agnahary ho: 'Miala
aminay'; reo ze nizaka ho: ' Ino gny azon'gny Tsitoha ahy aminay?'[18]Fe bo nameno gny tragnon'ereo tamin'gny
raha soa Izy; gny dinik'ireo rasy fagnahy dra lavisy anahy.[19]Gny olo mary mahita gny anzarany dra faly; gny olo
sy mana signy miomehy andreo bo hikoraky anazy.[20]Ho ereo ho: ' Azo atoky fa nitapahy reo ze nisanga nanohisy
asika; nandevo gny fanagnany gny afo.'[21]Koa amizao, magneke an'Agnahary vo mihavagna aminazy; amin'izay
fomba zay, gny hiavian'gny soa aminiha.[22]Mangataky aminaha zaho, mandarmbesa fapianara boak'emin'gny
molosiny; tehiriza ao am-poniha gny zakany.[23]No mihery amin'gny Tsitoha hanao, dra hiory, no mametraky gny sy
fahamarignaniha lavisy gny lainiha hanao.[24]Apandrio eo amin'gny bo-tany gny hareniha, gny volamenan'i Ofira
eo amin'gny vaton'gny lohasahan-driaky,[25]vo gny Tsitoha gny ho hareniha, volafosy sarobisy ho aniha.[26]Fa
amin'izay dra hiravoravo ami'gny Tsitoha hanao; hanondrosy gny tarehinao amin'Agnahary hanao.[27]Hivavaky
aminazy hanao, dra hiteno anao Izy; hagnavaky reo voadinao aminazy hanao.[28]Handidy gny raha aby koa hano,
vo dra hafatrasy ho aniha zay; hamirasy amin'gny lalaniha gny fahazava.[29]Zagnahary dra mapietry gny olo
mirehareha, vo mamozy gny olo mapizoso gny masony.[30]Hagnafaky Izy ndre dra gny olo mana signy aza; zay ho
voze eo amin'gny fahadiovan'gny tagnaniha."

Chapter 23

[1]Boakeo Joba namaly dra nanao ho:[2]" Ndre dra androany aza dra mafaisy gny fitarainako; gny tagnako dra
mavesasy nohon'gny fitarainako.[3]Vasa, no bo fatako ze mety hahitako Anazy! Eh, bo hiaviako eo amin'gny
toerany![4]Handahasy gny aliko eo anoloany zaho vo hameno gny vavako amin'gny fandresen-dahasy.[5]Hianasy reo
zaka ze hamaliany anahy zaho dra hahazo ze ho zakany aminahy.[6]Hialy hevisy hanohisy anahy amin'gny
halahiben'gny fahefany se Izy? Aha, hiteno anahy Izy.[7] Agny gny hialy hevisy Aminazy gny olo mahisy. Amin'izay
fomba zay gny hagnafahan'gny pisarako anahy maliolio mandrakizay.[8]Ingo, mandeha miasinagna zaho, fa sy
agny Izy, dra miakandrefa, fe sy mety mahita Anazy zaho.[9]Gny agny avarasy, zay iasany, fe sy afaky mahita Anazy
zaho, dra gny agny asimo, zay agnavonony gny vatany bo sy hahafahako mahita Anazy.[10]Fe mahay gny lala zay
andehanako Izy; no fa nisedra nahy Izy, dra hiboaky manahaky gny volamena zaho.[11]Nifikisy tamin'gny liany gny
tomboko; nifikisy tamin'gny lalany zaho sady sy nivio.[12]Sy niala tamin'ireo lilin'gny molosiny zaho; gny
zakan'gnmy vavany dra nataoko tao am-poko mihoasy noho gny anzara haniko.[13]Fa sy manam-paharo Izy, ia gny
afaky hamarosy Anazy ndraiky? Izay iriny dra ahiny.[14]Fa taterahiny hanohisy anahy reo lalany; misy maro
manahay reo[15]Noho zay, mihorohoro zaho eo amin'gny fanatrehany; no fa mieritrerisy gny mahakasiky Anazy
zaho, dra matahosy Anazy.[16]Akory fa nahin'Agnahary malemy gny foko; napihorohoro anahy gny Tsitoha.[17]Sy
nitapery tamin'gny ezy zaho, nohon'gny ezim-be zay misaro gny ezim-piton'gny tarehiko.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 24

[1]Nagnino ny fotoa fisara reo rasy fagnahy gny sy nahin'gny Tsitoha? Nagninoreo ze mahatoky an'Agnahary gny sy
mahita gny fiavian'gny andron'gny fisarany?[2]Misy olo rasy fagnahy zay mangalaky gny mariky gny sisin-tany;
misy olo rasy fagnahy zay mangalaky an-kery gny andian'agnondry vo osy dra mametrak reo ao amin'gny
valan'ereo manoka.[3]Mandroaky gny borikin'ereo ze kamboty rey ereo; mangalaky gny agnombin'gny manday
vata ho ferova ereo.[4]Manery reo olo ory hiala amin'gny lalany ereo; reo olo mahatran'gny tany dra mivony
andreo aby.[5]Ingo, reo olo mahatra reo dra miboaky miasa manahaky gny borikidia agny amin'gny tany hay,
mitalia hany fatrasy;vasa mbo hanome andreo reo hany ho an'gny zanak'ereo avo i Araba.[6]Gny olo mahatra dra
mizinza agny amin'gny sahan'gny olo hafa amin'gny hariva; misimpo gny voaloboky boak'amin'gny vokas'ireo olo
rasy fagnahy ereo.[7]Mandry mifahasy sy misy akazo ereo gny hariva totolo; sy mana fisafora ereo amin'gny
hatsiaky.[8]Lenan'gny eriky gny tendrombohisy ereo; sady mandry agnilan'gny vato lahibe akory sy manan-kialofa.
[9]Misy reo rasy fagnahy manaisotra reo kamboty eo an-tratran-dreniny, vo olo rasy fagnahy ze mangala reo zaza
ho fiarova amin'gny olo mahatra.[10]Fa reo olo mahatra dra mandehandeha mitahasy sy misiky; ndre dra mandeha
resy aza ereo, dra mitarazo gny amboaram-barin'gny hafa.[11]Reo olo mahatra dra manao dililo ao agnatin'gny
rindrin'ireo rasy fagnahy reo; magnisakisaky ao amin'gny famiazan-divain'ireo rasy fagnahy ereo, fa ndre gny
vatan'ereo dra mizalin'gny hetaheta.[12]Misefosefo gny olo ao amin'gny tana, mikoraky fatrasy gny olo narasy, akory
sy midary gny vavak'ereo Zagnahary.[13]Gny ilany tamin'ireo olo rasy fagnahy reo dra mikomy manohisy gny
hazava; sady sy fatan'ereo gny lalany, gny mizano amin'gny lalany ereo.[14]Mialohan'gny andro mazava gny
misanga gny pamono olo dra mamono gny olo mahatra vo gny olo ory; sahala gny pangalasy izy amin'gny hariva.
[15]Miamby gny harivariva avo koa gny mason'ireo pizangazanga; ho izy ho: 'Sy hisy maso hahita anahy.' Manafosy
gny tarehiny izy.[16]Ao amin'gny ezy gny hisavan'gny olo rasy fagnahy gny tragno; fa ereo dra mapisisgny gny
vatan'ereo amin 'gny andro; sy miraharaha gny hazava ereo.[17]Amin'izy aby, gny ezim-pito dra manahaky gny
maraindray; akory ereo dra sakezan'gny fapihorohoroan'gny ezim-pito.[18]Ndre zay aza anefa dra ho levo malaky
ereo, manahaky gny roasy misikafo egny ambony rano; gny anzaran-tanin'ereo dra voaozo; sy misy olo andeha
hiasa egny amin'gny tanim-boalobok'ereo.[19]Manahaky gny napisonihin'gny hain-tany vo gny hafana gny oram-
panala ho rano, gny hangalan'gny fiaianan-sy hita reo ze nanota.[20]Gny troky ze nanday anazy dra hagnaligno
anazy; gny kankana gny hihina anazy an-kamamia; sy ho ssaroa sasy izy; amin'izay fomba zay, gny hahapotiky
gny faharasia manahaky gny hazo.[21]Gny rasy fagnahy dra handrapaky gny apela momba zay sy nitera-zaza; sy
magnisy soa amin'gny panday vat izy.[22]Kanefa Zagnahary bo mitariky gny olo mahery amin'gny alalan'gny heriny
avo; misanaga Izy vo sy mapatazaky andreo amin'gny fiaina.[23]Zagnahary dra mamela andreo hihevisy fa mandry
fahalema ereo, vo faly gny amin'izay ereo, fe gny masony dra egny amin'gny lalany.[24]Asondrosy reo olo reo; fe, ao
agnatin'gny fotoa fohiky avo, dra ho lasa ereo; eka vatany, hahetry ereo; hahoro manahaky gny hafa aby ereo; ho
tapahy mahanaky gny salohim-bary ereo.[25]No sy zay, ia gny afaky hagnamary anahy ho pavandy; ia gny afaky
hanao sinosino gny zakako?



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 25

[1]Dra Bildada Sohita namaly dra nizaka ho:[2]" Ao aminazy gny fanapaha vo gny tahosy; mandamy agny amin'gny
toerany abo agny an-dagnisy Izy.[3]Misy fetrany se gny isan'ireo tafiny? Amin'ia gny sy hamirapiratan'gny
fahazavany?[4]Akory se gny hahamary gny olo eo amin'Agnahary? Akory gny hapalio ze nateraky apeka, ho azo eke
eo aminazy?[5]Ingo, fa ndre dra gny vola aza sy mamirasy aminazy; sy malio eo amasony gny kita.[6]Sandraky fa gny
olo, zay kankana---zay zanak'olombelo, zay kankana!"


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 26

[1]Dra namaly Joba ka nanao ho:[2]" Endrey gny fagnapianao gny raiky zay sy manan-kery! Endrey gny namozenao
gny sandry zay sy nana tazaky![3]Endrey gny nanoroanao hevisy gny olo zay sy manam-pahendre vo gny
nagnambaranao fahalala soa taminazy![4]Tamin'gny fagnapian'ia gny nizakanao regny zaka regny? Fagnahin'ia
gny niboaky boaky taminao?[5]Zary mangitikitiky gny maty, dra reo ze agny ambany rano vo reo aby ze mitoesy ao
amin'izay.[6]Mifahasy eo agnatrehan'Agnahary gny Fiainan-sy hita; gny faharava mihisy gny sy misy famognosa
aminazy.[7]Mamelasy gny lagnisy avaraxsy egny amin'gny toera babangoa Izy,sady mapihanto gny tany eo
amin'gny sy misy.[8]Mapitambasy gny rano ao amin'gny rahony matevy Izy, fe sy mitriatry ao ambanun'izay gny
raho.[9]Mamongo gny vola izy sady mapiely gny rahony eo amin'izay.[10]Nisikisy farisy boribory teo ambony rano ho
farany eo amin'gny mazava vo gny ezy Izy.[11]Mihesikesiky gny andrin'gny lagnisy sady taisy tamin'gny fizakany
fatrasy.[12]Napizano gny ranomasy tamin'gny heriny Izy; tamin'gny fahazavan-sainy gny napilavoany an-dRahaba.
[13]Tamin'gny fofonainy gny napisavany gny lagnisy; gny tagnany gny nitomboky gny menara teo am-pilefasa.
[14]Ingo, tapany amin'gny lalany avo zay; endrey gny haleminy gny bisiky resika boak'aminazy! Ia gny afa-
mahatakasy gny kotroky gny heriny?"

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 27

[1]Dra nanohy niresaky ndraiky Joba dra nanao ho:[2]" No mbo velo vatany Zagnahary, zay nanaisotra gny rariny ho
anazy, gny Tsitoha, zay napalailay gny fiaignako,[3]no mbo aminahy ato gny aiko, vo eo am-bavoroko gny fofon'ay
boak'amin'Agnahary, dra zao gny ho ahiko.[4]Sy hizaka faharasia gny sogniko, na hizaka fitaky gny lelako;[5]sy
hagneky mihisy zaho ho mary andrareo telo; mandra-pahafatiko dra sy handa gny fahisiako mihisy zaho.[6]Tanako
fatrasy gny fahamarignako sady sy hangako handeha; sy hikoraky anahy mihisy gny eriserisiko no mbo velo
zaho.[7]Aoky gny fahavaloko hanahaky gny olo rasy fagnahy; aoky ze misanga hanoisy anahy hanahaky gny olo sy
mary.[8]Fa ino gny fagnatenan'gny pagnarays no fa haringan'Agnahary izy, no fa alan'Agnahary gny ainy?[9]Moa ho
tenoin'Agnahary gny fitorevany no fa avy aminazy gny fahoria?[10] Moa hapiravoravo gny vatany amin'gny Tsitoha
izy vo hitoka an'Agnahary amin'gny fotoa aby?[11]Hapianasy andrareo mahakasiky gny tagnan'Agnahary zaho; vo
sy hanazary gny eriserisin'gny TSitoha zaho.[12]Ingo, ndrareo aby mihisy gny nahita anahy; koa nagnino se ndrareo
gny nizaka zao raha sy misy dikany aby zao?[13]Zao gny anzaran'gny olo rasy fagnahy amin'Agnahary, gny
lovan'gny papahory zay resiny boak'amin'gny Tsitoha:[14]No mihamaro gny zanany, dra ho an'gny amesa zay;sy ho
apy hany mihisy gny taranany.[15]Reo ze sisa velo amin'izay dra halevin'gny areti-mandripaky, vo gny valy
nengan'ereo sy mbo mitomany andreo.[16]Ndre dra mamory volafosy manahaky gny botany aza gny olo rasy
fagnahy, dra mamory akazo manahaky gny tanimanga,[17]dra mety hamory akazo avo izy, fa gny olo mary gny
hisiky anizay, vo gny olo sy mana-siny hizara gny volafosy eo amin'ereo.[18]Mananga gny fasengeny manahaky gny
hala izy, manahaky gny tragno bongo ze ahin'gny piamby.[19]Mandry ao am-pandria amin'gny hapagnarivo izy, fe
sy hizano amin'izay Izy; manokasy gny masony izy, dra lasa gny raha aby.[20]Mandrendriky anazy manahaky gny
rano gny horohoro; mangalaky anazy amin'gny hariva gny tafio-drivosy.[21]Andesin'gny rivosy lat'agny asignana
izy, vo lasa; mamafa anazy sy ho eo amin'gny toerany anizay.[22]Mapifatrasy gny vatany agny aminazy anizay vo sy
mizano; miezaky gny milefa miala gny tagnany izy.[23]Miteha-tagna anazy amin'gny fanesoa anizay; misiosioky
anazy hila amin'gny toerany zay.

Chapter 28

[1]Azo atoky fa misy toeram-pitrandraha volafosy, toera zay fagnadiovan'ereo volamena.[2]Gny vy dra nalay
lat'amin'gny tany; gny saba dra misoniky miala lat'amin'gny vato.[3]Mapisava gny ezy olo ka mikaroky, hatragny
amin'gny fetra lavisy be, gny vato agny agnaty ezy vo ezim-be.[4]Mihaly lavaky miala gny toera honegnan'gny olo
izy, toera ze fa halignon'gny olo. Misampy lavisy gny olo izy; misingeva eho vo eroho izy.[5]No gny amin'gny tany, ze
iboahan'gny mofo, dra mivaliky ao ambany manahaky gny tamin'gny alalan'gny afo zay.[6]Gny vaton'izay gny toera
ahita reo safira, dra gny bony dra misy volmena.[7]Sy misy voro pihaza mahafatasy gny lala magnao, na gny
mason'gny voromahery ka mahita anizay.[8]sy nisy bibidia natazaky ka nandia gny lala manahaky anizay, na liona
ka nandalo teo.[9]Gny olo dra mametraky gny tagnany eo ambony vato karangana; avaliky hatragny amin'gny
vahany gny tendrombohisy.[10]Manapaky fasona eo amin'ireo vatolapy izy; mahita gny raha sarobidy aby ao gny
masony.[11]Manensy gny riaky so sy hikoria izy; ze mivony ao amin'izeho dra haboakiny ho amin'gny mazava.[12]Eza
gny hahita gny fahendre? Eza gny toeran'gny fahazavan-say?[13]Gny olo dra sy mahafatasy gny viliny; dra sy hita eo
amin'gny tanin'gny velo zay.[14]Gny rano lalaiky ambanin'gny tany manao ho: 'Sy aminahy ato zay'; gny ranomasy
manao ho: 'Sy aminahy atiky zay.'[15]Sy azom-bolamena zay; ndre gny volafosy aza sy azo lanzay ho viliny.[16]Sy
mahatomba anazy gny volamenan'i Ofira, mbamin'gny beryla sarobidy na safira.[17]Gny volamena vo gny vato
krystaly dra sy azao apitaha amin'gny lanzany; dra sy afaky atakalo amin'gny firavaky gny volamena voalio zay.
[18]Sy ho zaka se gny lanzan'gny haran-dranomasy na gny jaspy; eka vatany, gny vilin'gny fahendre dra mihoasy
noho gny ruby.[19]Gny topazan'i Etiopia dra sy mifapitaha aminazy; na gny tena volamena aza sy afaky sandaina
amin'izay.[20]Dra bok'eza se, gny hiavian'gny fahendre?[21]Eza gny toeran'gny fahazavan-say? Gny fahendre dra
mivony amin'gny mason'gny raha managn'ay aby vo avony an'ieo voron'gny habakabaky.[22]Gny Faharava vo
Fahafatesa dra mizaka ho: 'Resaky avo gny ren'gny sofinay amin'izay.'[23]Zagnahary mahay gny lala magnagny;
fatany gny toeran'izay.[24]Akory Izy magnety hatrany amin'gny fara-vazan-tany dra mahita gny ambanin'gny
lagnisy aby.[25]Nanao gny herin'gny rivosy Izy sady namasisy gny rano araky gny refiny.[26]Nanao lily ho an'gny ora
Izy vo lalana ho an'gny selasiy gny kotrok'ora.[27]Dra nahita gny fahendre IZy dra nagnambara anizay; nametraky
anizay Izy, eka vatany, nandiniky anizay Izy.[28]Ho Izy tamin'gny olo ho: 'Ingo, gny fahatahora gny Tompo---zay gny
fahendre; gny fiala amin'gny rasy gny fahazavan-say."'


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 29

[1]nanohy nizaka Joba dra nanao ho:[2]"Eh, no mbo manahaky gny tamin'iegny vola lasa tamy nikarakaran'Agnahary
anahy regny moa zaho,[3]tamy namirapirasy teo an-dohako gny zirony, vo tamy namakivaki gny ezy tamin'gny
fahazavany zaho.[4]Eh, no mbo manahaky gny tamin'gny andron'gny fatoizako tamy gny fisakezan'Agnahary tao
am-pasangeko regny moa zaho;[5]tamy mbo nindray taminahy gny Tsitoha, vo mbo nagnodidy anahy reo zanako,
[6]tamy voarakosy ronono gny lalako, vo gny vatolapy nandrosaky rian-dililo ho anahy![7]No niboaky gny
vavahadin'gny tana zaho, no nitoboku tamin'gny toerako teo an-kianzan'gny tana zaho,[8]dra nahita anahy dra
nizano lavisy anahy tamim-pagnaza reo tovolahy, vo gny olo antisy nisanga dra nizoro ho anahy.[9]Nizano sy
nizaka gny andriandahy nofa avy zaho; nitapy gny vavany tamin'gny tagnany ereo.[10]Niegny gny feon'ireo olo-
manan-kaza, dra nirekisy teo amin'gny lagnilagniny gny lelan'ereo.[11]Fa nofa avy nahare anahy gny sofiny, dra
niso-drano anahy ereo; nofa avy nahita anahy gny masony, dra nizoro vavolombelo ho anahy sady nagneky
anahy ereo[12]akory nagnavosy gny olo ze nahantra izaho nofa nitaray ereo, vo gny olo ze kamboty ra nofa sy
mnana ndre iza ndre iza hagnapy anazy izy.[13]Gny so-dranon'ize fa ho faty dra avy taminahy; nahavy gny fon'ireo
pinday vata hiira fifalia zaho.[14]MItafy fahamarigna zaho, sady napitafy anahy anizay; gny fahamarigna dra
manahaky gny akazo lava vo satroky.[15]Maso ho an'ireo olo poaky zaho; tomboky ho an'ereo olo malemy zaho.[16]Ra
ho an'ireo olo ory zaho; nandiniky gny aly ndre dra gny an'gny olo ze sy fatako aza.[17]Nanorotoro gny
valagnoran'gny olo sy mary zaho; nagnombosy gny azon-draha lateo amin'gny nifiny zao.[18]Dra ho zaho ho: 'Ho
faty ao amin'gny akaniko zaho; hapitombo reo androko manahaky gny vovom-pasiky zaho.[19]Misandahaky eo
amin'gny rano reo fakako, vo gny ando nitoesy teo amin'ireo ransako gny hariva totolo.[20]Gny voninahisy aminahy
ao dra vaovao lalandava, vo gny sipikin'gny heriko dra vaovao lalandava eo an-tagnako.[21]Niteno anahy reo olo;
niamby anahy ereo; nisigny so hiteno gny toro-heviso ereo.[22]Nofa vita gny zakako, dra sy niaka sasy ereo; nitete
manahaky gny rano teo amin'ereo gny zakako.[23]Niamby anahy lalandava manahaky gny niamby ora ereo;
napisagnasagna gny vavany ereo so hino gny zakako, manahaky ze hahin'ereo amin'gny fara-ora.[24]Nihomehy
tamin'ereo zho nofa sy nagnapo anizay ereo; sy mbo nanda gny fahazavan'gny tarehiko ereo.[25]Nifily gny
lalan'ereo zaho dra nitoboky ho lahibeny; niay manahaky gny pazaka omban'gny tafiny zaho, manahaky gny olo
ze mapiegny reo pandala.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 30

[1]Androany reo ze tanora noho zaho dra sy mana ndre ino ndre ino laha-sy fanesoa ho anahy---dra reo tovolahy ze
sy nengako hiasa eio agnilan'gny amboan'gny biby fitezako gny ran'ereo.[2]Eka vatany, gny herin'gny tagnan'ireo
rany, akory gny nahafahan'izay nagnapy anahy---reo lelahy ze foa gny herin'gny taon'gny fahamatoran'ereo?
[3]Nahia nohon'gny fahantra vo gny haresea ereo; nihina tamin'gny tany maiky agnaty ezin'gny tany efisy sady rava
ereo.[4]Nioty simon-kazo mafaisy vo ravin-boaroy ereo; gny fakan'gny anhavidy gny sakafon'ereo.[5]Niroahy sy ho eo
amin'gny olo ze nanakora andreo manahaky gny fanakoran'gny olo raiky gny pangalasy ereo.[6]Dra sy mainsy
nitoboky tagny an-dohasahan-driaky ereo, tao an-davaky gny tany vo gny vatolapy[7]Nagneno manahaky gny
ampondra teo amin'ireo voaroy ereo; dra tao ambanin'ireo voaroy gny niarahan'ereo nivory.[8]Zanaky mola ereo,
eka vatany, zanak'olo sy manan-kaza ereo! Niroahy hiala tamin'gny tany tamin'gny karavasy ereo.[9]Fa androany,
lasa hira fagnesoa ho an'ireo zanany zaho; eka vatany, lasa fihomeheza ho andre androany.[10]Malay anahy sady
mizoro lavisy anahy ereo; dra sy mizano gny mandrora gny tarehiko.[11]Fa Zagnahary namaha gny taly tamin'gny
sipikako sady napahory anahy, vo ereo ze magnarasy anahy dra nagnary gny fanereny teo agnatrehan'gny
tarehiko.[12]Eo amin'gny tagna an-kavagnako gny hisanganan'gny androvolahy; mandroaky anahy ereo say manao
dongon-tany hanao fahirano anahy.[13]Rovan'ereo gny lalako; atosik'ereo ho eo aminahy gny loza, dra reo lelahy ze
sy misy ndre iza ndre iza hita andreo.[14]Avy hanohisy anahy manahaky gny tafiky lat'amin'gny lavaky lahibe raiky
eo amin'gny fefin'gny tana ereo; eo agnivon'gny faharipaha gny agnakendan'ereo anahy.[15]MItoliky aminahy gny
fapihorohoro; nisofy manahaky gny andesin'gny sioky gny voninahiso; levo manahaky gny raho gny fagnazako.
[16]Amizao dra miboaky boak'ao agnatiko gny aiko; andrim-pizalia maro gny nita anahy.[17]Voatrobaky gny tolako ato
agnatiko amin'gny hariva; sy mizano reo fararia ze mihatra aminahy.[18]Nangalaky gny fitafiako gny
herin'Agnahary lahibe; magnodidy anahy manahaky gny vozon'gny akazoko zay.[19]Nagnary anahy tao agnaty
fotaky izy; nazay manahaky gny botany vo lavenoky zaho.[20]Mitaray aminiha zaho, ry Zagnahary, fa sy mamaly
anahy Hanao; misanga zaho, fa magnety anahy avo Hanao.[21]Niova Hanao sady nazary lozabe taminahy; amin'gny
herin'gny tagnanao gny hagnitrifaniha anahy.[22]MAnondrosy anahy eo amin'gny sioky Hanao dra mapinday anazy
anahy; mapirerireru anahy agnaty tafio-drivosy Hanao.[23]Fa fatako fa hinday anahy ho amin'gny fahafatesa
Hanao, ho amin'gny tragno ze voalahasy ho an'gny raha-managn'ay aby.[24]Ndre zay aza, sa ra sy misy ndre ia ndre
ia maninzisy gny tagnany hitalaho famonze nofa lavo izy? Sa ra sy misy olo mana olo ka mitoka vonzy?[25]Sy
nitomagny ho an'ize tra-pahoria ra zaho? Sady sy nalahelo gny olo ory ra zaho?[26]Nofa nikasaky gny soa zaho, dra
gny rasy gny avy; nofa niamby gny hazava zaho, dra gnyezy ndraiky gny avy.[27]Ory gny foko sady sy manam-
pizanogna; avy taminahy reo andron'gny fahoria.[28]Fa nandehandeha manahaky gny olo ze nitoboky tao agnaty
ezy zaho, fa sy nohon'gny masoandro; mizoro ao amin'gny fiangona zahodra mihiaky famonze.[29]Rahalahin'ireo
amboadia zaho, naman'ireo ostritsa.[30]Mainty gny holihiko sady miendaky aminahy; oroan'gny hafana gny tolako.
[31]Noho zay dra mifagnaraky amin'gny hira fandala gny lokangako, vo gny sodiko ho an'gny hiran'ireo ze
mitomagny.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 31

[1]Fa nanao faneke tamin'gny masoko zaho; vdra ahiko akory gny hagnety ambam-pisiririta gny virijiny?[2]Fa ino gny
anzara lat'amin'Agnahary ambony, gny lova lat'amin'gny Tsitoha agny amin'gny abo be?[3]Nieriserisy avo zaho fa
gny loza dra an'gny olo sy mary, vo gny fahoria gny ho an'gny panao rasy.[4]Sa sy hitan'Agnahary ra gny lalako dra
isainy gny liako aby?[5]No nandeha tamin'gny vandy zaho, no nandeha malaky ho amin'gny fitaky gny tomboko,
[6]dra aoky zaho ho lanzay amin'gny mizana mbo hahafataran'Agnahary gny fahisiako.[7]No niala tamin'gny lala-
mary gny liako, no nandeha nagnaraky gny masoko gny foko, no nisy penina nandoto gny tagnako,[8]dra aoky zaho
hamafy sady aoky zaho hihina gny hafa; eka vatany, aoky ho fongory amin'gny sahako gny vokasy.[9]NO voafitaky
gny apela gny foko, no nandry tam-piambena teo am-batragnaran'gny piara-belo taminahy gny valiny zaho,[10]dra
aoky gny valiko handisa vary ho an'gny lelahy hafa, dra aoky reo hafa hiakohky eo aminazy.[11]Fa ho heloko bevava
mahaory zay; eka vatany, ho heloko bevava ho sazian'gny pisara zay.[12]Akory zay dra afo zay mandevo gny rah aby
ho an'gny Fiegnan-Sy hita vo hangoro gny vokasiko iaby.[13]No sy nidary gny fangatahako rariny lat'amin'gny
panopoko lelahy na apela zaho nofa nialy hevisy taminahy ereo,[14]dra ino ra gny hahiko nofa misanga hiapanga
anahy Zagnahary? NOfa ho avy hisara anahy Izy, dra akory gny havaliko Anazy?[15]Sa gny raiky ze nanao anahy tao
am-bohoky sy nanao andreo koa? Sa sy raiky avo gny namolavoala anay aby tao am-bohoky?[16]No nanaka gny olo
mahantra tamin'gny fagnirian'ereo zaho,[17]na no nanapahy gny mason'gny pinday vata tamin'gny fitomagnia, na
no nihina gny sombin-kaniko raiky zaho dra sy nanenga ireo ze kamboty hihina anizay koa---[18]akory nihalahibe
nindray taminahy manahaky gny nindray tamin'gny ra hatramin'gny fahazazako gny zaza kamboty, dra nitariky
gny reniny zaho, zay pinday vata,laha tao an-trokin-dreniko[19]No nahita olo fa ho faty nohon' gny sy fanagna
akazo zaho, na no nahita mahantra sy nana akazo;[20]no sy nisaosy anahy gny fony noho izy sy nafana tamin'gny
volon'agnondriko,[21]no nanandrasy gny tagnako hanohisy gny olo kamboty zaho akory nahita gny fanohanako teo
am-bavahadin'gny tana, dra manday fiapanga anahy![22]No nanao reo raha reo zaho, dra aoky gny soroko hilavo
hiala amin'gny tolan-soroko, dra aoky gny sandriko ho tapaky amin'gny tonon-tolany.[23]Akory natahosy gny
fahapoteha lat'amin'Agnahary zaho; nohon'gny voninahiny, dra sy afaky nano reo raha reo zaho.[24]No nanao gny
volamena ho fagnatenako zaho, sady no nizaka tamin'gny volamena soa zaho ho: 'Hanao gny atokisako';[25]no
nifaly nohon'gny halahiben'gny hareko zaho, akory nahazo fanagna maro gny tagnako, dra manday fiapanga
anahy![26]No nahita gny masoandro zaho nofa namirapirasy zay, na gny vola mandehandeha amin'gny
famirapiratany,[27]vo no voasariky mangingiky gny foko, hany ka nagnoroky gny tagnako so hisiriria andreo gny
sogniko---[28]dra ho heloky bevava hosazian'ireo pisara avo koa zay,akory fa nanda gny Zagnahary ze ao ambony
zaho.[29]No nifaly tamin'gny fahapotehan'izay nalay anahy zaho na niarahaba vata nofa trasin'gny loza izy, dra
manday fiapanga anahy![30]Eka vatany, sy nengako hanota aby gny vavako tamin'gny fangataha gny ainy tamin'gny
ozo.[31]No sy mbo nizaka akory reo olo ao amin'gny laiko ho: "Ia gny afaky mahita gny sy visin'gny sakafon'i
Joba'[32](na gny vahiny az dra sy voatery nizano teo an-kianzan'gny tana, akory nanokasy gny varavarako ho an'gny
pandeha avo zaho), vo no sy zay, dra manday fiapanga anahy![33]No, nagnavony reo fahotako tamin'gny fagnazaria
gny heloko tao agnatin'gny akazo lavako, manahaky gny olombelo zaho[34](akory natahosy gny maro agn'isa zaho,
akory napihorohoro anahy gny sy fidarian'gny fianakavia, hanyka nisigny zaho dra sy nandeha tagny ivelany),
dra manday fiapanga anahy![35]Indrisy, no mbo nisy olo niteno anahy moa! Ingo, tahoky gny soniako; aoky hamaly
anahy gny Tsitoha! No mbo nana gny fiapanga ze nosoratan'gny panohisy anahy moa zaho![36]Handay anizay eo
an-soroko vatny zaho, hanaovako manahaky gny satro-boninahisy zay.[37]Hagnmbara aminazy gny isan'gny liako
zaho; manahaky gny andriandahy mahatoky gny hekarako agny aminazy.[38]NO mitaray manohisy anahy gny
taniko, dra mindray mitomagny gny baingany,[39]no nihina gny vokany fe sy nandoa anizy zaho na nahavy reo
topmponu hamy gny ain'ereo,[40]dra aoky reo silo gny hisiry fa sy vary dra tsiparifary fa tsy vary ordea." Tapisy gny
zakan'i Joba.

Chapter 32

[1]Dra nizano sy namaly an'i Joba sasy reho telo lahy reho akory mary teo amasony avo izy.[2]Vo dra nirehisy gny
hahorian'i Eliho zanadahin'i Barakela gny Bozita, lat'amin'gny foko Rama; nirehisy tamin'i Joba zay akory
nagnamary gny vatany izy no tokony ho Zagnahary.[3]Nirehisy tamin'ereo telo lahy namany avo koa gny hahorian'i
Eliho akory sy nahita zaka havaly an'i Joba ereo, sady mbo nomelohin'ereo avo i JOba.[4]Vo Eliho dra niamby gny
hiresaky tamin'i Joba akory reho lelahy hafa reo dra lahibe noho izy.[5]Fe, nofa hitan'i Eliho fa sy nisy zaka havaly
an'i Joba teo ambavan'ereo telo lahy reho, dra nirehisy gny hahoriany.[6]Vo Eliho zanadahin'i Barakela gny Bozita
nizaka fatrasy dra nanao ho: "Tanora zaho, vo handrareo dra fa vatany antisy. Ka zay antony nisalasalako dra
nahasakiako nizaka tamindrarei gny heviso manoka.[7]Ho zaho ho: " Gny halavan'gny andro gny tokony hizako;
gny tao maro gny tokony hapianasy fahendre.[8]Fe misy fagnahy ao amin'gny olo; gny fofonain'gny Tsitoha gny
magnome anazy fahazavan-say.[9]Sy ze olo lahibe avo gny hendry, na reo olo nahazo taoavo gny mahatakasy gny
rariny.[10]Noho zay da ho zaho amindrareo ho: 'Tenoy zaho; hambarako amindrareo avo koa gny fahalalako.'[11]Ingo,
niamby gny zakandrareo zaho; niteno gny fandresen-dahasindrareo zaho no nieriserisy ze ho zaka handrareo.
[12]Niteni soa andrareo vatany zaho, fe, ingo, sy nisy ndre dra raiky tamindrareo aza afaky nandresy lahasy an'i
Joba na afaky namaly reo zakany.[13]Tandremo so sy hizako ho: 'Fa nahita fahendre zahay!' Zagnahary dra sy
mainsy handresy an'i JOba; no olon-tsotry sy afaky gny hanao anizay.[14]Akory i Joba sy nizaka mivata taminahy,
dra sy hamaly anazy amin'gny zakandrareo zaho.[15]Sy nahaloa-bava reho telo lehy reho; sy nahavaly an'i Joba sasy
ereo; sy nana zaka ho zaka sasy ereo.[16]Tokony hiamby ra zaho akory sy mizako ereo, akory misanga eo ereo dra
misigny sady sy mamaly sasy?[17]Aha, hamaly amin'gny anzarako koa zaho; ho zakako andreo avo koa gny
fahalalako.[18]Akory mana zako maro ho zakay zaho; gny fagnahy ze ato agnatiko gny misery anahy.[19]Ingi,
manahaky gny divay milo ze sy misy hiboahany gny tratrako; manahaky gny siny holisy vaovao, ze fa hitriasy.
[20]Dra hizaka zaho so hamelombelon'ay anahy; hanokasy gny sogniko zaho dra hamaly.[21]Sy hanoro fiangara zaho;
sady sy hagnome fitokava mihaza ndre amin'ia ndre amin'ia.[22]Akory sy haiko gny magnome fitokava sahala
anizay; no nanao anizay zaho, dra hangalaky anahy zy ho ela gny Mpahary anahy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 33

[1]Koa androany, ry Joba, mengavy aniha zaho, mandrenesa gny lahazkako; tenoy gny zakako aby.[2]Ingo amizao, fa
manokasy gny vavako zaho; fa mizako tao am-bavako gny lelako.[3]Boak'amin'gny fahisian'gny foko gny zakako;
magnambara fahalala malio gny sogniko.[4]Gny Fagnahin'Agnahary gny nano anahy; gny fofonain'gny Tsitoha gny
nagnome fahveloma anahy.[5]No anoniha ahy; valio zaho; alaharo eto agnatrehako gny zakako dra misana.[6]Ingo,
manahaky aniha avo zaho eo amason'Agnahary; namboary boaky tamin'gny tanimanga avo koa zaho.[7]Ingo, sy
hapatahosy aniha gny horohoroko; na havesasy aniha gny sindriko.[8]Nizaka teo an-sofiko vatany hanao; reko gny
feon'gny zakaniha nanao ho:[9]' Malio zaho sady sy misy heloky; sy manan-signy zaho, sady sy misy ota aminahy
ato.[10]Ingo, mahita iriky hizeragny anahy Zagnahary; rambesiny ho sahala gny fahavalony zaho.[11]Hatobokiny
amin'gny hazo boloky gny tomboko; dinihiny aby gny lalako.'[12]Ingo, amin'izeho gny mahadiso aniha---hamaly
aniha zaho, akory lahibe noho gny olo Zagnahary.[13]Nagnino hano gny mialy aminazy? Sy magnisa ndre ino ndre
ino amin'ize ahiniha Izy.[14]Fa mizaka ndraiky mandeha Zagnahary---eka, indro, ndre dra sy sikarisy gny olo aza
zay.[15]Ao agnaty nofy, ao agnaty fahita amin'gny hariva, nofa avy amin'gny olo gny torimaso laliky, nofa ao agnaty
faharendreha eo am-pandria---[16]dra manokasy gny sofin'gny olo Zagnahary, sady mapitahosy andreo amin'gny
horohoro,[17]so hisitogna gny olo hiala amin'gny tanzaony feno fahota, vo hagnalavira gny fieboeboa aminazy.
[18]Zagnahary gny miaro gny ain'gny olo amin'gny lavaky, gny ainy sy hiepita ho agny amin'gny fahafatesa.[19]Faizy
amin'gny fahararia eo am-pandria avo koa gny olo, mindray amin'gny fangirifiri sy mizano ao amin'gny tolany,
[20]so halay hany gny ainy, sady halay hanim-be gny fagnahiny.[21]Levo gny nofony so sy ho hita; gny tolany, ze sy hita
taloha, dra mitrakitraky amizao.[22]Eka vatany, magnariny lavaky gny fagnahiny, vo gny ainy marin'ireo ze misiry
gny hanorotono anizay.[23]Fe no misy anzely raiky afaky gny ho pagnelagnela ho anazy, dra pagnelagnela raiky,
boak'amin'ireo anzely agnalignaly, so hapiseho anazy ze mety hahy,[24]vo no malemy fagnahy aminazy gny anzely
dra mizaka amin'Agnahary ho: 'Vonzeoso dy hitily agny an-davaky tiky olo tiky; fa nahita vilim-pagnavota ho
anazy zaho.'[25]vo dra hazary ho vaovao noho gny an'gny zaza gny nofony; dra hihery amin'gny andro tamin'gny
herin'gny fahatanorany izy.[26]Hivavaky amin'Agnahary izy, dra halemy fagnahy aminazy Zagnahary, so hahitany
gny tarehinAgnahary amin'gny fifalia. Homen'agnahary an'gny olo gny fandreseny.[27]Dra hihira eo agnoloan'gny
olo hafa zeho olo zeho dra hanao ho: 'Nanota zaho ka namaliky ze mary, fe sy nofaizy gny fahotako.[28]Namonzy
gny fagnahiko sy hizoso agny an-davaky Zagnahary; hahita agny fahazava hatragny gny fiaignako.[29]Ingo, manao
reo raha reo amin'gny olo raiky Zagnahary, indro, eka, intelo aza,[30]so handay gny fagnahiny hihery boakagny an-
davaky, so ho hazava amin'gny fahazavan'ay izy.[31]Mitandrema, ry Joba, dra mitenoa anahy; misigna dra tenoy
zaho.[32]Nomisy hambara hanao, dra valio zaho; mizaka, fa magniry gny hagnaporoso zaho fa mary hanao.[33]No sy
zay, dra tenoy zaho; misigna, dra hapenariko fahendre hanao."



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 34

[1]Fagnapin'izay, dra mbo nizaka i Eliho ho:[2]" Tenoy gny zakako, ry lelahy hendry; tenoy zaho, handrareo ze mana
fahalala.[3]Fa gny sody dra mahare gny zaka manahaky gny hasapan'gny lela gny siron-kany.[4]Aoky sika hisafidy ze
rariny ho asika: aoky sika samby hahita gny soa eo amisika.[5]Fa i Joba nizaka ho: 'Mary zaho, fa nalan'Agnahary
gny zoko.[6]Ndre ino ndre ino zoko, dra rambesy ho pavandy zaho. Sy azo sitragny gny ratrako, ndre dra sy nanota
aza zaho.'[7]Fa lelahy ino i Joba, ze mino gny fagnamavoa manahaky gny rano,[8]ze mandeha etoky vo erihoky
mindray amin'ireo panao rasy, sady mindray lala amin'gny olo rasy fagnahy?[9]Fa nizaka izy ho: 'Sy hahazoan'gny
olo tombony gny miravoravo amin'gny fanaova ze tian'Agnahary.'[10]Dra tenoy zaho, ry lelahy mana fahazavan-say:
sagnatria amin'Agnahary ane gny hanao rasy; sagnatria amin'gny Tsitoha ane gny hanota.[11]Akory mamaly gny
asan'gny olo izy; ahiny tody amin'gny valisoan'gny lala nisafidiny gny olon'aby.[12]Eka vatany, sy mbo manao rasy
zagnahary, na hamaliky gny rariny mandrakizay gny Tsitoha.[13]Ia gny napiandraikisy anazy gny tany? Ia gny
nametraky gny tany raiky manotolo teo ambaniny?[14]No izy avo gny hifatohan'gny vatany, sady no mihery
mamory gny fagnahiny vo gny fofofnainy aminazy avo izy,[15]dra hindray ho botany gny olombelo.[16]No mana
fahazavan-say hanao amizao, dra tenoy zao; tenoy gny feon'gny zakako.[17]Afaky gny handay ra gny olo raiky ze
malay gny rariny? Ho helohiniha ra Zagnahary, zay mary sady mahery?[18]Zagnahary, ze mizaka amin'gny pazaka
ho: ' Mapadikidiky hanao,' na koa mizaka amin'ireo manan-kaza ho: 'rasy fagnahy handrareo'?[19]Zagnahary, ze sy
miangasy amin'ireo panday sady sy magnome lanza reo pangarivo mihoasy reo mahantra, akory azan'gny
tagnany aby ereo.[20]Ao agnatin'gny fotoa fohy ereo dra ho faty; amin'gny sasak'aly dra ho voahozongozo gny olo
dra ho faty; ho ala avo koa gny olo mahery, fe sy amin'gny tagnan'olombelo.[21]Fa gny mason'Agnahary dra eo
amin'gny lalan'gny olo; hitany aby reo dinga ahiny.[22]Sy misy ezy, na ezim-pito hivonian'ireo panao gny sy rariny.
[23]Fa sy mila mandiniky gny olo sasy Zagnahary; sy misy antony handehanan'gny olo ho saray eo agnatrehany.
[24]Potipotehiny reo lelahy mahery nohon'gny lalan'ereo ze sy hila fanadihadiha sasy; hapetrany amin'gny toerany
aby gny hafa.[25]Vo zeho gny hahafatarany gny asan'ereo; amin'gny hariva gny handravany riho olo riho; ripaky
ereo.[26]Eo amason'gny hafa, bono manahaky gny malaso ereo nohon'gny asa rasy vitany[27]akory nivaliky sy
nagnaraky Anazy ereo sady sy nety nagneky ndre raiky aza tamin'gny lalany.[28]Tamin'izeho, dra nahin'ereo avy
teo amin'gny tomagnin'ereo mahantra; dra reny gny tomagnin'ireo olo napahoria.[29]Nofa mangiky Izy, ia gny afaky
hagnameloky Anazy? No havoniny gny tarehiny, ia gny hahita Anazy? Mitovy gny fanapahany gny firene vo gny
kiraikiraiky,[30]So sy ho afaky hanapaky gny olo pagnarasy, so sy hisy ndre raiky aza hamandriky gny olo.[31]No ahy
ho misy olo raiky mizaka amin'Agnahary ho: 'Meloky vatany zaho, fa sy hanota sasy;[32]apianaro anahy gny raha sy
mety hitako; nanota zaho, fa sy hapihery anizehi sasy.'[33]Dra mihevisy ra hanao fa ho sazin'Agnahary nohon'gny
otan'izeho olo zeho, akory sy tianiha gny ahin'Agnahary? Aoky hanao gny hisafidy, fa sy zaho. Dra zakao gny
fataniha.[34]Gny olo mana fahazavan-say dra hizaka aminahy ho--- eka vatany, ze lelahy hendry aby mahare anahy
dra hizaka ho:[35]'Mizaka sy am-pahalala i JOba; sy misy fahendre gny zakany.'[36]No ma nisaray tamin'gny
ansipirihiny keliky loasy tamin'gny tranga nahazo anazy moa i Joba nohon'gny firesany manahaky gny olo rasy
fagnahy.[37]Fa apiany fikomia gny fahotany; miteha-tagna am-pagnesoa eo agnivosika izy; mamory zaka agnohera
an'Agnahary izy."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 35

[1]Ho fagnapin'izeho i Eliho dra mbo nanohy. nizaka ho:[2]"Mihevisy ra hanao fa mary zeho nofa mizaka hanao ho:
'Gny zoko eo agnatrehan'Agnahary?'[3]Akory hanao nagnotany ho: 'Ino gny asan'izeho aminahy?' vo ho: 'Ho soa
loasy ra zaho no nanota?'[4]Hamaly aniha zaho, hanao vo reo sakezaniha.[5]Atio gny lagnisy, dra atio zeho; atio gny
lagnisy, zay abo noho hanao.[6]No nanota hanao, dra ino gny rasy nahiniha an'Agnahary? No mivory nloasy gny
fandikan-dalaniha, dra ino gny ahiniha Aminazy?[7]No mary hanao. dra ino gny afaky homeniha Anazy? Ino gny
ho rambesiny lat'amin'gny tagnaniha?[8]Gny faharasianiha dra mety handrasy olo raiky, amin'gny maha-olo aniha,
vo gny fahamarigna dra mety hahasoa gny zanaky gny olo hafa.[9]Nohon'gny asa fapahoria maro, dra mitaray gny
olo; mila vonzy lat'eo an-sandrin'ireo olo mahery ereo.[10]Fa sy misy ndre ia ndre ia mizaka ho: 'Eza Zagnahary gny
Mpahary anahy, zay magnome hira amin'gny hariva,[11]zay mapianasy bebe loasy asika noho gny hapianariny reo
bibidian'gny tany, dra ze manao asika ho hendry noho reo voron'gny lagnisy?'[12]Any ereo gny mitaray, fa
Zagnahary sy magnome valiny andreo nohon'gny fieboebon'gny olon-drasy.[13]Sy hahare gny fitomagnia mola
vatany Zagnahary; sy hidary anizeho gny Tsitoha.[14]Akory gny hakelikin'gny hamaliany aniha no mizak hanao sa
dy mahita Anazy, fa gny aliniha dra eo agnatrehany, dra miamby Anazy hanao![15]Akory gny hakelikin'gny
hamaliany aniha no mizaka hanao fa sy magnafay ndre ia ndre ia amim-pahoria mihisy Izy, sady sy midary loasy
gny avognavon'gny olo Izy.[16]Dra nanokasy gny vavany so hizaka fahamola avo i Joba; namory zaka sy am-
pahalala izy."

## Chapter 36

[1]Nanohy avo Eliho dra nizaka ho:[2]" Mamela anahy hizaka lavalava kokoa, dra haneho raha aniha zaho akory mbo
misy keliky ho zakako ho ferova an'Agnahary.[3]Hahazo gny fahalalako avy lavisy zaho; hieky zaho fa gny
fahamarigna dra an'gny Mpahary anahy.[4]Fa eka vatany, sy ho diso reo zakako; olo matosy ao amin'gny fahalala
gny eto aminiha.[5]Ingo, Zagnahary dra mahery, sady sy mamingavinga ndre ia ndre ia; mahery amin'gny herin'gny
fahazavan-say Izy.[6]Sy miaro gny ain'gny olo rasy fagnahy Izy fa koa manao ze mary ho an'ireo ze mizaly.[7]Sy
mangalaky gny masony amin'ireo olo mary Izy fa koa mametraky andreo mandrakizay manahaky gny pazaka,
dra misandrasy ereo.[8]No voafatosy tamin'gny rozo sady voafandriky tamin'gny talin'gny fapizalia ereo,[9]dra
ambarany amin'erep ze nahiny, vo gny helok'ereo vo gny fieboebon'ereo.[10]Manokasy gny sofin'ereo ho amin'gny
fapianarany avo koa Izy, dra mandily andreo so hiala amin'gny heloky.[11]No miteno Anazy sady manopo Anazy
ereo, dra handany gny andron'ereo amin'gny fagnambigna, vo gny taon'ereo amin'gny fifalia.[12]Ndre zeho aza, no
sy miteno ereo, dra ho vono amin'a,esa; ho faty ereo akory sy manam-pahalala.[13]Mitahiry gny hahoriany reo
pagnarasy am-po; sy mitoka vonzy ereo ndre dra mamatosy andreo aza Zagnahary.[14]Maty eo amin'ireo
pizangazanga amin'gny fivavaha gny andron'ereo.[15]Zagnhary mamonzy reo olo napahoria amin'gny alalan'gny
fahorian'ereo; manokasy gny sofin'ereo amin'gny alalan'gny fapahoria andreo Izy.[16]Eka vatany, te-hangalaky
aniha amin'gny fahoria ho agny amin'gny toera malalaky ze sy misy raha sarosy sady ze androsoa sakafo feno
sabora amin'gny latabasiniha Izy.[17]Fe hanao dra feno fisara gny olo rasy fagnahy; nita aniha gny fisara vo gny
rariny.[18]Ka enga hitao aniha ho amin'gny fagnesoa gny hahorianiha, na hapivio aniha gny halahiben'gny vilim-
pagnavota.[19]Afaky magnome tombony aniha se gny hareniha, so sy ho ao agnatin'gny fahoria hanao, sa afaky
magnapy aniha se gny herin'gny fahatazahaniha aby?[20]Ka magniry gny hariva, so hanota hagnohera reo hafa,
nofa ala eo amin'gny toeran'ereo gny olo.[21]Mitandrema so hihery hanota hanao akory fa nisedray tamin'gny
fapizalia hanao so hagnalaviraniha gny fahota.[22]Ingo, misandrasy amin'gny heriny Zagnahary; ia gny napianasy
manahaky Anazy?[23]Ia gny fa napianasy Anazy gny amin'gny lalany? Ia gny mbo afaky hizaka Anazy ho: 'Fa nanao
gny sy mary HAnao?[24]Sarovy gny misiriry reo asany, zay nihiran'gny olo.[25]Fa nagnety reho asa reho gny olo aby, fe
lat'egny lavisy avo gny ahitany reho asa reho.[26]Ingo, lahibe Zagnahary, fe sy azosika soa Izy; sy hay kazia gny
isan'gny taony.[27]Fa magnalaky reo rano nitete ze nasikany ho ora lat 'amin'gny entony Izy,[28]ze arosaky gny raho vo
antondrakiny be amin'gny olombelo.[29]Eka vatany, misy olo mahatakasy gny halahiben'gny fielezan'gny raho vo
gny kotroky lat'ao amin'gny fasangeny se?[30]Ingo, magnaparitaky gny selasiny magnodidy Anazy Izy sady
mandrakosy reo fanambanin'gny ranomasy.[31]Amin'izeho fomba zeho gny hisarany reo olo vo hagnomezany
sakafo mitafotafo.[32]Mameno selasy gny tagnany Izy mandra-pandiliany zeho so hizera gny marik'izeho.[33]Gny
kotrok'izeho dra mapitandry gny amin'gny tafio-drivosy, gny biby fiteza avo koa dra afaky mandre fa tamy zeho.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 37

[1]Eka vatany, mihorohoro amin'izeho gny foko; miala amin'gny toerany.[2]Tenoy, oh, tenoy gny fikotaban'gny feony,
gny feo ze miboaky lat'amin'gny vavany.[3]Mandefa anizeho egny ambany lagnisy manotolo Izy, dra mandefa gny
selam-pahazavany hatragny amin'gny sisin-tany.[4]Misy feo mierosy afaran'izeho; mikotrokotroky amin'gny
feon'gny voninahisiny Izy; sy manaka gny sela-pahazava hiselasy IZy nofa re gny feony.[5]Mahalasa gny
fikotrakotroky gny feon'Agnahary; manao raha lahibe ze sy takasisika Izy.[6]Fa ho Izy amin'gny oram-panala: '
MIlasaha egny amin'gny tany''; manahaky anizeho koa gny ranon'ora: ' Mizaria ho rosak'ora mivatravatra be'.
[7]Mapizano gny tagnan'gny lelahy kiraikiarajy amin'gny asany Izy, so hahafahan'gny olo aby ze namboariny hahita
reo asany.[8]Dra milisy ao amin'gny fivoniany koa ireo bibidia ka mamisaky agny an-zohiny.[9]Gny tafio-drivosy avy
lat'agny amin'gny efisiny lat'agny asimo, vo gny hasiaky lat'amin'gny fiparitahan'gny rivosy lat'agny avarasy.
[10]Amin'gny alalan'gny fofonain'Agnahary gny mapisy gny ranomandry. Mivainga manahaky gny vy gny rano be
midadasiky.[11]Magnavesasy gny raho matevy amin'gny hamandoa vatany Izy; mapiely gny sela-pahazavany
amin'gny raho Izy.[12]Manodikody gny raho araky gny fitarihany Izy, so hahafahan'ereo manao ze andiliany andreo
eo ambonin'gny velaran'izao totolo zao.[13]Ahiny miseho zeho iaby zeho; kindraikindraiky dra mitranga anizeho ho
fagnisia, kindraikindraiky ho an'gny taniny, vo kindraikindraiky ho gny asan'gny faneke mahatoky.[14]Tenoy izeho,
ry Joba; mizanogna dra saino gny momban'ireo asa mahalasan'Agnahary.[15]Fataniha se gny faneren'Agnahary
amin'gny sitrapony amin'gny raho vo fanaovany gny sela-pahazava hiselasy ao amin'ireo?[16]Takasiniha se gny
fihevahevan'gny raho, reo asa mahalasan'Agnahary, zay tonga lafasy amin'gny fahalala?[17]Takasiniha se gny
mahavy reo akazoniha hafana nofa tosy gny tany akory avy lat'agny asimo gny rivosy?[18]Hanao se afaky
mamelasy gny habakabaky manahaky gny ahiny--- dra gny abakabaky, zay fatrasy manahaky gny fitarasy
manganohano vita amin'gny vy voarendriky?[19]Ba apianaro anay ra ze tokony ho zakanay aminazyaminazy, fa
zahay sy mahavita mandahasy reo tohan-kevisinay nohon'gny fahamezignan'gny fisainanay.[20]Tokony hizaka ze
tiako zaka aminazy se Izy? Misy olo magniry gny ho voately se?[21]Amizao, sy afaky magnety gny masoandro nofa
mamirasy egny amin'gny habakabaky se gny olo afaran'gny fandalovan'gny rivosy ka napisavany gny raho.
[22]Lat'agny avarasy gny hihavian'gny famirapirata volamena--- voninahisy mapatahosy gny eo amin'Agnahary.[23]No
gny amin'gny Tsitoha, sy afaky mahita Anazy sika! Izy dra lahibe amin'gny fahefa; sy mapahory gny rariny Izy
sady be fahamarigna.[24]Noho zeho, matahosy Anazy gny olo. Sy magnety reo ze mihevi-tegna ho hendry aby Izy.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 38

[1]Boakeo dra nitoka an'i Joba lat'ao amin'gny tafio-drivosy mahery vaiky Yaveh dra nanao ho:[2]" Ia tihoky manday
ezy amin'ireo fikasa amin'gny alalan'gny zaka sy misy fahalala tihoky?[3]Apisikino manahaky gny lelahy gny
valahaniha fa hametra-pagnotania aminiha Zaho, dra sy mainsy mamaly Anahy hanao.[4]Teza hanao tamy nanony
gny fotosy gny tany Zaho? Zakao Anahy, no tena mana fahazavan-say be hanao.[5]Ia gny namarisy reo refiny?
Zakao Anahy, no fataniha. Ia gny nagnenza gny taly fandrefesa teo aminazy?[6]Tamin'gny ino gny nametraha gny
fotony? Ia gny nametraky reo vato fehizorony[7]nofa niaraky nihira gny vasian'gny maraindray dra hikiaky fifalia
reo zanak'Agnahary aby?[8]Ia gny nandily gny ranomasy tamin'gny vatrangara nofa vaky anizeho, no niboaky
manahaky gny tao am-bohoky anizeho---[9]nofa nanao reho raho ho fitafiany Zaho, vo ezim-pito ho fonony?[10]Zeho
dra tamin'gny namaritako gny farisy amin'gny sisin-dranomasy, vo tamin'gny nametrahako gny hily vo
vatrangarany,[11]dra tamin'gny nitenenako taminy ho: 'Mety ho avy hatreo hanao, fe sy hihoasy lavisy; eto gny
hametrahako gny fetra amin'gny fisafoaky gny onzaniha.'[12]Hatramin'izeho nanombohan'gny androniha, fa
nagnome beko gny maraindray hiposaky se hanao, sady nahavy gny mangiran-drasy halala gny toerany eo
amin'gny filahasy gny raha aby, [13]so hitanany reo zoron'gny tany dra hiozongozo hiala eo aminazy gny olo rasy
fagnahy.[14]Niova manahaky gny fiovan'gny tanimanga ambanin'gny tombo-kase gny endriky gny tany; gny raha
aby eo aminazy dra miavaky mazava soa manahaky gny fivalognan'gny lamba. [15]Lat'amin'ireo olo rasy fagnahy
gny nangala gny hazavan'ereo; gny sandry misondrotr'ereo dra nitapahy.[16]Fa nandeha tagny amin'gny loharanon-
dranomasy se hanao? Fa nandeha tagny amin'gny laliky ambany loasy se hanao? [17]Fa naseho taminiha se reo
vavahadin'gny fahafatesa? Fa nahita reo vavahadin'gny aloky gny fahafatesa se hanao? [18]Fa nodinihinia se gny
fivelaran'gny tany? Zakao Anahy, no fataniha aby zeho.[19]Eza gny lala magnagny amin'gny toera fisaharab'gny
fahazava--- manahaky zeho gny ez, eza gny toerany? [20]Afaky mitariky gny hazava vo gny ezy agny amin'ireo
toeram-piasan'ereo se hanao? Hitaniha se gny lala mihery magnagny am-pasangen'ereo? [21]Fataniha sy am-
pisalasala zeho, akory fa teraky tamin'izeho hanao; lava dra lava vatany gny isan'gny androniha![22]Fa nilisy tao
amin'gny fasange fitehiriza gny ranomandry se hanao, ndre fa nahita gny fasange fitehiriza gny havandra se
hanao, [23]reo raha ze nitahiriziko ho amin'ireo fotoam-pahoria, ho amin'ireo andron'gny aly? [24]Eza gny lala
hiselaran'gny varasy na miparitaky magneza geto amobin'gny tany reo sioky lat'agny asinagna?[25]Ia gny nihaly reo
lalan-drano ho an'gny tondrak'ora, na ia gny nanorisy gny lalan'gny fipoahan'gny varasy, [26]so hapilasaky gny ora
egny amin'ireo tany ze sy misy olo, vo egny amin'gny tany efisy, ze sy misy ndre ia ndre ia, [27]so hahatateraha reo
filan'ireo tany karakay vo efisy, ka hapisimoky gny ahi-mainso?[28]Manan-dra se gny ora? Ia gny niteraky gny
ranon'ando? [29]Trokin'ia gny niavian'gny ranomandry? Ia gny niteraky gny fanala lat'agny an-danisy? [30]Mivony gny
rano sady nazary sahala amin'gny vato; nazary mivainga gny fanambonin'gny laliky.[31]Afaky misery reo rozo
amin'ireo Ikotolkelimiadilaona se hanao, na mamaha gny talin'gny Telonohorefy? [32]Afaky mitariky reo vasia so
hisaho amin'gny fotoa tokony ho izy se hanao? Afaky mitariky gny Bera mindray amin'ireo zanany se hanao?
[33]Mahafatasy gny lalagnan'gny lagnisy se hanao? Afaky mametraky gny lalagnan'gny lagnisy ambonin'gny tany se
hanao?[34]Afaky mapiaka-peo hatrany amin'gny raho se hanao, so handrakoafan'gny ranon'oram-be hanao? [35]Afaky
mandefa selasy se hanao so hahafahan'ereo miboaky, so hizakan'ereo ho: 'Tahoky zahay?'[36]Ia gny nametraky
fahendre tagny amin'gny raho na nagnome fahazavan-say tamin'gny zavo? Ia gny afaky magnisa gny raho
amin'gny fahaizany? [37]Ia gny afaky manondraky gny fitoeran-dranon'gny lagnisy [38]nofa mitambasy ho fotaky
lahibe gny botan sady mirekisy reo bainga-tany?[39]Afaky misambosy haza ho an'gny liona vavy se hanao na
magnome fahafaham-po gny haresen'ireo liony tanora [40]nofa mamisaky ao amin'gny fitoerany sady manotriky ao
amin'gny kirihisy ereo?[41]Ia gny mamasy haza ho an'ireo goaiky nofa mitaray amin'Agnahary sady mivembe
nohon'gny sy fahampian-sakafo reo zanany?


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 39

[1]fataniha se ho amin'gny fotoa ino gny iterahan'gny osi-dia gny zanany egny amin'gny vatolapy? Voadinikiniha se
nofa miteraky gny zanany gny diera vavy? [2]Voaisaniha se reo vola handesan'ireo vohoky ? Fataniha se gny fotoa
hiterahany reo zanany?[3]Miodriky ereo dra miteraky gny zanany, vo dra tapisy gny fahararian'gny fiteraha.
[4]Mihamatazaky sady mitombo egny amin'gny saha lahibe reo zanany; lasa ereo dra sy mihery sasy.[5]Ia gny
manenga malalaky gny boriki-dia andeha? Ia gny namaha gny fatoran'gny ampondra-dia, [6]ze fa nagnamboarako
fonegna agny araba, gny fasangeny agny amin'gny tanin-sira?[7]Mihomehy am-pagnaseo gny tabataba ao an-tana
izy; sy mahare gny hiakin'ireo pandroaky izy. [8]Mirerirery egny an-tendrombohisy fihinanam-bilony izy; agny izy
gny mitalia gny ahi-maiso aby hohany.[9]Ho faly hanopo aniha se gny agnombi-dia? Hagneky gny hizano eo
amin'gny fihinana namboary se izy? [10]Mahafehy gny agnombi-dia amin'gny taly so hamadihany gny bainga se
hanao? Handravogna gny lohasaha ho aniha se izy?[11]Hatoky anazy se hanao akory lahibe gny heriny? Hanenga
gny asaniha so ho ahiny se hanao? [12]Hiantehisy aminazy so handay gny variniha agny am-pasange , dra hamory
gny vary ho eo amin'gny famoloa se hanao?[13]Gny elasy gny ostritsa dra mikopakopaky am-pirehareha, fe misy fita
se gny elasiny vo gny volony? [14]Akory manenga reo atoliny egny amin'gny tany izy, dra engany hafana ao
amin'gny botany ireo; [15]halignony fa mety hisy tomboky hanorotoro na mety hisy bibi-dia hagnisakisaky andreo.
[16]Mapizaly reo zanany izy manahaky gny ho sy anazy reo; sy matahosy izy ndre dra mety ho very maina aza gny
asany, [17]akory Zagnahary nangalaky taminazy gny fahendre sady sy nagnome anazy fahalala. [18]Nofa milomay
mafy izy, dra hiomehezany am-pagnesoa gny sovaly vo gny pitikisy anazy.[19]Sa ra nomeniha gny heriny gny
sovaly? Nipiakazo gny vozony tamin'gny volony mihofahofa se hanao?[20] Fa napisambiky anazy manahaky gny
valala se hanao? Mapatahosy gny hafatrasin'gny fiefonefony.[21]Mibitaky amin'gny heriny izy sady miravoravo
amin'gny tazakiny; miboaky malaky hisena gny fitovam-pialia izy. [22]Magneso gny tahosy izy sady sy reki-tahosy;
sy mihemosy amin'gny mesa izy. [23]Mifioky eo agnilany gny zana-sipiky, mindray amin'gny lefo manzelasy sady
lefom-pohy.[24]Mitely tany amin'gny fahavignira vo hahoria izy; amin'gny fagnenon'gny anzomara, sy tafazano
amin'gny toera raiky izy. Ndre ombia ndre ombia gny hagnenon'gny anzomara, dra ho izy ho: 'Aha!' [25]Manimbolo
gny aly lat'agny lavisy izy--- dra gny kotaba fatrasin'gny pifehy vo gny koraky.[26]Lat'amin'gny fahendreniha se gny
mapitily gny hisikisiky, dra hamelarany gny helany ho agny asimo?[27]Amin'gny bekoniha se gny hiakaran'gny
voromahery vo hagnamboarany gny fasange amin'gny toera abo? [28]Mivelo eo amin'gny harambato izy sady
magnamboasy gny akaniny eo amin'gny tendron'gny harambato, zay ferova fatrasy.[29]Lat'egny gny hotaliavany
gny hazany; mahita andreo lat'egny lavisy egny gny masony. [30]Mino lio avo koa gny zanany; zay toera misy
fatin'olo, dra egny izy."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 40

[1]Vo Yaveh nanohy niresaky tamin'i Joba; ho izy ho: " [2]Tokony hagnandra hagnisy gny Tsitoha se gny olo mana-
pagniria hagnarasy? Izy ze mifandahasy amin'Agnahary, dra aoky izy hamaly."[3]ra namaly an'i Yaveh dra nanao
ho: [4]" Ingo, sy misy dikany zaho; akory gny hamaliako Aniha? Apetrako amin'gny vavako gny tagnako? [5]Nizaka
ndraiky mandeha zaho, dra sy hamaly sasy; eka, indro, fa sy hanohy mihoasy an'izeho zaho."[6]Dra namaly an'i
Joba tamin'gny tafio-drivosy masiaky Yaveh dra nizaka ho: [7]" Apisikino manahaky gny lelahy gny valahaniha, fa
hametra-pagnotania aminiha Zaho, dra sy mainsy mamaly Anahy hanao.[8]Sa hizaka vatana ra hanao fa sy mary
Zaho? Hagnameloky Anahy se hanao so hizakaniha ho mary hanao? [9]Mana-sandry manahaky gny Zagnahary se
hanao? Mahay mapikotrokotro-peo manahaky Anazy se hanao?[10]Tafio voninahisy vo fahamendreha gny
vataniha; mihengoa haza vo fahalahibiaza. [11]Apielezo amin'gny dina gny fihoaran'gny hahorianiha; atio reo aby
mirehareha dra ahetreo izy.[12]Atio reo aby ze mirehareha dra ahetreo izy; hisaho ambany eo amin'izeho
isanganan'ero gny olo rasy fagnahy. [13]Alevegno hindray eo amin'gny tany izy aby; gadra agny amin'gny toera
mivony gny tarehin'ereo.[14] Dra hagneky gny mahakasiky aniha koa Zaho fa gny tagnaniha akavagna avo dra
afaky mamonzy aniha.[15]Atio se gny behomota, zay nahiko manahaky gny nanaovako aniha avo; mihina ahisy
manahaky gny agnomby izy. [16]Ingo, eo amin'gny valahany gny heriny; eo amin'ireo hozasy gny trokiny gny tazany.
[17]Manao gny rambony manahaky gny sedera izy; gny ozasy gny feny aby dra mitambasy. [18]Gny tolany dra
manahaky gny fanso saba; tombony dra manahaky gny bara vy.[19]Izy gny lahibe amin'gny zavaboarin'Agnahary.
Zagnahary raiky avo, zay nanao anazy, gny afaky mandresy anazy. [20]Fa reo havoa magnome sakafo anazy; reo
bibi-dia egny an-saha dra mihisa eo mariny eo. [21]Mipetraky ao ambanin'gny voahirana, ao agnaty volotara izy, ao
agnaty lakan-drano izy.[22]Reo voahirana dra mandrakosy anazy amin'gny alokalokiny; reo hazomalahelon'gny
lohasahan-driaky dra magnodidy anazy aby. [23]Ingo, no tondraky gny moron'gny renirano, dra sy hangitakitaky
izy; mahatoky izy, ndre dra hisamboaravoara hatregny ambonin'gny orony aza Jordana. [24]Sa misy mahasambosy
anazy amin'gny farango se, na mahasindro gny orony amin'gny fandriky?


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 41

[1]Afaky misinto Levitiana amin'gny finta se hanao? Na mamatosy reo valagnorany amin'gny taly? [2]Afaky magnisy
taly eo amin'gny orony se hanao, na manindro gny valagnorany amin'gny alalan'gny finta? [3]Hitalao fatrasy
aminiha se izy? Hanao zaka malefaky aminiha se izy?[4]Hanao fifaneke aminiha se izy, fa tokony ho alainiha ho
panopo mandrakizay izy? [5]Hihisa hindray aminazy manahaky gny hiarahaniha amin'gny voro se hanao?
hamatosy anazy ho an'gny panoponiha apela se hanao? [6]Hialy varosy gny aminazy se reo vondron'gny
pagnarato? Hifapizaran'ireo so havily amin'ireo pivarosy se izy?[7]Mahavita mandefo gny holisiny amin'gny
fitovam-pihaza se hanao na gny lohany amin'gny lelam-pita? [8]Apetaho eo aminazy ndraiky mandeha gny
tagnaniha,dra ho saroaniha gny aly sady sy hanao anizeho sasy hanao. [9]Ingo. gny fagnatenan'gny olo ze manao
anizeho dra vandy; sa ra sy hisy hilavo amin'gny tany nohon'gny fahita anazy avo?[10]Sy misy olo feno hahoria dra
saky hihansy Levitiana; koa, ia se gny afaky misanga eo agnatrehako? [11]Ia gny nagnome raha Aniha volohany so
hagnefako anazy? Ze iaby ambanin'gny lagnisy manotolo dra Anahy. [12]Sy hisigny zaho mahakasiky gny tomboky
gny Levitiana, ndre avo koa gny raha mahakasiky gny heriny, na mahasiky gny hasoan'gny bikany.[13]Ia gny afaky
mangalaky reo fitafiany ivelany? Ia gny afaky milisy gny ferova misoso? [14]Ia gny afaky manokasy reo
vatrangaran'gny tarehiny--- voahodidy reo nifiny, zay horohoro?[15] Gny lamosiny dra vita amin'ireo apinga misoso,
mifanery manahaky gny fihilin'gny tombo-kase.[16]Gny raiky dra tena mifagneky amin'gny raiky hafa hany ka sy
misy sioky afaky milisy eo agnelagnelan'ereo. [17]Mifandray ereo; mifapirekisy, zeho dra so hahafahan'ereo
hisaraky. [18]Gny hazava mitarasy lat'amin'gny fierosiny; gny masony dra manahaky reo holimason'gny vo
mangiran-drasy.[19]Dra fagnilo mirehisy gny miboaky gny vavany, miparitaky gny pitik'afo. [20]Gny vavoriny dra
miboaky setroky manahaky gny raha mangotraky ao agnaty vilagny eo ambony afo zay nikopaha ho vatany
mahama. [21]Gny fofon'ainy dra mapirehisy gny bain'afo hizary afo; afo gny miboaky lat'ao amin'gny vavany.[22]Ao
amin'gny vozony gny hery, vo gny horohoro dra mandihy eo agnoloany. [23]Mikamba gny fivalognan'ireo nofony;
fatrasy orina eo aminazy reo; sy afaky ahesiky reo. [24]Gny fony dra fatrasy manahaky gny vato--- eka vatany,
fatrasy manahaky gny fikosoham-bary.[25]Nofa manondrosy gny vatan Izy, ndre reo zagnahary aza ho reki-tahosy;
nohon'gny tahosy, dra mihemosy ereo. [26]No mizera anazy gny mesa raiky, dra sy misy dikany zeho--- ndre gny
lefo, sipiky, ndre fitova-pialia maragnisy hafa. [27]Mieriserisy izy fa manahaky gny mololo gny vy, vo manahas=ky
gny hazo lo gny saba.[28]Gny sipiky dra sy afaky mapilefa anazy; nizary lila aminazy reo vaton'gny asamotaly.
[29]Ahiny manahaky gny mololo reo langilang; mihomehy amin'gny firaondraona amin'gny fanidin'gny lefo izy.
[30]Gny tapany ambany dra manahaky reo vakim-bilagny maragnisy; manenga dian-kisaky eo amin'gny fotaky izy
manahaky gny kodiaram-by fikosoham-bary.[31]Ahiny manahaky gny rano mangotraky agnaty vilagny gny laliky;
ahiny manahaky gny vilagnin'gny hosotry maragnisy gny ranomasy. [32]Magnazava ze nilalovany izy; misy
mieriserisy fa fosy volo gny laliky.[33]An-tany etihoky dra sy misy mitovy aminazy, ze niforogny so hiay sy misy
tahosy. [34]Mahita gny raha aby ze mirehareha izy; izy gny pazaka ambon'ireo zanaky gny firehareha aby."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 42

[1]Dra namaly an'i yaveh i Joba dra nizaka ho: [2]"Haiko fa hainiha hahy gny raha aby, fa sy hay sakagna gny
tanzoniha. [3]Ia zeho magnavony fikasa sy amin'gny fahalala zeho?' Eka vatany, nagnambara raha ze sy ho takosiko
zaho, raha saro-takary loasy ho anay, ze sy mbo fatako.[4]Ho Hanao taminahy ho: 'Mitenoa, amizao, dra hizaka
Zaho; hagnotany raha aminiha Zaho, dra hizaka Aminahy hanao.' [5]Nahare gny mahakasiky Aniha tamin'gny
siosion-dresaky zaho, fa amizao dra mahita Aniha gny masoko. [6]Dra magnamavo gny vatako zaho; mibebaky
amin'gny botany vo lavenoky zaho."[7]Dra nofa boaky nizaka reo zaka reo tamin'i Joba Izy, dra ho Yaveh tamin'i
Elifaza gny Temanita ho: ' Mirehisy aminiha vo amin'ereo namaniha ro gny fahavignirako, fa sy nizaka gny mary
mahakasiky Anahy handrareo, manahaky gny nahin'i Joba panopoko. [8]Androany se, mangala agnomby lahy fito
vo agnondry lahy fita ho an'gny vatandrareo, dra mandehana agny amin'i Joba panopoko, dra manolora fagnatisy
oroa ho an'gny vatandrareo. Hivavaky ho andrareo i Joba panopoko, dra hagneky gny fivavakiny Zaho, so sy
hamaliako amdrareo araky gny fahamolandrareo. Sy nizaka ze mary mahakasiky Anahy, manahaky gny nahin'i
Joba panopoko handrareo." [9]Koa dra nandeha sady nanao araky ze nandilian'i Yaveh andreo i Elifaza gny
Temanita, i Bildada gny Sohita, vo i Zofara gny Namatita, vo Yaveh nagneky an'i Joba.[10]Nofa nivavaky ho an'ireo
namany i Joba, dra naherin'Agnahary tamin'gny laoniny gny hareny. Nomen'i Yaveh avo ro heny mihoasy ze
nanagnany teo aloha izy. [11]Dra nandeha tagny aminazy reo rahalahin'i Joba aby, reo anabaviny aby, vo reo olom-
patany teo aloha--- dra nisakafo nindray taminazy tao am-pasangeny. Nindray ory taminazy ereo sady napiengy
anazy gny amin'ireo loza aby ze nalefan'i Yaveh taminazy. Samby nagnome volafosy madiniky vo perasy
volamena an'i Joba aby gny olon'aby.[12]Nitahy gny andro farany niaignan'i Joba mihoasy noho gny tamin'gny
volohany Yaveh; nana agnondry efasy arivo vo ray aly izy, rameva enina arivo, andian'agnomby arivo, vo boriky
vavy arivo.[13]Nanan-zanaky lelahy fito vo zanaky apela telo avo koa izy.[14]Nitokavy ho Jemima gny vavimatoa,
Kezia gny faharo, vo gny fahatelo dra Kerena-hapoka.[15]Sy nisy apela hita ho soa mihoasy an'ireo zanaky apelan'i
Joba teo amin'gny tany aby. Nagnome lova ho andreo [16]mbamin'ireo anadahiny gny ran'ereo. Tafaran'izeho, dra
niay 140 tao i Joba; nahita reo zanany vo reo zafiny izy, hatramin'gny taranaky efasy nifandimby. [17]Boakeo dra
maty i Joba, no antisy sady visy andro.

# Proverbs

Chapter 1

[1]Reo ohabolan'i Solomoma zanak'i Davida, Pazakan'Israely. [2]Ty ohabola tahoky dra natao ba hapianasy fahendre
vo torolala, hapianasy reo zakanigny fahalala, [3]hahazoanao torolala ba hiay aminigny fanova gny mary, rariny,
dragny hisiny.[4]Ty ohabola tahoky koa dra natao hagnome fahendre ho anigny kely say, dra hagnome fahalala vo
fahamalia ho anigny tanora. [5]Aoky gny olo-kendry hiteno dra hapitombo gny fahalalany, dra aoky gny olo mahay
magnavaky hahazo tari-dala, [6]ba hahatakasy reo ohabola, reo oha-pitenena, vo gny zakanigny olo-kendry
mbamin'ireo akamatany.[7]Gny tahosy an'i Yaveh gny fiandoha-pahalala__gny mola magnamavo gny fahendre vo
gny fapihara. [8]Ry zanako, tenoy gny fapenaran-dranao dra ka miala aminigny fisipiky gny reninao; ho fehiloha
soa tarehy ho anigny lohanao raiky dra rado mihaton'eo aminigny tendonao.[10]Ry zanako, raha mitalia haningosy
anao ho aminigny fahotan'ereo gny panota, dra ka magneky hagnaraky anazy. [11]Hara hoy ereo ho: "Avia hindray
aminay, handeha sika hanohisy hamono olo, handeha sika hivony dra hamely olo sy mana-signy aminigny sy
misy atony.[12]Handeha hatelisika velo reo, manahaky gny fangalanigny figna-sy Hita reo ze salama, dra hanao
anereo hanahaky reo ze milasaky an-davaky. [13]Ho hitasika reo karazan-draha sarobily aby; ho fenosika amize
hangalarasika aminigny hafa gny tragnosika. [14]Ario mindray aminay gny filokandrareo; hana poketra raiky avo
sika aby."[15]Ry zanako, ka mandeha mizoso amize lalana zay mindray aminereo; ka anga hikasiky ze halehany gny
tombokao; [16]mihazakazaha ho aminigny rasy gny tombony dra maiky handasa-dio ereo. [17]Fa sy misy dikany gny
hamelarany harato hamandriha voro raha mitazana gny voro.[18]Mikotroky hamono gny vatany avo reo olo reo__
manao vela-pandriky ho anigny vatany ereo. [19]Manahaky anizay koa gny lalanigny olon'aby ze mahazo harena
aminigny sy rariny; gny harena azo aminigny sy rariny mangalaky gny ain'ireo ze mifikisy amizay.[20]Mivazavaza
egny an-dala gny fahendre, mapiakasy gny feony egny akalamazana izy; [21]egny amireo loha-lala mikotaba gny
hitabatabany, egny aminigny fidiran'egny aminigny vavahadinigny tana gny hizakany ho: [22]"Ho mandra-pahovia,
handrareo ry olo kelik'asia, gny hitia gny habadoa? Ho mandra-pahovia, handrareo ry pandrabiraby, gny
hakamamy gny fandrabirabia, dra ho mandra-pahovia, handrareo ry mola, gny hakahala gny fahalala?
[23]Tandremo soa gny fagnanarako; hararako amindrareo gny fiheviso; hataoko fatandrareo gny zakako. [24]Fa nitoka

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

zaho, dra nanda gny hiteno anahy handrareo; nagnizisy gny tagnako zaho, singy sy nisy niraharaha. [25]Fa
nodiandrareo fany gny fapenarako aby dra sy nitenondrareo gny fagnanarako.[26]Hihomehy gny lozandrareo zaho,
handasa andrareo zaho gny fa avy gny horohoro__[27]gny fa avy manahaky gny tafiosy gny fandringana
mapatahosy dra mifoaky handrareo manahaky gny talio gny loza, gny fa avy amindrareo gny fahoria vo gny
fangirifa.[28]Dra hitoka anahy ereo, fa sy hamaly zaho; hitoka fatrasy anahy ereo, fa sy hahita anahy. [29]Akory
makahala fahalala ereo dra sy nifily gny tahosy an'i Yaveh, [30]sy nagnaraky gny fapenarako ereo, dra nagnamavo
gny fagnanarako aby.[31]Hihina gny vokasy gny lalany ereo, dra gny vokasy gny teti-drasin'ereo gny hameno anazy.
[32]Fa voavono gny kely say gny fa mivily, dra hamotiky anazy gny sy firarahianigny mola. [33]Fa na iza na iza miteno
anahy dra hiteno apilamina dra ho voaaro sy hatahosy loza."

Chapter 2

[1]Ry zanako, raha mandray gny zakako hanao dra raketinao ao aminao reo didiko, [2]dra aoky gny sofinao hitandry
soa gny fahendre dra atongilagno ho aminigny fahaza-say gny fonao.[3]Raha mihiakiaky ho aminigny fahazava-say
hanao dra mapiaka-peo ho amizay, [4]raha mitalia anizay manahaky gny hitaliavanao volafosy hanao dra mitalia
gny fahazava-say manahaky gny fitaliava harena miafy, [5]dra ho fatasao gny tahosy an'i Yaveh dra ho hitanao gny
fahalala an'Agnahary.[6]Fa magnome fahendre i Yaveh, boak'aminigny vavany gny hiavianigny fahalala vo
fahazava-say. [7]Mitahiry gny fahedre soa ho an'ireo ze akasitrahany Izy, Izy gny apingan'ireo ze mandeha
aminigny fahisia, [8]miamby reo lalanigny rariny Izy dra hiaro gny lalan'ireo ze matoky Anazy.[9]Dra ho sapanao gny
fahamarigna, gny rariny, vo gny hisiny, dra gny lalana soa aby. [10]Fa hidisy ao am-ponao gny fahendrena, dra
hahafinarisy gny fagnahinao gny fahalala.[11]Hiaro anao gny fahamalia, dra hiambin'anao gny fahazava-say.
[12]Hagnavosy anao aminigny lalan-drasy reo, amireo ze mizaka raha-rasy, [13]ze magnenga reo lalanigny
fahamarigna dra mandeha aminigny lalanigny fahamezigna.[14]Mifaly ereo gny fa manao rasy dra finarisy
aminigny fahavetavetanigny rasy. [15]Magnaraky lala-meloky ereo, dra napiasa gny fitaky hagnavonia gny lalany.
[16]Fahendre dra fahamalia gny hagnavos'anao aminigny apela zanga, aminigny apela rasy fitondratena vo gny
zakany mandoka. [17]Mahafo gny sakaizanigny fahatanorany ereo magnaligno gny fagnekeny taminigny
Zagnahariny.[18]Fa gny tragnony mitariky aminigny fahafatesa dra reo lalany hinday anao ho amireo ze agny
andolo. [19]Ze midisy ao aminazy dra sy hihery sasy dra sy hahita gny lalanigny fiegna ereo.[20]Dra handeha aminigny
lalanigny olo soa hanao dra hagnaraky reo lalanigny olo-mary. [21]Fa reo manao gny mary gny hanao fonegnan'eo
aminigny tany, dra reo sy mivaliky gny hitoby ao amizay. [22]Fa gny rasy fagnahy fongoran'eo aminigny tany, dra sy
mana-pinoa hofongoryn'eo amizay.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 3

[1]Ry zanako, ka magnaligno gny didiko dra tano ao aponao gny fapenarako, [2]fa andro lava vo tao maro hiay dra
fedagna gny hagnapian'ireo hanao.[3]Ka anga handao anao gny sy fivadiha-pagneke vo gny fahamendreha-pitokisa,
hapifamatosy eo aminigny vozonao gny fonao. [4]Dra hahita fitia vo ho soa laza eo amason'Agnahary vo gny olo
hanao.[5]Matokia an'i Yaveh aminigny fonao manotolo dra ka miaky aminigny fahalalanao avo; [6]magneke Anazy
aminigny lalanao aby dra Izy gny hapahisy gny lalano.[7]Ka hendry eo imasonao avo; matahoroa an'i Yaveh dra
ialao gny rasy. [8]Ho fagnasitraha ho anigny nofonao dra famelombeloma ho anigny vatanao zay.[9]Magnaza an'i
Yaveh aminigny harenao vo gny voloham-bokasy gny vokasao aby, [10]dra ho feno gny tragno fitehirizam-bokasy
dra ho vaky hitobatobaky gny fitoeram-boalobokao, feno divay vaovao.[11]Ry zanako, ka magnamavo gny
fapenaran'i Yaveh dra ka malaiky gny fibedesany, [12]fa reo ze tiany gny faizin'i Yaveh, manahaky gny ataonigny ra
aminigny zanany ze akasitrahany.[13]Sambasy ze mahita fahendre ; fa mahazo fahazava-say avo koa izy. [14]Soa noho
ze omenigny volafosy gny azonao avy aminigny fahendre dra gny tombony dra soa mihoasy gny volamena.
[15]Sarobily noho gny firavaky gny fahedre dra sy misy azonao apitahia aminazy ze mety misy hirinao. [16]Andro lava
gny eo atagnany akavana; dra harena vo voninahisy gny eo atagnany akavia.[17]Lalanigny fahalemem-pagnahy gny
lalany dra fedagnan'avokoa gny lalany aby. [18]Izy gny hazon'ay ho an'ireo ze mihazon'anizay, sambasy reo ze
mifikisy amizay.[19]Taminigny fahendre gny nagnoregnan'i Yaveh gny tany, taminigny fahazava-say gny napitoera
gny lagnisy. [20]Taminigny fahalala gny nitriaranigny laliky dra napilasaky gny andony gny raho.[21]Ry zanako, tano
gny fisara vo faheza-magnavaky mary, dra ka ala aminigny masonao zay. [22]Ho aina ho anigny fagnahinao irery
dra ravaky gny fakasitraha hanova magnodidy gny tendronao.[23]Dra handeha aminigny lalanao apilamina hanao
dra sy ho tafitohy gny tombokao; [24]gny fa mandry hanao, dra sy hatahosy; gny fa mandry hanao, dra ho mamy
gny torimasonao.[25]Ka matahosy gny horohoro avy tapoky na gny fandrava ataonigny rasy fagnahy, gny fa avy zay,
[26]fa Yaveh gny ho eo agnilanao dra hiaro gny tombokao sy ho voanigny fandriky.[27]Ka mamihy gny soa amireo ze
mendriky zany, raha ao aminigny herinao avo gny hiasa. [28]Ka mizaka aminigny namanao ho: "Mandehana, dra
mevia ndraiky, dra maraindray gny hagnomezako anizay," raha hanagnanao agny aminao avo gny vola.[29]Ka
manao tetiky hagnisy rasy gny namanao__dra gny monina eo agnilanao dra matoky anao. [30]Ka mifandisy
aminigny olo aminigny sy atony, raha sy nagnisy rasy anao izy.[31]Ka mialo gny olo maherisetra na misafidy ze
lalany. [32]Fa maharikoriko amin'i Yaveh gny olo maniasia, fa hapitokiany aminazy koa gny olo mahisy fo.[33]Eo
aminigny tragnonigny rasy fagnahy gny fagnozognan'i Yaveh, fa mitafy gny fonegnanigny olo-mary koa Izy.
[34]Mandasa gny pandrabiraby Izy, fa magnome sitraky ho anigny olo manetry tegna.[35]Gny olo-kendry mandova
voninahisy, fa gny mola koa dra hisandrasy aminigny fahamegnarany.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 4

[1]Mitenoa, gny fapenaranigny ra, ry zanako, dra mitandrema ba hahafatarandrareo gny atao ho fahazava-say.
[2]Magnome fapenara soa anao zaho; ka mahafo gny fapenarako.[3]Taminigny bo naha-zanaky gny rako anahy, gny
mora fagnahy dra zanaky tokonigny reniko, [4]dra napianasy anahy ereo nizaka taminahy ho: "Aoky gny fonao
hihazo fatrasy reo zakako; tandrovy reo didiko dra ho velo handrareo.[5]Mahazoa fahendre vo fahazava-say; ka
magnalio dra ka manda reo zakanigny vavako; [6]ka afoy gny fahendre dra hiambin'andrareo izy; tiavo izy dra
hiaro andrareo.[7]Gny fahendre gny zava-dehibe indrindra, ko mahazoa fahendre dra lanio ze anagnandrareo aby
ba hahazoandrareo fahazava-say. [8]Aoky ho lalainao gny fahendre dra hanandrasy andrareo izy; hagnaza
andrareo izy raha mamihy anazy handrareo. [9]Hametraky fehiloha -pagnazan'eo ambaninigny lohandrareo izy;
dra hagnome andrareo satro-boninahisy soa tarehy."[10]Mitenoa, ry zanako, dra tandremo gny zakako, dra hana tao
maro hiegna hanao. [11]Hanoro lalan'anao aminigny lala-pahendre zaho; dra hitariky anao ho ami'reo lala mahisy
zaho. [12]Gny fa mandeha hanao, dra sy hisy olo hizoro aminigny lalanao dra raha mihazakazaky hanao, dra sy ho
tafitohy.[13]Hazogny reo torolala, ka anga handeha; tazogny, fa fiaignanao zay. [14]Ka magnaraky gny lalanigny rasy
fagnahy dra ka mandeha magnaraky gny lalan'ireo ze manao rasy. [15]Handosiro zay, dra ka mandeha amizay;
miala amizay dra mandehana aminigny lalak'afa.[16]Fa sy afa-mandry ereo mandra-panovany rasy dra levo
torimaso ereo mandra-panafitohiny olo. [17]Fa ereo dra mihina gny mofonigny faharasia dra mino gny divainigny
herisetra./v 18Fa gny lalan'aby olo-marina dra manahaky gny fahazavana volohany izay mihamazava;
mamirapirasy izay madra-pahavin'NY andro mazava. /v 19Gny lalan'ny rasy fagnahy dra manahaky gny mezy ___
Sy fagnatis'izy oreo izay manafitohina anazy ireo.[20]Ry zanako, tadremo gny zakako; [21]Ka anga hiala amigny
masonao ireo; tano ao am-ponao izay.[22]Fa gny zakako dra aina ho an'ireo izay mahita anazy dra fahasalamana ho
an'ny vatan'izy ireo dra manontolo. [23]Arovy gny fonao dra ambeno amigny fitadremana regetra izay, fa avy
amin'izay gny hikorianan'ny loharanon'aina.[24]Alao eo aminao gny zaka mivalibaliky dra gny zaka manola lavisy
anao. [25]Aoka gny masonao hagnety vo hibazina mahisy gny eo alohanao.[26]Magnamboara lala mahisy ho an'ny
tombokao; dra hilamina gny lalanao rehetra. [27]Ka mivily ho amigny akavia na akavana; alavoro amigny rasy gny
tombokao.

## Chapter 5

[1]Ry zanako, tadremo gny fahedreko; atongilagno amigny fahazava-saiko gny sofinao, [2]Ba hianasy momba gny
fahamarinana hanao dra hiaro fahalalana gny molosao.[3]Fa gny molosy gny vehivavy pizangazanga mitete tantely
dra gny vavany dra malama noho gny diloilo, [4]Nefa agny am-parany dra halailay manahaky gny hazo
mahafatyizy, manapaky manahaky gny sabatra maragnisy.[5]Mizoso magnagny aminigny fahafatesa gny tombony;
dra gny liany mizosy ho agny aminigny Fiaigna sy hita. [6]Sy mihevisy gny lalanigny fiegna izy. Mirenireny gny lia-
tombony; dra sy fatany ze handehanany.[7]Mizao, ry zanako, mitenoa anahy; ka mive aminigny gny fitenoa gny
zakanigny vavako. [8]Alaviro anazy gny lalanao dra ka magneky gny vatrangaranigny tragnony.[9]Amizay dra sy
hagnome gny voninahisao aminigny hafa hanao na gny tao iegnanao ho anigny olon-dozabe; [10]Sy hifety aminigny
harenao reo vahiny; dra ze fa niasanao dra sy ho avy ao an-tragnon'ireo vahiny.[11]Aminigny faranigny andro-
piegnanao dra hiseto hanao gny fa hihaosa gny nofonao vo gny vatanao. [12]Hizaka hanao ho: "Indrisy gny
fakahalako gny fapenara vo fanovanigny foko sinosino gny fanisia![13]Sy nakato reo papianaso zaho na nanongila
gny sofiko tamireo pagnanasy anahy. [14]Fa rava tateraky zaho teo agnevonigny fengona, teo aminigny fivorianigny
olo."[15]Minoma rano boak'ao aminigny famorian-dranonao dra minoma rano malio boak'ao aminigny lava-
dranonao. [16]Moa tokony hiboiboiky na eza na eza ra gny loharanonao dra hikorian'egny akalamazana gny
loharanonao? [17]Aoky honao raiky avo reo fa sy ho an'ireo vahiny mindray aminao.[18]Ho voatahy anie gny
loharanondrareo dra aoky hifaly aminigny valinigny fahatanoranao hanao, [19]fa diera mahate-ho tia izy vo osidia
soa. Aoky hahafa-po anao aminigny fotoa aby gny nonony; aoky ho mamonigny fitiavany mandrakariva anie
hanao.[20]Fa nagnino hanao, ry zanako, gny tokony babonigny apela zanga; nagnino hanao gny tokony hamihy gny
tratran'ireo apela rasy fitondra-tegna? [21]Mahita gny raha ataonigny olon'aby i Yaveh dra magnety gny lala
andehanany aby.[22]Gny olo rasy fagnahy dra azonigny fahamelohany avo koa; reo kofehinigny fahota gny
hamehenan'anazy fatrasy. [23]Ho maty nohonigny sy fahapianigny fapianara izy; voatariky agny aminigny lalan-
diso nohonigny habeny fahadalany izy.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 6

[1]Ry zanako, raha nanoka gny volanao hatoka aminigny findramanigny namanao hanao, raha napanatena
fampindramam-bola ho anigny olo sy fatasoo hanao, [2]dra fa nanoby fandriky ho anigny vatanao hanao, dra fa
voasingosy gny zaka naloaky gny vavanao.[3]Raha voasingosy gny zakanao hanao, ry zanako, dra atovy izao ka
vozeo gny vatanao, akory fa lavo teo atagnanigny namanao hanao; mandehana ka manetre-tegna dra mengavia
eo agnatrehanigny namanao.[4]Ka anga handry gny masonao dra ka anga rendreha gny holi-masonao. [5]Vozeo gny
vatanao manahaky gny gazela egny an-tagnanigny pihaza, manahaky gny voron'eo an-tagnanigny pamandri-
boro.[6]Atio gny vikisy, ry olo-malaiky, diniho gny fanaony dra hendre. [7]Sy mana komandy, pifehy, na panapaky izy,
[8]Kanefa mamory sakafony aminigny fahavarasy dra mandrisy gny fararano gny hitehiriza ze hohaniny.[9]Mandra-
kombia gny handrianoa, ry olo-malaiky? Ombia gny hifohazanao aminigny torimasonao? [10]"Torimaso kely,
faharendreha kely, famoreta-tagna kely ba hiala sasasy"__[11]dra ho avo manahaky gny pangalasy gny miaramila
mirongo felia.[12]Gny olo-poa__gny olo rasy fagnahy__dra miay aminigny fahamelohanigny zakany, 13mipi-maso,
magnome famataran'aminigny tambony dra manondro amireo rasa-tagnany.[14]Manao teti-drasy vo fitaky ao
apony izy; magnesiky fifandira mandrakariva izy. [15]Noho zay dra hahatrasy anazy tapoky gny lozany; ao
agnatinigny fotoa fohy dra ho potiky lavisy gny fahasitragna izy.[16]Misy raha enina halan'i Yaveh, fito ze
mapangelakelaky Anazy.[17]Gny masonigny olo pirehareha, gny lela mavandy, gny tagna pandasa-dionigny olo sy
mana-signy, gny fo mamoro sain-drasy, gny tamboky ze mailaky aminigny fiazakazaha hanao rasy, [19]gny
vavolombelo ze mamoaky vandy dra mamafy fifandiran'eo aminy rahalahiny.[20]Ry zanako, akatoavo gny didin-
dranao dra ka mahafo gny fagnanaran-dreninao. [21]Fehezo ao aponao mandrakariva reo; fataro eo am-bozonao
reo.[22]Raha mandeha hanao, dra hitari-dalan'anao reo; raha mandry hanao, dra hiambin'anao reo; dra raha
mifoha hanao, dra hapianasy anao reo. [23]Fa fanilo gny didy, dra fahazava gny fapenara; reo anasy ze avy
aminigny fapenara gny lalanigny fiaigna.[24]Miaro anao aminigny pela rasy fitondra-tegna zay. [25]Aoky gny fonao sy
hisiririsy gny hasoany dra ka anga hambabo anao aminigny volomasony izy.[26]Gny findresa-mandry aminigny
pizangazanga dra sandainao aminigny sombi-moso, fa gny valiny hafa dra sandainao aminigny ainao mihisy.
[27]Misy olo afaky minday afo eo atratrany ra dra sy magnoro gny akazony?[28]Misy olo magnisaky bak-afo mahama
ra dra sy hisovaky gny tambony? 29Manahaky anizay koa gny lelahy mindray mandry aminigny valinigny
namany; ze mindray mandry aminazy dra sy ho afa-may.[30]Sy hagnamavo gny pangalasy gny olo raha mangalasy
ba hahafa-po gny filany gny fa resy izy. [31]Fa raha trasy koa izy, dra hanohisy ipito heny ze nangalariny; sy maisy
mamoy gny raha sarobily gny fa ao atragnony izy.[32]Ze mizangazanga dra sy misy say; ze manao anizay dra
manola gny vatany. [33]Rasy vo hegnasy gny mendriky anazy dra sy ho voafafa gny fahafaham-barakany.[34]Fa gny
fahasarota-piaro gny mahaory gny lelahy; sy hapiseho famindra-po izy gny fa mamaly faty. [35]Sy hagneky onisy izy
dra sy ho voatamby, na dre amenao fagnomeza maro aza.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 7

[1]Ry zanako, tandremo gny zakako dra raketo ao agnatinao reo didiko. [2]Tandremo gny didiko ba ho velo hanao dra
tandremo manahaky gny anakandria maso gny fapenarako. [3]Fehezo eo amireo rasa-tagnanao reo; sorato eo
aminigny vato pisaky gny fonao reo.[4]Zakao gny fahendrena ho: "Anabaviko hanao," dra atovy ho havanao akaiky
gny fahazava- say, [5]ba hitandremanao gny vatanao amigny apela zanga, aminigny apela rasy fitondra-tegna
mindray aminigny zakany malama.[6]Teo amigny vatrangarakeliny tragnoko dra nitaza tagny ivelany zaho. [7]Nitaza
reo olo kely say zaho, dra voamariko tamireo tanora gny zatovo raiky sy nisy say.[8]Nandalo teo aminigny arabe
agnilany kihon-dala zay tovolahy zay, dra nizosy nagnagny atragnony. [9]Somombisamby tamizay, taminigny andro
hariva, sy taminigny fotoany hariva vo gny mezy.[10]Nisy apela niseza anazy, nekazo manahaky gny pivaro-tegna,
tena fesy apo. [11]Sady vavana izy gny midisy; sy mahazano ao atragno, boak'asena , dra an-dalam-be, dra egny
azorotragno gny fa egny izy gny mandigny mamisaky.[13]Ko dra nisaviky anazy izy dra nagnoroky anazy, taminigny
tarehy nisolasola gny nizakay taminazy ho: [14]"Nanao fagnati-pihavana zaho androany, nagnefa reo voadiko zaho,
[15]Ko dra niboaky hisena anao zaho, ba hitalia fatrasy gny tarehinao, dra nahiya anao zaho.[16]Fa nanoby lamba
fisafora, zamala fosy miloko boak'agny Egypta, teo aminigny fandriako zaho. [17]Fa nandraraky miora, havozo, dra
kanely gny fandriko. [18]Avia, handeha sika hivoky fitia mandra-maray; handeha sika hangalaky fahafinareta
aminigny fitiava.[19]Fa sy ao atragnony gny valiko; lasa nivahiny izy. [20]Ninday kitapom-bola nindray taminazy izy;
Hihery izy aminigny fotoany fenomana" [21]Taminigny zaka-be gny nitomany anazy; taminigny halamany gny
sogniny gny namitahany anazy.[22]Nandeha nagnaraky anazy boak'ao afara tapoky manahaky gny agnomby
andesy ho vono, manahaky gny diera voasambosy agnaty fandriky izy, [23]mandra-pisatoky gny zana-sipiky eo
aminigny atiny. Manahaky gny voro ze misoriaky ho eo aminigny fandriky. Sy fatany fa hahafaty gny ainy zay.
[24]Ko mitenoa anahy handrareo, ry zanadahiko; tandremo reo zakanigny vavako. [25]Aoky sy hivily amireo lalany
anie gny fondrareo; ka mive amireo lalan-disony.[26]Nahalavo olo voatrobaky maro izy; maro dra maro reo
niharanigny fahafatesa azony. [27]Egny aminigny lala magnagny aminigny Fiaigna-sy hita gny tagnony; mizoso
magnagny aminigny efitragno fandria mezinigny fahafatesa ereo.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 8

[1]Sy mitoka fatrasy ra gny Fahendre? Sy manandra-peo ra gny fahazava-say?[2]Eo amireo tapo-kavoa agnilanigny
lala, ao amireo sapana-dala, gny hizoroanigny Fahendre. [3]Eo anoloan'ireo vavahady ao aminigny fidira magnagny
atana, eo aminigny fidera magnao atana, gny hitokavany.[4]"Handrareo, ry vahoaky, gny tokaviko; gny feoko dra ho
an'ireo zanak'olombelo. [5]Handrareo ze babo, menara fahendrena; dra handrareo ze mola, mana fahazava-say
handrareo.[6]Tenoy, akory mizaka reo raha mendri-kaza zaho, dra gny fa misokaky gny sogniko dra hizaka raha
mary zaho. [7]Fa gny vavako mizaka anizay mendri-pitokia, dra gny faharasia maparikoriko gny maloto.[8]Gny
zakanigny vavako aby dra mary; sy nisy miolakolaky na fitaky amireo. [9]Mihisy ho anigny olo ze mahatakasy
anereo; reo zakako dra mary ho an'ireo ze mahita fahalala.[10]Mandresa gny fapenarako fa sy gny volafosy;
mandresa fahalala fa sy gny volamena sy mifangaro. [11]Fa soa noho gny firavaky gny Fahendrena; sy misy harena
mitovy aminazy.[12]Zaho, Fahendrena, dra miara-mony aminigny Fitandrema, dra mana faha-lala vo fahamalia.
[13]Gny tahosy an'i Yaveh dra ba hakahala gny rasy. Halako gny fieboeboa vo gny fiavognavogna, gny fomba rasy, vo
gny zaka rasy. Halako reo.[14]Mana torohevisy soa vo fahendrena marina zaho; lali-say zaho; anahy gny hery.
[15]Aminigny alalako gny azakan'ireo pazaka__reo lelahy mana-kaza avo koa, vo gny mifehy aminigny
fahamarignan'abyzay. [16]Aminigny alalako gny anapahan'ireo andriandahy, reo mana-kaza, vogny mifehy
aminigny fahamarignan'aby.[17]Tiako ze tian'anahy, dra reo ze mitalian' anahy fatrasy, dra hahita anahy. [18]Ao
aminahy gny harena vo gny voninahisy vo gny fahamarigna.[19]Gny vokaso dra soa noho gny volamena, eny na gny
volamena soa aza; soa noho gny volafosy malio gny vokaso. [20]Mandeha aminigny lalanigny fahamarigna,
agnevonireo lalanigny marina zaho. [21]Vokas'izay, dra ataoko mandova harena reo ze tian'anahy; fenoko gny
fitehiriza-drakis'ereo.[22]Nahary anahy i Yaveh taminigny fiandoha, gny asany volohany tamizay. [23]Fahiny ela dra
zaho___hatragny am-bolohany, hatraminigny fiandohanigny tany.[24]Talohanigny nisianigny ranomasy, dra teraky
zaho___talohanigny nahatondraky rano reo loharano. [25]Talohanigny nametraha reo tendrombohisy dra
talohan'ireo havoa, dra teraky zaho.[26]Fa teraky zaho talohanigny naharian'Agnahary gny tany na gny saha, eh fa
na dre gny vovoky volohany tamizao totolo izao aza. [27]Fa teo zaho fony nanoby gny lagnisy Izy, fony Izy nanorisy
boribory tany aminigny farisy gny laliky.[28]Fa teo zaho fony Izy nanoby gny raho dra fony namboary reo loharano
tagny aminigny laliky. [29]Fa teo zaho fony Izy namarisy gny fetranigny ranomasy, ko dra sy nihoasy gny fandidia
reo rano, dra fony namarisy gny fagnoregna gny tany maiky.[30]Panao asa tagnanao tena mahay teo agnilany gny
hazo; Zaho gny fifalia isan'andro isan'andro, mifalia mandrakariva teo anoloany zaho. [31]Nifily tao aminigny
totolony aby zaho, dra gny fifaliako dra tao amireo zanak'olombelo.[32]Amizao, ry zanako, mitenoa anahy, fa reo ze
mitandry gny lalako dra ho voatahy. [33]Mitenoa gny fapenarako dra hendrea; ka manao sinosino anizay. [34]Ze
miteno anahy dra ho voatahy. Hiamby isan'andro eo am-batrangarako izy, mandigny agnilan'ireo
sangasangan'ireo vatrangarako.[35]Fa na iza na iza mahita anahy, dra mahita fiegna, dra hahita sitraky
amin'Agnahary izy. [36]Fa ze sy mahita, dra manola gny ainy avo; reo ze malaiky anahy dra tia fahafatesan'aby."



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 9

[1]Namboasy gny tragnony manoka gny fahendrena; nanao asa sokisy andry fito boak'aminigny vatolapy izy.
[2]Namono reo bibiny izy; napifandaro gny divainy izy; dra nanoby gny latabany.[3]Nagniraky reo piasa atragnony
izy; nitoka zaka amireo toeran'avo indrindranigny tana izy ho: [4]"Iza gny bado? Aoky izy hagnaton'atiky!" Ho
an'ize sy apy say soa gny hizakany.[5]"Avia, hano gny haniko, dra nomy gny divay niharoiko. [6]Angao reo fihesikao
bado dra miveloma; mandehana aminigny lalanigny fahazava-say.[7]Na iza na iza magnatrasy gny panirasira dra
handray fagnararaota; na iza na iza hizaka fatrasy gny rasy fagnahy dra handray reo fanirasira. [8]Ka magnanasy
gny panirasira, raha sy zay dra ho halany hanao; [9]anaro gny olo-kendry, dra ho tiany hanao. Magnomeza gny olo-
kendry, dra ho avy hendry kokoa izy; apenaro gny olo-mary, dra hagnapy gny fenarany izy.[10]Gny fahatahora an'i
Yaveh gny fiandoham-pahendre, dra gny fahalala gny Masy gny fahazava-say. [11]Fa aminigny alalako gny
hihamaroanigny andronao; dra hapiako tao maro gny fiegnanao. [12]Raha hendry hanao, dra hendry ho anigny
vatanao avo, dra raha manirasira hanao, dra hinday anizay aminigny vatanao avo."[13]Gny apelanigny mola dra sy
mahay, sy nibeazy izy dra sy mahafatasy na ino na ino. [14]Mitoby eo ambetrangarany gny tagnony izy; eo aminigny
seza aminigny toera abo indrindra aminigny tana. [15]Mitokava reo ze miriosy amireo lala izy, aminigny olo ze
mandeha mahisy aminigny lalan'ereo.[16]"Na iza na iza babo, aoky izy hiherin'eto ndraiky," hoy izy amireo ze sy
mana say. [17]"Mamy gny rano nangalary, dra masiro gny mofonigny sembaratelo." [18]Fa sy fatany fa agny gny maty,
fa reo vahiny nasainy dra agny aminigny halalinigny Fiegna-sy hita.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 10

[1]Ohabolan'i Solomona. Gny zanaky hendry mahafaly gny rany gny zanaky mola mapalahelo gny reniny.[2]Gny
harena navory taminigny faharasiany dra sy mana-daza, fa gny fanova gny mary gny miaro anao aminigny
fahafatesa. [3]Sy angan'i Yaveh ho resy gny fagnahinigny olo-mary, fa magnafoa reo fagnirianigny rasy fagnahy Izy.
[4]Gny tagna kamo gny atony mapahatra gny olo, fa gny tagnanigny olo mazoto mahazo harena. [5]Gny zanaky
hendry mamory vokasy aminigny fahavarasy, fa mahamegnasy anazy gny mandry mandrisy gny fiziza.[6]Reo
fagnomeza boak'amin'Agnahary dra eo aminigny lohanigny olo-mary, fa gny vavanigny rasy fagnahy dra
mandrakosy herisetra. [7]Gny olo-mary mapifaly reo ze mahasiaro anazy, fa gny agnaranigny rasy fagnahy dra ho
lo.[8]Reo ze hendry magneky reo didy, fa gny mola mahay vava dra ho rava. [9]Izy ze mandeha apilamina, fa ze
manao gny lalany ho meloky, dra ho hita.[10]Izy ze mipi-maso dra hahavy alahelo, fa gny mola de zaka dra hazera.
[11]Gny vavanigny olo mary dra loharanon'ay, fa gny vavanigny rasy fagnahy dra mandrakosy herisetra.[12]Gny
fakahala manestika aly, fa gny fitiava manaro gny fahadisoan'aby. [13]Hita aminigny moloso gny olo mana-say gny
fahendrena, fa sora-kazo gny ho aminigny lamosiny sy mana say.[14]Gny olo hendry dra mitahiry fahalala, fa gny
vavanigny mola hinday faharava hagnariny. [15]Gny herenany gny olo manandraha dra gny tana fatras'ary; gny
fahatranigny mahatra dra faharavan'ereo.[16]Minday ho aminigny fiegna gny karamanigny olo-mary; gny tombony
azonigny rasy fagnahy dra minday anereo ho aminigny fahota. [17]Misy lala magnagny aminigny fiegna ho anize
magnaraky gny fisipi-pifeheza, fa ze manda famaiza dra mandeha aminigny lalan-diso.[18]Ze magnavony falegna
dra mana sogny pavandy, dra ze mapiely endrikendriky dra mola. [19]Raha misy zaka maro, dra sy anganigny
heloky, fa ze mitandrin'anize zakany gny hendry.[20]Volafosy voafaty gny lelanigny olo-mary; sy dra misy lazany
gny ao aponigny rasy fagnahy. [21]Gny sogniny gny olo-mary mamelo gny maro, fa maty gny mola nohonigny sy
fahapian'ereo say.[22]Gny fagnomeza soa boak'amin'i Yaveh gny minday harena dra sy apiany fatahora zay. [23]Fihira
fataonigny mola gny fanovan-drasy, fa gny fahendrena gny fahafinaretanigny olo mana fahazava-say.[24]Gny tahosy
gny olo rasy fagnahy dra hahavoan'anazy, fa gny fagnirianigny olo-mary dra homen'anazy. [25]Gny rasy fagnahy dra
manahaky gny tafio-drivosy maloto, dra sy eo sasy ereo, fa gny olo mary dra fotosy ze maharisy mandrakizay.
[26]Manahaky gny vinaingisy eo aminigny nify dra setroky eo aminigny maso, dra va manahaky anizay koa gny
malaiky amize magniraky anazy. [27]Gny tahosy an'i Yaveh gny mahaela velo, fa gny taonigny panoa rasy dra ho
bory.[28]Gny fanatenanigny olo-mary gny fifalian'ereo, fa gny taonigny rasy fagnahy dra ho bory. [29]Gny lalan'i Yaveh
dra miaro ze mary, fa fandringana ho anigny rasy fagnahy zay. [30]Gny olo mary sy ho rava mandrakizay, fa gny
rasy fagnahy dra sy hitoby aminigny tany.[31]Boak'ao aminigny vavany gny olo mary gny iavianigny vokasy gny
fahendrena, fa gny lela pavandy dra hofongory. [32]Gny moloso gny olo mary mahay ze mety, fa gny vavanigny rasy
fagnahy, mahay ze fitaky aby.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 11

[1]Halan'i Yaveh reo mizana ze sy mary, fa makasitraky gny laza mary izy. [2]Raha avy gny firehareha, dra avy gny
fahafaham-baraka, fa aminigny fanetre-tena gny hiavianigny fahendrena.[3]Gny sy fivadihanigny mahisy gny
mitari-dalan'anereo, fa gny lala-meloky gny pivadiky dra mamotiky anereo. [4]Zava-poana gny harena aminigny
andronigny fahoria, fa gny fahasoava gny mary dra miaro anao aminigny fahafatesa.[5]Gny fitondra-tegna
marinigny sy mana-say dra mapahisy gny lalany, fa gny rasy fagnahy dra ho lavo nohonigny harasiapagnahiny
avo. [6]Gny fitondra tegna soa mahafaly an'Agnahary dra maro miaro anazy, fa gny pivadiky dra voafandriky gny
filan'ereo.[7]Gny fa maty gny olo rasy fagnahy, dra levo gny fanatenany dra gny fanatena ze tao aminigny tazany
dra zava-poana. [8]Gny olo-mary arova lavisy gny fahoria fa avy aminigny rasy fagnahy koa zay.[9]Aminigny vavany
gny amoteha gny panirasira gny namany, fa aminigny fahalala gny iarova gny olo-mary. [10]Gny fa ambinina gny
olo-mary, dra miravoravo gny tana; gny fa levo gny rasy fagnahy, dra misy hiaka-pifalia. [11]Amizay alalan'ireo
fagnomeza-soa ze an'ireo mahafaly an'Agnahary, gny mahavy gny tana ho lahibe; gny mahavy gny tan ho lahibe;
aminigny vavany gny rasy fagnahy, gny hahapotiky gny tana.[12]Gny olo ze magnamavo gny namany dra sy misy
say, fa gny olo mana fahazava-say dra mangina. [13]Ze mitovy aminigny fagnendrikendreha dra mamoaky
sembaratelo, fa gny olo mahatoky dra mifahasy gny raharaha raiky hisaro.[14]Raha sy misy pitondra hendry, dra
hiroda gny firenena, fa gny fandresena dra avy aminigny fangala hevisy aminigny panolosay maro.[15]Na iza na iza
miatoky findramam-bola ho anigny vahiny dra hizaly fatrasy tokoa, fa gny raiky ze makahala gny fagnomeza
atoky amizay karaza toky zay gny voaaro, [16]Gny apela soa fagnahy dra mahazo voninahisy, fa gny olo masiaky
mambabo harena.[17]Gny olo soa fagnahy magnome tombony ho anigny vatany, fa gny raiky zay lozabe mandrasy
gny vatany. [18]Gny olo rasy fagnahy dra mavandy ba hahazoany gny karamany, fa gny raiky ze mamafy gny mary
dra miziza gny karamanigny fahamarigna.[19]Gny olo mary ze manao gny mety dra ho velo, fa gny raiky ze
magnaraky gny rasy dra ho maty. [20]Yaveh makahala reo ze mana fo mivaliky, fa makasitraky reo ze mandeha sy
mana-signy Izy.[21]Izao gny atovy azo atoky__gny olo rasy fagnahy dra sy ho afa-may , fa reo taranaky gny olo-mary
dra ho voaaro. [22]Gny apela soa tarehy sy misy fahamalina dra manahaky gny kavim-bolamena eo aminigny oro-
koso.[23]Gny fagnirianigny olo-mary mivony aminigny soa, fa fahasiahan'avo gny azonigny olo rasy fagnahy
atenany. [24]Misy ze mamafy voa__mahavoavory maro lavisy izy; gny hafa sy mamafy__dra avy aminigny fahatra
izy.[25]Gny olo malala-tagna dra hambiny dra gny raiky ze magnome rano ho anigny hafa dra hana rano ho anigny
vatany. [26]Ozigninigny olo gny lelahy ze manda sy hivarosy voa, fa reo fagnomeza-soa gny satro-boninahisy gny
lohanize mivarosy zay.[27]Ze mekazo fatrasy gny soa dra mitalia sitraky avo koa, fa gny raiky ze mitalia gny rasy
dra hahita anizay. [28]Reo ze mitoky aminigny hareny dra ho lavo, fa manahaky gny raviny, gny hamokaranigny
olo-mary.[29]Ze manday korota ao aminigny akohonany dra handova sioky avo dra gny mola dra ho avy
panoponigny hendry am-po.[30]Gny olo-mary dra hanahaky gny hazon'ay, fa gny herisetra mangala ay. [31]Ingo! Gny
olo-mary mndray ze sahaza anazy; maiky fa gny rasy fagnahy vo gny panota!



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 12

[1]Na iza na iza tia fagnanara dra tia fahalala, fa gegy ze malaiky gny fanoroa. [2]Yaveh dra magnome sitraky gny olo
soa, fa magnahy olo ze manao teti-drasy Izy.[3]Gny olo dra sy ho tafatomby aminigny faharasia, fa gny olo-mary sy
afaky hofongora. [4]Gny valy mendriky dra satro-boninahisy gny valiny, fa ze minday hegnasy dra manahaky gny
arety ze maha-lo gny tolany.[5]Mahisy gny fikasanigny mary, fa mamitaky gny toro-hevisy gny rasy. [6]Gny zakanigny
olo rasy fagnahy dra otriky mandigny vita hamonoa, fa gny zaka mahisy koa gny miaro anereo.[7]Gny olo rasy
fagnahy fongory dra lasa ereo, fa gny tragnonigny olo-mary koa dra hizoro. [8]Dera aminigny habesany gny
fahendrena anagnany gny olo, fa ze manao safidy rasy koa dra atao sinosino.[9]Soa kokoa gny mana toera sy
manan-daza__panopo fosiny avo__noho gny mirehareha aminigny fahambonianao nefa sy mana-kohany. [10]Gny
olo-mary dra miahy gny momba reo filanigny bibiny, fa na dre gny fangoraha-ponigny rasy fagnahy aza dra
lozabe.[11]Ze miasa gny taniny dra hana sakafo maro, fa na iza na iza magneziky reo tetikasa sy misy dikany dra sy
misy say. [12]Gny olo rasy fagnahy magniry ze nangalarinigny olo-rasy taminigny hafa, fa gny vokasy gny olo-mary
koa dra boak'aminigny vatan'ereo avo.[13]Gny olon-drasy dra voafandriky gny zaka-rasiny, fa gny olo-mary koa dra
mienga gny olo. [14]Boak'aminigny vokasy gny zakany gny maha-feno raha-soa gny olo, manahaky gny
hamalianigny asanigny tagnany soa anazy avo.[15]Gny lalanigny mola dra marin'eo imasony avo, fa gny olo-kendry
koa miteno torohevisy. [16]Gny mola dra mapiseho gny haoriany am-bolohany, fa ze sy miraharaha fanirasira koa
gny marina.[17]Ze mizaka gny mary dra mizaka ze rariny, fa gny fizoroa vavolombelo diso koa mizaka vandy. [18]Gny
zakanize mizaka akameha dra manahaky gny fanindrony gny mesa, fa mitondra fagnasitragna koa gny lalanigny
hendry.[19]Gny sogny mary dra maharisy mandrakizay, fa gny lela pavandy koa ho aminigny fotoa bory avo. [20]Misy
fitaky ao apon'ireo ze manao teti-drasy, fa hafalia koa gny avy amireo panolo-say fedagna.[21]Sy misy arety avy
aminigny olo-mary, fa gny olo rasy fagnahy koa feno olana. [22]Makahala gny moloso mavandy Yaveh, fa reo ze
miay ami-pahatokia koa gny sitrany.[23]Magnavony gny fahalalany gny olo hendry, fa gny fonigny mola koa
mihiaky fahamola. [24]Gny tagnanigny mazoto dra hanapaky, fa gny olo kamo koa alefa manao asa aterivozo.[25]Gny
fagnahia ao aponigny olo mapitanondriky anazy, fa gny raha soa koa maharavoravo anazy. [26]Gny olo-mary dra
pitari-lia ho anigny namany, fa gny lalanigny rasy fagnahy mitariky anereo aminigny lalan-diso[27]Gny olo kamo
dra sy hagnato gny hazan'ereo, fa gny olo mazoto koa hahazo harena sarobily. [28]Reo ze mandeha aminigny lala-
mary dra mahita fiegna vo sy misy fahafatesa gny lalan'izay.

Chapter 13

[1]Miteno gny fapenaranigny rany gny zaza hendry, fa gny paneso dra sy miteno fasiaha. [2]Boak'aminigny vokasy
gny vavany gny isatrahanigny olo reo raha-soa, fa gny homagny pamitaky dra ho anigny herisetra.[3]Ze mitandry
gny vavany gny miaro gny ainy, fa ze misagnasagna vava dra handrava gny vatany avo. [4]Gny homan'ireo olo
kamo dra magniry nefa sy mahazo na ino na ino, fa gny homany olo mazoto dra ho afa-po tateraky.[5]Reo olo mary
dra malaiky gny vandy, fa gny olo rasy fagnahy dra manao gny vatany ho marikoriko, dra manao ze
mahamegnasy izy.[6]Gny faha-marigna dra miaro an'ireo ze sy misy signy aminigny lalany, fagny faharasia
mapivadiky reo ze manota.[7]Misy olo mapanandraha gny vatany, nefa sy mana na ino na ino dra misy olo mahafo
gny raha aby, nefa tena manan-draha. [8]Gny solo vaikanigny ainy gny olo manan-draha dra gny hareny, fa gny olo
mahatra sy mahare fapitahora.[9]Miravoravo gny hazavanigny olo-mary, fa gny zironigny rasy fagnahy dra ho
vono. [10]Fifandiran'avo gny ateraky gny avognavo, fa ho an'ireo ze miteno torohevisy soa gny misy fahendrena.
[11]Hihena gny harena gny fa be loasy gny zava-poana, fa gny raiky ze mihary vola aminigny asanigny tagnany dra
hapitombo gny volany. [12]Gny fa mihemosy gny fanatena, dra mandrasy fo zay, fa gny fagniria tateraky gny
hazon'ay.[13]Ze malaiky gny fapenara gny bo hiharan'izay, fa ze magnaza gny didy dra hahazo valisoa. [14]Gny
fapenaranigny olo-kendry dra loharanon'ay, manala anao aminigny fandriky gny fahafatesa.[15]Gny fitandrema soa
dra ahazoa fitia, fa gny lalanigny pamadiky sy ho tapisy mandrakizay. [16]Gny olo marina dra mandray gny
fanapaha-kevisy aby aminigny fahalala, fa gny mola dra mapiharihary gny hadalany.[17]Gny iraky rasy fagnahy ho
lasaky agnaty fahoria, fa gny iraky mahatoky minday fapihavana. [18]Ze sy miraharaha fapenara hahatra vo ho
megnasy, fa gny voninahisy dra ho avy amize mianasy aminigny fagnisia.[19]Gny fagniria tateraky aminigny fo, fa
gny mola malaiky gny fiala aminigny rasy. [20]Mindresa lalan'aminigny olo-kendry dra ho hendry hanao, fa gny
namanigny mola dra hizaly aminigny rasy.[21]Magneziky gny panota gny loza, fa gny olo-mary dra ome valisoa
aminigny soa. [22]Mamela lova ho anigny zafiny gny olo soa, fa gny harenanigny panota dra voatahiry ho anigny
olo-mary.[23]Gny saka sy bo nesan'ireo mahatra dra afaky mamokasy hany maro, fa voafafa aminigny sy rariny zay.
[24]Ze sy magnisy gny zanany dra makahala anazy, fa ze tia gny zanany dra mitandry gny hapianasy anazy soa.
[25]Gny olo-mary dra hihina mandra-pahavisiny, fa gny tronigny rasy fagnahy dra ho resy mandrakariva.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 14

1Gny apela hendry mananga gny tragnony, fa gny apela mola mandrava anizay aminigny tagnany avo. 2Ze
mandeha apahisia dra matahosy an'i Yaveh, fa ze sy marina aminigny lalany dra manao sinosino Anazy.3Aminy
vavanigny mola gny hiavianigny simoky gny fireharehany, fa gny sognony gny hendry hiaro anereo. 4Agny amize
sy misy biby teza gny malio gny tavy fihinana, fa be gny vokasy mety ho avy aminigny tazaky gny agnomby.5Gny
vavolombelo matohatoky dra sy mavandy, fa gny vavolombelo sandoky mamoaky vandy. 6Mitalia fahendrena
gny paneso fa sy mahita, fa ho avy mora foa amize mana-say gny fahalala.7Mela aminigny olo mola, fa sy hahita
fahalala eo aminigny sogny hanao. 8Gny fahendrena ho anigny olo marina dra gny mahatakasy gny lalany avo, fa
gny fahamolan'ireo mola dra fitaky.9Maneso ireo mola aby voasoro gny fagnatisy nohon'ny heloky, fa voazara eo
amin'ireo mahisy gny fakasitrahana. 10Gny fo mahalala gny ngidiny dra sy misy vahiny mizara gny hafaliany.11Ho
torotoro gny tragnony olo rasy fagnahy fa handrombona gny lain'ny olo-mahisy. 12Misy lalana izay toa marina eo
amigny olo, fa gny farany avo gny mitariky amigny fahafatesana.13Afaky mihomehy gny fo nefa manaitaina dra
mety hiafara amigny alahelo gny hafaliana. 14Izay sy matoky dra hahazo izay medriky gny lalany, fa gny olo soa
hahazo izay anazy.15Izay bado dra mino gny raha aby, fa gny olo mailo koa mieriserisy ireo liany. 16Matahosy gny
olo hedry dra miala amigny rasy, fa gny mola koa manda fapitadremana amitoky.17Izay malaky Ory dra manao
raha molamola, dra gny olo izay manao teti-drasy dra akahalaina. 18Gny bado dra mandova fahadalana, fa gny
olo-hedry koa ho satrohi-boninahisy amigny fahalalana.19Gny olo-rasy hiakohoky eo alohan'izay soa dra ireo izay
rasy fagnahy hiakohoky eo amin'ireo vavahadin'ny olo-marina. 20Akahalaina gny olo-mahatra na dre ireo namany
avo koa aza, fa gny olo mana-karena mana-namana maro.21Izay magnapotoro fagnamavoa gny namany dra
manota, fa sambasy izay mapiseho fakasitrahana izay mapiseho fakasitrahana amigny mahatra. 22Sy ireo izay
manao teti-drasy se gny mandeha amigny hevi-diso? Fa ireo mikasa gny hanao gny soa dra hahazo fagneke
matoky vo famedreham-pitokisa.23Avy amigny asa fatrasy aby gny hiavian'ny tombony, fa gny zaka avo, dra
mitariky ho amigny fahatrana izay. 24Satro-bpninahisy gny olo-hedry gny hareny, fa gny molan'ireo mola minday
hamola fagnapiny anazy ireo avo.25Gny vavolombelo marina magnavosy aina, fa gny vavolombelo sandoky
magnaboaky vandy.26Gny fa matahosy an'i Yaveh gny olo raiky, dra mana fahatokisa maro aminazy avo koa izy;
reo raha reo dra hanahaky gny toera ferova hoa nize zanak'izay lelahy zay. 27Gny fahatahora an'i Yaveh dra
loharano ay, ba hahafahanigny olo miala amireo fandriky gny fahafatesa.28Hita aminigny hamaroa gny
vahoakiny gny voninahiny gny pazaka, fa raha sy misy vahoaky dra rava gny andria. 29Gny olo mahary dra mana
fahalala lahibe, fa gny olo malaky ory manandrasy fahadala.30Gny fo milamy dra ay ho anigny vata, fa gny
fialogna dra maha-lo gny tola. 31Izy mapahory gny mahatra dra magnozo gny Pamoron'anazy, fa ze raiky maneho
fakahasitraha aminigny fadiranovana dra magnome voninahisy anazy.32Gny olo rasy fagnahy dra ahetrin'ireo
asa-rasiny, fa gny olo-marina dra hanapelofa na aminigny fahafatesan'aza. 33Gny fahendrena mitoetra ao
aponigny mahalala, fa na dre eo amireo mola aza dra angany ho fatasy gny aminazy.34Gny fanova ze mary dra
manandrasy firenena, fa gny fahota dra fahafam-baraka ho anigny olon'aby. 35Gny fakasitrahanigny pazaka dra
mindray aminigny panopo ze miasa apitandrema, fa gny fahatezerany dra ho anize miasa ami-pahamegnara.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 15

[1]Gny vali-zaka malefaky dra mamily gny fahatezera, fa gny zaka masiaky magnesiky fahasosora. [2]Gny lelanigny
mola koa mandraraky fahadala.[3]Fa amizao aby zao gny mason'i Yaveh, mandiniky gny rasy vo gny soa. [4]Gny lela
magnasitriky dra hazon'ay, fa gny lela pamitaky dra manorotoro gny fagnahy.[5]Gny mola magnamavo gny
fagnanara-ndrany, fa ze mandray gny fanisia gny malina. [6]Ao atragnonigny olo-mary gny misy harena be, fa
fidiram-bolanigny rasy fagnahy magnome fahorian'anazy.[7]Gny molisy gny hendry magnaparitaky fahalala, fa sy
ba manahaky anizay koa gny fon'ireo olo rasy fagnahy Yaveh, fa fahafinaretany koa gny vavaky gny olo mahisy.
[9]Malaiky gny fomban'ireo olo rasy fagnahy Yaveh, fa tia gny raiky magnaraky gny marin'Izy. [10]Mandigny gny olo
ze mahafo gny lala gny sazy fatrasy dra ze malaiky famaiza dra ho maty.[11]Gny fiegna-sy hita vo fandringan'aza
misokaky ao agnatrehan'i Yaveh; koa maiky fa gny fonigny zanak'olombelo? [12]Gny paneso sososy aminigny
fagnanaran'anazy; sy handeha agny aminigny hendry izy.[13]Gny fo ravoravo mahamira gny tarehy, fa gny areti-po
koa manorotoro gny fagnahy. [14]Gny fonigny mana-say mitalia fahalala, fa gny vavan'ireo mola homa
fahamolan'avo.[15]Fadiranova avokoa reo andronigny ory aby, fa gny fo miramira dra fanasa sy mana-petra. [16]Aleo
kely aminigny tahosy an'i Yaveh manahaky ze harem-be aminigny ahiahy.[17]Aleo kokoa sakafo misy agna ze misy
fitiava manahaky ze agnomby mifaly aroso ami-pakahala. [18]Gny olo mora ory magnesiky aly, fa gny olo ze
mahasindry fo mapisahasy fifandira.[19]Gny lalanigny kamo dra manahaky gny toera misy fefy silo, fa gny
lalanigny mahisy dra lalam-be voavoasy soa. [20]Gny zanaky hendry dra minday fifalia ho anigny rany, fa gny olo
mola manao sinosino gny reniny.[21]Mahafinarisy gny olo sy apy say gny hamola, fa ze mana fahazava-say
mandeha aminigny lala-mahisy. [22]Mandamoka reo tetiky gny fa sy misy torohevisy, saingy gny fa mindray
aminigny panolo-say maro dra nahomby reo.[23]Mahita hafalia gny olo raiky gny fa magnome valiny mahafa-po
izy; endrey gny hasoanigny zaka ze voazaka ara-potoa! [24]Minday miakasy ho anigny olo-kendry gny lelanigny
fiegna, ba helan'ereo aminigny Fiaigna-sy hita agny ambany.[25]Ho potehin'i Yaveh gny lovanigny pirehareha, fa
miaro gny fanagnanigny pitondrategna koa Izy. [26]Malaiky gny fisaignan'ireo olo rasy fagnahy Yaveh, fa reo
zakanigny fahasoa fagnahiny dra malio.[27]Minday olo ho anigny fianakaviany gny pangalasy, fa gny olo ze malaiky
solosy dra ho velo. [28]Gny fonigny mary dra misaitsay melohanigny hamaliany, fa gny vavanigny rasy fagnahy koa
miboiky gny rasy ao aminazy.[29]Lavisy reo rasy fagnahy Yaveh, fa mahare gny vavaky gny olo-mary koa Izy. [30]Gny
fahazavanigny maso minday fifalia ho anigny fo dra gny vaovao soa dra fahasalama ho anigny vata.[31]Raha
makato hanao gny fa magnisy gny fomba fiegnanao gny olo, dra hitoby eo amireo olo hendry hanao. [32]Ze manda
famaiza dra manao sinosino gny zakany, fa ze miteno anasy koa dra mahazy fahazava-say.[33]Mapianasy
fahendrena gny tahosy an'i Yaveh vo fanetre-tegna gny mialoha gny voninahisy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 16

[1]Anigny olo gny fikasanigny fo, fa avy amin'i Yaveh gny vali-zaka avy aminigny lelany. [2]Malio eo imasony avo gny
lalanigny olon'aby, fa Yaveh gny mandaza gny fagnahy.[3]Akino amin'i Yaveh gny asanao dra ho lavorary ze
kasanao. [4]Nataon'i Yaveh ho aminigny atony avokoa gny raha aby, na gny rasy aza dra ho aminigny andro-
pahoria.[5]Yaveh makahala gny olon'aby ze mana fo miavognavo, azo atoky fa sy ho afa-may irery. [6]Aminigny sy
fivadiha-pagneke vo fahamendreha-pitokisa gny hagnavota aminigny heloky dra aminigny tahosy an'i Yaveh gny
helanigny olo aminigny rasy.[7]Gny fa akasitrahan'i Yaveh gny lalanigny olo raiky, na gny fahavalon'izay olo zay dra
ataony mihavan'aminazy. [8]Aleo kely aminigny fahamarigna, manahaky anize vola be aminigny sy rariny.[9]Ao
apony gny andrefanigny olo gny lalany, fa Yaveh gny mapizosy gny liany. [10]Fanapaha-kevisy laliky gny eo
aminigny molosy gny pazaka, gny vavany dra sy ba hamadiky gny rariny.[11]Boak'amin'i Yaveh gny fandaza mary;
gny laza aby ao aminigny kitapo dra asany avokoa. [12]Gny fa manao raha-rasy gny pazaka, dra tokony ho raha
hatao sinosino zay, akory gny seza fiandriana dra miorin'aminigny fanova gny mary.[13]Finarisy aminigny moloso
mizaka gny mary gny pazaka dra tiany gny olo ze mizaka mahisy. [14]Gny fahorianigny pazaka dra raiky gny
fahafatesa fa gny olo-kendry dra hiezaky hapitony gny haoriany.[15]Ao aminigny fahazavanigny tavannigny pazaka
gny fiegna dra gny fakasitrahany dra sahala aminigny raho ze minday ora-dohatao. [16]Endrey gny hasoanigny
fahazoa fahendrena mihoasy lavisy noho gny volamena. Aleo mifily gny hahazo fahazava-say toy zay volafosy.
[17]Gny lalam-benigny olo-mary dra miala aminigny rasy; ze miaro gny ainy dra miamby gny lalany. [18]Avy
melohanigny faharava gny firehareha dra gny fagnahy mieboebo mialohanigny fahalavoa.[19]Soa vatany gny
manetri-tegna eo amireo olo mahatra toy zay mizara ze nobaboy aminigny olo pirehareha. [20]Ze mibazy ze
napenary anereo dra hahita soa, dra reo ze matoky amin'i Yaveh dra ho voatahy.[21]Ze hendry apo gny atao
anizahoky ho manasay dra gny hamaminigny zaka gny papivoasy gny faheza-mapianasy. [22]Gny fahazava-say dra
loharanon'ay ho an'ize manan'anizay, fa gny fapenaranigny mola dra gny fahamolany.[23]Gny olo-kendry magnome
say gny vavany dra magnapy fandrese-dahasy gny moliny. [24]Toho-tately gny zaka mahafinarisy__mamy aminigny
fagnahy dra fagnasitragna ho anigny tola.[25]Misy lala ze ho mary aminigny olo, fa gny fiafarany dra lala magnagny
aminigny fahafatesa. [26]Gny homanigny piasa gny miasa honazy; gny haresiany gny manosiky anazy.[27]Gny olo
sinosino dra mihaly sopasy dra gny zakany dra manahaky gny afo magnoro. [28]Gny olo rasy fitondra-tegna
manesiky aly dra gny pisiko mapisaraky gny pinama akaiky.[29]Gny olo maherisetra dra mavandy aminigny
namany dra mapivarin'anazy aminigny lala ze sy soa. [30]Ze mipi-maso dra mitetiky raha rasy; reo ze manifa-sogny
dra mapandalo gny rasy.[31]Gny volo-fosy dra satro-boninahisy; azo aminigny fiegna gny lala-mary zay. [32]Soa gny sy
mora ory noho gny pialy dra gny olo manapaky gny fagnahiny dra mahery noho gny olo ze mambabo tana raiky.
[33]Gny filoka dra aria eo apofoa, fa gny fanapaha-kevisy dra avy amin'i Yaveh.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 17

Soa avokoa gny miay mangingy miaraky amigny tapa-mofo tihoky izay ao amigny tragno feno hany misy
fifandifa.[2]Gny panopo hendri dra hanapaky eo amigny zanany izay manao toetra mahamegnasy ary hiray lova
manahaky gny iray amin'ereo rahalahy.[3]Gny memy ho anigny volafosy dra gny lafoaro fandrendreha ho anigny
volamena, fa Yaveh gny manefy gny fo. [4]Gny panao rasy miteno gny molisy gny rasy fagnahy; manongila-sofy
aminigny lela pandringa gny pavandy.[5]Na iza na iza maneso gny malahelo dra mizaka rasy gny pahary anazy dra
ze mifaly aminigny fahavoaza dra sy afa-bela aminigny famaiza. [6]Satro-boninahisy gny atisy gny zafy dra minday
voninahisy ho an'ireo zanany gny ray aman-dreny.Gny kabary soa lahasy dra sy mety aminigny mola; ko maiky
fa gny sogny pavandy ho mety ho anigny fianakaviany gny pazaka. [8]Manahaky gny vato mahagaga gny kolikoly
ho anigny olo ze magnome anizay; na eza na eza itolihany, dra mahomby izy.[9]Ze manaro heloky dra mitalia
fitiava, fa ze magnery gny fahadisoa taloha dra mapisaraky reo pisakaiza akaiky. [10]Milisy laliky kokoa agny
aminigny olo ze mana fahazava-say gny zaka fatrasy noho gny zera izato magnagny aminigny mola.[11]Gny olon-
drasy dra mitalia fikomian'avo, ko dra halefa hanohisy anazy gny iraky lozabe. [12]Aleo mifanena aminigny bera
levon'anaky toy zay mifanena amimola aminigny fahamolany.[13]Raha misy olo mamaly rasy gny soa, dra sy
hagnenga gny tragnony mandrakizay gny rasy. [14]Gny fiandohan'aly dra manahaky gny mamela gny rano
hiparitaky egny rehetr'egny, ko dra alaviro gny fifandira dieny bo sy vaky zay.[15]Gny olo ze magnamary gny olon-
drasy dra gny olo ze magnameloky gny olo-mary__dra samby fahavetaveta eo amin'i Yaveh reo. [16]Nagnino gny
mola gny tokony hagnenga vola ba hianasy momba gny fahendrena, nefa izy sy mana fahafan'akory gny hianasy
anizay?[17]Gny sakaiza dra tia aminigny fotoan'aby sady rahalahy nateraky ho aminigny fotoanigny fahoria. [18]Gny
lelahy sy misy say manao fapanatena mandrohy dra avy topon'atoky aminigny trosanigny namany.[19]Na iza na iza
tia aly dra tia heloky; ze manao gny tokonam-batrangarany ho abo loasy dra magnapotiky gny tolany. [20]Gny olo ze
mana fo maheriloha dra sy hahita na ino na ino soa; mezera aminigny loza ze mana lela pamitaky.[21]Na iza na iza
ray aman-dreninigny mola dra minday alahelo ho anigny vatany; dra sy mana hafalia gny ranigny mola.
[22]Fanafody soa gny fo miramira, fa gny fagnahy koa mahamaiky gny taloha.[23]Gny lelahy rasy fagnahy makasitraky
kolikoly ambaliky ba hamadiha reo lalanigny rariny. [24]gny olo ze mana fahazavasay dra mapitoliky gny tarehiny
magnagny aminigny fahendrena, fa gny masonigny mola koa mitoliky agny amireo vaza-tany.[25]Gny zanaky mola
dra alahelo ho anigny rany dra fangidia ho anigny apela ze niteraky anazy. [26]Dra koa, sy soa mihisy gny
magnasazy gny olo-mary; na mikapoky olo mendri-kaza ze mana fahisia.[27]ze mana-pahalala mapiasa zaka bory
dra ze mana fahazava=say dra mahasindry fo. [28]Na dre mola aza hevery ho hendry raha toa ka mangina; gny fa
magnakombom-bava izy, dra hevery ho mana-say.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 18

[1]Ze mitoka-tegna dra miyalia gny fagniriany manoka dra mifandisy aminigny fisara soa aby izy. [2]Gny mola dra sy
mahita fahafinareta aminigny fahazava-say, fa aminigny fagnambara ze ao apony avo.[3]Gny fa misy olo rasy
fagnahy avy, dra avy mindray aminazy gny fagnamavoa__mindray aminigny hegnasy vo fahafaham-baraka.
[4]Rano laliky gny zaka aloaky gny vavanigny olo; dra rano miboiboiky gny loharanonigny fahendrena.[5]Sy soa gny
miangasy aminigny olo rasy fagnahy, na manda gny rariny aminigny olo-mary. [6]Gny molony gny mola dra
minday aly hon'anazy gny vavany mihasy zera.[7]Gny vavanigny mola gny faharavany dra mamandriky gny vatany
aminigny molony izy. [8]Gny zakanigny pifosa dra manahaky gny sombi-kany masiro dra mizoso agny agnatinugny
vatan'ireo.[9]Ze miraviravy aminigny asany avo koa dra rahalahinize mamotiky indrindra. [10]Tilikambo mahery gny
agnaran'i Yaveh; mihazakazaky magnao gny mary dra voaaro.[11]Gny harenigny pana-karena gny tana voaaro dra
gny manahaky gny manda abo ao agneriserisy. [12]Mialoha gny faharavany dra fanetre-tegna gny avy alohanigny
voninahisy.[13]Ze mamaly melohanigny fitenoa__dra hamola vo hegnasy hon'azy zay. [14]Zakanigny fagnahinigny olo
gny fahararia, fa iza gny hahazaka anizay fagnahy torotoro zay?[15]Gny fonigny mana-say dra mandrato fahalala
dra gny sofinigny hendry mitalia anizay. [16]Gny fagnomezanigny olo dra mety hanokaky lala vo hindain'anazy eo
anoloanigny olom-be.[17]Ze volohany minday gny raharahany dra ho mandra-pihavinigny pifanandrin'aminazy dra
hagnotany anazy. [18]Gny filoka dra mandamy fifandira vo magnasaraky reo pifanandry mahery.[19]Gny rahalahy
tafitohy dra sarosy azo noho gny tana mahery, dra gny fifandira dra manahaky gny hilinigny lapa. [20]Boak'amigny
vokasy gny vavany gny mahafeno gny trokinigny olo raiky; aminigny vokasy gny molony gny maha-afapo anazy.
[21]Gny fahafatesa vo gny ay dra fehezinigny lela, dra reo ze tia gny lela dra hihina gny vokany. [22]Ze lelahy mahita
valy dra mahita raha soa dra mahazo sitraky amin'i Yaveh.[23]Gny olo mahatra dra mengavy famindra-po, fa gny
olo manan-draha koa mamaly akasiaha. [24]Ze mizaka mana nama maro dra ho ravan'ereo, fa misy nama ze akaiky
kokoa noho gny rahalahy

Chapter 19

[1]Soa kokoa gny olo mahatra ze mandeha aminigny fahisiany toy izay olo mivadiky aminigny zakany dra mola.
[2]Dra koa, sy soa gny mana fagniria sy misy fahalala dra ze mihazakazaky fatrasy dra ho diso lalana.[3]Gny
hamolanigny olo gny mamotiky gny fiegna dra amin'i Yaveh gny sososy gny fony. [4]Mahabe nama gny harena, fa
gny olo mahatra koa dra tafasaraky amireo namany.[5]Gny vavolombelo sandoky dra sy ho afa-may dra ze
mamoaky vandy dra sy ho afa-bela. [6]Maro gny hila sitraky aminigny olo malala-tagna dra gny namanize
manolosy fagnomezan'aby.[7]Halanigny rahalahiny aby gny olo mahatra; ko maiky fa reo namany ze magnalavisy
anazy! Hitoka anereo izy, saingy fa lasa ereo. [8]Ze mahazo fahendrena dra tia gny ainy; ze mita gny fahalala dra
hahitta soa.[9]Gny vavolombelo sandoky dra sy ho afa-may, fa ze mamoaky vandy koa dra ho maty. [10]Sy mety
aminigny mola gny miay aminigny harena mahafinarisy__maiky fa gny hanapahanigny andevo eo amireo
andriandahy.[11]Gny fahamarigna mahatonga gny olo sy ho moro ory dra voninahisy honazy gny sy magnety gny
fahadisoa. [12]Gny fahatezeranigny pazaka dra manahaky gny fieronigny liona tanora, fa gny sitrany koa dra
manahaky gny andro aminigny ahisy.[13]Gny zanaky mola dra faharana ho anigny rany dra gny valy pifandrisy dra
manahaky gny rano mitete sy tapaky. [14]Gny tragno vo harena gny lova boak'aminigny ray aman-dreny, fa valy
hendry koa gny boak'amin'i Yaveh.[15]Gny hakamoa dra mandasaky gny olo agnaty torimaso laliky, fa ze sy vono-
kisa koa dra ho resy. [16]Ze makato gny didy dra miaro gny ainy, fa gny olo ze sy mihevisy gny lalany koa dra ho
maty.[17]Reo ze miatra gny mahatra aby dra mapisambosy an'i Yaveh dra henorany izy noho reo ze nataony.
[18]Fehezo gny zanadahinao dieny misy fanatena dra ka eti-pigniria hamona anazy.[19]Gny olo be kizity dra sy maisy
magnefa gny sazy; raha mamozy anazy hanao, dra sy maisy hagnery anizay fagnindrony hanao. [20]Tenoy gny
torohevisy dra ekeo gny fapenara, ba ho ahendry hanao agny aminigny fiafaranigny fiegnanao.[21]Maro gny fikasa
ao aponigny olo, fa gny tazon'i Yaveh gny haharisy. [22]Gny sy fivadiha gny irianigny olo dra soa kokoa gny olo
mahatra noho gny pavandy.[23]Gny fagnomezam-boninahisy an'i Yaveh gny mitariky gny olo aminigny fiegna; ze
mana anizay aby dra ho afapo dra sy apahorinigny rasy. [24]Gny kamo dra handevy gny tagnany ao an-dovia; sy
hagnery hapiakasy anizay ao am-bavany akory izy.[25]Veleso gny panirasira, dra ho mailo gny olo babo; anaro ze
mana-say, dra hahazo fahalala izy.[26]Ze mandroba gny rany dra mandroaky gny reniny dra zanaky minday
hegnasy vo fahafaham-baraka. [27]Raha misahasy gny miteno fapenara hanao, ry zanadahiko, dra hania hiala
amireo zakanigny fahalala hanao.[28]Gny vavolombelo pivadiky dra manirasira gny fisara dra gny vavanigny rasy
fagnahy mitelik'eloky. [29]Vonona ho an'ireo panirasira gny fagnameloha dragny zera ho aminigny lamosinigny
mola.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 20

[1]Gny divay dra panirasira dra gny raha-finomy mahery dra pitabataba; ze voavily lala aminigny fisotroa
aminigny lalan-diso dra sy hendry. [2]Gny tahosy gny pazaka dra manahaky gny tahosy gny liona tanora ze miero;
ze mapahaory anazy dra magnary gny ainy.[3]Voninahisy ho anigny rehetra gny misoroky fifandira, fa gny mola
aby dra miasapy aminigny feliakevisy. [4]Gny olo kamo dra sy miasa tany aminigny lohatao; mitalia vokasy izy
aminigny fararano fa sy hahazo na ino na ino.[5]Gny tazona ao aponigny olo dra manahaky gny rano laliky, fa gny
olo ze mana-pahalala koa hamoaky anazy. [6]Mara gny olo mizaka fa sy pivaliky, saingy iza gny afaky hihita olo
mahatoky?[7]Gny olo mary dra mandeha aminigny fahisia, dra reo zanany ze mandimby anazy afarany dra
hotahina. [8]Gny pazaka ze mipetraky eo aminigny seza fian-drianany magnatateraky reo adidinigny pisara dra
manivana reo rasy gny fa ze eo alohany aminigny masony.[9]Iza gny afaky mizaka ho: "Fa nihazo gny foko halio
zaho, afaky aminigny otako zaho"? [10]Gny mizana sy mitovy laza vo gny fandrefesa sy mitovy__dra samby halan'i
Yaveh.[11]Na gny tanora aza dra fatasy aminigny ataony, raha malio vo mahisy gny fitondra-tegnany. [12]Gny sofy ze
mahare dra gny maso ze mahita__dra samby nataon'i Yaveh avokoa reo.[13]Ka mitia torimaso fandrao ho tonga
aminigny fahatra hanao; sokafo gny masonao dra hana-kohany maro hanao. [14]"Rasy! Rasy!hoy gny pivily, fa gny
fa lasa izy dra mirehareha.[15]Misy gny volamena vo vato lafo vily maro be, fa gny molosy gny fahalala dra firavaky
sarobily. [16]Aleo gny akazonize napisy ferova ho anireo vahiny, dra tano ho atoky zay raha magnisy ferova ho
anigny apela rasy fitondra-tegna izy.[17]Mamy gny sironigny mofo azo aminigny fitaky, saingy gny fa afaky zay dra
ho feno vatokely gny vavany. [18]Reo paiky dra voalaminigny torohevisy dra aminigny tari-dala hendry avo gny
tokony hindesanao gny aly.[19]Gny fifosa mamoaky sembaratelo dra noho izay dra sy tokony hindray amireo olo ze
pizaka fahatany hanao. [20]Raha misy olo magnozo gny rany vo gny reniny, dra ho maty eo agnevonigny ezy gny
zirony.[21]Gny lova azo mora agny apiandohana dra sy hahasoa agny aparany avo. [22]Ka mizaka ho: "Hamaly anao
noho igny rasy igny zaho!" Mandignisa an'i Yaveh dra hamozy anao Izy.[23]Halan'i Yaveh reo vato fandaza sy
mitovy dra gny mizana sy mary dra sy soa. [24]Gny lianigny olo dra tarihan'i Yaveh; ko akory gny ahezany ze
lalany?[25]Fandrky ho anigny olo gny mizaka akameha ho: "Masina ty raha ty," dra gny fa avy nanao gny voadiny
vao manomboky mieriserisy ze dikany. [26]Gny pazaka hendry dra maniva gny rasy fagnahy dra mamadiky gny
kodiaranigny fikororoha eo amin'ereo.[27]Gny fagnahinigny olo gny jiron'i Yaveh, mitalia reo singa agnatiny
indrindra. [28]Sy fivadiha-pagnekena vo gny fahamendreha-pitokisa gny miaro gny pazaka; gny seza fiandriany dra
voaaronigny fitiava.|v 29Gny voninahis'ireo tovolahy dra gny tazany dra gny famirapiratanigny olo atisy dra gny
volafosiny. [30]Reo fameleza ze mandrasy mangalaky gny rasy dra gny zera dra mahaavy gny agny agnaty laliky
halio.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 21

[1]Gny fonigny pazaka dra rano mikorian'eo atagnan'i Yaveh; aviliny egny amize itiavany anazy zay. [2]Gny lalan'olo
aby dra mahisy eo imasony avo, fa Yaveh gny mandaza gny fo.[3]Ze manao gny mary vo mahisy dra sitrak'i Yaveh
kokoa mihoasy gny soro. [4]Gny fiavognavognanigny maso vo fireharehanigny fo__gny zironigny rasy fagnahy_-dra
fahota.[5]Reo fikasanigny mazoto dra mitariky magnagny aminigny fagnambinan'avo, fa gny olon'aby ze maimaiky
loasy dra avy aminigny fahatran'avo. [6]Gny fiharia harena aminigny lela mavandy dra entona mihelina dra
fandriky mamono.[7]Gny herisetranigny rasy fagnahy dra hisiton'anereo, akory manda gny hanao ze rariny ereo.
[8]Miolakolaky gny lalanigny olo meloky, fa gny olo ze malio dra manao ze mary.[9]Aleo kokoa mipetraky eo
aminigny zoronigny tafo toy zay mindray tragno aminigny valy pila aly. [10]Gny harasianigny rasy fagnahy dra
magniry fatrasy gny rasy; sy mahita fahasoavan'eo aminigny mason'ireo namany izy.[11]Gny fa faizy gny panirasira,
dra ho hendry gny kely say, dra gny fa anary gny olo hendry, dra hihazo fahalala izy. [12]Mandiniky gny
tragnonigny olo rasy fagnahy gny olo-mary; minday gny olo rasy fagnahy ho aminigny loza izy.[13]Gny olo ze
manapy gny sofony aminigny fitaregnany gny mahatra, dra bo hitarain'avo koa, saingy sy hisy hamaly anazy.
[14]Gny fagnomeza mangingina mapitony gny hatezera dragny fagnomeza miafy dra mapilefy gny fahatezera
fatrasy.[15]Gny fa vita gny fisara, dra mitondra fifalia ho anigny olo-mary zay, saingy minday horohoro ho an'ireo
panao rasy zay. [16]Ze mirenireny miala aminigny lalanigny fahazava-say, dra hisahasy ao aminigny fafazava-say,
dra hisahasy ao aminigny fengonanigny maty.[17]Ze tia fahafinareta dra hahatra; ze tia divay vo dililo dra sy hanan-
draha. [18]Gny olo rasy fagnahy dra solovaiky ho anigny olo-mary, dra gny olo pamitaky dra vili-pagnavota ho
anigny olo mahisy.[19]Aleo mitoby agny atany efisy toy zay mindray aminigny valy pifandisy vo ory. [20]Harena
sarobily vo dililo gny ao atragnonigny hendry, fa gny olo mola koa mandany reo.[21]Ze manao gny mary vo gny soa
fagnahy__zay olo zay dra hahita gny fiegna, fahamarigna, dra voninahisy gny tagnan'ireo mahery, dra mandroda
gny ferova fatrasy ze nitokian'ireo.[23]Na iza na iza miamby gny vavany vo gny lelany dra miaro gny vatany
aminigny fahoria. [24]Gny olo miavognavo vo mirehareha__"Panirasira" gny agnarany__dra manao fihesiky feno
fiavognavogna.[25]Gny fagnirianigny kamo dra mahafaty anazy, akory manda gny hiasa gny tagnany. [26]Magniry
fatrasy mandrisy gny totolo andro izy, fa gny olo-mary dra magnome sady sy kahihisy.[27]Maharikoriko gny soro
boak'aminigny rasy fagnahy; maharikoriko kokoa aza zay gny fa minday aizay aminigny atony rasy izy. [28]Ho maty
gny vavolombelo sandoky, fa gny olo ze miteno dra hizaka aminigny fotoan'aby.[29]Gny olo rasy fagnahy dra
magnamafy gny endriny, fa gny olo mahisy dra matoky aminigny lalany.[30]Sy misy fandefera, sy misy fahalala, dra
sy misy torohevisy afaky mizoro hanohisy an'i Yaveh. [31]Gny sovala nomany ho aminigny andronigny aly, saingy
an'i Yaveh gny fandresa.

## Chapter 22

[1]Aleo misafidy gny laza soa toy zay be harena dra soa noho gny volafosy vo gny volamena gny sitraky. [2]Gny
panakarena vo gny mahatra dra samy manan'anizay__Yaveh gny paharay anazy aby.[3]Gny olo mailo mahisy gny
loza dra mivony, fa gny babo koa mandroso dra mizaly noho zay. [4]Gny valisoanigny fanetre-tegna vo fahatahora
an'i Yaveh dra harena, voninahisy, dra fiegna.[5]Gny silo vo gny fandriky gny eo aminigny lalanigny maheriloha; fa
ze miaro gny ainy dra hagnalavisy anereo. [6]Apenaro aminigny zaza gny lala tokony alehany dra gny fa izydra sy
hiala amizay fapenara zay.[7]Manapaky eo aminigny ory gny pana-karena dra ze mindra dra ho andevonize
napindra. [8]Ze mamafy gny sy rariny dra hiziza fahoria dra halazo gny sorakazonigny fahatezerany.[9]Ze mana
maso be fiatra dra hotahy, akory mizara gny mofosy aminigny mahatra izy. [10]Roaho gny panirasira dra ho lasa
gny fifandira; hisahasy gny aly vo gny fanevateva.[11]Ze tia fo malio vo ze mizaka fahasoava, dra hana gny pazaka
ho namany. [12]Gny mason'i Yaveh dra miamby hatragny gny fahalala, fa gny zakanigny pamadiky dra ravany.[13]Gny
olo malaiky manao anizahoky ho: "Misy liona agny andala! Ho maty egny akalamazana zaho." [14]Gny vavanigny
apela zanga dra lavaky laliky; mihesiky amize lasaky ao aby gny fahorian'i Yaveh.[15]Miraiky aminigny fonigny
zaza gny hamola, sangy gny sorakazo famaiza hapiala zay. [16]Ze mapahory gny olo mahatra dra mapitombo gny
olo mahatra dra mapitombo gny heriny, dra ho avy aminigny fahatra ze magnome gny pana-karena.[17]Atongilagno
gny sofinao dra mitenoa reo zakanigny hendry dra apagnekeo gny fahalalako gny fonao, [18]akory hahafinarisy
anao reo raha tandremanao ao aminao, raha vonona eo aminigny molosao izy aby. [19]Ho ao amin'i Yaveh noho zay
gny fahatokisanao, mapianasy anao zay zaho anio__hanao dra hanao.[20]Moa ra zaho sy fa nanorasy ohabolanigny
fapenara vo fahalala telopolo honao, [21]ba hapenarin'anao gny mary amireo zaka mahatoky reo, ba
hagnomezanao vali-zaka mahatoky amireo ze nagnirak'anao?[22]Ka mandroba gny malahelo akory mahatra izy, na
magnosihosy gny ary eo am-bavahady, [23]fa Yaveh gny hisolo vava anereo, dra Izy handroba gny ain'ireo ze
nandroba anereo.[24]Ka misakaiza aminigny olo ze fehezinigny fahatezera dra za mindray amizay romosy, [25]soa
hanao hianasy gny fanaony dra hahazo fandriky ho anigny fagnahinao.[26]Ka mety ho isan'izy manizi-tagna
aminigny fiatoha, na mitoka-trosa. [27]Raha sy mana haloa hanao, ino moa gny hahasaka gny olo sy hangalaky gny
fandria andrianao?[28]Ka magnasitraky gny fefy vato fahizay ze fa natoby gny razandrareo. [29]Mahita olo malaky
aminigny asany ra hanao? Hisangan'eo anoloan'ireo pazaka izy; sy hisangan'eo anoloanigny olo mahazasy izy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 23

[1]Aby mipetraky hihina miaraky amigny panapaky ianao dra diniho soa izay eo anoloanao,[2]Ary ambano antsy gny
vozonao raha olo tia mihinakany be loasy hanao.[3]Ka misiry loasy gny hanim-piny, fa haninigny vandyizany.[4]Ka
dre miasa mafy loasy hahazoa harena; hendre soa hahafataranao gny fotoa hisahara. [5]Hagnenga gny masonao
hirehisy amizay ra hanao? Ho dify zay, fa ho hari-elasy manahaky gny voromahery tokoa zay dra hitilin'egny
aminigny lagnisy.[6]Ka mihina gny haninigny olo manao maso rasy__dra ka magniry gny hagnary, [7]fa karazan'olo
magnisy gny vili-kany izy. "Mihinana dra misotroa!" hoy izy aminao, kanefa sy aminao gny fony. [8]Haloanao ze
kely nihaninao dra ho very foa gny zaka fandokanao.[9]Ka mizaka eo asofinigny mola, akory hagnamavo gny
fahendreny gny zakanao izy. [10]Ka magnage gny fefy vato fahizay na magnaniky gny sakanigny kamboty, [11]fa
mahery gny pagnavosy anazy regny dra izy gny hisolo vava anereo hanohisy anao.[12]Apagnekeo fapenara gny
fonao ary zaka fahalala gny sofinao.[13]Ka misisy gny fapenara sy ho aminigny zaza, akory raha magnafay anazy
hanao, dra sy ho maty izy. [14]Ino gny sy maisy hazera anazy aminigny sorakazo dra hamozy gny fagnahiny
aminigny Fiegna-sy hita.[15]Ry zanako, raha hendry gny fonao, dra ho faly avo koa gny foko;[16]Hiravoravoa gny agny
agnatiko aby mizaka gny sogninao.[17]Ka anga hialo ereo mpanota gny fonao, fa mipetraha amigny tahosy an'i
Yaveh mandrakariva.[18]Misy tokoa gny ho avy sy ho foa gny fanatenanao.[19]Mitenoa___hanao!___ry zanako, dra
hendre dra hapizoro aminigny lala mahisy gny fonao. [20]Ka minama aminigny mamolava, na aminigny fatra-
pihina-kena, [21]fa gny mamolava vo gny tenda-kany dra reo be torimaso dra hahatra dra gny faharendreha gny
hapifaly anazy aminigny voro-damba.[22]Tenoy gny ranao niteraky anao vo dra ka manao sinosino gny reninao gny
fa atisy izy. [23]Vilio gny marina, fa ka mamarosy anizay; mivilia fahendrena, fapenara, dra fahazava-say.
[24]Hiravoravo vatany gny ranigny olo-mary, dra miteraky zaza hendry dra ho faly aminazy. [25]Aoky gny ranao vo
gny rreninao ho faly dra aoky hiravoravo ze niteraky anao.[26]Ry zanako, omeo anahy gny fonao dra aoky gny
masonao hitaridala gny lalako. [27]Fa gny apela zanga dra lavaky,dra fasaka tery gny apela rasy fitondra-tegna.
[28]Miandriandry manahaky gny pandroba izy dra mapitombo gny isan'ireo pamadiky eo aminigny
zanak'olombelo.[29]Iza gny misy ozo? Iza gny mana alahelo? Iza gny manan'aly? Iza gny mana fitaregna? Iza gny
mana fery sy nagnino sy nagnino? [30]Reo ze mifikisy aminigny divay, reo ze magnandra gny divay mifangaro.[31]Ka
magnety gny divay mena zay, gny fa manganohano ao aminigny zera zay dra miraraky simoramora. [32]Aminigny
farany zay dra manifasy manahaky gny bibilava dra manindro manahaky gny menarana. [33]Hahita raha hafahafa
gny masonao dra gny fonao hamoaky raha lahibe.[34]Hanahaky gny olo ze mandry eo aminigny ranomasy magnoza
hanao na mandry eo ataponigny andria-sambo. [35]"Namely anahy rery," hoy hanao, "fa sy voa zaho. Nazera anahy
regny, fa sy sapako zay. Ombia zaho gny hifoha? Hialia ho nomy hafa ndraiky zaho."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 24

[1]Ka mialo reo ze rasy, na magniry gny hiombon'amin'ereo, [2]akory miteti-drasy hanao herisetra gny fon'ereo dra
mizaka fahoria gny molos'ereo.[3]Aminigny fahendrena gny agnaranigny tragno dra aminigny fahazava-say gny
agnoregnan'anazy. [4]Aminigny fahalala gny hamenoa harena sarobily vo mahafinarisy aby reo efitrgno.[5]Mahery
gny pialinigny fahendrena, dra gny olony gny fahalala dra mapitombo gny heriny; [6]fa aminigny torolala hendry
gny ahafahanao mialy gny alinao dra amireo panolo-say maro gny misy fandresena.[7]Abo loasy ho anigny mola
gny fahendrena; sy manoka-bava eo am-bavahady izy.[8]Misy olo mitetiky hanao rasy__ tokavinigny olo ho
toponigny tetiky izy. [9]Gny tetiky gny mola dra fahota vo gny olo dra manao sinosino gny panirasira.[10]Raha avy
maleminigny tahosy aminigny andro-pahoria hanao, dra masaiky gny herinao.[11]Avoty reo ze nalaiky hovono dra
arovy reo ze mivembe eo aminigny famonoa. [12]Raha mizaka hanao ho: "Ingo, sy nahay na ino na ino momba
anizay zahay", moa ra gny raiky ze mandaza gny fo sy hahatakasy ze zakanao? Gny raiky ze miamby gny ainao,
moa ra izy sy mahay anizay? Moa ra Zagnahary sy magnome gny sirairay aby ze mendriky anazy?[13]Ry zanako,
mihinana tately akory soa zay, akory mamy gny tately mitete aminigny toho-tately raha andrama. [14]Manahaky
anizay gny fahendrena ho anigny fagnahinao__raha hitanao zay, dra hisy hoavy dra sy ho foana gny fanatenanao.
[15]Ka magnotriky manahaky gny olo rasy fagnahy ze manafiky gny tragnonigny olo-mary. Ka mandrava gny
tragnony! [16]Fa lavo ipito gny olo-mary fa tafarin'avo, fa lavo aminigny loza gny olo rasy fagnahy.[17]Ka mifaly raha
lavo gny fahavalonao dra aoky sy ho ravoravo gny fonao raha tafitohy izy, [18]raha sy zay dra ho hitan'i Yaveh dra
sy hakasitrahany dra halany aminazy gny fahatezerany.[19]Ka matahosy noho reo panao rasy, dra ka mialo gny rasy
fagnahy, [20]fa sy ba mana hoavy gny olo rasy dra gny zironigny rasy fagnahy dra ho maty.[21]Matahora an'i Yaveh,
dra matahora gny pazaka, ry zanako; ka miombon'amireo ze mikomy amin'ereo, [22]fa ho avy tapoky gny loza ho
anereo dra iza gny mahay ho hatreza gny faharava ze ho avy amin'ereo?[23]Tahoky avo koa reo fizakanigny hendry.
Sy soa fengara aminigny fisaran-draharaha aminigny lala.[24]Na iza na iza mizaka aminigny rasy fagnahy ho: "Olo-
mary hanao", dra ho ozognin'ireo vahoaky dra ho halan'ireo firenena. [25]Nefa reo ze magnafay gny rasy fagnahy
dra hahazo sitraky dra ho avy amin'ereo gny fagnomeza-soa.[26]Gny olo ze mamaly ami-kisi-po dra magnoroky eo
aminigny molony. [27]Omano gny asanao agny ivelany, dra atovy vonona honao agny asaha gny raha aby;
afaran'izay, dra amboaro gny tragnonao.[28]Ka mizoro vavolombelo hanohisy gny piara-belon'aminao aminigny sy
atony dra ka mamitaky aminigny moloso. [29]Ka mizaka ho: "Hataoko amininazy ze fa nataony taminahy; ho
valiako aminazay araky ze fa nataony."[30]Nandalo tegny asahanigny olo kamo zaho, nizaka taminigny tanim-
boaloboky gny olo sy mana say. [31]Nisiry tegny rehetr'egny gny silo; rakosy gny amiana gny tany, dra reo vatanigny
manda dra rava.[32]Dra nahita zaho vo nandiniky anizay; nagnety zaho vo nahazo anasy. [33]Hangalaky torimaso
kely, faharendreha kely, toho-tagna kely ba hisahara__[34]dra ho avy hagnisaky anao gny fahatra, dra reo filanao
dra hanahaky gny ,miaramila feno felia.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 25

[1]Tahoky dra bo ohabolan'i Solomona avo, ze nadikan'i Lelahin'i Hezekia, pazakan'i Joda. [2]Voninahis'Agnahary gny
magnavony raha, fa gny mitalia ze gny voninahisy gny pazaka. [3]Manahaky gny maha-anigny abo gny lagnisy vo
gny maha-anigny laliky gny tany, gny maha-sy takasy gny say gny fon'ireo pazaka.[4]Alao aminigny volafosy gny
taim-bolafosy dra afaky hapiasa gny volafosy aminigny asa tagnany gny panao sa aminigny vy. [5]Dra manahaky
anizay koa, alao eo aminigny fanatrehanigny pazaka gny olo rasy fagnahy dra hatoby aminigny fanova ze mary
gny seza fiandrianany.[6]Ka magnome voninahisy gny vatanao eo aminigny fagnatrehany pazaka dra ka misanga
amigny toera voatendry ho anigny olon'agnabo.[7]soa vatany raha mizaka aminao izy ho: "Mekara etiky," noho gny
hangalany baraka anao eo agnatrehanigny olo-mana-kaza raiky. [8]Ka andesy malaky agny aminigny fisara, ze
natrehiny gny fa manao ze ahagnasy anao gny piara manin'aminao aminigny farany?[9]Ialio havisy eo amasonao
vo gny piara manin'aminao vao gny raharahanao dra ka mamoaky gny sembaratelonigny hafa, [10]raha sy zay dra
hitariky fahamegnaran'aminao vo tatisy rasy momba anao gny nahare anao dra sy ho laisy mapanginy.[11]Gny
poma volamena eo aminigny pisy volafosy dra zaka nizaka taminigny fotoa mety. [12]Gny perasy volamena na
firavaky natao taminigny volamena soa indrindra dra anasy hendry ho anigny sofy miteno.[13]Gny iraky matoky
dra manahaky gny hasiaky gny ora-panala aminigny fotoa-piziza ho an'ireo ze magniraky anazy; mapihery gny
ain'ireo topony izy. [14]Raho vo gny rivosy sy misy ora ze mirehareha aminigny fagnomeza ze sy nameny.[15]Ami-
pahareta gny ahafaha mandresy lahasy gny panapaky dra gny lela malefaky dra mety hanapaky tola.[16]Raha
mahita tately hanao, dra ze apy avo gny hany__raha sy zay, dra hapandoa anao, gny fihinana maro loasy anizay.
[17]Ka apidira matetiky loasy ao atragnonigny namanao gny tombokao, mety ho esak'anao izy dra halaik'anao.[18]Gny
olo ze mizoro vavolombelo sy mary momba gny namany dra manahaky gny langilangy, na mesa, na zana-sipiky
maragnisy apiasan'amigny aly. [19]Gny olo sy matoky ze itokianao aminigny fotoanigny fahoria dra manahaky gny
nify rasy na tomboky mibolisasy.[20]Manahaky gny olo raiky ze magnalaky gny akazony aminigny andro
mangasiaky, na manahaky gny vinaingisy nararaky teo agnabonigny sirahazo ze mikalo hira ho anigny fo
mavesasy.[21]Raha resy gny fahavalonao, dra omeo sakafo hohany izy, dra raha mangetaheta izy dra omeo rano ho
nomy, [22]fa hanambasy vain'afo eo aminigny lohany hanao dra hamaly soa anao i Yaveh.[23]Manahaky gny
hindesanigny rivosy avarasy ora vatany, dra hamandriky gny endriky ho ory gny lela ze mizaka sembaratelo.
[24]Soa vatany gny mitoby eo aminigny zoronigny tafo-tragno noho gny ao aminigny tragno ze hiraisana aminigny
valy pialy lava.[25]Manahaky gny rano mangasiaky ho an'ize mangetaheta, gny vaovao mahafaly boak'agny
aminigny firenena lavisy. [26]Manahaky gny loharano voahososy vo fasaka rava gny olo-mary mikoy eo
agnatrehanigny olo rasy fagnahy.[27]Sy soa gny mihiny tately maro loasy; manahaky gny ho mitalia voninahisy
miapy voninahisy zay. [28]Gny olo sy mana fahafeheza-tegna dra manahaky gny tana rava vo sy misy manda.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 26

1Manahaky gny ora-panala aminigny lohatao na ranon'ora aminigny tao-piziza, gny sy maha-mendri-kaza gny
mola. 2Manahaky gny foly mitily vo gny sidisidiky mitily , gny sy hizosoanigny ozo sy mendriky.3Gny karavasy dra
ho anigny sovala, gny lamboridy dra ho anigny apondra dragny sorakazo dra ho anigny lamosinigny mola. 4Ka
mamaly gny mola araky gny hamolany, raha sy zay dra ho afabaraka manahaky anazy hanao.5Valio gny mola dra
mitoviza aminigny hamolany, dra sy ho hendry eo imasony avo izy. 6Na iza na iza mandefa hafasy aminigny
tananigny mola dra manapaky gny tombony avo sady mino herisetra.7Manahaky gny tomboky gny mararinigny
paralysisa ze miraviravy gny ohabola ao am-bavanigny mola. 8Manahaky gny mamehy vato aminigny asamotaly
gny magnome voninahisy gny mola.9Manahaky gny silo ze miletiky ao atagnanigny mamo lava gny ohabolan'ao
am-bavan'ireo mola. 10Manahaky gny pandefa sipiky ze mandrasy gny maro magnodidin'anazy gny olo ze
magnarama mola na magnarama ze sendra mandalo.11Manahaky gny amboa miheri'aminigny loany, dra
manahaky anizay koa gny mola ze magnery gny hadalany. 12Mahita olo hendry eo imasony avo ra hanao? Gny
mola misy atenay kokoa noho gny aminazy.13Gny olo kamo manao anizahoky ho: "Misy liona egny an-dala! Misy
liona egny akalamazana!" 14Manahaky gny ravarava mihodin'aminigny saviliny, dra manahaky anizay koa gny
olo kamo eo apandriany.15Gny olo kamo dra mametraky gny tagnany ao andoviany nefa sy mana hery hagnenga
anizay ho ao am-bavany izy. 16Gny olo kamo dra hendry eo imasony avo noho gny olo fito mindray aminigny
faheza-magnavaky.17Manahaky gny mihazo gny sofonigny amboa gny pandolo ze ory aminigny fifamalia sen'azy.
18Manahaky gny olo mitapy ze magnary zana-sipiky mirehisy, 19gny olo ze mamitaky gny piara-belon'aminazy dra
manao anizahoky ho: "Sy nivazivazy ra zaho?"20Nohonigny sy fisianigny hita, dra maty gny afo; dra agny amize sy
misy pifosa dra misahasy gny fifandrina. 21Manahaky gny hary mapirehisy gny bak'afo vo gny hita aminigny afo,
dra manahaky anizay koa gny olo tia aly mandrehisy fifandira.22Gny vatanigny pifosa dra manahaky gny hany
masiro; Mizosoa ao agnatinigny farisy gny vatan'ireo. 23Manahaky gny akososy taim-bolafosy mandrakosy gny
vilagny tany gny molosy mirehisy vo gny fo rasy.24Ze malaiky gny hafa dra manaro gny fihetseha-pony aminigny
molony dra mandrakizay fitaky ao agnatiny avo. 25Hizaka ami-pahasoava izy, saingy ka mino anazy, akory misy
fahavetaveta fito ao apony. 26Na dre voasaro fitaky aza gny fakahalany, dra haharisy eo aminigny fengona gny
faharasiany.27ze rehetra mihaly lavaky gny hezera ao amizzay dra gny vato dra hikodia eo amize
nandrozin'anizay. 28Gny lela mavandy dra malaiky gny olo ze torotoron'izay dra gny molosy mandoka minday
faharava.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 27

[1]Ka mirehareha aminigny apiso, fa sy fatasao ze mety handesinigny anio. [2]Aoky olo-kafa gny handoka anao fa sy
gny vavanao avo; gny vahiny fa sy gny molosao avo.[3]Saino gny havesasy gny vato vo gny lazanigny fasy__gny
fihasihanigny mola dra mavesasy vatany noho reo ro reo. [4]Misy gny habibianigny haoria vo gny fandriaky gny
haoria, fa iza gny afaky hizoro eo anoloanigny hasarota-piaro?[5]Aleo anasy apahibemaso toy zay fitia avony.
[6]Mahatoky gny rasy ataonigny nama, fa gny fahavalo dra mety hagnoroky mitafotafo anao.[7]Gny olo ze nihina
mandra-pahavisiny dra manda na dre gny toho-tately aza, fa ho anigny olo resy koa, dra mamy gny raha mafaisy
aby. [8]Manahaky gny voro ze mirenireny miala aminigny akaniny gny olo ze maniasia miala aminigny fonegnany.
[9]Gny ranomagnisy vo emboky magnisy dra mapifaly gny fo, fa gny hamamianigny namany dra avy
boak'aminigny torohevisy ami-kisi-po. [10]Ka mahafo gny namanao vo gny ranigny namanao, dra ka magnagny
aminigny tragnonigny rahalahinao amigny andro-hahavoazanao. Soa vatany gny nama ze akaiky noho gny
rahalahy ze lavisy.[11]Hendre, ry zanako, dra apifalio gny foko; dra hamaly anigny maneso anahy zaho. [12]Gny lelahy
malio dra mahatalaky gny loza dra mivony, fa gny olo babo dra mandroso avo dra mizaly noho izay.[13]Alao gny
akazon'ize nagnome atoky aminigny vahiny, dra tano ho atoky zay gny fa magnome atoky aminigny apela rasy
fitondra-tegna izy. [14]Na iza na iza magnome sondrano gny namany aminigny feo abo vo maraindraim-be, dra
raisy hanahaky gny ozo ze sondrano zay![15]Gny valy pifalisy dra manahaky gny ora-mikiza aminigny andro
fahavarasy; [16]gny mihazon'anazy dra manahaky gny mihazo rivosy, na miezaky mamihina dililo aminigny
tagnanao akavana.[17]Gny vy mandragnisy vy; manahaky anizay, gny lelahy mandragnisy gny namany. [18]Ze
mikarakara gny hazon'aviavy dra hihina gny tegnany, dra ze miaro gny topony dra homem-boninahisy.
[19]Manahaky gny tarasy gny rano aminigny endriky gny olo, gny tarasy gny fonigny olo amigny olo. [20]Manahaky
gny Fiegna-sy hita vo gny Fandringana sy afapo mandrakizay, dra manahaky anizay gny masonigny olo sy ho
afapo mandrakizay.[21]Gny memy ho anigny volafosy dra gny fatagnafo fandrendreha ho anigny volamena; dra
aminigny fidera anazy gny hisapa gny olo. [22]Na dre lisaninao aminigny fandisana aza gny mola__miaraky
aminigny vary__dra bo sy hiala aminazy avo gny hamolany.[23]Atovy azo atoky fa fatako gny toetry gny
agnondrinao dra diniho gny momba reo biby tezanao, [24]fa gny harena dra sy mandrakizay. Maharisy ho anigny
taranaky aby ra gny satro-boninahisy? [25]Gny fa miala gny ahisy dra misiry gny solofony, dra avory boak'egny
aminigny havoa gny ahisy ho an'ireo agnondry aman'osy.[26]Reo zanak'agnondry reo gny hagnome gny fitafianao
dra reo osy gny hagnome gny saranigny saka. [27]Hisy rononon'osy ho anigny sakafonao__sakafo ho anigny
tokatragnona__dra sakafo ho anigny panoponao apela.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 28

[1]Mienga gny rasy fagnahy raha sy misy olo magneziky anazy, fa gny olo-mary dra mahavany manahakay gny
liona tanora. [2]Nohonigny fandikan-dalanigny tany, dra mana panapaky maro izy, fa raha mindray aminigny olo
mana fahazava-say vo fahalala, dra haharisy ela zay.[3]Gny olo mahatra ze mapahory olo mahatra hafa dra
manahaky gny ora mivatravatra ze sy magnenga hany. [4]Reo ze mahafo gny lalana dra midera olo rasy fagnahy, fa
reo ze mitandry gny lalana dra hialy amin'ereo.[5]Gny olo-drasy dra sy mahatakasy gny rariny, fa reo ze mitalia an'i
Yaveh gny mahatakasy gny rah'aby. [6]Soa kokoa ho anigny olo mahatra gny mandeha aminigny fahisia, noho gny
ho anigny olo panandraha ze meloky aminigny lalany.[7]Ze mitandry gny lalana gny zanaky mana fahazava-say, fa
ze namanigny tenda-kany mahamegnasy gny rany. [8]Ze mihary gny heriny aminigny zana-bola be loasy dra
mamory gny hareny ho anigny hafa ze hana-piatra amigny olo mahatra.[9]Raha misy olo mamarosy gny sofiny sy
hiteno gny lalana, na gny fivavahany aza maharikoriko. [10]Na iza na iza mamily lala gny mahisy aminigny lalan-
drasy dra hilasaky ao aminigny lavany avo, fa gny sy mana signy gny hana lova soa.[11]Gny olo manan-draha dra
mety ho hendry eo imasony avo, fa gny olo mahatra ze mana fahazava-say gny hahita anazy. [12]Gny fa misy
fandresena ho anigny olo-mary, dra misy voninahisy lahibe, fa gny fa misanga gny rasy fagnahy, dra mivony gny
olo.[13]Ze magnavony gny fahotany sy hambiny, fa ze miaiky vo mahafo reo gny hanehoa famindra-po. [14]Ho tahina
ze miay aminigny fanehoa-pazaka mandrakariva, fa ze magnamafy gny fony dra ho tra-pahoria.[15]Manahaky gny
liona miero na bera miremby gny panapaky rasy fagnahy eo aminigny olo mahatra. [16]Gny panapaky sy apy
fahazava-say dra papahory lozabe, fa ze malaiky gny sy fahamarigna gny hapitombo gny androny.[17]Raha meloky
gny olo raiky akory nandasaky lion'olo, dra ho pisoa-ponegna mandra-pahafatiny izy dra sy hisy olo hamozy
anazy. [18]Na iza na iza mandeha aminigny fahisia dra harova, fa gny raiky ze mandeha aminigny lala-meloky gny
ho lavo tapoky.[19]Ze miasa gny taniny dra hana hany maro, fa na iza na iza magnaraky gny raha-foana dra hahazo
fahatra maro. [20]Gny olo matoky dra hana fitahia lahibe, fa ze malaky mahazo harena dra sy ho afa-may.[21]Sy soa
gny maneho fengara, fa ho anigny tapa-,ofo gny havoanigny olo gny sy mety. [22]Gny olo kahihisy dra magneziky
gny fa malaky, saingy sy fatasy fa gny fahatra gny ho avy eo aminazy.[23]Na iza na iza magnatrasy olo, dra hahita
sitraky maromaro boak'aminigny raiky ze mandoky anazy aminigny lelany afaran'izay, [24]Na iza na iza mandroba
gny rany vo gny reniny dra mizaka ho: "Sy fahota zay," dra namanigny raiky ze manola izy.[25]Gny olo sy mahono-
tegna magnesiky fifandira, fa ze matoky an'i Yaveh gny hambiny, [26]Ze matoky gny fony avo dra mola, fa na iza na
iza mandeha apahendrena dra hienga gny loza.[27]Ze magnome gny mahatra dra sy ho ory na ino na ino, fa na iza
na iza mihiri-belo amin'ereo dra handray ozo marobe. [28]Gny fa misanga gny olo rasy, dra miafy gny olo, fa gny olo
rasy fagnahy dra ho foa, dra hitombo gny olo-mary.

Chapter 29

[1]Gny olo raiky ze nandray anasy maro kanefa magnamafy gny hatony dra ho rava ao agnatinigny fotoa fahy sy
misy fagnasitragna. [2]Gny fa mitombo gny olo-mary rasy fagnahy gny panapaky, dra miseho gny olo.[3]Na iza na iza
tia gny fahedrena dra mahafaly gny babany, fa izay midray amigny pizangazanga dra manola gny hareny.
[4]Mametraky gny tany amigny babany gny pazaka, fa izay mangataky solosy koa dra manola izay.[5]Gny olo izay
mandoka gny namany dra mamelasy harato ho an'ny tombony. [6]Ao amigny fahotan'ny rasy fagnahy gny fadriky,
fa gny olo- marina koa dra mihira dra mifaly.[7]Gny olo-marina dra mihevisy gny alin'ny olo mahatra; gny olo rasy
fagnahy dra sy mahatakasy fahalalana toy izay. [8]Mapirehisy gny tanana gny panirasira, fa ireo izay hedry koa dra
mapivily fahatezerana.[9]Gny fa mialy hevisy amigny mola gny olo-hedry, dra sy hisy fisahara. [10]GNy lia-dra dra
malaiky izay sy mana-signy dra mifofo gny ain'ny marina.[11]Gny mola dra mapiseho gny haoriany aby, fo gny olo-
kendry koa dra mitan'anizay dra mapitony gny vatany. [12]Raha miteno vandy gny panapaky, dra ho rasy fagnahy
avokoa reo mana-pahefan'aby.[13]Gny olo mahatra vo gny papahory dra mitovitovy, fa Yaveh dra magnome hazava
ho anigny mason'ereo ro. [14]Raha misara gny mahatra aminigny fahamarigna gny pazaka raiky, dra hitoby
mandrakizay gny seza fiandrianany.[15]Gny sorakazo vo gny anasy dra magnome fahendrena, fa gny zanaky afaky
taminigny fisipiky dra mahamegnasy gny reniny. [16]Gny fa eo aminigny fahefa gny olo rasy fagnahy, dra mitombo
gny fandika-dalana, fa gny olo-mary koa dra hahita gny fionganananigny olo rasy fagnahy.[17]Fehezo gny zanakao dra
hagnome fisaharan'anao izy; hinday hamamia aminigny fiegnanao izy. [18]Agny amizy sy misy fahita ara-paminany
dra mihabiby gny olo, fa tahy ze mitandry gny lalana.[19]Sy ho voahisy aminigny zaka gny andevo, fa na dre
mahatakasy izy; dra sy hisy valiny. [20]Atio gny olo ze malaky fizaka? Misy fanatena bebe kokoa ho anigny mola
noho gny aminazy.[21]Ze mapihata gny andevony hatraminigny fahatanorany, dra hana olon'agny aminigny
faran'izay. [22]Gny olo ory magnesiky fifandira dra gny toponigny fahoria hanao fahota maro.[23]Gny avognavonigny
olo mapihetry anazy, fa ze mana fagnahy mietry koa dra homem-boninahisy. [24]Ze mizara aminigny pangalasy dra
malaiky gny ainy avo; mahare gny ozo izy fa sy mizaka na ino na ino.[25]Gny tahosy gny olo dra mahaavy fandriky,
fa ze matoky an'i Yaveh gny ho voaaro. [26]Maro reo ze mitalia gny tavanigny panapaky, kanefa boak'amin'i Yaveh
gny rariny ho anigny olo raiky.[27]Gny olo sy mary dra fahavetaveta ho anigny olo-mary, fa ze mahisy lala koa dra
maharikoriko gny olo rasy fagnahy.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 30

[1]Gny zakan'i Agora zanak'i Jake__fapita: nitory tamin'i Itiela io lelahy io, tamin'i Itiela vo i Okala: [2]Manahaky gny
biby tokoa zaho mihoasy gny olo dra sy mana gny fahazavasainigny olombelo zaho. [3]Sy nianasy fahendrena zaho,
na mana gny fahalala gny Ray masy.[4]Iza gny niakasy vo hizoso tagny an-dagnisy? Iza gny namory gny rivosy
tegny atagnany? Iza gny navoavory gny rano teo aminigny lambany? Iza gny nagnory gny faranigny tany aby? Iza
gny agnarany, dra iza gny ragnaranigny zanany? Fatasao tokoa zay![5]Voazaha toetra avokoa gny zakan'Agnahary;
apinga ho an'ireo ze mialoky aminazy Izy. [6]Ka magnapy aminigny zakany, soa ho faizy hanao, dra ho voaporofo fa
pavandy.[7]Raha ro gny angatahiko aminao, dra ka mihazo reo melohanigny hahafatesako: [8]Alaviro anahy gny
zava-poa vo gny vandy. Ka omen'anahy na gny fahatra na gny harena, fa omeo anahy avo gny hany ze taliaviko.
[9]Fa raha mana maro loasy zaho, dra mety handa hanao dra hizaka ho: "Iza moa i Yaveh?" Na raha tonga mahatra
zaho, dra mety hangalasy dra handoto gny agnaranigny Zagnahariko.[10]Ka mangendrikendriky gny andevo eo
agnatrehanigny topony, soa hagnozon'anao iza dra ho voata ho ory hanao izy dra ho voata ho meloky hanao.
[11]Misy taranaky magnozo gny rany sady sy misaotra gny reniny. [12]Misy taranaky malio eo imasony avo, kinazo sy
voasasa taminigny lotony akory.[13]Misy taranaky manaadrasy gny masony, dra endrey gny fisandratanigny holi-
masiny! [14]Misy taranaky ze mandrasy gny nifiny, dra gny valanoranony manahaky gny rasy, ba handrapahany
gny mahatra hiala aminigny tany dra gny ory sy ho eo aminigny zanak'olombelo.[15]Gny lita managnanaky vaviny
ro: "Omeo, Omeo" hoy gny fihiakiakiny. Misy raha telo ze sy mety afapo, efasy ze sy ba mizaka mihisy ho: "Apy
zay": [16]dra gny Fiegna-sy hita; gny kibo momba; gny tany sy voton-drano; dra gny afo gny sy ba mizaka mihisy ho:
"Apy zay!" [17]Gny maso ze manirasira gny babany sady mandrabiraby gny fakatoava gny reny, ho saingohanigny
koaky agny agnahisy gny mason'izay, dra ho laninigny volotoro izy.[18]Misy raha telo izay mahagaga loasy ho
anahy,eny efasy izay sy takaso:[19]Gny lalan'ny voramahery egny an-dagnisy; gny lalan'ny bado egny an-dagnisy;
gny lalan'ny sambo egny amigny ranomasina; ary gny lalan'ny lelahy miaraky amigny tovovavy.[20]Zao gny
fombanigny apela zanga: mihina izy dra mamafa gny vavany dra mizaka ho: "Sy nanao rasy zaho."[21]Mihovisovisy
eo ambaninigny raha telo gny tany, dra ambaninigny raha efasy gny sy zakany: [22]dra gny andevo raha avy
pazaka, gny mola raha visy hany; [23]gny apela hala raha apakary; dra panopo vavy raha mangalaky gny
toeranigny topo vaviny.[24]Raha efasy eto atany gny kely kanefa hendry tokoa: [25]gny vikisy dra voahary sy
matazaky, kanefa magnoma gny sakafony aminigny fahavarasy ereo; [26]gny hyraky gny vato dra sy voahary
mahery, kanefa manao gny fonegnany agnaty vatolapy.[27]Gny valala dra sy mana pazaka, kanefa mirindra
milahasy soa gny liany. [28]Dra gny aminigny asiasy, dra azonao hazogny aminigny tagnanao ro zay, kanefa dra hita
agny amireo lapanigny pazaka.[29]Misy raha telo tena soa famindra vo efasy tena soa gny fomba fandehany: [30]gny
liona, ze mahery indrindra amireo bibidia__sy miery aminigny ino na ino zay; [31]gny akoholahy pialy; gny
osilahy;dra gny pazaka ze eo agnilany gny miaramilany.[32]Raha mola hanao, manandra-tegna, na raha namisavisa
rasy__dra atovy eo am-bavanao gny tagnanao. [33]Gny fagnosakosagna gny ronono gny mahavy ronono mandry dra
manahaky gny fiboahan-dio aminigny oronigny olo raha ahodikody zay, dra manahaky anizay koa gny asa atao
amin-kahoria dra miteraky aly.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 31

1Ireo zakan'i Lemoela pazaka__anasy napianarin'ny reniny anazy. 2Ino, ry zanako? Ino izay, ry zanaky gny
kiboko? Ino gny taliavinao, ry zanaky gny voadiko? 3Ka ame gny vehivavy gny herinao, na gny lalanao ho an'ireo
izay mamotiky gny pazaka.4Izay dra sy ho an'ny pazaka, dra Lemoela, sy ho an'ireo pazaka gny fisotrana divay, na
koa ho an'ny panapaky ba hagnotany ho: "Eza gny zava-pisotro mahery?" 5Fadrao halignon'izy ireo izay fa
voadidy, dra hamadiky gny marina izay amigny fahoriana rehetra.6Omeo zava-pisotro mahery gny olo izay fa ho
maty dra divay hi an'ireo agnaty fahoria mangily. 7Hino izy dra hagnaligno gny fahatrany dra sy hahasiaro gny
fahoriany izy.8Mizaka ho an'ireo izay sy afaky mizaka, ho an'ny adin'izay rehetra fa ho maty. 9Mizaka matrasy dra
misara araky gny rariny dra misoloa vava ho an'ny olo mahatra vo ory.10Iza gny afaky mahita vehivavy mahavita
anazy? Gny lazany dra mihoasy lavisy noho gny firavaky. 11Gny fon'ny valiny mitoky aminazy, dra sy hahatra
mihisy izy. 12Manao zava-soa hon'azy izy dra sy manao rasy amigny andro-piaignany rehetra.13Misafidy
volon'agnondry vo rongony izy, dra miasa an-kafaliana amigny tagnany. 14Manahaky ireo sambon'ny panao
raharaham-barosy izy; avy lavisy gny andesany gny sakafony. 15Mifoha izy gny bo hariva dra magnome hany ho
an'ny ankohonany, dra mizara gny asa ho an'ireo panopo vaviny.16Izy gny mandiniky gny saka dra mivily izay,
amigny vokasy gny tagnany gny amboleny voaloboky. 17Mapitafy hery gny vatany dra mapatazaky gny sandrny.
18Mahafatasy izay mety ho tombony nsoa hon'azy izy; mandrisy gny alina tontolony gny zirony dra sy maty.
19Apetrany eo amigny ampela gny tagnany, dra tanany gny fihazognam-bohavona.20Magnasotra gny tagnany
amigny olo ory izy. 21Sy matahosy amigny oram-panala ho amigny ankohonany rehetra dra mignisy volona-
gnondry mena.22Magnamboasy firakosy ho an'ny fandriany izy, dra miakazo fitafy rongony matify voloparasy.
23Gny avaliny gny fatasy ao amigny vavahady, rehefa mitoboky midray amigny loholon'ny tany izy.
24Magnamboasy akazo rongony fosy izy dra mamarosy ireo, dra namasy samboady ho an'ireo pamarosy izy.
25Mitafy gny hery vo gny voninahisay izy, dra mohomehy amigny fotoana ho avy izy.26Manokaky gny vavany
amigny fahedrena izy dra eo amigny lelany gny lalan'ny hasara-pagnahy. 27Mihobia gny lalan'ny ankohonany izy
dra sy mihinana gny mofon'ny fahalainana.28Manokaky gny zanany dra mitoka anazy ho voatahy, dra midera
anazy gny valiny, manao ho: 29"Maro gny vehivavy fa nanao gny soa, saingy mihoasy anazy rehetra
hanao."30Fitaky gny fahasarana, zava-poana gny hasaran-tarehy, fa gny vehivavy matahosy an'i Yaveh, dra ho
deraina izy. 31Omeo anazy gny vokasy gny tagnany dra aoka gny asany hidera anazy amigny vavahady.

# Ecclesiastes

Chapter 1

1Tahoky gny zakan'gny Mpitoriteny, gny taranak'i Davida vo pazakan'i Jerosalema.2Gny Mpitoriteny mizaka zao."
Manahaky gny enton'gny zavo, manahaky gny sio-drivosy, gny fanzavonan'gny raha aby, manenga fagnotania
maro.3Ino gny tombon-soa azon'gny olombelo boak'amin'gny asa aby ze nirokafany teo ambany masoandro?4Gny
taranaky raiky lasa, vo gny taranaky raiky hafa avy, kanefa gny tany mitoesy mandrakizay.5Miposaky gny
masoandro, vo miletiky zay vo meky hihery agny amin'gny toera ze hiposahany ndraiky.6Misioky magnasimo gny
sioky dra manao faribola mihodiky magnagny avarasy, mandeha mihodiky amin'gny lala hatragny vo mihery
ndraiky.7Reo ony aby mikoria an-dranomasy agny, fa gny ranomasy sy mbo mety feno. Agny amin'izay toera
handehan'ireo ony, gny handehanan'izay ndraiky.8Nazary mandrokaky gny raha aby, dra sy misy afaky
magnazava zay.Gny maso sy afa-po amin'ize hitany, na gny sofy tateraky amin'ize reny.9Ze iaby fa teo dra mbo ho
eo, vo ze iaby fa vita gny mbo ho ahy. Sy misy raha vaovao ambany masoandro etiky.10Moa se misy raha zay mety
ho zakay ho: 'Ingo, raha vaovao tiky'? Ze iaby misy dra nisy hatramin'gny fotoa ela, nandris'ireo tao ze avy ela
talohasika.11Sahala sy misy hita mahatadidy reo raha ze niseho tamin'gny fotoa fa ela, vo reo raha ze niseho vo sy
elavo reo ze mbo hiseho amin'gny ho avy dra sy ho tadidy koa."12Zaho gny Mpitoriteny, sady fa pazaka teo
amin'Israely tagny Jerosalema.13Napiasa gny saiko zaho mbo hianasy sady hitalia am-pahendre gny raha aby ze
nahy teo ambanin'gny lagnisy. Zay fitaliava zay dra asa mavesasy ze nomen'Agnahary an'ireo zanak'olombelo
mbo hirokafa.14Fa hitako aby gny asa aby ze nahy teo ambany masoandro, vo ingo, izy aby reo dra ento mihavosa
vo fikasa gny hanohisy gny rivosy.15Gny meloky dra sy mety hahisy! Gny sy avy sy azo isay!16Nizaka tamin'gny
foko zaho nanao ho:" Ingo, zaho dra nahazo fanhendre lahibe noho reo iaby ze talohako tagny Jerosalema. Gny
saiko dra nahita fahendre vo fahalala lahibe."17Koa napiasa gny foko zaho mbo hahalala fahendre vo
fahaverezan-say vo hadala avo koa. Avy zaho mbp hahatakasy fa fikasa gny hanohisy gny rivosy avo koa zay.18Fa
amin'gny fitobahan'gny fahendre gny mapisy fahoria be, vo ze mapitombo fahalala dra mapitombo alahelo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 2

[1]Ho zaho am-po ho: "Magnatogna zao, hisapa anao amin'gny hafalia zaho. Ka tiava fahafinareta."[2]Fa ingo, sio-drivosy mandalo avo zay. Ho zaho tamin'gny fihomeza ho: " Fahadala zay," vo tamin'gny fahafinareta ho: " Ino gny ila anizay?"[3]Nagnety gny tao am-poko zaho ho akory gny hahitako fahafinareta amin'gny divay. Engako tarihin'gny saiko amin'gny fahendre zaho ndre dra mbo voata tamin'gny hadala avo aza zaho. Te hahita ze soa ho an'gny olo mbo hahy etiky ambanin'gny lagnisy zaho mandris'ireo andro hiainany.[4]Nagnatateraky raha lahibe zaho.Nananga tragno ho anahy zaho dra namboly teo amin'ireo tanim-boaloboky.[5]Nananga zaridaina vo saha ho an'gny vatako zaho; namboly reo karazan-kazo aby fihinam-bihy teo amin'izay zaho.[6]Namoro farihin-drano mbo hamasia rano reo ala ze nitomboan'ireo hazo zaho.[7]Novliko reo andevo lahy vo reo andevo apela; nana andevo teraky tao an-dapako zao. Nana agnomby maro vo agnondry vo aosy ho biby fiteza avo koa zaho, maro mihoasy noho gny an'ireo pazaka ze nanapaky teo alohako tao Jerosalema.[8]Namory volafosy vo volamena, gny haren'ireo pazaka vo reo faritany ho an'gny vatako avo koa zaho. Nana piansa lelahy vo apela ho an'gny vatako manoka zaho---reo fahafinaretan'gny zanak'olombelo---vo valy masay maro.[9]Dra nazary lahibe vo pagnarivo mihoasy noho reo aby ze talohako tao Jerosalema zaho, vo gny fahendreko nitoesy taminahy.[10]Ndre ino ndre ino nirin'gny masoko, dra sy nitanako tamin'ireo. Sy nita gny foko tamin'gny fahafinareta aby zaho, akory gny fooko dra nifaly tamin'gny asako aby vo gny fahafinareta gny valisoako tamin'gny asako aby.[11]Dra nagnety reo asa aby vitan'gny tagnako zaho, vo reo firokafa ze nahiko, fa gny raha aby dra ento vo fikasa hanohisy gny sioky ndraiky. Sy hisy tombon-soa tamin'ze tetiky ambanin'gny masoandro.[12]Boakeo dra nitoliky zaho mbo hihevisy gny fahendre,vo koa gny fahaverezan-say vo gny fahadala. Fa ino gny azon'gny pazaka ho avy handimby gny pazaka ahy,zay sy mbo tateraky?[13]Dra nanomboky nihanazava gny saiko fa gny fahendre dra ahazoa tombony loasy noho gny fahadala, manahaky gny fahazava soa loasy noho gny ezy.[14]Gny olon-kendry dra mapiasa gny masony eo amin'gny lohany mbo hagnitia gny lala andehana, fa gny mola ddra mandeha amin'gny ezy, ndre dra fatako aza fa lahatry mitovy avo gny ho an'gny olo aby.[15]Dra ho zaho tam-poko tao ho: "Ze mahazo gny mola , dra hahazo anahy avo koa. Ka ino gny maha-sambihafa anizay no vatany hendry zaho?" Dra nifeheziko tam-poko tao ho: " Tiky koa dra ento avo."[16]Fa gny olon-kendry, manahaky gny mola, dra sy saroy ela akory. Ho avy gny andro zay hagnalignoa gny raha aby. Gny olon-kendry dra maty manahaky gny mahafaty gny mola.[17]Ka dra nakalay gny fiaigna zaho akory reo asa aby ze vita teo ambany masoandro dra rasy taminahy. Zay dra akory gny raha aby dra ento vo fikasa hanohisy gny sioky.[18]Halako aby reo fikasako aby ze niasako tegny ambany masoandro akory dra sy mainsy manenga regny afara agny ho an'ze lelahy ho avy magnaraky anahy zaho.[19]Fa ia gny mahay na ho olon-kendry izy na ho mola? Nefa izy dra ho tompo eran'gny raha aby ambany masoandro zay nasangan'gny firokafako vo fahendreko. Ento avi koa zay.[20]Noho zay dra nanomboky namoy fo tamin'ireo asa aby ze nahiko teo ambany masoandro zaho.[21]Fa mety misy olo ze misasasy amin'gny fahendre, amin'gny fahalala, vo amin'gny fahaiza-manao, fa hengany ho an'gny lelahy ze sy nanao ndre raiky tamin'ireo aza gny raha aby hanagnany. Zay koa dra ento vo loza lahibe.[22]Fa ino gny tombon-soa azon'gny olo ze miasa fatrasy vo miezaky manao amin'gny fony reo asany eo ambany masoandro?[23]Isan;andro dra maharary sady mapialy say gny asany, ka dra sy mahita fisahara gny fagnahiny amin'gny hariva. Zay koa dra ento.[24]Sy misy raha soa amin'gny olo mihoasin'gny ho mihina vo mino avo vo afa-po amin'ze soa amin'gny asany. Dra nahita zaho fa avy amin'gny tagnan'Agnahary zay mary zay.[25]Fa ia gny afaky hihina na ia gny afaky hana fahafinareta isan-karazaky ankoasy gny bokamin'Agnahary?[26]Fa ze sy mahafaly Anazy, dra homen'Agnahry fahendre vo fahalala vo fifalia. Kanefa, gny panota dra omeny gny asa famoria vo fitahiriza mbo hahafahany magnome anizay ho an'gny olo ze mahafaly an'Agnahary. Zay koa dra isan'gny ento vo fikasa hanohisy gny sioky.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 3

[1]Fa gny raha aby dra fa voatondro amin'gny fotoany, vo gny vanim--potoa ho amin'gny tanzona kiraidraiky
ambany lagnisy.[2]Misy fotoa ahateraha vo gny fotoa ahafatesa, fotoa hambe vo fotoa hamokara, [3]Fotoa hamonoa
vo fotoa hagnasitragna, fotoa handrava vo fotoa hanangana.[4]Misy fotoa hitomagnia vo fotoa hihomeheza, fotoa
handala vo fotoa handihiza,[5]fotoa hagnariam-bato vo fotoa hamoriam-bato, fotoa hamihigna olon-kafa, vo fotoa
handrara gny famihigna.[6]Misy fotoa hitaliavan-draha vo fotoa hiegnena mitalia, fotoa hifikira amin-draha vo
fotoa hagnaria anizay,[7]fotoa hanataha vo fotoa hanzaira, fotoa hisigna vo fotoa hizaka.[8]Misy fotoa hitiava vo fotoa
hankalegna, fotoa hialia vo fotoa hihavagna.[9]Ino gny tombony azon'gny piasa amin'gny asany?[10]Fa hitako gny asa
ze omen'Agnahary ho taterahin'gny olombelo.[11]Fa nano gny raha aby hifagnaraky amin'gny fotoany Zagnahary. Fa
napitoesy gny mandrakizay tao am-pon'ereo avo koa Izy. Nefa sy afaky hahatakasy gny asa lahibe zay
nahin'Agnahary gny olombelo, hatramin'gny fetombohany ka hatramin'gny fifaragnany.[12]Fatako fa mosy raha soa
ho an'gny olo noho gny mifaly vo manao raha soa hatragny no mbo velo koa izy---[13]vo gny olo aby dra tokony
hihina vo hino, dra tokony hahay hifaly amin'gny soa ze boakamin'gny asany aby. Fagnomeza
boakamin'Agnahary zay.[14]Fatako fa ze iaby ahin'Agnahary dra maharisy mandrakizay. Sy afaky apia zay na
angala, akory Zagnahary gny fa nanao anizay mbo agnatognan'Gny olo Anazy amin'gny voninahisy.[15]Ze iaby misy
dra afa nisy, ze iaby hisy dra fa nisy. Zagnahary dra nanao gny olombelo hitalia reo raha mivony.[16]Fa nahita gny
faharasia ze etiky ambany masoandro zaho, zay tokony hisy gny rariny, vo eo amin'gny toeran'gny fahamarigna,
dra gny faharasia gny tao.[17]Ho zaho am-po ho: " Ho sarain'Agnahary amin'gny fotoany gny olo-mary vo gny rasy
fagnahy gny amin'gny raharaha vo gny asany aby,"[18]Ho zaho am-po ho: " Mizaha toesy gny olombelo Zagnahary
mbo hanehoa andreo ga manahaky gny biby ereo."[19]FA amin'ero dra sahala gny mahazo gny zanak'olombelo vo
gny mahazo gny biby. Gny fahafatesan'gny raiky dra manahaky gny fahafatesan'gny raiky hafa. Mitovy gny
fofon'ain'izy aby. Sy misy tombony ho an'gny olombelo eo amin'gny biby. Fa moa se sy fofon'ay avo gny raha iaby?
[20]Gny raha iaby dra samby mizotry amin'gny toera raiky. Gny raha iaby dra boakamin'gny botany, vo gny raha
iaby dra hipoly botany.[21]Ia gny mahay na miakasy ambony agny gny fagnahin'gny olombelo vo mizoso amin'gny
tany ambany agny gny fagnahin'gny biby?[22]Ka dra sapako ndraiky fa sy misy raha soa ho an'gny olo noho gny
mifaly amin'gny asany, fa zay gny asa nanendre anazy. Ia gny afaky handay anazy mihery mbo hagnety ze
miseho afarany?

## Chapter 4

[1]Nandiniky ndraiky mandeha mahakasikin'gny fahoria aby ze vita teo ambany masoandro zaho. Dra ingo, gny ranomason'gny napahoria, vo ereo dra nana ndre ia ndre ia mbo hapiono anazy! Teo an-tagnan'gny papahory andreo gny hery, vo sy nisy ndre raiky aza hapiono andreo![2]Noho zay dra miarahaba gny olo maty zaho, reo ze fa maty, fa sy gny miay, reo ze mbo velo.[3]Kanefa, sambasy noho ereo ro gny olo ze sy mbo noharia, ze sy mbo nahita gny asa rasy aby ze vita teo ambany masoandro.[4]Vo itako fa gny asa kiraidraiky vo gny fahaiza-manao kiraidraiky dra nazary fisiriritan'gny piara-mony hasa. Zay avo koa dra ento vo fikasa hanohisy gny sioky.[5]Gny mola mamorisy gny tagnany sady sy miasa, ka dra gny nofony avo gny hahiny.[6]Fa soa loasy gny tombony raiky tana amin'gny asa mangiky noho gny ro tana amin'gny asa zay miezaky gny manohisy sioky.[7]Boakeo dra nandiniky mahakasikin'gny raha fahatany maro ndraiky zaho, fifanzavogna zavo maro teo ambany masoandro.[8]Misy gny larazan-delahy ze mitoboky raiky. Sy mana ndren ia ndre ia izy, ndre zanadahy ndre rahalahy. Sy misy fifaragna gny asany, vo gny masony sy mbo afa-po amin'gny harena azo. Nagnotany tegna izy ho: " Ho amin'ai gny hiasako fatrasy vo handavan'gny vatako gny fifalia?" Raha fahatany avo koa zay, toe-draha rasy.[9]Soa loasy gny olo ro miasa noho gny raiky; no mindray ereo dra afaky mahazo karama soa ho an'gny asany.[10]Fa no lavo gny raiky, dra afaky mapiary gny namany gny raiky hafa. Kanefa, gny alahelo dra magnaraky gny raiky ze reriky no fa lavo izy ka sy misy ndre raiky aza mapiary anazy.[11]No ro mindray mandry, dra mety hafa ereo, fe akory gny hapafana reriky gny raiky?[12]Gny lelahy raiky gny mety resy, fa gny ro mety afaky manohisy fanafiha, vo gny kofehy telo sy mora tapahy.[13]Soa loasy gny mahatra fa tanora hendry manahaky ze pazaka antisy mola zay sy mahafatasy zazy gny fomba itenoa fapitandrema.[14]Mary zay ndre nazary pazaka aza gny tovolahy raiky boakagny am-pigadra, ndre dra mbo nateraky hahatra ao amin'gny fanzakany aza izy.[15]Kanefa, zaho dra nahita gny olo aby ze velo vo mandeha ambanin'gny masoandro mandefa gny vatan'ereo magnagny amin'gny tovolahy hafa zay nisanga manahaky gny pazaka.[16]Sy misy fafaragna ho an'gny olo aby ze magniry gny hagneky gny pazaka vaovao, fa afar dra maro amin'ereo gny sy hisiriry anazy sasy. Ento vatany zay toe-draha zay vo fikasa hanohisy gny rivosy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 5

[1]Tandremo gny fitondran-tegnanao no fa magnagny an-tragnon'Agnahary hanao. Mandehana agny mbo hiteno.
Gny miteno dra soa noho gny mola manolosy soro fe sy mahay fa rasy gny ahin'ereo eo amin'gny fiaigna.[2]Ka
malaky loasy mizaka amin'gny vavanao, dra aoky gny fona sy halaky eo agnoloan'Agnahary. Agny an-danisy
Zagnahary, fa hanao en-tany etiky, koa aoky ho masaiky reo zakanao.[3]No be loasy gny raha ahinao vo mapiahiahy
anao, dra hanofy rasy vatany hanao. Gny hamaron'ireo zakano, gny hamaro gny fahadala mety ho zakainao.[4]No
fa mivoady amin'Agnahary hanao, dra ka milegnalegna amin'gny fanaova anizay, fa sy ton'Agnahary reo mola.
Ahivo ze nanaovanao voady fa ho ahinao. [5]Aleo sy mivoasy toy zay moavy ze sy tateraky akory.[6]KA enga
hapagnota gny nofonao gny vavanao. Ka mizaka amin'gny iraky gny pisoro ho: " Fahadisoa igny voady igny."
Nagnino gny mapahory an'Agnahary amin'gny fanaova voady sy izy, mihansy an'Agnahary hanimba gny asan'gny
tagnanao?[7]Fa oa amin'gny nofy maro, manahaky gny ao amin'gny zaka maro, dra misy ento sy misy dikany. Ka
matahora an'Agnahary.[8]No hitanao apahoria vo robay amin'gny fitondra mary vo mahisy ao amin'gny faritaninao
gny mahatra, dra ka gaga no sy misy olo mahay, akory misy olo mahery zay miamby ireo eo ambany
fahefan'ereo, vo misy olo ambony loasy aza manapaky andreo.[9]Fagnapin'izay, an'gny olon'aby gny vokasy gny
tany, vo gny pazaka mihisy gny mangalaky gny vokasy amin'ireo saha.[10]Gny olon'aby ze tia volafosy dra sy ho afa-
po amin'gny volafosy, vo gny olo aby ze tia harena dra mitalia mihoasy lalandava. Zay, avo koa, dra ento.
[11]MAnahaky gny hitomboan'gny fanambigna, dra manahaky anizay avo koa gny olo ze mihina anizay. Ino gny
tombon-soa an'gny tompony amin'gny harena laha-sy gny magnety amin'gny masony?[12]Mamy gny torimason'gny
olo miasa, na mihina keliky na maro izy, fa gny haren'gny olo pagnarivo dra sy manenga anazy hatory soa.[13]Misy
rasy mahory ze fa hitako tetiy ambany masoandro: dra harena avorin'gny tompony, fa mifara amin'gny fahoriany
avo.[14]No very amin'gny vitan-drasy gny haren'gny olo pagnarivo, gny zanadahiny, gny naterany, dra tavela sy
mana ndre ino ndre ino eo an-tagnany.[15]MAnahaky gny olo teraky sy nisiky boakao an-trokin-dreniny, dra sy
miaiky manahaky anizay avo koa gny hiakany amin'itiky fiaigna tiky. Sy afaky handay ndre ino ndre ino egny an-
tagnany boakamin'gny asany izy.[16]Gny rasy mahory hafa dra manahaky gny olo avy vatany, koa manahaky anizay
koa gny sy mainsy handehanany. Koa ino gny tombony azon'gny olo amin'gny fiasa ho an'gny sioky?[17]MAndrisy
gny androny dra mihina amin'gny ezy izy vo ory fatrasy amin'gny arety vo hahoria.[18]Ingo, ze fa hitako ho soa sady
mety dra mihina vo mino vo mankafy gny tombony amin'gny asasika aby, no miasa ambanin'gny masoandro
mandrisy tiky androm-piaigna ze fa nomen'Agnahary asika tiky. FA zay gny anzaran'gny olo.[19]Gny olo ze
nomen'Agnahary fanagana vo harena vo fahaiza mbo handramby gny anzarany ka hifaly amin'gny asany---
fagnomeza boakamin'Agnahary zay.[20]FA sy mahasiaro matetiky reo androm-piainany izy, akory ahin'Agnahary
rokaky amin'ireo raha zay tiany ahy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 6

[1]Misy rasy zay fa hitako teo ambany masoandro, dra mafy ho an'gny olo zay.[2]Mety hagnome fanagna, harena. vo voninahisy amin'gny olo raiky Zagnahary mbo sy ho ory ndre ino ndre ino amin'izay iriny ho an'gny vatany izy, fe Zagnahary sy hagnome fahefa anazy mbo hakafiza anizay. Fa kosa, misy olon-kafa mapiasa reo rahany. Raha fahatany zay, fapahoria rasy.[3]No misy lelahy mana zanaky an-zatony vo miay tao maro, mbo ho maro gny andron'ireo taony, fa no sy afa-po amin'gny soa gny fony vo sy alevy am-boninahisy izy, dra ho zaho ho gny zaza maty teo am-pahateraha dra soa loasy noho izy.[4]Ndre dra teraky amin'gny raha fahatany aza gny zaza manahaky anizay vo maty ao amin'gny ezy, ndra mitoesy ho fagnavonia gny agnarany.[5]Ndre dra mahita gny masoandro aza iho zaza iho ndre sy mahafatasy ndre ino ndre ino, dra mana fisahara mihoasy noho zay lelahy zay izy.[6]Ndre dra tokony kiay ro arivo tao aza gny olo nefa sy mianasy makafy reo raha soa, dra mandeha agny amin'gny toera mitovy gny olo hafa aby izy.[7]GNy asan'gny olo dra amin'gny vavany, nefa sy mbo afa-po amin'gny homany.[8]Eka vatany, ino gny tombon-soa anagnan'gny olon-kendry amin'gny mola? Inona gny tombon-soa anagnan'gny mahatra dra mahafatasy fomba fihesiky magnoloa gny olo hafa aza izy ?[9]Soa loasy gny afa-po amin'ize hitan'gny maso noho gny magniry ze taliavin'gny homana mandehandeha, zay ento vo andra hanohera sioky avo koa.[10]Ze iaby nisy dra fa nome gny agnarany, vo fa fatasy ho manahaky gny ino gny olombelo. Noho zay dra nazary sy misy dikany gny miafamaly amin'ize pisara maherin'gny iaby.[11]Arakaraky gny hamaro gny zaka voazaka, gny hitomboan'gny raha fahatany, koa ino gny tombon-soan'izay amin'gny olo?[12]FA ia gny mahafatasy ze soa hoa an'gny olo eo amin'gny fiaianany mandalo,andro voaisa ze hiaignany manahaky gny aloky? Ia gny afaky mizaka amin'gny olo gny amin'ize hoa avy egny ambany masoandro no fa avy mandalo izy?


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 7

[1]Gny laza soa dra soa loasy noho gny ranomagnisy lafo vidy, vo gny andro hahafatesa dra soa loasy noho gny
andro hahateraha.[2]Soa loasy gny mandeha agny amin'gny tragno fandalagna noho gny agny amin'gny tragno
firavoravoa, akory gny fandalagna dra avy amin'gny olon'aby amin'gny faran'gny fiaigna, katokony rambesin'gny
olo velo am-po zay.[3]Gny alahelo dra soa loasy noho gny siky, fa afaran'gny tarehy malahelo gny hiavian'gny
hafalian'gny fo.[4]Gny fon'gny hendry dra ao an-tragno fandalagna, fa gny fon'gny mola kosa ao an-tragno
firavoravoa.[5]Soa loasy gny miteno zaka fatrasin'gny hendry noho gny miteno gny hiran'gny mola.[6]Fa manahaky
gny fikarepok'ireo tandroky mirehisy ambany vilagny, dra manahaky anizay koa gny fihohin'ereo mola. Zay, avo
koa, dra raha fahatany.[7]Gny fangala an-keriny dra azo atoky fa mahalasa gny mola ho hendry, vo gny kolikoly
manimba gny fo.[8]Soa loasy gny fifaragnan'gny raharaha raiky noho gny fiandohany; vo gny olo maharisy am-
panahy dra soa loasy noho gny mirehareha am-panahy.[9]Ka mora ory gny fagnahinao, akory gny hahoria dra
mitoesy ao am-pon'ereo mola.[10]Ka mizaka ho: " NAgnino reo andro taloha gny soa loasy noho tahoky? " Fa zay dra
sy noho gny fahendre no magnotany iho fagnotania iho hanao.[11]Gny fahendre dra soa noho reo raha manan-
danza ze nolovainsika boakamin'ireo razambesika. Zay dra manday tombon-soa ho an'ireo ze mahita gny
masoandro.[12] Fa gny fahendre dra manday fiarova manahaky gny vola zay afaky manday fiarova, fe gny tombon-
soan'gny fahalala dra gny ho magnome fiaigna ho an'ize mana anazy gny fahendre.[13]Saino reo asan'Agnahary: Ia
gny afaky hagnisy gny raha aby nivignirany?[14]No fa soa gny andro, dra miaigna amim-pifalia amin'izay hasoa zay,
fa no fa rasy gny andro, dra saino gny momba tiky: Zagnahary dra fa nanenga anazy ro hindray. Noho zay antony
zay, dra sy misy mahita gny raha aby ze mitranga afarany.[15]Fa nahita raha maro zaho nandris'ireo andro kelikiko.
Misy reo olo-mary zay levo ndre dra eo aza gny fahamarignan'ereo, vo misy reo olo rasy fagnahy zay ela velo
ndre dra eo aza gny harasian'ereo.[16]Ka magnamari-tegna, hendry eo amasonao. Nagnino gny tokony hanimba gny
vatanao hanao?[17]Ka dra rasy fagnahy na mimolamola loasy. Nagnino hanao gny tokony ho faty mialohan'gny
fotoanao?[18]Soa no mita iho fahendre iho hanao, dra sy tokony hanenga gny fahamarigna handeha. Fa gny olo ze
matahosy an'Agnahary dra hahita reo adidiny aby.[19]Mahery gny fahendre ao amin'gny olon-kendry, mihoasy noho
gny panapaky folo ao amin'gny tana raiky.[20]Sy misy olo-mary manao soa sady sy mbo mbo nanota zao mihisy an-
tany etoky.[21]Ka miteno gny zaka aby ze voazaka, akory hahare gny panoponao hagnozo anao hanao.[22]Manahaky
anizay koa, hanao dra mahafatasy fa nagnozo matetiky gny hafa tao am-ponao manoka hanao.[23]Reo aby reo dra
fa voaporofo tamin'gny fahendre. Ho zaho ho: " Ho hendry zaho," fe nihoasy gny tokony ho izy zay.[24]Gny fahendre
dra lavisy sady laliky. Ia gny afaky hahita anizay?[25]Nagnova gny foko mbo hianasy vo handiniky sady hitalia gny
fahendre vo reo fagnazava gny raha misy zaho, dra hahatakasy fa mola gny rasy vo gny hamola dra fahaverezan-
say.[26]Hitako fa mafaisy noho gny fahafatesa gny apela zay feno fandriky vo harato gny fony, vo misy rozo vy gny
tagnany. Ndre ia ndre ia makasitraky an'Agnahary dra afaky aminazy, fa reo panota kosa ho lasany.[27]" Saino ze fa
hitako," ho gny Mpitoriteny." Nagnapy vokam-pikaroha raiky tamin'gny hafa zaho mbo hahita fagnazava gny
raha misy.[28]Zay gny mbo karohiko, fe sy hitako zay. Sy nahita olo-mary raiky teo amin'gny arivo zaho, dra sy
nahita apela raiky teo amin'ireo iaby reo zaho.[29]Tiky avo gny fa hitako: fa Zagnahary dra mamoro gny olombelo
ho mahisy, fe nandeha nitalia fahasahiragna maro ereo."

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 8

[1]Ia gny olon-kendry? Ia gny mahay gny dikan'ireo raha-miseho eo amin'gny fiaigna? Gny fahendre eo amin'gny
olo dra mahavy gny tarehiny hho miramira. sady miova gny hafatrasin'gny tarehiny.[2]MAnoro hevisy anao zaho
mbo hagneky gny didin'gny pazaka nohon'gny fiainan'Agnahary hiaro anazy.[3]Ka malay amin'gny fagnatreha
anazy, vo ka mifikisy amin'gny fanaovan-drasy, akory gny pazaka manao ze iaby iriny.[4]Manzaka gny zakan'gny
pazaka, ka ia gny hizaka aminazy ho: "Ino tiky ahinao?"[5]Ndre ia ndre ia mitandry reo lilin'gny pazaka dra
misoroky hahoria. Gny fon'olon-kendry dra mgneky gny lalana iombogna vo gny fotoan'gny fihesefa.[6]Misy valiny
mary vo fotoa hamalia gny raha aby, akory lahibe reo olan'gny olo.[7]Sy misy mahay ze ho avy magnaraky. Ia gny
afaky hizaka aminazy ze ho avy?[8]Sy misy panapaky amin'gny fofon'ainy ka hapizano gny fofon'ay, dra sy misy
manan-kery amin'gny andron'gny fahafatesany. Sy misy afaky amin'gny tafiky mandrisy gny aly, vo gny faharasia
dra hamonzy reo ze andevon'izay.[9]Nahafatasy anizay iaby zay zaho; napihatry gny foko tamin'gny asa soa aby ze
nahy tetiky ambany masoandro zaho. Misy gny fotoa zay apahorian'gny olo gny hafa amin'gny ratran'izay olo zay.
[10]Dra hitako gny rasy fagnahy nalevy am-pahibemaso. Nala tamin'gny farisy masy ereo ka nalevy vo nisiririn'ireo
ponina tao amin'gny tana zay nanaovan'ereo gny asa rasiny.Zay koa dra sy misy dikany.[11]No sy tateraky malaky
gny lilim-pisara hanohisy gny heloky bevava rasy, dra mitao reo fon'olombelo hanao rasy zay.[12]Ndre dra manao
rasy in-zato aza gny panota vo mbo velo mandrisy gny fotoa maharisy. dra fatako fa soa ho an'ereo ze magnaza
an'Agnahary, zay magnome voninahisy gny fagnatregany mindra amin'ereo zay.[13]Fa sy ho soa ho an'gny olo rasy
fagnahy zay; sy haharisy gny fiaignany. Reo andrmedian manahaky gny aloky mihely akory sy magnome
voninahisy an'Agnahary izy.[14]Mbo misy raha fahatany hafa--- raha hafa vita tetiky ambonin'gny tany. Reo raha
mitranga amin'gny olo-mary dra manahaky gny fitrangan'ireo amin'gny olo rasy fagnahy, dra manahaky gny
itrangan'ireo raha amin'gny rasy fagnahy gny itrangan'izay amin'gny olo-mary. Ho zaho ho raha-fahatany avo koa
zay. [15]Dra mitaky gny hafalia zaho, akory sy misy raha soa azon'gny olo egnyambany masoandro noho gny mihina
vo mino vo mifaly. Dra gny hafalia gnyy hagnaraky anazy agny amin'gny asany amin'gny androm-piaignany aby
ze nomen'Agnahary anazy ambany masoandro.[16]No nanefy gny foko hahay gny fahendre zaho vo hahafatasy gny
asa ze ahy eto ambonin'gny tany, dra vita sy amin-torimaso amin'gny hariva na amin'gny dizera matetiky gny asa,
[17]dra nandiniky reo asan'Agnahary aby zaho, vo gny olo dra sy afaky hahatakasy gny asa ze vita teto
amabanin'gny masoandro. Ndre akory ndre akory gny hamaron'gny asan'gny olo mbo hahita reo valiny, dra sy
hahita anizay ereo. Ndre zay aza gny olon-kendry dra mety hino fa mahay izy, nefa dra sy mahay vatany.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 9

[1]Fa nieriserisy gny mahakasiky anizay iaby zay tato an-saiko zaho mbo hahatakarako mahakasikin'gny olo-mary
vo gny olo-kendry vo reo asan'ereo. Eo am-pelatagnan'Agnahary aby ereo iaby. Sy misy ndre ia ndre ia mahay
ndre ho fitiava ndre ho falaigna gno ho boakamin'gny olo raiky.[2]Mitovy gny lahasy gny kiraikiraiky. Mitovy gny
lahasy mandigny gny olo-mary vo gny olo rasy fagnahy,gny soa, gny malio vo gny maloto, vo ze manao soro vo ze
sy manao soro. Ho faty gny olo-mary, dra manahaky anizay avo koa gny panota. Ho faty ze mifata, dra manahaky
anizay avo koa gny olo ze matahosy manao fifanta.[3]Misy lahasy rasy ho an'gny raha aby ze ahy eto ambany
masoandro, lahasy raiky ho an'gny kiraikiraiky. Feno rasy gny fon'olombelo, vo ao am-pon'ereo gny hamola no
mbo velo koa ereo. koa afaran'izay dra magnagny amin'gny maty ereo.[4]Fa ndre ia ndre ia miombo amin'gny velo
aby, dra misy fagnatena, manahaky gny mahasoa loasy gny amboa vel noho gny liona maty.[5]Fa gny olombelo dra
mahafatasy fa ho faty ereo, fa gny maty sy mahafatasy ndre ino ndre ino. Sy mana valisoa sasy ereo, akory fa
aligno gny fahasiarova andreo.[6]Gny fitiava, gny falegna, vo gny fagnirian'ereo dra fa nanzavo hatry gny ela. Sy
hana toera amin'gny raha aby ze ahy etiky ambany masoandro sasy ereo.[7]Mandehana amin'gny lalanao, hano
am-pifalia gny mofonao, dra inomy amin'gny fo faly gny divainao, akory Zagnahary dra magneky gny fankalaza
reo asa soa.[8]aoky ho fosy mandrakariva gny akazonao vo aoky ho voahosisy amin'gny dililo gny lohanao.[9]Miaigna
am-pifalia mindray amin'gny valy taianao amin'gny androm-piaignanao aby mandalo fahatany, dra reo andro ze
nomen'Agnahary anao tegny ambany masoandro mandris'ireo andronao mandalo fahatany. Zay gny valisoanao
amin'gny fiaigna noho reo asanao tegny ambany masoandro.[10]Ndre ino ndre ino hitan'gny tagnanao ahy, dra
hiasao amin'gny herinao zay akory sy misy aza na fagnazava na fahalala na fahendre agny amin'gny Fiaignan-sy
hita, ze handehanao.[11]Fa nahita raha sasasasan mahaliana teo ambany masoandro zaho: Gny lomay dra sy an'gny
olo malaky fandehana. Gny aly dra sy an'gny olo matazaky. Gny mofo sy an'gny olon-kendry. Gny harena dra sy
an'gny olon'gny fahazavan-say. Gny sitraky dra sy an'gny olon'gny fahalala. Fa kosa, gny fotos vo gny vinta dra
miantraiky amin'izy iaby.[12]Fa sy misy ndre ia ndre ia mahafatasy gny fotoa hahafatesany, manahaky gny fian-
drano zay trasy ao amin'gny haraton'gny fahafatesa, na manahaky gny voro zay azon'gny fandriky. Manahaky reo
biby, gny olombelo dra gadra ao amin'gny fotoan-drasy zay avy tapoky amin'ereo.[13]Fa nahita fahendre teo
ambany masandro avo koa zaho sahala gny ho lahibe taminahy zay.[14]Nisy tana keliky raiky zay masaiky olo tao
aminazy, dra nisy pazaka lahibe avy nanao fahirano anizay dra nagnory toera fekara lahibe teo agnilan'izay.[15]Dra
nisy mahatra raiky, lelahy hendry hita tao amin'gny tana, zay nagnavosy gny tana tamin'gny fahendreny. Nefa
tafara keliky tatiky, dra sy nisy nahatadidy iho lelahy iho sasy.[16]Ka feheziko amin'gny ho: " Soa loasy gny fahendre
noho gny tazakay, kanefa nahy sinosino gny fanendren'gny olo-mahatra, vo sy re reo zakany."[17]Gny zaka malefaky
gny hendry dra re soa loasy noho gny fitreroman'ize panapaky eo amin'gny mola.[18]Gny fahendre dra soa loa noho
reo fitova-pialia amin'gny aly, kanefa gny panota raiky dra mety handrava soa maro.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 10

[1]Sahala reo fatin-dalisy zay mahamembo gny raha magnisy, dra manahaky anizay koa gny ahafahan'gny
fahamola keliky mandresy gny fahende vo gny fakatoava.[2]Gny fon'gny olon-kendry dra mirona miakavana, fa gny
fon'gny mola mirona miakavia.[3]No fa mandeha mizoso egny an-dala gny mola, dra sy apy say izy, magnamary
amin'gny olo aby fa mola izy.[4]No miakasy manohisy anao gny fiheseham-pon'gny panapaka, ka manenga gny
asanao. Gny fitonia dra afaky mapisigny hahoria lahibe.[5]F a misy gny rasy zay hitako teo ambany masoandro,
karaza hadisoa boakamin'gny panapaky:[6]Reo mola dra nome toeram-pitahiriza, vo reo olo mahomby nome toera
ambany.[7]Nahita andevo nitikisy sovaly zaho, vo reo olo mahomby nandeha tomboky tegny amin'gny tany
manahaky gny andevo.[8]Ze iaby mihaly lavaky dra mety hilavo amin'izay ao, vo ndre ombia ndre ombia misy olo
mandripaky fefy dra mety ho hifarin'gny bibilava izy.[9]Ze iaby manapaky vato dra mety ho voaratrin'izay, vo gny
olo ze manapaky hazo dra talion'izay izy.[10]No domo gny lelan'gny vy, vo gny olo sy mandragnisy anizay, dra sy
mainsy mapiasa gny heriny bebe kokoa izy, fa gny fahendre dra magnome tombony ho amin'gny fahombiaza.[11]No
magnifasy mialohan'gny nahamasy aoly gny bibilava, dra sy misy tombony ho an'gny panao aoly.[12]Reo zakan'gny
olon-kendry dra hasaram-pagnahy, fa gny sogny gny mola da mitly anazy avo.[13]Manahaky gny zaka manomboky
mikoria boakeo am-bavan'gny mola, gny hiboahan'gny hamola, vo amin'gny farany gny vavany dra hioria
fahaverezan-say rasy.[14]Gny mola mapitombo zaka, fa gny sy misy mahafatasy ze ho avy. Ia gny mahay ze ho
boakao afarany?[15]Gny firokafan'gny mola dra magnavesasy andreo, ka sy fatany aby ndre dra gny lala magnagny
an-tanan-dahibe aza.[16] Loza ho anao, ry tany, no tovolahy gny pazakanao, vo no manomboky manao firavoravoa
amin'gny maraindray reo pitariky anao![17]Fa sambays hanao, ry tany, no gny zanadahin'ireo magneva haza gny
pazakanao, dra mihina amin'gny fotoany reo pitariky anao, ho tazaky, fa sy ho amin'gny hamamoa![18]Fa nohon'gny
hakamoa gny mapilasaky gny tafo, vo nohon'gny fahalegnan'gny tagna gny mapitete gny tragno.[19]Magnoma hany
ho amin'gny fihomeheza gny olo, gny divay manday fakafiza fiaigna, vo gny vola mameno gny filan-draha aby.
[20]Ka magnozo gny pazaka, ndre dra an-sainao aza, sady ka magnozo gny olo pagnarivo ao amin'gny efisy
fandrianao. Fa gny voron'gny lagnisy mety handay reo zakanao: ze iaby managn'elasy dra afaky magnaparitaky
gny raharaha.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 11

[1]Alefasy egny ambonin'gny rano gny mofonao, fa ho hitanao ndraiky zay afaky andro maromaro.[2]Zararao
amin'gny olo fito zay, ndre dra olo valo aza, fa sy fatanareo ze hiavian'gny loza amin'gny tany.[3]No feno ranon'ora
gny raho, dra magnafoa anizay egny amin'gny tany regny, vo no milavo magnasimo gny hazo raiky na
magnavarasy, ndre eza ndre eza hilavoan'izay, dra eo gny hitobohan'izay.[4]Mety sy hamboly gny olo zay magnety
rsikoy, dra mety sy hizinza gny olo zay magnety gny raho.[5]Sahala anao zay sy mahay aby gny lalan'gny sioky, ndre
gny nitombona'gny taolan'gny zaza tao an-trokin'gny bevoka, sahala anizay koa hanao sy afaky mahatakasy gny
asan'Agnahary, zay namoro gny raha aby.[6]Amboleo amin'gny marandray reo vihinao; hatramin'gny hariva, miasa
amin'ireo tagnanao araky ze ila, fa sy fatanao ze mety hagnamby, na maray na hariva, na itiky na iriky, na samby
ho soa aby ereo ro.[7]Mamy vatany gny mazava, vo raha mahafinarisy gny maso gny mahita gny masoandro.[8]No
misy olo miay an-taonymaro, aoky izy ho faly amin'iregny aby regny, nefa aoky izy hisaina gny mahakasik'ireo
andron'gny ezy ho avy, fa ho maro regny. Gny raha aby hitranga dra ento manzavo.[9]Mifalia, ry zatovo, amin'gny
fahatanoranao, dra aoky gny fonao ho faly amin'gny andron'gny fahatanoranao. Magnaraha gny fagniria
soan'gny fonao, vo ze iaby eo amin'gny hitan'gny masoanao. Kanefa, fataro fa Zagnahary handay anao eo
amin'gny fisara gny amin'ireo raha aby reo.[10]Alaviro amingny fonao gny hahoria, ka midary aby gny fahararia eo
amin'gny ainao, akory gny hatanora vo gny heriny ddra raha fahatany.

Chapter 12

[1]Sarovy avo koa gny Mpahary anao amin'gny andron'gny fahatanoranao, mialohan'gny hiavian'gny andro sarosy,
vo mialohan'gny hiavian'gny tao zay hizakanao ho: "sy mana fankasitraha ho andreo zaho,"[2]ahivo zay tany mbo
sy hipoly ezy gny hazavan'gny masoandro vo gny vola vo reo kinta, vo tany mbo sy mihery gny raho maity
afaran'gny ora.[3]Amin'izay fotoa zay dra mangitakitaky gny piamby gny lapa, vo mavohoky gny lelahy mahery, vo
mizano gny apela zay mandisa akory masaiky ereo, vo ereo zay mitazagny eo am-baravarakely dra sy mahita soa
sasy.[4]Amin'izay fotoa zay dra mirindry gny varavaram-be egny amin'gny lala, vo mizano gny feon'gny fikosoham-
bary, ho taisin'gny feom-boro gny lelahy, vo malazo gny ansan'gny fen'gny tovovavy.[5]Amin'izay fotoa zay dra
manomboky matahosy gny hahabo vo reo loza egny an-dala gny lelahy, dra mamelagny gny hzo amygdala, vo
mindray mifapitariky reo valala, dra sy mandaisy reo fagniria voanzagnahary. Mandeha agny amin'gny tragnony
mandrakizay gny lelahy vo mizoso an-dalambe reo pandala.[6]Sarovy gny Mpahary anao mialohan'gny
hahatapahan'gny kofehy volafosy, na hahavaky gny lasety volamena, na hanorotoro gny sihoa amin'gny lohatao,
na hahatapaky gny kodian-drano eo amin'gny lavan-drano,[7]tany mbo sy mihery amin'gny tany zay nihaviany gny
botany, vo gny fagnahy mihery amin'Agnahary zay nagnome anizay.[8]" Gny enton-zavo," ho gny Mpitoriteny: "
raha sy misy dikany dra raha sy misy dikany gny raha aby."[9]Gny Mpitoriteny dra hendry sady napianasyfahalala
gny olo izy. Nianasy sady nandiniky vo nandrindra ohabola maro izy.[10]Gny Mpitoriteny dra nitalia gny hanorasy
fapiasa mazava soa, zaka mahisin'gny fahamarigna.[11]Reo zakan'gny olon-kendry dra manahaky gny sindrona.
Manahaky reo fandiky soa letiky reo zakan'gny tompo ao amin'gny famorian'ohabolan'ereo, zay napianarin'gny
piaraky agnondry raiky.[12]Anaky, mahafatara raha bebe kokoa: gny fanamboara boky maro, zay sy misy
fifaragnany vo gny fianara be dra manday farokafa ho gny vata.[13]Fa re gny fifaragnan'gny raharaha afaran'gny
raha aby, dra sy mainsy matahosy an'Agnahary hanao dra mitandry reo liliny, fa zay gny andraikisy
manotolon'gny olombelo. [14]Fa Zagnahary handay gny asa aby ho amin'gny fisara, hatramin'gny raha mivony aby,
ndre soa ndre rasy.

# Song of Solomon

Chapter 1

[1]Gny tonon-kiran'ereo Tononkira, ze an'i Solomona. Gny zatovovavy miresaky amin'gny tiany, [2]aoky so hagnoroky
anahy amin'gny fanorohan'gny vavaniha hanao,akory soa kokoa noho gny divay gny fitiavaniha. [3]Gny menaky
fanosoraniha dra manim-pofo; gny agnaraniha dra manahaky gny ranomagnisy vaoidy, dra tian'ireo zatovovavy
hanao. [4]Andeso mindray aminiha zaho, dra hihazakazaky sika. Gny tovovavy miresaky amin'gny vatany fa
nandesin'gny pazaka tao an'efitragnony zaho. Gny tovovavymiresaky amin'gny vatany ho faly zaho; mifaly gny
mombaniha zaho; aoky zaho hakalaza gny fitiavaniha; soa kokoa noho gny divay zaho. Voanzanahary amin'ireo
apela miresaky amin'ireo apela hafa.[5]Mivalomainty zaho fa maha-te hotia, handrareo ry zanaky apelan'ireo
lelahin'i Jerosalema--- mivalomainty manahaky gny lain'i Kedara, maha-te ho tia manahaky reo lamban'i
Solomona.[6] Ka mibanzy anahy fa mivaloaminty zaho, akory azon'gny masoandro. Ory taminahy reo
zanadahin'gny reniko; nahin'ereo piamby gny tanim-boaloboky zaho, fe gny gny tanim-boaloboko sy ba
nambenako. Gny apela miresaky amin'gny tiany.[7]Zakao anahy, nao gny tiako, eza gny hagnomezaniha sakafo ho
an'ireo agnondry aman'osiniha? Eza gny hapandrianiha reo agnondry aman'osiniha nofa mitataovovona?
Nagnino zaho gny tokony hananaky gny olo ze mirerirey agnilan'gny agnondry aman'osin'gny namaniha?
mamaly anazy gny tiany.[8]No sy fatanao, ry soa tarehy vatany amin'ireo apela, dra araho gny lalan'gny agnondry
aman'osiko, dra fahano agnilan'ireo piaraky agnondry gny zanak'osiniha.[9]Apitahako amin'gny sovaly vavy eo
amin'ireo sovaly pitariky gny kalesin'i Farao hanao, ry tiako. [10]Mahasoa gny tarehiniha reo firavaky, gny vozoniha
amin'ireo firavaky voatohy. [11]Hanaovako firavaky volamena misy kitrony volafosy hanao. Gny apela miresaky
amin'gny vatany.[12]No mbo nandry teo am-pandriany gny pazaka, dra namerovero gny nardako. [13]Aminahy gny
malalako dra manahaky gny miora am-peheza zay mandany gny hariva eo an-tratrako. [14]Aminahy gny malalako
dra manahaky gny vonin'gny kofera eo an-tanim-boalobok'i En-jedy. Gny tiany miresaky aminazy.[15]Ingo, soa
tarehy hanao, ry tiako; ingo, soa tarehy hano; manahaky gny voromailala gny masoniha. Gny apela miresaky
amin'gny tiany.[16]Ingo, soa tarehy hanao, ry malalako, vatany soa tarehy. Gny raha misiry maiso mavana dra ahy
fandriasika. [17]Gny anrin'gny fasangesika dra sampa-kazo sedera, vo sampan-kesiky sakamandimbin'gny
fasangesika.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 2

1Zaho dra vonikazao egny amin'gny lemaky fosiny avo, lilia egny amin'gny lohasaha fosiny avo. Gny lelahy dra
miresaky aminazy. 2Manahaky gny lilia eo amin'ireo silo, dra manahaky anizeho hanao, ry tiako, eo amin'ireo
zanaky apelan'ireo olon'gny tanako. Gny apela dra miresaky amin'gny vatany.3Manahaky gny hazo paiso ze eo
amin'ireo hazon'gny ala, dra manahaky anizeho koa gny olon-tiako eo amin'ireo zatovolahy. Mitoboky eo
ambanin'gny alokiny amin'gny hafaliam-be zaho, vo gny vihiny dra mamy ao am-bavako. 4Manday anahy agny
amin'gny fasange amin'gny fanasam-be izy, vo gny fanevany aminahy dra fitiava. Gny apela dra miresaky
amin'gny tiany.5Velomy amin'gny mofomamy misy voaloboky sady velombelomy amin'gny paiso, fa mararim-
pitia. Gny apela dra miresaky amin'gny vatany. 6Gny tagnany havia dra eo ambanin'gny lohako, vo gny tagnany
havana dra mamihina anahy. Gny apela dra miresaky amin'gny apela hafa7Tiako ba hapagnatena handrareo, ry
zanaky apelan'i Jerosalema, amin'gny alalan'gny gazela vo reo serfa vavy agny an-saha, fa handrareo dra sy
hanapaky gny firaisa ara-nofonay no sy tapisy zeho. Gny apela dra miresaky amin'gny vatany.8Izeho gny feon'gny
tiako! Endrey, igny tihoky igny izy, mandikalika reo tendrombohisy, misambiky amin'ireo havoa. 9Gny malalako
dra manahaky gny gazela na diera bo tanora; ingo, izy dra misanga ao ambaliky gny rindrinay, mitaza eo
amin'gny varavaran-keliky, mipoisy eo amin'gny makarakara.10Miresaky aminahy gny malalako manao ho: "
Misangana, nao gny tiako; Nao gny soa tarehiko,ndao hindray aminahy. 11Ingo, fa lasa gny ririny; fa nizano gny
ora sady fa lasa.12Fa misiry amin'gny tany reo vonikazo; fa avy gny fotoa fandratsanana vo gny siokin'ireo voro,
vo gny feon'ireo voromailala dra re amin'gny tanisika etiky. 13Mahamasaky gny aviavy maisony reo hazon'aviavy,
dra mamony reo voaloboky; mamoaky gny hagnisiny ereo. Misangana, ry tiako, nao gny soa tarehiko, dra ndao.
14Ry voromailalako, eo an-sefasefaky gny vatolapy, ei an-sefasefaky mivon'ireo tendrombohisy harambato, dra
engao hahita gny endrikiniha zaho. Engao hahare gny feoniha zaho, fa melefaky gny feoniha, dra maha-te ho tia
gny endrikiniha.' Gny apela dra miresaky amin'gny vatany.15Sambory ho asika gny amboahaolo, dra reo
amboahaolo bo keliku ze mamotiky reo tanim-bolisika, akory mamony reo voalobokisika.16Anagny malalako, vo
anazy zaho; mihina egny amin'ireo lilia amin-kafalia izy. Gny apela dra miresaky amin'gny tiany. 17Mandehana,
nao gny malalako, alohan'gny rivosy malefaky misioky amin'gny mangiran-drasy vo reo aloky mandalo.
Mandehana, aoky hanahaky gny gazela na diera mbo tanora eo amin'ireo tendrombohisy mikitoantoa hanao.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 3

[1]Amin'gny hariva eo am-pandriako dra naniry gny raiky ze tiako zaho; nitalia anazy zaho, fe sy hitako izy. [2]Ho
zaho tamin'gny vatako ho: " Hisanga zaho dra handeha agny amin'gny tana, amin'ireo lala vo reo kianza; hitalia
gny malalako zaho." Nitalia anazy zaho, fe sy nahita anazy.[3]Hitan'ireo piamby zaho no nihodidy gny tan ereo.
Nagnotany andreo zaho ho: " Hitandrareo ra gny malalako?" [4]Fotoa masaiky monza tafaran'gny nandalovako teo
amin'ereo gny nahitako gny raiky ze tian'gny fagnahiko. Nita anazy zahi dra sy nanenga anazy handeha mandra-
pandesako anazy tagny am-pasangen'gny reniko, ao amin'gny efitragno fatorian'gny raiky ze niteraky anahy. Gny
apela miresaky amin'ireo apela hafa.[5]Tiako hifata handrareo, ry zanaky apelan'gny lelahin'i Jerosalema,
amin'ireo gazela vo reo voksa'ireo saha. so sy tapahindrareo gny fiaraha-mandrinay no sy vita zeho. Gny tovolahy
mizaka amin'gny vatany.[6]Ino regny miakasy lat'amin'gny tany efisy manahaky gny andrin-setroky, manim-pofo
miora vo ditin-kazo magnisy, mindray amin'ireo botany aby avilin'ireo pivarosy regny? [7]Ingo, fandrian'i
Solomona zaho; pialy enimpolo gny magnodidy anizeho; dra reo miaramila enimpolon'Israely.[8]Manan-traikefa
amin'gny mesa ereo dramahay mialy. Mana gny mesany eo am-balahany aby gny olo aby, mita-pialia hanohisy
gny fapihorohoron'gny hariva. [9]Nanao seza filanza vita tamin'gny hazo lat'agny Libanona ho anazy i Solomona
pazaka.[10]Gny sangasangan'izeho dra vita tamin'gny volafosy; gny lamosiny dra vita tamin'gny volamena,vo gny
fitoboha tamin'gny fitafy voloparasy. Gny agnatiny tao dra nihengoin'ireo zanaky apelan'ireo lelahin'i Jerosalema
tam-pitiava. Gny zatovovavy miresaky amin'ireo apelan'i Jerosalema. [11]Miboaha, ry zanaky apelan'ireo lelahin'i
Ziona, dra mandiniha an'i solomona pazaka, manday gny satro-boninahisy ze napisatrohin'gny reniny anazy
tamin'gny andron'gny fanambaliany, tamin'iho androm-pifalian'gny fiainany iho.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 4

[1]Endrey, soa tarehy hanao, ry malalako; soa tarehy hanao. Gny masoniha dra voromailala ao ambaliky gny
voaliniha. Gny volaniha dra manahaky gny andian'aosy mizoso lat'egny an-tendrombohis'i Gileada.[2]Gny nifiniha
dra manahaky gny agnondivavy vo narata, miakasy lat'agny amin'gny toera fandroa. Samby kamba aby reo, dra
sy misy banga.[3]Gny sogniniha dra manahaky gny kofehy jaky; maha-te ho tia gny vavaniha. Manahaky gny
hasin'apongabendagnisy gny fifiniha ambaliky gny voaliha ao.[4]Gny vozoniha dra manahaky gny tilikambon'i
Davida voaory egny amin'gny filaharam-bato, mindray amin'gny apinga arivo mihanto eo amin'izeho, dra gny
apingan'ireo miaramila aby.[5] Gny nononiha ro dra manahaky gny diera ro, gazela kamba, miraoky egny amin'ireo
lilia.[6]Ambara-pahavin'gny vo mangiran-drasy dra lavisy gny aloky, dra handeha ho agny an-tendrombohisy gny
miora vo agny amin'gny havoan'gny ditin-kazo manim-pofo zaho. [7]Soa tarehy amin'gny lafiny aby hanao, ry
malalako sady sy misy kilema aminiha.[8]Miaraha aminahy lat'agny Libanona, nao gny apakariko. Miaraha
aminahy lat'agny Libanona; miavia baokagny an-tapon'i Amana, boakagny an-tapon'i Senira vo Hermona,
latagny an-davaky gny liona, lat'agny amin'gny tendromboisy lavaky gny leoparada.[9]Lasaniha gny foko, ry
havako, nao gny apakariko; lasaniha gny foko, tamin'gny fagnitia raiky monza taty aminahy, tamin'gny firavaky
raiky monza teo amin'gny vozoniha.[10]Endrey gny hasoan'gny fitiavaniha, ry havako, nao gny apakariko! Endrey
gny hasoan'gny fitiavaniha mihoasy gny divay, vo gny fameroveron'gny ranomagnisiniha mihoasy noho ze raha
magnisy aby. [11]Gny sogniniha, nao gny apakariko, dra mitete tantely; tantely vo ronono gny ao ambanin'gny
lelaniha; gny fameroveron'gny akazoniha dra manahaky gny fameroveron'i Libanona.[12]Ry havako, saha voahily
gny apakariko, eka saha voahily, loharano voatombo-kase. [13]Gny sapaniha dra ala kelikin'apongabendagnisy misy
voakazo voafanty, dra moina vo narda, [14]Narda vo safrona, veromagnisy vo kanelina mindray amin'ireo karaza
hagnisy aby, dra miora vo havozo mbamin'ireo raha magnisy soa loasy aby.[15]Sahan-doharano hanao, fasakan-
drano malio, rian-drano mikoria lat'agny Libanona. Gny tovovavy mizaka amin'gny malalany ho: [16]Mifohaza, ry
sioky lat'agny avarasy; avia, ry sioky lat'agny asimo; sofy gny sahako so hapiely gny fameroveron'gny fofofny
magnisy. Enga ra dra ho avy amin'gny sahany gny malalako dra hihina gny sasany amin'gny voakazo voafantiny.

## Chapter 5

[1]Avy tao an-sahako zaho, ry havako, naogny apakariko; fa namory gny miorako mbamin'gny raha magnisiko
zaho. Fa nihina gny tohon-tanteliko mbamin'gny tanteliko zaho; fa nino gny divaiko mbamin'gny rononoko zaho.
Ho reo sakeza miresaky amin'ireo malala. Mihinana; ry sakeza, minoma dra aoky ho mamon'gny fitiava. Ho gny
tovovavy miresaky amin'gny vatany.[2]Natory zaho, fe gny foko dra nifoha tao agnaty nofy. Izeho gny feon'gny
malalako mandondo dra manao ho: " Vohao zaho, ry havako, ry malalako, ry voromailalako, ry malioko, fa
hosaky gny ando gny lohako, feno andon'gny hariva gny voloko."[3]" Fa nangalaky gny akazolavako zaho; dra sy
mainsy hanao anizeho ndraiky se? Fa nisasako gny tomboko; dra sy mainsy ho lotoviko se?" [4]Napilisy gny
tagnany teo amin'gny fisokafan'gny hilim-batrangara gny malalako, dra nientaenta ho anazy gny foko.[5]Niary zaho
so hamoha gny vatrangara ho an'gny malalako; nitete miora gny tagnako, nisy ranona miora gny ransan-tagnako,
teo amin'gny famoaham-batrangara.[6]Nanokasy gny vatrangara ho an'gny malalako zaho, fe nitoliky gny malalako
dra nandeha. Tofoky gny foko; nazary kivy zaho. Nitalia anazy zaho, fe sy hitako izy; initoka anazy zaho, fe sy
namaly anahy izy.[7]Reo piamby ze nandeha tamin'gny tana nahita anahy; nizeran'ereo zaho dra niratrany; reo
piamby tegny amin'gny fefy nangalaky gny fitafiako taminahy. Ho gny tovovay niresaky tamin'ireo apela tao an-
tana[8]Tiako hapagnatena handrareo, ry zanakay apelan'i Jerosalema, fa no hitandrareo gny malalako, dra zakao
anazy fa marary nohon'gny fitiavako anazy zaho. Ho reo apela tao an-tana niresaky tamin'gny tovovavy[9]Nagnino
gny malalaniha gny soa noho gny malala hafa, hanao ze soa tarehy eo amin'ireo apela? Nagnino gny malalaniha
gny soa noho gny malalan'gny hafa, gny dra mangataky anay hanao fifata manahaky zeho hanao? Ho gny
tovovavy niresaky tamin'ireo apelan'gny tana[10]Gny malalako dra mamirasy sady mena, sy manam-paharo
amin'ireo agn'aliny. [11]Gny lohany dra volamena soa loasy; gny volony dra olioly sady mainty manahaky gy goaiky.
[12]Gny masony dra manahaky gny voromailala marinin'gny rian-drano, nisasa taming'ny ronono, natohitohy
manahaky gy firavaky.[13]Reo fifiny dra manahaky gny fandrian-draha-magnisy, mamokasy hagnisy mamerovero.
Gny sogniny dra lilia, mitete miora.[14]Reo andriny dra voahodidy volamena nahy firavaky, gny trokiny dra ivory
voasaro safira.[15]Reo tombony dra andry vita amin'gny marba, mifotosy amin'gny volamena sy mifangaro; gny
endriny dra manahaky an'i Libanona, siririty manahaky gny sedera.[16]Gny vavany dra mamy indrindra; maha-te
ho tia fatrasy izy. Zeho gny malalako, vo zeho gny sakezako, ry zanaky apelan'i Jerosalema.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 6

[1]Nagneza gny malalaniha, ry soa tarehy vatany amin'gny apela? Nizotry nagneza gny malalaniha, so hitaliavanay
anazy mindray aminiha? Miresaky amin'gny vatany gny zatovovavy.[2]Gny malalako dra fa nizoso nagnagny
amin'gny sahany, ho agny amin'gny farafaran-draha-magnisy, so hiraoky egny amin'gny saha vo hioty reo lilia.
[3]An'gny malalako zaho, dra anahy gny malalako; hiraoky eo amin'ireo lilia am-pifalia izy. gny tian'gny apela
miresaky aminazy.[4]Soa tarehy manahaky gny Tizra hanao, ry tiako, maha-te ho tia manahaky an'i Jerosalema,
mapisy aingam-panahy manahaky gny tafiky mindray amin'gny fanevany.[5]Avio aminahky gn masoniha, fa
manafosy anahy ereo. Gny voloniha dra manahky gny andian'aosy mizoso egnyamin'ireo hansan'gny
Tendrombohis'i Gileada.[6]Gnynifiniha dra manahaky gny andiana agnondrivavy miakasy lat'agny amin'gny fitoera
fisasa. Samby mana gny hamba aminazy gny kiraikiraky, dra sy nisy banga reo. [7]Reo fifiniha dra manahaky gny
hasin'apongabendagnisy ao ambaliky gny voaliniha. Gny tian'gny apela miresaky amin'gny vatany[8]Misy
pazakavavy enimpolo, valisin-drako valopolo, vo zatovovavy sy hita isa. [9]Ry voromailalako, ry malioko, gny hany
tokako; izy dra apela tokan-dreniny; izy gny tena tian'gny apela ze niteraky anazy; reo zanaky apelan'gny
olon'gny tagnako no nahita anazy dra nitoka anazy ho sambasy; reo pazakavavy vo reo valisindrano avo koa dra
nahita, dra nisiriry anazy: Zeho gny nizakan'gny pazakavavy vo gny valisindrano[10]" Ia se io miseho manahaky
gny mangiran-drasy, soa tarehy manahaky gny vola, mamirapirasy manahaky gny masoandro, mapisy aingam-
panahy manahaky gny tafiky mindray amin'gny fanevany? " Gny tian'gny apela miresaky amin'gny
vatany[11]Nizoso tegny amin'ireo ala keliky misy hazom-baza so hagnety gny siry vaovao egny an-dohasaha, so
hagnety raha nisimoky reo voaloboky, vo no fa namony gny apongabendagnisy. [12]Vatany faly zaho dra nahasapa
gny ho nitikisy kalesin'gny andriandahy. Gny tian'gny apela miresaky aminazy[13]Miheregna, miheregna, hanao ry
apela soa vatany; miheregna, miheregna, so hahafahako mandiniky aniha. Gny zatovovavy miresaky amin'gny
tiany Nagnino hanao gny mandiniky anahy, gny apela soa vatany, manahaky gny ho mandihy eo agnelanelan'gny
pandihy ro an-dala zaho?


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 7

[1]Endrey gny hasoan'gny tomboniha ao amin'gny kapaniha, ry zanaky apelan'andriandahy! Manahaky gny
firavaky gny amboam-peniha, asa tagnan'gny panaoo asa-tagna mahay.[2]Gny foitriniha dra manahaky gny
tomaboha boribory; sy ho ory divay voaro ra zeho. Gny trokiniha dra manahaky gny vary tritiky voatoby
voahodidy lilia.[3]Reo nononiha ro dra manahaky gny zanaky serfa ro, gazela kamba. [4]Gny vozoniha dra manahaky
gny tilikambo ivory; gny masoniha dra manahaky gny kamory agny Hesbona eo am-bavahadin'i Bata Rabima.
Gny oroniha dra manahaky gny tilikambo agny Libanona ze mitoliky magnagny Damaskosy.[5]Gny lohaniha dra
manahaky an'i Karmela; gny volon-dohaniha dra volomparasy makotry. Babon'gny talivolon'izeho gny pazaka.
[6]Endrey soa tarehy sady maha-te ho tia hanao, nao gny malala, mahafinarisy hanao![7]Gny sangananao dra
manahaky gny an'gny palma, vo gny nononiha dra manahaky gny sampahom-boakazo. [8]Nieriserisy zaho ho: " Te
hanganiky zeho palma zeho zaho; hihazo fatrasy reo ransany." Aoky reo nononiha hanahaky reo sampoham-
boaloboky, dra aoky gny fameroveron'gny oroniha hanahaky gny paiso.[9]Aoky gny vavaniha hanahaky gny divay
soa loasy, mikoria moramora amin'gny malalako, misosa eo amin'gny sogny vo gny nifisika. Gny zatovovavy
mizaka amin'gny olo-tiany[10]An'gny malalako zaho, sady magniry anahy izy.[11] Avia, ry malalako, ndao sika hindray
ho agny ambanivohisy; ndao sika hatory agny amin'ireo vohisy.[12]Ndao sika hifoha maraindray ho agny an-tanim-
boaloboky; ndao hozahasika no misimoky reo voaloboky, no misokasy reo voniny, vo no mamony reo
apongabendagnisy. Agny gny hanomezako aniha gny fitiavako.[13]Mamerovero aoky zeho reo mandravasarosy; eo
am-baravara ze hitoerasika gny karazam-boakazo voafanty aby, gny vao vo gny ela, ze fa nitehirisiko ho aniha, ry
malalako.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 8

[1]Iriko ba hanahaky gny anadahiko, zay ninono tamin'gny nonon-dreniko hanao. Vo ndre eza ndre eza hahitako
aniha agny ivelany, dra afaky magnoroky aniha zaho, dra sy hisy olo hanao sinosino anahy.[2]Ho tarihiko dra ho
andesiko agny am-pasangen'gny reniko hanao, vo dra hapagnirianiha zaho. Homeko divay miharo raha magnisy
ho inomy vo apahany amin'gny ranon'gny apongabendagnitriko hanao. Niresaky tamin'gny vatany gny tovovavy.
[3]Gny tagnany havia tao ambany pokopokoko vo gny tagnany havagna mamihina anahy. Niresaky tamin'ireo apela
hafa gny apela.[4]Tiako hifata handrareo, ry zanaky apelan'gny olon'i Jerosalema, fa sy hanapaky gny fiaraha-
mandrinay handrareo mandra-pahatapisiny. Reo apelan'gny Jerosalema niresaky.[5]Ia tiky avy magnato miakasy
lat'agny an'efisy, mianky amin'gny malalany tihoky? Niresaky tamin'gny malalany gny tovovavy namoha aniha
teo ambany hazo paiso zaho; teo amin'gny nanorotoron'gny reniniha anao; teo amin'gny niterahany aniha,
namoahany aniha.[6]Ahivo manahaky gny tombo-kase ao am-poniha zaho, manahaky gny tombo-kase eo an-
sandriniha, fa mahery manahaky gny fahafatesa gny fitiava. Gny firehetan'gny fahasarotam-piaro dra sy mamela
mahazo manahaky gny Fiainan-sy hita; magnoro gny lelafony; lelafo midedadeda zeho, lelafo mahama noho gny
afo hafa aby.[7]Reo rano manonza sy mahavono gny afon'gny fitiava, ndre reo tondra-drano sy mahafoaky anazy.
No misy olo magnome gny fanagnany aby ao am-pasangeny ho avily fitiava, dra sinosino vatany zeho tolosy zeho.
Reo anadahin'gny tovovavy mifapiresaky.[8]Mana zandrivavy zeho, sady sy mbo misiry nono izy. Ino gny azonay
ahy ho an'gny anabavinay amin'gny andro zay hanolora anazy ho amin'gny fanambalia?[9]No manda izy, dra
hanangananay tilikambo vita amin'gny volafosy teo aminazy. No vatrangara izy, dra hohengonay amin'gny hazo
sedera fisaky. Niresaky tamin'gny vatany gny tovovavy.[10]Manda zaho, fa amizao reo nonoko dra manahaky reo
tilikambo ferova fatrasy; koa tena fa matoy vatany zaho eo amasony. Niresaky tamin'gny vatany gny
tovovavy[11]Nana tanim-boaloboky tao Bala-hamona i Solomona. Nahofany tamin'ereo ze te hikarakara anizeho
gny tanim-boaloboky. Gny kiraidraiky dra sy mainsy manday sekely volafosy arivo ho solon'gny vokasy. [12]Anahy
vatany gny tanim-boalobokiko; gny sekely arivo dra aniha, ry Solomona malalako, vo gny sekely roanzato ho
an'ize mikarakara anizeho so hahazoa vokasy. Gny malalan'gny apela niresaky taminazy.[13]Hanao ze mitoboky eo
an-zariday, reo zakezako dra niteno gny feoniha; engao zaho mbo ho gny raiky ze hahare anizeho koa. Niresaky
tamin'gny malalany gny apela[14]Malakia, ry malalako, dra aoky hanahaky gny gazela na gny diera tanora egny an-
tendrombohis'ireo raha magnisy hanao.

# Isaiah

Chapter 1

[1]Gny fahitan'Isaia zanak'i Amosa, ze hitany nahakasiky an'i Joda vo Jerosalema, tamin'gny andron'i Ozia, Jotama,
Ahaza, vo Hezekia, pazakan'i Joda.[2]Mitenoa, ry lagnisy, dra manongilana sofy, ry tany; fa nizaka Yaveh ho: " Fa
namaha vo niteza gny zaza Zaho, nefa nikomy Taminahy ereo.[3]Gny agnomby mahay gny topony, vo gny boriky
mahafatasy gny tavy famahanan'gny topony anazy, kanefa sy fatasy gny Israely, sy takasy gny Israely.[4]Loza! Ry
firene, panota, vahoaky mavesa-keloky, taranaky panao rasy, zanadahy panao meloky! Fa nahafo an'i Yaveh ereo,
fa nanao sinosino an'gny Raiky Masin'Israely ereo, fa napihemosy gny vatan'ereo taminazy ereo.[5]Nagnino
handrareo gny mbo vaozera? Nagnino handrareo gnymikomy hatragny hatragny? Marary gny loha manotolo,
torova tateraky gny fo.[6]Sy misy farisy sy maratry hatramin'gby faladia ka hatragny amin'gny loha; fery, vo manga
vo rasy vao avo; mbo sy voakato, voalio, na nofehezy, na nosaboy tamin'gny dililo aby regny.[7]Rava gny
firenendrareo; may reo tagnandrareo; reo sahandrareo_eo amin'gny fagnatrehandrareo, gny hamotehan'gny olo
hafa firene ireo_foa sady rava, naringan'ireo olo hafa firene.[8]Gny zanaky apelan'i Ziona dra nenga manahaky gny
tragno bongo egny an-tanim-boaloboky, manahaky gny fandria egny amin'gny sahana kaokaombira, sahala gny
tana mahy fahirano.[9]No sy nanenga sisa keliky tamisika i Yaveh Tompon'gny maro, fa manahaky an'i Sodoma sika
tahaky anizay, fa nitovy tamin'i Gomora tahaky anizay.[10]Maharegneza gny zakan'i Yaveh, handrareo ry panapak'i
Sodoma; mitenoa gny lalan'Agnaharisika, handrareo ry vahoakin'i Gomora ho:[11]"Ino zay fahamaroan'gny
sorondrareo ho Anahy?" ho YAveh." Fa tofoky gny agnondrilahy ahy fagnatisy oroa ZAho, vo gny zaboran'gny
biby mifahy; ka sy sitrako gny lion'gny agnombilahy, zanak'agnondry, na aosy.[12]No fa avy hiseho eto agnatrehako
handrareo, ia gny nangataky anizay tamindrareo, mbo hagnisaky gny kianzako?[13]Ka manday fagnati-pahatany
sasy; fahavetaveta gny ditin-kazy magnisy aminahy, gby vola vaovao vo gny Sabata fiangona_sy afaky gny hilefisy
amin'iregny fiangonan-drasy regny Zaho.[14]Halako reo vola vaovaondrareo vo reo firavoravoa voatondrondrareo,
eta-mavesasy ho Anahy regny; ketraky amin'gny fihareta regny Zaho.[15]Koa dra no fa mamelasy gny tagnandrareo

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

amin'gny vavaky handrareo, dra magnavony gny masoko sy ho amindrareo Zaho; ndre dra manolosy vavaky
maro aza handrareo, dra sy hiteno Zaho; feno lio gny tagnandrareo.[16]Sasao, diovy gny vatandrareo; alao sy ho eo
amasoko gny faharasin'ireo asandrareo; mizanogna amin'gny faharasia;[17]mianara manao gny soa; mitaliava gny
rariny, ahisio gny fapahoria, magnomeza rariny ho an'ireo kamboty, arovy gny mananon-tegna.[18]" Avia se, ndao
sika hiaraky hifandiniky," ho Yaveh; "Ndre dra manahaky gny zaky se gny fahotandrareo, dra ho fosy sahala gny
oram-panala regny, ndre dra mena sahala gny sily aza regny, dra ho sahala gny volon'agnondry fosy.[19]No
magneky sady makato handrareo, dra hihina gny soa boakamin'gny tany,[20]fa no manda sady mikomy handrareo,
dra ho levonin'gny amesa," fa gny vavan'i Yaveh gny mizaka anizay.[21]Indrisy, nazary zanga gny tana mahatoky!
Izy zay feno rariny_izy zay feno fahamarigna, fa amizao kosa izy feno pamono olo.[22]Niova ho tain-dredriky gny
volafosindrareo, miharo rano gny divaindrareo.[23]Ireo andriandrareo dra pikomy vo sakezan'gny pandrava; tia
kolikoly aby gmny iaby vo fatra-pitalia tombony. Sy miaro gny kamboty ereo, ndre gny fitoreva ara-dalan'gny
mananon-tegna zay avy eo agnatrehan'ereo.[24]Noho zay dra zao gny fagnambaran'i Yaveh Tompon'gny maro, gny
Maherin'Israely ho: " Loza ho andreo! Hanao valifaty ho an'ireo pifagnindra aminahy Zaho, sady hamalifaty reo
fahavaloko Zaho;[25]hapihery gny tagnako amindrareo Zaho, hagnadio gny tain-drendrikindrareo sahala gny
amin'gny karbonetra Zaho, sady hangala gny tain-drendrikindrareo aby amindrareo.[26]Hapihery amin'gny laoniny
reo pisarandrareo sahala gny tamin'gny volohany Zaho, vo reo panolon-saindrareo sahala gny tamin'gny vo
nanomboky; afaran'izay handrareo dra ho tokavy ho tanan'gny fahamarigna, tana mahatoky.[27]Ho voavonzy
amin'gny rariny i Ziona, vo reo pibebany amin'gny fahamarigna.[28]Hindray ho torotoro gny pikomy vo gny panota,
vo reo ze nahafo an'iYaveh dra ho vita gny aminazy.[29]" Fa ho afa-baraka handrareo amin'ireo hazo terebinta masy
zay nirindrareo fatrasy, sady ho megnasy handrareo amin'ireo saha zay fa nofilindrareo.[30]Fa hanahaky gny hazo
terebinta raiky zay mihisan-draviny handrareo, vo sahala gny saha zay sy misy rano.[31]Gny lelahy mahery dra
manhaky gny vohavoha, vo gny sany sahala gny pitik'afo; hindray ma ereo ro reo, vo sy misy hamono gny
afon'ereo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 2

[1]Reo raha hitan'i Isaia zanak'i Amoza tao agnaty, mahakasiky an'i JOda vo Jerosalema.[2]Amin'gny andro farany gny
hagnorena tendrombohisin'gny tragnon'i Yaveh ho tendrombohisy abo vatany, dra hisanga eo ambonin'gny
havona, vo reo firene aby hikoria ami n'izay.[3]Olo maro gny ho avy dra hizaka ho: "Avia, ndao sika hiakasy egny
an-tendrombohis'i Yaveh, mbo hahafahany mapianasy gny sasanyamin'ireo lalany amisika, vo mbo
handehanasika amin'gny lalany." Fa gny lalana dra hiboaky boakao Ziona, vo gny zakan'i Yaveh noakagny
Jerosalema.[4]HIsara eo amin'ireo firene Izy sady hagnome fanapahan-kevisy ho an'ireo olo maro be; hanorotoro
gny amesany ereo ho lelan'agnady, vo gny lelan'afon'ereo ho fanatezam-boaloboly; gny firene sy hanondrosy gny
amesany hanohisy firene, na hiofa ho amin'gny ady.[5]Ry akohonan'i Jakoba, avia, dra aoky sika handeha amin'gny
fahazavan'i Yaveh.[6]Fa nanenga gby olondrareo handrareo, ry akohonan'i Jakoba, akory fenon'gny fomban'gny
asignana ereo sady pamaky fambara sahala reo Filistina, dra nifandray tagna tamin'gny zanaky gny vahiny ereo.
[7]Feno volafosy vo volamena gny tanin'ereo, sady sy misy fetra gny hareny; feno sovaly avo koa gny tanin'ereo, vo
sy misy fetrany gny kalesiny.[8]Feno sapy gny asan'gny tagnany avo, raha zay nahin'gny rasa-tagnany avo ereo.
[9]Hiakohoky gny vahoaky, vo gny olo hilavo; noho zay ka mananga andreo.[10] Mandehana agny amin'gny toera feno
vato dra mivonia amin'gny tany amin'gny horohoron'i Yaveh vo amin'gny voninahisy gny fiandrianany.[11]Gny
fiandrandran'gny mason'gny olo dra hahetry, vo reo olo mirehareha dra hitiky, vo Yaveh raiky gny hasandrasy
amin'izay andro zay.[12]Fa hisy gny andron'i Yaveh tompon'gny maro hanohisy gny olo aby ze mirehareha vo
misandrasy, sady manohisy gny olon'aby ze miavognavo---[13]sady manohisy reo sederan'gny Libanona aby zay
ambony sady nasandrasy, sady manohisy reo hazo terebintan'i Basana aby.[14]Fa hanohisy reo tendrombohisy abo
aby zay andron'i Yaveh tompon'gny maro zay, sady hanohisy reo havoa aby ze fa nasandrasy,[15]sady manohisy reo
tilikambo abo, vo manohisy reo fefy sy mety rava,[16]sady manohisy reo sambon'gny Tarsisy aby, vo manohisy reo
sambo soa tarehy aby.[17]Gny fireharehan'gny olo dra hahetry, vo gny havognavon'gny olo dra ho lavo; Yaveh raiky
avo gny hasandrasy amin'izay andro zay.[18]Ho levo tateraky reo sapy aby.[19]HAndeha agnaty lavakin'gny tany, noho
gny horohoron'i Yaveh, vo noho gny voninanhisin'gny fiandrianany, no fa misanga hapihorohoro gny tany Izy.
[20]Hanipy reo sapy volafosy vo volamena gny olo amin'izay andro zay zay mahin'ero ho tompoy---hanipy reo agny
amin'gny voalavo vo ramanavy ereo.[21]Handeha agnaty lavaky eo amin'gny vato gny vahoaky sady an-
sefasefakin'gny harambato, noho gny horohoron'i Yaveh vo noho gny voninahisin'gny fiandrianana, no fa
misanga hapihorohoro gny tany Izy.[22]Asaharo gny fahatokia gny olo, ze eo amin'gny vavorony gny fofon'ainy, fa
ino gny hagnapian'izay?


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 3

[1]Ingo, Tompo Yaveh tompon'gny maro dra fa piandraikisy vo vasy amin'i Jerosalema vo Joda: dra gny famasia-
mofo aby, vo gny famasian-drano aby;[2]gny lelahy mahery, gny pialy, gny pisara, gny paminany, gny pamaky
fambara, gny loholo;[3]gny kapitenin'gny dimapolo, gny ponina mana-kaza, gny panolo-say, gny panao asa-tagna
za-draharaha, vo gny pimasy knga.[4]" Zatovo avo gny hapetrako ho pitariky andreo, vo reo tanora gny hanapaku
eo amin'ereo.[5]Hapahory gny vahoaky, gny kiraikiraiky apahorin'gny hafa, vo gny kiraikiraikyapahorin'gny
namany; gny zaza gny hagnaraby gny zokiolo, vo hihandy reo magneva haza rwo nambania.[6]Hangalaky gny
rahalahiny ao an-tragnon-drany mihisy aza gny olo raiky dra hizaka ho: ' Mana akazo hanao; meteza ho
panapaky anay, dra aoky zao faharava zao ho eo an-tagnanao.'[7]Amin'izay andro zay dra hitabataba izy dra hizaka
ho: 'Sy ho pagnasitra zaho; sy mana-mofo zaho na akazo. Sy hanao annahy panapaky gny vahoakinao hanao."[8]Fa
lavo Jerosalema, vo nilavo i Joda akory manohisy an'iYaveh gny fizakany vo gny asany, mihansy gny mason'gny
voninahisinyu.[9]Gny fagnitian'gny tarehiny dra vavolombelo miapanga andreo; dra ambaran'ereo manahaky an'i
Sodoma gny fahotany; sy mbo hhavoniny zay. Loza ho anazy regny! Fa nahatateraky loza be ho andreo avo izy.
[10]Zakaogny olo-mary fa sy hagnino, fa hihina gny vokasy gny asany ereo.[11]Loza ho an'gny rasy fagnahy! Fa ho rasy
gny hahazo anazy, fa gny valin'gny asan'gny tagnany gny hahy aminazy.[12]Ry oloko--akizy gny papahory andreo, vo
apela gny manzaka eo aminazy. Ry oloko, rep ze mitariky andrareo dra mamipivio lala andrareo sady
mapisafotofoto lala-kandehanandrareo.[13]Misanga nohon'gny fiapanga Yaveh, misanga hiapanga gny olo Izy.[14]Ho
avy amin'gny fisara hanohisy reo loholon'gny olony vo reo pitarikiny Izy ho: " Namotiky gny tamim-boaloboky
handrareo; ao an-tragnondrareo ze voaroba aby tamin'gny mahatra.[15]Nagnino handrareo gny manorotoro gny
oloko sady manosiosy gny tarehin'gny mahatra?" Zay gny fagnambaran'i Tompo Yaveh tompon'gny maro.[16]Zay
gny zakan'i Yaveh akory mirehareha gny zanaky apelan'i Ziona, mandeha amin'gny loha mihesikesiky, sady
mangariky amin'gny masony, mikatrapokatrapoky am-pandrehana no mapikorisakorisaky amin'gny tombony,
[17]noho zay dra hapisy arety manakom-pery eo an-dohan'gny zanaky apelan'i Ziona gny Tompo, dra hahin'i Yaveh
sola ereo.[18]Amin'izay andro zay dra hangalaky reo firavaky gny ranzo soa tarehiny, reo fehilohany, reo fihaingoa
sari-vola,[19]reo kavi, reo rozontagna, vo reo voaly;[20]reo saron-doha, reo rozon-kitro, reo fehin-troky, vo reo vata
fasia ranomagnisy, vo reo ravaky manday vinta gny Tompo.[21] Ho alany reo perasy vo reo kavin'oro;[22]reo akazo
lava fanaova lanogna, reo kapoty, reo voaly, reo perasy keliky;[23]reo fitarasy keliky, reo atin'akazo rongony fosy
maliniky, reo hengon-doha, vo reo firakofa.[24]Hamemboa gny ho solon'gny ranomagnisy mamerovero; vo taly gny
ho solon'gny fehin-troky; loha sola gny ho solon'gny soa-hogo; vo lamba fandala gny ho solon'gny akazo lava; vo
fitomboky mahama ho solon'gny hasoa.[25]Ho lavon'amesa gny lelahindrareo, sady ho lagny agn'aly gny lelahy
maherindrareo.[26]Hitomagny gny vavahadin'i Jerosalema ka handala; dra ho reriky izy sady hidaraboky amin'gny
tany.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 4

[1]Amin'izeho andro zeho hisy apela fito hita lelahy raiky dra hizaka ho: "Gny sakafonay avo gny hohaninay, gny
fitafianay avo gny hotafianay. Fa aoky zahay hangalaku gny agnaraniha hangala gny hegnasinay." [2]Amin'izeho
andro zeho gny sapan'i Yaveh dra hafinarisy sady be voninahisy, vo gny vokatrin'gny tany dra hasiro sady
hafinarisy ho an'ireo sisa velo agny Israely.[3]Fa ze tavela agny Ziona vo ze sisa tavela agny Jerosalema dra
hotokavy ho masy, gny kiarikiraiky ze voasorasy ho velo agny Jerosalema. [4]Hitranga zeho nofa hanasa gny
fahaloton'ireo zanaky apelan'i Ziona gny Tompo, dra hanasa gny lio ze mandoto hatramin'gny agnivon'i
Jerosalema, amin'gny alalan'gny fagnahin'gny fisara vo gny fagnahin'gny afo mirehisy.[5]Dra eo ambonin'gny
fitoeran'gny tendrombohis'i Ziona manotolo vo eo amin'gny toeran'gny fiangonany, Yaveh dra hamoro raho vo
setroky amin'gny andro, dra famirapiratan'gny afo mirehisy amin'gny hariva; vo ho safosy ambonin'gny
voninahisy aby zeho.[6] Ho alokaloky felofa amin'gny hafana zeho amin'gny andro, vo ho felofa vo ho ferova
amin'gny tafiosy vo gny ora.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 5

[1]Engao zaho hihira ho an'gny malalako soa, hiran'gny malalako mikasikin'gny tanim-boalobokiny. Nana tanim-
boaloboky teo amin'gny havoa tena lonaky gny malalako soa. [2]Nasainy zeho, nafindrany reo vato, dra namboly
zeho tamin'gny karazam-boaloboky tena soa izy.Nananga tilikambo teo agnivon'izeho izy, sady koa nananga
famiazan-mboloboky. Niamby anizeho izy hamokasy voaloboky, fe voalobo-drasy avo gny namoha.[3]Vo amizao,
gny ponin'i Jerosalema vo gny olon'i Joda, dra misara anahy vo gny tanim-boaloboko. [4]Ino koa gny tokony nahy
tamin'gny tanim-boaloboko, ze mbo sy vitano taminazy? Ombia gny nisiry zeho so hamokasy reo voaloboky zaho,
nagnino gny namokasy voalobo-drasy zeho?[5]Vo zeho ho zakako andrareo ze hahiko amin'gny tanim-boaloboko:
Halakko gny fefy, havaliko ho ahisy anizeho, dra ho ravaiko gny fefiny, vo ho voahisaky zeho. [6]Ho simbasimbaiko
zeho, dra sy ho voarakosy na voakarakara. Fe koa, reo hery vo reo silo gny hisimoky. Ho bekoiko avo koa gny
raho sy hisaro eo aminazy.[7]Fa gny tanim-boalobok'i Yaveh Tompon'gny maro gny tarana'Israely, vo gny lelahin'i
Joda gny voly tiany; niamby gny rariny izy, kay, famonoa gny nisy; gny fahamarigna, kay, fihiakin'gny fitaraigna
gny solon'izeho.[8]Loza ho an'ireo ze mapifandray gny isan-tao, ze mapifandray gny isan-saha, ambarapaha-sy misy
efisy tavela, dra handrareo raiky gny sisa hitoesy eo amin'gny tany! [9]Ho Yaveh Tompon'gny maro taminahy,
fasange maro gny ho foa, ndra dra lahibe sady soa aza, sy misy pitoboky. [10]Fa bata raiky monza gny ho vokasy gny
voaloboky folo zemeba, vo efaha raiky monza gny ho vokasy gny vihindraha raiky homera.[11]Loza ho an'ireo ze
mifoha vo mangiran-drasy so hahazo raha inomy mahery, reo ze mizano amin'gny hariva mandra-
pahamamon'gny divay andreo. [12]Nanasa tamin'gny harpa, lokanga, vo apongatapaky, gny sodina, vo gny divay
ereo, fe sy nihevisy gny asan'i Yaveh ereo, na koa nihevisy reo raha vitam'gny tagnany.[13]Koa fa lasa-ko babo
nohon'gny sy fahapian'gny fahazavan-sy gny oloko; ho resy reo pitariky maeva haza andreo, dra sy hisy ho inomy
reo vahoakiny. [14]Dra fa nahin'gny Fiaignan-sy hita ho lahibe gny homany dra nisokafany misagnasagna gny
vavany; dra nizoso tagny amin'gny Fiaignan-sy hita, reo sangany, gny vahoaky, reo pitarikiny, vo reo papiseo vo
reo ze faly teo amin'ereo.[15]Gny olo dra sere hiankohoky, vo gny olombelo dra hahetry; gny mason'gny avo dra
hazoso. [16]Yaveh Tompon'gny maro dra hisondrosy amin'gny fisarany, vo gny Zagnahary Gny Masy haneho gny
vatany ho masy amin'gny alalan'gny fahamarignany. [17]Vo gny agnondry dra hifaha manahaky gny egny amin'gny
tanim-bilony avo, vo tao amin'gny korota, reo zanak'agnondry dra hihina manahaky gny vahiny.[18]Loza ho an'ireo
ze mitari-keloky amin'gny kofehy sy misy ila anazy vo ze mitarik'ota manahaky gny ho amin'gny talin-sarety
zeho. [19]Loza ho an'ireo ze mizaka ho : "Aoky handondo Zagnahary, aoky hiasa malaky Izy, so ahafahasika mahita
gny fisehon'izeho; dra aoky ho avy gny fikasan'Gny Masin'Israely, so hafatarasika andreo."[20]Loza ho an'ireo ze
mizaka gny rasy ho soa, vo soa ho rasy; ze magnambara gny ezy manahaky gny mazava, vo gny mazava
manahaky gny ezy; ze mizaka gny mafaisy ho mamy, vo gny mamy ho mafaisy! [21]Loza ho an'ireo ze hendry eo
amasony avo, dra malina amin'gny fahazavan-sainy avo![22]Loza ho an'ireo ze tompon-daka amin'gny finoma divay,
vo tompony amin'gny fangaroa fino mahery; [23]ze magnome signy gny rasy fagnahy ho amin'gny fagnefa, vo
manaisotry gny sy manan-signy amin'ireo mariny![24]Koa tahaka ny lelan'afo mandevona mololo, vo ho lo gny
fakan'ireo, vo ho voatsoka tahaka gny vovoka ireo felany. Hitranga izany satria nanda gny lalan'i Yaveh
Tompon'ny maro andreo, vo satria efa nanao tsinotsinona ny tenin'Iray Masin'Israely[25]Dra noho zeho gny
hahorian'i Yaveh dra nirehisy amin'ireo olony. Fa naninzisy gny tagnany manohisy andreo sady fa magnasazy
andreo Izy. Hangitakitaky reo tendrombohisy, vo gny faitn'ereo dra manahaky gny fako egny am-dala. Amin'izeho
raha aby zeho, dra sy boo miafa gny hahoriany; fe koa, bo hihinzisy avo gny tagnany.[26]Dra hananga fagneva
famatara ho an'ireo firene lavisy Izy dra hisioky ho an'ireo agny am-paran'gny tany. Ingo, ho avy malaky dra avy
hatragny ereo.[27]Sy misy rokaky na tafitohy amin'ereo; sady sy misy randreha na matory. Na mivaha gny fehi-
trokin'ereo, na tapaky gny fehin-kapany. [28]Maragnisy gny zana-sipikiny sady mienza gny sipikiny aby; gny kitro-
sovalin'ereo dra manahaky gny afovato, gny kodiaran-kalesiny manahaky gny tafio-drivosy.[29]Gny fierosiny dra
manahaky gny liona; dra hierosy manahaky gny zana-diona ereo. Dra hierosy vo hisambosy gny haza ereo dra
hitaritaiky anizeho, dra sy hisy hamonzy. [30]Amin'izeho andro zeho dra hierosy hanohisy gny haza manahaky gny
fierosin'gny ranomasy ereo. No misy olo magnety gny tany, dra hahita hezy vo fizalia izy; ndre dra ho mezin'gny
raho aza gny hazava.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 6

[1]Tamin'gny tao nahafatesan'i Ozia pazaka, dra nahita gny Tompo nitoboky teo amin'gny seza fiandriana zaho;
sady abo gny ambony Izy, dra nameno gny tepolu gny moron'akazo lavany. [2]Teo amboninu dra nisy serafima;
samby nana elasy any aby; gny ro nisafosy gny tarehiny, gny ro hafa nisafosy gny tombonuy, vo gny ro
nitilignany.[3]Nifapitoka ereo dra nanao ho: "Masy, masy, masy, i Yaveh Tompon'gny maro! Zao totolo zao dra feno
gny voninahisiny."[4]Nihozongozo tamin'gny feon'ireo ze mitaray gny fotos'ireo tokonam-batrangara, dra feno
setroky gny fasange.[5] Dra ho zaho ho: " Loza! Very zaho akory lelahy maloto sogny zaho, dra niay teo amin'gny
vahoaky maloto sogny, akory gny masoko dra fa naita gny Pazaka, Yaveh, Yaveh tompon'gny maro!"[6]Boakeo dra
nisy raiky tamin'ireo serafima nitily teo aminahy; nisy bain'afo tegny an-tagnany, ze nalany nindray tamin'gny
tandra tegny amin'gny alitara. [7]Nikasiky gny sogniko tamin'izeho izy dra nizaka ho: "Ingo, nikasiky gny sogniniha
tiky; afaky gny helokiniha, dra voavela gny fahotaniha."[8]Nahare gny feon'gny Tompo zaho nanao ho:"Ia gny
tokony hirahiko; ia gny handeha ho asika?" Dra ho zaho ho: "Tihoky zaho; hiraho zaho." [9]Ho Izy ho: Mandehana
dra zakao reo vahoaky reo ho: 'Tenoy, fa ka tarkary; atio, fa ka mamatasy.'[10]Hafatraro gny fon'iho vahoaky iho,
dra ahivo maregny gny sofin'ereo, vo ahivo poaky gny mason'ereo. No sy zeho dra mety hahita amin'gny masony
iereo, hahare amin'gny sofiny, vo hahay amin'gny fon'ereo, dra boekeo hiova dra ho sitra." Dra ho zaho," Tompo o,
mandra-pombia seky?" Dra ho izy,[11]Dra ho zaho ho: "Ry Taompo, mandra-pombia?" Namaly Izy ho: "Mandra-
pahafoan'gny tana, dra sy hisy pony, vo fasange sy hisy olo, vo gny tany ho lao vatany,[12]dra Yaveh hapandeha
lavisy gny olo, dra ho be gny lao ao amin'gny tany.[13]Ndre gny apaha-folon'gnhy olo tavela ao aminizeho aza, dra
ho potehy ndraiky; manahaky gny terebinta vo oka nitapahy dra misy ransany tavela, vo vihy masy dra ao
amin'gny fotony."

Chapter 7

[1]Tamin'gny andron'i Ahza zanadahin'i Jotama zanadahin'i Ozia, pazakan'i Joda, dra niakasy nagnagny Jerosalema
i Rezina pazakan'i Syria, Pelza zanadahin'i Remalia, pazakan'i Israely ba hananga aly amin'zay, fa sy nandresy
anizay ereo.[2]Notatery tagny amin'gny fianakavian'i davida fa nindray tamin'gny Efraima gny Syriana. Nangovisy
gny fony, vo gny fon'gny vahoakiny, manahaky reo hazo agn'ala agny ahozongozon'gny rivosy.[3]Dra ho Yaveh
tamin'Isaia ho: " Miboaha mindray amin'i Seara-jasoba zanakin'iha lelahy ba hisena an'i Ahaza eo amin'gny
faran'gny lakan-dranon'gny kamory ambony, egny amin'gny lala magnagny amin'gny Sahan'gny Panasa lamba.
[4]Zakao anazy ho: ' Mitandrema, ka taitaisy, ka matahosy ndre apitaorin'ereo tapa-poroha ro midonaky reo,
amin'gny hasosoran'i Rezina vo Syria, vo Pelza zanadahin'i Remalia.[5]Syria, Efraima, vo gny zanadahin'i Remalia
dra nanao teti-drasy hanohera anao; ho ereo ho:[6]" Andao sika hanafiky an'i Joda sady hapihorohoro anazy,ary
aoky sila hamaky anazy vo hametraky gny pazakasika, gny zanadahin'i Tabeala ao."[7]Ho gny Tompo Yaveh ho :'' Sy
ho tateraky zay; sy hiseho zay, [8]akory Damaskosy gny lohan'i Syria, vo Rezina gny lohan'i Daamskosy. Agnatin'gny
dimy amby eni-polo tao, dra ho torotoro gny Efraima vo sy ho vahoaky sasy. [9]Samaria gny lohan'i Efraima, vo gny
zanadahin'i Remalia gny lohan'i Samaria. Gno sy mitoby fatrasy amin'gny finoa handrareo, dra azo antoky fa sy
ho voaro.[10]Nizaka tamin'i Ahaza ndraiky gny Tompo ho: [11]" Mangataha famatara amin'i Yaveh Zagnaharin'iha;
mangataha an'izeho amin'gny laliky ndre amin'gny hahabonin'gny agnabo."[12]Dra ho Ahaza ho: " Sy hangataky
zaho, ndre hisapa an'i nYaveh."[13]Dra namaly Isaia ho: " Tenoy, ry akohonan'i Davida. Sy apy andrareo vahoaky se
gny misapa gny faharetan'gny vahoaky? Sy maisy misapa gny faharetan'gny Zagnahariko koa ra handrareo?[14]No
zeho dra gny Tompo mihisy gny hagnome famatara andrareo: Iho, ho bevoka gny somondrara, hiteraky zaza
lelahy, vo hitoka gny agnarany ho Imanoela.[15]Hihina ronpremandry vo tately izy no fa mahay manda gny rasy vo
misafidy gny soa.[16]Fa mialohan'gny hahaizan'gny zaza manda gny rasy vo misafidy gny soa, dra ho lao gny
tamin'gny pazaka riho ze natahoran'iha riho. [17]Yaveh dra hinday andro sy mbo nisy hatramin'gny nialan'i Efraima
tamin'i Joda amin'iha, vo gny vahoakin'iha , vo amin'gny fianakavian-dran'iha ---handesy amin'iha gny pazakan'i
Asyria."[18]Amin'zeho andro zeho Yaveh dra hisioky lalisy avy lavisy egny amin'gny onin'i Egypta, vo tately laha
tamin'gnyb tanin'i Asyria. [19]Ho avy aby izy aby hifitaky ambany egny amin'gny llohasaha lao, egny asefasefany
gny harambato, amin'gny fefy silo aby egny,vo amiamin'gny tany fihinam-bilo egny aby.[20]Amin'zeho fotoa zeho
gny Tompo dra handrasy amin'gny hareza nofay tagny andafin'gny onin'i Eofrata--gny pazakan'i Asyria--gny loha
vo gny volo tomboky; hangala riho volom-bava avo koa zay.[21]Amin'zeho andro zeho,dra hiteza agnomby vaviny
masaiky vo kadra ro gny olo.[22]Vo nohon'gny hamaroan'gny ronono ze homen'ereo,dra hihina rononomandry izy,
akory gny olon'aby tavela amin'gny tany eo dra hihina rononomandry vo tately.[23]Amin'zeho fotoa zeho,teo
amin'zeho nisy voloboky aman'arivony tombagna sekely volafosy arivo, dra hisy ndre ino ndre ino gno nsy silo.
[24]Handeha ho agny so hizaha amin'gny sipiky gny olo, akory gny tany aby dra silo aby.[25]Hizano lavisy gny tately ze
navaliky tamin'gny fangaly ereo, nohon'gny tahosy an'riho silo; fa ho toera fihinanan'gny biby fiteza vo kadra
zeho

## Chapter 8

[1]Nizaka taminahy Yaveh ho: " Mangala vato pisaky lahibe vo zorato amin'zeho ho: "Mahera-Salala-Hasi-
Baza"[2]Hapitoka vavolombelo matoky hagnamary ho Anany Zaho, dra Oria pisoro, vo Zakaria zanadahin'i
Jeberekia."[3]Nagnagny amin'gny paminany apela zaho, vo nanagn'anaky dra hiteraky zaza lelahy izy. Vo Yaveh
nizaka taminahy ho: "Ahivo ho: "Mahera-salala-hasi-baza.' gny agnarany.[4]Fa mialohan'gny hahezan'gny zaza
mitoka ho: " Babako, vo neniko, dra hangalaky gny harenan'i Damaskosy vo gny babon'i Samaria gny pazakan'i
Asyria."[5]Nizaka taminahy ndraiky Yaveh ho: [6]" Akory tahoky vahoaky tahoky dra nanda gny rano misononok'i
Siloa, vo faly amin-dRezina eo vo amin'gny zanadahin'i Remalia,[7]nohon'zeho gny Tompo dra hinday gny
ranon'gny renirano ho eo amin-drereo reo, mahery vo maro, gny pazakan'i Asyria vo gny voninahiny aby.b Ho
avy amin'gny tokany aby dra hahatondraky gny morony.[8]Gny Renirano dra hifaoky manombpky amin'i Joda ao,
hanondraky vo hamakivaky, mandra-hiavin'zay amin'gny tarafeon'iha eo. Reo elasy mivelasy dra hamono gny
sakan'gny tany,ry Imanoela.[9]Ho torotoro handrareo ry vahoaky. Mitenoa, ry firene lavisy aby: vonony ho
amin'gny aly gny tegna ndrareo vo torotoroy.[10]Manova paik'aly, fa sy ho tateraky zeho,mamoaha lily, fa sy
tateraky zeho, fa miahy anay Zagnahary.[11]Yaveh nizaka taminahy, nindray tamin'gny tagnany mahery ze teo
aminahy, vo nampitandry anahy sy handeha amin'gny lalan taho vahoaky taho.[12]Ka tokavy ho tetiky gny raha ze
tokavin'taho vahoaky taho ho tetiky, tsy hatahosy ze hatahorany hanao,vo ka reki-tahosy.[13]Fa Yaveh tompon'gny
maro gny omen'iha voninahisy ho masy. Izy gnyraiky ze tokony hatahoran'iha,vo izy raiky gny tokony
hampangitakitaky an'iha.[14]Ho avy fifitaha masy izy, fa ho vato fameleza Izy, vo ho vatolapy fanafitohigna_ho
an'gny akohonan'Israely, vo ho an'gny vahoakin'i Jeroselema dra ho fandriky vo lavo izy.[15]Maro gny ho tafitohy
amin'zeho dra ho lavo vo ho rava, ho voafandriky dra ho vobabo.[16]Fehezo gny fizoroako vavolombelo, vo asio
tombo-kase gny firaketa ofisialy, vo ameo ereo pianasiko zay.[17]Hiambyan'i Yaveh zaho,ze magnavony gny tarehiny
amin'gny akohonan'i Jakoba; hiamby Anazy zaho.[18]Iho, zaho vo gny zanadahiny ze namean'i Yaveh zaho dra ho
famatara vo ho raha mahalasa ao Israely laha tamin'i Yaveh Tompon'gny lako, ze mifitaky amin'gny tezovohis'i
Ziona eo.[19]Hizaka ami-ndrareo iereo ho: " Agnotanio gny pahita vo gny pisikily," ereo ze misy somba
mimenomeno vo mibisiky fitokava. Fa sy tokony hagnotany gny Zagnahariny moa gny olo? Tokony hagnotany
gny maty ho an'gny velo moa ereo?[20]Araky gny lily vo gny fizoroa vavolombelo! Gno sy mizaka mitovy amin'zeho
ereo, dra akory sy mana gny fahazavan'gny maraindray.[21]Hiriosy eo amin'gny tany amin'gny fahoria vo gny
haserea lahibe ereo. Gno fa resy ereo, dra ho ory sady hagnozo gny pazakany vo gny Zagnahariny, naho
manondrosy gny tarehin'ereo ambony.[22]Hagnety gny tany ereo dra hahita gny fahoria, gny henzy,vo gny
fazombogna mapahory. Ho roahy magnagny amin'gny tanin'gny fahamezegna ereo.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 9

1Hisava eo amin'ze tao agnatin'gny fangirifiria gny ezim-pito.Tamin'gny taloha dra nangala baraka gny tanin'i
Zebolona vo gny tanin'gny Naftaly Izy, nefa ao afara ao dra hanao ze ho be voninahisy izy, gny lala magnagny
amin'gny ranomasy, agny andafin'i Jordana,ze hafa firene mifitaky ao Galilia.2Fa nahita fahazava lahibe gny
vahoaky ze nandeha tamin'gny henzy; gny ze fa niay tao amin'gny tanin'gny aloky gny fahafatesa, dra fa
namirapirasy teo amin'ereo gny fahazava.3Fa nahalako gny firene Hanao; fa napitombo gny hafalian'ereo Hanao.
Mifaly agnilan'iha manahaky gny fifalia amin'gny fotoan'gny fanapaha ereo, manahaky gny olo faly gno fa mizara
gny voroba ereo.4Notorotoroin'iha manahaky gny tamin'gny zioga mavesany, gny mandigny teo asorony, gny
sorakkazon'gny papahory anazy.5Fa gny kiraro aby ze magnisaky eo amin'gny fikorotagna vo gny akazo mihososy
lio dra horoa,hahy soliky ho an'gny afo.6Fa zaza gny teraky ho asika, zaza lelahy gny nameny asika, vo ho eo
asorony gny fanapaha, vo gny Agnarany ho tokavy ho panolo say Mahagaga, Zagnahary Mahery, Ray
Mandrakizay, Andrianin'gny Fiadagna.7Gny fitomboanin'gny fazakany vo gny fiadagna dra sy hisy farany, gno
manapaky amin'gny fiandrianan'i Davida Izy, vo eo amin'gny fazakany, so hanoby vo hamoha izay amin'gny
rariny vo fahamarigna manomboky amin'io fotoa io vo ho mandrakizay. Gny zotopon'i Yaveh tompon'gny lako
gny hiahy an'zeho.8Nandefa zaka hanohisy an'i Jakoba gny Tompo, vo avy teo amin'Israely zay.9Gny vahoaky aby
dra hahafatasy ndre i Efraima vo gny ponin'i Samaria aza,ze mizaka amin'gny fiavognavogna vo
fibohabohanin'gny fony ho: 10" Fa nezera gny biriky, fe hasangasika amin'gny vato fandraky ndraiky zeho; fa
voatapaky gnyamota, fa ho solosika sedera eo amin'gny toerany."11Noho zeho dra hisanga hanohisy anazy Yaveh
dra i Rezina, gny pifagnandry aminazy, vo hapisiky gny fahavalony,12dra gny Syriana avy agny asignana, vo gny
Filistiana avy agn andrefa. Handrapaky gny Israely amin'gny vavany misangasanga ereo. Amizehe raha aby zehe,
dra nihena gny fahoriany; fa koa, bo mihizisy gny tagnany.13Fe gny olo sy hihery Aminazy ze namely an'ereo, na
hitalia an'i Yaveh Tompon'gny lako.14Ko dra ho tapahin'i Yaveh gny loha vo gny rambon'i Israely, gny sapan-drofia
vo gny volotara, ao agnatin'gny draiky andro.15 Gny pitariky vo gny olo mendri-kaza gny lohany; vo gny paminany
gny nanoro vandy gny rambony.16Ereo ze mitariky riho vahoaky riho gny mitariky an'ereo amin'gny lalan-diso, vo
ereo ze mitariky an'ereo gny voately.17Noho zeho gny Tompo dra sy ho faly amin'gny tovolahin'ereo na hana
fangoraham-po amin'gny kamboty vo reo pinday vata ereo, akory gny olon'aby dra piasaravelasihy vo piahy rasy
rahateo,vo gny vava aby dra mizaka adala. Amize zaha aby zeho, dra sy mihe gny fahoriany; fa kosa, dra bo
mihizisy hatragny gny tagnany.18Fa magnoro manahaky gny afo gny faharasia; mandevo gny hery vo gny silo
zeho; magnoro gny kirihis'ala aza zeho, ze miakasy ao amin'gny savorovoro hoto.19Amin'gny fahorian'i Yaveh
Tompon'gny lako gny ma gny tany, vo gny olo dra manahaky gny soliky ho an'gny afo. Sy misy olo miferignay gny
rahalahiny.20Handrapaky gny hany amin'gny tagna akavana ereo nefa resy avo, hihina gny hany amin'gny tagna
akavia ereo nefa sy ho afa-po. Ndre dra gny kirairaiky aza dra hihina gny nofin'gny sandriny avo.21Manase dra
handevo an'i Efraima, vo Efraima handevo an'i Manase, dra hindray ho tia an'i Joda ereo. Amin'ze raha zeho, dra
sy mihe gny fahoriany; fa kosa, dra mbo mihizisy hatragny gny tagnany.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 10

[1]Loza ho andreo ze manao lalana sy araky gny hisiny vo manorasy lily sy ara-drariny.[2]Sy magnome rariny gny ory
izy, mandroba gny oloko mizaly amin'gny zony ereo, mandroba gny pinaday vata, vo manao gny kamboty ho
hazan'ereo![3]Ino gny hataon'iha amin'gny andro fisara gny fa ho avy boak'agny lavisy gny faharava? Amin'ia
hanao gny hienga hitalia fagnapia, vo eza gny hanobianao gny varanao? [4]sy hisy ndre inop ndre ino ho tavela, vo
hitapify eo amin'gny gaza hanao na ho lavo eo amin'ereo maty. Amin'riho raha any riho dra sy mihe gny
haoriany; fa zeho, dra bo mohizisy avo gny tagnany.[5]Loza ho an'ereo Asyriana, gny soarakazo n'gny fahoriako,
sorakazoze handesako gny fahasiahako![6]Alefako hanohisy firene miavognavo vo hanohisy gny vahoaky ze
mizaka gny haoriako manafosy anazy. Mandidy anazy hangalaky gny babo, hangalaky gny haza, vo
hagnisakisaky reo manahaky gny fotaky egny andala zaho.[7]Kanefa sy zay gny kasany, na ho mihevisy manahaky
anizay izy. Ao apony izay ho handrava vo handringa firene maro zay. [8]Fa ho izy ho: " Moa sy pazaka aby se gny
andrian-dahiko aby? [9]Sy manahaky an'i Karkemisy se i Kalno? Sy manahaky an'i Arpada se i Hamata? Sy
manahaky an'i Damaskosy se i Samaria?[10]Manahaky gny nandresen'gny tagnako riho fazaka panopo sapy, ze
kahibe kokoa noho reo an'i Jerosalema vo Samaria gny sary raha sakis'ereo, [11]manahaky ze nahiko tagny Samaria
vo reo sapy zava-poa, moa sy hanao manahaky izay amin'i Jerosalema vo reo sapiny avo koa moa zaho? "[12]Gny fa
nahavita gny asany teo amin'gny tezovohisy Ziona vo tao Jerosalema gny Tompo, dra hagnasazy gny zakan'gny fo
miavognavon'gny pazakan'i Asayria vo gny fignitia feno avognavo zaho.[13]Fa izy nizaka ho: " Tamin'gny tazako vo
gny fahendreko gny niasako. Mana fahazava say zaho, vo fa nangala gny fefin'ireo vahoaky. Fa nangalariko gny
harenan'ereo, vo manahaky gny agnombilahiko gny napoizoroako reo ponina.[14]Manahaky gny fisambora avy ao
amin'gny akany, gny nangalan'gny tagnako reo haren'gny firene, vo manahaky gny fanangonan'gny raiky reo
atoly nenga, gny hagnangonako gny tany aby. Sy nisy nagnakapoky gny elany ereo na nanokasy gny vavany na
nihiakiaky."[15]Moa ve gny famaky hirehareha momba gny vatany amin'zay mampiasa anazy? Moa ve gny sofa
hidoka gny vatany noho gny raiky zay manapaky amin'gny alalan'zay? Zay dra manahaky gny ho: afasorakazo
raiky afaky mienga amin'ereo ze manenga an'zay na manahaky gny ho afaky manenga olo gny soarakazo. [16]Noho
zay dra handefa fahiaza eo amin'ereo pialiny sangany i Yaveh Tompon'gny lako; vo eo ambanin'gny voninahiny
dra hisy fireheta manahaky gny afo mirehisy.[17]Ho avy afo gny fahazavan'Israely, vo gny raiky Masiny ho lelan'afo,
hagnoro vo handevo reo silony agnatin'gny raiky andro moza zay. [18]Yaveh dra hanimba gny vononahisy gny alany
vo gny taniny mamokasy, dra gny fagnahin'zay vo gny vatan'zay; hanahaky gny olo marary miala ay zay.[19]Ho
keliky reo sisa tavela amin'reo hazon'gny alany, ka ndre gny zaza aza afaky hagnisa reo.[20]Amin'zay andro zay, reo
Israely sisa, reo fianakavian'i Jakoba ze mienga, dra sy hiatehisy amin'gny raiky ze nandresy anazy reo sasy, fa
hiakyamin'i Yaveh vatany, dra gny raiky Masin'Israely.[21]Ze tavela amin'i jakoba dra nihery agny amin'gny
Zagnahary mahery.[22]Fa ndre gny olon'iha aza, ry Israely, dra manahaky gny fasiky egny amoron-dranomasy, ze
sisa tavela amin'ereo avo gny hihery. Nitendreny gny faharava,araky gny fangatakha fahamarigna manafosy.[23]Fa
Yaveh Tompo'gny lako, dra eo andala-pagnatateraha gny faharava zay nontendre magnera gny tany.[24]Noho zay
Yaveh Tompon'gny lako mizaka ho: " Ry vahoakiko zay mitoby ao Ziona, ka matahopsy reo Asyriana." Hamely
an'iha amin'gny sorakazo izy, vo hananga gny tehiny amin'iha, araky zay nataon'ereo Egyptiana.[25]Ka matahosy
anazy, fa afaky fotoa fohy dra hihasahy gny fahoriako amin'iha, vo hitariky amin'gny faharavany gny
haoriako."[26]Dra Yaveh Tompon'gny lako dra hagnenga karavasy amin'ereo, manahaky gny tamin'gny nandreseny
gny Midiana teo ambatolapin'i Oreda. Hagnenga gny rasakazony eo amin'gny ranomasy izy vo hagnenga izay
manahaky gny nataony tao Egypta.[27]Amin'zeho andro zeho,gny vesasiny dra hiala laha teo amin'gny sorokin'iha
vo gny ziogany laha teo amin'gny vozon'iha. Vo gny zioga dra ho rava nohopn'gny hatevezany.[28]Avy tao Aiata gny
fahavalo vo nandalo an'i Migrona; tagny Mikmasy gny nitavina reo vasiny.[29]Nisaky tamin'gny fandalova ereo vo
nitoby tao Geba. Nihovisovisy i Rama vo nilefa i Gibean'i saoly.[30]Mikiakiaky fatrasy ry zanaky apelan'i Galima!
Aoka ho liana,ry Laisy! Indrisy ry Anatota mizaly.[31]Milefa i Madmena, vo reo ponin'i Gebima dra mihazakazaky
ho amin'gny fiarova. [32]Amin'iho andro iho mihisy gny hizano ao Noba izy dra hamoko gny totohondry agny an-
tendrombohisy gny zanakapelan'i Ziona, gny havoan'i Jerosalema.[33]Iho, Yaveh Tompon'gny lako hapiezera reo
sapa amin'gny fidoboha mapatahosy; ho tapahy reo hazo lava loasy,vo ze abo loasy dra hafohezy.[34]Hamaky reo
kirihitr'ala amin'gny famaky izy, vo iLIbanona dra hezera amin'gny fiandrianany.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 11

[1]Hisy solofony hisimoky avy amin'gny fotos'i Jese, vo hisy rasana avy amin'gny fakany hinday tegnany. [2]Hitoby
aminazy ao gny Fagnahin'i Yaveh, gny fagnahin'gny fahendre vo fahazava say, gny fagnahin'gny fapianara vo
hery, gny fagnahin'gny fahalala vo tahosy an'i Yaveh.[3]Gny sitrany gny ho tahosy gny tompo, sy ho saray amin'ze
hitany maso izy, na hanapa-kevisy amin' ze ren'gny sofiny.[4]Fa kosa, hisara gny mizaly amin'gny fahamarigna izy
sady hanapa-kevisy ar-drariny amin'gny pagbetry tegnan'gny tany. Hamely tany amin'gny sorakazon'gny vavany
izy, vo hamono gny rasy fagnahy tamin'gny fofon'ain'gny molony.[5]Gny fahamarigna gny ho fehi-trokin'gny
andilany, vo fahatokia gny fehi-troky mihodidy gny valahany.[6]Gny amboadia dra hindray hiay amin'gny
zanak'agnondry, vo gny leoparda hindray mandry amin'gny zanak'osy, gny zanak'agnomby, gny liona tanora vo
gny zanak'agnomby mifahy.[7]gny agnomby vavy vo gny bera dra hindray hiroaky,dra zanak'ereo hindray mandry.
Gny liona dra hihina mololo manahaky gny agnomby.[8]Hihisa eo andavaky gny menarana gny zaza,vo gny zaza
nisara-nono hanoby gny vatany eo andavaky gny bibilava.[9]Sy handrasy na handrava egny amin'gny tezovohisy
masy aby ereo; akory ho feno fahalala an'i yaveh gny tany, manahaky gny rano mandrakosy gny ranomasy.
[10]Amin'zeho andro zeho, dra hisanga manahaky gny fagneva ho an'gny vahoaky gny fotos'i Jese. Hitalia an'ereo
firene vo ho be voninahisy gny toera fisaharany.[11]Amin'zay andro zay,dra hagnasarosy gny tagnany ndraiky gny
Tompo ba hagnery reo sisa tavela amin'gny vahoakiny zay mitoby agny Asyria, Egypta, Patrosa, Kosa, Elama,
Sinara, Hamata, vo reo nosin'gny ranomasy.[12]Hanoby fagneva ho an'ireo firene izy vo hagnango reo
voaroakin'Israely vo reo voaelin'i Joda avy agny ami'gny vazatany efasy.[13]Hamalosy gny fialognan'i Efraima Izy,
sady ho fongora gny fandrafian'in Joda. Sy hialo an'i Joda gny Efraima, vo Joda sy handrafy an'i Efraima sasy.[14]Fa
hizoro hanafiky amin'gny Filistiana agny avarasy koa ereo, vo hindray hagnababo gny vahoaky agny asignana.
Hanafiky an'i Moaba ereo, vo hakato an'ereo gny vahoakin'i Amona.[15]Hamotiky taterakygny sakeli-dranomasin'i
egypta i yaveh. Mindray amin'gny rivosy mahama dra hagnefoefo gny tagnany eo amin'gny ony Eofrata izy vo
hagnasaraky anazy ho sapa fito, dra ho afaky hisaky mindray amin'gny kapa zay.[16]Hisy lalam-be ho an'gny sisa
amin'gny vahoaky ze mihery avy agny Asyria, manahaky gny nisian'zay ho an'Israely tamin'gny niakaran'ereo
avy agny amin'gny tany Egypta.

Chapter 12

1Amin'zeho andro zeho dra hizaka hanao ho: "Hagnatisy fisora ho anao zaho, ry Yaveh. Fa ndre ory taminahy aza
hanao, dra nivily gny fahorianao, vo nakahery anahy hanao.2Iho Zagnahary gny fagnimeza anahy, hatoky zaho
vo sy hatahosy, fa Yaveh, egny , Yaveh gny herio vo hirako. Izy gny avy famoze anahy.3Amikafalia gny
hanovozanao ranoavy amin'gny loharanon'gny fameza. 4Amin'zeho andro zeho gny hizakanao ho: "Magnatera
fisora ho an'i Yaveh vo mitokava gny Agnarany; zakao amin'gny olo gny asany, zakao fa nasandrasy gny
Agnarany."5Mihira ho an'i Yaveh, fa nanao raha be voninahisy izy; aoky ho fatasy manera gny tany zay.6Mitokava
fatrasy vo mikoiha fifalia, hanao ry ponin'i Ziona, fa lahibe eo agnivonao gny ray Masin'Israely."

## Chapter 13

[1]Fitalilia mahakasiky an'i Babylona, zay azon'Isaia zanadahin'i Amoza: [2]Manangana fagneva agny antezovohisy
mangalihaly, mikoiha fatrasy amin'ereo, ahofahofay amin'ereo gny tagna ndrareo so hilirany amin'gny
vavahadin'ereo mana-kaza.[3]Fa nandidy reo masoko zaho, eka fa nitoka reo lelahy maheriko ba hagnatateraky
gny fahoriako, aka ndre dra reo mibitaky am-pirengirengea aza.[4]Gny horakoraky gny maro an'isa agny an-
tezovohisy, dra manahaky gny vahoaky maro be! Gny tabataban'gny fazaka manahaky reo firene maro tafaharo!
Yaveh tompn'gny maro gny napahery gny tafiky amin'gny aly.[5]Avy agny amin'gny firene lavisy ereo, avy agny
ami'gny faratapon'gny lagnisy. Yaveh vo reo fitova fisarany zay, ba handrava gny tany manotolo.[6]Midradradradra,
fa atomosy gny andron'i Yaveh, ho avy mindray amin'gny fahapoteha avy amin'gny Tsitoha zay.[7]Noho zay dra
hiraviravy gny tagnan'aby vo hivalaketraky gny fo aby.[8]Hihorohoro ero; ho azon'gny fahararia vo fagnirifiria
ereo, manahaky gny apela miteraky. Samby ho lasa amin'ereo samby ereo ereo, sady hirehisy gny tarehiny.[9]Ingo,
avy amin'gny fahavignira lozabe vo fahoria manafosy gny andron'i Yaveh, ba hahaavy gnyt tany ho lao vo
hamotiky reo panota ao amin'zeho.[10]Reo kitan'gny lagnisy vo reo telo noho refy dra sy hagnome gny hazava. Gny
masoandro dra ho mezy ami'gny fiposahany, sady sy hamirasy gny vola.[11]Hagnasazy zao totolo zao nohon'gny
faharasia vo reo rasy fagnahy nohon'gny helok'ereo zaho. Hapisahasy gny fiavognavon'gny pirengirengy vo
hapizesy gny fiavognavon'gny masiaky Zaho.[12]Hahiko keliky noho gny volamena voalio gny olo vo gny olombelo
ho sarosy taliavy noho gny volamena sy mifangaron'i Ofira.[13]oho zay dra hahiko mihovisovisy amin'gny alalan'i
Yaveh Tompon'gny lako, vo amin'gny androm-pahoriany lahibe gny lagnisy, vo hataoko miozongozo eo amin'gny
toerany gny tany.[14]Manahaky gny gazela voahaza na manahaky gny agnondry sy misy piaraky, gny
hiheregnan'gny olo kiraidraiky tamin'gny vahoakiny vo hilefany agny amin'gny taniny.[15]Ze hita aby dra ho faty
aby , vo ze trasy aby dra ho fatin'gny mesabe.[16]Gny zaza madinik'ereo dra hotorotorogny amasony eo. Gny
tragnon'ereo dra ho babaoy vo gny valiny ho voasaviky.[17]Ingo, maporisiky reo Mediana ba hanafiky an'ereo Zaho,
zay sy ho voakasiky gny volafosy, na hakamamy gny volamena.[18]Gny sipikin'ereo handefo gny zatovony. Sy hana
atra amin'gny zaza sady sy hamindra fo amin'gny zaza ereo.[19]Vo Babylona, gny mendri-pidera vatany amin'gny
fazaka, gny famirapiratan'gny reharehan'gny Kaldeana, dra horava manahaky an'i Sodoma vo Gomora.[20]Sy
honegna na hitoboha zay hatramin'gny taranaky faramandimby. Sy hisy Arabo hagnorin-day agny, na hisy
piaraky agnondry hapandry gny agnondriny agny.[21]Fa reo bibidian'gny efisy gny hitoby agny. Ho feno vorondolo
gny tragnon'ereo, vo ostrisa vo osilahy gny hifafihavaza ao.[22]Hiero agnaty ferovany ao gny kary, vo gny
amboahaolo ao ami'ireo toera soasoa. Atomosy gny fotoany, vo sy tara gny androny.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 14

[1]Hiferegnay an'i Jakoba i Yaveh; hifily an'Israely ndraiky Izy vo hangery an'ereo amin'gny taniny ao. Hikamba
amin'ereo gny vahiny vo hapifamatosy gny vatany amin'gny akohonan'i Jakoba.[2]Hinday anazy reo agny amin'gny
toera reo firene. Dra hinday an'ereo agny amin'gny tanin'i Yaveh ho panopo lahy vo apela gny akonhonan'Israely.
Hambabo reo ze fa nambabo anazy ereo, sady hanapaky reo papizaly anazy.[3]Amin'gny andro ze hagnomezan'i
Yaveh fisahara ho an'iha ammin'gny fizalia vo gny fangirifiria, vo amin'gny asa fatrasy zay take ho tateraha-
ndrareo,[4]dra hihira zeho hira fagnesoa ho an'gny pazakan'i Babylona zeho ndrareo ho: " Edray vita gny
ammin'gny papizaly, tapisy gny fahavignira mieboebo![5]Fa namotiky gny tehin'gny rasy fagnahy Yaveh, gny tehim-
pazakan'reo panapaky reo,[6]zay namely gny vahoaky amin'gny fahasiaha amin'gny zera sy miato, zay manapaky
reo firene tamim-pasiaha, tamin'gny fanafihazay sy nisahasy.[7]Misahasy vo mandry gny tany manotolo; manoboky
makalaza amin'gny hira ereo.[8]Ndre dra gny hazo kypreso aza dra mifaly amin'iha mbamin'gny sederan'i
Libanona, ho ereo: 'koa akory nahetry ambany hanao, dra sy nisy panapaky hazo niakasy ba hikapa anay;
[9]Miamby fatrasy gny hisena an'iha gny Fiegna-sy hita ambany magnagny hanao. Mamoha gny maty ho zay, ry
pazakan'gny tany aby, mapisanga an'ereo eo amin'gny seza fiandriagna, vo pazakan'gny firene aby.[10]Hizaka aby
ereo aby sady hanao ami'iha ho: 'Fa avy malemy manahaky hanao.[11]Fa naily ho agny amin'gny fiegna-sy hita
tamin'gny feom-balihan'iha gny voninahisinao. Miparitaky eo ambanin'iha gny olisy,vo mandrakosy anao gny
haka![12]Akory gny niazeran'iha avy agny an-dagnisy, ry kitan'gny andro, zanaky gny maray! Akory gny hanapaha
an'iha amin'gny tany, hanao zay nandresy gnyn firene![13]Fa nizaka aponao tao hanao ho: "Hiakasy ho agny
andagnisy zaho, hanandrasy gny seza fiandrianako ambon'gny kitan'Zagnahary zaho, vo hitoby eo an-tezovohisy
gny fiangona, agny amin'gny farany lavisy hny avarasy.[14]Hiakasy ambon'reo raho abo zaho; ahiko manahaky gny
Zagnahary Abo Vatany gny tegnako.'[15]Kanefa nahily tagny amin'gny fiaigna-sy hita hanao, tagny amin'gny
lalikin'gny lavaky.[16]Reo zay mahita anao dra handiniky anao dra hiteno anao ereo. Hanao ereo ho: ' Moa tahoky
gny lelahy nampangitakitaky gny tany,zay napihozohozo reo fazaka, [17]zay nanao zao totolo zao hanahaky gny
efisy, zay nandrava reo tananan'zay vo sy nanenga reo gadrany holy?'[18]Gny pazaka aby eo amin'ireo firene, izy
aby dra mandry amim-boninahisy,gny kiraidraiky samby amin'gny lolony ao aby.[19]Fe hanao dra halagny amin'gny
lolonao manahaky gny rasakazo naria. Mandrakosy anao manahaky gny fekazoa gny maty, dra reo zay notrobara
tamin-sabasy, zay mizoso agny amin'gny vaton'gny lavaky.[20]Sy halevy manahaky anazy reo hanao, akory fa
namotiky gny tamin'iha vo namono gny vahoakin'iha. Gny taranaky gny panao rasy dra sy ho tognony
sasy."[21]Omany ho an'gny zanany gny famonoan'iha, ho an'gny helok'ereo razambeny, ba sy hisanga ereo dra
hangalaky gny tany vo hameno zao totolo zao amin'gny tana.[22]"hisanga hanohisy an'ereo Zaho"---zay gny
fagnambaran'i Yaveh Tompon'gny lako. Ho foagnako hiala amin'gny Babylona gny agnara,gny ao taranaky. vo gny
hare"---zay gny fagnambaran'i Yaveh.[23]"Hahiko ho amin'gny fanagnan'gny vorondolo ao avo koa izy, vo amin'gny
dobon-drano, vo ho fafako amin'gny kifafan'gny fandringana izy"---zay gny fagnambaran'i Yaveh Tompn'gny
maro.[24]Fa nifata Yaveh tompn'gny maro ho: "Araky gny fa nikasako vatany, gny hiseho; vo araky gny fa
nikendreko dra zay gny ho izy:[25]Ho potehiko amin'gny tany ao gny Asyriana,vo hisahiko ambany tomboko, eo
amin'reo tezovohisy izy. Dra halako hiala amin'ereo gny ziogany vo hiala eo amin''gny hatok'erao gny eta-
mavesasiny."[26]Izay gny fikasa ze nikasay ho an'gny tany totolo, sady zay gny tagna ze fa nisandrasy ao amin'gny
firenen'aby.[27]Fa niria an'zay Yaveh Tompon'gny lako; ia gny hahasaka Anazy? Misandrasy gny tagnany, ka ia gny
hapihemosy anzay?[28]Tamin'gny tao ze nahafatesan'i Ahaza pazaka gny nahavian'zao fagnambara zao ho:[29]Ka
mifaly, handrareo ry Filistiana aby, fa tapaky gny sorakazo zay namely andrareo. Fa avy amin'gny fakan'gny
bibilava gny hiboahan'gny menarana, vo gny haterakiny dra ho bibilava mirehisy mitily.[30]Hapihina reo
agnondriny eo amin'gny fihinanam-biloko gny lahimatoan'gny mahatra, vo handry amim-pilamigna gny mizaly.
Hovonolo amin'gny mosary ze hahafaty gny sisa velo ami-ndrareo gny faka-ndrareo.[31]Midradradradra, ry
vavahady, ry tana; ndrareo aby dra hiepo aby, ry Filistia. Fa avy ao avarasy gny hiavin'gny raho-setroky , vo sy
miala eo an-daharany.[32]Koa akory gny hamalian'gny olo gny irak'izay firene zay? Fa hitan'Yaveh gny nagnory an'i
Ziona, vo ao aminazy gny hahitan'gny mizaly amin'gny olony felofa.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 15

[1]Fagnambara mahakasiky an'i Moaba. Eka vatany, agnatin'gny hariva raiky dra foa vo potiky i Ara-moaba; eka
vatany, agnatin'gny hariva raiky dra foa vo potiky i Kira-moaba.[2]Niakasy mho agny antepoly ereo,niakasy ho agny
atapony gny olon'i Dibona ba hitomagny; mitomagny ao Nebo vo ao MKedeba i Moaba. Voiaharasy ho solagny
lohan'ereo sady voatapaky gny volom-bavan'ereo aby.[3]Misiky lamba fandala ereo amin'gny lalan'ereo;
midradradradra eo amin'gny tapo-tragno vo egny an-kiaza gny kirairaiky, ketraky gny tomagny.[4]Mitoka vozy i
Hesbona vo Elale; re hatragny Jahaza gny feon'ereo. Ka mitoka vozy reo lelahin'i Moaba mita-pelia; matahosy
agnatin'ereo ao avo ereo.[5]Mitomagny ho an'i Moaba gny foko; milefa ho agny Zoara vo Elgeta-selisia reo pilefa.
Miakasy agny amin'gny fekaran'i Lonita am-pitomagnia ereo; midradradradra fatrasy gny amin'gny fahasimbany
amin'gny lala ho agny Horonaima ereo.[6]risy reo ranon'i Nimrima, malazo reo ahisy vo maty reo simok'ahisy; sy
misy ndre ino ndre ino meso.[7]Ze iaby napitobony vo navorin'ereo dra nandesin'ereo agny an-dohasahan-
driakin'gny hazomalahelo.[8]Nagnera gny faritanin'i Moaba gny tomagny; hatragny Eglaima vo Ber-elima gny
fidradradradra.[9]Fa feno lio gny ranon'i Dimona. Hanafiky ze tafenga avy ao Moabya vo reo sisa tavela eo
amin'gny tany gny liona.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 16

[1]Andefaso agnomby aman'osy gny panapaky gny tany avy agny Sela agny an'efisy, hatragny amin'gny tezovohisy
gny zanakapelan'i Ziona.[2]Manahaky reo voro pirenireny, manahaky gny akany miparitaky, ka gny valin'i Moaba
dra ho ao amin'gny fintana agny amin'gny reniranon'i Arnona.[3]Magnomeza hevisy, apiharo gny rariny,
magnomeza alokaloky manahaky gny hariva amin'gny mitavovogna; hafeno reo pilefa; ka mamadiky reo pienga.
[4]Aoky hitoby ami-ndrareo eo ereo, ry pienga toby laha tagny Moaba; meteza ho toera fivonia ho an'ereo amin'gny
pandrnga." Fa hizano gny fapahoria, vo hisahasy gny fandrava, reo ze nanosihosy dra hazavo amin'gny tany.
[5]Hatoby amin'gny fagneke mahatoky gny seza fiandriana; vo gny raiky laha tamin'gny lain'i Davida dra hitoby ao
apahatokia. Hisara manahaky gny fitaliava gny rariny izy sady hanao fahamarigna.[6]Nahare gny avognavon'i
Moaba zahay, gny fireharehany, gny fihoa-bavany, vo gny haoriany. Fa gny fireharehany dra zaka avo.[7]Ka
midradradradra ho an'i Moaba i Moaba_Midradradradra ereo aby! Mandala ho an'gny apepam-
boalobok'i[8]Nihamaiky manahaky reo voalobok'i Sibma reo sahan'i Hesboma. Gny panapaky amin'gny firene dra
nagnosihosy reo safidim-boaloboky zay avy hatragny Jazera vo niparitaky tagny an'efisy.Niely tegny ivelany reo
sapany, nandeha manera gny ranomasy reo.[9]Dra hitomagny miaraky amin'i Jazera ho an'gny voalobok'i Sibma
vatany zaho. Hanondraky an'iha amin'gny ranomasiko zaho, ry Hesbona, sy Elale. Fa teo amin'reo sahan'gny vihy
lohatao vo gny vokasy gny namaragnako reo kiaki-pifalia.[10]Nala tamon'gny alan'gny hazo fihinam-boa gny fifalia
vo firavoravoa, vo sy misy hira na kiaky amin'gny tanim-boaloboky ao. Sy hisy dre ia ndre ia hagnisaky divay
ami'gny famiaza ao, fa nasasiko reo hiakin'gny raiky zay magnisaky.[11]Ka miseto manahaky gny harpa ho an'i
Moaba gny foko, vo gny agnatiko ao ho an'i Kira Hareseta.[12]No fa mapisiky gn'ainy agny amin'gny toera abo i
Moaba ka milisy gny tepoliny bo hivavaky, dra sy hahataterak ndre ino ndre ino gny vavany.[13]Zay gny zaka zay
nozakain'i Yaveh mahakaisky an'i Moabna teo aloha.[14]Mizaka ndraiky Yaveh ho: " Agnatin'gny telo tao, dra
hazavo gny voninahis'i Moaba, ndre dra lako aza gny olony, dra ho keliky sisa tavela sady sy hisy dikany.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 17

1Fagnambara mahakasiky an'i Damaskosy.2Hafoy reo tanan'i Aroera. Ho toera handrian'gny biby teza reo, sady sy
hisy hapitahosy an'ereo.3hazavo sy ho ao i Efraima, gny fazaka avy agny Damaskosy, vo gny sisa tavelan'i arama
reo tana voaaro---hanahaky gny voninahisy gny vahoakin'Israely reo---zay gny fagnambaran'i Yaveh tompn'gny
lako4Vo amin'zeho andro zeho dra hasaiky gny voninahis'i Jakoba, vo hazary hahia gny fahatevezan'gny nofony.
5Hanahaky gny amin'gny fanangonan'gny piziza gny vary antahony zay, vo gny sandriny miziza gny salohim-
bary.Hanahaky gny amin'gny fagnotazan'gny olo raiky gny salohim-bary egny amin'gny Lohazasan'gny Refaima
zay.6Hisy sisa vaovory ho tavela, fe, hanahaky gny amin'gny fihozongozognan'gny hazon'oliva: misy oliva ro na
telo eo amin'gny rasany ambany indrindra, efasy na dimy eo amin'gny sapany abo inbrindra amin'gny hazo
mamoa ---zay gny fagnambaran'i Yaveh, Zagnaharin'Israely. 7Aminzeho andro zeho dra hitoliky amin'gny pahary
anazy gny olo, vo gny masony gny raiky Maisn'Israely.8Sy hagnety gny alitara ereo, zay asan'gny tagnan'ereo, na
hagnetyze nataon'gny rasa-tagnany, dra gny baon'Aseraha ndre reo sary masoandro. 9Amin'zeho andro zeho dra
hanahaky gny bao hazo nafo egny amin'gny tezon'gny havoa gny tana fatrasy orin'ereo, zay nafo noho reo
vahoakin'Israely vo hazary ho lao zay.10Fa nagnaligno gny Zagnahariny gny famozendrareo handrareo, vo nodia-
ndrareo fany gny vatolapin'gny herindrareo. Koa mamboly raha misiry soasoa handrareo, sady mametraky
tahom-boaloboky voaray avy tamin'gny vahiny,11amin'gny andro hambolendrareo, vo hamefendrareo, vo
hapisiriandrareo. Sy ho ele dra hisiry gny vihindrareo, fe sy hahavagno gny voakasindrareo amin'gny andreo
fahoria vo alahelo fatrasy.12Loza! Gny kotaban'gny olo maro, zay miero manahaky gny fieron'gny ranomasy, vo
gny fisafoaky gny firene, zay mifaoky manahaky gny fipaokin'gny rano mahery!13Hiero manahaky gny
fipoakin'gny rano maro reo firene, fe ho vignisy andreo fatrasy Zagnahary. Hilefa lavisy ereo vo haza manahaky
gny ahi-drasy siofin'gny rivosy egny amin'gny tezovohisy, sady manahaky gny ahi-drasy ahodikodin'gny tafio.
14Amin'gny hariva, ingo, gny horohoro! Mialohan'gny maraindray ddra ho difу reo! Izay gny azaran'ereo zay
mambabo asika, gny amboaran'ereo zay mandrobaky asika.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 18

[1]Loza ho an'gny tanin'gny fibisibisik'gny elasy, ze mindray amin'ireo onin'gny Etopia;[2]zay mandefa masoivoho
amin'gny ranomasy, ao agnaty fanaky taratasy papirosy egny amin'gny rano. Mandehana, handrareo ry iraky
malaky fandehana, agny amin'gny firene abo vo malama, agny amin'gny olo matahosy lavisy vo mariny, firene
matazaky vo magnosihosy, ze nozarain'gny ony gny taniny.[3]Handrareo poninaby eto amin'izao totolo izao vo
handrareo ze monina eto atany aby,no fa nienga eo atapon-tezovohisy gny fanaira, magnatia, vo no fa sofy gny
asiva, mitenoa.[4]Zao gny zinakan'i Yaveh taminahy: " Handiniky moramora laha tamin'gny tragnoko egny Zaho,
manahaky gny fipoakin'gny hafana egny amin'gny masoandro, manahaky gny zavon'gny raho amin'gny
hafanan'gny fiziza.[5]Mialohan'gny fiziza,no fa tapisy gny famelany, vo gny vihinkazo dra mamoa ho
voaloboky,handrasa reovogniny amin'gny fagnetezam-boaloboky izay, vo ho tapainy vo ho andesiny reo rasa
voaely.[6]Hanga ho an'gny voron'gny tezovohisy vo reo biby egny ambon'gny tany koa ereo. Handany gny
fahavarasy amin'ereo gny voro,vo reo biby managn'ay any dra handany gny ririny amin'ereo."[7]Amin'zeho fotoa
zeho dra hisy fagnomezam-boninahisy an'i Yaveh Tompon'gny maro boak'amin'ereo vahoaky abo saby malama,
boak'amin'ereo vahoaky natahosy alavisy vo mariny, firene matazaky vo voahisaky, ereo ze nosarahin'gny ony
gny taniny,ao amin'gny toeran'gny agnaran'i Yaveh Tompon'gny maro, hatragny amin'gny tezovohisy Ziona.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 19

[1]Fitalilia mahakasiky an'i Egypta. Ingo, Yaveh mitikisy raho malaky fandehana dra ho avy agny Egypta;
mihovisovisy eo agnatrehany reo sapin'i Egypta, vo dra mihavalaky agnaty gny fon'ereo Egyptiana.[2]"
Haporisihiko hialy ereo Egyptiana smby Egyptiana: lelehy raiky hialy amin'gny rahalahiny, vo lelahy raiky
hanohisy gny namany; tana hanohisy tana, vo fazaka hanohisy fazaka.[3]ho ketraky agnaty gny fagnahin'i Egypta.
Ho potehiko gny toroheviny, ndre dra gny hevis'ereo sapy, vo fagnahin'olo maty, vo pahita gny ho avy, vo gny
panao sikily aza ereo.[4]Hatoloso eo atagnan'gny topo masiaky reo Egyptiana, vo pazaka matazaky gny hanapaky
eo amin'ereo_zay gny fitalilian'i Tompo Yaveh Tompon'gny maro."[5]Ho risy gny ranon'gny ranomasy, sady ho risy
gny ony dra ho foa.[6]Hazary maloto reo renirano; hihe gny riak'i Egypta dra ho risy; gny vlotara vo gn zozoro
halazo.[7]Reo volotara amoron'gny Neily, amoron'gny vavan'i Neily' vo reo tanim-bolin'i Neily aby dra ho kina,
hizary bony, dra ho voasoaky.[8]Hidradradradra sady handala ereo pamita, vo ze iaby nanoraky gny fitany ao
amin'i Neily handala,vo halahelo ze mamelasy gny haratony ao amin'gny rano.[9]Reo piasa amin'gny bangon-
drongony vo ze magneno lamba hiova ho hasasy.[10]Ho voatorotoro ereo panao lamban'i Egypta; halahelo agnaty
ereo aby miasa amin'gny fikarama[11]Adala tateraky ereo andrian'i Ziona. Gny torohevis'ereo panolosay hendry
faratapon'i farao miova ho sy misy dikany. Ino gny hizakan'iha amin'i farao ho: " Zaho gny zanadahin'ereo olon-
kendry, zanaky pazaka taloha?"[12]Ko eza se ze olon-kendrin'iha eo? Aoky ereo hizaka amin'iha dra hapahafatasy ze
kasan'i yaveh Topon'gny maro mahakasiky an'i Egypta.[13]Fa mola gny andrian'i Ziona, voafitaky reo andrian'i
memfis; fa nanao an'i Egypta handeha amin'gny lalan-diso ereo, zay fehizoron'gny fokony.[14]Yaveh fa napifangaro
fagnahin'gny fafandrorota teo agnivony, sady ereo fa nitariky an'i Egypta tamin'gny lala sy izy amin'ze ahiny aby,
manahaky gny mamo mivembe amin'gny naloany.[15]Sy misy ndre ino ndre ino azon'gny olo ahy sasy ho an'i
Egypta, ndre gny loha ndre gny rambo, ndre gny rasa-drofia ndre gny volotara.[16]Amin'zeho andro zeho, ereo
Egyptiana hanahaky gny apela. Hihorohoro vo hatahosy ereo noho gny fisosndrosy gny tagnan'i Yaveh Tpopn'gny
maro zayasangany eo amin'ereo.[17]Hazary ho aton'gny fivemben'i Egypta gny tanin'i Joda.ndre ombia ndre ombia
gny misy olo hapasiahy andreo Anazy, dra hatahosy ereo, noho gny fikasan'i Yaveh, zay rafetiny hanohisy andreo.
[18]Amin'zeho andro zeho dra hisy tana ao amin'gny tany Egypta zay hizaka gny fizakan'i Kanan vo hifata fakatoava
amin'i Yaveh Topon'gny maro. Raiky amin'ireo tana reo ho tokavy ho Gny Tanan'gny Masoandro.[19]Aminzeho
andro zeho dra hisy alitara ho an'i Yaveh eo agnivon'gny tany Egypta, vo sangam-bato ho an'i Yaveh eo amin'gny
ilany.[20]Zay dra ho famatara vo vavolombelo ho an'i Yaveh Topon'gny maro ao amin'gny tany Egypta. No fa
mitomagny an'i Yaveh noho ero papizaly ereo, dra handefa pagnavosy vo piaro ho andreo Izy, sady hagnafaky
andreo.[21]Hazary fatasin'i Egypta i Yaveh, sady hahay an'i Yaveh reo Egyptiana amin'zay andro zay. Hanopo
amin'gny soro vo fagnatisy ereo, vo hanao voady vo fagnatisy amin'i Yaveh ereo dra hagnatateraky reo.[22]Hapizaly
an'i Egypta i Yaveh, Mapizaly vo magnasitra. Hihery amin'i Yaveh ereo; hiteno gny vavak'ereo Izy dra hagnasitra
andreo.[23]Amin'zeho andro zeho dra hisy lalam-be hatragny Egypta ka hatragny Asyria, dra ho avy agny Egypta
gny Asyriana, vo gny Egyptiana agny Asyria; vo hanopo minddray amin'ereo Asyriana ereo Egyptiana.
[24]Amin'zeho andro zeho, Israely gny ho fahatelo amin'i Egypta vo Asyria, fitahia raiky eo agnivon'gny tany;[25]hitahy
andreo Yaveh Topon'gny maro dra hizaka ho: " Hotahy ane Egypta, vahoakiko; iAsyria, asan'gny tagnako; vo
Israely, lovako."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 20

[1]Tamin'gny tao nahavian'i Trtana tao Asdoda, no fa nagniraky anazy i Sargona pazakan'i Asyria, dra nialy tamin'i
Asdoda izy vo nangalaky anizay.[2]Tamin'zay fotoa zay i yaveh dra niresaky tamin'i Isaia zanadahin'i Amoza sady
nizaka ho: " Mandehana dra alao gny lamba fandala egny amin'gny andilanao vo gny kapa egny atombonao." Dra
nahiny zay, nandeha sy misiky vo sy nagnisy kapa.[3]Ho Yaveh ho: " Manahaky gny nandehan'Isaia sy misiky vo sy
nagnisy kapa nandrisy gny telo tao, dra famatara vo talily mahakasiky an'i Egypta vo mahakasiky an'i Etiopia
zay---[4]amin'zeho fomba zeho gny hitarihan'gny pazakan'i Asyria reo bobon'i Egypta, vo reo sesi-tanin'i Etiopia,
tanora vo antisy, sy misiky vo sy magniky kapa, vo mindray amin'gny vody sy miarakosy, ho amin'gny
fahamegnaran'i Egypta.[5]Hatahosy vo ho magnasy ereo, akory nalain'i Etiopia gny fagnatenan'ereo vo nalan'i
Egypta gny voninahis'ereo.[6]Amin'zeho andro zeho gny ponin'reo sisin-tany reo dra hizaka ho: 'Loharanon'gny
fagnatenanay vatany zay, zay nilefanay ba hitalia fagnapia voaavosy amin'gny pazakan'i Asyria, vo amizao, akory
gny ahafahanay milefa?"'

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 21

[1]Fitalilia mahakasikin'gny tany efisy amoron-dranomasy. Manahaky gny tadio mamakivaky an'i Negeva gny
hiavian'zay mandalo boak'agny agn'efisy, boak'agny amin'gny tany loza.[2]Fahitana mapasiaky gny name anahy:
gny lelehy pamitaky dra namitaky, vo gny pandrava dra nandrava. Mekara dra sikino, ry Elama; ahivo fahirano,
ry Mediana; hapisahasy gny tarainy aby Zaho.[3]Noho zay dra feno fanaitaigna gny valahako; fanaitaigna
manahaky gny fanaitagnan'gny apela miteraky gny namatosy anahy; niondriky noho gny raha reko zaho.
[4]Torotoro gny foko, mangovisy gny tahosy zaho. Gny hariva, fotoa akafiziko agnatin'gny andro, dra ninday
horohoro ho anahy.[5]Nagnoma gny latabasy ereo, novelarin'ereo gny lamba firakosy dra nihina vo nino;
misangana, ry andriandahy, osory dililo gny apingandrareo.[6]Fa zao gny nozakan'gny Tompo taminahy ho: "
Mandehana, mametraky lelehy piamby raiky; sy maisy mitatisy ze hitany izy.[7]No fa mahita kalesy, pitikisy sovaly
ro, pitikisy boriky, vo pitikisy kamela izy, dra tokony handiniky vo ho mahirasirasy."[8]Nitaray gny lelahy piamby
ho: "Ry Tompo, teo amin'gny tilikambo fiambena zaho dra nizoro nadrisy gny raiky andro totolo, isan'andro, vo
teo amin'gny toera-pitiliko gny nizoroko nandrisy gny hariva manotolo."[9]Ingo tamin'gny kalesy raiky mindray
amin'gny lelahy raiky vo pitikisy sovaly ro. Nitoka mafy isy nanao ho: " Fa rava Babylona, rava, vo reo sary
vongan'gny zagnahariny aby dra potiky amin'gny tany."[10]Ry nivelesy vo nisivagniko, zanaky gny tragno
fandisanam-bariko! Ze reko tamin'i Yaveh Topon'gny maro, gny Zagnaharin'Israely, fa nambarako tamindrareo.
[11]Fitalilia momban'i Edoma. Nisy raiky nitoka anahy boak'agny Seira ho: " Ry piamby, ombia gny hitaperany gny
hariva? Ry piamby, ombia gny hitaperany gny hariva?[12]Ho gny piamby ho: " Ho avy gny maray vo gny hariva avo
koa. No magniry gny anontany hanao, dra magnotania; vo miheregna ndraiky."[13]Fitalilia momban'i Arabia. Agny
amin'gny tany efis'i Arabia gny andaniandrareo gny hariva, ry andian-Dedanita.[14]Mandesa rano ho an'gny
mangetaheta; ry ponina ao amin'gny tanin'i Tema, senao amin'gny mofo reo pisoha-ponegna.[15]Fa ereo dra nilefa
gny mesa, tamin'gny mesa voarendriky, tamin'gny sipiky voahenza, vo tamin'gny vesasy gny aly.[16]Fa zao gny
nizakan'i Tompo taminahy ho: " Agnatin'gny tao raiky, manahaky gny hitan'gny piasa tany nokaramay mandrisy
gny tao, dra hifara gny voninahis'i Kedara aby.[17]Pandefa sipiky, lelahy pialin'i Kedara keliky sisa gny ho tavela,"
akory Yaveh, gny Zagnaharin'Israely, gny fa nizaka.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 22

[1]Fitalilia mahakasiky gny Lohasahan'gny Fahitana: Ino gny atony nandehanandrareo aby ho agny amin'reo
tapon-tragno?[2]Gny bo haharezandrareo gny tana fena tabataba se, tana ze feno firavoravoa? Gny maty eo
amin'iha dra sy matin'gny mesa, sady sy maty tamin'gny aly ereo.[3]Ereo panapaky an'iha aby nindray nilefa, fa
voababo sy napiasa zana-sipiky ereo; ereo aby dra nindray voababo, ndre dra nilefa lavisy aza ereo.[4]Noho zay
dra ho zaho ho: " Ka magnety anahy, fa hitomagny fatrasy dra fatrasy zaho; ka miezaky gny hapiono anahy
mahakasiky gny faharavan'gny zanakapelan'gny oloko."[5]Fa misy gny andron'gny tabataba, fagnosihosia, vo
fifazevoa ho an'gny Topo Yaveh Topon'gny maro, ao amin'gny Lohasaha'gny Fahitana, faharavan'reo fefy, vo gny
olo mitokatoka fatrasy agny amin'reo tezovohisy.[6]Elama nangalaky gny tragno zana sipiky, nindray tamin'gny
kalesan'ireo lelahy vo reo pitikisy sovaly vo Kira nangalaky gny fonon'gny apinga,[7]Fa reo lohasaha ze nifilinao
vatany dra ho feno kalesy, vo reo piikisy sovaly dra hangalaky gny toerany eo am-bavahady.[8]Nangalaky gny
fiarovan'i Joda Izy; vo tamin'zay andro zay hanao dra nagnety reo fitova-pialia eo amin'gny Lapan'gny ala.[9]Nahita
gny bangan'gny tanan'i Davida ndrareo, fa maro reo,vo namory gny ranon'gny dobo ambany ndrareo.[10]Nagnisa
gny akohonan'i Jerosalema ndrareo, vo nandroda reo tragno ba hagnamafisa gny fefy.[11]Namboasy fitahiriza teo
agnelagnelan'reo fefy ro ndrareo ho an'gny ranon'gny dobo tranainy. Fa sy bo nihevisy gny pamoro gny tana
ndrareo, zay nagmoma anizay fa ela.[12]Tamin'izay andro zay gny Tompo Yaveh Tompon'gny maro nitoka
fitomagnia, fandala, fiaratan-doha, vo fanaova akazo fandala.[13]Fa ingo, kosa, gny fankalaza vo gny fifalia, gny
famonoan'agnomby vo gny famonon'agnondry, fihinan-kena vo finoma divay, aoky sika hino vo hihina, fa ho faty
sika hamaray.[14]Zao gny nizakan'i Yaveh Tompon'gny maro teo asofiko: " Eka vatany fa sy havela zay helokareo
zay, eka fa ndre dra ho faty aza ndrareo," ho gny Tompo Yaveh Tompon'gny maro.[15]Gny Tompo Yaveh Tompon'gny
maro, nizaka anizao: " Mandehana magnagny amin'gny pitandrin-draharaha, agny amin'i Sebna, zay manapaky
gny tragno, vo zakao ho:[16]" Ino gny ahinao eto sady ia gny nagnomia alala anao handavaky lolo ho an'gny
vatanao, hamboasy lolo egny ambony vo handavaky toera fizanogna egny amin'gny toera fizanogna egny
amin'gny vatolapy?""[17]Ingo, Yaveh fa hazera anao, lelahy mahery, hazera anao ambany, hagnisakisaky anao
fatrasy vatany Izy.[18]Hagnakodiadia anao vatany Izy, sady hapisavoaravoara anao hanahaky gny laboly magnagny
amin'gny tany malalaky. Agny gny hahafatesanao,vo ho agny koa reo kalesin'gny voninahisinao;hazary hegnasy
ho an'gny tompon'gny tragnonao hanao![19]" Ho roahiko hiala eo amin'gny raharahanao vo toeranao hanao. Haonga
hanao.[20]Aminzeho andro zeho ZAho dra hitoka an'i Eliakima panopoko zanadahin'i Hilkia.[21]Hapiakazoako
amin'gny akazo lavanao izy vo hasiako gny fehim-kibonao, vo hafindrako ho eo atagnany gny fahefanao. Ho
ran'gny ponin'gny Jerosalema vo gny akohonan'gny Joda izy.[22]Hatobiko eo asorongony gny fagnalahilin'gny
akohonan'gny Davida; hamoha izy, sady sy hisy hagnily, hagnily izy, vo sy hisy hamoha.[23]Hapitobohiko izy,
manahaky gny ketoky amin'gny toera azo atoky, sady hazary toeram-boninahisy ho an'gny akohonan-drany izy.
[24]Hahaton'ereo aminazy gny voninahisy gny akohonan-drany aby, gny zanany vo reo tarakiny, gny fanaky
madiniky aby boak'amin'ireo kapoaky hatramin'gny tavoara aby.[25]Amin'zeho andro zeho_zao gny fitalilian'i
Yaveh Tompon'gny maro_dra ho ala gny ketoky amin'gny toera fatras'ory, ho potehy sady ho azera, vo gny lanza
amin'zay dra ho tapahy _fa Yaveh gny nizaka.

Chapter 23

[1]Gny fitalilia mahakasijy an'i Tyro: Midradradradra, ndrareo ry sambon'i Tarsisy; fa sy misy ndre tragno ndre
seragna; boaky tao amin'gny tanin'i Sipra gny nitalilia anizay tamin'ereo.[2]Misigna, ndrareo ry ponin'gny
morosiraky; fa gny pivarosy ao Sidona, zay miasambo amin'gny ranomasy, dra fa nameno andrareo.[3]Teo
ambonin'ireo rano lahibe gny nisy gny varin'i Sihora gny vokas'i Neily gny vokany;dra hizary varosy ho an'ireo
firene zay.[4]Aoky ho megnasy, ry sidoana; fa nizaka gny ranomasy' dra gny mahery amin'gny ranomasy. Ho izy: "
Sy bo nihesi-zaza zaho na niteraky, na nananga zatovolahy na niteza zatovovavy."[5]Ka no fa avy agny Egypta gny
tatisy, dra halahelo mahakasiky an'i Tyro ereo.[6]Misakia an'i Tarsisy; midradradradra, ndrareo ry ponin'gny
morosiraky.[7]Moa se nisy atminao zay, ry tana ravoravo, zay boak'amin'ireo fotoa taloha gny nipoirany, zay
nandesin'gny tombony lavisy agny amin'reo toera vahiny bo htoerany?[8]Ia gny nikasa ze hagnoregna an'i Tyro,
gny pagnomia reo zatro-boninahisy, gny pivarosy dra andrian-dahy, gny panakalo dra reo olo manam-boninahisy
amin'gny tany?[9]Yaveh Tompon'gny maro fa nikasa anizay hangala baraka gny fiavognavonany vo gny voninahiny
aby, bo hapamegnasy reo olo manam-boninahisy aby amin'gny tany.[10]Asao gny taninao, manahaky gny iasan'gny
olo an'i Neily, ry zanakapelan'i Tarsisy. Sy misy sena sasy ao Tarsisy.[11]Fa nanizisy gny tagnany teo ambonin'gny
ranomasy Yaveh, sady fa nangozongozo reo fazaka izy; fa nagnomia baiko nahakasiky an'i Fenisia, bo handrava
reo fiarovanao fatrasy Izy.[12]Ho Izy: " Sy hifaly sasy hanao,ry virijiny ory zanakapelan'i Sidona; misangana;
misakia ho agny Sipra; fe ndre dra agny aza dra sy hana-pisahhara hanao."[13]Atio gny tanin'i Kaldeana. fa sy nisy
zasy reo vahoaky tao; fa nanao anizay ho efisy ho an'ireo bibidia reo Asyriana. Fa nananga reo tilikambony ereo;
noravany reo lapan'izay; nataony ho atotam-paharava zay.[14]Midradradradra, handrareo ry sambon'i Tarsisy; fa
nirava gny felofandrareo.[15]Amin'zeho andro zeho, dra ho aligno mandrisy gny fito tao i Tyro, manahaky reo
andron'gny pazaka. Afarangny faran'gny fito tao dra hisy raha manahaky gny ao amin'gny hiran'gny
pizangazanga hisy ao Tyro.[16]Mangala harpa, mandehandeha agny amin'gny tana, hanao ry pizangazanga
nihalongoy; tendreo soa zay, mihira hira maro, ba ho saroa hanao.[17]Vo afarn'gny fito tao, dra hamozy an'i Tyro
Yaveh, dra hanomboky hitalia vola amin'gny fanaova gny asan'gny pizangazanga ndraiky izy,sady hiasa ho an'gny
fazakan'gny tany aby.[18]Hatoka ho an'i Yaveh gny tombonu vo gny fanagnany. Sy ho tehirizy na ho avory ao
amin'gny firaketa reo, fa gny tombony dra hame reo ze mitoesy eo amin'gny fagnatrehan'i Yaveh vo apesay ba
hamasy andreo amin'gny hany tondraky vo ba ahafahan'ereo mahazo gny akazo soa kalitao faratapony.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 24

[1]Ingo, hagnafoa gny tany Yaveh, handrava anizay, hahalao anazy vo hapiely reo poniny.[2]Ho sahala amin'izay gny
ho an'ireo poniny, gny pisoro; gny panopo, gny topony, piasa atragno; gny topovaviny, gny pivily, gny pivarosy;
gny pagnomia trosa, gny pitrosa; gny pandray zanabola, vo pagnomia zanabola.[3]Ho rava tateraky gny tany sady
ho foagna tateraky; akory Yaveh gny fa nizaka zay zaka zay.[4]Maiky vo malazo gny tany, milofoky vo malazo zao
totolo zao, mihaosa gny olo malazan'gny tany.[5]Niloton'gny poniny gny tany akory fa nandika gny lalana, nagnota
gny lily, sady nivaliky tamin'gny fagneke maharisy mandrakizay ereo.[6]Noho zay dra mandevo gny tany gny ozo,
sady diso reo poniny. Ma reo ponin'gny tany, vo visy gny sisa tavela.[7]Maiky reo divay vaovao, malazo gny
voaloboky, miseto aby reo faly am-po.[8]Misahasy gny feo mandrosirosin'gny apongatapaky, vo gny
fitabataban'ereo mifaly; misahasy gny fifalia amin-dokanga.[9]Sy mino divay na mihira sasy ereo, vo gny toaky dra
nafaisy ho an'ereo ze nino anizay.[10]v10 Rava gny tanan'gny fikorotagna, mihily sady foa aby reo tragno aby.[11]Misy
tabataba nohon'gny divay egny an-dalambe; mezy gny haravoa, nazavo gny fifalia.[12]Faharava sisa gny eo
amin'gny tana, vo gny vavahady dra potiky.[13]Fa sahala aminzay gny ho amin'gny tany aby eo amin'gny firene,
manahaky gny hazo oliva voazera, manahaky gny fisiponam-boaloboky no fa vita gny fiotaza.[14]Handrasy gny
feony sady hitoka gny voninahisin'Agnahary, vo hihiaky apifalia boak'amin'gny ranomasy ereo.[15]Noho zay dra
makalaza an'i Yaveh agny asignana, magnomeza voninahisy gny agnaran'i Yaveh, gny Zagnaharin'Israely ao
amin'ireo nosy.[16]Hatragny aparan'gny tany gny naharezanay hira ho: " Voninahisy ane ho an'gny mary!" Fa ho
zaho ho: " Fa nihaosa zaho, fa nihaosa zaho, mbakany! Gny pamitaky dra ninday apitaky; eka, gny pamitaky dra
vatany ninday apitaky vatany."[17]Amindrareo gny tahosy, gny lavaky, vo gny fandrky, ry ponin'gny tany.[18]Izy ze
nilefa gny feon'gny fapihorohoroa dra ho lasaky ao an-davaky, vo izy ze miakasy boak'o an-davaky dra ho
azon'gny fandriky. Hisokasy gny vatragnaran'gny lagnisy, vo reo fagnorenan'gny tany dra hiozongozo.[19]Ho rava
tateraky gny tany, hitresaky gny tany; hiozongozo fatrasy gny tany.[20]Hivembe manahaky gny olo mamo gny tany
sady hisingeva manahaky gny tragno bongo zay. Hivesasy amin'izay gny fahotany dra ho lavo zay dra sy hiary
sasy.[21]Vo amin'zeho andro zeho dra hagnasazy gny miaramilan'gny abo agnabo, vo reo pazakan'gny tany etany
etihoky i Yaveh.[22]Haharo ereo, gadra ao an-davaky, vo hisy ao apoza; vo afaky andro maromaro dra ho voasazy
ereo.[23]Vo dra ho megnasy gny vola, sady ho afa-baraka gny masoandro, akory hazaka amin-boninahisy ao
atezovohis'i Ziona vo ao Jerosalema, vo manoloa reo zokiolony i Yaveh tompon'gny lako.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 25

[1]Ry Yaveh, Zagnahariko hanao, hanondrosy anao Zaho, hisiriry gny agnaranao zaho, fa nanao raha-mahalasa
hanao, raha fa nomagny ela, apatokisa tateraky.[2]Fa nataonao ho korotam-bato gny tana, vo gny tana voaro
fatrasy, ho faharava, vo gny ferova fatrasy reo vahiny sy ho tana.[3]Ka dra hagnomia voninahisy anao reo olo
mahery; hatahosy anao gny tanan'gny reo firene masiaky.[4]Fa fitoboha ferova ho an'gny olo mahatra, felofa ho
an'ze ory ao amin'gny fahoriany_felofe amin'gny tafio-drivosy vo alokaloky amin'gny hafana. Naho manahaky
gny tafio-ddrivosy hanohisy gny rindry gny fofonain'ireo masiaky,[5]vo manahaky gny hafana amin'gny tany maiky,
gny nandresenao gny tabataban'ereo vahiny , manahaky gny haresen'gny aloky gny raho gny hafana dra
manahaky anizay koa gny hamalia gny hiran'ireo masiaky.[6]Eto amy tiky tezovohisy tiky gny hanaovan'i Yaveh
Tompon'gny lako fanasa amin'ireo raha matavy, amin'gny divay maro karazany, amin'gny laoky be soky, fanasa
amin'gny divay fa niotriky ela ho an'gny vahoaky aby.[7]Horavay eto amy tiky tezovohisy tiky gny fandrakofa eo
amin'gny vahoaky aby, gny tragnokala tenona eo amin'gny firenen'aby.[8]Hateliny mandrakizay gny fahafatesa, vo
Yaveh Tompo hamafa gny ranomaso amin'gny tarehy aby, hoala amin'gny tany aby gny fahafaham-barakan'gny
olony, fa Yaveh gny fa nizaka anizay.[9]Vo ho zakako amin'izay andro zay ho: " Ingo, tihoky gn Zagnaharisika; fa
nandigny Anazy sika, vo Izy hamozy asika. Izy gny Yaveh, fa nandigny anazy sika, hifaly vo hiravo amin'gny
famozeny sika."[10] Fa eto amy tiky tezovohisy tiky gny hizaharan'gny tagnan'i Yaveh; vo Moaba ho voahisakisaky
amin'gny toerany, ndra dra voahisakisaky ao an-davaky feno zeziky aza gny maloto.[11]Namelasy gny tagnan'ereo
teo agnivon'izay ereo, manahaky gny famelasy gny pisihagny tagnany no fa misiha. Fa Yaveh hapizesy gny
avognavon'ereo ndre dra eo aza gny halakin'gny tagnan'ereo.[12]Gny fefy abo ferovanao dra hazesiny amin'gny
tany, ho eo amin'gny vovoky.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 26

[1]Amin'zay andro zay tiky hira tiky gny hiray gny amin'gny tanin'gny Joda: mana tana fatrasy zahay; Zagnahary fa
nanao gny famoze ho rindrin'zay vo tovon-tany ferova.[2]Voaho gny vavahady, bo ahafahan'gny firene mary ze
mita finoa milisy ao.[3]Gny say ze mitoesy ao aminao, hotehirinao amin'gny fiadagna tateraky izy, akory mitoky
aminao;[4]matokia an'i Yaveh mandrakariva; fa ao amin'i Yah, Yaveh, gny vatolapy sy mana-pahatapera.[5]fa
hapizesy reo ze miay amim-piavognavogna Izy; gny tana mifefy harodany.Harodany amin'gny tany; fisahany
egny amin'gny vovoky zay.[6]Ho voahisaky gny tombony gny mahatra vo gny lian'gny ory zay.[7]Voaravo gny
lalan'gny olo-mary, Gny Mary, ahisinao gny lalan'gny mary.[8]Eka, amin'gny lalan'gny fisaranao, ry Yaveh, gny
andignasanay Anao; gny Agnaranao vo gny lazanao gny fagnirianay.[9] Many Anao zaho no hariva; eka, mitalia
Anao fatrasy gny fagnahy ato aminahy. Fa no fa avy etiky ambon'gny tany gny fisaranao, dra hahay gny
fahamarigna gny ponin'gny tany.[10]Aoky haseho amin'gny rasy fagnahy gny sitraky, fa sy hahay gny fahamarigna
zay izy. Agny amin'gny tanin'gny fahisia gny hanehoanay faharasia ka sy mahita gny voninahis'i yaveh.[11]Ry Yaveh,
misondrosy tagnanao fe sy sikaris'ereo zay. Fe ho hitan'ereo gny zotp-ponao amin'gny vahoaky ka hala baraka,
akory handevo andreo gny afon'ereo pifanigna aminao.[12]Ry Yaveh, hinday fiadagna ho anay Hanao; akory fa,
nahavita reo asanay ho anao Hanao.[13]Ry Yaveh Zagnaharinay, tompo hafa maro ankoasy Anao gny fa nanapaky
teo aminay; fe gny agnarano raiky avo gny siriritinay.[14]Maty ereo, fa sy bo ho velo; nodimandry ereo, fa sy bo
hisanga. Avy tamin'gny fisara vatany Hanao sady handripaky anazy regny, ka hagnafoa gny fahasiarova andreo
aby.[15]Fa napitombo gny firene Hanao, ry Yaveh, fa napitombo gny firene Hanao; fa nagnitasy reo farisy gny tany
aby Hanao.[16]Ry Yaveh, tamin'gny horohoro gny nagnitian'ereo Anao; nibisiky vavaky ereo no fa tao amin'ereo gny
fagnanaranao.[17]Manahaky gny apela bevoka mariny andro hiteraha, amin'gny fotoa mapihesi-zaza anazy dra
mitaray amin'gny fiteraha, dra manahaky anizay koa zahay eo agnolonao, ry Tompo.[18]Fa ninday vohoky zahay, fa
nihesi-zaza zahay, fe zay dra manahaky gny miteraky rivosy avo. Bo sy ninday famoze tamin'gny tany zahay, vo
bo sy potraky reo ponin'gny tany.[19] Hisanga gny maty ao amiano; hisanga gny fatin'ereo. HIfoha ka hihira fifalia,
hanao ze mitoesy amin'gny vovoky; fa gny andonao dra andom-pahazava, vo gny tany hinday mihoasy efasy
heny reo maty aminazy ao.[20]Mandehana, ry vahoakiko, milira agny an'efitragnonao, ka hilio reo
vatrangarandrareo; mivonia ao agnatin'gny fotoa visy, mandra-pahalasan'gny fahasosora.[21]Fa, ingo, fa hiala avy
ao amin'gny toerany ba hagnasazy gny ponin'gny tany noho gny helok'ereo Yaveh; hapiharihary gny fandasahan-
diony gny tany, vo sy hagnavony gny faty ao aminazy sasy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 27

[1]Amin'zay andro zay Yaveh dra hagnafay gny Levitiana menara sy misy dikany, amin'gny mesany fatrasy, labibe
sady masiaky, gny menara mitambolombolo, vo hamono gny biby mapatahosy ze agnaty ranomasy ao.[2]Amin'zay
andro zay: gny tanim-boalobokin'gny divay: hihira gny amin'zay.[3]" Zaho, Yaveh, Zaho gny piaro anizay;
manondraky anizay matetiky Zaho. Miamby anizay andro vo hariva Zaho ka sy hisy afaky hanimba anizay.[4]Eh, sy
masiaky zaho, ndre nisy ahisy vo silo aza! Handeha hanohisy andreo amin'gny aly Zaho. Horoako miaraky ereo;
[5]no sy ho mifikisy amin'gny ferovako ereo vo mihava Aminahy; aoky ereo hihava Aminahy.[6]Amin'gny andro ho
avy, dra hangalaky faka i Jakoba; hamony vo hisimoky Israely; vo hameno gny velaran-tany amin'gny vihiny ereo.
[7]Moa namely an'i Jakoba vo Israely manahaky gny namelezany reo firene ze namely andreo se Yaveh? Moa se
nivono manahaky gny famonoa reo firene ze nivonon'ereo i Jakoba vo Israely?[8]Amin'gny refy mary ze fa
nalahasinao, nandroaha an'i Israely vo Jakoba; nandesiny tagny alavisy miaraky amin'gny rivo-maheriny ereo,
tamin'gny andron'gny rivosy asignana.[9]Ka noho zay, ho voahonisy amin'zay gny helok'i Jakoba, fa zao gny ho
vokasy feno tamin'gny nangala gny otany: no fa hanao reo alitara vato manahaky gny saoky ze voatorotoro izy,
vo sy hisy hitoesy hisanga gny baon'Aseraha na reo alitaran'gny ditin-kazo magnisy.[10]Fa gny tana namafisy dra ho
lao, gny fonegna dra ho ngaza sady hafoy manahaky gny efisy. Ao gny hamahana gny zanak'agnomby, vo ao gny
handriany vo handevognany reo rasany.[11]No fa malazo reo sapany, dra hotapahy reo. Ho avy gny apela dr
handehisy afo amy reo, fa sy olon'gny fahazan-say tiky. Koa, sy hana fangoraham-po amin'ereo gny Mpahary
anazy, vo ze nanao anazy dra sy hana famindram-po amin'ereo.[12]Amin'zay andro zay dra hisy fapihisagna
boak'agny amin'gny reniranon'i Efrata ka hatragny amin'gny lohasaha-driakin'i Egypta ze hataonao Yaveh, ry
vahoakin'Israely, dra havory hiaraky kiraidraiky.[13]Amin'zay andro zay, dra ho sofy gny asiva lahibe; vo ho avy ze
rava boak'agny amin'gny tanin'i Asyria, vo ze voaroaky tamin'gny tanin'i Egypta, hagnomia voninahisy an'i Yaveh
egny an-tezovohisy masy agny Jerosalema.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 28

[1]Lozan'gny satro-boninahisy vonikazo zay ireharehan'gny mamo lavo ao Efraima, vo gny vonikazo malazon'gny
hasoany be voninahisy, gny satro-boninahisy ze apetraky eo an-dohan'gny lohasaha maiso mavan'reo ze resin'gny
divay![2]Ingo, gny Tompo dra mandefa ze lahibe vo matazaky; manahaky gny tafio-drivos'avandra vo tafio-drivosy
mandrava, manahaky gny ora mitariky vo rano manafosy; vo hagnary gny satro-boninahisy vonikazo kiraidraiky
ho amin'gny tany Izy.[3]Ho hisakisahy ambany tomboky gny vonikazo reharehan'ereo mamo lavan'i Efraima.[4]Gny
vonikazo malazon'gny hasoany be voninahisy, ze eo an-dohan'gny lohasaha lonaky, dra hanahaky gny aviavy
mialy tao alohan'gny fahavarasy, ze, no fa hitan'gny olo zay, no eo an-tagnany zay, dra arapany.[5]Amin'zay andro
zay Yaveh Tompn'gny maro dra hazary satro-boninahisy soa tarehy vo diademan'gny hasoany ho an'reo sisa
tavela amin'gny vahoakiny.[6]fagnahin'gny rariny ho anazy ze mitoboky amin'gny fisara, vo hery ho an'ireo ze
mapihery reo fahavalony eo am-bavahadin'ereo.[7]Fa ndre dra reo aza dra midoladola amin'gny divay, sady
mivembe amin'gny raha finomy mahery, vo atelin'gny divay ereo. Mivembe amin'gny raha finomy mahery ereo,
mivembe amin'gny fahita vo midoladola amin'gny fanaphan-kevisy.[8]Rakosy loa vatany gny latabasy aby, dra sy
misy toera malio.[9]Amin'ia gny ho hapianarany fahalal, vo amin'ia gny hagnazavany gny hafasy? Amin'ereo ze vo
nisara-nono va?[10]Fa baiko magnapy baiko, baiko magnapy baiko zay; fisipiky magnapy fisipiky; fisipiky magnapy
fisipiky; masaiky etoky, masaiky erihoky.[11]Miaraky amin'gny sogny magnirasira vo fizaka vahiny vatany gny
hiresahany amy tiky vahoaky tiky.[12]Taloha Izy ddra nizaka tamin'ereo ho: " Tihoky gny fisahara, omeo fisahara ze
reraky;vo tihoky gny famelombeloma, " fa sy niteno ereo.[13]Koa ho baiko magnapy baiko, baiko magnapy baiko;
fisispiky magnapy fisipiky, fisipiky magnapy fisispiky; masaiky etoky, masaiky erihoky ami'ereo gny zakan'i
Yaveh; bo handeha ereo dra ho lavo, vo ho simba, voafandriky, dra voasambosy.[14]koa tenoy gny zakan'i Yaveh,
ndrareo ze magnirasira, ndrareo ze manapaky amy tiky vahoaky ze ao Jerosalema tiky.[15]Hitranga zay akory
nizaka handrareo ho: " Nanao fagneke tamin'gny fahafatesa zahay, vo nanao fifagnaraha tamin'gny Fiegna-sy
hita. Ko no miriosy eo gny karavasy manafosy, dra sy hahazo asika zay. Akory sika nanao gny vandy ho arosika,
vo gny fitaky ho fiheresika."[16]Noho zay Tompo Yaveh dra mizaka anizao: " Ingo: Hagnory fotosy ao Ziona Zaho,
vato voasedra, vato fehizoro sarobidy, fotosy azo atoky. Ze mino dra sy ho megnasy.[17]Hahiko fisipiky gny fisara, vo
pilao gny fahamarigna. Hamafa gny felofan'ireo vandy gny havandra, vo hanafosy gny toera mivony reo todra-
drano.[18]Ho levo gny fagnekendrareo tamin'gny fahafatesa, vo sy hizoro gny fifagnarahandrareo tamin'gny
Fiaigna-sy hita. No fa miriosy gny tondra-drano misavoaravoara, dra ho difos'izay handrareo.[19]Ndre ombia ndre
ombia handalovan'izay, dra handifosy andrareo zay, vo isamaray dra handalo zay vo ho avy andro vo hariva zay.
No fa azo gny hafasy, dra hapihorohoro zay.[20]Fa bory loasy gny fandriany no hiaparan'gny olo, sady keliky loasy
ho anazy gny firakofa no handrakofa gny tagnany."[21]Hisanga manahaky gny Tezovohisy Perazima i Yaveh;
hanaisy gny vatany amin'gny Lohasahan'i Gibeona Izy ba hanao gny asany, gny asany sy mahazasy.[22]Noho zay vo
dra ka magnirasira, no sy zay dra ho hezagny gny rohindrareo. Fa nahare lala famoteha eto atany tamin'gny
Tompo Yaveh Tompon'gny maro zaho.[23]Mifatoha dra tenoy gny feoko; mitenoa soa dra tenoy gny zakako.[24]Moa se
miasa tany avao gny pamboly ze miasa tany totolo andro ba hamafy? Mitombon-doha mandrakariva vo
mandravo benga gne saha se izy?[25]No fa avy nagnoma gny tany izy, moa se sy magnaparitaky gny vihin'gny
nigela, mamafy gny komina, mametraky gny vary tritiky mitandahasy vo gny vary hordea amin'gny toera
voafarisy, vo gny ampemba egny amin'gny sisiny izy?[26]Mapianasy anazy gny Zagnahariny; mapianasy anazy
apahendre Izy.[27]Fagnapin'izay, sy zera amin'gny vy gny nigela, na akodikodi amin'gny komina gny kodian'gny
sarety; fa zeray amin'gny fataky gny nigela, vo amin'gny hazo gny komina.[28]Hosora ahy amin'gny mofo gny vary fe
sy manify loasy, vo ndre dra magnaparitaky anizay aza reo kodian'gny kalesiny vo reo sovaliny, dra sy magnisaky
anizay reo sovaliny.[29]Reo koa dra boak'amin'i Yaveh tompon'gny maro,zay mahasoa amin'gny fapianara vo soa
dra soa amin'gny fahendre.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 29

[1]Lozan'i Ariela, Ariela, gny tana nitobian'i Davida! Apio tao gny tao; aoky hisingeringery gny andro firavoravoa.
[2]Fa hanao fahirano an'i Ariela Zaho, dra handala vo hitomagny izy; vo hanahaky an'i Ariela izy Aminahy.[3]Hifitaky
magnodidy anao Zaho vo hametraky fahirano hanemisy anao, sady hananga efisy hanohisy anao Zaho.[4]Haetry
hanao dra hizaka egny amin'gny tany; ho ambany boak'egny amin'gny bony gny zakanao. Hanahaky gny angasy
miboaky ao amin'ny tany gny feonao, vo gny zakanao dra halefaky vatany boak'ao amin'gny bony.[5]Ireo andian-
dahalo panafiky anao dra hanahaky gny bony madiniky, vo maro amin'ereo ze masiaky gny hanahaky gny
apombo ze levo. Hiseho tapoky zay, ao agnatin'gny fotoa keliky.[6]Ho avy ao aminao mindray amin'gny kotrok'ora,
horohoron-tany, tabataba be, mindray amin'gny rivo-mahery vo tafio-drivosy,vo lelal'afo mandevo i Yaveh.
[7]Hanahaky gny nofy, fahita amign' ny hariva zay: Gny andia malasonigny firenena aby dra hialy amin' i Ariela vo
gny ferova fatrasiny. Hanafiky anazy ereo vo gny fagnamafisa hanery anazy. [8]Zay dra hamahaky gny lelahy resy
ze magnonofy mihina, kanefa gny gny fa mifoha izy dra foa gny trony. Hanahaky gny olo mangetaheta zay
magnonofy mino, kanefa nofa mifoha izy dra rokako,sady tsy afaky hetaheta. En, hanahaky anizay gny firenena
lahibe maro ze mialy amign' ny tezovohiny ziona.[9]Atovy talazo gny tagnandrareo dra ao ho talazo; tampeno gny
masondrareo dra ao ho poaky! Ao ho mamo kanefa tsy amign' ny divay; ao hivembe,kanefa tsy amign' ny toaky.
[10]Fa Yaveh fa nandraraky gny fagnahiny gny torimaso laliky tao amindrareo. Fa napipy gny masondrareo izy, gny
mpaminany, vo fa nanaro gny loharano, ry pahita.[11]Amindrareo reo fagnambara aby dra fa manahaky gny sorany
ao amign'ny boky ze voatomboky kase, ze mety hameny gny olo raiky ze nampianariny, dra hatao ho: Vakio
tihoky. "Izy koa dra manao ho: tsy azoko atao, akory voatomboky kase tihoky." [12]Gny ome gny raiky ze tsy mahay
mamaky gny boky, dra izy hanao ho: "Tsy mahay mamaky zaho."[13]Gny tompo niahy ho: Magnatogna anahy
amign' ny vavany reo vahoaky reo vo makalaza anahy amign' ny sognon' ereo. Kanefa lavisy anahy gny fon' ereo.
Gny fakalazan' ereo anahy dra didin' ereo olo ze nampianariny avo. [14]Noho izany, ingo, hiboaky hanao raha
mahagaga eo amin' ireo vahoaky ihoky zaho, fahagaga arahay fahagaga. Ho foa gny fahendreny gny olo-
kendrin'ereo, vo hazavo gny fahazava-sainy gny olo malin' ereo."[15]Lozan' ereo ze magnavony laliky gny fikasa
amin' i Yaveh, vo ereo ze miasa ao agnatin' ny mezy. Ho ereo reo ho: "Iza moa gny nahita anay, vo iza gny mahay
anay?"[16]mampivali-draha handreo! Tokony hahery ho tanimanga se gny panefy tanimanga, mba hahafahan' ereo
raha ze nambory mizaka mikasiky anazy ze namboasy anazy izy'', na gny raha nivolavolany hizaka momba gny
namolavola anazy ho: "Tsy mahay izy''?[17]Selasela, dra ho avy saka i Libanogna vo gny saka ho lasa ela. [18]Amign'ny
andro zihoky dra hiteno gny zakany boky gny maregny, vo gny masony poaky dra hahita ao amign'ny mezim-
pito. [19]Gny ory dra hivaro ao amin' i Yaveh draiky, vo gny mahatra eo amin' ereo dra hiravo ao amign' ny Raiky
Masin' ny Israely.[20]Fa hisahasy ereo masiaky, vo hazavo gny mpanirasira. Ereo aby ze tia manao ratsy dra ho foa,
[21]dra ereo ze mangalaky gny olo ho mpanao ratsy amign' ny alalan' ny zaka. Manobia fandriky honazy ze
mikasaky gny rariny eo amign' ny vandy avo gny ereo.[22]Noho zay dra izao gny zakan' i jakoba_Yaveh, ze
nagnavosy an' i Abrahama: "Tsy ho megnetsy sasy i Jakoba, dre hivaloariky gny tarehiny. [23]kanefa gny fa nahita
gny zanany, ze asan'ny tagnako izy, dra hagnanasy gny agnarako ereo. Hagnamasy gny agnaran' ny Raiky Masin' i
Jakoba ereo vo hizoro amitahosy amign' ny zagnaharin' Israely. [24]Ereo ze mivily fagnahy dra hahazo fahazava-say,
vo ereo mpitaray dra hahazo fahalala.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 30Toko faha 30

[1]''Loza ho an' ereo zaza pikomy,'' izay gny fitalilian' i Yaveh. ''Manao fikasa ereo, fa tsy avy aminahy; manao
fihavana amign' ny firenena hafa ereo, nefa tsy natoroan' ny fagnahiko lala, dra nagnampy fahota omban' ny
fahota ereo. [2]Mivonogna gny hidera ho any Egypte ereo, nefa tsy nangataky gny toro lalako. Mitalia ferova
boakamin' i Farao ereo vo mialoky ao amign'ny alok' i Egypte.[3]Noho zay dra ho fahamegnarandrareo gny farovan'
i Farao, vo ho fahafaham-barakandrareo, gny felofa eo amign' ny alok' i Egypte, [4]dre agny zoana eza gny andrian'
ereo, vo avy tagny Hanesa ereo mpinday hafany. [5]Ho megnasy avokoa izy aby nohonign' ny vahoaky raiky ze tsy
afaky magnampy anereo, zay sady tsy fagnampia gny tsy famoze, fa fahamegnara, vo fahafaham-baraka mihisy
aza.''[6]Fitalilia momba ereo bibilin' i Negeva: Avy amign' ny tanin' ny fahoria vo loza, liom-bavy vo lion-dahy, gny
menarana vo gny gny bibilava mirehisy mitily, gny handesan' ereo gny hereny eo an-damosin' ny boriky, vo gny
rakiny eo amign' ny vohon' ny rameva, ho agny amign' ny vahoaky ze tsy afaky magnampy an' ereo. [7]Fa tsy misy
dikany fagnampian' i Egypte; noho izay dra ho tokavoko ho Rahaba izy, ze mipetraky tsy mihosy.[8]Mandehana
amizahoky, sorato eo amign' ny fagnatrehan' ereo amign' ny vato pisaky zay, vo raketo ao amign' ny horognan-
taratasy, mba ho voatavisy ho amign' ny andro ho avy fizoroa vavolombelo. [9]Fa vahoaky pikomy ereo, zaza
mpavandy, zaza tsy mba hiteno gny fampenaran' i Yaveh.[10]Hoy ereo amign' ny mpahita ho: ''Ka mahita;'' vo amin'
ereo mpaminany ho: ''Ka maminany gny marina aminay; mizaka zaka mandoka aminay, maminania nofinofy.
[11]Mela amign' ny lala, mivilia amign' ny lala, atovy mizano mizaka eo agnatrehan' ny tarehiny gny Raiky Masin'
Israely.''[12]Noho izay dra hoy gny raiky Masin' Israely ho: Akory manda zao zaka zao handrareo vo matoky gny
fampahoria vo fitaky dra metehisy amizehoky koa zay, [13]dra zihoky fahota zihoky dra hanahaky gny singa vaky
ze vono fa hazera aminao, manahaky gny triasy eo amign' ny rindry abo ze ho tampoky fezerany, ao agnatin
fotoa bory.''[14]Ho vakiny manahaky gny fahavakian' ny apondran' ny mpanefy tanimanga zay, tsy hiaro anizay izy,
dra tsy hisy potiny ho vita eo amin' ereo vakiny ze bo hangala gny afo boakao am-patagnafo, dre hamoara gny
rano boak' amign' ny siniben-drano.[15]Fa izao gny zakan' ny Tompo Yaveh, gny Raiky Masin' Israely: ''Ho avosy
amign' ny fiharegna dre fizanogna handrareo; amign' ny fahangina vo fatokia gny ho herindrareo. Nefa tsy
nanam-piniava handrareo. [16]Hoy handrareo ho: ''Aha, fa hienga amign' ny sovala zahay, dra hienga handrareo; vo
hitikisy sovala halaki-fandeha zahay, 'dra halaky fandeha ereo ze magnitriky andrareo.[17]Arivo gny hienga noho
gny fampitahoran' ny iray; amin' n y fampitahoran' ny dimy gny hilomesandrareo ambara-piavian' ny sisa tavela
anindrareo ho tahaky gny tahon- joro egny agnabom-bohisy, dre manahaky gny zozoro egny amign' ny
havoa.''[18]Fa mbo mandigny gny hamindra fo amindareo Yaveh, noho zay dra vonona gny haneho fiantra
amindrareo izy. Fa Yaveh dra zagnahary gny rariny; sambasy ereo ze mandigny anazy. [19]fa hisy vahoaky hitoby
agny Ziona, agny jerosalema, dra tsy hitomagny sasy handrareo. Hamindra fo amign' ny fitairaignandrareo
vatany izy. Gny fa reny zay, dra hamaly andrareo izy.[20]Dre magnome andrareo gny mofon' ny aly sarosy dre gny
ranon' ny fampahoria aza Yaveh, dre zay aza, dra tsy hivony sasy gny mpampianasindrareo amign' ny
masondrareo handrareo. [21]Gny sofindrareo handre zaka boak' afarandrareo hanao ho: ''Tihoky gny lala, amin' ny
tihoky mandeha,''dre mivily ho amign' ny ankavana dre mivily amign' ny ankavia handrareo.[22]Ho
zimbazimbandrareo ereo sary voasokindrareo ze nirakofan' ny volafotsy vo ereo sary agnilia volamena.
Hariandrareo manahaky gny vorondamban' ny falimbola zay. hizaka amin' ereo handrareo ho: ''Mela
eto.''[23]hagnome ora ho an' ny volindrareo izy gny fa mamafy egny amign' ny tany handrareo, vo mofo hovokasy
amign' ny tany, dra gny vokasy dra hovokasy amin' izay andro zay dra hiraoky egny amig' ny ahisy malalaky ereo
biby tezandrareo. [24]Ereo agnomby vo ereo boriky, ze miasa tany, dra hihina gny voaisy sira ze nikororohy tamign'
ny fangaly vo fangaly fazaisy.[25]Egny amign' ny vohisy abo aby vo gny havoa ambony aby, dra hisy vavasakan-
driaky hikoria vo rano mandeha, amign' ny andron' ny famonoa lahibe ze hilavoan' ny tilikambo. [26]Hanahaky gny
fahazavan' ny masoandro gny fahazavan' ny vola, dra gny fahazavan' ny masoandro dra hamirasy impito-heny,
manahaky gny zava-masoandron' ny andro fito. Hamehy gny fanorotoroa gny olon' i Yaveh vo hagnasitra gny
ferin' ny nandratrany anereo.[27]Indro, gny agnaran' i Yaveh dra avy agny amigny toera lavisy, mihehisy amign' ny
fahoriany vo gny hoto matevy. Feno fahavignira gny malony, vo gny lelany dra hanahaky gny afo mandevo. [28]gny
fofonainy dra manahaky gny fikizagn' ny riaky ze mahatrasy boakagny amign' ny vozo masaiky, mba haniva gny
firenena amign' ny sivan' ny fandringana. Gny fofonainy dra hisatra amign' ny valagnoragn' ny olo mba
hahatonga anereo hirenireny.[29]Hana hira manahaky gny amign' ny hariva hitandrema gny firavoravoa masy
handrareo, vo firavoravoam-po, manahaky gny amign' ny fandehanagn' ny olo miaraky amign' ny sody ho egny
agnabom-bohisin' i Yaveh, ho eo amign' ny vatolampin' Israely.[30]Hataon' i Yaveh ra gny fampirapiratan' ny feony
dra natorony gny fiofaofan' ny sandriny amign' ny fahoria mirehisy vo lelafo, amign' ny tafio-drivosy, oram-
barasy, vo havandry.[31]Fa amign' ny feon' i Yaveh, dra holavo i Asyria; hazera anereo amign' ny tehy izy. [32]gny zera


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

aby amign' ny sora- kazo voatendry ze hapetrak' i Yaveh amin' ereo dra hiarahan' ny feon' aponga tapaky vo
valiha eo am-pitolognany vo hialiany amin' ereo.
33 Fa misy toera fagnoroa voaoma fa ela.Eh vatany, voaoma ho an'
ny mpanjaka zay, dra nataon-dRagnahary laliky vo malalaky. Fa vonono amign' ny afo vo hita maro be gny
antontany. Gny fofonain' i Yaveh, manahaky gny fandriaky gny solifara,dra handrehisy an' ny zihoky.

Chapter 31Toko faha 31

1 Loza ho an' ereo ze mandeha magnagny Egypte hitalia vozy vo miatehisy amin' ereo sovala, vo mitoky amin'
ereo kalesy (fa maro ereo) vo amin' ereo mpitikisy sovalany (fa tsy voaisaky ereo). Nefa tsy mba miandrandra
Gny Masin' Israely, dre mitalia an' i Yaveh ereo! 2 Kanefa hendry Izy, vo handay loza Izy dra tsy hagnafoa ereo
zakany. Hitsanga hanohisy gny ankohonan' ny ratsy sy hanohisy gny mpamonjin' ereo ze manota izy. 3 Olo i Egypte
fa tsy zagnahary, nofo gny sovalan' ereo fa tsy fagnahy. Gny fa magninjisy gny tagnany Yaveh, gny olo ze mamozy
dra ho tafatoy, vo gny olo ze voze dra ho lavo; samby hiaraky ho maty izy ro. 4 Zahoky gny zakan' i Yaveh
taminahy: ''manahaky gny liona, dre gny zana-diona, miero amign' ny rembiny, gny fa tokavy hanohisy anizay
gny andian' ny mpiaraky agnondry, dre tsy mba hataosy amign' ny feon' ereo zay, dre migege amign' ny
fihorakorak' ereo; dra hanahaky anizay gny hizosoan' i Yaveh Tompon' ny maro hialy eo agnabombohisin' i Ziona
eo amizay havoa zay. 5 Manahaky gny voro magnomba, gny hiarovan' i Yaveh tompon' ny maro an' i Jerosalema;
hiaro sy hamozy izy gny mandeha eo amizay vo magnaza anizay. 6 Miharegna amin' azy ze fa nihodignandrareo
fatrasy, ry vahoakin' Israely. 7 Fa amizay andro zay gny kiraikiraiky dravy dra hangalaky iereo sampy volafosiny
vo ereo sampy volamenany ze nataon' ny tagnandrareo avo tamim-pahota. 8 Ary gny Asyriana ho lavogn' ny
sabatra ze tsy mba an' olombelo gny handringa anazy. Dra hienga gny sabatra izy, vo gny zatovony hampanovy
fanompoa fatrasy. 9 Vo ereo dra levo fahatokisa noho gny fahatokisa noho gny fatahora, vo ereo mpanapaky anazy
hivali-po eo agnatrehan' ny fanevan' i Yaveh - Izay dra fagnambara nataon' i Yaveh - Ze mana gny afony ao Ziona
vo gny fatany fagnoroa ao Jerosalema.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 32Toko faha 32

[1]Indro, gny mpanjaka dra hanjaka amign' ny fahamarigna, vo gny andrian-dahy dra hanapaky amign' ny rariny.
[2]Gny kirairaiky aby dra hanahaky gny fialofa amign' ny kotroky, manahaky gny ranovelo amign' ny toere maiky,
manahaky gny aloky gny vatolampy lahibe agny amign' ny faharokafa. [3]Vo gny mason' ereo ze mahita dra ho
pehy, vo gny sofin' ereo ze mahare dra hiteno soa.[4]Ereo kely fisaigna dra hihevisy soa amign' ny fahazava-say, vo
ereo mibadabada dra hahay hizaka mahisy soa. [5]gny adala dra tsy ho tokavy sasy ho mendrika, dre gny
mpamitaky ho haza. [6]Fa gny adala dra hizaka fahadala, vo gny fony dra hanao teti-drasy vo hanao asa
miatsaravelatsihy, vo hizaka diso hanohisy an' i Yaveh izy. Hamparesy ereo resy izy, vo hahatonga ereo
mangetaheta tsy hana raha hinomy.[7]Rasy ireo fomban' ny mpamitaky. Mihevisy teti-drasy izy mba hanola gny
mahatra amign' ny vandy, dre mizaka ze marina aza gny mahatra. [8]Fa gny olo mendriky koa dra manao tetiky
mendriky; vo noho ereo tetiny mendriky dra hahomby izy.[9]Mitsangana, ry vehivavy tsy manao-sarosy, vo tenoy
gny feoko; ry vehivavy tsy mivaky loha, tenoy zaho. [10]Fa afaky heritao farafahakeliny dra ho rava gny
fahatokianao, ry vehivavy tsy mivaky loha, fa tsy hisy gny fitohizam-boaloboky, tsy avy gny fanongana.
[11]Matahora, ry vehivavy tsy manao-sarosy; ao hataosy, hanao ze mahatoky; alao ireo akazo matifinao vo ao hanao
hihalo; vo asio lamba fandala gny valahinao. [12]Hidradradradra amin' ereo saha mahafinarisy hanao, ho an' ereo
voaloboky mamokasy. [13]gny zakan' ny vahoako dra ho rakok' ereo tsilo vo ereo hery, eh dre ao amin' ereo tragno
mahafaly aby ao amign' ny tanan' ny firavoravoa aza.[14]Fa gny lapa dra hafo, gny tana feno vahoaky dra ho foa;
gny havoa sy gny tilikambo dra ho lava-bato mandrakizay, fifalia ho an' ereo boriky dra, ahi-meso ho an' ereo
agnondry miaraky osy; [15]mandra-pilatsahan' ny fagnahy boak' agny amign' ny abo amisika, dra gny tany efisy dra
ho avy tany mamokasy, vo gny tany mamokasy dra hihery manaky gny ala.[16]Vo hitoboko eo amign' ny tany efisy
gny rariny; vo gny fahamarigna hipetraky ao amign' ny tany mamokasy. [17]Gny asan' ny fahamarigna dra ho
fiadagna; vo gny vokasy gny fahamarigna, dra fahangina vo fahatokisa mandrakizay. [18]Gny vahoako dra hitoby ao
amign' ny fitoboha feno fiadana, ao amin' ereo tragno azo atoky, vo ao amign' ny toera mangiky fangala ay.
[19]kanefa gny misy ereo havandra dra ho sola gnnnnny ala, dra ho rava tanteraky gny tana, [20]hanao ze mamafy
egny agnilan' ereo onja dra ho voatahy, hanao ze mamoaky gny agnombinao sy ereo borikinao mba hiraoky.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 33Toko faha 33

[1]Loza ho andrareo, ry mpandrava ze tsy mbo nirava! Loza ho an' ny mpamadiky ze tsy mbo nivadihan' ereo! Gny
mihato amign' ny famoteha handrareo, dra ho potehy! Gny mihato amign' ny famadiha handrareo, dra
hivadihan' ereo.[2]Ry Yaveh, mamindra fo aminay; mandigny Anao zahay; ao mba ho sandrinay sama-maray, vo
famozenay amign' ny andro fahoria.[3]Agnatin' ny fo fatrasy gny hiengan' ny olo, gny fa mitsanga hanao, dra
miparitaky ireo firenena. [4]Nalevy manahaky gny valala niango gny babonao; manahaky gny fifanaresak' ereo
andiam-balala, gny ifanaretsan' ny olo amin' izay.[5]Nasandrasy i Yaveh. Mitoby agny amign' ny toera abo izy. Ho
fenony amign' ny fitsara vo fahamarigna gny Ziona. [6]Ho filamigna amign' ny fotoandrareo izy, famoze be,
fahendre, vo fahalala; gny fahatahora an' i Yaveh gny fanagnany.[7]Indro, ireo irak' ereo mitaray eo an-dala;
mitomagny fatrasy ereo iraky manantena fiadagna. [8]Foa ereo lalam-be; tsy misy mpandeha sasy. Rava gny
fagneke, nosinosiniavy ereo vavolombelo, vo tsy voahaza gny maha-olombelo.[9]Mandala gny tany vo milofoky;
megnasy Lybanona vo karakay; Sara dra manahaky gny lemaky maiky; vo magnisa gny raviny i Basana vo
Karmela.[10]Amizao hitsanga zaho, '' hoy Yaveh; amizao ho hasondrosy zaho; amizao ho egny amign' ny abo zaho.
[11]Manorotoro gny tegnam-bary handrareo, vo miteraky mololo, afo mandevo andrareo gny fofon' aindrareo. [12]Ho
voaoro ereo olo, manahaky gny tsilo nitapahy vo noroa.[13]Handrareo ze lavisy, tenoy ze fa nataoko, vo, handrareo
ze mariny, ekeo gny heriko.'' [14]Matahosy ereo mpanonta agny Ziona; fatahora gny fa nahazo gny
mpiatsaravelatsihy. Iza amisika gny afaka hizanoamign' ny afo mandevo? Iza amign' ny fireheta mandrakizay?
[15]Izy gny mandeha amign' ny fahamarigna vo mizaka am-pahatsora; Izy gny nagnafoa gny tombon' ny
fampahoria, ze manda gny handray kolikoly, ze tsy manao teti-drasy heloky bevava fandasahan-dio, vo ts mitalia
gny rasy__ [16]hataony amign' ny farany abo gny fitobohany; gny toera fiambenany dra ho fiarova fatrasy amign' ny
harambato; gny sakafony sy gny ranony dra ho feno famatsia.[17]Gny masondrareo dra hahita gny mpanjaka
amign' ny hasoany; hisinjo tany malalaky ereo. [18]Ho tsarogn' ny fondrareo gny horohoro; eza gny mpanora-dala,
eza izy zay nagnisaky ireo tilikambo? [19]Tsy hahita gny olo mpanohisy andrareosasy handrareo, olo hafa hizaka ze
tsy takandrareo.[20]Atio Ziona, gny tananan' ny fankalazantsika; hahita an' i Jerosalema manahaky gny mponina
milamy gny masondrareo, ze tsy mba hala, ze tsy ho voaombosy vatany gny tsato-kazony dre ho tapaky gny
foliny. [21]Fa koa, homba amign' ny hery amisika i Yaveh, agny amign' ny toera amoron' ny ony vo lakan-drano. Tsy
hisy sambo voizy handeha amin' izany, vo tsy hisy sambo lahibe hamakivaky izay.[22]Fa Yaveh gny mpisara asika,
Yaveh gny mpagnome lalana antsika, Yaveh gny mpanjakantsika; vo hamozy asika izy.[23]Mirefarefa ereo
fagnodikodignandrareo; tsy afaky hita lava amign' ny toerany ereo; tsy afaky hagnaparitaky gny lay ereo; gny fa
nizaran' ereoilay voababo lahibe, dre gny mandrava eza haninto gny babo. [24]Tsy mizaka gny mponina hoe:
''Marary zaho;'' gny olo ze mitoby agny dra ho voavela amign' ny helok' ereo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 34Toko faha 34

1 Magnatonga mariny, handrareo ry firenena; vo mitenoa, mifantoha, handrareo ry vahoaky! Gny tany vo ze
mameno anizay dra tsy maintsy miteno, izao tontolo izay, vo gny raha aby avy amin' izany. 2 fa ory amign' ny
firenena aby Yaveh, vo nilisy amign' ny tafik' ereo tanteraky izy, nanolosy an' ereo teo an-tagnan' ny mpamono
izy. 3 Ereo vato mangasiak' ereo maty dra hatoraky agny ivelany. Gny fofo membon' ereo faty dra ho egny aby egny,
vo ereo vohisy ho vontonign' ny lion' ereo. 4 Ho levo avo koa gny kitan' ny lagnisy, vo gny lagnisy dra hioro
manahaky gny horogna; vo gny kitany aby dra ho levo, manahaky gny ravy ze malazo mihitsa amign' ny tahom-
boaloboky, vo manahaky gny aviavy lo mihitsa amign' ny hazon' aviavy. 5 Fa gny fa mamogn' ny lio an-dagnisy gny
sabatro; indro, amizao hizoso agny Edoma izany, eo amign' ny vahoaky ze hatokako amign' ny fandrava. 6 Gny
sabatr' i Yaveh dra mitete lion' ereo zanak' agnondry vo ereo osilahy, rakosy gny tavign' ny tegnan' ereo
agnondrilahy. Fa mana fagntisy ao Bozra vo famonoa lahibe ao amign' ny tanin' ny Edoma i Yaveh. 7 ho vono
miaraky amin 'ereo gny agnombily, vo ereo vaton' agnomby miaraky amin' ereo efasy atisy. Gny tanin' ereo dra
ho mamon-dio, gny gny vovokiny dra matavign' ny hataveza. 8 Fa ho andro famalian' i Yaveh zay vo ho tao
famaliany gny aamign' ny Ziona. 9 Gny rian-dranon' i Edoma dra ho avy dinty, gny vovokiny ho solifara, vo gny
taniny hivaliky dinty mirehisy. 10 Hirehisy andro amagn' aly zay; gny hoton' izay dra haharisy mandrakizay;
amign' ny taranaky mifandimby dra ho tany ngaza zay; tsy hisy olo handrio eo amin' izay mandakizay doria. 11 Fa
ereo vorodily vo ereo bibily gny hitoboky agny; gny vorondolo vo gny koaky gny hanao gny tragnony eo amin'
izay. Vo hohezagny eo amin' izay gny taly fandrefesan' ny fahapoteha vo gny fason-drano fandrava. 12 Ereo olo
mendri-kazany dra tsy hanana raha ho tavela ho tokavy ho fanjaka, vo gny andriandahy aby dra ho tsinontsino.
13 Tsilo gny hisiry eo amin' ereo lapany, voaroy vo amia gny eo amign' ny tragno fiarovany. Ho fitoeran' ereo
amboamola zay, vo fitobohan' ereo ostritsa. 14 Gny bibily vo ereo kary gny hihao agny, vo ereo osily gny
hifampitoka agny. Gny bibin' ny alina gny hagnorom- ponegna agny dra hahita toeram-pialatsasatra ho an' ereo.
15 Ereo vorondolo hanao ankany, hagnatoly vo hamana ereo atoliny, hamana vo hiaro ereop zanany. Eh, agny gny
hivorian' ereo papango, gny kirairaiky miaraky amign' ny namany aby. 16 Taliavo ao amign' ny horonan-taratasin' i
Yaveh; fa tsy misy raiky amin' ereo tsy ho ao. Tsy misy tsy hanana nama; fa gny vavany gny mandidy izany, vo
gny fagnahiny gny mangoro an' ereo. 17 Nanao filoka hon' ny toerany ereo izy, vo gny tagnany gny handrefy an'
izay tamign' ny taly hon' ereo. Ho tompon' izay mandrakizay ereo; hatramign' ny taranaky faramandimby gny
hitobohan' ereo agny.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 35Toko faha 35

[1]Gny tany efisy vo karakay dra hiravoravo; vo gny tati-hay hifaly vo hamony. Manahaky gny raozy, [2]hamela be dra
be izay vo hihoby amign' ny fifalia vo gny hirahira; gny voninahin' i Libanona dra hagnome izay, gny hasoa-
tarehin' i Karmela vo Sarona; hahita gny voninahin' i Yaveh ereo, gny famirampiratan' ny Zagnaharitsika.
[3]Ampaherezo gny tagna miraviravy, vo atazaho ereo pokopoko mangovisy. [4]Zakao amin' ereo rokaky am-po ho:
''Mahereza, ka matahosy! Indro, gny zagnaharindrareo ho avy miaraky amign' ny famalia, dra gny famalian' ny
Zagnahary. Ho avy izy vo hamozy andrareo,''[5]Dra hahirasy gny mason' ereo poaky, vo handre gny sofin' ereo
maregny. [6]Dra hidokosy manahaky gny diera gny olo mandringa, vo gny lelan' ny moa dra hihira, fa hiboaky
boak' agny amign' ny tany maiky gny rano, vo ereo loharano agny agn' efisy. [7]Ho avy farihy gny fasy magnoro, vo
gny tany mangeta hivaliky loharano miboiboy; agny amign' ny fitobohan' ereo fa ela, dra ho feno ahisy volotara
vo gny zozoro.[8]Gny lalam-be agny dra ho tokavy hoe lala masy. Tsy handeha amign' izay gny maloto. Fa zay dra
natao hon' ereo mandeha amin' izay. Tsy misy adala handeha amin' izay. [9]Tsy hisy liona agny, tsy hisy biby
masiaky ao amin' izay; tsy ho hita ao ereo, fa ereo ze voavozy gny handeha ao.[10]Hihery gny valim-pagnavotan' i
Yaveh vo ho avy agny Ziona amign' ny fihira, vo fifalia mandrakizay gny ho eo an-dohan' ereo; hahazo fihobia vo
firavoravoa ereo, hienga gny alahelo vo gny fisentoa.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 36Toko faha 36

1 Tamign' ny tao faha efasy ambin' ny folo nazakan' i Hezekia mpanjaka, Sankeriba, mpanjakan' i Asyria, dra
nanafiky ereo tana aby mimandan' i Joda vo nababo an' ereo. 2 Dra nalefan' ny mpanjakan' ny Asyria boak' agny
Lakisa ho agny Jerosalema ho agny amin' i Hezekia mpanjaka lahibe mpifehy miaraky amign' ny tafiky lahibe.
Nampifagnato gny lakan-dranon' ny farihy agnabo izy, amign' ny lalam-be magnagny amign' ny sahan' ny
mpanasa lamba, vo nitsanga tamin' izay. 3 Gny manam-pahefa Israelita ze niboaky ambalikign' ny tana mba
hizaka amin' ereo dra i Eliakima zanaky lahin' i Hilikia, gny mpandrindra gny lapa, Sebna mpita-sorasign' ny
mpanjaka, vo Joa zanaky lahin' i Asafa, ze nanorasy ereo fanapahan-kevisin' ny governemanta. 4 Nizaka tamin'
ereo gny lahibe manam-pahefa ho: ''Zakao amin' i Hezekia fa gny mpazaka lahibe, mpazakan' i Asyria, dra
mizaka ho: ''Ino gny loharanogn' ny tokindrareo? 5 Tsy mizaka afa-tsy zaka tsy dra taliavy handrareo, mizaka fa
misy torohevisy vo hery @gn' ny aly. Amizao amin' iza gny itokiandrareo? Iza gny hankahery andrareo hikomy
hanohisy anahy? 6 Indro, matoky an' i Egypte handrareo, ze volotara misitaky ze ampesandrareo manahaky gny
tehy, gny fa miantehisy amin' izay gny olo raiky, dra hifikisy amign' ny tagnany dra handefo an' azy izay.
Manahaky izany i Farao mpanjakan' i Egypta amign' ny olo ze matoky anazy. 7 Gny fa mizaka aminahy handrareo
ho: ''Matoky an' i Yaveh zagnaharinay zahay,' tsy za kay ereo toera abo vo gny ereo alitara ze nalan' i Hezekia, vo
fa nizaka tamin' i Joda vo Jerosalema ho: ''Miondrefa eo alohan' ny tihoky alitara agny Jerosalema tihoky''? 8 Vo
amizao, magniry gny hanao fagnomeza soa ho anao boak' agny amign'ny mpanjakan' i Asyria zaho. Hagnome
anao sovala roa arivo zaho, gny mahavita mitalia mpitikisy hon' ereo hanao.'' 9 akory gny hahafahanao manohisy
dre gny kapiteny raiky ze farany masaiky amign' ny mpanomoon' ny tompoko? Nanoby gny fahatokisandrareo
tamign' i Egypte noho ereo kalesy vo ereo mpikisy sovala handrareo! 10 Vo amin' izao, kay nandeha tatiky tsy
niaraky tamin' i Yaveh mba hialy hanohisy tihoky tany vo handrava izay kay zaho? Hoy Yaveh taminahy,
''magnafia tihoky tany tihoky vo ravao izay.'''' 11 Vo Eliakima zanaky lahin' i Hilkia, vo Sabna, vo Joa nizaka tamign'
ny lahibe manam-pahafa ho: ''Mizaka ra amin' ereo mpanomponao amign' ny fiteny Syriana. Aramaika, mba
hahazoanay an' izay. Ka mizaka aminay amign' ny fitenin' i Joda eo an-sofin' ereo vahoaky ze ao amign' ny
manda.'' 12 Fa hoy gny lahibe manam-pahef: ''Moa nandefa anahy mba hizaka ireo teny ireo ho agny amign' ny
tomponao vo ho agny aminao kay gny tompoko? Tsy nandeha zaho ho agny amin' ereo lelahy ze mitoby eo amign'
ny manda izy, ze hihina gny malotony avo vo hino gny amaniny avo miaraky aminao?'' 13 Vo nisanga gny lahibe
mana-pahefa vo nasiaky tamign' ny feo fatrasy tamign' ny fiteny Jiosy, mizaka ho: ''Mitenoa gny zakan' ny
mpanjaka lahibe, mpanjakan' i Asyria. 14 Hoy gny mpanjaka: ''Ka mety hofitahin' i Hezekia hanao, fa tsy afaky gny
gny hagnavosy anao izy. 15 Ka anga hampatokian' i Hezekia amin' i yaveh hanao, ze mizaka ho; Hamozy anay
vatany i yaveh, tsy home ho eo an-tagnan' ny mpanjakan' ny Asyria tihoky tana tihoky. 16 Ka miteno an' i Hezakia fa
izao gny zakan' ny mpanjakan' i Asyria: ''Mihavana aminahy vo gny magnatogna anahy. Vo gny kirairaiky
amindrareo dra hihina boakagny amign' ny voalobony vo avy amign' ny hazo aviaviny avo, vo hino gny rano ao
agnatin' ny fitobohan-dranony avo. 17 Izany gny ataondrareo ambara-pahaviako vo gny hangalako andrareo ho
agny amign' ny tany manahaky gny tanindrareo avo, tanin' ny vary vo gny tanin' ny divay vaovao, tanin' ny mofo
vo gny tanim-boaloboky.'' 18 KA mamela an' i Hezekiela mamitaky andrareo, mizaka hoe: ''Yaveh gny hamozy
asika''. Moa nisy tamin' ereo zagnaharin' ny vahoaky ve dra nahavozy an' ereo avy eo an-tanan' ny mpanjakan' i
Asyria? 19 Eza ereo zagnaharin' i Hamata vo Arpada Vo eza avo koa ereo zagnaharin' i Sefarvaima? Moa ve
nahavozy an' i Samaria tamign' ny heriko ereo? 20 Tamin' ereo zagnahary aby teto amign' ny tany, moa nisy
zagnahary nahavozy gny taniny tamign' ny heriko ve? Manahaky gny hoe afaky mamozy an' i Jerosalema amign'
ny heriko ve i Yaveh? 21 Fa gny vahoaky nizano tsy narevoky vo tsy nisy namaly, fa izany gny didin' ny mpanjaka
hoe: ''Ka mamaly an' azy.'' 22 Vo i Eliakima zanaky lahin' i Hilkia ze lahiben' ny ankohona, vo Sebma mpanora-dala,
vo Joa zanaky lahin' i Asafa, mpita gny raharaham-panjaka, dra nagnato an' i Hezekia miaraky amin' ereo
akazony triasy, vo nanday tamigny ereo zakan' ny lahibe manam-pahefa.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 37Toko faha 37

[1]Gny fa ren' i Hezkia mpanjaka gny tatis' ereo, dra naniasy gny akazony izy, dra nandomboky gny vatany tamign'
ny akazo fandala, vo magnagny an-tragnon' i yaveh. [2]Izy dra nagniraky an' i Eliakima, ze lohan' ny ankohona, vo
Sebna mpanora-dala, vo ereo lohan' ny mpisoro, samby nilomboky akazo fandala avo koa, ho agny amin' i Isaia
mpaminany, zanak' i Amoza.[3]hoy izy taminazy: ''Hoy i Hezekia hoe: 'Tihoky andro tihoky dra andron' ny fahoria,
fibedesa, vo fanglam-baraka, manaky gny zaza fa ho teraky, nefa gny reniny dra tsy mana hery hiteraha gny
zanany. [4]Mety ho ren' i yaveh zagnaharinaoavo koa ereo zakan' ny lahiben' ny mpifehy, ze nirahin' ny mpanjakan'
i Asyria mba hihasy an-dRagnahary velo, dra hizaka fatrasy ereo zaka ze ren' i Yaveh Zagnaharinao. Amizao dra
asandrato ho an' ze bo tavela eto gny vavakao.'''[5]Dra nagnagny amin' i Israely ereo mpanompon' i Hezekia
mpanjaka, [6]vo hoy i Isaia tamin' ereo hoe: ''Lakao amign' ny tompondrareo hoe: ''Ka matahotsy gny zaka ze fa
renao, ze tamin' izany gny nanevatevan' ereo mpanompon' ny mpanjakan' i Asyria zaho, vo hahare gny tatisy
ialany izy dra hihery agny amign' gny taniny. Hataoko lavon' ny sabatra agny amign' ny taniny avo izy.''''[8]Dra
nihery ereo lahiben' ny mpitariky dra nahita gny mpanjakan' i Asyria niady tamign' i Libna, fa reny fa niala tao
Lakisy gny mpanjaky. [9]Vo gny ren' i Senkeriba fa nihetsiky hialy aminazy i Tiraky mpanjan' i Etiopie vo Egypta,
dra nagniraky mpitondra hafasy miaraky amign' ny hafasy tagny amin' i Hezekia draiky izy: [10]''Zakao amin' i
Hazekia, mpanjakan' i Joda hoe: 'Ka anga handiso fanantena anao gny zagnaharinao ze atokisanao, manao hoe:
''Tsy hatolosy eo an-tagnan' ny mpanjakan' i Asyria i Jerosalema.''[11]Indro, fa rendrareo ze nataon' ny mpanjakan'i
asyria tamign' ny tany aby tamign' ny fandrava an' enereo tanteraky. Dra ho voavonjy ve handrareo? [12]Moa ve
mamonjy an' ereo zagnahary gny firenena, dra ereo firenena ze niravan' ereo razamkeko: Gozana, Harana,
Razefa, vo gny vahoakin' i Edena tao Telasara? [13]Eza gny mpanjakan' i Hamata, mpanjakan' i Arpada, mpanjakan'
ereo tananan' i Sefarvaima, Hena, vo Iva?'''[14]Nandray gny taratasy tegny an-tagnan' ny mpitondra hafasy i
Hezekia vo namaky izany. Dra nagnagny an-tragnon' i Yaveh izy vo namelasy izany teo agnatrehany. [15]Nivavaky
tamin' i Yaveh i Hezekia hoe: [16]''Ry Yaveh tompon' ny maro, Zagnaharin' i Israely, hanao ze mitoby eo am-bony
Kerobima, Hanao raiky gny zagnahary eo amign' ny fanjakan' ny tany aby. Hanao gny nahary gny lagnisy sy gny
tany.[17]Atokilagno gny sofinao, ry Yaveh, vo mitenoa. Sokafo gny masonao, ry Yaveh, dra atio,, vo tenoy ereo zakan'
i Sankeriba, ze fa nalefany hanesoa an-dRagnhary velo. [18]Marina izany, ry Yaveh, fa niravan' ny mpanjakan' i
Asyria gny firenena aby vo gny tanin' ereo.[19]Fa nataoko tao agnaty afo ereo zagnahariny, fa tsy zagnahariny raiky
fa asan-tagnan' olo, hazo vo vato avo. Dra nipehin' ny Asyriana ereo. [20]Dra amin' izao, ry Yaveh zagnaharinay,
vozeo eo amign' ny heriny izahay, mba ho fatasy gny fanjakan' ny tany aby fa hanao raiky avo gny Yaveh.''[21]Vo
nandefa hafasy tagny amin' i Isaia zanak' i Amoza i Hezekia, manao hoe: ''Yaveh, Zagnaharin' Isaraely manao
hoe: 'Akory fa nivavaka taminahy mikasiky an' i Sankeriba mpanjakan' Asyria hanao, [22]dra zao gny zaka ze
nizakan' i Yaveh gny momba an' azy: ''Manao tsinosino vo mangala baraka anao gny zanaky vavy virijin' i Ziona;
mihifikifi-doha aminao gny zanaky vavy. Nihasy vo naniratsira an' iza hanao? [23]Nampiaka-peo vo nivan-
dravandra tam-pirehareha tamin' iza hanao? Tamign' ny Masin' Isaraely.[24]Tamign' ny alalan' ny mpanomponao
gny niahasiaronao gny tompo vo gny nanovanao hoe: 'Tamign' ny hamaroan' ny kalesiko gny niakarako tegny
amign' ny havoan' ereo tendrombohisy, tamign' ny fiakara farany abo an' i Libanona. Hozerako ereo sederany
lava vo ho filiko ereo hazon-kypreso agny, vo hihilisy ao amign' ny toerany farany ambony zaho, dra gny alany
mamoha farany be. [25]Fa nihaly lava-drano zaho vo nino rano; Noritraiko gny reniranon' i Egypta aby ambanin' ny
faladian-tombony.'[26]Moa ve tsy renao gny namaritako izany fotoa maro ze tsy nanagnako izay tamign' ny fotoa
fahiny? Vo andesiko mba hitranga izany fotoa zihoky. Eto hanao mba handrava ereo tana matazaky ho lasa
korotam-bato. [27]Ereo mponiny, tsy manan-kery, dra kivy vo afa-baraka. Voly agny agnaisy ereo, ahi-meso, ahisy
egny ambony tafo na egny agnaisy, mialohan' ny rivosy avy agny antsignana.[28]Fa fantako gny fipetrakao, gny
fiboahanao, gny fidiranao, vo gny haorianao aminahy. [29]Nohon' ny haorianao aminahy, nohon' ny avognavonao ze
nipaky tamign' ny sofiko, dra hametraha farangoko eo amign' ny oronao, ary gny lalam-boridiko eo amign' ny
vavanao; haheriko agny am' izay lala niavianao hanano.''[30]Zao gny ho famatara ho anao: Hihina ze magnirigniry
foa anao amin' ny tihoky tao toy, vo ze agniry amin' izany amign' ny tao faharo. Fa amign' ny tao faharo fahatelo
dra tsy maintsy mamboly hanao vo mioty, manova tanim-boaloboky vo hano gny vokany.[31]Ereo sisa amign' ny
ankohon' i Joda ze tsy maty dra hamaka vo hamokasy draiky. [32]Fa avy ao Jerosalema gny hiboahan' ereo sisa; avy
ao an-Tendrobohisin' i Ziona ereo tsy maty. Hanao izany gny zotom-pon' i Yaveh Tompon' ny maro.'''[33]Noho izany
dra dra izao gny momban' ny mpanjakan' i Asyria. ''Tsy hilisy eto amin' ny tihoky tana tihoky, dre hanipy tsipiky
eto izy. Dre ho avy alohan' izany miaraky amign' ny ampinga dre hananga rindry fiankara amin' izany izy. [34]Gny
lala nahaviany avo gny ho lala hialany; tsy hilisy ao amin' ny tihoky tana tihoky izy_izay gny fagnambaran' i
Yaveh.[35]Fa hiaro tihoky tihoky zaho ary hamozy izany, nohon' ny Amiko vo nohon' ny amin' i Davida


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

mpanompoko."[36]Vo gny anjelin' i Yaveh dra niboaky ka nanafiky gny tabin' ereo Asyriana, nahafaty maramila
185.000. Gny fa nifoha maraim-be ereo lelahy, dra nitsirara tegny aby egny gny fatin' olo. [37]Dra nandao an' Israely
i Sankeriba manjakan' i Asyria vo gny noly tagny an-tragno dra nitoby tao Ninive.[38]Tatiky afara, gny bo nidera tao
an-tranon' i Nisroka andriamaniny izy, dra namono anazy tamign' ny sabatra i Adremeleka vo Serezara zanany
lahy. Boak' eo dra nitsoaky tagny amign' ny tanin' i Ararata ereo. Dra i Esara-hadona zanany gny natazaky teo
amign' ny toerany.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 38Toko faha 38

[1]Tamin' ereo andro ereo i Hezekiala dra narary fatrasy fa eo andalam-pahafatesa. Dra avy teo aminazy Isaia
zanaky lahin' i Amoza, ilay mpaminany, vo nanao taminazy hoe: "Izao gny zakan' i Yaveh: 'Alamino gny
tragnonao; fa ho maty hanao, fa tsy ho velo."' [2]Dra nagnody gny tarehiny magnagny amin' ny rindry i Hezekia vo
nivavaky tamin' ny Yaveh. [3]Hoy izy: "Ba sarovy avo le ry Yaveh, gny nandehanko am-pahatokia tamign' ny foko
manontolo teo agnatrehano vo gny nanovako gny soa teo amasonao. "Dra nitomagny fatrasy i Hezekia boakeo.
[4]Dra avy tamin'i Isaia gny zakan'i Yaveh, manao ho:[5]" Mandehana dra zakao amin'i Hezekia, pitariky gny oloko
ho: ' Zao gny zakan'i Yaveh, gny Zagnaharin'i Davida razambenao: Fa reko gny vavakao, sady fa hitako gny
ranomasonao. Ingo, hagnapy dimy ambinifolo tao amin'gny fiainanao Zaho.[6]Dra hagnavosy anao vo tihoky tana
tihoky amin'gny tagnan'gny pazakan'i Asyria Zaho, dra hiaro tihoky tana tihoky.[7]Zao gny ho famatara boakamin'i
Yaveh ho anao, fa ho ahiko ze napanatenako.[8]Ingo, hapihery gny aloky eo amin'ireo tohas'i Ahaza ho folo linga
Zaho."" Dra nihery ambaratonga folo reo tohasy teo amy ze nihoasy.[9]Zao gny vavaky voasoras'i Hezekia pazakan'i
Joda, no fa narary vo sitra izy:[10]" Zaho nizaka fa eo amin'gny ategnategnan'gny fiaignako dra handeha amin'ireo
vavahadin'gny fiegna sy hita zaho; nalefa tagna zaho mandrisy gny tao sisa hiaignako.[11]Ho zaho ho sy hahita an'i
Yaveh sasy zaho, Yaveh agny amin'gny tanin'gny velo; sy hagnety gny olombelo vo reo ponin'gny tany sasy zaho.
[12]Napiala sady nala taminahy sahala gny lain'gny piaraky agnondry gny aiko; naforiporisiko manahaky gny
tenona gny aiko; manapaky anahy amin'gny fitova fagneno Hanao; eo ategnategnan'gny andro vo gny hariva
Hanao gny manapisy gny aiko.[13]Nikiaky fatrasy zisiky maraindray zaho; manahaky gny liona gny famakiany reo
tolako aby. Eo ategnategnan'gny andro vo gny hariva Hano gny manapisy gny aiko.[14]Mikororeky manahaky gny
sidisidina zaho; mitolokoloko manahaky gny voroamilala zaho; rokaky miandra ambony gny masoko. Ry Tompo,
ory zaho; apio zaho.[15]Ino gny tokony ho zakako? Sady nizaka izy, gny nagnatateraky anizay taminahy; hamindra
moramora amin'gny tao hiaignako aby zaho akory totosy gny alahelo.[16]Ry Tompo, reo fizalia nalefanao dra soa ho
anahy; ho ahery aminahy ndraiky anie gny aiko; napihery gny aiko vo gny fahasalamako Hanao.[17]Tombosoa ho
anahy gny niaignako alahelo sahala an'iregny. Nagnavosy anahy tamin'gny lavaky gny faharava Hanao; fa
nagnary gny fahotako aby ho agny an-damosinao Hanao.[18]Fa sy misaosy anao gny fiegna-sy hita; sy misiriry anao
gny fahatesa; reo ze mizoso ao agnaty lavaky dra sy magnategna gny fahamendreham-pitokisanao.[19]Gny
olombelo, gny olombelo, izy gny raiky zay nagmone fisora anao, manahaky gny ahiko amin'itiky andro tiky; ray
mapahafatasy gny fahamendrem-pitokisanao amin'ireo zanaky.[20]Eo andalam-pamonze anahy i Yaveh, dra
hakalaza amin'gnyn hira zahay amin'gny androm-piaignanay iaby ao an-tragnon'i Yaveh."[21]Dra ho Isaia: " Aoky
ereo hangalaky apepan'aviavy dra hametraky anizay eo amin'gny bay, dra ho sitra izy."[22]Ho avo koa i Hezekia ho:
" Ino gny ho famatara fa tokony hiakasy ho agny an-tragnon'i Yaveh zaho?"


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 39

[1]Tamin'izay andro zay Merodaka-baladana zanadahin'i Baladana, pazakan'i Babylona, dra nandefa taratasy vo
fagnomeza ho an'i Hezekia; akory reny fa narary i Hezekia vo sitra.[2]Faly tamin'ireo raha reo i Hezekia; natorony
an'ireo panday hafasy gny tragno fitahiriza raha sarobidy---gny volafosy, gny volamena, reo raha magnisy vo
menaky soa, gny tragno fitehirizany an'ireo fitovam-pialiany, vo ze iaby hita tao amin'ireo tragno fitehirizany. Sy
nisy raha tao an-tragnony, na tao amin'gny fanzakany aby, ka sy natoron'i Hezekia andreo.[3]Boakeo Isaia
paminany avy tagny amin'i Hezekia pazaka dra nagnotany anazy ho: " Ino gny zakan'ireo olo reo aminao?
Boak'eza ereo?" Ho Hezekia ho: " Avy aminahy etoky boak'agny amin'gny firene lavis'i Babylona ereo."[4]Dra
nagnotany Isaia ho: " Ino gny hitan'ereo tao an-tragnonao?" Nam,aly Hezekia ho: " Hitan'ereo aby gny raha aby
tan-tragnoko tap. Sy nisy raha tamin'ireo rahako sarobidy ka sy natoroko andreo."[5]Dra ho Isaia tamin'i Hezekia
ho: " Tenoy gny zakan'i Yaveh tompon'gny maro:[6]'Ingo, avy gny andro zay handesa gny raha aby ao amin'gny
lapanao, reo raha ze nitehhirizin'ireo razambenao mandrak'androany ho agny Babylona. Sy hisy ho tavela, ho
Yaveh.[7]Reo zanadahy naterakao, ze fa nitezanao---ho alany ero, dra hazary tandapa eo amin'gny lapan'gny
pazakan'i Babylona ereo.''[8]Boakeo Hezekia nizaka tamin'i Isaia ho: "Soa gny zakan'i Yaveh ze fa noresahinao. "Fa
nihevisy izy ho: "Hisy fiadagna vo fahamarignan-toera amin'gny androko."

## Chapter 40

[1]"Hapaherezo, hapaherezo gny vahoakiko," ho gny Zagnaharindrareo.[2]" Miresaha mora amin'i Jerosalema; dra
hambarao aminazy fa nizano gny aliny, fa voavela gny helony, fa nitakasy avo ro heny tegny an-tagnan'i Yaveh
izy tamin'gny fahotany aby."[3]Nisy feo nitoka fatrasy ho: " Omano gny lalan'i Yaveh agny an'efisy; manaova lalam-
be agny amin'gny tany foa ho an'gny Zagnaharisika."[4]Gny lohasaha aby dra hasandrasy, vo gny tendrombohisy vo
gny havoa aby dra hakary; vo gny tany mideza ho lembalemba, vo reo tany saro-dala hazary temaky;[5]vo gny
voninahis'i Yaveh dra ho apahafatary, vo gnyvahoaky aby hindray hahita anizay; fa gnny vavan'i Yaveh gny
nizaka anizay.[6]Nisy feo nanao ho: "Tokavo." Nisy raiky namaly ho: "Ino gny toka tokony ahiko?" "Gnynofo aby dra
ahisy, vo gny fifagneken'ereo dra manahaky gny vonikazo egny an-saha.[7]Maiky gny ahisy sady malazo gny
vonikazo no fa misoky eo amin'izay gny fofon'ain'Agnahary; azo atoky fa ahisy gny olombelo.[8]Maiky gny ahisy,
malazo gny vonikazo. fa gny zakan'Agnaharisika dra haharisy mandrakizay."[9]Miakara egny amin'gny
tendrombohisy aby, ry Ziona, panday vaovao mahafaly. Manandrata feo fatrasy, ry Jerosalema. Hanao zay
manday reo vaovao mahafaly, asandrato gny feonao, ka matahosy. Zakao amin'ireo tanan'i Joda ho: " Iho gny
Zagnaharindrareo!"[10]Ingo, gny Tompo Yaveh avy manahaky gny lelahy pialy niboaky pandresy, vo gny sandriny
mahery gny hanapaky ho anazy. Ingo, gny valisoany mandray aminazy, vo reo ze navotany dra mandeha eo
agnoloany.[11]Hamaha gny agnondry aman'osiny manahaky gny piaraky agnondry Izy, hamory reo agnondry eo an-
sandriny Izy, ka hilanza ireo am-pony ao, dra hitariky amin-kasoam -pagnahy reo agnondry vavy mapinono reo
zanany.[12]Ia gny nandrefy gny rano teo am-pelatagnany, nandrefy gny lagnisy tamin'gny zehin'gny tagnany, nita
gny botany tagnaty haro, nandanza gny tendrombohisy tamin'ireo fandanza, na reo havoa tamin'gny mozana?[13]Ia
gny fa nahatakasy gny eriseris'i Yaveh, na nanoro lala Anazy manahaky gny panolonsay?[14]Boakamin'ia gny fa
nandrambesany toro-lala? Ia gny napianasy Anazy gny fomba fanaova raha amin'gny tokony ho izy, vo napianasy
Anazy fahalala, na nanoro Anazy gny fomba fahatakara?[15]Ingo,reo firene dra manahaky gny rano indraiky mitete
agnaty siny, dra nitakary manahky gny botany eoambonin'gny fandanza; ingo, lanzainy manahky gny teboky
masaiky reo nosy[16]Libanona dra apy ho oroa, ndreo reo bibidiany sy apy ahy fagnatisy oroa.[17]Gny firene aby dra
sy feno eo agnatrehany; reo dra nitakary sahala gny sy misy.[18]Amin'ia se gny hapitahandrareo amin'Agnahary?
[19]Sapy! namolavola anizay gny panao asa-tagna: gny panefy volamena dra nanao takela-bolamena sady nanefy
rozo ho an'izay.[20]Mbo hanaova fanatisy dra misy raiky mifily hazo sy mety lo; mitalia panao asa-tagna mahay izy
mbo hana sapy zay sy mety miroda.[21]Sy fatandrareo ra? Sy mbo rendrareo ra? Sy fa nizaka tamindrareo tagny
am-piandoha se zay? Sy fa takandrareo ra zay tamin'gny fagnoregna gny tany?[22]Izy gny toka mipetraky
ambonin'gny habakabaky gny tany; vo gny ponina dra manahky gny valala eo agnatrehany. Naniasy gny lagnisy
manhaky gny lamba Izy dra nagnaparitaky anireo manahaky gny lay hitobohany.[23]Nipihe reo panapaky
manahaky gny sy misy Izy dra nanao reo panapaky gny tany ho sy misy dikany.[24]Vo nambole ereo, vo nafafy, gny
sapan'ereo dra vo mamaka tamin'gny tany, no fa nisoky teo amin'ereo Izy ka nalazo reo, dra nandesin'gny sioky
manahaky mololo ereo.[25]Amin'ia se gny hapitahanao Aminaky, ia gny mitpvy Aminahy?" Ho GNy Masy.[26]Atio gny
lagnisy! Ia gny namoro reo kinta aby reo? Mamoaky andreo amin'gny filaharany Izy dra mitoka anazy aby
amin'gny agnarany. Tamin'gny halahiben'gny heriny vo tamin'gny tazaky gny fahefany, dra sy nisy raiky sy
nipoisy.[27]Nagnino hanao, ry Jakoba, gny nizaka sady nagnambara tamin'Israely ho: "Gny lalako dra mmivony
amin'i Yaveh, vo gny zagnahariko dra sy voakasiky gny fahamarignako? "[28]Sy fatandrareo ra? Sy rendrareo ra?
Gny Zagnahary maharisy mandrakizay, Yaveh, gny namoro reo vazan-tany, dra sy mokosy na rokaky; sy misy
fetriny gny fahalalany.[29]Magnome hery gny rokaky Izy; sady magnome hery vao ho an'ize marary.[30]Ndre gny
tanora aza dra hazary mokosy vo rokaky, vo reo zatovo dra ho tafitohy ka hilavo:[31]Fa reo ze miamby an'i Yaveh
dra hagnavao gny herin'ero; hitiky amin'gny elasy manahaky gny voromahery ereo; hilomay ereo dra sy ho
rokaky; handeha ereo dra sy ho tora.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 41

[1]" Mitenoa am-pisigna magnoloa Anahy, handrareo moron-siraky; aoky hagnavao gny heriny reo firene; aoky
ereo hagnato mariny dra hizaka; aoky sika hindray hagnariny so hifandahasy vo hialy hevisy.[2] Ia gny nagnatena
gny raiky lat'agny asignana, nitoka anazy am-pahamarigna ho amin'gnyfanopoany? Manolosy gny firene ho
anazy Izy sady magnapy andreo handresy reo pazaka. Mamaliky andreo ho botany amin'gny mesany izy,
manahaky gny mololo siofin'gny rivosy amin'gny sipikiny.[3]Magnitriky andreo izy dra tafita soa aman-sara,
taming'ny lala soa ze sy nidian'gny tombony. [4]Ia gny nanao vo nahavita reo asa reo? Ia gny napitoka reo taranaky
hatragny am-piandoha? Zaho, Yaveh, gny volohany, vo mindray amin'ireo farany, Zaho gny Izy.[5]Nahita reo nosy
dra natahosy; miovisovisy gny faran'gny tany; nagnato ereo dra avy. [6]Samby magnapy gny namany gny olon'aby,
vo gny olo aby nifapiresaky ho: 'Mahereza.' [7]Koa dra mapahery reo panefy volamena gny pandrafisy, vo ze miasa
amin'gny tantanana mapahery ze miasa amin'gny riandria, mizakan'gny solohoto ho: 'soa zeho.' Nifehazin'ereo
tamin'gny fansiky zeho so dy hihozongozo.[8]Fa hanao, ry Israely, panopoko, ry Jakoba ze fa nifiliko, taranak'i
Abrahama namako, [9]hanao ze haheriko lat'amiz'gny fiafaran'gny tany, sady nitokaviko tamin'ireo toera lavisy, dra
ze nizakako ho: 'Panopoko hanao;' Fa nifily anao Zaho dra sy nilaviko hanao.[10]Ka matahosy, fa miahy aniha Zaho.
Ka mitebiteby, fa Zaho gny Zagnahariniha. Hapatazahako hanao, sady hagnapy aniha Zaho, dra hanoha aniha
amin'gny tagnako akavana mary Zaho.[11]Ingo, ho megnasy sady ho afa-baraka reo aby ze ory aminiha; hanahaky
gny sy misy ereo dra ho faty, ereo aby ze manohisy aniha.[12]Hitalia hanao fe sy hahita ereo ze nifandahasy
taminiha; ereo ze nialy taminiha dra hanahaky gny sy misy dikany, vatany sy misy dikany. [13]Fa Zaho, Yaveh
Zagnahariniha, gny hta gny tagnaniha akavana, mizaka aminiha ho: 'Ka matahosy; fa hagnapy aniha Zaho.'[14]Ka
matahosy, hanao ry Jakoba kankana, vo handrareo olon'Israely; fa hagnapy andrareo zaho--- zeho gny
fagnambaran'i Yaveh, pagnavosy andrareo gny Raiky Masin'Israely.[15] Ingo, ahiko hanahaky gny kodia vy
maragnisy hanao, vosady ro-lela; hizera reo tendrombohisy hanao sady hanorotoro reo; hahiniha hanahaky gny
akofa reo havoa.[16]Hikororoky andreo hanao, vo gny sioky handay andreo hiala; hagnaparitaky andreo gny sioky.
hiravoravo amin'i Yaveh hanao, hiravoravo amin'gny Raiky Masin'Israely.[17]Mitalia rano reo ory vo mahantra, fe
sy misy, vo gny lelan'ereo dra ho maiky nohon'gny hetaheta; Zaho, Yaveh, gny hamaly gny vavak'ereo; Zaho, Gny
Zagnaharin'Israely, dra sy hahafo andreo. [18]Hahavy gny renirano hikoria amin'gny hansa Zaho, vo loharano eo
agnivon'gny lohasaha; hahiko dobon-drano gny tany hay, vo gny tany maiky ho loharano.[19]Agny amin'gny tany
efisy gny hametrahako reo sedera, akasia, rotra, vo gny hazaon'Oliva. Hametraky gny kypreso egny amin'gny
lemaky gny tany hay, mindray amin'ireo kesiky vo reo hazo kypreso Zaho. [20]Hanao anizeho Zaho so hahita,
hagneky, sady hiaraky hahatakasy gny olo, fa gny tagnan'i Yaveh gny nanao anizaho, vo gny Raiky Masin'Israely
gny namoro anizeho.[21]" zakao gny mahakasiky aniha," ho i Yaveh, " aseho gny hevisiniha soa loasy ho an'ireo
sapiniha," ho gny Pazaka an'i Jakoba. [22]Aoky ereo handay gny hevis'ereo manoka; ampandrosoy ereo dra ambarao
aminay ze miseho, so hahafataranay soa reo raha reo. ampagnambarao an'ereo aminay reo fagnambara voavina
mialoha, so hahafahanay manao andreo ho fitarasy sady hahafataranay gny fomba nahatateraham'iregny.[23]Zakao
reo raha mahakasiky gnyho avy, so hahafataranay fa zagnahary handrareo; manaova raha soa na rasy, so
hahatahosy sady hiaky vola zahay. [24]Ingo, sy misy dikany handrareo sapy vo gny asandrareo ra sy misy dikany;
gny raiky ze nifily andrareo dra mapadikidiky.[25]Fa nananga raiky boaky agny avarasy Zaho, dra avy izy; boaky
amin'gny fiposahan'gny masonadro gny hitokavako ze mitoka gny agnarako, sady hagnisaky reo panapaky
manahaky gny fotaky izy, manahaky gny tanimanga.[26] Ia gny nagnambara zeho hatragny am-piandoha, so
hahafataranay? Alohan'izeho fotoa zeho, so hizakanay ho: "Mary izy"? Eka vatany, sy nisy nanao anizeho ho
lalana ereo, eka, sy nisy nahare andrareo nizaka raha.[27]Ho Zaho tamin'i Ziona tamin'gny volohany: 'Ingo tahoky
ereo;" nandefa panday hafasy tagny Jerosalema Zaho. [28]Nofa magnety zaho, dra sy misy ndre ia ndre ia, ndre gny
raiky eo amin'ereo ze afaky magnome toro-hevisy soa, ze, afaky hamaly zaka, nofa magnotany Zaho. [29]Ingo, sy
misy dikany izy aby, vo gny asan'ereo dra sy misy dikany; sioky vo zava-poa gny sary an'idin'ereo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 42

[1]Ingo, gny panopoko, ze tantagnako; gny nifiliko, ao aminazy gny andrambesako sitraky. Fa napetrako teo
aminazy gny Fagnahio; handay rariny eo amin'ireo firene izy. [2]Sy hitaray na hihiaky izy, na hanao gny feony ho re
an-dala.[3]Sy ho tapahiny gny volotara torotoro, vo sy ho vonony gny afon'gny ziro mirehisy: haganatateraky gny
rariny amim-pahatokia izy. [4]Sy hitombo harokafa izy na ho kivy mandra-pametrahany gny rariny ambonin'gny
tany etihoky; vo gny tany amoronsiraky hiamby gny lalagnany.[5]zeho gny zakan'i Yaveh Zagnahary__ze namoro
gny lagnisy sady nagnenza reo, gny nanao tany vo ze iaby vokariny, ze magnome fofonay ho an'gny olo
amin'izeho vo fiaigna ho an'ireo ze miay eo amin'izeho ho: [6]"Zaho, Yaveh, fa nitoka aniha tamin'gny fahamarigna
sady hita gny tagnaniha. Hiamby aniha Zaho dra hametraky aniha manahaky gny faneke ho an'gny olo,
manahaky gny fahazava ho an'ireo Zentilisa.[7]so hanokasy gny mason'gny poaky, so hagnafaky reo voafonza ao
amin'gny tragno mezy, vo boaky amin'fny tragno fitobohan'ireo ze mitoboky ao min'gny ezy.[8]Zaho gny Yaveh,
zeho gny agnarako; vo gny voninahisisko sy ho zarako amin'gny hafa na gny fisiriria Anahy ho amin'gny sapy
voasikosy. [9]Ingo, fa lasa gny rah taloha, amizao hagnambara rah vaovao amindrareo Zaho. Mialohan'gny
hanomboan'ireo dra hizaka andrareo mahakasiky ireo Zaho."[10]Miansa hira vaovao ho an'i Yaveh, vo gny fiderany
hatragny amin'gny faran'gny tany; handrareo ze mizoso agny amin'gny ranomasy, vo ze iaby aminazy ao, reo tany
amoronsiraky, vo reo ze mivelo agny. [11]Aoky hitaray gny efisy vo reo tana, gny tan ze honegnan'i Kedara, dra
hikoraky amin'gny fifalia! Aoky hihoby gny ponin'i Sela; aoky hikoraky boaky eo an-tapon-tendrombohisy ereo.
[12]Aoky hagnome voninahisy an'i Yaveh ereo sady hagnambara gny fiderany amin'gny tany amoronsiraky.[13]
Hiboaky manahaky gny pialy i Yaveh; manahaky gny lelahin'aly hapirisin'gny zotom-pony Izy. Hikoraky Izy, eka,
hierosy amin'gny korakin'aly Izy; hasehony gny fahavalony gny heriny.[14]Fa nisigny Zaho hatrizay; fa nisigny Zaho
sady nifehy gny vatako; amizao hitaray manahaky gny apela miteraky Zaho; miehakehaky sy avy miay.[15] Hahiko
lao gny tendrombohisiko vo gny havoa dra hagnamiky gny raha misisriny aby; dra hamaliky gny ony ho nosy
Zaho vo hagnamaiky gny farihy.[16]Handay gny poaky amin'gny lala ze sy fatas'ereo Zaho ; amin'gny lala ze sy
fatas'ereo gny hitaritako andreo. Hamaliky gny ezy ho mazava eo agnoloan'ereo Zaho, sady hanao gny toeran'gny
meloky ho mary. Reho raha reho hahiko, sady sy hanenga andreo Zaho.[17]Hihery ereo, dra ho afa-baraka tateraky,
reo ze matoky gny sarin-draha voasokisy, ze mizaka gny sarin-draha narendriky tamin'gny vy ho: "Handrareo
gny zagnaharinay."[18]Mitenoa, handrareo ry maregny; dra magnitia, handrareo poaky, so hahita. [19]Ia gny poaky fe
panopoko? Na maregny manahaky gny panday hafasy nirahiko? Ia gny poaky manahaky gny sakezam-
pagnekeko, na maregny manahaky gny panopon'i Yaveh?[20]Maro gny raha hitandrareo, fe sy takasindrareo;
manongila-sofy, fe sy misy mahare. [21]Nahafaly an'i Yaveh gny misiriry gny fahamarignany vo gny magnome
voninahisy gny lalagnany.[22]Fe tihoky dra vahoaky nangala vo voaroba; voafandriky agny amin'gny lavaky aby
ereo, nitana ho babo tao am-ponza; fa nazary voaroba ereo dra sy misy ndre ia ndre ia hagnavosy anazy, dra
misy mizaka ho: " Aheregno ereo!"[23]Ia amindrareo reo gny hiteno anizeho? Ia gny hiteno sady hahare amin'gny
ho avy?[24] Ia gny nagnome an'i Jakoba ho an'ireo malaso, vo gny Israely ho amin'gny pandroba? Sa ra zeho sy i
Yaveh, ze fa nanotasika, ze nilavin'ereo andehan gny lalany, vo ze nilavin'ereo harahy gny lalagnany?[25]Noho zeho
dra nararakiny tamin'ereo gny firehetan'gny hahoriany, mbamin'gny fandravan'gny aly. Niredareda nagnodidy
andreo zeho, fe sy nahafatasy zeho ereo; dra nagnoro andreo zeho, fe sy nirambesin'ereo am-po zeho.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 43

[1]Fa androany dra zeho gny zakan'i Yaveh, Izy ze namoro aniha, ry Jakoba, vo Izy ze nagnamboasy aniha, ry Israel:
" Ka matahosy, fa nagnavosy aniha Zaho; fa nitok aniha Zaho, Anahy hanao."[2]No mandeha mamakivaky gny rano
handrareo, dra ho eo amindrareo Zaho; vo amin'ireo renirano, dra sy hanafosy andrareo regny. Nofa mandeha
mamakivaky gny afo handrareo dra sy ho ma, dra sy handrava andrareo gny lelafo. [3]Fa zaho gny Yaveh
Zagnaharindrareo, gny Raiky Masin'Israely, Pamonzindrareo. Nomeko hanahaky gny vilim-pagnavotandrareo i
Egypta, i Etiopia vo i Seba ho fifindrareo.[4]Fa sarobidy sady miavaky eo amasoko handrareo, tiako handrareo;
noho zeho dra hagnome olo ho fifindrareo Zaho, vo vahoaky hafa ho fifin'gny aindrareo. [5]Ka matahosy, fa miahy
andrareo Zaho; handay gny taranakindrareo boaky agny asinagna Zahp, sady hamory andrareo boaky agny
andrefa.[6]Hizaka amin'gny avarasy Zaho ho: 'Afaho ereo' , vo amin'gny asimo ho: 'Ka misy tana;' Andeso agny
lavisy reo zanako lelahy, vo zanako apela lat'agny amin'ireo faritany lavisy gny tany,[7] gny kiraikiraiky ze nitokavy
tamin'gny Agnarako, ze nihariako ho an'gny voninahisiko, ze namboariko, eka ze nahiko.[8]Aboaho reo olo ze
poaky, ndre dra mana-maso aza ereo, vo reo maregny, ndre dra manan-sofy aza ereo. [9]Miaraky mivory gny
firenen'aby, sady mivory gny vahoaky. Ia amin'ereo gny afaky nagnambara anizeho vo nagnambara taminay reo
tranga teo aloha? Aoky ereo handay gny vavolombelony so hagnaporofo mary andreo, aoky ereo hiteno sady
hagnamafy ho: 'Mary zeho.'[10]Magnambara i Yaveh ho: 'Handrareo gny vavolombeloko, vo panopoko ze nifiliko,
dra tokony hahafatasy sady hino Anahy handrareo, vo hahatakasy fa Zaho gny IZy. Sy nisy zagnahary voaforo
talohako, dra sy hisy afarako ao. [11]Zaho, Zaho gny Yaveh, dra sy misy Pamonzy ankoasy Anahy.[12]Fa nagnambara
Zaho, namonzy, dra nagambara am-pahibemaso, dra sy misy zagnaharin-kafa amindrareo eo. Handrareo gny
vavolombeloko," ho i Yaveh, " Zaho gny Zagnahary. [13]Hatramin'iho andro iho dra Zaho gny Izy, dra sy misy afaky
magnavosy an'ia na ia eo tagnako. Miasa Zaho, vo ia gny afaky hamaliky anizeho?"[14]Zeho gny zakan'i Yaveh,
Pagnavosy andrareo, gny Raiky Masin'Israely. "Fa noho gny amindrareo gny handefasako agny Babylona vo
hitarihako andreo aby hizoso manahaky gny pielfa, hamaliha gny fanehian'ireo Babylona hafalia ho hiram-
pitomagnia. [15]Zaho gny Yaveh, gny Raiky Masindrareo, Pamoro an'i Israely, Pazakandrareo."[16]Zeho gny Zakan'i
Yaveh( zay nanokasy lala namakivaky gny ranomasy vo lala teo amin'gny rano mahery, [17]ze namoaky gny kalesy
vo gny sovaly, gny tafiky vo gny miaramila mahery. Nindray lavo ereo; sy hisanga sasy ereo; maty ereo,
misilopilopy manahaky gny lahin-ziro.)[18]" Ka mieriserisy mahakasiky regny raha taloha regny, na mahasiaro reho
raha taloha fa ela. [19]Ingo, Zaho fa manao raha vaovao; fa hanomboky miseho zeho amizao; sy mahalala anizeho
se handrareo? Hanao lala agny an-tany efisy vo rian-drano agny an-tany karakay Zaho.[20]Hagnome voninahisy
Anahy gny bibidia an-saha, reo amboadia vo reo ostritsa, akory magnome rano an-tany karakay Zaho, vo
renirano agny an-tany efisy, so hinomin'gny vahoaky voafiliko, [21]reo vahoaky ze nivolavolako ho Anahay avo,
famety hitatara gny fisiriria Anahy ereo.[22]Fa sy hitoka Anahy hanao, ry Jakoba; rokaky gny Aminahy hanao, ry
Israely. [23]Sy bo nanday tamin'ireo agnondrindrareo ho fagnatisy oroa ho Anahy handrareo, na nagnome
voninahisy Anahy tamin'ireo sorondrareo. Sy nagnavesasy andrareo tamin'gny fagnatisy vary Zaho, na
nandrokaky andrareo tamin'gny fangataha ditin-kazo magnisy.[24]Sy nivily veromagnisy ho Anahy tamin'gny vola
handrareo, nandraraky Taminahy gny zaboran'ireo sorondrareo; fa nagnavesasy Anahy tamin'gny fahotandrareo
handrareo, nandrokaky Anahy tamin'ireo asa rasindrareo.[25]Zaho, eka, Zaho, Gny mamono gny fandikan-
dalandrareo noho gny Aminahy avo; dra sy hahasiaro gny fahotandrareo sasy Zaho. [26]Apasiahivo Anahy ze
nitranga. Aoky sika hiaraky hifandahasy; asehoy gny hevisindrareo, fa vasa ho voaporofo ho sy manan-signy
handrareo.[27]Nanota gny randrareo volohany, dra nikomy taminahy reo loholondrareo. [28]Noho zeho dra
holotoviko reo manam-pahefa masy; hanao an'i Jakoba ho ripaky tateraky Zaho, vo i Israely amin'gny fangalam-
baraka mahery setra."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 44

[1]Mitenoa amizao, ry Jakoba panopoko, vo ry Israely, ze nifiliko: [2]Zeho gny zakan'i Yaveh, Izy ze nanao aniha sady
namolavola aniha tao am-bohoky sady ze hamonzy aniha ho: "Ka matahosy, ry Jakoba panopoko; vo hanao, ry
Jesorona, ze nifiliko.[3]Fa handasaky rano amin'gny tany mangetana, vo rian-doharano amin'gny tany maiky Zaho;
handasaky gny Fagnahiko amin'gny zanakiniha Zaho, dra ho amin'ireo zanakiniha gny fitahiako. [4]Hisimoky eo
amin'gny ahisy, manahaky gny hazomalahelo eo agnilan'gny rian-drano ereo.[5]Gny raiky hizaka ho: 'An'i Yaveh
zaho', vo gny hafa hitoka fatrasy gny agnaran'i Jakoba, vo gny hafa hanorasy eo amin'gny tagnany ho: 'An'i Yaveh',
dra hitoka gny vatany amin'gny agnaran'i Israely."[6]Zeho gny zakan'i Yaveh--- gny Pazakan'gny israely vo
Pagnavosy anazy, dra Yaveh Tompon'gny maro: " Zaho gny volohany, sady Zaho gny farany; dra sy misy
Zagnahary laha sy Zaho.[7]Ia gny manahaky Anahy? Aoky izy hizaka anizeho dra hagnazava Aminahy reo raha ze
nitranga hatramin'gny nagnorenako gny vahoakiko taloha, dra aoky ereo hagnambara reo raha ho avy.[8]Ka
matahosy na miahiahy. Sa ra Zaho sy fa nagnamabara tamindrareo tagny aloha tagny , dra nizaka anizeho?
Vavolombeloko handrareo: Sa ra misy Zagnahary laha sy Zaho? Sy misy Vatolapy hafa; sy mahafatasy ndre raiky
aza Zaho."[9]Gny iaby ze mamboasy sapy dra sinosino; raha fahatany reo raha ankasitrahany; gny
vavolombelon'ereo dra mahita na mahay ndre ino ndre ino, dra halaim-baraka ereo. [10]Ia gny hamolavola
zagnahary na hagnamboasy sapy zay raha fahatany?[11]Ingo, gny piara-miasa aminazy aby dra halaim-baraka aby;
reo panao asa tagna dra olo avo koa. Aoky ereo hiara-hizoro; hatahosy ereo dra halaim-baraka.[12]Gny panefy dra
miasa amin'ireo fitovany, mamolavola anizeho, miasa amin'gny arigny. Mamolavoa anizeho amin'gny tantana
sady miasa anizeho amin'gny sandriny mahery izy. Resy izy, dra mihe gny tanzany, sy mino rano izy dra manzary
rokaky.[13]Mandrefy gny hazo amin'gny fisipiha gny pandrafisy, sady misokisy anizeho amin'gny fandraka.
Mamolavola amin'ireo fitovany izy dra magnamriky anizeho amin'gny kompa. Mamolavola anizeho hanahaky
gny tarehin'olo izy, manahaky gny olombelo maninto, so hitoboky ao an-tragno zeho.[14]Manapaky sedera izy, na
mifily hazon-kypreso na hazo terebinta. Mangalaky hazo agny an'ala ho anazy izy. Mamboly kesiky izy dra
mapisiry anizeho gny ora.[15]Dra apesan'gny olo hapireheta afo vo hamindroa zeho. Eka, mandrehisy afo izy dra
manao mofo. Dra manao zagnahary amin'izeho izy dra miankohoky amin'izeho; manao sapy izy dra miankohoky
amin'izeho. [16]Magnoro gny sasany amin'gny hazo hapireheta afo izy, mitono gny henany amin'izeho. Mihina izy
dra afa-po. Mamindro izy dra manao ho: "Aha, mafana zaho, fa nahita afo zaho."[17]Amin'gny hazo sisa tavela gny
agnamboarany zagnahary, gny sariny voasikotry miankohoky eo amin'izeho izy sady magnaza anizeho, dra
mivavaky amin'izeho manao ho: "Avoty zaho, fa hanao gny zagnahariko."[18]Sy mahafatasy, na mahatakasy ereo, fa
poaky gny mason'ereo dra sy mahita, sady sy mahay gny fon'ereo.[19]Sy misy mihevisy, na mahazo ereo dra manao
ho: "Fa nagnoro gny sasany tamin'gny hazo tao agnatin'gny afo zaho; eka, fa nanao mofo teo ambonin'gny arigny
avo koa zaho. Fa nitono hena teo amin'gny arigny zaho dra nihina. Amizao, tokony hanao raha mapadikidiky
amin'gny hazo hafa sasany so ho tompoy se zaho? Tokony hiankohoky amin'gny vatan-kazo se zaho?"[20]Manahaky
gny ho mihina lavenoky izy; mapivio anazy gny fony voafitaky. Sy afa-mamonzy gny vatany izy, na manao ho izy:
"Tihoky raha an-tagnako havagna eto tihoky dra zagnahary sy izy."[21]Hevero gny mahakasiky reho raha reho, ry
Jakoba, vo ry Israely, fa panopoko hanao: fa namolavola aniha Zaho; panopoko hanao: ry Israely, sy ho alignoko
hanao. [22]Novonoko, manahaky gny raho matevy, reo asa fikomianiha, vo manahaky gny raho, reo fahotaniha, vo
manahaky gny raho, reo fahotaniha; miheregna Aminahy, fa nagnavosy aniha Zaho.[23]Miansa, handrareo ry
lagnisy, fa Yaveh gny nanao anizeho; mikiaha, handrareo ry halalikin'gny tany. Mihobia amin'gny fihira,
handrareo ry tendrombohisy, hanao ry ala mbamin'gny hazo iaby ao; fa navotan'i Yaveh i Jakoba, dra hahita gny
voninahisiny ao Israely.[24]Zeho gny zakan'i Yaveh, Pagnavosy aniha, Izy ze namolavola aniha hatrao am-bohoky:
"Zaho gny Yaveh, ze nanao gny raha aby, ze Zaho raiky gny nagnenza gny lagnisy , ze Zaho raiky gny
nagnamboasy gny tany. [25]Zaho ze magnafoa gny famataran'ireo pizakazaka fahatany vo ze magnala-baraka reo ze
mamaky famatara; Zaho ze mandrava gny fahendren'gny hendry vo manao gny torohevis'ereo ho hamola.[26]Zaho,
Yaveh, ze magnafatrasy reo zakan'gny panoponu sady mapandalo reo faminanian'ireo iraky , ze mizaka amin'i
Jerosalema ho: 'Honegna izy', vo an'ireo renivohis'i Joda ho: 'Hasanga ndraiky ereo, gra hapiary gny faharavany
Zaho'; [27]ze mizaka amin'gny ranomasy laliky ho: 'Aoky ho risy, dra ho risaiko reo oniniha.'[28]Yaveh gny ze mizaka
an'i Kyrosy ho: 'Izy gny piaraky agnondriko, hanao gny fagniriako aby Izy, handily gny amin'i Jerosalema Isy ho:
'Hasanga ndraiky izy' vo amin'gny tepoly ho: 'Aoky haory reo fotosiniha.'"

## Chapter 45

[1]Zeho gny zakan'i Yaveh amin'gny voahosony, amin'i Kyrosy, ze tanako amin'gny tagnany akavagna, so haharesy
reo firene eo agnatrehany, so hapilavo lefo gny pazaka, vo so hanokasy gny vatrangara eo agnoloany, so hizano
hisokasy reo vavahady.[2]" Handeha eo agnoloaniha zaho dra hapahisy reo tendrombohisy; ho tapatapahiko reo
vatrangara saba vo ho potepotehiko reo bara vy, [3]vo homeko aniha reo haren'gny ezy vo gny harena nivony, so
hahafataraniha fa Zaho, Yaveh, gny mitoka aniha amin'gny agnaraniha, dra Zaho, gny Zagnaharin'Israely.[4]Noho
gny amin'i Jakoba panopoko, vo Israely voafiliko, dra nitoka aniha tamin'gny agnaraniha Zaho: nagnome aniha
agnaram-boninahisy, ndre dra sy nahafatasy Anahy aza hanao. [5]Zaho gny Yaveh, sady sy misy hafa; sy misy
Zagnahary ankoasy Anahy. Zaho gny apisiky aniha ho amin'gny aly, Ndre dra sy nahafatasy Anahy aza hanao; [6]so
hahafataran'gny olo hatragnu amin'gny fiposahan'gny masoandro, ka hatragny andrefa, fa sy misy zagnahary
ankoasy Anahy: Zaho gny Yaveh, dra sy misy hafa.[7]Zaho gny nanao gny mazava sady nahary gny ezy; Zaho gny
manday fiadagna sady mahavy loza; Zaho gny Yaveh, ze manao zeho raha iaby zeho. [8]Handrareo ry lagnisy, aoky
hanora lat'agny ambony! Aoky gny habkabaky hanora fahamarigna. Aoky gny tany hitroka anizeho, so hisimoky
mindray amin'izeho gny famonze, sady hindray hisiry amin'izeho gny fahamarigna. Zaho, Yaveh, gny nahary
andreo.[9]Loza ho an'ize iaby mialy amin'ize nanao anazy, amin'ize manahaky gny vilagny tany eo agnivon'ireo
vilagny tany hafa eo amin'gny tany avo! Sa ra gny tanimanga bo hizaka amin'gny panefy tanimanga ho: 'Ino
amboariniha tahoky?' na 'Sy mahafehy anizeho gny asaniha'?[10]Loza ho an'ize mizaka amin'gny raiky ho: 'Ino
aterakiniha tihoky?' na amy apela ho: 'Ino aboakiniha tihoky?'[11]Zeho gny zakan'i Yaveh, gny Raiky Masin'Israely,
Pahary anazy: 'Nagnino hanao gny nametra-pagnotania gny amin'ize ahiko ho an'gny zanako? Mizaka aminahy
ze tokony hahiko mahakasiky reo asan'gny tagnako se hanao?[12]'Zaho gny nanao gny tany dra nahary gny olo teo
amin'izeho. Gny tagnako gny namelasy gny lagnisy, vo Zaho gny nandily gny vasia aby so hipoisy.[13]Zaho gny
nagnatena an'i Kyrosy tamin'gny fahamarigna, vo Zaho gny hanalama gny lalany aby. Izy gny hananga gny
tanako; izy gny hapoly reo oloko sesitany, dra sy misy viliny na kolikoly," ho i Yaveh tompon'gny maro.[14]Zeho gny
zakan'i Yaveh: "Gny fidiram-bolan'i Egypta vo gny etam-baros'i Etiopia mbamin'ireo Sabeana, ze olo lava
ranzagna, dra ho andesy eo aminiha. Ho aniha reo. Hagnaraky aniha regny, handeha mindray amin'gny gadra vy.
Hiankohoky eo aminiha regny dra hifona aminiha hanao ho: 'Mindray aminiha vatany Zagnahary, dra sy misy
hafa ankoasy Anazy."' [15]Mary vatany fa Hanao gny Zagnahary zay magnavony gny vataniha, ry
Zagnaharin'Israely, Pamonzy.[16]HIndray megnasy vo ho afa-baraka aby regny; reo ze manao sapy voasokisy dra
handeha amin'gny fahafaham-baraka. [17]Fa ho avotan'i Yaveh amin'gny famonze mandrakizay Israely; sy ho
megnasy na ho efa-baraka sasy hanao.[18]Zeho gny zakan'i Yaveh, ze nahary gny lagnisy, zay Zagnahary mary ze
nahary gny tany sady nanao anizehp., ze nagnory anizeho. Izy gny nahary anizeho, sy manahaky gny fakofako, fa
nahiny so ho azo hitoboha: "Zaho gny Yaveh, sady sy misy hafa.[19]Sy nizaka mangingiky, tagny amin'gny toera
mivony Zaho; sy bo nizaka tamin'gny taranak'i Jakoba Zaho ho: 'Taliavo fahatany Zaho!' Zaho gny Yaveh, ze
mizaka mary; raha mary gny ambarako.[20]Vorio gny vatandrareo dra avia! Miarah-mivory, handrareo pilefa-
ponenga lat'agny amin'ireo firene! sy bo manam-pahalala, ereo ze manday sary sady mivavaky amin'gny
zagnahary ze sy afa-mamonzy.[21]Magnakekeza dra ambarao aminahy zeho, andeso gny porofo! Aoky ereo hindray
hikononkono. Ia gny napiseho zeho fatry gny ela? Ia gny nitory anizeho? Sy Zaho Yaveh se? Sy misy Zagnahary
laha sy Zaho, dra Zagnahary mary sady Pamozny; sy misy hafa ankoasy anahy.[22]Miheregna aminahy dra aoky ho
voavonzy , ry faran'gny tany aby; fa Zaho gny Zagnahary dra sy misy ankoasy Anahy. [23]Mifata amin'gny vatako
Zaho, mizaka gny lalagna mariko, dra sy hihemosy anizeho: 'Aminahy gny hitolefiky gny pokopoko aby, vo hifata
gny lela aby.[24]Hizaka gny Aminahy ereo ho: "Ao amin'i Yaveh raiky avo gny famonze vo gny hery."'" Ho megnasy
aby ereo ze ory aminazy. [25]Ao amin'i Yaveh gny hagnamarigna gny taranak'Israely aby; ao aminazy gny
hireharehan'ereo.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 46

[1]Miankohoky i Bela, mitagnondriky i Nebo; reo sapin'ereo dra andesin'gny biby fiteza vo biby folahy. Reo sapy ze
andesindrareo reo dra eta-mavesatry ho an'gny biby rokaky. [2]Mindray miondriky ereo, mindray mandohaliky;
dra sy mahavonzy gny etany, vo ereo dra fa nazary babo.[3]Tenoy zaho, ry taranak'i Jakoba, ry taranak'Israely sisa
aby, ze fa nandesiko, ze nadesiko, mialoham'gny fahaterahandrareo, fa nibabeko hatrany am-bohoky. [4]Eka ndre
dra amin'gny taom-pahatenrandrareo aza, dra sy miova Zaho, mandra-paha fosy gny volondrareo dra handay
andrareo Zaho. Nahary andrareo Zaho dra hitrotro andrareo; handay andrareo Zaho dra hagnavosy andrareo.
[5]Amin'ia gny hapitahandrareo Anahy? Ia gny heverindrareo fa mitovy aminahy, dra azo apitahay zahay?
[6]Nandraraky volamena lat'ao agnaty kitapo gny vahoaky sady nandanza anizeho teo amin'gny
mizana.Magnakarama panefy vy ereo, dra magnamboasy anizeho ho zagnahary izy, miankohoky sady manopo
anizeho ereo.[7]Mapiakasy anizeho eo an-sorony ereo dra manday anizeho, mametraky anizeho eo amin'gny
toerany ereo, mizoro eo amin'gny toeranyzeho dra sy mihesiky eo. Mitaray amin'izeho ereo, fe sy afaky mamaly
na mamonzy ndre ia ndre ia amin'gny lozany zeho.[8]Hevero gny mahakasiky reo raha reo; ka sinosinoavy reo, ry
pikomy! [9]Hevero gny mahakasiky reo raha reo vo sy ela, reotamin'gny fotoan-dasa, fa Zaho gny Zagnahary, dra sy
misy hafa, Zaho gny Zagnahary, dra sy misy ndre ia ndre ia mitovy aminahy.[10]Ambarako agny am-piandoha gny
fiafara, dra mialohan'izeho mbo sy niseho; Zaho manao ho: "Ho tateraky gny fikasako, dra hanao araky ze
fagniriako Zaho." [11]Tokaviko lat'agny asinagna gny voro piremby, vo gny olo voafiliko lat'agny amin'gny tany
lavisy; eka, fa nizakako; dra ho taterahiko; fa natolosiko, dra hahiko avo koa zeho.[12]Mitenoa Anahy, handrareo ry
vahoaky mafy hatoky, ze lavisy gny fanaova gny mahisy. [13]Mapagnariny gny fahamarinako Zaho; sy lavisy zeho,
dra sy mandigny gny famonzeko; dra hagnome gny famonze ho an'i Ziona vo gny hasarako ho an'i Israely Zaho.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 47

[1]Mizosoa dra mitoboha eo amin'gny botany, ry zanaky vavy virizin'i Babylona; mitoboha eo amin'gny tany sy misy
fiandriana, ry zanaky vavin'gny Kaldeana. Sy ho tokavy ho kanto vo marefo sasy handrareo. [2]Rambeso gny
fikosoham-bary dra mandisana vary; alao gny voalindrareo, alao gny akazo lavandrareo, aboridagni gny
tombondrareo, dra miapita gny renirano.[3]Hiseho gny fitanzahandrareo, eka, gny hegnasindrareo dra ho hita:
hamaly faty Zaho dra sy hamindra fo amin'olo.[4] Gny Pagnavosy asika, Yaveh tompon'gny maro gny agnarany, gny
Raiky Masin'Israely. [5]Mitoboha amin'gny mangiky dra mandehana agny amin'gny mezy, ry zanaky vavin'gny
Kadeana; fa handrareo dra sy ho tokavy ho andriam-bavin'gny fanzaka sasy.[6]Ory amin'gny vahoakiko Zaho;
nandoto gny lovako Zaho sady nagnome reo ho eo an-tagnandrareo, fe sy naneho fiantra tamin'ereo handrareo;
nametraky zioga mavesasy tamin'gny antisy handrareo. [7]Ho handrareo ho: "Hanapaky mandrakizay manahaky
gny fiandrianan'gny andriambavy zaho." Sy nandramby reo raha reo tamin'gny fo handrareo, na nohevisy ze ho
fivalihany.[8]Koa tenoy zao amizao, handrareo ze tia fahafinareta vo mitoboky am-pilamina; handrareo ze manao
anakam-po ho: "Misy zaho, dra sy misy manahaky anahy; sy ho mananom-bata mihisy zaho, na hiay gny
fahaverezan-zanaky mihisy."[9] Fa tahoky raha ro tahoky dra ho avy tapoky amindrareo ao agnatin'gny raiky
andro: ho avy amindrareo amin'gny fahafenoan-kery gny fahaverezan-zanaky vo gny sy fanagnam-baly sasy,
ndre dra eo aza gny famosaviandrareo vo reo fandraikiraikindrareo vo reo aolindrareo.[10]Nahatoky gny
faharasiandrareo handrareo; ho handrareo ho: "Sy misy mahita anahy"; gny fahendrendrareo vo gny
fahaizandrareo gny mitariky andrareo agny amin'gny lalan-diso, fa ho handrareo manao am-po ho: "Misy zaho
sady sy misy ndre ia ndre ia mitovy aminahy." [11]Handresy andrareo gny loza; sy hahavita handroaky anizeho
handrareo vo gny fandraikiraikindrareo. Ho ao amindrareo gny fahapoteha; sy hahavita hamafa anizeho
handrareo. Hizera tapoky andrareo gny loza, mialohan'gny hahafatarandrareo zeho.[12]Mahareta amin'gny
fanaovandrareo fagnozona vo gny famosaviandrareo ze nahindrareo sianzery tamim-pahatokia hatramin'gny
fahazazandrareo; mety hahomby handrareo, mety hatahosy loza handrareo. [13]Rokaky handrareo nohon'gny
fangalan-kevisy; aoky hizoro reo olo reo dra hiaro andrareo_reo ze miandrandra gny lagnisy sady magnety gny
vasia, reoze magnambara vola vaovao_aoky ereo hamonzy andrareo amin'ize hoseho amindrareo.[14]Ingo, hazary
mololo ereo. Hagnoro andreo gny afo. Sy hahavonzy gny ainy eo an-tagnan'gny lelan'efo ereo. Sy hisy bain'afo
hagnafanaandreo sady sy hitoboku agnilan'gny afo ereo! [15]Zeho gny fa nahavy andreo ho amindrareo, reo ze fa
niara-niasa tamindrareo, say niara-nivily vo iara-nivarosy tamindrareo fony tanora handrareo, vo izy aby dra bo
manao gny hamolany avo; dra nofa mitoka vonzy handrareo, dra sy hisy ndre ia ndre ia afaky hamonzy
andrareo."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 48

1Mitenoa zao, ry taranak'i Jakoba, ze nitokavy tamin'gny agnaran'gny Israely, vo ze boaky tamin'gny ranon'ain'i
Joda, hanao ze mifata amin'gny agnaran'i Yaveh sady mangataky gny Zagnahary gny Israely, fe sy tamin-kisipo na
fomba mary. 2Fa mitoka gny vatany gny vahoakin'gny tana masy ereo sady matoky an'Agnahry gny Israely. Yaveh
Tompon'gny maro gny agnarany.3" Fa voazakako gny raha tamin'gny taloha; naloaky gny vavako ereo, sady
napallaza andreo Zaho; Dra tapoky gny nanaovako andreo sady avy bo andalo ereo. 4Akory nahafatasy Zaho fa
be-dia-doha hanao, gny hozasy gny hatokiniha dra manahaky gny vy, vo gny handriniha dra manahaky gny saba.
Ko dra nambarako taminiha mialoha zeho raha zeho, 5mialohan'gny isehoan'izeho dra fa nizaka aniha Zaho, dra
sy tokony hizaka hanaoho: 'gny sapiko gny fa nanao andreo,' na 'gny sari-sokiso vo sarin-drahako an'idina gny
nandily zeho raha zeho.'6Fa nahare anizeho raha zeho hanao; atio gny porofon'izeho raha zeho, vo hanao, sy
hagneky se hanao fa zay voazakako dra mary? Manomboky zao, mapiseho aniha raha vaovao Zaho, raha mivony
ze sy bo fataniha. 7Vo zao, dra sy tamin'gny teo aloha, akory avy ereo, vo gny talohan'gny androany dra sy bo
nahare gny mahakasiky andreo hanao, dra sy afaky gny hizaka hanao ho, 'eka, zaho mahafatasy andreo.'8Sy bo
nahare mihisy hanao; sy nahay hanao; zeho raha zeho dra sy nahy ho an'gny sofiniha mialoha. Fa fataniha fa
hanao dra tena pamitaky,sady fa pikomy hatragny an-troky.9Fa nohon'gny agnarako dra leferiko gny hahoriako,
vo nohon'gny voninahisiko gny hisalsalako gny amin'gny fandrava aniha.10 Ingo, voalioko hanao, fe sy manahaky
gny volafosy; fa nagnadio aniha tao amin'gny lafaoron'gny fahoria Zaho. 11Nohon'gny vatako, eka nohon'gny
vatako gny hanaovako anizeho; fa akory gny anengako gny agnarako ho fahafaham-baraka? Sy homeko olon-kafa
gny voninahisiko.12Mitenoa anahy, ry Jakoba, vo ry Israely, ze nitokaviko: Zeho gny izy; Zaho gny volohany, vo
Zaho avo koa gny farany. 13Eka, gny tanako mametraky gny fagnorena eo amin'gny tany, vo gny tagnan'gny olo
mary hovelary amin'gny lagnisy; Nofa mitoka andreo Zaho, dra mindray misanga ereo.14Mivoria handrareo,
handrareo iaby, dra mitenoa! Ia teo amindrareo gny fa nagnambara anizeho raha zeho? Ze tian'i Yaveh gny
hagnataterako gny tanzony hanohisy an'i Babylona. Hagnatateraky ze tian'i Yaveh hanohera reo Kaldeana. 15Zaho,
fa nizaka zaho, eka, fa napitoka anazy Zaho, fa nanday anazy Zaho, dra hahomby izy.16Mandehana akekiko eto,
mitenoa zeho: Hatragny am-piandoha gny fa sy nizakako tamin'gny mangingiky; nofa miseho zeho, dra eto Zaho."
Amizao Yaveh Tompon'gny maro gny nagniraky anahy, vo gny Fagnahiny.17Zeho gny nambaran'i Yaveh,
pagnavosy aniha, gny Toka Masin'gny Israely: "Zaho gny Yaveh Zagnahariniha, ze mapianasy aniha hahomby, ze
mitariky aniha amin'gny lala ze tokony andehananiha. 18No ba fa nagneky gny liliko hanao! Dra fiadananiha vo
gny fagnambinaniha gny hikoria sahala gny ony, vo gny famonzeniha dra sahala reo onzan-dranomasy.19Sy ho
hita isa sahala gny fasiky reo taranakiniha, vo gny zanaky aloaky gny trokiniha hitovy isa sahala gny sombim-
pasiky; gny agnaran'ereo dra sy ho tapaky na ho foa boaky eo agnoloako.20Miboaha hiala agny Babylona! milefasa
reo Kaldeana! Ambarao amin'gny feo koraky zeho! Ahivo malaza zeho, aelezo hatragny am-paran'gny tany zeho!
Zakao ho: 'Fa nagnavosy an'i Jakoba panopony i Yaveh,'21Sy nangetahateha ereo no nandesiny tany an'efisy;
napikoria gny rano boaky tamin'gny vatolapy ho andreo izynapitresaky gny vatolapy izy, dra niboiboiky reo rano.
22 Sy misy fiadana ho an'gny rasy fagnahy-hoy Yaveh."



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 49

1Mitenoa anahy, hanao ry nosy! Androany hevero zaho, handrareo ry vahoaky alavisy. Fa nitokavin'i Yaveh
hatramin'gny nahaterahako tamin'gny agnarako zaho, nofa nanday anahy ho eto an-tany gny reniko. 2Nahiny
manahaky gny mesa maragnisy gny vavako; navoniny tao amin'gny alky gny tagnany zaho; nahiny sahala gny
zana-sipiky vaolangolango zaho, naganvoniany anahy.3Nizaka taminahy izy ho: "Hanao gny panopoko, Israely, ze
hanehoako gny voninahisiko." 4Fa namaly zaho ho: "No nihevisy zaho ho niasa tam-pikiriza, dra nandany gny
heriko tamin'gny raha fahatany zaho, fa ao amin'gny Yaveh gny rariny ze anahy, vo gny valin'gny asako dra ao
amin'Agnahariko.5Ndroany Yaveh dra mizaka _IZy gny namoro anahy hatramin'gny nahaterahako ho panopony,
so hapihery amin'gny laoniny ndraiky an'i Jakoba ho anazy vatany, dra hapitambasy gny Israely ho eo aminazy,
fa omem-boninahisy eo amason'i Yaveh zaho, dra nazary heriko gny Zagnahariko_ 6dra ho izy: "Raha keliky
aminiha ny ho panopoko ze hagnory ndraiky gny fokon'i Jakoba dra hapihery reo sisa sy maty amin'gny Israely.
Hanao ho fahazava aniha amin'gny Jentilisa Zaho, hanao ze mety ho famonzeko agny am-paran'gny tany."7Zeho
gny zakan'i Yaveh, pagnavosy gny Israely, gny Msiny Raiky, amin'gny raiky ze mana fiaigna voasinosino,
halan'ireo firene, sady andevon'gny pazaka hanao dra hisana, Dra hahita aniha reo andria dra hiankohoky, noho
i Yaveh ze mahatoky, ndre dra gny Raiky Masin'Israely, ze nifily aniha aza."8Zeho gny zakan'i Yaveh: "Amin'gny
fotoa ze hanapahako hevisy hanehoako gny fankasitrahako dra hamaly aniha Zaho, vo amin'gny andron'gny
famonze dra hagnapy aniha Zaho; hiairo aniha Zaho, sady hagnome aniha manahaky gny faneke ho an'gny
vahoaky, so hananga ndraiky gny tany, so hanendry ndraiky gny lova fa lao.9Hizaka amin'ireo gadra hanao ho:
'Magnatogna;' reo ze ao agnatin'gny tagno mezy ho: "Aseho gny vatandrareo". Hihina egny amin'ireo lala ereo, vo
reo hansagny mangadihady aby dra ho ahisy ho andreo.10Sy ho resy na hangetaheta; na hafana be na ho
zeran'gny masoandro ereo, fa Izy ze mana famindram-po amin'ereo gny hitariky andreo; hitata andreo ho agny
amin'ireo loharano izy.11 Dra hanao reo tendrombohisiko aby ho lalagny Zaho, sady hanao reo lalam-be
hisondrosy.12Ingo, ho avy lat'agny amin'gny alavisy ereo, gny sasany lat'agny amin'gny avarasy vo gny asinagna;
vo reo sasany lat'agny amin'gny tanin'gny Sinima. 13Mihira, ry lagnisy, dra mifalia, ry tany; mivakia amin'gny
fihira, handrareo ry tendrombohisy! Fa makahery gny olony Zagnahary, sady hana fangoraham-po amin'ireo ory.
14Fa i Ziona nizaka ho: 'Nahafo anahy Yaveh, dra nagnaligno anahy gny Tompo." 15Sa ra gny reny hahavit
ahagnaligno gny zanany, ze minono eo an-tratrany, dra sy hana fangoraham-po amin'gny zanadahiny ze
naterany? Eka, mety magnaligno izy, fa Zaho sy bo hagnaligno aniha.16Ingi, fa vitako tombo-kavase eo am-
pelatagnako gny agnaraniha, eo agnoloako avo gn fefiniha. 17Gny zanandrareo dra mandeha malaku afara oa, no
bo miala amihia reo ze pandripaky aniha. 18Atio gny magnodidy aniha dra magnete, mivory magnodidy aniha izy
aby dra magnato aniha. No bo miay vatany Zaho_ zeho gny fagnambaran'i Yaveh_ Hiakazo reo manahaky gny
firavaky vatany hanao, sady hitafy anazy reo manahaky gny apakary hanao.19Fa very sady lao hanao, tany ze
rava, amizao dra ho keliky loasy hanao amin'ireo ponina, vo reo ze nihina aniha dra hiala alavisy. 20Gny zaza ze
ho teraky mandrisy gny fotoan'gny alaheloniha dra hibisiky eo an-sofiniha ho: "Tery loasy ho anay gny toera,
manaova efisy ho anay, so ahafahanay mony eto."21Dra hagnotany vata hanao ho: "Ia gny niteraky tahoky zaza
tahoky ho anahy? Fa momba sady nalahelo zaho, sesitany sady nisaram-panambalia. Ia gny nananga tahoky
ankizy tahoky? Ingo, nenga raiky vatany zaho; lat'eza gny niavian'izeho?""22Zeho gny nizakan'i Yaveh Tompo ho:
"Ingo, hanandrasy gny tagnako amin'ireo firene Zaho, hanandrasy gny fagnevako amin'ireo vahoaky Zaho.
Handay reo zanadahiniha eo an-sandriny vo reo zanakapelaniha eo an-sororny ereo.23Gny pazaka gny ho ra
pamelo aniha, voreo panzakavaviny gny ho pifehy aniha; hiankohoky miaraky amin'gny tarehiny amin'gny tany
aminiha ereo dra hamafa gny botany eo an-tombokiniha; dra ho fataniha fa Zaho gny Yaveh; reoze nandigny
anahy dra sy ho megnasy."24Sa ra afaky alay amin'ireo pialy reo voasambosy? na reo baboho voavonzy amin'gny
fatrasy? 25Fa zeho gny zakan'i Yaveh: "Eka, hala amin'gny pialy reo babo, dra ho voavonzy reo voasambosy; fa
hanohisy reo fahavaloniha Zaho dra hagnavosy reo zanakiniha.26Hofahanako reo nofon'gny vatany reo papahory
aniha; dra ho mamon'gny lion'gny vatany ereo, manahaky gny ho raha divay zeho. Dra ho fatasin'gny olombelo
aby fa Zaho, Yaveh, gny Pamonzy sady Pagnavosy andrareo, gny Raiky Maherin'i Jakoba."



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 50

1 Zeho gny zakan'i Yaveh: "Eza gny fagnamarignam-pisaraha ze nisarahako tamin'gny renindrareo? Ia tamin'ireo
papisambosy Anahy gny nivarotako andrareo? Ingo, navily handrareo oho reo fahotandrareo,vo noho reo
fikomiandrareo, dra nalefa nandeha gny renindrareo. 2 Nagnino Zaho gny avy fe sy nisy olo tagny? Nagnino Zaho
gny nitoka fe sy nisy nalmaly? Sa fohiky loasy gny tagnako so hagnavosy andrareo? Sa ra sy nanan-kery Zaho so
hamonzy andrareo? Ingo, amin'gny fizakako fatrasy gny andritako gny ranomasy; hanao reo ony ho efisy Zaho;
matin'gny sy fisian-drano vo hetaheta gny hazan-dranony. 3 apitafiko ezy gny habakabaky, lamba fandala gny
agnarognako anizeho." 4 Gny Tompo Yaveh nagnome anahy lela manahaky reo ze fa napianary, so hizakako zaka
mapahery ho an'gny rokaky; mamoha anahy isaky maraindray Izy; mamoha gny sofiko so hiteno manahaky reo
napianary Izy. 5 Fa nanokasy gny sofiko Yaveh, ka dra sy bo nikomy zaho, na nihodiky nagnagny afara. 6 Nomeko ho
an'ireo ze nizera anahy gny lamosiko, vo gny tarehiko ho an'ireo ze nagnombosy gny volom-bavako; sy
nagnavony gny tarehiko tamin'ireo fihesiky mahamegnasy sady mapadikidiky zaho. 7 Fa gny Tompo Yaveh gny
hagnapy anahy; noho zeho dra sy ho afa-baraka zaho; koa dra fa nanao gny tarehiko ho afovato zaho, akory
fatako fa sy ala baraka zaho. 8 Izy ze hagnamary anahy dra akekiko eo. Ia gny hanohisy anahy? Ndao sika hisanga
dra hifagnatriky. Ia gny piapanga anahy? aoky izy hagnriny anahy. 9 Ingo, gny Tompo Yaveh gny hagnapy anahy.
Ia gn hagnameloky anahy? Ingo, izy aby reo ho driasy manahaky gny akazo, gny kalalao gny hihina andreo. 10 IA
amindrareo gny matahosy an'i Yaveh? Ia gny magneky gny feon'gny panopony? Ia gny mandeha amin'gny ezy
laliky sy misy fagnilo? Tokony hatoky amin'gny agnaran'i Yaveh izy dra hiantehisy amin'Agnahariny. 11 Ingo,
handrareo aby ze mandrehisy afo; ze mivasy fagnilo; mandehana amin'gny hazavan'gny afondrarao vo amin'gny
afo ze fa narehisindrareo. Zeho gny fa nirambesindrareo boaky aminahy, dra handriandrareo egny amin'gny
toeran'gny fanhararia.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 51

[1]Mitenoa Anahy, handrareo ze magnaraky gny fahamarigna, handrareo ze mitalia an'i Yaveh: atio gny vatolapy ze
nangala andrareo vo gny fahaliam-bato ze nangala andrareo.[2]Atio Abrahama, randrareo, vo Sarha, ze niteraky
andrareo; fa tamy bo toka izy; dra nitoka anazy Zaho. Nitahy anazy Zaho sady nahamaro anazy.[3]Eka, Yaveh gny
hapiegny an'i Ziona; hapiegny reo toerany banga IZy; gny tany efisiny nahiny manahaky an'i Edena, gny tany
karakainy eo agnilan'gny Ony Lohasahan'i Jordana hanahaky gny zaridain'i Yaveh; faharavoravoa vo fifalia gny
hiata aminazy ao, fisora, vo feon'gny fihira.[4]" Mifatoha aminahy, ry vahoakiko; dra mitenoa Anahy ry vahoakiko!
Fa hamoaky lily Zaho, dra hahiko ho fahazava ho an'gny firene aby gny fahamarignako. [5]Mariny gny
fahamarignako; hiboaky gny famonzeko, vo gny sandriko gny hisara reo firene; reo tany amoron-siraky dra
hiamby Anahy; fa gny sandriko gny ambenan'ereo fatrasy.[6]Andrandrao egny amin'gny lagnisy gny masondrareo,
dra atio gny tany ambany, fa holevo manahaky gny setroky gny lagnisy, gny tany ho vorisy manahaky gny akazo,
vo gny ponina eo amin'izeho ho faty manahaky gny lalisy. Fa gny famonzeko dra haharisy mandrakizay, vo gny
fahamarignako dra sy hizano hiasa.[7]Mitenoa Anahy, handrareo ze mahay gny mary, handrareo vahoaky ze mana
gny lalako ao am-pondrareo; "Ka matahosy gny fagnarasian'gny olo na kivy amin'gny fagnararaotany. [8]Fa gny
kalalao hihina andreo manahaky gny akazo, vo gny kankana hihina andreo manahaky gny volon'agnondry; fa ho
mandrakizay gny fahamarignako, dr ho an'gny taranaky aby gny famonzeko."[9]MIfohaza, mifohaza, tafio hery gny
vatandrareo, dra gny sandrin'i Yaveh. Mifohaza manahaky gny tamin'gny andro taloha, gny taranaky tamin'gny
fotoa taloha. Sy hanao se gny nagnisakisaky an-dRahaba, hanao ze nandefo gny dragnona? [10]Sy Hanao se gny
nandrisy gny ranomasy, gny ranon'gny laliky vatany, vo manao gny fagnambanian'gny ranomasy ho lalam-
pamonze so handalova?[11]Gny navotan'i Yaveh dra hihery dra hagnagny Ziona amin'gny korakim-piravoravoa vo
am-piafalia mandrakizay ao amin'gny lohan'ereo; vo gnyfifalia vo faharavoravoa hameno andreo, dra hilefa
andreo gny alahelo vo gny fandala.[12]" Zaho dra Zaho gny mapiegny aniha. Ino gny hatahoraniha gny olo, ze ho
faty, gny zanak'olombelo ze nahy manahaky gny ahisy?[13]Nagnino gny nagnaligno an'i Yaveh ze pahary aniha
hanao, ze naninzisy gny lagnisy sady nametraky gny fagnambanian'gny tany? Miay amin'gny tahosy lalandava
hanao isan'andro nohon'gny firehetan'gny hahorian'gny papahory no tapa-kevisy gny handripaky izy. Eza gny
hahorian'gny papahory?[14]Ze mitanondriky, ho avy malaky hagnafaky i Yaveh; sy ho faty sady sy handeha hizoso
agny an-davaky, na sy hana mofo izy. [15]Fa Zaho gny Yaveh Zagnahariniha, ze mapagnonza gny ranomasy so
harierosy gny onzan'izeho_ Yaveh Tompon'gny maro gny Agnarany.[16]FA nametraky teo am-bavaniha reo zakako,
dra nisafosy aniha tao amin'gny aloky gny tagnako Zaho, so hahafahako magnory gny lagnisy, vo mametraky gny
fagnambanian'gny tany, dra hizaka amin'gny Ziona ho: 'Vahoakiko hanao.'"[17]fohaza, mifohaza, misangana, ry
jerosalema, hanao ze fa nino tamin'gny tagnan'i Yaveh boaky tamin'gny lasetin'gny hahoriany; hanao ze fa nino
tamin'gny lasety, hatregny amin'gny faikany ambany amin'gny kapoakin'gny fivembegna. [18]Sy misy tamin'ireo
zanadahiny aby ze naterany bo hitariky anazy; sy misy tamin'ireo zanadahiny ze nasangany bo hitanta anazy.
[19]Mitragna aminiha reo olona ro reo_ ia gny alahelo indray aminiha?_ faharava vo fandripaha, vo gny mosry vo
gny mesa. Ia gny hapiegny aniha? [20]Fa rokaky reo zanadahiniha; lavo egny anzoron-dalam-be aby egny ereo,
manahaky gny diera ao agnaty harato; mamenoandreo gny fahavigniran'i Yaveh gny zaka fatrasin'Agnahariniha.
[21]Fa androany tenoy zeho, hanao ze napahory sady nimamoy, fe sy mamon-divay: [22]Yaveh Tomponiha,
Zagnahariniha, ze mandahasy gny mahazo gny olony, mizaka ho: "Ingo, fa nalako teo an-tagnaniha gny
kapoakin'gny fivembena_ gny lasety, ze kapoakin'gny hahoriako_ so sy hinomaniha anizeho sasy.[23]Hahiko eo an-
tagnan'gny pagnitriky aniha zeho, ze fa nizaka taminiha ho: "Misilagnisa so hahafahanay magnisakisaky aniha';
nahiniha hanahaky gny tany vo manahaky gny lala handehan'ereo gny lamosiniha.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 52

1Mifohaza, mifohaza, tafio gny heriniha, ry Ziona; tafio reo akazoniha soa tarehy, ry Jerosalema, tana masy, fa sy
hilisy amindrareo sasy gny sy voafora na gnyy maloto. 2Ahisagno gny botany amin'gny vatandrareo; miaregna dra
mitoboha, ry jerosalema; alao gny rozo vy eo am-bozoniha, ry zanakapelan'i Ziona babo. 3Fa zeho gny zakan'i
Yaveh ho: "Navily maimaimpoa handrareo, dra ho vonze maimaimpoa." 4fa zehi gny ambaran'gny Tompo Yaveh: "
any am-piandoha gny oloko dra nandeha nizoso nagnagny Egypta so hitoesy mandrisy gny fotoa voafetry; fa
napahorian'i Asyria vo sy ela ereo. 5Amizao ino gny hanagnako eto--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh--- hita fa nala
tamin'gny sy antony gny oloko? Magnirasira reo ze manapaky eo amin'ereo--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh---
dra voahendrikendriky avo gny agnarako totolo andro. 6Noho zeho gny oloko dra hahalala gny agnarako; ho
fatan'ereo amin'izeho andro zeho fa Zaho gny mizaka ho:" Eka, Zaho zeho!" 7Endrey gny hasaon'gny tombok'ireo
panday hafasy egny an-tendrombohisy ze manday vaovao soa, ze magnambara fiadagna, ze manday zaka
mahafaly, ze magnambara famonze, ze mizaka amin'i Ziona ho: " Manzaka gny Zagnaharindrareo!" 8Tenoy,
manondrosy gny feony reo piambinoha, mindray mikoraky fifalia ereo, akory hahita gny fiheregnan'i Yaveh agny
amin'gny Ziona ereo, gny mason'ereo aby. 9Mindresa mihoby hiram-pifalia, handrareo ry ravan'i Jerosalema; fa
Yaveh dra fa napahery gny olony; fa nagnavosy an'i Jerosalema Izy. 10Fa napiseho gny sandriny masy teo
amason'gny firene aby Yaveh; hahita gny famonzen'gny Zagnaharisika gny tany aby. 11Miala, miala, miboaha teto;
ka mikasiky raha maloto; miala agnivo teo; diovy gny vatandrareo, handrareo ze manday gny fanak'i Yaveh. 12Fa
sy tapoky gny hiboahandrareo, na tahosy gny hialandrareo; akory Yaveh dra handeha hialoha andrareo; vo gny
Zagnaharin'Israely gny ho vodi-lalandrareo. 13Ingo, hiasa am-pahendre gny panopoko; ho ambony sady
hisondrosy izy, dra abo loasy. 14Fa manahaky gny nigagan'gny maro taminiha--- dra simba loasy sy sahala gny
an'olombelo gny tarehiny, dra sy hita sahala gny olombelo sasy gny tarehiny. 15Ndre dra zeho aza, hamafy firene
maro gny panopoko dra hanakombo gny vavany noho izy reo pazaka. Fa zeho sy bo nizaka andreo, dra ho
hitan'ereo, vo ze sy bo ren'ereo, dra ho azon'ereo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 53

[1]Ia gny nino ze reny boaky taminay, vo tamin'ia gny napisehoa gny sandrin'i Yaveh? [2]Fa nitombo manahaky gny
zana-kazo mandinika teo agnatrehan'i Yaveh izy, vo manahaky gny simoky baky ao amin'gny tany karakay; sy
nana hasaran-tarehy mahalasa na famirapirata izy; nofa nahita anazy sika, dra sy nisy hasoa maninto asika
tegny.[3]Izy dra nisinosinoavy dra nilain'gny olo; olon'gny alahe;o, dra zatry fahoria. Manahaky gny raiky ze
hagnavonian'gny olo gny tarehiny, nahy sinosino izy; dra ahisika manahaky gny sy misy dikany.[4]Fe nanday gny
aretisika vatany izy dra nitaty gny alahelosika; fa nihevisy sika ho nisazian'Agnahary izy, nasian'Agnahary, dra
napahoria.[5]Fa nilefony noho reo asa fikomiasika izy; potiky noho reo otasika izy. Gny sazin'gny fiadasika dra teo
aminazy, vo tamin'ireo ratrany gny nahasitragna asika.[6]Sika aby dra manahaky gny agnondry ze nandeha
tamin'gny lalan-diso; samby nandeha tamin'gnylalany aby sika, vo Yaveh nametraky gny fahotasika aby teo
aminazy.[7]Napahory izy; fe nofa nagnetry vata izy, dra sy nanokasy gny vavany, sy nanokasy gny vavany
manahaky gny zanak'agnondry ze tarihy ho agny amin'gny famoloa; vo manahaky gny agnondry ze misy
magnoloa gny panety anazy izy.[8]Tamin'gny faneritere vo fisara gny niapanga anazy; ia amin'iho taranaky iho gny
bo mieriserisy gny mahakasiky anazy? Fa naringa tamin'gny tanin'gny velo izy; noho reo fandikan-dalan'gny
oloko dra nahy teo amin'gny fagnatrokafa. [9]Nahin'ereo nindraytamin'ireo malaso manan-kare gny fahafatesany,
ndre dra sy nanao herisetry aza izy, na nisy fitaky aza teo asogniny.[10]Fa sitrapon'Yaveh ho hamotiky anazy vo
hanao anazy ho mararyy. Nofa nahiny ho soro ho an'gny fahota gny ainy, dra hahita gny firokafany izy, hagnalava
gny androny izy, vo gny tanzon'i Yaveh dra ho tateraky amin'gny alalany.[11] Afaran'gny fizaliany teo amin'gny
fiaignany, dra hahita fahazava izy dra ho afa-po amin'gny fahalalany. Gny panopoko mary gny hagnamary gny
maro; handay gny helok'ereo.[12]Noho zeho dra hagnome anazy gny anzarany eo amin'ireo maro zaho, dra hizara
reo babo amin'gny maro izy, akory napiharihary gny vatany tamin'gny fahafatesa izy dra nahy ho isan'ireo
pandika lalagna. Nanday gny otan'gny maro izy dra nagnelagnela reo pandika lalagna.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 54

[1]" Mihira, ry apela momba, handrareo ze sy niteraky; miravoaravoa amin'gny hiram-pifalia dra mikoroha fatrasy,
handrareo ze sy bo nihesi-zaza. Fa gny zanaku gny panday vata dra maro kokoa noho gny zanaky gny apela
manambaly," ho i Yaveh.[2]Ahivo lahibe kokoa gny laindrareo dra velaro ambain-daindrareo, velaro soa; alavao
gny talindrareo dra hafatraro gny soto-kazondrareo. [3]Fa hiely gny akavagna vo agny akavia handrareo, vo reo
taranakindrareo dra handresy reo firene dra hitoby amin'gny tana lao.[4]Ka matahosy fa sy ho megnasy handrareo,
na kivy fa sy ho afa-baraka handrareo; hagnaligno gny hegnasy gny hatanorandrareo vo gny fahafaham-
barakan'gny fanenga andrareo handrareo.[5]Fa gny Pahary andrareo gny valindrareo, Yaveh tompon'gny maro gny
Agnarany. Gny Raiky Masin'Israely gny Pagnavosy andrareo; Izy dra tokavy ho Zagnahary gny tany aby. [6]Fa Yaveh
fa nihery nitoka andrareo hanahaky gny valy ze nenga vo malahelo am-panahy, manahaky gny apela nanambaly
tanora dra naria," ho gny Zagnaharindrareo.[7]" Fa nagnary andrareo nandrisy gny fotoa fohiky Zaho, fa amin'gny
fangoraha lahibe gny hangorahako andrareo. [8]Selasela avo gny hagnavoniako gny tarehiko tamindrareo; fa
amin'gny tondra-dranon'gny hahoria; fa amin'gny faneke mahatoky sy mana-pitapera gny hangorahako
andrareo--- ho i Yaveh, gny raiky ze magnavosy andrareo.[9]Fa zehi dra manhaky gny tondran-dranon'i Noa
Aminahy: manahaky gny nifatako fa gny tondran-dranon'i Noa dra handalo amin'gny tany sasy, gny hifatako fa sy
ho roy amindrareo na hizaka fatrasy andrareo Zaho. [10]Ndre hilavo aza reo tendrombohisy ndre koa hiozongozo
aza reo havoa, gny fitiavako sy miova koa dra sy hiodiky amindrareo , na gny fiadagnako manhatoky ho
voaozongozo--- ho i Yaveh, ze mamindra fo andrareo.[11]Handrareo ory, afotofoton'gny tafio-drivosy sady dy mana
fapionona, ingo, ho ahiko amin'gny vatosoa gny rarivatondrareo, vo amin'gny safira gny hametrahako gny
fotosindrareo. [12]Hahiko robina reo tilikambondrareo vo amin'gny vato mamirapirasy gny vavahadindrareo, vo
gny fefindrareo agny iveny amin'gny vato soa tarehy.[13]Dra i Yaveh gny hapianasy reo zanadrareo aby, dra ho
lahibe gny fiadagnan'ireo zanandrareo. [14]Amin'gny fahamarigna gny hagneregnako andrareo amin'gny laoniny.
Sy hiay fagnitrifa sasy handrareo, dra sy hatahosy handrareo, sady sy hisy ndre ino ndre ino mapitahosy ho avy
eo agnilandrareo.[15]Ingo, no misy olo mitariky korota, dra sy baoky Aminahy zeho; ndre ia ndre ia mitariky korota
eo amindrareo dra ho lavo amin'gny faharese. [16]Ingo, fa nahary panao asa tagna, ze misoky gny bain'efo mirehisy
vo manefy fitaovam-pialia ho asany Zaho, vo fa nahary gny pamotiky bo hamotiky Zaho.[17]Sy misy fitovam-pialia
ze voafor hanohisy andrareo haharesy; vo handrareo dra hagnameloky ze iaby miapanga andrareo. Zeho gny
lovan'ereo panopon'i Yaveh, vo gny fagnamarignan;ereo baoky Aminahy--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh."



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 55

[1]"Avia, handrareo aby ze mangetaheta, mandehana eo amin'gny rano, vo handrareo ze sy manam-bola, avia,
miviliana dra mihinana! Avia, miviliana divay vo ronono sy andoavam-bola say sy misy viliny.[2]Nagnino
handrareo gny mandanza volafosy ho amin'ize sy mofo, vo nagnino handrareo gny miasa fatrasy amin'ize sy
mahafa-po andrareo? Tenoy soa Zaho da mihinana ze soa, vo amin'gny hateveza gny hafinarisy gny vatandrareo.
[3]Atongilagno gny sofindrareo dra magnatogna aminahy atiky! Mitenoa, dra ho velo handrareo. Hanao faneke
mandrakizay amindrareo Zaho: gny tokiako, fitiava mahatoky napagnatenay an'i Davida. [4]Ingo, fa nahiko
amin'gny toerany manahaky gny vavolombelo ho an'ireo firene izy, manahaky gny pitariky vo pibeko hoan'gny
vahoaky.[5]Ingo, hitoka gny firene ze sy fatandrareo handrareo; vo gny firene sy nahafatasy andrareo gny
hihazakazaky ho agny amindrareo noho Yaveh Zagnaharindrareo, Gny masin'Israely, ze fa nagnome voninahisy
ho andrareo."[6]Miataliava an'i Yaveh tany bo hita Izy; mitokava Anazy tany bo eo mariny eo Izy. Aoky hiala
amin'gny lalany gny rasy fagnahy, vo gny paota hiala amin'gny herisetriny. [7]Aoky izy hihery amin'i Yaveh, dra
hihantra anazy Izy, vo an'Agnaharisika, ze hamela tateraky anazy.[8]Fa gny fihevisiko sy fihevisindrareo, na gny
lalandrareo gny lalako__zeho gny fagnambaran'i Yaveh__ [9]Fa manahaky gny hahabon'gny lagnisy ze abo kokoa
noho gny tany, gny hahabon'gny lalako kokoa anoho gny lalandrareo, vo gny fihesiko mihoasy noho gny
fihevisindrareo.[10]Fa sahala gny ora vo gnyfanala hilasaky lat'egny an-dagnisy dra sy mihery egny no sy ho
mameno gny tany reo dra hamokasy sady hisimoky zeho dra hagnome vihi ho an'gny pamboly ze mamafy dra
mizara mofo ho an'gny pihina, [11]koa ho aloakin'gny vavako avo koa gny zaka,: sy bo hihery aminahy sy misy dikay
zeho, fe zeho gny hagnatateraky ze iriko, sady hahomby izy ho amin'ize nanadefasako an'izeho.[12]Fa hiboaky am-
pifalia handraeo dra hotarihy am-piadagna; reo tendrombohisy vo gny havoa dra ho vaky amin'gny koraky am-
pifalia eo agnatrehandrareo, vo gny hazon'gny saha aby dra hiteha-tagna. [13]No tokony ho fefy silo, dra kypreso
gny hisiry; vo no tokony ho silo, dra hazo rota gny hisiry, dra ho an'i Yaveh zaho, fa gny agnarany , manahaky gny
famatara ze sy ho tapaky mandrakizay.

## Chapter 56

[1]Zeho gny zakan'i Yaveh: "Tandremo ze mary, manaova ze rariny; fa mriny gny famonzeko, sady fa haseho gny
fahamarignako. [2]Voatahy gny olo ze manaho, sady mita fatrasy anizeho. Izy dra mitandry gny Sabata, fa sy
mandoto anizeho, dra mifehy gny tagnany amin'gny fanaovan-drasy."[3]Aoky gny hafa firene ze avy pagnaraky an'i
yaveh sy hisy hanao ho: "Hangalaky anahy ao amin'ireo vahoakiny vatany Yaveh." Gny tandapa sy tokony hizaka
ho: "Ingo zaho fa hazo maiky."[4]Fa zeho gny zakan'i Yaveh: "Ho an'ireo tandapa ze mitandry reo Sabatako, vo
misafidy gny ankasitrahao, dra mita gny fanekeko, [5]ho andreo gny hananganako ao am-pasangeko vo ao
agnatin'gny fefiko gny sangam-bato ze soa kokoa nohon'gny manan-zanaky lelahy vo zanaky apela. Hagnome
andreo sangam-bato maharisy mandrakizay ze sy ho kapay mihisy Zaho.[6]Reo hafa firene ze mindray amin'i
Yaveh avo koa_so hanopo Anazy, vo reo ze tia gny agnaran'i Yaveh_so hisiriry Anazy, gny olon'aby ze mitandry
gny Sabat, ze mita amin'gny sy fandotoa anizeho, vo ze mita gny fanekeno [7]_dra ho andesiko agny an-
tendrombohisiko masy dra hapiravoravoko ao am-pasange fivavahako ereo; gny fagantisy orony vo gny
soron'ereo dra hele eo ambonin'gy alitarako. Fa gny fasangeko hotokavy ho fasange fivavaha ho an'gny
firenen'aby,[8]zeho gny fagnambaran'i Yaveh Tompo, ze mamory reo vahoakin'Israely_mbo hamory reo hafa ho
fagnapin'ereo Zaho."[9]Handrareo bibidia aby agny an-saha, avia dra arapao, handrareo bibidia aby agny agn'ala!
[10]Reo pitily anazy aby dra poaky, sy mahatakasy ereo. Amboa moa aby ereo dra afaly mivovo. Manofy, sy
misilailay ereo sady tia matory.[11]enda-kany vatany reo amboa; sy mety visy mihisy ereo; piaraky agnondry sy
mahay magnavaky ereo; nivoa tamin'gny lalany aby izy aby reo, samby fatra-pitia tombony sy ara-drariny gny
kiaraikiraiky.[12]" Avia" ho ereo: "Ndao hino divay vo toaky sika. hanahaky gny androny avo gny hamaray, gny
andro lahibe tafahoasy."



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 57

[1]Maty gny mary, fe sy mihevisy anizeho, dra navory gny olon'gny faneke mahatoky, fe sy misy oo mahatakasy fa
avory ;at'amin'gny rasy gny mary.[2] Milisy ao amin'gny fiadagna izy; miala rokaky eo am-pandriany ereo, dra ireo
ze mandeha amin'gny fahisiany.[3]Fa nagnato eto, handrareo zanaky gny pagnandro, zanaky gny pizangazanga vo
gny apela ze fa niavrosy gny vatany.[4] Ia gny magneso amin-kafalia andrareo? Amin'ia gny anokafandrareo vava
vo hitrangandrareo lela? Sa ra sy zanaky pikomy, zanaky pamitaky handrareo?[5]Magnafana gny vatandrareo
amin'gny fiaraha matory eo ambanin'gny hazo terebinta, ambanin'gny ahi-maiso aby handrareo. Handrareo ze
mamono gny zanandrareo eo amin'gny renirano maiky, eo ambanin'gny sefasefakin'gny vato.[6]Amin'ireo kilonzy
malaman'gny renirandohasaha reo raha ze notendreko ho andrareo. Reo gny anton'gny fanoloram-batandrareo.
Handrareo dra mandraraky gny fagnatisindrareo inomy ho andreo sady manandrasy gny fagnatisy vary.
Amin'ireo raha reo se gny tokony hifaliako?[7]Nagnoma gny fandriandrareo tagny an-tendrombohisy aby
handrareo; niakast tagny koa handrareo so hanolosy reo soro. [8]Tao ivihon'gny varavara vo gny tolam-batrangara
gny nametrahandrareo reo famatarandrareo. Handrareo dra nilefa nanenga Anahy, napitazaky gny vatandrareo,
dra niakasy; napihanzaky gny fandriandrareo. Nanao faneke tamin'ereo handrareo; nitia gny fandrian'ereo
handrareo; nahita gny farisy saro-padiny handrareo.[9]Nagnagny amin'i Moleka nindray tamin'gny dililo
handrareo; napitombo gny raha magnisy handrareo. Nandefa reo irakindrareo lavisy handrareo; nizoso tagny
amin'gny Fiaigna-sy hita handrareo. [10]Rokaky gny liandrareo lavisy handrareo, fe sy nizaka mihisy handrareo ho:
"Sy misy fagnatena zeho." Nahita fiaigna teo an-tagnandrareo handrareo; noho zeho dra sy nihaosa handrareo.[11]"
Ia gny ahiandrareo? Ia gny atahorandrareo fatrasy dra nahavy andrareo hamitaky, dra sy nahasiaro gny
niheriserisy Anahy handrareo? Akory nangia hatry gny ela Zaho sady sy matahosy Anahy sasy handrareo.
[12]Hagnambara reo asa marindrareo sady hizaka ze fa nahindrareo aby Zaho, fa sy hagnapy andrareo regny.[13]Nofa
mitaray handrareo, aoky hamonzy andrareo reo karazan-sapindrareo. Notokony gny sioky gny handay anazy aby
reo, dra gny fofon'ay gny handay anazy aby. Fa ze mialoky Aminahy dra handova gny tany vo hangalaky ho
fanagna gny tendrombohisiko masy.[14]Hizaka izy ho: 'Amboaro, amboaro! Savao gny lala! Alao eo amin'gny
lalan'gny vahoakiko gny raha mahatafitohy aby!"' [15]Fa zeho gny zakan'Gny ambony vo aby, ze velo mandrakizay,
masy gny Agnarany: "Zaho dra mitoboky amin'gny toera abo sady masy, mindray aminazy koa gny fagnahy
torotoro sady magnetry vata, so hameloma ndraiky gny fagnahin'ireo ze nagnetry vata, sady so hameloma
ndraiky gny fon'ireo ze manegny.[16]Fa sy hiapanga mandrakizay, na ho ory mandrakizay Zaho, fa gny fagnahin'gny
olo dra rokaky teo agnatrehako, dra reo ay ze nahiko. [17]Nohon'gny fahotan'gny tombony sy ara-drariny, dra ory
Zaho, dra nagnatrotraky anazy; nagnavony gny tarehiko Zaho sady ory, fe nandeha tamin'gny lalan'gny fony izy.
[18]Fa nahita gny lalany Zaho, fe ho sitragniko izy. Hitariky anazy Zaho dra hapahery sady hapiegny reo ze mandala
ho anazy, [19]dra forogniko gny vokas'ireo sogniny. Fiadagna, fiadagna, hoan'ireo ze agny lavisy vo ho an'ireo ze
mariny_hoi Yaveh_hositragniko ereo.[20]Fe reo rasy fagnahy dra manahaky gny ranomasy misamboaravoara, ze sy
afaky mizano, vo gny ranon'izeho dra fotaky misamboaravoara. [21]Sy misy fiadagna ho an'ize rasy fagnahy_ho
Zagnahary."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 58

[1]" Mitomagnia fatrasy; ka tana. Asodroto manahaky gny asiva gny feoniha. Atrefo amin'gny fikomiany gny oloko,
vo amin'gny fahotany gny hasaveregnan'i jakoba. [2]Fe mbo mitalia anahy isan'andro ereo dra finarisy amin'gny
fahalala gny lalako, manahaky gny firene ze nanao gny fahamarigna sady sy nahafo gny lalagnan'gny
Zagnaharin'ereo. Mangataky fisara mary aminahy ereo; finarisy amin'gny fihevera gny fagnakekezan'Agnahary
ereo.[3]' Nagnino zahay gny nifady' ho ereo, 'fe sy hitaniha zeho? Nagnino zahay gny nagnetry vata, fe sy
sikarisiniha?' Ingo, amin'gny andron'gny fifadiandrareo gny hahitandrareo gny fahafinaretandrareo manoka vo
apahoriandrareo gny piasandrareo aby.[4]Ingo, mifady hany handrareo so hifandisy vo hialy, vo hizera amin'gny
komondron'gny faharasiandrareo; sy mifady handrareo androany so ho re agny ambony gny feondrareo. [5]Zeho
vatany se gny karaza fifadia toiako: Andro hanetren'gny iaby gny vatany, so hapiondrehany gny lohany
manahaky gny volotara, vo hamelarany lamba fandala vo lavenoky ao ambaniny? Fifadia vatany se gny
itokavandrarei anizeho, andro ifalian'i Yaveh?[6]Sy zeho se gny fifadia safiliko: Gny hagnafaky gny famatoran'gny
faharasia, gny hamaha gny talin'gny zioga, gny hagnafaky reo torotoro, gny hanapaky gny zioga aby? [7]Sy gny
hizara gny mofoniha amin'gny resy vo handay reo mahantra vo reo sy manan-kelofa ho ao am-pasangeniha se?"
Nofa mahita olo miborida hanao, dra tokony hapitady annazy; sady dy tokony hagnavony gny vataniha amin'ireo
havaniha avo hanao.[8]Dra hipoaky manahaky gny masoandro gny fahazavaniha, sady hisimoky malaky gny
fagnasitragna aniha; handeha eo agnoloaniha ny fahamarignaniha, vo gny voninahis'i Yaveh gny ho vodi-
lalaniha.[9]Dra hitoka hanao, vo hamaly Yaveh; hikoraky famonze hanao, dra hizaka izy ho:" Tahoky Zaho.' No
alaniha hiala aminiha gny zioga, gny fanondro miapanga, vo gny lahazakan'gny faharasia, [10]no magnome ho
an'gny resy hanao dra mamisy gny tra-pahoria; dra hiposaky ao amin'gny ezy gny fahazavaniha, vo gny eziniha
hanahaky gny amin'gny matataovovogna.[11]Dra hitariky aniha lalandava Yaveh dra hamisy aniha agny amin'gny
faritany ze sy misy rano, sady hagnatazaky gny tolaniha Izy. Hanahaky gny sahan-drano hanao, dra manahaky
gny loharano, ze sy mizano mandrakizay gny ranony.[12]Gny sasany amindrareo dra hagnory ndraiky gny rava
taloha; hananga reo ravan'gny taranaky maro handrareo; ho tokavy handrareo ho" pagnamboasy gny fefy,"
"Papihery gny lala hitoboha."[13]No ahy ho magnavio gny tombiniha hila amin'gny fanaova dia amin'gny andro
Sabata hanao, vo hiala amin'gny fanaova gny fahafinaretaniha manoka amin'gny androko masy. No ahy ho
mitoka gny Sabata ho sitraky, sady mitoka gny raharahan'i Yaveh ho masy vo manan-kaza hanao. No ahy ho
magnaza gny Sabata amin'gny fahafoiza gny raharahaniha manoka hanao, vo amin'gny sy fitaliava gny
fahafinaretaniha manoka vo amin'gny sy fizaka gny zakaniha manoka.[14]Dra hahita mamy ao amin'i Yaveh hanao;
dra hapitikiriko gny haabon'gny tany; hamisy aniha lat'amin'gny lovan'i Jakoa raniha Zaho--- fa gny vavan'i Yaveh
gny nizaka."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 59

[1]Ingo, gny tagnan'i Yaveh sy fohiky ra dra sy hahavonzy; vo gny sofiny sy maregniregny, dra sy hahare. [2]Gny asa
rasindrareo, fe, gny napisaraky andrareo tamin'gny Zagnaharindrareo, vo gny fahotandrareo gny nahavy Anazy
hagnavony gny tarehiny amindrareo dra sy hiteno andrareo.[3]Fa tasin'gnylio gny tagnandrareo vo gny rasan-
tagnandrareo tasin'gny fahota. Mizaka vandy gny sognindrareo vo gny lelandrareo mizaka amin-kafese.[4] Sy misy
mitoka gny mary, sady sy misy mifona amin'gny fahamarigna. Mitoky amin'gny zaka fahatany ereo, dra mizaka
vandy; vandy gny torotorogniny vo fahota gny aterany.[5]Mikotriky atolim-bibilava feno poizy ereo dra magneno
tragnon-kala. Ze iaby mihina gny atoliny dra maty, vo no misy atoly vaohisaky, dra foy ho bibilava feno poisy
zeho.[6] Sy azo apesa hahy akazo gny tragno-kalany, na afaly magnoro gny vatany gny asany. Asan'gny fahota gny
asany, vo gny asan'gny herisetry gny eo an-tagnany.[7]Mihazakazaky ho agny amin'gny rasy gny tombony, vo
mihazakazaky handasaky lio sy mana-syigny ereo. Fihevisy fahota gny fihevisiny; herisetry vo fandrava gny
lalagnany. [8]Gny lalagnan'gny fiadagna sy bo fatas'ereo, dra sy misy rariny eo amin'gny lalany. Nagnamboasy lala-
meloky ereo; ze iaby mandeha amin'izeho lala zeho dra sy mahita fiadagna.[9]Noho zeho dra lavisy anay gny
rariny, sady sy mahatratry anany gny fahamarigna. Mandigny fahazava zahay, fe mahita ezy; mitalia
famirapirata zahay, fe mandeha amin'gny ezy. [10]Misapasapa rindry manahaky gny poaky zahay, manahaky reo ze
sy mahita. Voafinga amin'gny dizerabenagnahary zahay manahaky gny ho amin'gny takariva; eo amin'gny reo
mahery dra manahaky gny olo maty zahay.[11]Mierosy manahaky gny bera zahay dra mitolokoloko manahaky gny
voromailala; miaby rariny zahay, fe sy misy; maimby fagnavota, fe lavisy anay zeho.[12]Fa eo agnoloaniha gny
helokinay, vo gny fahotanay gny miapamga anay; fa gny helokinay dra mindray aminay, sady fatasinay gny
fahotanay. [13]Nikomy zahay, nanda an'i Yaveh sady niala tamin'gny fagnaraha gny Zagnaharinay. Nizaka fapahoria
zahay dra nivio lala, namoro fitaraigna boaky tao am-ponay vo zaka vandy.[14]Nala gny rariny, dra mizoro lavisy
dra lavisy gny fahamarigna; fa tafitohy egny akalamanzagna gny fahamarigna, dra sy ho aby gny mary. [15]Fa difisy
lavisy gny fahamendreaham-pitokisa, vo gny raiky ze miala amin'gny rasy gny mahavy ny vatany ho tra-doza.
Hitan'i Yaveh zeho dra sy faly Izy fa sy misy gny rariny.[16]Nahita Izy fa sy misy olo, dra lasa fa sy mbo misy milisy
an-sehasy. Noho zeho dra tagnany avo gny nanday famonze ho Anazy, vo gny fahamarignany gny nanoha Anazy.
[17]Mitafy fahamarigna ho saron-tratra Izy vo garo-loha famonze eo amin'gnylohany. Nitafy akazo vaalifaty izy dra
nanao gny zoto-po ho aron'akazo. [18]Nivaliany noho ze vitany ereo, dra fisara feno hahoria amin'gny rafiny,
famalia ho an'gny fahavalony, vo fatrokafa ho valim-pitian'ireo.[19]Koa dra hatahosy gny agnaran'i Yaveh lat'agny
andrefa ereo, vo gny voninahiny lat'agny amin'gny fiposahan'gny masoandro; fa ho avy manahaky gny mipaoky
Izy, ze andesin'gny fofonain'i Yaveh. [20]"Misy pagnavosy avy ao Ziona vo amin'ireo ze miala amin'gny asany feno
fikomia ao amin'i Jakoba--- zeho gny fagnamabarn'i Yaveh.[21]No gny aminahy, dra zeho gny fanekeko amin'ereo---
ho Yaveh--- gny faganhiko ze ao amin'ereo, vo gny zakako ze napetrako teo am-bavaniha, dra sy hiala amin'gny
vavaniha, na hiala amin'gny vavan'ireo zanakiniha, na hiala amin'gny vavan'ireo zafiniha--- ho Yaveh---
manomboky zeho dra ho mandrakizay."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 60

1Misanga, mihazava; fa avy gny fahazavaniha, dra fa nisandrasy taminiha gny voninahis'i Yaveh.2Fa handrakosy
gny tany gny ezy, vo reo firene gny ezim-pito; fe hisondrosy aminiha eo Yaveh, dra ho hitaniha gny voninahiny.
3Ho avy amin'gny fahazavanoha eo reo firene, vo eo amin'gny tara-pahazavaniha ze misondrosy reo pazaka.
4Magnitia magnodidy dra tazagno. Mindray mivory izy iaby dra avy aminiha eo. Ho avy lat'agny lavisy reo
zanadahiniha, dra ho andesy an-sandriny reo zanakapelaniha. 5Dra hagnety hanao dra ho miramira, dra tokony
hifaly vo ho safosy gny foniha, akory hararahy aminiha gny hamaroan'gny ranomasy, ho avy aminiha gny
haren'ireo firene.6Handrakosy aniha reo andrian-drameva, dra reo rameva tanora agny Midiana vo Efaha; reho
iaby reho dra ho avy agny Sheba aby; handay volamena vo ditin-kazo magnisy reo, sady hihira fidera an'i Yaveh.
7Reo agnondry aman'osin'i Kedara aby dra havory eo aminiha, reo agnondry lahin'i Nebaiota dra hety amin'ize
ilaniha; ho fagnatisy ankasitraha eo amin'gny alitarako reo; dra homeko voninahisy gny fasangeko be voninahisy.
8Ia se regny mitily manahaky gny raho, vo manahaky gny voromailala ao amin'gny felofany regny? 9Mitalia
Anahy gny tany amoronsiraky, sady mitariky gny sambon'i tarsisy, so handay reo zanakiniha lelahy baoky lavisy,
gny volafosiny vo reo volamenany miaraky amin'ereo, ho an'gny agnaran'i Yaveh Zagnahariniha, vo ho an'Gny
Masin'Israely, akory fa nagnome voninahisy aniha Izy.10Gny zanaky lahin'ireo hafa firene hananga ndraiky reo
fefiniha; dra hanopo aniha reo pazakanu; fa ndre dra tamin'gny hahoriako aza gny nagnatrokafako aniha, dra
amin'gny fankasitrahako koa gny hangorahako aniha.11 Hisokasy hatragny hatragny avo koa reo vavahadiniha; sy
hakatoky na andro na hariva reo, so handesa gny haren'ireo firene, mbamin'ireo pazakany tarity.12Reo firene vo
reo fanzaka ze sy hanopo aniha dra ho levo vatany; ho rava tateraky zeho firene zeho.13 Ho avy aminiha gny
voninahis'i Libanona, gny hazo kypreso, gny kesiky, vo gny bosko miaraky, dra hanendriky gny fitoerako masy, vo
hagnome voninahisy gny fitoeran-tomboky Zaho.14ho avy eo aminiha so hiankohoky ereo, dra gny zanaky
lelahin'ireo ze nagnetry aniha; hiankohoky eo an-tombokiniha ereo; hitoka aniha ho Gny tanan'i Yaveh ereo, dra i
Zion'Gny Masin'Israely.15ho soloniha nenga sady nankahalay, dra sy misy mandalo aniha, dra hahikoraha
firehareha mandrakizay hanao, fifalia hatramin'gny taranaky mifandimby. 16Hino gny rononon'ireo firene avo
koa hanao, dra hinono eo amin'gny tratran'ireo pazaka; dra ho fataniha fa Zaho, gny Yaveh, Pamonzy aniha sady
Pagnavosy aniha, Gny Masin'i Jakoba.17Ho solon'gny saba dra handay volamena Zaho, ho solon'gny vy dra handay
volafosy Zaho; ho solon'gny hazo, dra saba; vo ho solon'gny vato, dra vy. Hanendry fiadagna ho governoraniha
zaho, vo rariny gny panapakiniha.18 Sy ho re ao amin'gny taniniha sasy gny herisetry, na fandrava na
fahapotipotrha ao amin'ireo faritaniniha; sa ho tokaviniha ho Famonze reo fefiniha, vo Fidera gny vavahadiniha.
19Sy so fahazavaniha gny andro sasy gny masoandro, na hamirasy aminiha gny fahazavan'gny vola; fa Yaveh gny
ho fahazavaniha maharisy mandrakizay, vo gny Zagnariniha gny voninahisiniha. 20Sy hiletiky sasy gny
masoandroniha, na hiala dra hanzavo gny volaniha; fa Yaveh gny ho fahazavaniha maharisy mandrakizay, dra
hifara reo andro fandalaniha.21Ho mary aby gny vahoakiniha aby; hangalaky gny tany amin'gny fotoa aby ereo,
dra gny ransan'gny voliko, gny asan'gny tagnako, so home voninahisy Zaho.22 Ho avy agn'arivony gny keliky, vo ho
firene matazaky gny bitiky; Zaho, Yaveh, dra hagnatateraky ireo malaky nofa avy gny fotoa.

## Chapter 61

[1]Aminahy ato gny Fagnahin'gny Tompo Yaveh, akory nagnosotry anahy hitory vaovao mahafaly amin'ize ory i
Yaveh. Nagniraky anahy so hagnasitra gny marary am-po Izy, so hagnambara fahafaha amin'ireo ze babo, vo
fisokafan'gny fonza ho an'ireo ze voafatotry.[2]Nagniraky anahy so hagnambara gny tao fankasitrahan'i Yaveh, gny
andron'gny valifatin'gny Zagnaharisika, vo ba ha[iegny an'ize iaby mandala Izy.[3]Nagniraky anahy Izy--- so
hagnome ho an'ereo ze mandala ao Ziona--- so hagnome satroky ho andreo fa sy lavenoky, dililom-pifalia fa sy
fandala, lamba fidera ho solon'gny faharokfan'gny fagnahy, so hitokava andreo ho hazon'gny fahamarigna, gny
nambolen'i Yaveh, so homem-boninahisy izy.[4]Hananga reo rava taloha ndraiky ereo; hapihery reo fandrava teo
aloha ndraiky ereo. Hapihery reo tana rava ndriky ereo, reo fandrava tamin'gny taranaky maro teo aloha.
[5]Hisanga dra hamaha an'ireo agnondry aman'osindrareo reo vahiny, vo reo zanaky lelahin'gny vahiny hiasa gny
sahandrareo vo gny tanim-boalobokindrareo.[6]Ho tokavy ho pisoron'i Yaveh handrareo; hitoka andrareo ho
panopon'gny Zagnaharisika ereo. Hihina gny haren'ireo firene handrareo, dra hirehareha amin'gny haren'ereo.
[7]Hahazo avo ro heny handrareo solon'gny hegnasindrareo; dra hifaly amin'gny fizaran'ereo handrareo solon'gny
fahafaham-baraka. Noho zeho ereo dra hahazo zara avo ro heny amin'gny tanin'ereo; hafalia mandrakizay gny
ho andreo.[8]Fa Zaho, Yaveh, dra tia gny rariny, vo halako gny fandroba vo gny herisetra sy ara-drariny. Hamaly
andreo am-pahamarigna Zaho, sady hanao faneke mandrakizay amin'ereo. [9]Ho fatasy eo amin'ireo firene gny
taranah'ereo, vo eo amin'ireo vahoaky gny zanak'ereo. Ze iaby mahita andreo dra hagneky andreo, fa ereo gny
vahoaky ze nitahin'i Yaveh.[10]Hifaly tateraky amin'i Yaveh zaho; ho ravo ao amin'gny Zagnahariko zaho. Fa Izy gny
napisiky anahy tamin'ireo fitafian'gny famonze; napisiky anahy tamin'gny akazo lavan'gny fahamarigna Izy,
manahaky gny panpakasy mandravaky gny vatany amin'gny satroky, vo manahaky gny apankary mandravaky
gny vatany amin'gny firavakiny. [11]Fa manahaky gny tany mapisimoky gny raha misiry ao aminazy, gny
hapisirian'i Yaveh fahamarigna vo fisiriria eo agnatrehan'gny firene aby.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 62

[1]Nohon'gny amin'i Ziona dra sy hisigny zaho, vo nohon'gny amin'i Jerosalema dra sy hikombom-bava zaho,
mandra-piboakin'gny fahamarigna mamirapirasy, vo gny famonzeny manahaky gny fagnilo mirehisy. [2]Hahita gny
fahmarignaniha reo firene, vo gny pazaka aby gny voninahisiniha. Ho tokavy amin'gny agnara vaovao hanao ze
ho safilin'i Yaveh.[3]Ho satro-boninahisy gny hasoa eo an-tagnan'i Yaveh avo koa hanao, vo satroky gny fanzaka eo
an-tagnan'gny Zagnahariniha. Sy ho zakay gny aminiha sasy gny ho: [4]"Nafo"; na ho zakay amin'gny taniniha sasy
gny ho: "Lao." Fe koa, ho tokavy ho: " Gny sitrako," vo gny taniniha ho: ' Manambaly," akory sitrak'i Yaveh hanao,
sady hanambaly gny taniniha.[5]Manahaky gny tovolahy manambaly tovovavy vatany, gny hanamablian'ireo
zanakiniha aniha, dra anhaky gny papakasy mifaly amin'gny apakary, gny hifakian'Agnaharindrareo amindrareo.
[6]Nametrahako piamby teo amin'ireo fefiniha, ry Jerosalema; sy misigny ereo andro vo hariva. Handrareo ze
mapasiahy an'i Yaveh, ka mizano. [7]Ka enga hiala rokaky Izy mandra-pametrahany an'i Jerosalema ndraiky vo
mandra-panaovany anizeho ho fisiriria an-tany etoky.[8]Nifata tamin'gny tagnany akavagna vo taming'ny
sandrin'gny heriny Yaveh ho: " Azo atoky fa sy hagnome gny varinandrareo ho sakafo ho an'ireo fahavalondrareo
sasy Zaho. Reo vahiny dra sy hino gny divay vaovaondrareo, ze niasandrareo.[9] Fa reo ze mizinza gny vary dra
hihina anizeho sady hisiriry an'i Yaveh, vo reo ze mioty voaloboky dra hino gny divay ao amin'gny fisaran'gny
toerako masy."[10]Miboaha, miboaha amin'gny vavahady! homagno gny lala ho an'gny olo! Hamboaro zeho,
hamboaro gny lalam-be! Avorio reo vato! Manangana say famatara ho an'ireo firene![11]Ingo, magnambara
amin'gny faran'gny tany Yaveh ho: " Zakao amin'gny zanakapelan'i Ziona ho: Ingo, avy gny pagnavosy andrareo!
Atio, mindray aminazy gny valiosoany, dra mandeha eo agnoloany gny valin-kirokafany."[12] Hitoka andrareo ereo
ho: "Gny vahoaky masy; gny navotan'i Yaveh," vo hanao dra ho tokavy ho: " Nitaliavy; tana sy nafo."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 63

[1]Ia tihoky boakagny Edoma tihoky, nisiky akazo menamena lat'agny Bozra? Ia se izy ze nisiky akazon'andria,
mandeha am-pahatokia nohon'gny haben'gny heriny? Zaho zeho, ze mizaka fahamarigna sady mahavonzy
teteraky. [2]Nagnino gny mena gny sikiniha, sady nagnino ereo gny manahakin'ize fa nagnisakisaky gnyvoaloboky
eo amin'gny fatrokafa?[3]Nagnosihosy raiky reo voaloboky teo amin'gny fatrokafa, dra sy nisy ndre dra firene raiky
aza nagnato Anahy. Nihosihoseko tamin'gny hahoria sady nisakisahiko tamin'gny fahavignirako ereo. Gny
lion'ereo dra nipisiky tamin'gny fitafiako dra voaloto reo fitafiako aby. [4]Fa andriko gny andron'gny famaliako, vo
gny taon'gny fagnavotako dra fa avy.[5]Nagnety Zaho, dra sy nisy ndre ia ndre ia nagnapy. Seriky Zaho fa sy nisy
nagnapy, fa gny sandriko gny nanday fandrese ho Anahy, vo gny hahoriako lahibe gny nanohagny Anahy.
[6]Nisakisahiko tamin'gny hahoriako reo olo dra nahamamo andreo tamin'gny fahavigniraho Zaho, dra nailiko teo
amin'gny tany gny lion'ereo.[7]Hagnambara gny asan'gny faneke mahatokin'i Yaveh zaho, reo asa magneva-pisiriria
nahin'i Yaveh. Hagnambara ze iaby nahin'i Yaveh ho asika zaho, vo gny haben'gny fanaovan-soany tamin'gny
taranak'Israelu. Fa nasehony asika gny fangoraham-pony nohon'gny famindrampony, vo tamin'gny asa
maron'gny faneke mahatoky.[8] Fa ho izy: " Fa oloko vatany reo, zanaky ze sy bo mena-mivadiky." Nizary
Pamonzin'ereo Izy.[9]Tamin'gny fizalian'ereo aby, dra nizaly koa izy, dra namonzy andreo gny anzely lat'eamin'gny
fagnatrehany. Amin'gny fitiavany vo gny famindrampony gny namonzeny andreo, dra nanadrasy vo nanday
andreo tamin'gny fotoa taloha aby Izy.[10]Fa nikomy sady sosotry tamin'gny Fagnahy Masy ereo. Dra nazary
fahavalon'ereo Izy dra nialy hanohisy andreo.[11]Gny olony dra nihevisy reo fotoan'i Mosesy taloha. Ho ereo: "Eza
Zagnahary, ze nanday andreo niboaky tao amin'gny ranomasy mindray amin'gny piaraky agnondry aman'osiny?
Eza Zagnahary, ze anmetraky gny Fagnahy Masy teo amin'ereo?[12]Eza Zagnahary, gny nanao gny heriny ho be
voninahisy nandeha tamin'gny tana akavagnan'i Mosesy, dra napisaraky gny rano teo agnoloan'ereo, so hanaova
agnara mandrakizay ho anazy? [13]Eza Zagnahary, gny nanday andreo tamin'gny rano laliky? manahayky gny
sovaly milomay amin'gny tany mahisy, sy tafitohy ereo.[14]Manahaky gny biby fiteza zay mizoso an-dohasaha, gny
Fagnahin'i Yaveh nagnome fisahara andreo. Dra nanday gny vahoakiniha hanao, so hanaova agnara fisiriria ho
aniha.[15]Magnitia ambany lat'egny amin'gny lagnisy dra miambena lat'egny amin'gny fonegnanoha masy sady be
voninahisy. Eza gny zotom-poniha vo gny asaniha mahery? Reo asa famindrampo vo gny fangorahaniha dra
nitana taminay. [16]Akory ranay hanao, fa Abrahama sy mahay anay, vo Israely sy mahafatasy anay, hanao, ry
Yaveh, gny ranay. 'Pagnavosy anay' gny fa agnaraniha hatramin'gny fa ela.[17]Ry Yaveh, nagnino gny enganiha
hirerirery hiala amin'gny lalaniha zahay dra magnamafy gny fonay, so sy hagnekenay Aniha? Miheregna
nohon'gny amin'ireo panoponiha', gny fokon'gny lovaniha.[18]Foto fohiky gny nanagnan'gny vahoakiniha gny
toeraniha masy, dra nisakisahin'gny fahavalonay zeho.[19] Avy manahaky reo ze sy bo nifeheziniha zahay,
manahaky reo ze sy bo nitokavy tamin'gny agnaraniha."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 64

[1]"Endrey, no mahasaraky gny lagnisy Hanao dra mizosoa! Dra hiozongozo eo agnatrehanoha gny tendrombohisy,
[2]manahaky gny afo nofa mirehisdy amin'gny borosy hazo, na gny afo mapangotraky rano. Endrey, fa ho fatan'ireo
fahavaloniha gny Agnaraniha, fa hangitakitaky eo agnatrehaniha gny firene![3]Taloha, no nanao raha-mahalasa ze
sy nambenanay Hanao, dra nizoso Hanao, dra nagnitakitaky teo amin'gny fagnatrehanao gny tendrombohisy.
[4]Hatramin'gny taloha dra sy nisy nahare na nahafatasy, na nahita maso Zagnahary laha-sy Hanao, ze manao raha
ho an'ize miamby Anazy.[5]Avy magnapy reo ze mmifaly amin'gny fanaova gny mary Hanao, reo ze mahasiaro reo
lalaniha sady magneky regny. Ory Hanao no nanota zahay.Avosy tamin'gny lalaniha avo zahay.[6]Fa avy manahaky
reo maloto aby zahay, vo reo asam-pahamarignanay aby dra manahaky gny ravin-dambam-pasim-bola. Malazo
manahaky gny ravy aby zahay; reo helokinay dra manahaky gny sioky, manday anay lavisy. [7]Sy misy mitoka
amin'gny Agnaraniha, na miezaky so hifikisy Aminiha. Fa nagnavony gny tarehiniha taminay Hanao sady
mandamaky anay eo amin'gny tagnan'ireo helokinay.[8]Fe, ry Yaveh, Hanao gny Ranay; zahay gny tanimanga.
Hanao gny pamolavola anay; vo zahay aby gny asan'gny tagnanao. [9]Ka ory loasy, ry Yaveh, na koa mahasiaro reo
otanay hanohisy anazy. Mbo miangavy ra atio zahay, olonao.[10]Nazary tany karakay reo tananiha masy; nazary
tany karakay i Ziona, lao i Jerosalema. [11]Gny tepolinay masy sady soa. ze nisiririan'gnyrazanay Aniha, dra
ravan'gny afo, vo reo aby ze maminay dra nionga. [12]Akory gny mbo hitazagnaniha avo. ry Yaveh? Akory Hanao
gny mita fahangina sady mbo mangala baraka anay hatragny?"


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 65

1" Fa vono gny ho ren'ereo ze sy nagnotany Zaho; vonogny gny ho hitan'ireo ze nitalia. Ho Zaho ho: 'Tihoky Zaho!
Tihoky Zaho!' hoamin'gny firene ze sy nitoka gny agnarako. 2Fa namelasy gny tagnako totolo andro ho tamin'gny
vahoaky mafy hatoky Zaho, ze mandeha amin'gny lala ze sy soa, ze fa nandeha araky gny saim-patany vo gny
fikasany!3Ereo dra vahoaky ze sy misahasy manafintohy Anahy, manao soro ao amin'ireo zaridaina, vo magnoro
ditin-kazo magnisy eo ambony tanimanga. 4Miamby eo amin'gny lolo ereo dra eo mandrisy gny hariva, vo mihina
henan-ksoa mindray amin'gny ron'gny hena fahavetaveta eo an-dovian'ereo.5Ho ereo ho: 'Miataha, ka magnariny
anahy, fa zaho dra masy kokoa noho hanao.' Reho raha reho dra teo am-bovoroko, afo ze magnoro mandrisy gny
totolo andro.6ngo, voasorasy eo agnoloako ho: Sy hisigny Zaho, fa hapagnefa andreo; hamaly andreo am-pofoany,7
fa gny fahotan'ereo vo gny razany dra mitambasy," ho Yaveh. "Hamaly andreo nohon'gny fagnoroa ditin0kazo
magnisy tao amin'ireo tendrombohisy vo nohon'gny fagnesoa Anahy tamin'ireo havoa. Nohozeho dra handresy
reho asa vitan'ereo eo am-pofoany Zaho."8Zeho gny zakan'i Yaveh: "Manahaky gny ranom-boakazo hita ao an-
tsampahom-boaloka, dra mizaka gny raiky ho: 'Ka simba iho, akory misy soa aminazy ao,' zeho gny hahiko
nohon'gny amin'gny panopoko: Sy handripaky anazy aby Zaho.9Handay taranaky boaky amin'i Jakoba, vo boaky
amin'i Joda ze hana reo tendrombohisiko Zaho. Reo voafidiko dra hana gny tany, vo gny panppoko dra hony ao.
10Soro dra ho avy fiaraky agnondry aman'osy, vo gny lohasahan'i Akora ho toera fapandrian'agnomby, ho an'ireo
oloko ze mitalia Anahy.11Fa handrareo ze nanenga an'i Yaveh, ze magnadino gny tendrombohisiko masy, ze
manoma latabasy ho an'gny zagnahary Gada, vo mameno divay gny finoma ho an'gny zagnahary Meny.
12Handahasy aniha ho an'gny mesa Zaho, vo handrareo dra hiankohoky amin'gny fahafatesa aby, akory tamy
Zaho nitoka, dra sy namaly handrareo; tamy Zaho nizaka, dra sy niteno handrareo. Fa nanao ze rasy teo
agnatrehako sady nisafidy gny hanao ze sy mahafaly Anahy handrareo."13Zeho gny zakan'gny Tompo Yaveh:
"Ingo, hihina gny panopoko, fa handrareo koa ho resy; ingo, hino gny panopoko, fa handrareo koa hangetaheta;
ingo, hiravoravo gny panopoko, fa handrareo koa ho megnary. 14Ingo hikoraky fifalia gny panopoko nohon'gny
hafaliam-po, fa handrareo koa hitomagny nohon'gny fahararian'gny fo, dra hidradradradra nohon'gny
fahatorotoroan'gny fagnahy.15Hanenga gny agnarandrareo ho ozo ho an'ireo voafiliko so hizaka handrareo; Zaho,
gny Tompo Yaveh, gny hamono andrareo; Ho tokavy amin'gny agnara hafa reo panopoko. 16Ndre ia ndre ia
magnambara fitahia ao amin'gny tany dra ho voatahiko, gny Zagnahary gny fahamarigna. Ndre ia ndre ia mifata
amin'gny tany dra mifata amin'gny alalako, gny Zagnahary gny fahamaringa, akory ho aligno reo loza taloha, fa
hivony sy ho hitan'gny masoko reo.17Fa ingo, hamoro lagnisy vaovao vo tany vaovao Zaho; vo reo raha taloha dra
sy saroa na hapasiahivy.18 Fa ho faly handrareo dra hiravo mandrakizay ao amin'ize vao ho foroniko. Ingo,
hamoro an'i Jerosalema ho fifalia, vo gny poniny ho sitraky Zaho. 19Hiravoravo manera an'i Jerosalema, vo ho faly
eo amin'ireo vahoakiko Zaho; gny tomany vo gny tarainan'gny fahoria dra sy ho re ao aminazy sasy.20Sy hisy zaza
madiniky hiay andro masaiky sasy ao; na lahibe maty mialohan'gny androny. Ze maty amin'gny faha zato tao dra
hevery ho olo maty tanora. Ze sy mahatratry gny faha arivo tao dra hevery ho voaozo. 21Hanory tragno ereo ka
hitoboky ao amin'izeho, dra hamboly voaloboky dra hihina gny vihiny.22Sy hagnory tragno sasy ereo ka gny hafa
gny hitoboky ao amin'izeho; sy hamboly ereo dra gny hafa gny hihina; fa gny andron'gny hazo misiry gny ho
andron'gny vahoakiko. Gny voafiliko dra hisitraky feno gny asan'gny tagnany.23 Sy hiasa maiky ereo, na hiteraky
so hapitahosy. Akory ereo vo reo taranany ddra zanak'ireo ze voatahin'i Yaveh.24Mialohan'gny hitovakan'ereo, dra
hamaly Zaho; vo no mbo eo am-pizaka ereo, dra hiteno Zaho. 25Gny amboadia vo gny zanak'agnondry dra hiraky
hiraoky, vo gny liona hihina mololo manahaky gny agnomby; fa botany gny ho sakafon'gny bibilava. Sy handrasy
na hamotiky egny amin'gny tendrombohisiko sasy ereo" ho Yaveh.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 66

[1]Zeho gny zakan'i Yaveh ho: 'Gny lagnisy gny seza fiandrianako, vo gny tany gny fitoeran-tomboko, eza se gny
fasange ze haoriniha ho Anahy? Eza gny toera ze ahafahako miala rokaky?[2]Gny tagnako gny nanao reo raha aby
reo; zeho gny nahavy regny raha regny hisy_zeho gny fagnambaran'i Yaveh. Zao gny olo ze ekeko, ze torotoro
sady manengy am-panahy, vo ze mangitakitaky amin'gny zakako.[3]Ze mamono agnomby dra mamono olo avo koa;
ze manao soro gny zanak'egnondry dra manapaky gny vozon'amboa; ze manolosy fagnatisy hoany dra manolosy
ran-kisoa; z manolosy ditin-kazo magnisy ho fahasiarova dra misaosy gny faharasia. Nisafily reo lalany ereo, dra
nangalaky fahafinareta tamin'ireo fahavetavetany.[4]Manahaky anizeho koa gny hisafidianako gny fatrokafa
andreo avo; hoandesiko eo amin'ereo ze hatahorany, akory nofa nitoka Zaho, dra sy nisy ndre raiky aza dra
niteno. Nanao ze rasy teo amasoko ereo, sady nisafily gny hanao ze raha napahory Anahy."[5]Mitenoa gny zakan'i
Yaveh, hanao ze mangovidy amin'gny zanaky ho: "Reo rahalahiniha ze malay vo magniliky aniha nohon'gny
agnarako nizaka ho: 'Aoky homem-boninahisy i Yaveh, dra ahita gny hafalianiha Izy,' fa ho megnasy ereo.[6]Gny
feon'aly mitabataba dra boaky agny amin'gny tana, feo baoky ao amin'gny tepoly, gny feon'i Yaveh mamaly reo
fahavalony.[7]Tamy bo miesi-zaza izy, dra teraky; mialohan'gny fahararia ho eo aminazy, dra niteraky zazalelahy
izy.[8] Ia gny nahare raha manahaky anizeho? Ia gny fa nahita zaha manahaky anizeho? Sa ra ho teraky agnaty
andro raiky gny tany? Afaky hiory agnatin'gny fotoa raiky gny firene? Tamy bo sy nihesi-zaza i Ziona, dra fa
niteraky reo zanany.[9]Sa ra manday zaza amin'gny fahavonognan'gny fahateraha Zaho dra sy manenga gny zaza
ho teraky?_nagnotany Yaveh. Na nanday zaza amin'gny fotoan'gny fiteraha dra hapihery anizeho?_magnotany
Zagnahariniha."[10]Mifalia mindray amin'i Jerosalema dra mifalia ho anazy, Handrareo aby ze tia anazy; mifalia
mindray aminazy, handrareo aby ze malahelo anazy![11] Fa hiteza hanao dra ho afapo; hapiegneny eo amin'ireo
nonony hanao; fa hino zeho amin'gny hafenoa vo fahafinaretan'gny voninahiny be hanao.[12]Zao gny zakan'i Yaveh:
"Handeha hapiely gny fagnambina manera anazy manahaky gny renirano Zaho, vo gny haren'gny firene
hanahaky gny loharano mitondraky. Hinono amin'gny ilany hanao, ho eo an-sandriny, dra ho ahindrahindra eo
amin'ireo pokopokony.[13] Manahaky gny akaherezan'gny reny gny zanany, noho hakaherezako aniha, vo
hakaherezy hanao ao Jerosalema."[14]Hahita anizeho hanao, dra hifaly gny foniha, vo gny tolaniha hisimoky
manahaky gny ahi-maiso. Hapahafatarin'i Yaveh reo panopony gny tagnany. Fa hapiseho gny hahoriany hanohisy
reo fahavalony Izy.[15]Fa ingo, avy mindray amin'gny afo, vo avy manahaky gny tafio-drivosy reo kalesiny so
handay gny hafanan'gny hahoriany vo gny fizakany fatrasy miaraky amin'ireo lelan'afo. [16]Fa hanao gny fisara
amin'gny olombelo amin'gny alalan'gny afo vo gny mesany Izy. Ho maro reo ze hovoavonon'i Yaveh.[17]Magnamasy
gny vatany sady magnalio gny vatany ereo, dra afaky milisy ao an-saha, magnaraky gny raiky ze eo agnivony
mihina nofon-kisoa vo reo raha vetaveta manahaky gny voalavo." Ho avy amin'gny fiafara ereo _zeho gny
fagnambaran'i Yaveh."[18]Fa fatako reoasany vo reo eriseriny. Ho avy gny fotoa no fa hamory tro firene vo reo
fizaka aby Zaho. Ho avy ereo dra hahita gny voninahisiko. [19]Hametraky famatara mahery eo amin'ereo Zaho.
Boakeo dra handefa reo sisa sy maty baky amin'ereo agny amin'ireo firene Zaho: Agny Tarsisy, Pola, vo Lydia,
pandefa zana-sipiky ze magnenza reo sipikiny, Amin'i Tobala, Javana, vo reo amoron-siraky alavisy ze sy
nanehoan'ereo Anahy na nahitany gny voninahisiko.Hagnambara gny voninahisiko manera gny firene ereo.
[20]Hapihey reo rahalahinao aby hiboaku reo firene aby ereo, manahaky gny fagnatisy ho an'i Yaveh. Ho avy
amin'gny sovaly, vo agnatin'ireo kalesy, agnatin'ireo filanza, ambonin'ireo apondra, vo ambonin'ireo rameva, ho
agny amin'i Jerosalema tendrombohisiko masy_ho Yaveh. Fa gny vahoakin'i Israely dra handay fagnatisy vary
agnaty lasety malio ho ao am-pasangen'i Yaveh.[21] Ndre gny ilany amin'ereo aza dra hofiliko ho pisoro vo Levita
_ho Yaveh.[22]Fa manahaky reo lagnisy vaovao vo tany vaovao ze hahiko dra hitoby eo agnatrehako_zeho gny
fagnambaran'i Yaveh_dra hitoby eo reo taranakiniha, vo hitoby eo gny agnaraniha. [23]Fa amin'gny vola raiky ka
hatramin'gny magnarany, dra gny Sabata raiky ka hatramin'gny magnaraky, ho avy hiankoho Aminahy reo olo
aby_ho Yaveh.[24]Hiboaky ereo dra hahita reo fatin'olo ze nikomy hanohisy Anahy, fa gny kankana ze mihina
andreo dra dy ho faty, vo gny afo ze handevy andreo dra sy ho voavono; dra ho dikidiky ho an'gny nofo aby
zeho."

# Jeremiah

Chapter 1

[1]Tahoky gny zakan'i Jeremia zanak'i Hilkia, raiky amin'ireo pisoro tao Anatota tao amin'gny tanin'i benjamina.
[2]Avy taminazy gny zakan;i Yaveh tamin'gny andron'i Josia zanak'i Amona, pazakan'i Joda, tamin'gny fahatelo


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

amby folo tao nanzakany. [3]Avy avo koa zeho tamin'gny andron'i Joiakima zanak'i Josia, pazakan'i Joda,
hatramin'gny vola fahadimy tamin'gny tao faharaiky amby folo nanzakan'i Zedekia zanak'i Josia, pazakan'i Joda,
nofa nala ho gadra gny vahoakin'i Jerosalema.[4]Avy taminahy gny zakan'i Yaveh, manao ho: [5]" Talohan'gny
nanaovako aniha tao am-bohoky, dra fa nifily aniha Zaho; talohan'gny niboahaniha tao am-bohoky dra fa
natokako hanao; dra fa nanao aniha ho paminany amin'ireo firene Zaho." [6]"Oh, ry Yaveh Tompo!" Ho zaho ho: "
Sy mahay miresaky zaho, fa mbo tanora loasy."[7]Fa i Yaveh nizaka taminahy ho: " Ka manao ho 'tanora loasy zaho.'
Fa sy mainsy mandeha hanao ndre eza ndre eza hagnirahako aniha, dra sy mainsy mizaka ze iaby handiliako
aniha hanao! [8]Ka matahosy andreo, fa miahy aniha so hamonzy aniha Zaho--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh."[9]Vo
dra naninzisy gny tagnany i Yaveh, nikasiky gny vavako, dra nizaka taminahy ho: "Androany, fa napetrako eo am-
bavaniha gny zakako. [10]Androany Zaho dra manendry aniha eo amin'ireo firene vo eo amin'ireo fanzaka, so
hagnombosy vo handrodaky, so handripaky vo handrava, so hagnory sady hamboly.[11]Avy taminahy gny zakan'i
Yaveh, manao ho: ' Ino gny hitaniha, ry Jeremia?" Ho zaho ho: " Mahita rasan-kazo amygdala zaho." [12]Ho i Yaveh
taminahy: " Fa nahita soa hanao, fa mitandry gny zakako Zaho so hahatateraky anizeho."[13]Avy taminahy
fagnindrony gny zakan'i Yaveh, manao ho: " Ino gny hitaniha?" Dra ho zaho: "Vilagny mahama gny hitako, ze
mangotraky gny tapony, mitongila magnavarasy." [14]Ho i Yaveh taminahy ho: "Hisokasy lat'agny avarasy amin'ize
iaby mony ao amin'iho tany iho gny loza.[15]Ambaran'i yaveh, fa hitoka gny foko aby lat'agny avarasin'gny fanzaka
Zaho. Ho avy ereo, dra gny iaby dra hametraky gny seza fiandrianany eo amin'gny vavahady filira ao Jerosalema,
hanohisy reo fefy aby magnodidy anizaho, sady hanohisy reo tanan'i Joda aby. [16]Zaho dra hanogno lilim-pisara
hanohisy andreo noho gny faharasian'ereo aby tamin'gny fahafoiza Anahy, amin'gny fangoroa ditin-kazo magnisy
ho an'ireo zagnahari-kafa, vo amin'gny fanopoa reo ze namboarin'gny tagnan'ereo avo.[17]Aoky ho vono gny
vataniha! Misangana dra zakao andreo ze iaby nandiliako aniha. Ka torotoror magnoloa andreo, so hanorototo
aniha magnoloa andreo Zaho![18] Ingo! Androany Zaho dra fa nanao tana voaaro fatrasy, vo andry vy, vo fefy saba
hanohisy gny tany manotolo ho aniha--- hanohisy gny pazakan'i Joda, reo manam-pahefany, reo pisorony, vo reo
olo amin'gny tany. [19]Hialy hanohisy aniha ereo, fa sy haharesy aniha, fa hianhy aniha Zaho so hamonzy aniha---
zeho gny fagnambaran'i Yaveh."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 2

[1]Avy taminahy gny zakan'i Yaveh, manao ho: [2]" Mandehana dra magnambara amin'i Jerosalema. Mizaka ho:
"Zeho gny zakan'i Yaveh: Nahasiaro gny agnaraniha Zaho tamin'gnu sy fivadiham-pahatokianiha tamin'gny
fahatanoraniha, gny fitiavaniha tamin'gny fotoa nivaliasika, nofa nagnaraky Anahy tagny an'efisy hanao, dra gny
tany ze sy namafaza. [3]Israely dra natoka ho an'i Yaveh, reo voloham-bokasy gny vokany! Ze iaby mihina
amin'ireo voloham-bokasy dra nomelohy; avy tamin'ereo gny loza--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh.[4]Tenoy gny
zakan'i Yaveh, ry fianakavian'i Jakoba vo ry fianakavian'Israely aby. [5]Zeho gny zakan'i Yaveh: " Ino gny olan'gny
razambendrareo Aminahy, gny niala lavisy tammin'gny fagnaraha Anahy ereo? dra lasa nagnaraky sapy sy misy
dikany vo lasa sy misy dikany ereo? [6]Ereo dra sy nizaka ho: 'Eza i Yaveh, ze nanday anay niakasy lat'ao amin'gny
tany Egypta? Eza i Yaveh, ze nitariky anay tagny an'efisy, tao amin'gny tanin'i Arahaba vo gny lavaky, tao
amin'gny tany hay vo gny ezim-pito, tagny raiky ze sy misy ndre ia ndre ia mandalo sady sy misy mitoesy?'"[7]Fa
nanday andrareo tagny amin'gny tany Karmela Zaho, so hihina gny vihiny vo reo raha soa hafa! Fa nofa avy
handrareo, dra nilotondrareo gny taniko, nahindrareo fahavetaveta gny lovako! [8]Gny pisoro dra sy nizaka ho:
'Eza i Yaveh?' vo reo manam-pahaiza manoka amin'gny lalagna dra sy midary gny mahakasiky Anahy! Reo
piaraky agnondry nanota taminahy. Reo paminany naminany ho an'i Bala dra nagnaraky reo raha sy mahasoa.
[9]Dra bo hiapanga andrareo hatragny Zaho--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh--- dra hiapanga reo zanaky gny
zanandrareo Zaho. [10]Fa miepita egny amin'gny sisin'i Kitima dra atio. Mandefasa panday hafasy ho agny Kedera
dra taliavo sady atio no bo nisy raha manahaky tiky taloha. [11]Nifanakalo zagnahary se gny firene, ndre dra sy
zagnahary aby aza reo? Fe gny oloko dra nanakalo gny voninahis'ereo tamin'gny raha ze sy afaky manapy
andreo.[12]Mihovisovisy gny lagnisy noho zeho! Aoky ho tofosy sady hihorohoeo--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh.
[13]Fa nanao rasy ro taminahy gny vahoakiko: Ereo dra nahafo gny loharanon'gny ranovelo, nihaly famorian-drano
ho an'gny vatan'ereo, dra namaky famorian-drano ze sy mahata rano aby.[14]Sa andevo ra Israely? Teraky tao
amin'gny tragnon'gny tompony ra izy? Dra nagnino izy gny nazary pandroba? [15]Nierosy taminazy gny liona
tanora. Nitabataba fatrasy ereo dra nanao gny taniny dra mahasiravy. Rava reo tanany dra sy nisy pony. [16]Gny
vahoakiko tao Memfisa vo Tapanesa avo koa dra hanarasy gny karan-doha. [17]Sa sy nanao zeho tamin'gny
vataniha ra hanao nofa nahafo an'i Yaveh Zagnahariniha, no bo nitariky aniha tamin'gny lala Izy?[18]Dra androany,
nagnino gny mandeha amin'gny lalal ho agny Egypta vo mino gny ranon'i Sihora? Nagnino gny mandeha
amin'gny lalan'i Asyria sady mino gny ranon'gny Onin'i Eofrata? [19]Mandasa aniha gny harasianiha, magnasazy
aniha gny fivalihaniha. Dra diniho zeho sady takaro fa nofa mahafo an'i Yaveh Zagnahariniha hanao dra rasy
sady mafaisy zeho, dra ka matahosy Anahy--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh Tompon'gny maro.[20]Fa nanapaky gny
zioganiha ze nanagnaniha tamin'gny andro taloha Zaho; fa namaha reo gadraniha Zaho. Fa bo mizaka hatragny
hanao ho: 'Sy hanopo zaho! akory bomiankohoky amin'gny havoa aby aby vo egny ambany hazo mandravy aby
hanao, ry pizangazanga. [21]Manahaky gny voaloboky nisafidiana gny namboleko aniha, boaky amin'gny vihy soa
kokoa. Tamin'gny fomba akory gny nanova gny vataniha ho rasy, ho voaloboky rasy?[22] Fa ndre magnalio gny
vataniha amin'gny ony namanasa gny vataniha amin'gny savony mahery aza hanao, dra loto eo agnatrahako gny
helokiniha--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh Tompo.[23]Akory gny ahafahaniha mizaka ho: 'Sy maloto zaho! Sy
nandeha nagnaraky an'i Bala zaho'? Atio ze nahiniha tao amin'ireo lohasaha! Diniho ze vitaniha--- rameva vavy
malaky fandehana mihazakazaky etiky vo ero hanao, [24]ampondradia zasy tany efisy, ze manimbolo hifoky rivosy!
Ia gny afaky hanaka gny fagniriany? Amin'gny fotoa fahatairany dra sy misy lahy mila magnaraky anazy; fa
hahita anazy ho anazy ereo. [25]Sy mainsy feheziniha gny tomboniha nofa sy mana kapa vo gny tendaniha nofa
mangetaheta! Fa nizaka hanao ho: 'Sy misy fagnatena zeho! Aha, tiako reo vahiny dra mandeha magnaraky
anazy regny zaho!'[26]Manahaky gny fahafaham-barakan'gny pangalasy nofa hita izy, gy hahafa-baraka gny
hasaveregnan'Israely--- ereo, gny pazakan'ereo, reo andrian-dahiny, reo pisorony vo reo paminaniny! [27]Reo gny
mizaka amin'gny hazo ho: 'Hanao gny rako', vo amin'gny vato ho: 'Hanao gny niteraky anahy.' Fa gny
lamosin'ereo gny magnatriky anahy fa sy gny tarehin'ereo. Ndre dra zeho aza, dra mizaka ereo amin'gny
fotoan'gny ola ho: 'MIsangana dra vonzeo zahay!'[28] Eza reo zagnahary nahindrareo ho an'gny vatandrareo? Aoky
ereo hiary no magniry gny hamonzy andrareo amin'gny fotoan'gny olondrareo, fa gny isan'gny tanandrareo dra
mitovy amin'gny isan'gny sapindrareo, ry Joda![29]a nagnino handrareo gny niapanga Anahy amin'gny fanaova gny
sy mety? Fa nanota taminahy aby handrareo aby--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh. [30]Raha fahatany gny
nagnafatrarako gny vahokiniha. Gny mesandrareo dra nandrapaky reo paminaniha manahaky gny liona
pandrava! Handrareo ze an'itiky taranaky tiky! [31]Tandremosoa gny zakako, dra gny zakan'i yaveh! Fa tany efisy
tamin'Israely se zaho? Na tanin'gny hezim-pito laliky? Nagnino gny vahoakiko gny mizaka ho: 'Ndao sika
hirerirery,sy handeha aminiha sasy zahay'?[32]Hagnadigno gny firavany se gny viriziny, vo gny apakary gny


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

voaliny? Fa andro sy hita isay ze gny nagnadinoin'ereo Anahy! [33]Akory gny hasoan'gny lalaniha hitalia fitia. Fa
napianasy gny lalaniha tamin'gny apela rasy fagnahy aza hanao. [34]Fa hita tegny amin'gny akazoniha gny lion'gny
ain'ize sy manan-signy, gny an'gny olo mahantra. Sy hita nanao asa fandroba reo olo reo.[35]Fa ho koa hanao ho: 'Sy
manan-signy zaho, fa niala taminahy vatany hahoriany.' Fe ingo! Zaho dra hisara aniha noho gny fizakaniha ho:
'Sy nanota zaho.' [36]Nagnino gny hagnamevagnaniha itiky fiova tamin'gny fombaniha tiky? Ho diso fagnatena
amin'gny Egypta avo koa hanao, manahaky gny tamin'i Asyria.[37] Ho kivy avo koa hanao boky ao, mindray
amin'gnu tagnanoha eo an-dohaniha, akory i Yaveh fa nanda reo ze nitokisaniha, dra sy ho apian'ereo hanao."

 

Chapter 3

[1]"No misy lelahy raiky misaraky amin'gny valiny dra miala aminazy izy dra lasa vlim'olon-kafa, dra bo hihery
aminazy ndraiky se izy? Sy haloto be se zeho tany zeho? Fa niay manahaky gny pizangazanga ze mana sakeza
maha hanao; dra bo hihery aminahy?--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh. [2]Apekariko agny amin'ireo momba gny
masoniha dra atio! Misy toera bo sy naresaniha ara-nofo ansokosoko se? Teo amorondala hanao gny nitoboky
nandigny gny sakezaniha, sahala gny Araba agny an'efisy. Fa nilotoniha tamin'gny fizangazanganiha vo gny
faharasianiha gny tany.[3]Dra nitohagna gny loharano dra sy nazary gny fara-ora. Fa gny tarehiniha miavognavo,
manahaky gny tarehin'apela mahasiravy. Nialviniha gny hasapa hegnasy. [4]Bo fa nitoka anahy se hanao zeho ho:
"Ry rako! Gny namako mariny boaky amin'gny fahatanorako! [5]Dra ho ory aminahy avo se izy? Dra ho tananany
hatramin'gny farany se gny hahoriany?' Ingo! Zeho gny fa nizakaniha, fe ahiniha gny rasy aby afaky
ahiniha!"[6]Dra ho Yaveh taminahy tamin'gny andron'i Josia pazaka: "Fa itaniha se zay fivaliha nahin'gny Israely?
Dra niakasy nanera gny havoa abo aby izy teo ambany ala mikitroky, vo tagny gny nanaovany manahaky gny
fizangazanga. [7]Ho zaho: 'Afaran'gny anaovany zeho raha aby zeho, dra hihery aminahy izy,' fe sy nihery izy.
Bokeo gny anabavin'i Joda pivaliky nahita reho raha reho.[8]Koa dra hitako fa, tamin'gny fomba mitovy gny fa
nizangazangan'Israely pivaliky sady fa nandroaky anazy zaho dra fa nomeko hanohisy anazy gny vavan'gny
fisaraham-panambalia, gny anabavin'gny Joda pivaliky sy ba natahosy; niboaky avo koa izy dra nanao manahaky
gny fizangazanga; [9]sy nisy dikany taminazy gny fizangazangany; nitety gny tany izy; dra nanao fagnisakisaham-
baly tamin'ireo vato vo hazo izy.[10] Vo tafaran'izeho iaby zeho, gny anabavin'i Joda pivaliky dra nihery taminazy, sy
tamin'gny fony aby, fa tamin'gny vandy--- zehi gny fagnambaran'i Yaveh."[11]Dra nizaka taminahy Yaveh ho: "Mary
kokoa noho gny Joda pivaliky gny Israely pivaliky! [12]Mandehana dra ambarao agny avarasy reo zaka reo. Zakao
ho: "Miheregna, ry Israely pivaliky! --- zeho gny fagnambaran'i Yaveh! --- sy ho ory amindrareo foa Zaho.
Hatramin'ize mahapatoky Anahy--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh--- sy hizano ho ory mandrakizahy zaho.[13]Aoky
hanao hieky gny helokiniha, akory fa nanota tamin'i Yaveh Zagnahariniha hanao; fa nizara gny fombaniha
tamin'ireo vahiny ambany gny hazo midoroboky aby! Akory hanao sy niteno gny feoky! --- Zeho gny
fagnambaran'i Yaveh. [14]Miheregna, ry vahoaky manam-pinoa! --- zao gny fagnambaran'i Yaveh --- Zaho gny
valindrareo! Halaiko handrareo, gny raiky boky amin'gny tana vo gny ro boaky amin'gny fianakavia, dra ho
andesiko agny amin'gny Ziona hanadrareo! [15]Homeko piaraky agnonfry araky gny foko handrareo, vo hiamby
andrareo amin'gny fahaiza vo halalignan-say ereo.[16]Vo zao gny nitranga, hitombo hanao sady handay voankazo
agny amin'gny tany amin'izeho andro zeho --- zeho gny fagnambaran'i Yaveh--- sady dra hizaka avo ereo ho: "Gny
fiaran'gny faneken'i Yaveh!" Zeho raha zeho dra ho avy ao am-pon'ereo avo na ho saroa; sy ho banga zeho, sady
gny raiky hafa sy ho vita.'[17]Amin'iho fotoa iho dra hagnambar mahakasiky an'gny Jerosalema ereo ho: 'Tiky gny
seza fiandrianan'i Yaveh,' vo reo firenen-kafa aby dra hivory agny Jerosalema amin'gny agnaran'i Yaveh. Dra
handeha amin'gny hamafisan-dohan'gny faharasian'gny fony avo ereo. [18]Amin'izeho andro zeho gny
hasaveregnan'gny Joda dra handeha ao amin'gny hazaveregnan'gny Israely. Dra hindray avy agny amin'gny tany
avarasy ereo magnagny amin'gny tany ze nomeko gny razambendrareo ho lova.[19]Fa aminahy, ho zaho ho:
"Endrey gny fagniriako hagnome voninahisy aniha manahaky gny zanadahiko vo hagnome aniha tany soa, lova
soa loasy noho ze an'gny firenen-kafa! Sy mainsy hizaka zaho ho: "Hitoka anahy hanao ho: " Rako". Dra nizaka
zaho ho sy tokony nivaliky tamin'gny fagnaraha anahy handrareo. [20]Fe manahaky gny apela mahatoky gny valiny,
fa namadiky Anahy hanao, ry hasaveregnan'Israely--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh."[21]Re tegny amin'ireo tany
lemaky gny feo, gny tomagny vo gny fiangavian'gny vahoakin'Israely! Fa nagnova reo fombany ereo, fa
halignon'ereo Yaveh Zagnaharin'ereo. [22]"Miheregna, ry vahoaky sy manam-pinoa! Ho sitragniko amin'gny fitaky
handrareo." Ingo! Ho avy agny Aminiha zahay, fa Hanao gny Yaveh Zagnaharinay![23]Ho avy egny amin'ireo havoa
vatany reo vandy, gny feo mapisafotofoto boaky amin'ireo tendrombohisy; Yaveh Zagnahary vatany gny
famonzen'Israely. [24]Fa nanimba gny asan'gny razambe asika Reo sapiny mahamegnasy--- reo agnondry aman'osy
vo gny biby fitezan'ereo, reo zanadahy vo zanakapelan'ereo! [25]Engao zahay handry eo amin'gny fahamegnara.
Andrakosy anay ra gny hegnasinay, fa nanota tamin'i Yaveh Zagnaharinay zahay! Zahay vatanay vo gny razambe
anay, tamin'gny fotoan'gny fahatanoranay dra hatramin'izeho andro zeho, dra bo sy nahare gny feon'i Yaveh
Zagnaharinay!"


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 4

1" No mihery hanao, ry Israely--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh--- dra Aminahy gny tokony hiheregnaniha. No
halailina sy ho eo agnoloako reo raha maharikoriko vo sy hiala eo aminahy ndraiky hanao, 2 dra aoky hanao ho
feno fahamarigna, hahisy, vo ho mary nofa mifata ho: 'No bo velo koa Yaveh.' Dra ho sambasy ao aminazy reo
firene, vo ao aminazy gny hagnomezan'ereo voninahisy." 3 Fa zeho gny zakan'i Yaveh amin'gny olo kiraikiraiky
tao Joda vo Jerosalema: 'Gny taniniha avo gny hasao, sady ka mamafy egny amin'gny silo. 4Forao ho an'i Yaveh gny
vatandrareo dra alao gny holisy magnasarp gny fondrareo, ry lelahin'i Joda vo ponin'i Jerosalema, no sy zeho dra
hiboaky sahala gny afo gny hahoriako, dra hirehisy sy misy hamono anazy, nohon'gny faharasian'gny asandrareo.
5Tatero agny Joda dra aoky zeho ho re ao Jerosalema. Zakao ho: "Sofy eo amin'gny tany gny asiva." Torio ho:
"Mivoria. Ndao sika hagnagny amin'ireo tana voaoaro." 6Asandrato gny say famatara dra ahivo manondro an'i
Ziona zeho, dra milefasa hitalia ferova! Ka mizano, akory handay loza boaky agny avarasy Zaho vo fandrodagna
lahibe. 7Misy liona hiboaky boaky ao an-kirihiny sady fa mienga gny olo ze handripaky gny firene. Manenga gny
toera izy bo handay horohoro eo amin'gny taniniha, hamadiky reo tanandrareo ho faharava, ze sy hisy hitoboky.
8Noho zeho, rakofy lamba fandala gny vataniha, mitomania dra midradradradra. Fa sy niala tamisika gny
herin'gny hahorian'i Yaveh. 9Dra hitranga zay amin'izay andro izao gny fagnambaran'i Yaveh--- dra ho ketraky gny
fonigny pazaka vo gny pifehiny. Hihoron-kolisy reo pisoro, dra hivarahonsa reo paminany."' Dra ho zaho ho: "Oh!
Ry Tompo Yaveh. NAmitaky tiky vahoaky tiky vo Jerosalema vatany Hanao tamin'gny fizaka ho: 'Hisy fiadagna ho
andrareo.' 11amy zay fotoa zay dra hp zaka amy tihô boroza itiho hô :'' Hisy sioky magnoro laha tagny amy
lemak'irek'eo efosy hanao gny lalany ho agny amy zanakapelany oloko. Sy hikororoky na hagnalio anazy reo zay.
12Hisy sioky mahery lavitsy noho zay ho avy amy fibaikoako , dra hagnome sazy anazy reo zaho. 13Indro, mamely
manahaky gny raho izy,dra manahaky gny tafiotra gny kalesiny. Manakim-pandeha noho gny voromahery gny
sovalany. Loza ho atsika , fa ho rava isika! 14Liovy hiala amy faharasia gny fonao ry Jerosalema ba ho avotsy
ianao. Ho Mandraky ombia gny fihevitrao laliky be no ho amy fahota? 15Fa nisy feo ninday vaovao lahatagny
Dana, dra gny loza ho avy dra lahatagny an-tendrombohis'i Efraima. 16Atovy sainy gny firenena zao: Indro,
ambarao amin'i Jerosalema fa misy mpanao fahirano ho avy avy agny an-tany lavitsy ba hihiaky aly amy tanan'i
Joda. 17Hanahaky reo mpiamby magnodidy gny saha fambolea izy reo hanohisy anazy, satria fa nikomy nanohisy
anahy izy-zay gny fanizakan'i Yaveh- 18dra gny fitondran-tenandrareo vo gny asandrareo dra nahavy reo raha reo
tamindrareo. Zay gny ho famezigna andrareo. Mandanginy tokoa zay! Handona gny fondrareo mihitsy zay. 19Ry
foko! Ry foko! Matahosy gny ao am-poko. Mangorohoro ato agnatiko gny foko. sy afa-mangina zaho satria reko
gny feon'anjomara, fanairana ho amy aly. 20Gny loza ombany loza; fa mitoesy amy faharava gny tany manontolo.
Tampoky teo dra rava gny laiko, vo gny lambako tao agnatiny fotoa bory. 21Ho mandraky ombia no ahitako gny
raha mitovy amin'izay? Lafa reko gny feon'anjomara? 22Fa gny fahadalany oloko-sy mahalala anahy ereo.
Vahoaky molamola ereo dra sy mana fahazava-say . Kinga amy ratsy ereo, saiky sy mahay manao gny soa. 23Hitako
gny tany. Indro! Sy nisy poziny sady rava zay. Fa sy nisy fahazava ho agny lagnitsy teo. 24Nitalaky gny
tendrombohisy zaho.Indro, nangitikitiky ereo , dra gny havoa dra nihovosovosy. 25Nagnety zaho. Indro, sy nisy na
iza na iza, dra gny vorony lagnitsy aby dra nilomahy avo koa. 26Nagnety zaho.Indro , tagny efisy gny tanim-boly
dra gny tana dra voasito nizoso teo anatrehan'i Yaveh, teo anatrehany fisafoaky gny fahoriany.''27Zao gny zakan'i
Yaveh:''Ho avy gny faharava avo koa gny tany iaby, Saiky sy ho torotoro tateraky zay. 28Noho zay atony zay, dra
handala gny tany , dra gny lagnitsy agny agnambo dra hihamezy. Fa nambarako gny fikasako; sy hihemosy zaho;
sy hivaliky amy fanatateraha anazy reo zaho. 29Handositry amy kotaban'i mpitiki-sovala vo gny mpandefa tsipika
miaraky amy zana-tsipika gny tana iaby; hilomalomay ho agny agn'ala ereo. Gny tana aby dra hianika egny amy
toera feno vatovato;ho rava reo tana , satria sy hisy olo hony ao amin'ereo. 30Dra amizao gny fanirava ianao, ino
no ho ataonao? Fa na dra miakazo jaky avo ianao, mipozea firavaky volamena, dra magnabe kokoa gny masonao
amy loko, reo lelahy ze nisiririsy anao dra fa nanda anao izao. Fa dra, mitalia hifofo gny ainao ereo. 31Fa dra reko
gny feony fangirifiria, fahoria manahaky amy fahaterahany zaza voloahan-teraky, dra gny feony zanakapelan'i
Ziona. Misefosefo izy. Mamelasy gny tagnany izy ho: 'Loza ho anahy! Ketrak'ireo mpamono olo zaho.'"


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 5

[1]''Milomalomay maneran'ireo lalan'i Jerosalema ; mitaliava avo koa egny an-kiazany tanany. Dra diniho vo
eritsereto gny momba anizao: raha mahita olo na iza na iza manao gny marina dra miezaky mandeha am-
pahatkia, dra hamela an'i Jerosalema zaho.[2]Na dra mizaka aza ereo ho:'Raha bo velo Yaveh,'dra manao fianiana
diso ereo.''[3]Ry Yaveh, moa gny masonao sy magnety fahamarinana? Mamely gny olo ianao, nefa sy mahasiaro
fangirifiria ereo. Nandresy tateraky anahy reo ianao, nefa sy bo mety madray fitsipiky ereo. Manao gny tavany ho
fatrasy noho gny vato ereo, satria manda sy hibebaky.[4]Ka hoy zaho ho:''azo atoky fa olo majaly avo reo. Adala
ereo ,satria sy mahalala gny lalan'i Yaveh, na reo lalan'Agnahary izy reo. [5]Handeha ho agny amy olo agnambo
zaho dra hagnambara gny hafats'Agnahary amin'ereo, fa farafarasiny ereo mahalala gny lalan'i Yaveh, reo lalany
Agnahariny.''Kanefa niara-nandrava gny ziogany izy iaby;nanapaky gny ravaky vy ze namaheany anazy reo
tamin'Agnahary izy iaby.[6]Noho zay dra hisy liona laha tao agnatiny kirihitrala hanafiky anazy reo. Hisy amboadia
laha tagny Arabaha handrava anazy reo. Hisy leoparda mivony ho avy hanohisy gny tananan'ereo. Zay mandeha
agny ambaliky gny tanan'ereo dra ho rava. Fa mitombo gny fandokan-dalan'ereo. Sy misy fetra gny asa
fivalihan'ereo.[7]Nanao akory zaho gny tokony hamela anereo olo reo?Nagnenga anahy reo zanakao dra nanao
fianiana tamin'ireo ze sy zagnahary. Namaha feno anazy reo zaho,fa nizangajanga feno dra nandeha maro an'isa
tany amin'ereo tragnony mpivarotegna. [8]sovala ao agnatiny fahararia ereo. Nirioriote hiray ereo. GNy lahy
kirairaiky dra samy nihiaky tamy valiny mpiara-mony anazy aby.[9]Koa sy tokony hagnasazy anazy reo se zaho-zay
gny fanambaran'i Yaveh-dra sy tokony hanao valifaty amy firenena manahaky anizay se zaho?[10]Miakara egny
amy tanim-boalobony mifefy dra torotoroy.Fa ka mamotiky tateraky anazy reo. Alao gny volobok'ereo satria sy
avy amin'i Yaveh reo voloboky gny taranak'Israely vo Joda-zay gny fagnambaran'i Yaveh. [12]Niresaky diso
momban'i Yaveh ereo dra hoy ereo ho:''Sy hanao na ino na ino Izy; sy hisy rasy ho avy amisika, dra sy hahita
sabasy na mosary isika. [13]Ho avy sioky reo mpaminany, sy ao amin'ereo gny zaka,ko ao ho atao amin'ereo ze
zakan'ereo.''[14]Noho zay Yaveh, gny Zagnahariny gny maro dra mizaka zao:''Satria nilaza anizay ianao, dra indro,
hatomboko ao am-bavanaro gny zakako.Hanahaky gny afo zay,dra itio vahoaky itio hanahaky gny hazo! Satria
handevo anazy reo zay. [15]Indro! handay firenena avy lavisy hanohisy andrareo zaho,dra taranak'Israely -zay gny
fanambaran'i Yaveh-firenena maharisy zay,firenena taloha!Zay dra firenena ze sy fatandrareo gny fizakany, na
ho azondrareo ze zakany.[16]Gny tragno-jana-tsipikany dra manahaky gny lolo misokaky.Miaramila avo koa izy
iaby.[17]Noho zay dra ho levo gny vokatsindrareo, gny zanakindrareo lahy vo ampela avo koa,dra gny
sakafondrareo.Hihina reo agn'ondry vo osy vo biby fitezandrareo ereo;hihina gny vokasy laha tamy voaloboky vo
hazon'aviavindrareo ereo.Handrava amy sabasy gny tana mifefindrareo ze itokiandrareo ereo.[18]Fa na dra
tamin'ireo andro reo avo- zao gny fagnambaran'i Yaveh-Dra sy manan-kevitsy gny hamotiky tateraky andrareo
zaho.[19]Fa gny mizaka iandrareo, ry Israly vo joba ho:'Nanao akory Yaveh Zagnharisika gny nanao anio araha iaby
io tamisika?'Dra laha teo ianao ,ry Jeremia, hizaka amin'ereo ho:'Manahaky gny nafozandrareo an'i Yaveh vo
nanompoandrareo zagnahary vahiny teo amy tanindrareo, dra sy maisy hanompo vahiny eo amy tany ze sy
andrareo avo koa iandrareo.'[20]Tony agny amy taranak'i Jakoba itiho dra ao ze ho ren'i Joda. Lazao ho:[21]''Tenoy
itiho, iandrareo ry vahoaky mola zay sy mana fahazava-say ; ze mana maso fa sy afa-mahita , dra mana sofy
iandrareo fa sy afa-mandre. [22]Sy matahosy anahy se iandrareo-zay gny fagnambaran'i Yaveh-na mampangitikitiky
manoloa gny tavako?Nametraky tora-pasiky nanohisy gny ranomasy zaho, lalana fa mihatra zay sy afaky dikaina
zay-na dra mikopakopaky gny ranomasy .dra sy bo mahadika anazy zay.Na dra mikopakopaky mierona aza zay
,dra sy hihoasy an'izay.[23]Fa mana fo fatrasy itio vahoaky itiho. Mivily agny amy fikomiana zay dra nagnenga.
[24]Satria izy reo dra sy nizaka tao am-pon'ereo ho :''Ao isika hatahosy an'i Yaveh Zagnaharisika, gny mitonday gny
ora-gny loha-ora vo fara-ora-amy fotoan'izay,mihazo reo herinandro voatondrony vokasy reo sy hitranga gny
helokindrareo. Nanaka gny soa ho avy amindrareo gny fahotandrareo.[26]satria hitako teo amign' ny oloko gny rasy
fagnahy. magnety manahaky gny olo mamisaky hanambosy voro izy reo; nametraky fandriky izy reo nanambosy
olo. [27]Manahaky gny agny feno voro, dra feno fitaky gny tragnon'izy reo. Dra mihamitombo izy reo dra lasa mana-
karena. [28]Niha natavy izy reo; namirapirasy amigny fahamandinana. Nisaky gny faharasia aby izy reo. Sy
mitaraina amigny raharahan'ny olo izy reo, na gny raharahan'ny kamboty. alamy izy reo na dre sy nagnome
rariny gny olo mitalia fagnapia aza. [29]Sy tokony hagnasazy anazy reo noho gny raha reo se zao__izay gny fizakan'i
Yaveh__dra sy hamaly faty gny firenena manahaky itiky se zaho?[30]Habibiana vo horohoro gny nitranga teo
amigny tany. [31]Maminany ami-fitaky reo paminany, dra manapaky amigny fahefany manokana reo pisoro.
Tian'ny oloko izay, fa ino gny hitranga amigny farany?'''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 6

[1]Mahita filaminana. ry vahoakin'i Benjamina amigny fagnanga an'i Jerosalema. Sofy ao tekoa gny Trompetra.
Mapiakara famatara manera an'i Beti-hakerema, satria misy faharasia miseho avy agny avarasy; misy
fanorotoroa lahibe ho avy. [2]Gny zanaky vavin'i Ziona, gny vehivavy vo malemy, dra ho torotoro. [3]Ireo
piarakandro agnondry vo gny osy reo dra handeha ho agny amin'izy reo; hanoby gny magnodidy anazy aby izy
reo; gny lelahy kiraikiraiky avy dra hiamby amigny tagnany manoka[4]Manolora vata amireo zagnahary ho
amigny aly. Misangana, handeha isika hanafiky amigny mitatao vovogna. Rasy loasy gny folakandro gny andro,
raha gny milasaky gny alokigny hariva. [5]Fa aoky sika hanafiky amigny hariva dra handrava reo ferova
fatrasy."[6]Fa Yaveh toponigny maro dra mizaka anizao: Tapaho gny hazony, dra mamboara tovo-tana hanohera
an'i Jerosalema. Io gny tana soa tafihy, akory feno fapahoria gnao. [7]Manahaky gny loharano mamoaky rano, dra
manohy mamokasy faharasia io tana io. Herisetra vo korota gny re ao aminazy; arety vo rasy mandrakariva gny
eo agnatrehanigny tavako. [8]Hagneo gny fisipiky, ry Jerosalema, raha sy zay dra hivaliky amindrareo zaho dra
handrava andrareo, ho tany sy misy ponina.""[9]Yaveh toponigny maro dra mizaka anizao: "Azo atoky manahaky
gny tanim-boaloboky ereo. Ahiziro ndraiky gny tagnanao ba hioty reo voaloboky egny amigny hazom-boaloboky.
[10]Amin'iza gny tokony hitaliliako vo hapitandremiko vo hiteno ereo? Ingo! sy voatapaky gny sofin'ereo; sy afaky
gny hifatokyereo! Ingo! Fa avy tamin'ereo gny zakan'i Yaveh ba hagnisian'anereo, fe seky sy taliavin'ereo zay."[11]Fa
zaho dra feno gny haorian 'i Yaveh. Rokaky gny mifahasy amizay zaho. Hoy izy taminahy ho: "Arosaho amireo
zaza egny an-dala vo reo pamaraky maro zay. Fa gny lelahy aby dra hala amigny valiny; dra gny zokiolon'aby fa
nahazo tao. [12]Gny tragnon'ereo dra hame gny hafa, miaraky amireo tany vo gny valin'ereo. Fa ho tafihiko amigny
tagnako gny ponina ao amigny tany__ zay gny fizakan'i Yaveh.[13]Nizaka Yaveh fa manomboky amigny masaisaiky
indrindra dra hatramigny lahibe indrindra, izy aby dra fatra-pitaliava harena amigny sy rariny.Manomboky
amigny paminany hatramigny pisoro, izy aby reo dra samy pamitaky. [14]Nagnasitrany gny ratran'ireo vahoako
mora fosiny izy reo, nizaka ho: ''Fiadagna! fiadagna!' tamigny sy nisy fiadagna tao.[15]Afa-baraka se izy ireo aby
nanao fametavetana? Sy afa-baraka izy reo;sy mahay mivara-mena izy reo! koa hiazera mindray amin'ireo lavo
izy ireo; ho andesy mizoso izy reo aby nisazy, hoy Yaveh.[16]Izao gny zkan'ny Yaveh : ''misagana eo amign'ny
sampaman-dala atiao; agnotanio gny lalana taloha.' Avy eo dra mandehana mandahana amin'izaho dra mitaliava
toera fialasasasy ho andrareo. Fa hoy gny vahoaky ho: 'Sy handeha izahay.' [17]Nitodro mpiamby ho andrareo zaho
ba hiteno gny trompetra. Fa hoy ereo ho:'Sy hiteno izahay.'[18]Noho zay,ry firenena, tenay!Indro,hijoro vavolombelo
amin'izay hitsanga amin'ereo inadrareo.[19]Tenoy,ry tany!Indro,handay loza eo amitio vahoaky itio zaho-gny
vokasy gny erirserisin'ereo.Sy nindary gny zakako na gny didiko ereo,fa nanda anizay.''[20]Mazary ino ho anahy gny
fiakarany ditin-kazo magnisy laha tagny Seba? Dre reo ngnembony malefaky laha tagny amy tany lavitsy? Sy
azoko eke gny fagnatisy oroandrareo,dre reo sorondrareo.[21]Ka nizaka anizao Yaveh ho:'Indro,hametraky saka
amitio vahoaky itio zaho.Ho tafitohy eo amin'izay ereo-miaraky ao ireo ray vo ireo zanadahiny.Ho ringana avo
koa reo mpony vo ireo mpiara-belo.'[22]Zao gny zakan'i Yaveh ho:'Indro, hisy vahoaky ho avy laha tagny amy tany
avarasy.Fa misy firenena lahibe fa nampirisihina ho laha tagny amy tany lavisy.[23]Hinday tsipika vo lefo ereo.Feno
habibia izy reo dra sy mana famindram-po.Manahaky gny fierony gny ranomasy gny feon'ereo,dra mitikisy
sovala mitan-dahasy manahaky gny lelahy mpialy izy reo,ry zanakapelan'i Ziona.''[24]Fa nahare gny vaovao
momba anazy reo izahay.Gny tananay dra lasa malemigny fahoria.Voasambosy gny fatahora manahaky gny
ampela minday vohoka izahay.[25]Ka miboaky egny amireo saka, dra ka mandeha egny aminazy reo lalana, akory
gny sabas'ireo fahavalo vo gny horohoro dra egny aby. [26]Ry zanakivavinigny olo, misikina lamba fandala dra
mihosegna eo amigny botany gny fandevegna ho anigny zaza toka. Atovy mafaisy ho anigny vatandrareo gny
fandevegna, akory ho avy tapoky eo amisika gny pandrava.[27]"Ry Jeremia, fa nanao anao ho pagnety gny vahoako
manahaky gny pisapa vy zaho, noho izay dra hagnadihady dra hagnety gny fomban'ereo hanao. [28]Izy aby reo gny
tena maheriloha faratapony amigny vahoaky, ze miroso amigny fagnendrikendreha an'ireo hafa. Izy aby reo dra
varahy vo vy, pandrabiraby. [29]Reo fisofa dra maikigny afo ze magnoro anereo; gny firaky dra levo agnatin'afo.
Nitohy gny famonia teo aminereo, fa sy misy dikany zay, akory sy bo niala gny rasy. [30]Ho tokavy ho volafosy sy
lany reo, akory fa nilagnin'i Yaveh."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 7

1 Izao gny zaka ze avy tamin'i Jeremia laha tamin'i Yaveh : 2 ''Mijoroa eo am-bava pefy gny tragnon'i Yaveh dra
ambarao itio zaka itio! Zakao ho:''Tenoy gny zakan'i Yaveh, Iandrareo ry Joda aby, iandrareo ze milisy ao
amin'ereo fefy reo ba hanompo an'i Yaveh. 3 Yaveh tompony gny maro, Zagnaharin'Israely, dra nizaka ho:amboaro
gny lalandrareo dra manova gny soa, dra hanohy gny hiay ao amin'itio toera itio zaho. 4 Ka mitoky amin'ereo zaka
mamitaky manao ho:''Tempolin'i Yaveh! Tempolin'i Yaveh! Tempolin'i Yaveh!'' 5 Fa raha manamboasy gny
lalandrareo tokoa iandrareo sady manao gny soa; raha tena magntateraky feno gny rariny eo amy olo vo gny
mpiara-belo aminazy tokoa iandrareo- 6 raha sy manararaosy gny mizano eo aminigny tany, reo kamboty, na reo
mpinday vata iandrareo dra ka mandasa-dran'olo sy mana-signy eo amin'izay toera zay,dra ka manaraky reo
zagnaharin-kafa ampahoria gny vatandrareo avo- 7 dra hamela andrareo hitoesy eo amin
8 Indro! Iandrareo dra matoky reo zaka fitaky ze sy magnapy andrareo. 9 Moa se andrareo mangalasy, mamono, vo
mijanganjanga? Mianiana amy fitaky se iandrareo dra manolosy litin-kazo magnisy ho an'i Bala dra magnaraky
reo zagnaharin-kafa ze sy bo fatandrareo? 10 Dra avy hijoro eo anatrehako ato amin'itio tragno itio ze nitokavy
amy agnarako se iandrareo dra izaka ho:''Avosy izahay,''ba ahafahandrareo manao reo fahavetaveta iaby reo?
11 Moa se itio tragno itio, ze minday gny agnarako , zohin-jiolahy eo amasondrareo? Kanefa indro, fa hitako zay-
zay gny fanambaran'i Yaveh.' 12 Koa mandehana agny amy fitoerako ze agny Silo, zay namelako gny agnarako
hitoesy tagny am-piandohana, dra hatio gny nanovako anazy noho gny faharasiany vahoakin'Israely. 13 Koa amizao
, nohony fanaovandrareo reo fanovandrareo reo aby-zao gny fagnambaran'i Yaveh-nizaka tamindrareo ombeny
ombeny zaho, nefa sy niteno iandrareo. Nampitoka andrareo zaho, nefa sy namaly iandrareo. 14 Noho zay, ze
nataoko tamin'i Silo, dra ho ataoko amin'itio tragnoze nitokava amy agnarako itio, gny tragno ze nitokiandrareo,
itio toera itio, gny nomeko andrareo vo gny razandrareo itio. 15 Fa handroaky andrareo sy ho eto anatrehako zaho
manahaky gny fa nandroahako reo rahalahindrareo aby, reo taranak'i Efraima aby.' 16 Raha gny aminao, ry
Jeremia, ka mivavaky ho an'itio vahoaky itio, dra ka manandrasy gny fidradradrana fitomagnia na manono
vavaky amy agnaran'ereo, ka mangataky aminahy, fa sy hiteno anao zaho. 17 Moa se sy hitanao gny atan'ereo
amin'ireo tananan'i Joda vo egny amin'ireo lalan'i Jerosalema? 18 Mamory hazo reo zaza dra reo raiky mandrehisy
afo! Reo ampela mandisa koba hanova mofo mamy ho agny mpazaka ampelany lagnisy vo mandraraky fagnatisy
nomy ho an'ireo zagnahan-kafa ba hiasian'ereo anahy. 19 Tena mihasy anahy vtany se izy reo?- zao gny
fagnambaran'i Yaveh-moa se sy gny vatan'ereo avo gny hihasianereo, koa ao amin'ereo avo zay fahamegnara zay/
20 Noho zay dra zao gny zakany Tompo Yaveh:'Indro, gny fahoriako vo gny fahavignirako dra ho avy amin'ityo
toera itio, aminigny olo vo gny bibidia, amy hazo egny amin'ireo saha vo gny tegnany eo amy tany. Hirehisy zay
dra sy ho maty vatany.' 21 Zao gny zakan'i Yaveh tompony maro, Zagnaharin'Israely:' Hatovano amin'ereo
sorondraeo vo gny hena laha tagny aminazy reo fagnatisy oroandrareo. 22 Fa gny ninday gny razandrareo hiala
laha tao amy tany Egytpa zaho,dra sy nitaky na ino na ino tamin'ereo. Sy nagnome didy anazy reo momba gny
raharahany fagnatisy oroa vo gny soro zaho . 23 Izao gny didy zao avo gny nomeko anazy reo:'Tenoy gny feoko, dra
ho Zagnaharindreo zaho dra iandrareo ho oloko. Koa mandehana amy lala aby ze nandidiako andrareo , ba
hahitandrareo gny soa.'' 24 Kanefa sy niteno izy ireo dra sy nitandry . Niay tamy fikasan-drasy gny fon'ereo avo izy
reo, ka nihemosy , fa sy nandroso. 25 Hatraminigny andro niboahany razanadrareo laha tao amy tany Egytpa ka
hatramin'izao andro zao, dra fa nandefa gny kirairaiky tamin'ereo mpanompoko, reo mpaminaniko, tagny
amindrareo zaho. Nikiry tamy fandefasa anazy reo zaho. 26 Nefa sy niteno anahy ereo. Sy nidary ereo. Fa
nagnamafy hatoka ereo. Rasy fagnahy mihoasy noho gny razambeny ereo. 27 Dra ambarao amin'ereo gny zaka iaby
igny,fa sy hiteno anao ereo. Ambarao amin'ereo zay raha aby zay,fa sy hamaly anao izy eo. 28 Zakao ereo fa itio gny
firenena sy miteno gny feon'i Yaveh Zagnahariny dra sy mandramby fagnanara. Rava gny fahamarinana dra
niala tamy vavan'ereo. 29 Tapaho gny volonao dra arato gny vatanao, dra ario gny volonao. Mihira hira fandana
egny ankalamajana.Fa Yaveh dra fa nanda vo nahafo itio taranaky itio tamy fahahoriany. 30 Fa nanao rasy teo
amasoko gny zanak'i Joda-zay gny fagnambaran'i Yaveh-nandefa gny raha-mampagnelagnelaky an'ereo tao amy
tragno ze tokavy amy agnarako izy reo , ba handoto anizay. 31 Laha teo dra nagnory gny toera abo Tofeta ze agny
amy lohasahan'i Ben-Hinema izy reo.Nanao anizay izy reo hagnoroa reo zanadahy vo zanakapelan'ereo amy afo-
raha zay sy nandidiako,na naheriloha tao amy saiko ra. 32 Koa indra, ho avy reo andro-ze gny fanambaran'i Yaveh-
fa gny sy ho tokavy ho Tofeta na lohasahan'i Ben-Hinema sasy zay;handevy gny faty ao Tofeta ereo mandra-paha
sy misy toera sasy. 33 Gny fatin'itio vahoaky itio dra ho sakafony voronigny lagnisy vo ho an'ereo bibinigny tany,dra
sy misy na iza na iza hampatahosy anazy reo sasy. 34 Ho farazanako reo tananan'i Joda vo reo lalan'i
Jerosalema,gny feony fifalia vo feo gny firavoravoa, gny feony mpampakasy vo gny feony ampakary,fa ho rava
gny tany.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 8

[1]"Amizay fotoa zay__ zao gny fagnambaran'i Yaveh__ handesin'ereo hiboaky reo lolo gny tolan'ireo pazakan'i Joda
vo reo mana-pahefany, reo tolan'ireo pisoro vo reo paminany, vo reo tolan'ireo ponin'i Jerosalema. [2]Dra
haparitak'ereo eo amigny fahazavanigny masoandro vo gny vola vo gny kitan'aby egny amigny lagnisy reo; reo
raha egny amigny lagnisy ze narahin'ereo vo nitopony, ze nitopony vo nifotopotorin'ereo, dra niakohofan'ereo. Sy
havory reo tola dra sy halevy sasy. Hoanahaky gny botany egny amigny velara-tany ereo. [3]Egny amigny toera sisa
tavela ze nindesako anereo, dra hifily gny fahafatesa ereo fa sy gny maiky, gny volon'aby amin'ity firenena rasy
tihoky__ izay gny fagnambaran'i Yaveh toponigny maro.[4]Ko zakao ereo ho: 'Izao gny zakan'i Yaveh: Nisy niazera
ra dra sy niary? Nisy olo levo ra dra sy nagnandra gny hevery? [5]Fa nagnino ty vahoaky tihoky, ry Jerosalema, gny
nivily maharisy tamigny sy fanagna-pinoa? Mifikisy amigny fitaky ereo dra manda gny hibebaky.[6]Nitandry soa
zaho dra niteno, fa sy nizaka mary ereo, sy nisy na raiky aza mizaka ho: "Ino gny nataoko?" Nandeha tagny amize
niriny aby izy aby, manahaky gny sovala lahiny mihazakazaky amigny aly. [7]Na gny vagno egny amigny lagnisy
aza mahay gny fotoa mety; vo reo domoina, sidisidy, dra gny vanobe. Mandeha amigny fifindra-mony ereo
amigny fotoa mety, fa gny oloko dra sy mahay gny didin'i Yaveh.[8]Nagnino gny hizakandrareo ho: "Hendry sika, fa
gny lalan'Yaveh dra momba asika"? Eh vatany, ingo! Gny peny pamitakigny panora-dalana dra fa namoro fitaky.
[9]Gny lelahy hendry dra ho afa-baraka. Raiki-tahosy ereo dra voafandriky. Ingo! Nanda gny zakan'i Yaveh ereo, ko
atao ino gny fahendren'ereo? [10]Dra hagnome gny valin'ereo ho anigny hafa zaho, dra reo tanimbolin'ereo ho anize
mana reo ho fanagna, akory manomboky amigny masaiky dra hatramigny lahibe, izy aby dra tia vola azo
boakamigny sy rariny. Hatramigny paminany dra hatramigny pisoro, izy aby dra manao fitaky.[11]Nagnasitrany gny
rasin'ireovahoako maro fosiny ereo, nizaka ho: "Fedagna, fedagna," tamigny sy nisy fiadagna tao. Megnasy ra
ereo aby nanao reo fahavetaveta? [12]Sy megnasy ereo; sy fatas'ereo ze ho mivoara-mena! Dra hezera eo amireo
lavo ereo; handesy mizoso ereo gny fa voasazy, hoy Yavehy. [13]Hangalaky anereo tateraky zaho__ zay gny
fagnambaran'i Yaveh__ sy hisy voaloboky amigny hazom-boaloboky, na amigny hazon'aviavy aza dra sy hisy
aviavy. Dra halazo gny raviny, dra ze nameko anereo dra ho levo.[14]Nagnino sika gny mitoby eto? Handeha
hiaraky; handeha isika ho agny amireo tana voaaro fatrasy, dra hazary ho gy amigny fahafatesa agny sika. Fa
hapegny asika i Yaveh Zagnahary. Hapino rano misy poizy asika izy, akory fa nanota taminazy isika. [15]Manatena
fiadagna sika, nefa sy hisy raha soa. Manatena fotoa-pagnasitragna sika, nefa ingo, hisy horohoro.[16]Re boakagny
Dana gny feofiefon'ireo sovala hahiny. Mihozongozo gny tany manotolo noho gny feonigny fieron'ireo sovala
matazaky gny tany vo gny hareny, gny tana vo reo ze mipetraky ao, [17]fa ingo, handefa bibilava amindrareo zaho,
dra vipera ze sy ho azondrareo tambatambazy. Hanifasy andrareo reo__ zay gny fagnambaran'i Yaveh."'[18]Sy
mana-pahatapera gny alaheloko, dra marary gny foko. [19]Ingo! Gny feo mihiakigny zanakapelanigny vahoako
boak'agny atany lavisy! Sy ao Ziona ra Yaveh? Na sy ao ra gny pazaka? Nagnino ereo gny manafitihy anahy
amireo endrik'asa voasokony vo reo sapy vahiny sy misy dikany?[20]Fa nandalo gny fotoa-piziza, tapisy gny
fahavarasy. Nefa sy voavozy isika. [21]Narasy zaho nohonigny rasinigny zanakapelanigny vahoaky. Malahelo gny
amireo raha mapasiaky ze nahazo anazy zaho; reki-tahosy zaho. [22]Sy misy fanafody ra ao Gileada? Sy misy
pagnasitrany ra ao? Nagnino gny sy hitranga gny fagnasitragna gny vahoakiko?


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 9

[1]Raha ba afaky mamokasy rano moa gny loahako, dra gny masoko ho loharanon-dranomaso! fa magniry gny
hitomagny andro aman'aly zaho ho an'ireo zanakapelanigny oloko ze nivonony. [2]Raha ba misy olo afaky
magnome gny toera ho an'ireo pivahiny honahy honegna agny agnefisy, ze ahafahako magnenga gny oloko. Raha
ba afaky magnenga anereo zaho, akory izy aby dra pizangazanga vo pamadiky maromaro! [3]Yaveh dra nitalily ho:
"Magnitrifa gny sipikan-daingany amigny lelany ereo, nefa sy nohonigny fahatokian'ereo gny mapatazaky anazy
amigny tany. Niala tamigny asa rasy raiky ereo dra milisy amigny raiky hafa. Sy mahafatasy Anahy
ereo."[4]Handrareo sirairay aby, mitandrema amignynamandrareo dra ka matoky reo rahalahy. Fa gny rahalahy
aby dra pamitaky vatany, dra gny nama aby dra mandeha amigny fagnendrikendreha. [5]Gny olo sirairay dra
maniratsira gny namany dra sy mizaka gny marina. Gny lelan'ereo dra mapianasy raha vandy. [6]Gny
fonegnandrareo dra eo agnevonigny fitaky; tao agnatinigny famitahan'ereo dra manda gny hagneky anahy ereo__
zay gny fagnambaran'i Yaveh."[7]Yaveh Toponigny maro mizaka ho:''Indro, Izaho fa hagnety toesy vo hisapa anazy
ireo, fa ino avo koa gny afaky ataoko, nohogny amin'izay nataony oloko?[8]Gny lelan'ereo dra zana-sipika
maragnisy;miresaky raha sy mahatoky izy ireo . Amy vavany gny hagnambarany fiadana amin'ireo namany, fa
amy fony gny hanovany otriky ho anazy reo.[9]Sy tokony hagnasazy anazy ireo se zaho noho gny amin'ireo raha
ireo- fagnambaran'i Yaveh zay-dra sy tokony hamaly faty amy firenena manahaky anizao se gny vatako?
[10]Hihasahasa hira fandala vo fidradradradra ho an'ireo tendrombohisy zaho, dra gny hiram-pandevegna dra
hirahy eo amin'ireo tanin'ahitsy.Fa nagnoroa izy ireo ka sy misy afaky miriosy amin'izay. Sy hahare feonigny biby
fiteza sasy izy ireo. Reo voronigny lagnisy vo reo biby dra nandositry avo koa. [11]Koa dra hataoko ho
atotapaharava i Jerosalema, vo firen'ereo ambodia. Reo tanan'i Joda dra hataoko toera rava sy misy mpony.''[12]Iza
gny olon-kendry mahatakasy an'izay? Ho an'iza gny niresahany vavan'i Yaveh, ka hagnambara anizay izy? Fa ino
gny nahasola gny tany vo nandrava anazy manahaky gny efisy ze sy ahafahan'iza na iza mandalo?[13]Hoy Yaveh
ho:''Satria izy ireo nahafo gny lalako ze napetrako teo anoloany,satria sy niteno gny feoko na nandeha tamin'izay
izy ireo. [14]Satria izy ireo dra nandeha taminigny ditrany gny fony vo nagnraky ireo Bala manahaky ze
nampianarin'ereo razambeny anazy ireo hatao.[15]Noho zay Yaveh Tomponigny maro, gny Zagnaharin'Israely,
mizaka ho:'Indro, hampihinaniko hazo mafaisy vo hampinomiko rano misy poizy itio vahoaky itio.[16]Dra haeliko
manera ireo firenena ze sy bo fatan'ereo, na izy ireo na gny razamben'ereo.Handefa sabatra hamely anazy ireo
zaho mandra-paharava anazy ireo tateraky.''"[17]Yaveh Tomponigny maro nizaka ho:''diniho izao:Mitoka mpihiram-
pandevena;ao izy ireo ho avy. Mampitoka ampela manam-pahaiza amy fitomagnia;ao izy ireo ho avy.[18]Ao izy ireo
ho avy malaky ka hihirahira fandala eto amisika, ka ho feno ranomaso seky gny masosika dra ho tombakiny gny
rano gny hodi-masosika .[19]Fa gny feogny fidradradradra da reny agny Ziona,'Endrey gny faharavasika.Megnasy
tateraky isika, satria nagnenga gnt tany isika hatramigny nandravany gny tragnosika.'[20]Koa iandrareo ry ampela,
tenoy gny zakan'i Yaveh;tandremo reo hafany ze laha taminigny vavany.Koa ampianaro hira fandala gny ampela
namandrareo kirairaky aby.[21]Fa gny fahafatesa dra avy boak'eo amigny vatrangarakelisika; nilisy ao amireo
lapasika zay. Mandringa reo zaza boak'agny ivelany izay, vo reo tovolahy egny akiazanigny tana. [22]Zakao amizao,
"Zay gny fagnambaran'i Yaveh__gny fatin'ireo lelahy dra hiraraky manahaky gny zeziky egny asaka, dra
hanahaky amboaram-bary ao afaran'ireo panapaky, dra sy hisy olo hamory an'izay."'[23]Zao gny zakan'i Yaveh:
"Aoky gny hendry sy hirehareha amigny fahendreny, na gny lelahy pialy amigny heriny. Aoky gny panakarena sy
hirehareha amigny harenany. [24]Fa raha misy olo mirehareha ami-raha, dra angao amizao zay, fa mahafatasy
anahy vo gny ao agnatiko izy. Fa Izaho gny Yaveh, ze miasa amigny fagneke sy mivaliky, gny rariny vo gny hisiny
eo atany. Fa amizay gny ahazoako fafinareta__ zay gny fagnambaran'i Yaveh."[25]"Ingo, avy reo andro__zay gny
fitalilian'i Yaveh__gny fa hagnasazy reo voafora aby amigny nofony avo zaho. [26]Hagnafay an'i Egypta vo i Joda,
Edoma, gny vahoakinigny Amona, Moaba, dra gny olon'aby ze manapaky gny volon-dohany ho tena bory zaho. Fa
reo firenena aby reo dra sy voa tapaky, dra gny akohonan'i Israely aby dra mana fo sy voafora."



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 10

[1]''Tenoy gny zaka ze ambaran'i Yaveh andrareo,ry ankohonan'Israely. [2]Izao gny zakan'i Yaveh:''Ka mianasy gny
lalan'ireo firenena ireo, dra ka raiki-tahosy gny amin'ireo famatara egny amy lagnisy , fa ireo firenena dra raiki-
tahosy noho ireo.[3]Fa gny fomba fanao ara-pivavahan'ereo olo ireo da sy misy dikany. Nanapaky hazo tagny
agn'ala izy ireo, dra gny mpanao asa-tagnana misokisy gny hazo.[4]Laha teo dra pozen'ereo amy volafosy vo
volamena zay. hamafisiny amy tatagna vo fasiky ba sy ho lavo zay.[5]Gny amboarigny gny tagnan'ereo dra raha
manahaky ireo kaly mampatahosy egny an-tsahan-kaonkaombira, satria ireo koa, dra sy afaky mizaka dre ino
dre ino, dra sy maisy lazan'ereo satria sy afaky mandeha. Ka matahosy ereo, fa sy afaky minday rasy, na koa raha
soa ireo.''[6]Sy misy olo manahaky Anao, ry Yaveh.Lelahy Ianao, dra lahibe amy hery gny agnaranao.[7]Iza gny sy
matahosy Anao, ry Mpazakan'ereo firenena?Fa zay gny mendriky Anao, satria sy misy manahaky Anao eo
amin'ereo lelahy hendry iaby reo firenena dre reo fazakany gny pazaka iaby.[8]Mitovy avo koa izy ireo, Ketrina vo
mola izy ireo, pianasin'ereo sapy zay sinosino fa hazo.[9]Izy ireo dra minday tantanana volafosy laha tagny Tarsisy,
vo volamena laha tagny Ofaza nataon'ereo panao asa-tagna, dra gny tananan'ereo pandrendriky. Gny akazon'ereo
dra lamba manga vo voloparasy.Ireo lelahy mahain'ereo gny nanao ireo raha aby reo. [10]Kanefa Yaveh gny
Zagnahary mary. Zagnahary velo vo pazaka mandrakizay Izy. Mihorohoro amy fahahoriany gny tany, dra sy
afaky miarisy gny fahohoriany ireo firenena.[11]Hiresaky amin'ereo manahakyanizao ianao:''Reo Zaganahary ze sy
nanao gny lagnisy vo gny tany dra ho maty amy tany vo gny amban'io lagnisy io.''[12]Fa Izy gny nanao gny tany
taminigny alalagny heriny, vo nametraky anizao totolo zao tamigny fahendreny, dra tamy alalagny fahazava-say
gny namelarany gny lagnisy.[13]Gny feony gny mampikopakopaky gny rano egny amy lagnisy,dra Izy gny
mampiakasy reo zavo laha tagny amy faragny tany. Manao gny helasy gny sioky laha tamy tragno fagnaza.[14]Lasa
sy apy fahalala gny olo aby, sy misy fahalala. Nalan'ereo sapiny baraka ireo piasa vy aby. fa fitaky reo sarin-draha
voasokiny;sy misy fiaigna ao amin'ereo. [15]Sy misy ila anazy ireo, asan'ereo paneso;ho rava ireo amy fotoagny
famaizany.[16]Nefa Zagnahary, gny apahan'i Jakoba, dra sy manahaky anio, fa Izy gny pamolavola gny raha iaby.
Israely dra fokogny lovany;Yaveh Toponigny maro gny agnarany.[17]ahorogny gny fagnanandrareo dra miala amy
tany, iandrareo olo mitoesy ambanigny fahirano.[18]Fa izao gny zakan'i Yaveh:''Indro, fa handroaky an'ereo mpogny
tany zaho amin'izao fotoa zao. Hahavy fahoria amin'ereo zaho, dra ho itan'ereo vatany zay.''[19]Loza ho anahy!
Noho ereo tolako tapaky, dra magnonisy gny feriko. Ka hoy zaho: ''Fahoria vatany zao, nefa sy maisy
zakazakako.''[20]Rava gny laiko, dra ireo talinigny laiko aby dra nizara roa. Fa nagnala ireo zanako taminahy ereo,
ka sy nisy sasy izy ireo. Sy misy olo hamelasy gny laiko na hananga gny lamban-daiko sasy.[21]Fa mola ireo piandry
agn'ondry dra sy mitalia an'i Yaveh izy ireo;koa sy nambinina izy ireo, dra gny agn'ondrin'ereo iaby dra
niparitaky.[22]Fa avy gny tatisy gny vaovao:''Indro, avy , avy laha tagny avarasy gny horohoro-tany lahibe. Ba
hamotiky anereo tananan'i Joda, fivonia ho agny ambodia.''[23]Fatako, ry Yaveh, fa gny lalanigny olo raiky dra sy
avy aminazy. Sy misy olo mandeha mahisy amy famindrany. [24]Ampianaro, amy fahamarignanao zaho, ry Yaveh,
fa sy amy fahorianao ka hanorotoro anahy Ianao.[25]Alasao eo amin'ireo firenena ze sy mahay Anao vo ireo
fianakavia ze sy mitoka gny agnaranao gny fahorianao. Fa nandrapaky an'i Jakoba vo nitely anazy ba handrava
anazy tateraky vo handrobaky gny fonenany izy ireo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 11

1Zao gny zaka ze avy tamin'i Jeremia laha tamin'i Yaveh, manao ho:2''Tenoy ireo zakan'itio fifaneke itio, dra
ambarao amy olo kirairaiky ao Joda vo ireo ponin'i Jerosalema zay.3Mizaka amin'ereo ho: 'Yaveh,
Zagnaharin'Israely gny mizaka zao: Voaozo ze sy miteno ireo zakan'itio faneke itio.4Itio gny faneke ze nandidiako
hotandreman'ereo razambendrareo tamy andro nandesako anazy ireo hiboaky gny tany Egypta, amy lafaro
lahibe fandrendrehana vy. Dra nizaka zaho ho:''Tenoy gny feoko dra tateraho ireo raha iaby arak'izay nandidiako
andrareo, fa ho oloko iandrareo dra Izaho ho Zagnaharindrareo.''5Makatoava anahy ba ahafahako magnamafy
gny fianiana ze nianianako tamin'ireo razambendrareo, gny fianiana fa hagnome anazy ireo tagny tondra-
dronono vo tately zaho, ze honenandrareo amizao.''Dra izaho, Jeremia, namaly ka nizaka ho:''Eny, ry Yaveh!''6Dra
nizaka taminahy Yaveh ho:''ambarao agny amin'ireo tanin'i Joda vo egny amy lalan'i Jerosalema ireo raha aby
reo. Lazao ho:'Tenoy ireo zakan'ereo faneke zao dra tateraho ireo.7Fa nagnome didy magnetriketriky ho an'ireo
razambendrareo zaho nanomboky tamy andro nindesako anazy amy tany Egyta ka mandraky amizao,
nampitandry anazy ireo amim-pikirizy ka nanao ho:''Tenoy gny feoko. '''8Fa sy niteno dra nihevisy anahy avo izy
ireo. Samy nandeha araky gny hafatraragny fo rasiny gny olo kirairaiky. Ka ninday anireo voaozo tao amy faneke
ze nandidiako zaho ba ho avy hanohizy anazy reo. Fa bo sy nitia avo gny vahoaky.''9Dra nizaka taminy Yaveh ho:
''nahita tetiin-drasy teo amin'ereo olon'joba vo ireo mponin'i jerosalema. 10Nihery taminereo helok'ereo razany
teo aloha izy ereo, izay nanda hiteno gny zakako, fa nagnaras'izaho ereo kosa magnoriky ereo zagnaharin_kafa
ba hanompo anazy ereo. nivadiky tamign'ny fifagneke izay nape-trako niaraky tamigny razan'izy gny taranak'i
joba vo gny taranak'i jerosalema.11Noho izaho dra izao gny zakan'i Yavah: ''Indro, hinday loza ho amin'izay ereo
zaho, loza izay sy ahafahan'ereo milomay anazy ireo zaho. Handeha vo hitoka ireo zagnahary ze notoloran'ereo
fagnatisy gny tananan'i Joda vo gny ponin'i Jerosalema, nefa azo antoky fa sy hahavozy anazy ireo amy androgny
loza izy ireo. 13Ho anao ry Joda, dra nitombo hanahaky gny isan'ereo tanananao gny isan'ereo Zagnaharinao.
Ianao gny nanao gny isan'ereo alitara mahamegnasy tao Jerosalema, alitaragny litin-kazo magnisy ho an'i Bala,
hitovy isaky amin'ereo lalany.14Ka ianao , ry Jeremia, ka mivavaky ho an'itio vahoaly itio. Ka midradradradra na
mivavaky amy agnaran'ereo. Dra sy hiteno anazy ireo zaho fa gny mitoka anahy anatigny lozany izy reo. 15Nanao
akory gny malalako, gny raiky ze nana fikasa rasy maro be , gny ao an-tragnoko? Sy afaky magnapy anao gny
henan'ereo fagnatinao. Mifaly ianao noho ireo asa rasinao.16Hazo oliva miravina gny nitokavan'i Yaveh anao
taloha, soa tarehy miaraky amy tegnany maha-te hagnety. Fa handrehisy afo eo amin'izay izy zay harava
manahaky gny fiherogny kotriky; ho tapaky ireo rasany.17Fa Yaveh Topogny maro, ze namboly anao, nandidy loza
taminao noho ireo asa rasy ze nataony taranak'Israely vo gny taranak'i Joda -Nahahory anahy izy ireo tamy
nagnomeza ireo fagnatisy ho an'i Bala.'''18Nampahafatsrin'i Yaveh anahy zay raha zay, ka fatako ireo . Ianao, ry
Yaveh, nampahits anahy ereo asan'ereo. Dra manahaky gny zanakagn'ondry malemy fagnahy 19zay nandesy egny
amy mpivaro-kena zaho. Sy nahafatasy zaho fa namoro fikasa rasy hanohisy anahy izy reo ho:''Andeha
haringasika gny hazo vo gny tegnany! Andeha ho tapahisika hiala amy tany amy fipetrarany izy 20Fa Yaveh
Topogny maro gny pisara mary ze mandiniky gny fo vo say. Ho vavolombelogny famalianao hanohisy anazy ireo
zaho, fa nampiseho gny momba anahy taminao zaho.21Noho zay Yaveh dra nizaka anizao mahakasiky gny
vahoakin'i Anatota zay mifofo gny ainao:''Hoy izy ireo:'Ka maminany amy agnaran'i Yaveh ianao, fandrao ho
maty amy alalany tananay.22'Dra hoy Yaveh topogny maro:'Indro, fa hagnafay anazy ireo zaho. Ireo tovolahy
maherin'ereo dra ho matinigny sabasy. Ireo zanadahiny vo zanakapelan'ereo dra ho matigny mosary.23sy hisy dra
raiky ka ho tavela amin'ereo , satria hinday loza hanohisy gny vahoakan'i Anatota zaho, tao raiky ho agny
famezigna anazy reo.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 12

[1]Mary ianao, ry Yaveh, isaky gny mifagnakany Aminao zaho. Tokony hizaka Aminao vatany gny atony
hitaraignako:Nanao akory gny lalagny rasy fagnahy no mahomby? Gny olo sy manam-pinoa aby dra mahomby .
[2]Nambolenao izy ireo dra nisiry vahany. Sy mizanozano mamoa izy ireo. Marigny vavan'ereo Ianao , nefa lavisy
gny fon'ereo.[3]Fa Ianao, ry Yaveh, Mahay anahy. Mahita anahy ianao dra magnety toesy gny foko aminao.Andeso
manahaky gny agn'ondry ho vono izy ireo, dra hatokany ho amy andro famonoa! [4]Mandraky ombia gny tany no
hihamaiky avo, dra gny raha-misiry noho gny amy faharasian'ereo pony ao aminazy?Ireo biby vo voro dra fa
nala.Fa hoy gny vahoaky ho:''Sy fatasin'Agnahary ze hazo asika.''[5]Hoy Yvaveh:''Egny vatany, raha ianao, ry
Jeremia, fa niara-nilomalomay tamin'ereo miaramila pandeha tomboky dra nirerahin'ereo ianao, nanao akory
gny hifaninananao amy sovala?Raha lavo amy tana azo atoky ianao , manao akory gny ataonao agny amy
kirihitr'ala egny amoron'i Jordana? [6]Da dra ireo rahalahinao vo ireo fianakaviagny ranao ka dra fa namaliky
anao dra fa niampanga fatrasy anao.Ka matoky anazy ireo , na dra mizaka raha mahafinarisy aminao aza izy reo.
[7]Fa niriosy gny tragnoko zaho; fa nahafo gny lovako.Nagnome ireo vahoaky malalako teo an-tagnan'ereo
fahavalony zaho. [8]Fa lasa manahaky gny liona agny agnaty kirihitr'ala ho anahy gny lovako; mametraky gny
vatany hanohisy anahy tamy feony izy, ka halako izy.[9]Sy manahaky gny voro mpagnety se gny loka fanagnako, no
hanohisy magnodidy? Mandehana dra avorio gny biby iaby dra andeso handrapaky anazy izy ireo.[10]Piamby
agn'ondry maro gny fa nanola gny tanim-boloboky. Fa nihisakisahiny gny azara taniko iaby; nataony tany efisy vo
lao gny azara taniko mahafinarisy.[11]Nataon'ereo lao izy. Malahelo anazy zaho; lao izy. Gny tany iaby dra lasa lao
avo koa, satria sy nisy na raiky ka nadray anizay am-po.[12]Reo mpandrava dra avy hanohisy anireo toera ho rava
iaby tagny agn'efisy, fa gny sabasin'i Yaveh dra mandevo laha tagny amy faragny tany avo amy raiky hafa. Sy
misy fiadana ao amy taniny raha-managn'ay iaby.[13]Namafy vary izy ireo nefa silo gny vokasy. Rokaky amy asa izy
ireo nefa sy nahazo na ino na ino. Koa metia ho megnasy amy vokasindrareo noho gny fahorian'i Yaveh.''[14]Zao
gny zakan'i Yaveh tamy mpiara-belo aminahy aby, gny rasy fagnahy ze nandrobaky gny fanagna zay nataoko ho
lovainigny Israely vahoakiko,''Indro, Zaho gny toka ze hagnombosy anazy ireo eo amy taniny, dra hombotako sy
ho eo amin'ereo gny tragnon'i JOda. [15]Tafaran'izay dra ho fognoriko ireo firenena ireo, dra ho hamindra fo
amin'ereo zaho dra hinday anazy ireo hihery; hagnery anazy ireo zaho-gny olo kirairaiky samy amy lovany amy
taniny.[16]Raha mianasy soa gny fombagny oloko ireo firenena ireo, ka mianiana amy agnarako'Raha velo koa
Yaveh'manahaky gny fa nampianaran'ereo gny oloko ba hiania amin'i Bala , dra haory eo agnevonigny oloko izy
ireo. [17]Fa raha misy sy miteno dra ho fongoriko zay firenena zay. Zay dra ho fongoriko vatany dra horava- zay gny
fagnambaran'i Yaveh.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 13

[1]Nizaka anizao taminahy Yaveh ho: ''Mandehana dra miviliana atin'akazo rongony fosy ka afaheo eo amy
andilanao zay, saiky ka atao agnatiny rano avo zay.''[2]Koa dra nivily atin'akazo araky ze nitarihan'i Yaveh anahy
zaho, dra nafehiko teo amy andilako zay. [3]Dra avy taminahy fagnindro gny zakan'i Yaveh, nanao ho:[4]''Takaro gny
atin'akazo ze avy nivilinao zay eo amy andilanao, misangana ka mandehana agny amin'ireo Eofrata. Afeno ao
agnatiny haram-bato zay.''[5]Koa nandeha zaho dra nagnavony anizay tagny amin'ireo Eofrata araky ze nandidian'i
Yaveh anahy. [6]Afaky andro maromaro, dra nizaka taminahy i Yaveh ho: ''Misangana ka mandehana mihery agny
amin'ireo Eofrata. Alao agny gny atin'akazo zay nizakako havoninao.''[7]Koa nihery tagny amin'ireo Eofrata zaho
nialy tao gny nagnavoniako atin'akazo; sy ba soa sasy izy.[8]Laha teo dra avy taminahy gny zakan'i Yaveh, nanao
ho:[9]''Hoy Yaveh ho:Mitovy amin'izay gny fomba hamotehako gny fiavognavogna lahibegny Joda vo Jerosalema.[10]Io
vahoaky rasy manda gny hiteno gny zakako io, zay mandeha amy fahamafisagny fon'ereo, ze magnaraky
zagnarin-kafa ba hanompo anio vo hiankohoky amin'io-hanahaky anizay atin'akazo zay izy ireo ze soa fa sy
misydikany.[11]Fa manahaky gny atin'akazo raiky mipitiky amy tolan-tahezan'olo, dra manahaky anizay koa gny fa
nanovako gny taranak'Israely vo gny taranak'i Joda hipitiky aminahy-zay fagnambaran'i Yaveh -ba ho
vahoakiko,ba hinday laza, dera, dra voninahisy ho anahy. Saiky sy niteno anahy izy ireo.[12]Tokony hizaka anizao
zaka zao ho anazy ireo ianao ho:'Yaveh, gny Zagnaharin'Israely dra mizaka anizao:Gny tavoara aby dra ho feno
divay.'Hizaka aminao izy ireo ho:'Moa sy fatanay vatany se fa ho feno divay gny tavoara iaby?' [13]Ka dra zakao izy
ireo ho:'HOy Yaveh ho:Indro, ho denoko fahamamoa gny ony aby an'itio tany itio, ireo pazaka ze mipetraky eo
amy seza fiandrianan'i Davida, ireo pisoro, paminany, dra ireo ponin'i Jerosalema iaby.[14]Dra ho ampifamotehiko
izy ireo , ireo raiky vo rany vo ireo zanaky miaraky -zay gny fagnamabaran'i Yaveh-Sy hamindra fo amin'ereo
zaho na hana fangoraham-po, dra sy hagnavosy anazy ireo amy fahapotehy zaho.[15]Mitenoa ka mandrenesa. Ka
miavognavo, fa Yaveh gny fa nizaka. [16]Magnomez voninahisy ho an'i Yaveh Zagnaharindreo mialohagny
hindesany hezy, dra mialohagny hanafitohigna gny tombondrareo ao an-tendrombohisy amy mezimezy. Fa
manatena hazava ianao, saiky hamaliky gny toera ho mezy laliky Izy, ho raho meti-be.[17]Noho zay raha sy hiteno
ianao, dra hitomagny anio zaho noho gny fiavognavognnanao. Hanganohano vo hiraraky ranomaso vatany gny
masoko, satria nibabiy ireo agn'ondrin'i Yaveh.[18]Zakao gny pazaka vo gny pazakavavy reniny ho:'Manolora vata
iandrareo ka mipetraha , fa ireo satro-boninahisy eo amy lohandrareo, gny firehareha vo voninahindrareo, dra
fa nilavo.' [19]Hirindry avo koa ireo tananan'i Negeva, sy misy raiky hamoha ireo. Ho babo i Joda, ho atao sesitany
gny aminazy iaby.[20]Asondroto gny masonao ka hatio ireo laha tagny avarasy. Eza gny andianagn'ondry ze nomeny
anao, gny andianagn'ondry ze tena soa tarehy taminao? [21]Ino gny ho zakanao fa gny apetrak'Agnahary eo aminao
ireo ze fa nampianarinao ba ho sakazanao? Sy ireo se gny fiatombohan'ereo fatahora zay hahazo anao manahaky
gny ampela miteraky?[22]Dra mety hizaka anakapo ianao ho: ''Manao akory gny miseho aminahy ireo raha ireo?
'Dra ho amy fahamaroan'ereo fahotanao gny nampiala ireo ziponao dra nanolagna anao.[23]Moa afaky gny
hagnova gny volon-kolony se gny kosy, na gny leoparda hagnova gny petiny? Raha zay, dra ianao vatanao, na dra
zasy gny faharasia avo, dra afaky manao gny soa . [24]Noho zay da hapiely anazy io manahaky gny lila levogny
sioky gny efisy zaho.[25]Zay gny nomeko anao, gny azara nao zay fa nididiko ho anao-zay gny fagnambaran'i Yaveh-
satria fa nagnalino anahy ianao dra nitoky tamim-pitaky. [26] Noho zay avo koa dra Zaho mihisy gny hagnalaky gny
ziponao aminao, dra hiseho ireo farisy saro-palinao. [27]Fa nahita gny fagnisakisaham-baly vo gny fihikanao zaho,
gny faharasianigny fivarota-tegnanao tegny amin'ireo havoa vo tegny amin'ireo saha, dra fa nahita anio raha
mampagnelakelaky io zaho! Loza ho anao, ry Jerosalema! Hafiria anizay vao ho malio draiky ianao?''



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 14

[1]Zao gny zakan'i Yaveh zay avy tamin'i Jeremia momba gny hai-tany, [2]''Ao handala i Joda, ao hihondriky gny fefiny.
Midradradradra gny amy tany izy ireo; miakasy gny fitaraignan'ereo ho an'i Jerosalema. [3]Reo lelahibeny
magniraky ireo panopony hitalia rano. Fa gny mandeha agny amy famorian-drano izy ireo, dra sy mahita rano.
Miheri-maiky avo koa izy reo; Maha feno gny lohan'ereo gny hegnasy vo fahafaham-baraka.[4]Noho zay dra
nitresaka gny tany, satria sy misy ora teo amigny tany. Reo piasa tany dra megnasy dra maha feno gny lohan'ereo.
[5]Fa na dra gny diera ampela avo mamela gny zanany agny an-tanimboly dra miriosy anazy ireo, satria sy misy
vilona. [6]Gny boriky dra mizano agny amy tanihay dra misefosefo amy sioky manahaky gny amboadia. Tapena
gny mason'ereo, satria sy misy raha-misiry.''[7]Ry Yaveh, na dra niampanga anay avo gny helokay, dra miasa noho
gny amy agnaranao. Fa gny asanay sy am-pinoa dra mitombo; fa nanota taminao zahay. [8]Ry fanatena gny Israely,
gny tokana zay namozy anazy tamy fotoam-pahoria, nanao akory Ianao gny ho manahaky gny vahiny amy tany,
manahaky gny vahiny mpirerirery zay misotra ka mandry hariva raiky avo ? [9]Nanao akory gny manahaky gny
olo levo hevisy Ianao, hanahaky gny pialy ze sy afaky mamozy na iza na iza? Fa Ianao dra eo agnevonay, ry
Yaveh! Fa nambara teo aminay gny agnaranao. Ka miriosy anay.[10]Zao gny nambaran'i Yaveh amin'itio vahoaky
itio:''Satria tia mirerirery izy ireo, dra sy nita gny tombony tamy gny fanova anizay izy ireo.'' Sy faly amin'ereo
Yaveh. Amizao lahasiaro gny helok'ereo Izy, dra nagnafay gny fahotany. [11]Hoy Yaveh taminahy:''Ka mangataky
anizay ahasoa itio vahoaky itio.[12]Fa raha mifaly hany izy ireo , dra sy hiteno gny fitaragnany zaho, dra raha
manao fagnatisy oroa vo fagnatisy ho hany izy ireo, dra sy hakasitaky anireo zaho. Fa handringa anazy ireo amy
sabasy, mosary, dra areti-mamono zaho.''[13]Dra hoy zaho ho: ''Ry Yaveh Tompo! Indro! Reo paminany manao amy
olo ho:'Sy hahita sabasy iandrareo; sy hisy mosary ho andrareo, satria hagnome fandriam-pahalema mary ho
andrareo amin'itio toera itio zaho.''' [14]Dra hoy Yaveh taminahy: ''Reo mpaminany dra maminany amim-pitaky amy
agnarako. Sy nagniraky anazy ireo, na nagnome beko anazy ireo na niresaky tamin'ireo zaho. Fa fahita vandy vo
raha-fahatany, faminania sy mary laha tamy saim-patasin'ereo gny haminaniany amindrareo.''[15]Noho zay dra
izao gny zakan'i Yaveh:''Mahakasiky gny mpaminany maminany amy agnarako nefa sy nirahiko-ireo zay mizaka
fa sy hisy sabasy na mosary amin'itio tany itio: Reo mpaminany ireo dra hamono amy sabasy vo mosary. [16]Dra
ireo olo zay naminaniany dra hatoraky egny amin'ireo lalan'i Jerosalema noho gny mosary vo sabasy,fa sy hisy na
raiky avo handevy anazy ireo-izy ireo, ireo valiny, ireo zanadahiny, na ireo zanakapela-fa handraraky gny
faharasian'ereo eo amin'ireo zaho.[17]Zakao amin'ereo zao gny zaka zao:'Ao gny ranomasoko hanako gny
masoandroko. Ka anga hizano izy reo, fa hisy faharingana lahibe ho agny zanakapela mbo tsy mahavany lahy
gny oloko-rasy lahibe dra sy azo sitrany. [18]Raha miboaky ho agny an-tanimboly zaho, dra indreo ireo ze matigny
sabasy! Raha laha tao aminahy tana zaho, dra indreo gny arety zay vokasy gny mosary. Na gny mpaminany na
gny mpisoro dra hirerirery eo amy tany avo koa , dra sy hahala izy ireo.''' [19]Fa nanda tateraky an'i Joda se Ianao?
Halanao se i Ziona? Nanao akory ianao gny hampahory anay fagny sy misy fagnasitragna ho anay, nagnategna
fiadana zahay. fa sy nisy raha-bagno-dra ho agny fotoa fagnasitragna, nefa indro, horohoro avo gny misy.
[20]Magneky zahay, ry Yavaeh, ireo fandikanay lalana, gny helok'ereo razambenay, satria fa nanota taminao zahay.
[21]Ka lagny zahay! Fa noho gny amy agnaranao, dra ka mangalaky baraka gny seza fiandriananao be voninahisy.
Sarovy dra ka mandrava gny fanekenao taminay. [22]Moa se misy amin'ireo sapigny firenena gny mahavy
mapandasaky ranon'ora gny lagnisy? Ry Yaveh Zagnaharinay, moa se sy Ianao gny toka, gny manao anizao?
Manatena anao zahay, satria Ianao gny fa nanao anizao aby zao.

## Chapter 15

[1]Dra hoy Yaveh taminahy ho: ''Na dra Mosesy na Samoela aza gny nijoro teo anoloako, dra sy bo hakasitraky
anitio vahoaky itio zaho. Roaho hiala eo anoloako izy ireo, ba handehan'ereo.[2]Dra hizaka aminao izy ireo ho:'Eza
gny tokony ho andehanay? 'Dra sy maisy hizaka amin'ereo ianao ho:'Zao gny zakan'i Yaveh:Reo voalahasy ho
maty dra ho maty; ireo voalahasy ho agny sabasy dra ho maty ami-sabasy.Reo voalahasy ho agny mosary dra ho
mafigny mosary;dra ireo voalahasy ho amy fahababoa dra ho babo.'[3]Fa ho tendreko ho atoko efasy izy ireo-zay
gny fagnambaran'i Yaveh-gny sabasy dra hamono gnilany, ireo amboa hitaritariky gny gn'ilany,ireo vorogny
lagnisy vo ireo bibidia gny tany handevo dra hamotiky gn'ilany.[4]Ho ataoko raha mampivarahontsana an'ereo
fazakany gny tany iaby izy ireo, noho ze raha nataon'i Manase zanak'i Hezekia, pazakagny Joda, tany Jerosalema.
[5]Fa iza gny hiferegnay anao, ry Jerosalema? Iza gny alahelo anao? Iza gny hihery hagnontany momba gny toe-
tegna anao? [6]Nahafo anahy ianao-zay gny fagnambaran'i Yaveh-fa niala taminahy ianao.Koa hagnenga anao amy
tagnako zaho dra hanorotoro anao.Rokaky gny mamindra fo aminao zaho.[7]Ka dra ho kororohiko amy fikororoha
eo amin'ereo fefiny tany izy ireo. Hapahory anazy ireo zaho. Hanorotoro gny vahoakiko zaho satria sy hiala amy
lalany izy ireo.[8]Ho ataoko maro noho gny fasy egny amoron-dranomasy gny pitondratenan'ereo. Handefa gny
pandrava amy atondro amin'ireo reni-zatovolahy zaho. Handasaky horohoro vo tahosy tapoky amin'ereo zaho.
[9]Gny reny zay niteraky zaza fito dra hihaosy. Hiala ay izy. Gny masoandrony dra hiletiky raha bo andro igny. Ho
afa-baraka vo megnasy izy, fa homeko eo anatrehan'ereo fahavalony ireo ze sisa velo tamigny sabasy- zay gny
fagnambaran'i Yaveh.''[10]Loza ho anahy, ry Reniko! Fa niteraky anahy ianao, zaho zay lelahy gny aly hevisy vo
fandrese-dahasy manera gny tany iaby. Sy mana ho ampindramy zaho, dra sy nisy olo nampindra anahy, nefa
magnozo anahy izy iaby. [11]Hoy Yaveh:''Sy hamozy anao amy soa se Zaho? Ho ataoko mitalaho vozy amy fotoagny
loza vo fahoria vatany ireo fahavalonao.[12]Mahatorotoro vy se gny olo? Indrandra fa gny vy laha tagny avarasy ze
miharo varahina?[13]Homeko ireo fahavalonao ho babo maimaim-pona gny hanagna vo raha-sarobilinao. Ho
ataoko anizay noho gny fahota iaby nataonao tao agnatiny faritaninao iaby.[14]Dra ho ataoko manompo ireo
fahavalonao agny amy tany ze st fatanao, fa hirehisy gny afo, handrehisy gny fahoriako aminao.''[15]Ry Yaveh,
Ianao mahay! Sarovy zaho ka vozeo. Manova valifaty ho anahy amin'ireo magneziky anahy. Mahari-pery Ianao,
nefa ka anga hangalaky anahy izy ireo; fatako fa mijaly amy fagnalam-baraka noho Ianao zaho.[16]Fa hita ireo
zakanao, dra nihotahotako ireo. Reo zakanao dra avy hafalia ho anahy dra fahafinaretany gny foko, fa minday
gny agnaranao zaho, ry Yaveh, Zagnahary Tompogny maro.[17]Sy nipetraky teo amy faribolan'ireo zay nakalaza na
nifaly zaho. Nipetraky raiky zaho noho gny tagnanao mahery, satria nifenoko fahoria zaho. [18]Manao akory gny
mitohy gny fahararіako da sy misy fanafany gny feriko, manda gny ho sitrany? Hanahaky gny rano mamitaky
aminahy se Ianao, rano zay risy?[19]Koa izao gny zakan'i Yaveh:''Raha mibebaky ianao, ry Jeremia, dra ho aheriko
draiky, dra hijoro eo anoloako ianao ka hanopo anahy. Fa raha magnasaraky gny raha molamola amin'ireo raha
sarobily ianao, dra ho manahaky gny vavako ianao. Hihery aminao gny vahoaky nefa ianaodra sy hihery
amin'ereo. [20]Ho ataoko manahaky gny fefy varahina sy azo idira ho an'itio vahoaky itio ianao, dra hananga aly
aminao izy ireo. Nefa sy handresy anao izy ireo, satria momba anao zaho ba hamozy vo hagnavosy anao-zay gny
fagnambaran'i Yaveh- [21]fa hamozy anao amy tagnany rasy fagnahy zaho dra hagnavosy anao amy tagnany panao
jadona.''

Chapter 16

[1]Dra avy taminahy gny zakan'i Yaveh, nanao ho:[2]''Ka mangalaky valy ho agny vatanao, dra ka miteraky lahy na
ampela amy vatanao amin'itio toera itio. [3]Fa i Yaveh nizaka anizay tamin'ireo zanadahiny vo zanakapela zay
teraky teto amin'itio toera itio, tamin'ireo reny zay ninday anazy ireo, vo tamin'ireo raiky ze nahavy anazy ireo
ho teraky eto agnabon'itio tany itio, [4]'Ho maty amy aretim-pahafatesa izy ireo. Sy hitomagny izy ireo na ho alevy.
Ho lasa manahaky gny zeziky amy tany izy ireo. Fa amy alalany sabasy vo gny mosary gny hiafaran'ereo,dra gny
matin'ireo dra ho lasa sakafo ho agn'ereo voro gny lagnisy vo ireo bibigny tany.'[5]Fa avy taminahy gny zakan'i
Yaveh, nanao ho:''Ka milisy amy tragno ze misy fitomagnia. Ka mandeha ba hitomagny na ampiseho fangoraha
ho anazy ireo, fa nalako teo amin'izay vahoaky zay gny fiadanako,gny fitiavako sy miova vo gny famindram-poko-
zay gny fagnambaran'i Yaveh. [6]Gny lahibe vo gny masaiky dra samy ho maty eto amin'itio tany itio. Sy ho alevy
izy ireo, dra sy hisy na raiky aza hitomagny anazy ireo na hanapaky gny vatan'ereo na hagnarasy gny lohany ho
anazy ireo.[7]Ao sy hisy na iza na iza hizara sakafo amy fandala ba hampionogna anazy ireo noho ireo fahafatesa,
dra ao sy hisy hagnome kapoaky fampionona ho agny rany na ho agny reniny ba hampiono anazy ireo.[8]ao ianao
sy ho agny amy tragno fanasa ba hipetraky hiaraky amin'ireo ba hihina na hino.'[9]Fa Yaveh topogny maro,
Zagnaharin'Israely, nanao ho:'Indro. eto anatrehagny masondrareo , androndrareo dra amin'itio toera itio,
hampizano gny feogny fifalia vo gny feogny firavoravoa zaho, gny feogny pampiakasy vo gny feogny
ampiakary.'[10]Dra ianao nitatisy anereo zaka iaby reo anizahoky vahoaky tahoky amin'izay andro zay , dra hizaka
aminao izy ireo hô:'Nanao akory Yaveh gny nandidy itio loza lahibe hanohera asika itio? Ino gny hahoriany vo
fahotanay ze nagnotany tamin'i Yaveh Zagnaharisika? [11]Koa zakao andreo hô: 'Satria nagnenga anahy reo
razambendrareo _ zay gny fagnambaran'i Yaveh dra nagnagny amy zagnahari_ Kafa ereo dra nanopo vo
nandohaliky tamin'enereo . Dra nagnenga anahy ereo dra sy nita gny didiko.[12]Saiky gny vatandrareo dra fa
ninday faharasia maro noho ireo razambendrareo, ka indro, samy nandeha tamy herilolohany gny olo kirairaiky
araky gny fo rasiny; sy misy na raiky avo miteno anahy.[13]Ka dra ho alako eto amin'itio tany itio ho agny aminigny
tany ze sy bo fatandrareo na reo razambendrareo, dra hanompo ireo zagnahari-kafa aminigny loa-kandronagny
iandrareo, fa sy hagnome fakasitraha ho andrareo zaho.'[14]Noho zay, indro, avy dra gny andro-zao gny
fagnambaran'i Yaveh-fa gny sy ho zaka sasy ho:[15]'' Raha bo velo koa i Yaveh, gny ninday gny vahoakin'Israely laha
tagny amy tanin'i Egypta.'Fa ho:''Raha bo velo koa i Yaveh, gny ninday anireo vahoakin'Israely laha tagny amy
tany avarasy vo laha tagny amin'ireo tany ze fa nampieleza anazy ireo.' Fa ho aheriko agny amy tany ze nomeko
gny razambeny izy ireo.[16]Indro! Handefa pagnarato maro zaho- izao gny fagnambaran'i Yaveh-ka hagnarato gnby
olo nereo. Tafaran'izay dra handefa mpamita maro zaho ba hamita ho anazy nereo egny amy tendrombohisy vo
havoa aby, dra egny asefasefafaky gny haram-bato izy reo.[17]Fa gny masoko dra ho egny amy lalan'ereo iaby; sy
afaky gny hivony eo anoloagny masoko gny helok'ereo. [18]Hagnavaky avo ro heny gny heloky vo gny otan'ereo ho
agny fandotoan'ereo gny taniko tamy sapy vetavetan'ereo aloha zaho, vo gny famenoan'ereo sapy
mapagnelakelaky gny lovako.''[19]Yaveh o , Inao gny fiarovako fatrasy vo fialofako, toera azoko atoky amy androm-
pahoria. Ho agny Aminao ireo firenena laha tagny amy faragny tany dra hizaka ho: 'nandova fitaky vatany gny
razambenay. Rava izy ireo; dra sy ahita tombosoa ao amin'ereo.[20]Manao zagnahary ho agny vatan'ereo se gny olo?
Kanefa sy zagnahary izy ireo.'[21]Noho zay indro! Ho ampahafatariko anazy ireo amin'izay fotoa zay, ho ataoko
fatasin'ereo gny tagnako vo gny heriko, ka ho fatasin'ereo fa Yaveh gny agnarako.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 17

[1]'' Voasorasy tamy peniny vy mana lohany diamondra gny fahotan'i Joda. Voasokisy eo amy takelaky gny fon'ireo
vo eo amy tandrok'ireo alitaranao zay.[2]Na dra gny zanak'ereo aza dra mahasiaro ireo alitarany vo ireo
baon'Aserahany ze mariny gny hazo misandrahaky teo vo tagnabony havoa agnabo.[3]Teo an-tendrombohisiko tao
amy tana malalaky gny baon'Aseraha. Gny hanagnandrareo vo reo raha-sarobilindrareo aby dra homeko
manahaky gny babo, miaraky amy fitoera abondrareo, noho reo fahota nataondrareo teo amy faritanindrareo
aby.[4]Ho levo gny lova ze nomeko andrareo. Ho ataoko andevon'ireo fahavalondreo iandrareo, fa iandrareo dra fa
nandrehisy afo amy fahoriako, ze hirehisy mandrakizay.''[5]Hoy i Yaveh:'' Voaozo gny olo zay mahatoky olombelo;
manao gny nofony ho heriny izy nefa mampivily gny fony amin'i Yaveh.[6]Fa hanahaky gny kirihisy masaiky ao
Araba izy dra sy hahita raha-soa ho avy. Hizano agny amy toeram-batolapy agny agn'efisy izy, tany maiky sy misy
pony.[7]Nefa voatahy gny olo ze mahatoky an'i Yaveh, fa Yaveh atogny fahatokiany.[8]Fa hanahaky gny hazo nambole
tegny amoron-drarno izy, hisandrahaka magnamoro gny riaky ireo fakany. Sy hatahosy gny hafana izy raha avy
zay, fa ireo raviny dra meso mandrakariva. Sy magnahy amy taogny hai-tany izy , dra sy hizano hamoa izy.
[9]Mamitaky mihoasy gny raha aby gny fo . Marary zay; izao gny afaky ahatakasy anizay/ [10]Zaho gny Yaveh, gny
magnety gny ao asay, gny misapa ireo fo. Magnome araky gny fombagny olo kirairaiky zaho, araky gny
vokasin'ereo asany. [11]Mikotriky gny atoly ze sy nalasany gny sipohy. Mety ho avy pagnarivo sy ara-drariny gny
olo, nefa fa gny misasaky gny andro iaignany, dra hagnenga anazy ireo pagnarivo ireo, dra agny am-parany dra
ho lasa mola izy.''[12]''Gny sezagny tempolinay dra seza fiandrianana be voninahisy, nakary hatra am-piandoha .
[13]Yaveh gny fanatenan'Israely. Ho megnasy ireo ze magnenga anao iaby. Ireo ao amy tany ze niala taminao dra ho
sorota amy botany. Satria miriosy an'i Yaveh Izy ireo, gny loharano gny rano velo. [14]Sitrano zaho, ry Yaveh, dra ho
sitra zaho! Vozeo zaho, dra ho voavozy zaho.Fa Ianao gny hira fiderako.[15]Indro, hoy ereo taminahy:''Eza gny
zakan'i Yaveh? Angao ze ho avy! '[16]Raha gny aminahy, sy niala tamy maha mpiaraky agn'ondry magnaraky Anao
zaho, sy nagniry gny andro gny loza zaho. Fatako ireo fagnamabara laha tamigny sogniko. Natao teo amy
fanatrehanao raiky.[17]Ka mapatahosy anahy .Ianao gny fialofako amy andro gny loza. Ao ho megnasy seky ireo
pagnendriky anahy, nefa ka anga ho megnasy zaho. [18]Ao izy ireo hatahosy amin'ireo andro loza dra torotoroy
amy azara loza agn'abo ro heny izy ireo.''[19]Izao gny zakan'i Yaveh taminahy:''Mandehana dra mijoroa eo amy
fefinigny vahoaky ze hiliran'ireo pazakan'i Joda vo iboahan'ereo, dra laha teo amy fefy hafa an'i Jerosalema aby.
[20]Zakao ereo ho:'Tenoy gny zakan'i Yaveh, ry pazakan'i Joda vo iandrareo vahoakin'i Joda iaby, dra gny ponin'i
Jerosalema zay mandalo amin'ereo fefy ireo.[21]Izao gny zakan'i Yaveh:''Tandremo gny aindrareo ka mitarazo eta-
mavesasy amy Andro Sabata ka hinday anizay magneo amin'ireo fefin'i Jerosalema. Ka minday eta miboaky gny
tragnondrareo amy Andro Sabata.[22]Ka manao asa na ino na ino , fa atokano gny Andro Sabata, ze manahaky gny
nandidiako ireo razanao hatao.'''[23]Sy niteno na nitandry ereo, fa nagnamafy gny hatony ba sy haharezany anahy
na haneky famezigna.[24]Hiseho zao raha miteno anahy vatany iandrareo-zao gny fagnambaran'i Yaveh-dra ka
manday eta magneo amin'ireo fefiny tana amy Andro Sabata fa atokano ho an'i Yaveh gny Andro Sabata dra ka
manao asan ino na ino amin'izay, [25]dra ireo pazaka, andriana, vo ireo ze mipetraky eo amy seza fiandrianan'i
Davida dra hagneo amin'ireo fefin'itio tana itioky amy kalesy miaraky amy sovala, izy reo vo reo pitariky anazy
reo, gny lelahin'i Joda vo gny mponin'i Jerosalema, dra itio tana itio dra hipetrara mandrakizay.[26]Izy reo dra ho
avy agny amy tananan'i Joda vo vay amy magnodidy an'i Jerosalema, laha tamy tanin'i Benjamina vo reo farisy
iva, laha tagny amin'ireo tendrombohisy, dra laha tagny Negeva, hinday ireo fagnatisy oroa vo ireo soro,
fagnatisy tegnany vo litin-kazo magnisy, fagnati-pisaora ao an-tragnon'i Yaveh.[27]Nefa raha sy miteno anahy
iandrareo-gny amy fanokana gny Andro Sabata vo gny sy findesa eta-mavesasy dra gny sy filira amin'ireo fefin'i
Jerosalema amy Andro Sabata-dra handrhetako afo eo amin'ireo vavahadiny, ka handevo gny mandan'i
Jerosalema zay, dra sy ho vono zay.''

## Chapter 18

[1]Gny zaka ze avy tamin'i Jeremia laha tamin'i Yaveh, manao ho:[2]'' Misangana dra miboaha tao an-tragnonigny
mpanefy tanimanga, fa agny gny hampaharezako anao gny Zakako.''[3]Ka nagnagny an-tragnogny panefy
tanimanga zaho, dra indro! Gny panefy tanimanga dra niasa teo amy kodiarany. [4]Fa sola tegny an-tagnany gny
vilany tanimanga ze nizakany. ka niova hevisy izy dra nanao raha hafa ze farany soas teo amasony.[5]Dra avy
taminahy gny zakan'i Yaveh, nanao ho:[6]''Sy afaky manao manahaky gny ataon'io panefy io amindrareo se zaho,
ry akohonan'Israely?- izao gny fagnambaran'i Yaveh. Indro! Manahaky gny tanimanga eo an-tagnany gny panefy
-dra manahaky anizay iandrareo eo an-tagnako, ry fianakavian'Isrealy. [7]Amy fotoa raiky, dra mety hanogno raha
ho agny firenena na fazaka raiky zaho, ba hanokafako, handrobahako, na hanorotoroako anizay. [8]Fa raha miala
amy harasiany gny firenena zay nanovako anizay fagnambra zay, dra hihazo gny loza zay nomaniko handesiko
eo amin'izay zaho.[9]Amy fotoa hafa, dra mety hagnambra raha momba gny firenena na fanjaka raiky zaho, fa
hananga na hamboly anizay zaho.[10]Fa raha manao rasy eo amasoko izy amy sy fitenoa gny feoko, dra hazanoko
amin'ereo.[11]Dra amizao. mizaka amy olon'i Joda vo amy ponin'i Jerosalema ka zakao ho:''Izao gny zakan'i Yaveh
:Indro, hamolavola loza ho andrareo zaho. Fa mamoro tetiky hanohera andrareo zaho. Mibebaha, amy fomba
rasiny gny olo kirairaiky aby, dra hinday soa ho andrareo ireo fambondrareo vo ireo fanovandrareo.'[12]Fa hizaka
ereo ho:'Sy misy iatalia anazy zay. hanao araky ze fikasanay manoka zahay. Gny kirairaiky avy aminay dra hanao
ze fagnirian-drasinigny fony.'[13]Noho zay dra izao gny zakan'i yaveh:'agnontanio ireo firenena , iza gny fa nahare
karazan-draha manahaky anizao?Fa nanao asa mandanginy Israely viriziny. [14]Moa se gny oram-panala agny
Libaonona fa niriosy gny havoanam-Bato ei agnilany? Moa se gny rian-tendrombohisy avy lavisy fa rava, ireo
riana mamanala?[15]Fa nagnaligno anahy vahoakiko. Nanao fagnatisy ho agny sapy sy misy dikany izy ireo dra
natao ho tafitohy tegny amin'ereo lalany izy ireo; niriosy reo lalany fahiny izy ireo ho amin'ireo lala kelikeliky
avo. [16]Ho avy horohoro gny tanin'ereo, ho atogny siosioky mandrakizay. Izay mandalo eo aminazy iaby dra
hangitikitiky vo hagnifikifi-doha. Hagnaparitaky anazy ireo eo alohany gny fahavalony manahaky gny sioky
asignana zaho. [17]Hapiseho gny lamosiko anazy ireo zaho, fa sy gny tarehiko, amy andro gny lozan'ireo.''[18]Ka hoy
gny vahoaky tamin'i Jeremia: ''Magnatogna, ao isika hanao tetiky hanohera an'i Jeremia, fa sy ho levo gny lalana
avy amin'ereo pisoro, vo gny toro-hevisy laha tamin'ereo olon-kendry, na ireo tegny aby amin'ireo paminany.
Magnatogna, ao isika hanafiky anazy amin'ireo zakasika dra sy hitandry ze zakany sasy.''[19]Mitenoa anahy, ry
Yaveh, dra tenoy gny feon'ireo fahavaloko.[20]Moa se gny loza avy amin'ereo vatany gny valosoako tamy hasaram-
pagnahiko tamin'ereo? Fa nihaly lavaky ho anahy izy ireo. Sarovy gny nisanganako teo agnoloanao ba hiresaky
gny fifagnapian'ereo, ba hampiala gny fahorianao amin'ereo.[21]Noho za dra atovy avy amin'ireo zanany gny
mosary, dra atolory eo an-tagnan'ereo ze mampiasa sabasy izy ireo. Koa angao gny ampelan'ereo hidonam-
pahoria vo ho pinday vata, dra gny lelahy ho voavono, dra ireo tovolahiny ho matigny lefo agny agn'aly.[22]Ao aza
ra ho re aby ao amy targnon'ereo gny hiakiam-pahoria , amanahaky gny hindesanao panafiky hanohisy anazy
ireo tapoky. Fa nihaly lavaky hanambora anahy izy ireo dra nagnavony fandriky ho agny tomboko. [23]Fa ianao, ry
Yaveh, Ianao mahay gny drafisy aby aminahy ba hamoniany anahy. Ka magnenga ireo heloky vo fahotan'ereo. Ka
mamafa gny fahotan'ereo hiala aminao. Fa ao ereo ho rava eo anatrehanao. Miheseha hanohisy anazy ireo amy
fotoa gny fahorianao.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 19

[1]Izao gny nizakan'i Yaveh:''Mandehana dra miviliana taboara tanimanga gny panefy tanimanga raha miaraky
amy ireo loholon'ireo vahoaky vo ireo pisoro ianao. [2]Dra miboaha agny amy lohasahan'i Ben-Hinoma agny amy
filiragny vavagny vilagny vaky, dra ambarao ao gny zaka ze ho zakao aminao.[3]Zako ho: 'Tenoy gny zakan'i Yaveh,
ry pazakan'i Joda vo ponin'i Jerosalema! Yaveh Topogny maro, Zagnaharign'Israely, mizaka anizao:''Indro, zaho
dra hinday loza amin'itio toera itiuo, dra gny sofin'ereo aby zay mahare anizao dra hangosokosoky.[4]Hanao anizay
zaho satria nafon'ereo zaho dra nozimbazimbany itio toera itio. Andeso amin'itio toera itio gny anoloran'ereo
soro ho an'ereo zagnahari-kafa ze sy fatany. Izy ireo, reo razambeny, dra gny pazakagn'i Joda avo koa dra fa
nameno lio sy mana-signy teo amin'itio toera itio. [5]Nagnory ireo toera agn'abon'i Bala izy ireo hagnoroa amy afo
gny zanadahin'ereo ho fagnatisy oroa ho anazy -raha zay sy nididiko na nitignonoko, na koa nilisy tao asaiko.
[6]Koa, indro, ho avy gny andro-zao gny fagnambaran'i Yaveh-fa gny sy ho tokavy hoe Tofeta itio toera itio, gny
Lohasahan'i Ben-Hinoma, fa ho lasa Lohasahagny Famonoa zay.[7]Eto amin'itio toera itio gny hanovako reo
fikasan'i Joda vo Jerosalema ho sy misy taliava anazy. Ho ataoko ho lavo gny lefo eo anoloan'ireo fahavalony izy
ireo dra gny tanan'ireo zay mifofo gny ainy izy ireo. Dra homeko ho sakafo gny voro egny amy lagnisy vo gny
biby egny amy tany gny fatin'ireo.[8]Dra hataoko ho faharava vo raha fihisitr'itio tana itio, ka zay aby mandalo eo
amin'izay dra hangitikitiky vo hisioky momba arti-mandringa. [9]Hampihinaniko gny nofon'ireo zanadahiny vo reo
zanakapelany izy reo;gny olo kirairaiky dra hihina gny nofo piara-belo aminazy eo amy fahirano dra amy
fangirifiria gny handesa anazy reo ay fahavalony vo ireo mitalia gny ainy.'''[10]Dra ho vakinao eo amason'ereo
lelahy zay niaraky taminao gny taboara tanimanga.[11]Hizaka amin'ereo ianao ho:'Izao gny zakan'i Yaveh Topogny
maro:''Hanao raha mitovy manahaky anizay amin'itio vahoaky itio vo itio tana itio zaho- zay gny fagnambaran'i
Yaveh- manahaky gny nanorotoroan'i Jeremia gny taboara tanimanga gny sy nahafaha nagnamboara anizay
draiky. Handevy gny maty agny Tofeta gny olo mandra-paha sy misy toera hafa handevegna ireo maty sasy.
[12]Manahaky anizay gny hanovako itio toera itio vo ireo pony raha hanao itio toera itio manahaky an'i Tofeta zaho
-zay gny fagnambaran'i Yaveh- [13]ka gny tragnon'i Jerosalema vo ireo pazakan'i Joda dra ho avy manahaky an'i
Tofeta-ireo tragno aby ze misy tapon-tragno hideragny olo maloto gny kita aby egny amy lagnisy dra
andrarahany fagnatisy nomy ho an'ereo zagnahari-kafa.'''[14]Dra avy laha tagny Tofeta i Jeremia, zay nagnirahan'i
Yaveh anazy ba haminany. Nisanga teo amy kiazagny tragnon'i Yaveh izy dra nizaka tamy olo aby ho:[15]''Izao gny
zakan'i Yaveh Topogny maro, Zagnaharin'Israely ho:'indro, hinday amin'itio tana itio vo gny renivohiny aby gny
loza ze fa nambarako tamin'izay, satria nagnamafy gny hatony izy ireo dra nanda sy hiteno gny zakako.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 20

[1]Pasora zanak'i Imera mpisoro__ manamboninahisy pitariky izy___ dia nandre an'i Jeremia naminany reo tegny
reo teo anoloan'i tragnon'i Yaveh. [2]Koa novelesin'i Pasora i Jeremia paminany dra avy eo natobiny tao ami'reo
hazo fapigadra izay teo amigny vavahady agnabon'i Benjamina tao amigny tragnon'i Yaveh.[3]Dra naboak'i Pasora
tao amigny hazo fapigadra i Jeremia gny andro magnaraky. Dra hoy Jeremia taminazy: ''sy nitoka gny agnaranao
ho Pasora i Yaveh, fa mangora-misabiba hanao. [4]Fa izao gny zakan'i Yaveh: ''ingo, ho ataoko raha mapatahosy
hanao, dra hanao vo reo olo-tianao aby, fa ho lavon'ny sabatr'ireo fahavalony izy reo dra hahita izay gny
masonao. Ho atoloso eo atagnany pazakan'i Babylona gny Joda aby. Ho ataony babo agny Babylona izy reo na ho
tafihiny amigny tsabatra.[5]Hameko anazy gny harenity tana tihoky aby vo gny fanagnany aby, gny raha
sarobilin'izay aby vo gny harenigny pazakanigny Joda aby. Hapetrako egny atagnan'ireo fahavalonao reo raha
reo, dra ho lasan'ereo zay. Hangalaky anireo ereo dra hinday anireo agny Babylona agny. [6]Nefa hanao, ry Pasora,
vo reo mitoby ao atragnonao aby dra ho lasako babo. Handeha agny Babylona hanao dra ho maty agny. Hanao vo
reo olo-tianao aby ze naminanianao raha fitaky dra halevin'agny."'[7]" Namitaky anahy Hanao, ry Yaveh, dra
voafitaky zaho. Matazaky noho izaho Hanao, dra mandresy anahy Hanao. Lasa fiomeheza mandrisy gny totolo
andro zaho, mangala baraka anahy gny olon-aby. [8]Fa isaky gny mizaka zaho, dra nitoka fatrasy zaho dra nitalily
ho: 'Herisetra vo fandrava'. Dra lasa lasa vo fanesoa honahy isan'andro gny zakan'i Yaveh. [9]Raha mizaka zaho ho:
"Sy hieriserisy momba an'i Yaveh sasy zaho. Sy hizaka amigny agnarany sasy zaho.' Dra manahaky gny afo ao
apoko zay, voata ao agnatinigny tolako. Ko mitolo ba hita anazy zaho saiky sy nahavita.[10]Nahare gny sahonireo
papihorohoro boak'amigny olo aby magnodidy anahy.' Tatero! Sy maisy taterisika zay!' Reo ze mariny anahy dra
mitalaky ba hagnety raha lavo zaho.' Mety ho anazy fitaha izy. Raha izay, dra afaky mandresy anazy isika dra
hanao gny valifatisika aminazy.' [11]Fa momba anahy manahaky gny pialy mahery Yaveh, dra hivembe reo olo ze
magnitriky anahy. Sy handresy anahy ereo. Ho afa-baraka tateraky vtokoa ereo, akory sy hahomby. Ho megnasy
sy hana-piafara ereo, sy haligno mandrakizay zay.[12]Nefa hanao, ry Yaveh Toponigny maro, Hanao ze mahita gny
say vo gny fo. Angao zaho hahita gny valifatinao amin'ereo akory fa naneho gny trangako taminao zaho. [13]Miasa
ho an'i Yaveh! Midera an'i Yaveh! Fa namozy gny ain'ireo ze napahory tegny atagnan'ireo panao rasy Izy.[14]Aoky
ho ozogny gny andro nahaterahako. Aoky sy ho tahy gny andro ze nindesanigny reniko anahy. [15]Aoky ho ozogny
gny lelahy ze napahafatasy gny babako, gny nizaka ho: 'Misy zazalelahy nateraky ho anao', hiteraky fifalia lahibe.
[16]Aoky zay lelahy zay hanahaky reo tana ze niravan'i Yaveh dra sy nanagnany atra. Aoky izy hahare gny toka vozy
amigny mangiran-drasy, vo gny tomagninigny aly amigny atoandro, [17]akory sy namono anahy tao am-bohoka izy,
nanao gny reniko ho loloko, dra troky ze nitoe-zaza mandrakizay. [18]Nagnino zay gny niboaky tao am-bohoky zaho
ba hagnety fahoria vo alahelo, ba ho feno hegnasy reo androko?"


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 21

[1]Gny zaka ze avy tamin'i Jeremia boak'amin'i Yaveh gny fa nandefa an'i Pasora zanadahin'i Malkia vo i Zefania
zanadahin'i Mahasela pisoro tagny aminazy i Zedekia pazaka. Dra hoy ereo taminazy: [2]"Mangataha hevisy amin'i
Yaveh honay, fa mananga aly aminay i Nebokadnezera pazakan'i Babylona. Hanao reo fahagaga ho anay
angamba Yaveh, manahaky gny tamigny andro taloha, dra hapialy anazy eo aminay."[3]DRa hoy Jeremia
tamin'ereo: "Izao gny sy maisy zakandrareo an'i Zedekia, [4]'Yaveh, Zagnaharin'Israely, mizaka anizao: "Ingo,
hapihery reo fitova-pelia ze eo atagnandrareo zaho, nindray amize nialiandrareo hanohisy gny pazakanigny
Babylona vo reo Kaldeana ze nagnato andrareo boak'agny ivelan'ireo manda! Fa hamory anazy reo ho eo
agnevon'ity tana tihoky. [5]Dra Izaho vatako gny hialy aminao miaraky amigny tagna mihisy vo sandry fatrasy, vo
mindray amigny fahasosora, fahasiaha, dra fahoria lahibe.[6]Dra hanafiky reo ponin'ity tana tihoky Zaho, na gny
olo na gny biby. Ho maty amigny areti-mandringa fatrasy ereo. [7]Afaran'izay__zao gny fagnambaran'i
Yaveh__Zedekia pazakan'i Joda, reo panopony, gny amin'ity tana tihoky afaranigny areti-mandringa, gny mesa,
dra gny mosary, dra hameko ho eo atagnan'i Nebokadnezara pazakan'i Babylona izy aby, vo eo atagnan'ireo
fahavalony, dra eo atagnan'ireo ze mifofo gny ain'ereo. Dra hamono anereo amigny lela-mesa izy. Sy hiatra
anereo izy, sy hamindra fo anereo. na hana fangoraha-po.'[8]Dra aoky ho zakanao amin'io vahoaky io ho: 'Izao gny
zakan'i Yaveh: "Ingo, hapetraky manoloa andrareo gny lalanigny fiegna vo gny lalanigny fahafatesa. [9]Ze mizano
amity tana tihoky dra ho matinigny mesa, mosary vo gny areti-mandringa; fa ze miboaky dra loan'ireo Kaldeana
ze nanao fahirano anao dra ho velo. Hienga hiaraky amigny ainy izy. [10]Fa nanandry gny tarehiko hanohisy ty tana
tihoky zaho ba hinday loza fa sy hinday soa__ zay gny fagnambaran'i Yaveh. Fa notolosy eo atagnanigny pazakan'i
Babylona dra horoany zay.'[11]Tenoy gny zakan'i Yaveh mahakasiky gny taranakinigny pazakan'i Joda. [12]Ry
taranakin'i Davida, hoy i Yaveh: "Tateraho gny rariny amigny maraindray. Vozeo egny atgnanigny papahory gny
voaroba, fadra hiboaky manahaky gny haoriako dra hagnoro, dra sy hisy na raiky aza ho afaky hamozy anizay,
noho reo asa rasinao.[13]Ingo, ry poninigny loasaka! Manohisy anao Zaho, ry vatonigny lemaky__zao gny
fagnambaran'i Yaveh__ Zaho dra manohisy reo ze manao anizahoky aby ho: "Iza gny hizoso ao atragnonigny?"
[14]Nanendry gny vokas'ireo asanao ho avy hanohisy anao zaho__ Zay gny fagnambaran'i Yaveh__ dra handrehisy
afo agny amireo kirihis'ala zaho, dra handevy reo ze magnodidin'anazy aby zay."

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 22

[1]Izao gny zakan'i Yaveh: ''mizosoa agny atragnon'ny pazakan'i Joda dra zakao agny izao zaka izao. [2]Zakao ho: ''Ry
pazakan'i Joda, tenoy gny zakan'i Yaveh___hanao izay mitoboky eo amigny seza fiandrianan'i Davida___hanao, vo
reo panoponao, dra reo vahoakinao izay miriosy eo ami'reo vavahady reo. [3]Izao gny zakan'i Yaveh: ''Manova gny
rariny vo fahamarina, dra izay voaroba__vozeo egny atagnany mpampahory izy. Ka manao fomba rasy ami'ireo
vahiny, na kamboty, na mpitondrategna eo amigny taninao. Aza manao herisetra na mandasaky gny lion'ny sy
mana-signy amitiky toera tiky.[4]Fa gny manao reo raha reo tokoa hanao, dra hilisy eo ami'reo vavahadiny tragno
tiky hitikisy Kalesy vo sovala reo pazaka mitoboky eo amigny seza fiandrianan'i Davida, izy, reo panopony, dra
gny vahoakiny! [5]Fa gny sy miteno reo zaka avy aminahy izay fa nizakako reo zaka hanao__izay gny fizakan'i
Yaveh__dra ho avy faharavana itiky tragnony pazaka tiky.''[6]Fa izao gny zakan'i Yaveh mahakasiky gny tragnon'i
Joda: 'Hanao dra manahaky an'i Gileada, na manahaky gny tendron'i Libanona aminahy. Na izay aza ho avaliko
tagny afisy hanao, ho tanana sy misy ponina. [7]Fa nanendry reo pandrava ho avy hanohisy anao zaho! Hanapaky
reo sederanao soa indrindra reo lelahy mindray amigny fitovam-peliany dra hagnenga anazy reo hiazera agnaty
afo.[8]Dra ferenena maro gny handalo amitiky tana tiky. Hifapizaka amigny eo agnilany gny kiraikiraiky ho:
''Nanaoakory gny nanao izao tamitiky tana lahibe tiky Yaveh?'' [9]Dra hamaly gny hafa ho:''Satria nahafo gny
fagneken'i Yaveh Zagnahariny izy reo, dra niakohoky tami'reo Zagnahary hafa vo nanopo anazy ireo.''[10]Ka
tomagny izay maty, na mandala hon'azy; fa mitomagnia hon'azy izay handeha lavisy, satria sy hihery sasy izy dra
sy hahita gny tanindrazany sasy.[11]Fa izao gny zakan'i Yaveh momba an'i Jehoaza zanaky lahin'i Josia pazakan'i
Joda, izay nanopo manahaky gny pazaka gny tokony ho Josia babany: ''Niala teto amitiky toera tiky izy dra sy
hihery. [12]Ho maty agny amigny toera izay nanova'izy reo sesitany anazy izy, dra sy hahita itiky tany tiky
sasy.''[13]Loza ho an'izay magnory gny tragnony amigny sy fahamarigna, gny efitragnony agnabo amigny sy rariny,
izay mapiasa maiky gny piara-belo aminazy, dra sy magnome gny karamany; [14]Hoy izy ho: ''Hagnory tragno
lahibe vo efitragno agnabo malalaky hon'ahy zaho.' Koa manapaha lafinety lahibe ho izay, dra nasiany valin-
drihana sedera izay, dra nilokony mena.''[15]Nahavy anao ho pazaka soa se gny fagnirianaono hana takelaky
sedera? Moa se sy nihina vo nino avo koa gny babanao, fa koa nanao gny rariny vo fahamarina? Dra nandeha
gny zava-drehetra hon'azy. [16]Nagnome rariny gny ory vo fadiranova izy. Dra soa izay. Moa se izay sy midika gny
fahafatara anahy?__izay gny fizakan'i Yaveh.[17]Fa sy misy na ino na ino akoasy gny matahosy eo amigny masonao
vo gny fonao noho gny amigny tombony sy ara-drainy vo gny amignyfandasahan-drainy sy manasigny, gny
fapahoria vo fanorotoroa gny hafa.[18]Noho izay dra hoy i Yaveh mahakasiky an'i Joiakama zanaky lahin'i Josia,
pazakan'i Joda: Sy hitomagny hon'azy izy reo dra hanao ho: ''loza, ry rahalaiko!' na 'loza, ry rahavaviko!' sy
hitomagny hon'azy izy reo dra hanao ho: 'loza, ry topo! na 'loza, ry be vononahisy!' [19]Halevy manahaky gny
fandevegna Boriky izy, ho taritarihy vo hatoraky agny ambalikigny vavahadin'i Jerosalema izy.[20]Miakara agny an-
tendrombohitr'i Libanona ka mitokava fatrasy. Asandrato ao Basana gny feonao. Mitokava fatrasy laha tegny
amin'ireo tendrombohisin'i Abarima, fa ho halavo ireo namanao aby. [21]Niresaky taminao zaho bo nandry
ampilamina ianao, nefa hoy ianao ho:'Sy hiteno zaho.' zay gny fombanao hatramy fahatanoranao satria sy niteno
gny feoko ianao.[22]Hiamby ireo piamby agn'ondrinao aby gny sioky, vi reo namanao dra ho lasa tia. Dra ho
megnasy vo hangahiahy vatany ianao noho gny asa rasinao aby.[23]Ianao ze mony agny 'Libanona,'zay magnory
gny hagnagny amy sedera, endrey gny hamindra fo aminao fa gny avy aminao gny fahararigny asa. fahararriagny
ze manahaky gny agny ampela miteraky!'''[24]''Raha velo koa zaho-izao gny fagnambaran'i Yaveh- na dra banga
tombokasegny tagnako ankavana aza ianao ry Jekonia, zanadahin'i Joiakima, pazakan'i Joda, dra ho haheliheliko
ianao.[25]Fa nomeko ho eo an-tagnan'ereo ze atahoranao, na ho egny an-tagnan'i Nebokadnezara pazakan'i
Babylona vo ireo Kaldeana koa . [26]Hagnary anao vo gny reninao niteraky anao agny amy tany hafa zaho, tana zay
sy nahaterahanao, dra ao ianao gny ho maty.[27]Raha gny momba anitio tany zay hirin'ereo hiheregna itio, dra sy
hihery atio ereo.[28]Moa se sy fanaky nirasirasy vo nivakivaky zay?Moa se sy vilagny ze sy nahafaly dre iza dre iza
zay lelahy Jekonia zay? Nanao akory izy vo gny taranany gny narian'ereo, ka natorany tagny aminigny tany ze sy
fatan'ereo?[29]Ry tany, ry tany, ry tany! Tenoy gny zakan'i Yaveh! [30]Izao gny zakan'i Yaveh: 'Manorata mahakasiky
anity lelahy Jekonia tihoky: sy hagnatateraky izy. Sy hambiny mandrisy gny andro-piegnany izy, dra sy hisy na
raiky amireo taranany ahita fahombiaza na hipetraha eo amigny seza fiandriagnan'i Davida ndraiky dra
hanapaky an'i Joda.'''

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 23

1"Loza ho an'ireo piamby agnondry ze mamotiky vo magnaparitaky gny agnondrinigny ahisy mesoko__izay gny
fagnambaran'i Yaveh." 2Noho izay Yaveh, gny Zagnaharin'Israely, dra mizaka anizao mahakasiky an'ireo piamby
agnondry ze miamby gny olony: "Naparitandrareo reo agnondry. Ko dra hagnasazy andrareo zaho nohonigny
rasy ze nataondrareo__ izay gny fagnambaran'i Yaveh.3Izaho vatako gny hamory gny sisa amireo agnondriky
boak'agny amigny tany aby ze nandroahako anereo, dra hagnerin'anereo amigny toera misy ahisy, ze
hamokaran'ereo vo hitomboan'ereo zaho. 4Boak'eo zaho hananga piamby agnondry eo amin'ereo ze hiamby
anereo ba sy hatahosy na torotoro sasy ereo. Sy hisy ho levo ereo__izay gny fagnambaran'i Yaveh.
6Amireo androny dra ho voavozy i Joda, dra Israely dra hiay apilamina. Dra izao gny agnara hitokavany anazy:
Yaveh gny fahamarignasika.7Noho izay ingo, ho avy gny andro__izao gny fagnambaran'i Yaveh__gny fa sy hizaka
sasy ereo ho: 'Raha bo velo koa Yaveh, gny ninday gny vahoakin'Israely hiboaky gny tany Egypta.' 8Fa hizaka koa
ereo ho: 'Raha bo velo koa Yaveh, gny ninday vo nitariky gny taranak'Israely boak'agny amigny tany avarasy vo
gny tany aby ze nandroaha anereo.' Boak'eo dra hiay agny amigny tanin'ereo avo ereo.9Raha gny momban'ireo
paminany, dra marasy gny foko, dra matahosy gny tolako aby. Lasa manahaky gny olo mamo zaho, manahaky
gny olo ze resinigny divainy, noho Yaveh vo reo zakany masy. 10Fa gny tany dra feno pizangazanga. Noho reo dra
maiky gny tany. Maiky reo tanin'ahisy agny agnefisy. Rasy reo lalanigny paminany reo; sy miasa amigny tokony
ho izy gny fahefan'ereo.11"Fa reo paminany vo reo pisoro dra samy maloto. Fa nahita gny faharasian'ereo tao
atragnoko mihisy zaho! __izay gny fagnambaran'i Yaveh__ 12noho izay dra hanahaky gny toera malama ao
agnaty mezy gny lalan'ereo. Hataosika hizoso ereo. Hezera eo amizay ereo. Fa handefa loza eo amin'ereo amigny
taonanigny fagnasazia anereo zaho__ izay gny fagnambaran'i Yaveh.13Fa hitako nanao ze mapangelakelaky reo
paminany tagny Samaria: naminany tamin'i Bala ereo dra nitariky gny vahoaky Israely amigny lalan-diso.
14Nahita raha mapasiaky teo amireo paminany tagny Jerosalema zaho: Nizangazanga ereo dra nandeha tamigny
tafiky. Nagnamafy gny tagnan'ireo panao rasy ereo; sy nisy niala tamigny rasy fanaony. Lasa manahaky an'i
Sodoma avokoa izy aby aminahy dra gny poniny dra manahaky an'i Gomora!" 15Noho izay Yaveh toponigny maro
dra mizaka anizao mahakasiky reo paminany: "Ingo, hapihina raha-mahafaty vo hapino rano misy poizy anereo
zaho, akory gny fahalotoa dra niboaky tamireo paminanin'i Jerosalema nagnagny amigny tany aby."16Yaveh
toponigny maro dra mizaka anizao: "Ka miteno gny zakan'ireo paminany ze maminany amindrareo. Fa namitaky
andrareo ereo! Ereo dra mitalily fahita boak'ao asain'ereo manokan'avo, fa sy avy amigny vavan'i Yaveh. 17Mizaka
avo amireo ze mangala baraka anahy ereo ho: 'Yaveh dra mitalily fa hisy fedagna ho andrareo.' Fa gny olona aby
ze mandeha amigny herinigny fony dra manao anizahoky ho: 'Sy ho avy amindrareo gny loza.' 18Nefa iza gny
nisanga teo amigny fivorianigny synedrionan'i Yaveh? Iza gny mahita vo mahare gny zakany? Iza gny nanongila-
sofy tamigny zakany dra niteno?19Ingo, misy rivo-doza ho avy boak'agny amin'i Yaveh! Miboaky gny haoriany, dra
misy tafio-drivosy hisioky. Misioky magnodidy gny lohan'ireo rasy fagnahy zay. 20Sy hihery gny haorian'Agnahary
mandra-pahataterahany vo mandra-pindesany gny fikasanigny fony. Amigny andro farany, dra ho azondrareo
zay.21Sy nandefa reo paminany reo Zaho. Nipoisy avo ereo. Sy nitalily na ino na ino tamin'ereo zaho, nefa bo
naminany avo ereo. 22Fa raha nisanga teo amigny fivorianigny synedrionako ereo, dra haavy gny oloko hahare
gny zakako ereo; napivily anereo tamireo tena rasiny vo fanovan'ereo reo kolikoly.23Moa zagnahary mariny eo
avo ra zaho__izao gny fagnambaran'i Yaveh__fa sy zagnahary lavisy avo koa? 24Misy olo afaky mivony agny
amigny toera mivony ra dra sy hitako? __izay gny fagnambaran'i Yaveh__ dra sy mameno gny lagnisy vo gny tany
zaho? __izay gny fagnambaran'i Yaveh.25Fa reko gny voazakan'ireo paminany, reo ze naminany fitaky tamigny
agnarako. Hoy ereo ho: 'Nagnonofy zaho! Nagnonofy zaho!' 26Hafiria gny hitohizan'izay, ry paminany ze
maminany vandy boak'ao asain'ereo, vo maminany boak'amigny tafiky ao apon'ereo? 27 Ereo dra mitetiky gny
hagnadinoanigny oloko gny agnarako amireo nofy ze taterin'ereo sirairay boak'amigny piara-mony aminazy,
manahaky gny nagnadinoanigny razamben'ereo gny agnarako nohonigny agnaran'i Bala.28Gny paminany ze
mana nofy, aoky izy hitatisy gny nofy. Fa ze nitalily raha, aoky izy hitalily gny zakako apahamarigna. Fa ino gny
idiranigny mololo amigny vary? __izay gny fagnamaran'i Yaveh__ 29Moa sy manahaky gny afo ra gny zakako?
__izay gny fagnambaran'i Yaveh__dra manahaky gny tatagna ze manorotoro vato ho potipotiky? 30Ko ingo,
manohisy an'ireo paminany zaho__izay gny fagnambaran'i Yaveh__ze mangalasy zaka aby amigny olo hafa dra
mizaka fa avy aminahy reo.31Ingo, manohisy an'ireo paminany zaho__izay gny fagnambaran'i Yaveh__ze mapiasa
gny lelan'ereo ba haminania fagnambara. 32Ingo, manohisy an'ireo paminany ze magnofy ami-pitaky zaho__zay
gny fagnambaran'i Yaveh__dra boak'eo mitalily dra amizay fomba zay dra mamitaky gny olokoamigny alalanigny
fitaky vo fiheboheboan'ereo. Manohisy anereo zaho, akory sy nagniraky na nagnome baiko anereo zaho. Noho
izay dra azo atoky fa sy hagnapy an'ity vahoaky tihoky ereo__zay gny fagnambaran'i Yaveh.33Fa gny magnontany


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

anao ireo olo ireo,na gny paminany, na gny pisoro ho:'Ino gny eta-mavesasin'i Yaveh?' dra hizaka amin'ereo hanao ho: 'Handrareo gny eta-mavesasy, dra handroaky andrareo Zaho'__ Izaho gny fagnambaran'i Yaveh. [34]Raha gny amireo paminany, pisoro, vo olo ze mizaka ho: 'Tihoky gny vesas'i Yaveh' dra hagnasazy anizay olo zay vo gny akohonany zaho.[35]Sy mizano mizaka iandrareo , gny olo kirairaiky amy piara-belo aminazy dra gny olo kirairaiky amy rahalahiny ho:'Ino gny navalin'i Yaveh?' Sy ho:'Ino gny nambaran'i Yaveh?' [36]Fa gny sy tokony hiresaky mombagny vesasin'i Yaveh sasy andrareo, satria gny vesasy dra gny zakanigny olo kirairaiky manoka, dra andrareo dra nametaveta gny zakagny toponigny maro, Zagnaharisika.[37]Izao gny ho zakandrareo aminigny paminany ho:'Ino gny vali-zaka nomen'i Yaveh andrareo? Dra ho:'Ino gny zakan'i Yaveh' [38]Fa raha mizaka iandrareo ho:'Gny vesasin'i Yaveh,'dra izao gny ambaran'i Yaveh:'Satria nizaka ireo zaka reo iandrareo ho:'Vesasin'i Yaveh,'fa gny nagniraky andrareo zaho, nizaka ho:'Ka mizaka ho:'' Vesasin'i Yaveh,'''[39]noho zay,dra indro, hangalaky andrareo zaho dra hatorany andrareo lavisy anahy, miaraky amy tana ze nomeko andrareo vo ireo razambendrareo vo fagnarasiarasia amindrareo mandrakizay zay sy ho haligno .'''

## Chapter 24

1 Napiseho raha taminahy i Yaveh. Ingo, aviavy ro haro gny napetrako teo agnatrehanigny tepolin'i Yaveh. (Io
fahita io dra niseho tafaranigny nanovan'i Nebokadzenara, pazakan'i Babylona sesitany an'i Joakina zanadahin'i
Joakima, pazakan'i Joda, reo mana-pahefan'i Joda, reo panao asa tagna dra reo panefy vy boak'ao Jerosalema dra
nindesany anereo tagny Babylona.) 2 Gny taty raiky dra nisy aviavy soa vatany, manahaky gny volohan'aviavy
masaky, fa gny taty raiko koa dra nisy aviavy tena rasy dra sy afaky hohany reo. 3 Hoy i Yaveh taminahy: "Ino gny
hitanao, ry Jeremia?" Hoy zaho ho: "Aviavy. Aviavy ze tena soa vatany dra aviavy rasy vatany koa dra sy azo
hany." 4 Dra avy taminahy gny zakan'i Yaveh, manao anizahoky ho: 5 "Yaveh, zagnaharin'Israely, nizaka anizao:
Hagnety gny sesitanin'i Joda ho anigny aviavy soa reo, reo natao sesitany ze teto amin'ity toera tihoky ho agny
amigny taninigny Keldeana. 6 Ho sofiko rano ereo dra haheriko eo amin'io tany io ndraiky. Hasangako ndraiky
ereo. fa sy ho solako. Hangako ereo, dra sy ho fongorako. 7 Hameko fo ba hahafatasy anahy, fa Izaho gny Yaveh. Ho
oloko ereo dra Izaho ho Zagnahariny, dra hitoliko Aminahy amigny fony manotolo ereo. 8 Fa manahaky anireo
aviavy ze rasy vatany raha hohany__dra izao gny zakan'i Yaveh__manahaky anizay fomba zay gny hanovako an'i
Zedekia, pazakan'i Joda, miaraky amireo mana-pahefany, dra gny Jerosalema sisa tavela amin'ity tany tihoky na
mandeha ba hipetraky agny amigny tany Egypta. 9 Havadiko ho raha mapatahosy ereo, ho loza, eo amasonigny
fazakanigny tany aby, fahafaham-baraka vo ambeti-zakan'ohabola, fizaka rasy, dra ozo amigny toerana aby ze
hindesako anereo. 10 Handefa raha maragnisy, mosary, dra areti-mandringa amin'ereo zaho, mandra-paharava
anereo amin'ity tany ze nameko reo vo gny razambeny tihoky."

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 25

[1]Izao gny zaka avy tamigny Jeremia mahakasiky gny olon'i Joda iaby. Avy zay tamy tai fahefasy nazakan'i
Joiakima zanak'i Josia, pajakan'i Joda. Tao volohany nazakan'i Nebokadnezara,pazakan'i Babylona zay. [2]Jeremia
paminany nagnambara anizao tamy olo aby tao Joda vo gny ponin'i Jerosalema iaby.[3]Hoy izy ho:''Nandrisy gny
telo amby ropolo tao,tamy fahatelo ambigny folo tao nazakan'i Josia zanak'i Amona, pazakan'i Joda mandraky
amizao, dra avy taminahy gny zakan'i Yaveh dra fa nizakako andrareo hatragny avo, fa sy niteno iandrareo.
[4]Nandefa ireo paminany panopony iaby ho eo amindrareo hatragny avo i Yaveh, fa sy niteno anazy iandrareo na
niraharaha.[5]Reo paminany nizaka ho: 'Aoky gny olo sirairay hiala amigny fomba rasiny vo gny kolikoly fanaony
dra hiheregna agny amigny tany ze namen'i Yaveh gny razambendrareo tamigny andro faela vo gny ho andrareo,
ho fagnomeza maharisy. [6]Ka magnoriky amireo zagnahary hafa ba hanopo na hiakohoky amin'ereo, dra ka miasy
anazy amireo asanigny tagnandrareo ba sy hagnisiany rasy andrareo.'[7]Kanefa sy nitenondrareo zaho__izao gny
fizakan'i Yaveh__koa fa niasy anahy handrareo amigny asan'ny tanandrareo ba hagnisy rasy andrareo. [8]Koa
Yaveh tompon'ny maro nizaka izao: ''satria sy niteno ireo zakako handrareo, [9]Ingo, handefa didy hagnorogna gny
olo aby avy agny avarasy zaho_-izay gny fizakan'i Yaveh__ mindray amin'i Nebokadnezara mpanopoko, pazakan'i
Babylona, dra hinday anazy reo hanohisy izao tany izao vo reo poniny zaho, dra hanohisy reo ferenena aby
magnodidy andrareo. Fa ho atokako izy reo amigny fandringana. Ho avaliko ho horohoro, vo raha mapisiosioky,
dra faharava sy misy fahatapera izy reo.[10]Hasahaso gny feon'ny fifalia dra gny feon'ny firavoravoa, gny feon'ny
papakasy dra gny feon'ny apakary, gny feon'ny vato fokosoham-bary dra gny fahazavan'ny ziro. [11]Dra ho avy
faharava vo horohoro itiky tany aby tiky, dra reo ferenena reo hanopo gny pazakan'i Babylona mandrisy gny
fitopolo tao.[12]Dra gny fa feno gny fitopolo tao, dra ho faiziko gny pazakan'ny Babylona vo izay ferenena izay, dra
gny tanin'ireo Kaldeana___izay gny fizakan'i Yaveh__noho gny helok'izy reo dra ho ataoko ho faharavana sy misy
fahatapera izay. [13]Koa ho tanterahiko amin'izay tany izay gny zaka aby izay fa nizakako, dra gny raha aby
voasorasy ao ami'tiky boky izay naminanian'i Jeremia hanohera ireo ferenena aby itiky.[14]Fa hamoaky reo andevo
ao amin'ireo ferenena ireo koa gny ferenena maro hafa vo reo pazaka lahibe maro hafa.Ho valiako araky gny
ataony vo araky gny asan'ny tagnany avy izy reo.[15]Fa Yaveh, Zagnaharindr'Israely, nizaka izay taminahy manao
ho:''Reso etiky atagnako ity kapoaka-divain'ny fahatezera itiky dra aoka reo ferenena aby izay agnirahako anao
hino izay. [16]Fa hono izy reo vo ho tafitohina noho izay dra hivembena manahaky gny mola anoloan'ny sabatra
izay andehanako eo amin'izy reo.''[17]Koa dra nalako avy eo atagnan'i Yaveh gny kapoaky, dra napinomiko izay gny
ferenena aby izay nalefan'i Yaveh anahy: [18]Dra i Jerosalema, ireo tanan-dehiben'i Joda vo gny pazakany dra i reo
manam-pahefana__ba hamadiky anazy reo ho faharavana vo raha mapatahosy, vo raha mapisiosioky vo
fagnozogna, manahaky anazy ireo amin'izao andro izao.[19]Sy maisy nino izay koa ireo ferenena hafa: Farao
pazakan'i Egypta vo reo panopony; ireo manam-pahefany vo gny vahoakiny; [20]Gny olo aby samy hafa fiavia vo
reo pazaka aby avy amigny tanin'i Oza; ireo pazaka avy amigny tanin'ny Filistia aby__Askelona, Gaza, Ekron, dra
gny sisa agny Asdoda; [21]Adoma vo Moaba dra gny vahoakan'i Amona.[22]Ireo pazakan'i Tyrio vo i Sidona, ireo
pazakanigny moro-siraky egny andafiny ranomasy, [23]Dedana, Tema, dra Boza miaraky gny sisigny
volondohan'ereo, sy maisy nino anizay avo koa izy ireo.[24]Tahoky olo tahoky dra sy maisy mino anizay avo koa:
gny pazakan'i Arabia aby dra pazakagny vahoaky samy hafa fiavia aby ze mony agny agnesy; [25]gny pazakan'i
Zimry aby, gny pazakan'i Elama iaby, dra gny pazakan'i Media iaby; [26]gny pazakagny avarasy aby, na gny mariny
na lavisy -gny olo kirairaiky miaraky amy rahalahiny dra gny fazaka iaby eo amin'izao totolo zao ze eo agn'abony
tany .Tafaran'izy iaby zay dra pazakan'i babylona gny nino farany.[27]Nizaka taminahy Yaveh ho:''Amizao sy maisy
hizaka amin'ereo ianao ho:'Yaveh Toponigny maro,Zagnaharin'Israely, nizaka anizao:Minoma dra mimamoa, dra
mandoava, milavoa, dra ka misanga manoloa gny sabasy ze nalefako eo amindrareo.'[28]Dra raha manda sy
handramby gny kapoaky ho nomy egny an-tagnanao izy ireo, dra zakao izy ireo ho:'nizaka anizao Yaveh
toponigny maro ho:sy maisy mino anizay vatany iandrareo.[29]Fa indro, hinday loza eo amy tana ze nitokavy tamy
agnarako zaho, dra vatany ho afaky amy famezigna se iandrareo? Sy ho afaky iandrareo, satria hitoka gny sabasy
hanohisy gny pony aby amy tany zaho! - Zay gny fagnambaran'i Yaveh Toponigny maro.'[30]Sy maisy maminany reo
tany aby amin'ereo hanao, dra zakao anereo ho: 'Hiero boak'agny amigny abo i Yaveh dra hanandrasy gny feony
boak'egny amigny fitoerany masy, dra hierona fatrasy amigny fihoretany izy; dra hihiaka dra, manahaky ereo ze
magnisakisaky gny voalobaka magnkany ereo aby ze miay eto tagny. [31]Gny feon'aby hanakohako hatrany
zizikizay tany, fa Yaveh minday fiampagana amin'ereo firenena, dra minday fahasoava eo amigny nofo aby izy.
Hognome ereo rasy fagnahy eo amigny sabasy izy __ izaho gny fitalilian'iaveh.'[32]Yaveh Toponigny maro nizaka
anizahoky ho: 'Ingo, hiboaky hizaka firenena gny loza, dra mela boak'agny amigny farisy lavisy indrindra amigny
tany gny tafio-drivosy mahery. [33]Dra reo ze nivonon'i Yaveh amizay andro zay dra hihitasy hatragny amigny

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

fiafaranigny tany raiky dra hatramigny ilany hafa; sy handala ereo, na havoriny, na halevoriny, na haleviny. Hanahaky gny zeziky eo agnabonigny tany ereo.[34]Midradradradra, Ry piamby agn'ondry, dra mitoka hazolava! Mipalipalisy eo amy vovoky, iandrareo ry pitariky agn'ondry, fa avy gny andro famonoa andrareo; hibarakay manahaky gny vilagny matify iandrareo fa gny lavo.[35]Sy misy fialofa ho an'ereo piamby agn'ondry, sy ho afamandositry ireo pitariky gny agn'ondry. [36]Tenoy gny tomagnon'ereo mpiamby agn'ondry vo gny fidradradradran'ereo mpitarik'agn'ondry, fa simban'i Yaveh gny ahisin'ereo.[37]Ka ho ravarava ireo ahisy noho fasiahany fahorian'i Yaveh.[38]Manahaky gny liona tanora, nagnenga gny zohiny izy,satria gny tanin'ereo dra ho avy tahosy noho gny fahorianigny papahory, noho gny ferehetagny fahoriany.''



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 26

1Tamy fiandohagny fazakan'i Joiakima zanadahin'i Josia, dra avy laha tamin'i Yaveh izao zaka izao, nanao ho:
2"Yaveh nizaka ho:''Misangana eo amy kiazanigny tragnoko ze amy tananan'i Joda iaby zay avy hanao
fanompoam-pivavaha ao an-tragnoko.Ambarao gny zaka aby ze nandidiako anao ho zakanao amin'ereo. Ka misy
zaka hangala! 3Vasa ba hiteno izy ireo, ka hiala amin'ireo lalan-drasiny gny olo kirairaiky, ka hihazo gny loza ze fa
nikasakoho andesy eo amin'ireo noho gny faharasianigny fomba fataon'ireo zaho.4Dra sy maisy mizaka amin'ereo
ianao ho:'Izao gny nambaran'i Yaveh: Raha sy miteno anahy iandrareo ka sy mandeha araky gny lalako ze
napetrako teo anatrehandrareo-5raha sy miteno gny zakan'ireo paminany panopoko iandrareo ze nikirizako
nalefa tamindrareo -fa sy niteno iandrareo!6dra ho ataoko manahaky an'i Silo itio tragno itio; ho ataoko ozo eo
amason'ireo firenena aby erany gny tany itio tana itio.'''7Ireo pisoro, ireo paminany, vo gny olo aby dra nahare
an'i Jeremia nagnambara anizay zaka zay tao an-tragnon'i Yaveh.8Dra raha vao nifara gny fagnambaran'i Jeremia
gny zaka iaby ze nandidian'i Yaveh anazy ho zakany tamy olo iaby, dra nanambosy anazy ireo pisoro, ireo
paminany, vo gny olo iaby dra nanao ho:''tana ho maty ianao! 9Nanao akory ianao gny naminany tamy agnaran'i
Yaveh dra nizaka fa itio tragno itio dra ho avy manahaky an'i Silo dra itio tana itio dra ho lao, dra sy hisy pony?
Fa gny vahoaky iaby nivory nanohisy an'i Jeremia tao an-tragnon'i Yaveh.10Dra nahare anizay zaka zay reo mana-
pahefan'i Joda dra niakasy boak'agny atragnon'i Yaveh. Nitoby teo am-bavahady teo amigny Vavahady
vaovanigny tragnon'i Yaveh ereo. 11Reo pisoro vo reo paminany nizaka tamireo mana-pahefa vo gny olona aby.
Hoy ereo: "Rariny ho an'ity lelahy tihoky ho maty, fa naminany nanohisy anity tana tihoky izy, araky ze
rendrareo tamigny sofindrareo!" 12Ko nizaka tamireo mana-pahefa aby vo gny vahoaky aby i Jeremia dra nizaka
ho: "Yaveh gny nandefa anahy haminany hanohisy anity tragno vo tana tihoky, ba hizaka gny zaka aby ze fa
rendrareo.13Ko amizao, hasoavo gny lalandrareo vo gny fanaondrareo, dra mitenoa gny feon'i Yaveh
Zagnaharindrareo ba hanegnenany hanohera andrareo. 14Izaho mihisy gny eo atagnandrareo atio zaho! Atovy
aminahy ze soa vo ze mary eo amasondrareo. 15Fa tokony ho fatandrareo vatany fa raha mamono anahy
handrareo, dra hinday lio mary ho anigny vatandrareo vo ho an'ity tana tihoky vo gny pony ao aminazy, fa Yaveh
vatany gny nandefa anahy teo amindrareo hitalily reo zaka aby reo ho renigny sofindrareo.16Dra reo mana-
pahefa vo gny olona aby nizaka tamireo pisoro vo reo paminany ho: "Sy mendriky gny ho maty ty lelahy tihoky
akory nitalily raha tamisika tamigny agnaran'i Yaveh Zagnaharisika izy." 17Ko dra nisanga reo loholonigny tany
dra nizaka tamigny fengonanigny olo manotolo.18Hoy ereo ho: "Mika Morastita dra naminany tamigny andron'i
Hezekia pazakanigny Joda. Nizaka tamigny vahoakin'i Joda aby izy dra nanao anizahoky ho: 'Yaveh toponigny
maro nizaka zao: hasany manahaky gny saka i Ziona, ho avy korotam-bato i Jerosalema, dra gny
tendrombohisinigny tepoly dra ho avy havoa rakosy kirihisala.' 19Namono anazy ra i Hezekia pazakanigny Joda
vo gny Joda aby? Sy natahosy an'i Yaveh ra izy dra napitony gny tarehin'i Yaveh ba hagnazanognan'i Yaveh gny
loza ze fa zinakany aminereo? Ko hanao raha rasy lahibe amigny aisika avo ra sika?"20Teo agnilan'izay koa dra
nisy lelahy hafa ze naminany tamy agnaran'i Yaveh- Oria zanadahin'i Jearima-izy dra naminany hanohisy anitio
tana vo tany itio, nifagnaraky tamy zakan'i Jeremia aby.21Fa gny ren'i Joiakima pazaka vo gny miaramila iaby vo
gny manam-pahefany gny zakany, dra niezaky gny hamono anazy gny pazaka, saiky nahare anizay i Oria ka
natahosy, dra nilomay dra lasa nagnagny Egypta.22Dra nandefa lelahy ho agny Egypta gny pazaka Joiakima-
Elnatana zanadahin'i Akbora vo lelahy handeha ho agny Egypta hagnaraki an'i Oria.23Nalan'ereo hiboaky laha
tgny Egypta i Oria dra nandesiny teo amin'i Joikima pazaka izy.Dra nivononi Joiakima tamy sabasy izy dra
nalefany tagny amin'ireo lolo gny olo-sotra gny fatiny.24Fa gny tanan'i Ahikama zanadahin'i Safana dra niaraky
tamin'i Jeremia, ka sy natolosy teo ampela-tagnany vahoaky ba ho vono izy.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 27

[1]Tamigny fiandohanigny fazakan'i zebadia zanadahin'i Josia, mpazakan'i joba, dra avy tamin'i Jeremia ty zaka
boak'amin'i Yaveh tihoky. [2]Izao gny zinakan'i Yaveh taminahy ho: "Mamboara famahea vo zioga ho anigny
vatanao. Atobeo eo amigny hatokao reo. [3]Boak'eo dra alefaso agny amigny pazakan'i Edoma, pazakan'i Moaba,
pazakanigny vahoakin'i Amona, pazakan'i Tyro, dra amigny pazakan'i Sidona reo. Alefaso amigny alalanigny
tagnan'ireo masoivohonigny pazaka ze avy boak'ao Jerosalema ho agny amin'i Zedekia pazakan'i Joda reo. [4]Ameo
baiko ereo ho an'ireo topon'ereo dra zakao ho: "Yaveh toponigny maro, Zagnaharin'Israely, dra nitalily anizao:
Izao gny sy maisy ho zakandrareo amireo topondrareo:[5]"Izaho vatako dra nanao gny zaka tamigny alalanigny
heriko lahibe vo gny sandriko nisanga. Izaho avo koa gny nanao gny olo vo reo biby eo agnabonigny tany, dra
nameko an'ize mary teo amasoko zay. [6]Ko amizao, zaho vatako dra hagnome reo tany aby reo ho eo apela-tagnan'i
Nebokadnezara, pazakan'i Babylona, panopoko. Ameko anazy avo koa reo raha managnay egny agnahisy ba
hanopo anazy. [7]Fa gny firenena aby dra hanopo anazy, reo zanadahiny, dra reo zafiny mandra-pahavinigny
fotoanigny taniny. Dra hisy firenena maro vo pazaka lahibe handresy anazy.[8]Noho izay gny firenena vo gny
fazaka ze sy manopo an'i Nebokadnezara, pazakan'i Babylona, dra sy mametraky gny hatony ao ambaninigny
zioganigny pazakan'i Babylona__dra ho saziko amigny sabasy, mosary, dra areti-mandringa zay firenena
zay__izay gny fagnambaran'i Yaveh__ mamndra-paharavako anereo amigny alalanigny tagnany.[9]Ko ka miteno
an'ireo pizaka gny ho aby, reo pisikilindrareo, reo pahitandrareo, reo pagnety gny ho avy, dra reo pagnosavy, ze
nizaka tamindrareo dra nizaka ho: 'Ka manopo gny pazakan'i Babylona.' [10]Fa ereo dra maminany vandy
amindrareo ba handefasa andrareolavisy gny zakandrareo, fa ho roahiko handrareo, dra ho maty handrareo. [11]Fa
reo firenena ze mametraky gny hatony ao ambaninigny zioganigny pazakan'i Babylona dra manopo anazy, dra
hangako hizano eo amigny taniny zay__izay gny fagnambaran'i Yaveh__dra hamboly eo amizay ereo dra hagnory
gny tragnon'ereo eo amizay.""[12]Ko nizaka tamin'i Zedekia pazakan'i Joda Zaho dra nagnome anazy anizao hafasy
zao: "Apetraho ao ambaninigny zioganigny pazakan'i Babylona gny hatondrareo dra ho velo handrareo.
[13]Nagnino handrareo gny ho maty__handrareo vo gny vahoakinao__amigny alalanigny sabasy, mosary, vo gny
areto-mandringa, manahaky gny fa namboarako mombanigny firenena ze manda gny hanopo gny pazakan'i
Babylona?[14]Ka miteno gny zakan'ireo paminany ze mizaka amindrareo dra mizaka ho: 'Ka manopo gny pazakan'i
Babylona,' akory maminany vandy amindrareo ereo. [15]'Fa sy nandefa anereo zaho__izay gny fagnambaran'i
Yaveh__ fa ereo dra maminany fitaky amigny agnarako ba handroahako andrareo dra ho maty handrareo,
handrareo vo reo paminany ze naminany tamindrareo."'[16]Zinakako tamin'ireo pisoro vo gny olona aby zay dra
nanao anizahoky ho: "Izao gny zakan'i Yaveh: Ka miteno gny zakan'ireo paminanindrareo ze maminany
amindrareo dra manao anizahoky ho: 'Ingo! Reo raha tao atragnon'i Yaveh dra nahery tagny Babylona amizao!'
Maminany vandy amindrareo ereo. [17]Za miteno anereo. Tokony hanopo gny pazakan'i Babylona handrareo dra
ho velo. Nagnino gny tokony ho rava ty tana tihoky? [18]Raha paminany ereo, dra raha avy tamin'ereo mary gny
zakan'i Yaveh, dra aoky ereo hitalao amin'i Yaveh toponigny maro ba sy handefa amin'i Babylona reo raha ze
tavela ao atragnony, gny tragnonigny pazakan'i Joda, vo Jerosalema.[19]Yaveh toponigny maro dra mizaka anizao
momban'ireo andry, gny tavin-drano lahibe, vo gny pisy gny tavin-drano, dra gny ambin'ireo raha ze tavela ao
amin'io tana io__[20]reo raha ze sy nitakarin'i Nebokadnezara gny fa nitarazo an'i Jekonia zanadahin'i Joiakima,
pazakan'i Joda, ho babo boak'agny Jerosalema ho agny Babylona nindray tamireo mana-kazan'i Joda vo
Jerosalema.[21]Yaveh toponigny maro, Zagnaharin'Israely, dra mizaka anizao momban'ireo raha ze tavela ao
amigny tragnon'i Yaveh, gny tragnonigny pazakan'i Joda, vo Jerosalema ho: [22]'Handesy agny Babylona reo, dra
hitoby agny mandra-pahavianigny andro hiaviako ho andrareo__izay gny fagnambaran'i Yaveh__boak'eo zaho
hinday anireo agny amin'io toera io."'

Chapter 28

[1]tamin'izay tao zay , tamy fiatombohanigny fazakan'i Zedekia pazakan'i Joda, tamy fahefa-tao vo fahadimy vola,
Hanania zanadahin'i Azora paminany, ze laha tagny Gibeona, dra nizaka taminahy tao an-tragnon' i Yaveh teo
anatrehan'ireo pazaminany vo gny vahoaky iaby. Hoy izy ho:''[2]Yaveh Tompogny maro ,
Zagnaharisin'Israely,mizaka anizao: Fa nivakiko gny zioga ze napetraky gny pazakan'i Babylona.[3]Ao agnatigny ro
tao dra haheriko eto amin'itio toera itio ireo raha aby tao an-tragnon'i Yaveh ze nalan'i Nebokadnezara pazaka
an'i Babylona teto amin'itio toera itio ka nitiminy nagnagny Babylona. [4]Dra ho andesiko mihery amin'itio toera
itio i Jekonia zanadahin'i Joiakima,pazakan'i Joda, dra ireo babo aby ze niahiny nagnagny Babylona -zay gny
fagnambaran'i Yaveh-fa hamotiky gny ziogagny pazakan'i Babylona zaho.''[5]Dra nizaka tamin'i Hanania paminany
teo anatrehan'ereo pisoro vo gny vahoaky aby ze nijoro tao an-tragnon'i Yaveh i Jeremia paminany. [6]Hoy Jeremia
paminany ho:''Hanao anizay seky Yaveh! Yaveh seky hagnamafy ireo zaka ze naminanianao ka hagnery ireo
rahagny tragnon'i Yaveh eto amin'itio toera itio, vo ireo babo eto aby laha tagny Babylona.[7]Na zay avo, mitenoa
anizao zaka ze ambarako eo asofinao vo eo asofiny vahoaky aby.[8]Ireo paminany ze nisy teo alohako vo teo
alohanao taloha ela be avo koa dra naminany mahakasiky ireo firenena maro vo hanohisy ireo fazaka lahibe,
momba gny aly, mosary, dra gny areti-mamono.[9]Fa gny paminany ze maminany fa hisy fiadana-raha tateraky gny
zaka, dra ho fatasy fa paminany nirahan'i Yaveh vatany izy.''[10]Fa nirambesin'i Hanania paminany gny zioga zaka
ambozon'i Jeremia paminany dra nivakiny zay.[11]Laha teo dra nizaka teo anatrehany vahoaky aby i Hanania ka
nanao ho: '''Izao gny zakan'i Yaveh: Manahaky anizay hoa, ao agnatigny ro tao dra ho vakiko avo koa ireo zioga ze
napetrak'i Nebokadnezara pazakan'i Babylona teo ambozony firenena iaby.''Dra nizotra tamy lalany i Jeremia
paminany.[12]Tafarany nanorotoroan'i Hanania paminany gny zioga teo amy vozon'i Jeremia paminany, dra avy
tamin'i Jeremia paminany gny zakan'i Yaveh, nanao ho:[13]''Mandehana dra miresaha amin'i Hanania dra zakao
ho:'izao gny zakan'i Yaveh: namaky zioga hazo Ianao, fa Izaho koa hanao zioga vy.'[14]Fa izao gny zakan'i Yaveh
tompogny maro: Fa nametraky zioga vy tamy vozon'ireo firenena iaby ze manopo an'i Nebokadnezara pazakan'i
Babylona ireo zaho, ka hanopo anazy izy ireo. Fa nagnome anazy bibidia avo koa zaho ba hanapaky eo
aminazy.''[15]Tafaran'izay i Jeremia paminany dra nizaka tamin'i Hanania paminany ho:''Mitenoa ry Hanania! Sy
nagniraky anao i Yaveh, fa ianao tenanao gny nahavy ireo vahoaky hino vany.[16]Koa izao gny zakan'i Yaveh: Indro,
hangalaky anao eto an-tany zaho. Ho maty amin'itio tao itio ianao , satria magnambara fikomia an'i Yaveh
ianao.''[17]Tamy fahafitogny volon'izay tao zay avo, dra maty i Hanania paminany.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 29

[1]Itahoky gny zaka tao amigny hironan-taratasy izay nalefan'i Jeremia paminany avy agny Jerosalema ho an'ireo
loholona sisa tavela tamin'ireo babo vo tamin'ireo pisoro, ireo paminany, dra reo vahoaky izay nataon'i
Nebokadnezera sesitany avy agny Jerosalema agnagny Babylona. [2]Izay dra tafaran'ny nandefasana an'i Jekonia
pazaka, vo gny reny pazaka vavy, vo reo mana-pahefana agnabo, gny pitariky an'i Joda vo Jerosalema, dra reo
panao asa-tagna tagny Jerosalema. [3]Napandesiny an'i Elasa zanak'i Safana dra Gemaria zanak'i Hilkia izay
nirahin'i Zedekia pazakan'i Joda, tagny amin'i Nebokadnezara pazakan'i Babylona, gny horona-taratasy.[4]Izao gny
sorasy ao amigny taratasy igny:''Yaveh tompon'ny maro, Zagnaharindr'Israely, mizaka izao amin'ireo babo aby
izay nataoko sesitany avy tagny Jerosalema ho agny Babylona: [5]Magnamboara tragno dra mitoboha ao amin'ireo.
Mambole zaridaina dra hano gny tegnan'ireo.[6]Mangala valy dra miteraha zanaky lahy vo zanaky vavy. Dra
hangalao valy ireo zanandrareo lahy, dra tolory reo zanakindrareo vavy. Aoka izy reo hiteraky zanaky lahy vo
vavy dra apitombo reo ba sy hazary ho visy loasy handrareo. [7]Kasaho gny fiadagnany tana izay nanovako
andrareo ho sesitany, dra mivavaha aminahy ho an'izay satria hisy fiadagna ho anao ao raha ao gny fiadagna.''[8]Fa
Yaveh tompon'ny maro, Zagnaharindr'israely, dra nizaka izao: 'Ka magnenga an'ireo paminany izay eo
agnevondrareo vo reo pisikily hamitaky andrareo, dra ka miteno reo nofy izay nofisindrareo. [9]Fa izy reo dra
maminany am-pitaky amindrareo amigny agnarako.Sy nandefa anazy reo zaho__izay gny fagnambaran'i
Yaveh.'[10]Fa izao gny zakan'i Yaveh: Gny nanapaky andrareo handrisy gny fitopolo tao i Babylona, dra hagnapy
andrareo zaho dra hagnatateraky gny zaka soako ho andrareo ba hagneregna andrareo amitiky toera tiky. [11]Fa
izao tegnako gny mahafatasy gny fikasako ho andrareo__izay gny fagnambaran'i Yaveh__fikasako fiadagna fa sy
loza, ba hagnome ho avy vo gny fanatenana ho andrareo.[12]Dra hitoka anahy handrareo, dra andeha hivavaky
aminahy, dra hiteno andrareo zaho. [13]Fa hitalia anahy dra hahita anahy, satria hitalia anahy amigny fondrareo
manotolo. [14]Dra ho hitandrareo zaho__izay gny fagnambaran'i Yaveh__dra ho haheriko gny gny harendrareo; ho
ahoroko avy agny amigny ferenena vo toerana aby nampielezako andrareo handrareo__izay gny fagnambaran'i
Yaveh___fa hagnery andrareo agny amigny toera izay nanovako sesitany andrareo zaho.'[15]Satria nandrareo
nizaka fa Yaveh dra nanandraesy paminany hon'ahy agny Babylona, [16]Dra izao gny zakan'i Yaveh amigny pazaka
izay mitoboky eo amigny seza fiandrianan'i Davida vo amin'ireo olo aby izay mitoboky ao amin'izay tana izay, reo
rahalahindrareo izay bo sy niboaky ho babo nindray tamindrareo__[17]Izao gny zakan'i Yaveh tompon'ny maro:
''Ingo, handefa sabatra, mosary, vo arety eo amin'izy reo zaho. Fa ho ataoko manahaky gny aviavy lo izay tena
rasy raha hohaniny izy reo.[18]Dra hagneziky anazy reo amigny sabatra, mosary, vo areti-mandringana zaho dra
hanao anazy ho mahasiravina imason'ny fazakan'ny tany aby__horohoro, fitova fagnozogna vo mapisiosioky, dra
raha mahamegnasy eo amigny firenena aby izay napielezako anazy. [19]Izay dra satria s niteno gny zakako izy reo__
izay gny fagnambaran'i Yaveh__ izay nalefako anazy reo tamigny alalan'ireo paminany panopoko. Nandefa anazy
reo ombieny zaho, nefa sy niteno andrareo__izay gny fagnambaran'i Yaveh.[20]Koa tenoy gny zakan'i Yaveh,
handrareo sesitany aby izay nalefany avy agny Jerosalema ho agny Babylona: [21]'Yaveh tompon'ny maro,
Zagnaharindr'Israely, dra nizaka izao momba an'i Ahaba zanak'i Kolaia vo Zedekia zanak'i Mahaseia, izay
maminany vandy amindrareo amigny agnarako: Ingo, hanoby anazy reo eo an-pelatagnan'i Nebokadnezera
pazakan'i Babylona zaho. Hamono anazy reo eo amasondrareo izy.[22]Dra hisy ozona ho zakan'ireo babon'i Joda
aby agny Babylola momba reo olo reo. Gny ozona dra hizaka ho: Ho ataon'i Yaveh manahaky an'i Zedekia vo
Ahaba anie handrareo, izay nataon'ny pazakan'ny Babylona tamigny afo. [23]Hiseho izay noho reo zava-
mahamegnasy izay nataon'izy reo tagny Israely aby nizangazanga tamigny valin'ny agnarako, raha izay sy bo
nadidiko anazy reo ho zaka mihisy. Fa izaho ilay mahalala; izaho gny vavolombelo__izay gny fagnambaran'i
Yaveh.'''[24]'' Raha gny amin'i Semaia Nehelamita, dra izao zaka zao: [25]' Iza gny zakan'i Yaveh topogny maro,
Zagnaharin'Israely: Satria ianao nandefa taratasy tamy agnaranao avo tamy gny olo iaby tagny Jerosalema,
tamin'i Zefania zanak'i Masaia pizoro, dra tamy pisoro iaby, dra nizaka ho:[26]''Yaveh nanao andrareo ho pisoro fa
sy Joiada pisoro, ba hiandraikisy andrareo gny tragnon'i Yaveh. Ianao gny mifehy gny olo aby ze levo say vo
manao gny vatan'ereo ho paminany. Tokony ho gadra vo fahe amy ravam-by izy ireo.[27]Koa amizao , nanao akory
iandrareo gny sy nizaka fatrasy an'i Jeremia gny amin'i Anatato, ze manao gny vatany ho paminany manohisy
andrareo/ [28]Fa nagniraky ho anay tagny Babylona izy dra nizaka ho:' ho fotoagna ela zay. Magnoregna tragno dra
mitoera ao amin'ireo, mambolea zariday dra hano gny tegnan'ireo.''''[29]Namaky itio taratasy itio i Zefania
paminany teo asofin'i Jeremia paminany.[30]Dra avy tamin'i Jeremia gny zakan'i Yaveh,manao ho: [31]''Mandefasa
zaka amin'ireo sesitany aby dra zakao ho: 'Izao gny zakan'i Yaveh momba agn'i Semaia Nehelamita: Satria fa
naminany tamindrareo i Semaia fa gny sy nandefa anazy zaho vatako, dra nitariky andrareo hino ireo gny vandy

, [32]noho zay dra izao gny zakan'i Yaveh: Indro , fa hagnafay an'i Semaia Nahalemita vo ireo taranany zaho. Sy hisy olo hizanognany eo amy oloko-zay gny fagnambaran'i Yaveh-fa nitory fikomiana hanohisy an'i Yaveh izy.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 30

[1]Gny zaka ze avy tamin'i Jeremia laha tamin'i Yaveh dra manao ho:[2]''Izao gny zakan'i Yaveh,
Zagnaharin'Israely:'Sorato agnatiny horogna-taratasy ho anao gny zaka iaby ze nambarako taminao tao amy
voro-taratasy .[3]Fa indra, ho avy gny andro-zay gny fagnambaran'i Yaveh-ze hameregnako gny hanagnan'oloko,
dra Isrely vo Joda. Izaho, Yaveh, gny nizaka anizay. Fa ho andesiko mihery agny amy tany ze nomeko gny razany
izy ireo, dra ho fanagnan'ireo zay.'''[4]Izao gny zaka ze nambaran'i Yaveh mahakasiky an'Israely vo Joda:[5]''Fa izao
gny zakan'i Yaveh: ''Nahare feo nangitikitiky gny horohoro izahay fa sy fiadana.[6]Magnontania dra hatio raha misy
lelahy minday vohoky. Nanao akory gny mahita gny pamaraky iaby mametraky gny tagnany eo am-balahany
manahaky gny ampela minday vohoky? Nanao akory gny mihafosy hatsatra avo koa gny tarehin'ereo? [7]Loza! Fa
ho lahibe zay andro zay, dra sy misy manahaky anizay. Ho fotoagny fahatahora ho agn'i Jokoba zay, saiky ho
avosy amin'izay izy.[8]Fa amin'izay andro zay- izao gny fagnambaran'i Yaveh topogny maro-gny hanapahako gny
zioga hiala amy vozondrareo, dra hanorotoroako gny rava vy andrareo, ka sy hagnandevo andrareo sasy gny
vahiny. [9]Fa hivavaky amin'i Yaveh Zagnahariny izy ireo dra hanopo an'i Davida pazakany, ze hataoko pazaka eo
amin'ireo .[10]Dra ianao, ry6 Jakoba panopoko, ka matahosy-zay gny fagnamabaran'i Yaveh-dra ka matahosy, ry
Israely. Fa indro, fa hinday anao hihery avy agny lavisy zaho,m dra gny taranakao agny amy tanigny fahababoa.
Hihery i Jakoba dra hiada ; hilamy izy, dra sy hisy tahosy sasy.[11]Fa miaraky aminao zaho-zay gny fagnambaran'i
Yaveh-ba hamozy anao. Dra ho taperiko tateraky gny amin'ireo firenena iaby ze napielezako anao. Fa sy hanapisy
anao vatany zaho, na dra magnafay anao amy rariny aza zaho ka sy hamela anao ho afa-maiky.'[12]Fa izao gny
zakan'i Yaveh:'Sy azo sitrany gny ferinao; voaloto gny ferinao. [13]Sy misy hisolo vava anao ; sy misy fagnafosy ho
agny ferinao ba hagnasitra anao.[14]Nagnaligno anao ireo olo-tianao iaby. Sy hitalia anao izy ireo, fa nandrasy anao
tamy feriny fahavalo vo tamy famezany topo lozabe noho gny amin'ireo helokao vo ireo fahotanao sy tambo isay.
[15]Nanao akory ianao gny mitoka hazolava noho gny ferinao? Sy mety sitrany gny fahararianao. Noho gny
amin'ireo helokao, ireo fahotanao sy tambo iasy, dra nataoko taminao igny raha igny.[16]Dra zay aby manorotoro
anao dra ho torotoro, dra ze pifanandry aminao aby dra ho lasa-ko babo. Fa ireo ze manbabo anao dra ho baboy,
dra horobaiko ze mandrobaky anao.[17]Fa hinday fagnasitrana aminao zaho;hagnasitra anao amy ferinao zaho; zay
gny fagnambaran'i yaveh-ho ataoko zay satria izy ireo dra nitoka anao ho:Ry voaroky. sy ba misy miraharaha
an'itio Ziona itio.'''[18]Izao gny zakan'i Yaveh:''Indro, hahery gny harenany lain'i Jaboba zaho dra hahory ireo
tragnony. Dra hisy tana hiory eo amy faharava misavosavo, dra hihery eo amy toerany nisy anazy draiky gny
fiarova fatrasy.[19]Dra hisy hira fiderana vo feo fifalia hiboaky laha tamin'ireo, fa hapitombo anazy ireo zaho fa sy
hapihe ; homeko voninahisy izy ireo ba sy hietry.[20]Dra hanahaky gny teo aloha gny olon'ereo, dra gny
fiangonan'ireo dra hiory eo anatrehako fa gny magnafay ireo iaby ze mapahory anazy ireo amin'izay zaho.
[21]Hiboaky laha tao amin'ireo gny pitarik'ereo.Laha teo agnevon'ereo gny hipoirany fa gny apanifariko dra fa gny
magnato anahy izy . Raha sy manao anizay zaho, dra iza gny mahavany hagneky anahy?- Izay gny fagnambaran'i
Yaveh. [22]Dra ho oloko iandrareo, dra Izaho ho Zagnaharindrareo.[23]Indro, gny tafiotran'i Yaveh, gny fahoriany, fa
niboaky. Tafiotra mitohy zay. Hipalipalisy eo an-dohagny olo rasy fagnahy zay.[24]Sy hihery gny fahorian'i Yaveh
ambara-pahavitany vo hagnataterahany gny fikasagny fo. Amy andro farany, dra ho takanao zay.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 31

[1]" Tamin'izeho fotoa zeho--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh--- ho Zagnaharin'gny fianakavian'gny Israely aby Zaho,
vo ho vahoakiko ereo." [2]Zeho gny zakan'i Yaveh: "Gny olo ze sy matin'gny mesa dra nahita sitraky tagny an'efisy;
hiboaky Zaho so hagnome fisahara ho an'gny Israely." [3]Niseho taminahy Yaveh tagny aloha dra nizaka ho: "Nitia
aniha Zaho, ry Israely, tamin'gny fitiava maharisy mandrakizay. Dra nisariky aniha hagnato Anahy tamin'gny
faneke mahatoky Zaho[4]Hananga anao draiky zaho ka hisanga ianao, ry Israely viriziny. Handray gny
ampongatapakyb andrareo dra hiboaky amyv sizaky ampifalia. [5]Hamboly tanim-boaloboky draiky eo amin'ireo
tendrombohisin'i Samaria iandrareo; ireo pamboly dra hamboly dra hametraky gny vokasy amy tokony ampiasa
anazy. [6]Fa ho avy gny andro hagnambaran'ireo piamby eo amin'ireo tendrombohisin'i Efraima ho:'Misangana,
andeha isika hiakasy agny Ziona agny amin'i Yaveh Zagnaharisika.'[7]Fa izao gny zakan'i Yaveh:''Mikoraky am-
pifalia ho agn'i Jakoba! Mikoraky am-piravoravoa ho agn'ireo lahibeny vahoakin'ireo firenena! Ao ho ra gny
fidera. Zakao ho:'Fa namozy gny vahoakiny Yaveh, gny sisa tavela tamy Israely.'[8]Indro, fa hinday anazy ireo laha
tao tamin'ireo tany avarasy zaho. Hamory anazy ireo laha tamin'ireo farisy lavisy be gny tany zaho. Ho
agnisan'ireo gny poaky vo gny malemy; hiaraky amin'ireo gny ampela vevoka vo ireo ze fa ho teraky. Hisy
fiangana lahibe hihery eto.[9]Ho avy am-pitomagnia izy ireo; hitariky anazy ireo araky ze fangatahany zaho.
Hampandehaniko agny amy rian-drano agny amy lala mahisy izy ireo. Sy ho tafitohy eo amin'izay izy ireo, fa ho
ran'Israely zaho, dra ho lahimatoako i Efraima.''[10]''Tenoy gny zakan'i Yaveh, ry firenena. Tatero manera gny
faritany lavisy agny. Iandrareo firenena dra sy maisy hizaka ho:'Gny nagnaparitaky an'Israely dra namory anazy
dra miamby anazy manahaky gny piamby agn'ondry mitandry gny agn'ondry.' [11]Fa nandoa gny vilim-
pagnavotan'i Jakoba Yaveh dra nagnavosy anazy tegny amy tana ze fatrasy loasy ho anazy.[12]Dra ho avy izy ireo ka
hifaly eo an-tampon'i Ziona. Hamirasy noho gny fahatsaran'i Yaveh gny tavan'ereo , amy tandroky vo divay
vaovao, amy menaky vo gny zanak'agn'ondry vo osy dra ireo agn'omby. Fa ho avy manahaky gny zariday
voatondraky gny fiagnan'ireo, dra sy hahasapa alahelo sasy izy ireo.[13]Dra hifaly amy sizaky ireo viriziny, dra
hiaraky amy pamaraky vo gny lelahy atisy.Fa ho avaliko ho fakalaza gny fandalan'ereo.Hiferegnahy anazy hoky
zaho ka hampifaly anazy ireo fa sy ampalahelo. [14]Dra hanototra be vatany gny fiagnan'ereo pizoro zaho. Hameno
gny vatan'ireo amy fahasarako gny vahoaky-zay gny fagnambaran'i Yaveh.''[15]Izao gny zakan'i Yaveh:''Nisy feo re
tagny Rama, fidradradradra vo fitomagnia fatrasy. Rahely mitomagny ireo zanany zay. Nanda sy ampionono gny
amin'ireo izy,satria fa sy miaina sasy izy ireo.''[16]Izao gny zakan'i Yaveh:''Azanogny amy fitomagnia gny feonao vo
gny ranomaso gny rasonao; satria misy valiny gny fijalianao-zay gny fagnambaran'i Yaveh-hery laha tagny amy
taninigny fahavalo ireo zanakao.[17]Misy fanatena gny amy ho avinao-zay gny fagnambaran'ireo gny
taranakao.''[18]Fa reko nalahelo vatany i Efraima ho:'Nagnasazy anahy ianao, dra fa nisaziny manahaky gny
zanak'agn'ondry sy nizarany zaho. Andeso mihery zaho dra hi tafavery , fa ianao gny Yaveh Zagnahariko.[19]Fa
tarany gny niharegnako taminao, dra nanegny zaho; tao farany nagnazara nao anahy, dra namelaky gny feko
zako. Afa-baraka vo megnasy zaho, fa niteraky gny heloky gny fahatanorako.'[20]Moa sy menakigny aiko se i
Efraima ? Moa se sy malalako izy, zanako tiako? Fa na ombia na ombia hiresahako anazy , dra bo hahasiaro am-
pitiava anazy vatany zaho. Izay gny maparary gny foko anazy. Hangoraky anazy vatany zaho-zay gny
fagnambaran'i Yaveh.''[21]Mametraha famatara-dala ho andrareo. Mametraha takela-by tari-dala ho agny
vatandrareo. Saigno gny lala-mary, dra gny lala ze tokony handehananao. Miheregna, ry Israely viriziny!
Miharegna agny amin'ireo tananao ireo.[22]Mandra-pahombia gny hihozongozo ianao, ry zanakapela sy manam-
pinoa? Fa namoro raha-baovao ho agny tany Yaveh-dra ampela magnodidy lelahy matazaky.[23]Yaveh Topogny
maro, gny Zagnaharin'Israely, dra mizaka ho:''Fa gny minday gny vahoaky mihery amy tanin'ereo zaho, dra
hizaka anizay agny amy taninigny Joda vo ireo tann-dehibeny izy ireo ho:'hitahy anao anie Yaveh, ianao ry toera
mary zay itoerany, ianao ry tendrombohisy masy.' [24]Fa hiara-hipetraky agny i Joda vo ireo tananany iaby,
manahaky ireo pamboly vo ireo mpiamby agn'ondry miaraky amin'ireo agn'ondry vo osy. [25]Fa hagnome rano ho
nomin'ereo ze matiny hetaheta zaho.''[26]Tafaran'izay dra nifoha zaho, dra nahasa fa nahavelombelo gny
torimasoko.[27]''Indro, avy gny andro -zay gny fagnambaran'i Yaveh-zay hamafazako ireo ankohonan'Israely vo
Joda bamin'ireo taranak'olombelo vo bibidia.[28]Taloha agny, dra narahiko maso izy ireo ba hagnombota anazy ireo
vo hanimba anazy ireo, ba handrava, hamoteha, dra hagnasia rasy anasy ireo. Fa amy andro ho avy, dra hiamby
anazy ireo zaho, ba hananga anazy ireo vo hamboly anazy ireo-zay gny fagnambaran'i Yaveh.[29]Amin'ireo andro
dra sy hisy na iza na iza hizaka sasy ho: ''Nihinana voloboky marikivy ireo ray mandreny, kanefa gny nifin'ireo
zaza gny nadilo.'[30]Fa gny olo kirairaiky dra ho maty gny hahoriany avo; gny olo-iaby zay mihina voloboky
marikivy, dra hadilo gny nifiny.[31]Indro, avy gny andro-zay gny fagnambaran'i Yaveh-ze hagnoregnako faneke
vaovao amy ankohanan'i Israely vo gny ankohonan'i Joda.[32]Sy hanahaky gny faneke ze naoriko tamin'ireo

 

ran'ereo ba hamoaha anazy ireo tao amy tany Egypta. Ireo gny andro zay nandravan'ereo gny fanekeko, na dra
valy tamin'ereo avo zaho-zay gny fagnambaran'i Yaveh.[33]Fa izao gny faneke ze haoriko miaraky amy
ankohonagny Israely afaran'ireo andro ireo-zay gny fagnambaran'i Yaveh: Hametraky gny lalako ao agnatin'ireo
zaho dra hanorasy anizay ao am-pon'ereo, fa ho Zagnahariny zaho, dra ho vahoakiko izy ireo.[34]Dra sy
hampianasy gny mpiara-mony aminazy sasy gny lelahy kirairaiky, na hampianasy gny rahalahiny gny lelahy
raiky ka hizaka ho:'Fatako Yaveh! Fa izy aby , manomboky amy masaiky indrandra amin'ereo ka hatramy lahibe
indrindra, dra hahafatasy anahy-zay gny fagnambaran'i Yaveh-fa hamela gny helok'ereo zaho dra sy hahasiaro
gny fahotan'ereo sasy.''[35]Izao gny zakan'i Yaveh- Yavehm gny mampibaliaky gny masoandro amy andro dra
mandamy gny vola vo gny kita hamirasy amy hariva. Izy gny mampihesiky gny ranomasy ba hikopaky gny
morony . Yaveh Topogny maro gny agnarany . Izao gny zakany:[36]''Raha ba mazavo eto amasoko ireo raha
maharisy ireo -ze fagnambaran'i Yaveh-dra hizano mandrakizay sy ho firenena eo anatrehako gny
taranak'Israely.''[37]Izao gny zakan'i Yaveh:''Raha ba azo refesy gny lagnisy abo indrindra, dra raha ba hits gny
fagnambanigny tany, dra hagnary ireo taranak'Israely aby noho zay aby nataony -zay gny fagnambaran'i
Yaveh.''[38]''Indro, ho avy gny andro-zay gny fagnambaran'i Yaveh-ze hagnamboara draiky gny tana ho anahy,
manomboky ao amy Tilikambon'i Hananela ka hatragny amy fefy Amorony. [39]Dra hiboaky hatra amy lavisy
draiky gny tsipika fandrefesa, hatra amy havoan'i Gareba vo magnodidy an'i Goa. [40]Gny lohasahan'ireo faty vo
lavenoky manotolo, dra gny farisy gny tanimboly aby miboaky magnagny amy Lohasahan'i Kidrona ka vavahadi-
sovala agny asignana, dra ho atoka ho agn'i Yaveh. Sy hombota gny tana na ho rava draiky , mandrakizay.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 32

1Avy tamin'i Jeremia gny zaka laha tamin'i Yaveh tamy tao fahafolo nazakan'i Zedekia pazakan'i Joda, gny faha
valo ambiny folo tao nazakan'i Nebokadnezara. 2Tamin'izay fotoa zay, dra nanao fahirano an'i Jerosalema gny
tafiky gny pazakan'i Babylona, dra i Jeremia paminany dra nogadray tao amy kiaza gny fiambena tao an-tragno
gny pazakan'i Joda.3Nigandran'i Zedekia pazakan'i Joda izy ka nizaka ho:''Nanao akory ianao gny maminany vo
mizaka ho:''Yaveh nizaka ho: Indro, andeha homeko ho eo an-tagnany pazakan'i Babylona itio tana itio, dra ho
baboy. 4Sy hilomay gny tanan'ereo Kaldeana i Zedekia pazakan'i Joda, dra azo anotoky fa home ho eo an-tagnany
pazakan'i Babylona izy. Gny vavany dra hizaka amy vavagny pazaka, ireo masony hahita gny masogny pazaka.
5hangalaky an'i Zedekia ho agny Babylona izy, dra hizano agny izy ambara-piraharahako aminazy- zay gny
fagnamabaran'i Yaveh. Na hialy hanohisy ireo Kaldeana avo iandrareo, dra sy hahomby iandrareo.''6Hoy
Jeremia:''Avy taminahy gny zakan'i Yaveh, mizaka ho:7' Indro, Hanamela zanadahin'i Saloma rahalahin-dranao
magnato anao dra mizaka:''Vilio ho agny vatanao gny tanimboliko agny Anatota, fa mana-zo hiviloy an'izay
ianao.''''8Dra, araky gny fagnambaran'i yaveh, Hanamela, zanadahy dadatoako nagnato anahy tao amy kiazagny
fiambeba, araky gny nizakany taminahy ho:''Vilio gny tanimboliko zay agny Anatota ao amy tanin'i Benjamina, fa
anao gny zo handoba anizay , dra gny zo hivily dra anao. Vilio ho agny vatanao zay. 'Dra fatako fa zakan'i Yaveh
zay.9Dra niviliko gny tanimboly tao Anatota laha tamin'i Hanamela,m zanadahin'i Dadatoako, nilazako ho anazy
gny volafisy, fito amby folo sekely gny lazany.10Dra nanorasy horignan-taratasy dra nagnisy tambo-kase zay zaho,
dra nana vavolombelo nijoro vavolombelo gny amin'izay zaho. Dra nandazagny volafosy amy fandaza zaho .
11Dra nangalaky gny raharaham-barosy voatombo-kase zaho, magnaraky gny didy vo ireo lala, baminy raharaha
sy voatombo-kase. 'v 12 Nagnome gny horognan-taratasy voatombo-kase agn'i Baroka zanadahin'i Neria
zanadahin'i Mahaseia teo anoloan'i Hanamela zaho, zanadahin'i dadatoako ,vo ireo vavalombelo zay nanorasy
gny horognan-taratasy voatombon-kasem, dra teo anolon'ireo Jiosy zay nipetraky tao an-kiazagny fiambena.13Dra
nandidy an'i Baroka teo agnatrehan'izy reo zaho. Hoy zaho: 14''Yaveh tompon'ny maro, Zagnaharindr'Israely gny
mizaka izao: ''Alao reo horo-taratasy reo, gny risian'ny varosy izay voatombo-kase vo gny dika mitovy sy
voatombokase amigny raharahavarosy, dra apetraho agnaty siny tanimanga izay ba aharisy fotoa ela. 15Fa Yaveh
tompon'ny maro, Zagnaharindr'Israely, mizaka ho: ''Ireo tragno, reo saha tani-voloboky dra bo hovily ndraiky eto
amitiky tany tiky.''16Tafaran'ny nagnomezako an'i Baroka zanaky lahin'i Neria gny rosian'ny varosy, ^dra nivavaky
tamin'i Yaveh zaho dra nizaka ho: 17''Loza, ry tompo Yaveh! Ingo! hanao raiky gny nanao gny lagnisy vo gny tany
tamigny alalan'ny herinao lahibe vo gny sandrinao nisandratra. Sy misy raha izay zakanao dra sarosy taminao
koa gny nanao anazy. 18Napiseho fagneke mahatoky tamigny arivony hanao dra namaly gny fahadisoan'ireo olo
tamin'ireo zanany tafaran'izy reo. Hanao gny Zagnahary lahibe vo mahery; Yaveh tompon'ny maro gny
agnaranao.19Lahibe amy fahendre Ianao dra mahery amin'ireo asa. Fa misokasy amy lalana gny vahoaky aby gny
masonao, ba hagnome gny olo kirairaiky ze mendriky gny fitondra-tegnany vo gny asany.20Nanao famatara vo
fahagaga maro tao amy tany Egypta Ianao. Amin'izao fotoa izao ao Israely dra eo amy olombelo aby , dra
nampalaza gny agnaranano Ianao. 21Fa ninday gny Israely vahoakinao hiboaky gny tany Egypta Ianao miaraky
amin'ireo famatara vo fahagaga, miaraky amy tagna-mahery, vo miaraky sandry misanga, dra miaraky amy
fampitahora lahibe.22Dra nomenao anazy ireo itio tany itio-Izay niaignanao tamin'ireo -dra tany tondran-dronono
vo tately.23Ka nilisy izy ireo dra nangalaky anizay ho fanagna. Fa sy niteno gny feonao izy ireo na niay tao
agnatigny fakatoava gny lalanao. Sy nanao na ino na ino amin'izay nandidianao anazy ireo ho atao nereo, noho
zay dra ninday loza teo amin'ereo Ianao.24Iho! Reo tovon-tany dra tafiakasy tegny amy tana hanambosy anizay. Fa
noho gny sabasy, mosary, dra gny areti-mamono, dra natolosy ho eo an-tagnan'i Kaldeana zay mialy aminazy gny
tana. Fa zay nizakananao hisy dra nisy , dra ingo, magnety ianao. 25Dra hoy ianao taminahy:''Mivilia tanimboly ho
agny vatanao amy volofosy dra mana vavolombelo hitsanga vavolombelo gny amin'izay , na dra handeha home
ho eo an-tagnan'ereo Kaldeana avo itio tana itio.26Avy tamin'i Jeremia gny zakan'i Yaveh, manao ho:27''Ingo, Zaho
gny Yaveh, Zagnaharinigny olombelo iaby. Misy raha-sarosy sy aiko atao se? 28Dra izao gny zakan'i Yaveh
ho:''Ingo, handeha hagnome an'itio tana itio ho eo am-pelatagnan'ereo Kaldeana vo Nebokadnezara, pazakan'i
Babylona zaho. Hambabo anizay izy.29Reo Kaldeana ze mialy amin'itio tana itio dra ho avy handrehisy afo
amin'itio tana itio vo hagnoro anizay. Bamin'ireo tragno eo amy tafo ze hivavahan'ireo vahoaky tamin'i Bala dra
nandrarahany fagnatisy ho nomy ho an'ireo zagnaharin-kafa ba iasiana anahy. 30Fa gny vahoakin'Israely vo gny
Joda dra vahoaky zay nanao rasy teo amasoko vatany hatramy fahatanorany. Fa nanafitohy anahy tamy alalany
fanaon'ireo tagnagny vatany gny vahoakin'Israely-zay gny fagnambaran'i Yaveh.31Nagnambaran'i Yaveh fa itio
tana itio hatramy andro nagnoregnan'ireo anazay dra fihasia gny fahoriany vo gny fahavignirany. Dra zay avo izy
mandraky amizao. Noho zay dra hoalako sy ho eo anoloa gny tarehiko zay 32noho ireo harasiany vahoakin'Israely


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

vo Joda, ireo raha nataon'ireo hiasia anahy-izy ireo, pazakany, andriany, pisorony, paminaniny, vo ireo olo aby ao
Joda dra gny ponin'i Jerosalema.[33]Magnome lamosy anahy izy ireo fa sy ba gny tarehiny , na dra nampianasy
anazy ireo tami-sitram-po avo zaho. Niezaky nampianasy anazy ireo zaho , fa sy nisy na raiky amin'ireo ka niteno
ba handray fagnisia. [34]Nametraky ireo sampy mandanginy tao an-tragnoko zay nitokavy tamy agnarako izy ireo,
ba handoto anizay.[35]Nagnory toera agn'abo an'i Bala izy ireo ba hagnoroa ireo zanadahiny vo zanakapelany ho
agn'i Molesa. Sy nandidy anazy ireo zaho. Sy tao asaiko mihisy ho hanao zay raha mampagnelakelaky zay izy ireo
dra nampanota an'i Joda.[36]Amizao , Zaho , Yaveh, Zagnaharin'Israely, gny mizaka anizao mahakasiky itio tana itio,
tana ze zakandrareo ho:'Nome ho eo an-tagnany pazakan'i Babylona zay tana zay amy alalany sabasy , mosary
dra areti-mamono. [37]Ingo , hamoryanazy ireo agny amy tany aby ze nandroahako anazy ireo tagnatiny
hahoriako,dra hahoria lahibe zaho. Handeha hampihery anazy ireo amin'izay toera izay zaho dra ahafahan'ireo
miay am-pilamina.[38]Dra ho oloko izy ireo, dra Zaho ho Zagnahariny [39]Hagnome fo raiky vo lala raiky ba
hagnomezam-boninahisy anahy isan'andro ho anazy ireo zaho ka ho soa ho anazy ireo vo gny taranany agny
afara zay.[40]Dra hanao faneke mandrakizay miaraky amin'ereo zaho, zay sy hagnazanognako gny voninahisy zay
anahy ao am-pon'ireo zaho, ba sy hivalyky aminahy mandrakizay izy ireo.[41]Dra hifaly amy fagnasoavako anazy
ireo zaho. Hampitoesy anazy ireo ao amin'itio tany itio am-pahatokia zaho amy foko manotolo vo gny aiko iaby.
[42]Fa Yaveh mizaka anizao:''Manahaky gny nandesako anizao loza aby zao eo amy tahoky vahoaky tahoky, dra
manahaky anizay koa gny hindesako gny raha-soa iaby amin'ereo ze nizakako fa ho ataoko amin'ereo.[43]Dra hisy
tanimboly hovily amin'itio tany itio, zay zakandrareo ho:''Tany simba itio, zay sy misy na olo na biby . Fa nome
teo an-tagnan'ireo Kaldeana itio.''[44]Hivily tanimboly amy volafosy izy ireo dra hanorasy amy horognan-taratasy
voatombo-kase . Hamory vavolombel ao amy tanan'i Benjamina izy ireo, gny magnodidy an'i Jerosalema iaby vo
ireo tanan'i Joda , agny amin'ireo tana agny amy tany havoa vo ireo tany lemaky amorony, dra ao an-tagnan'i
Negeve. Fa hagnery ireo harenany zaho-Zay gny fagnambaran'i Yaveh.'''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 33

[1]Dra avy fagnindrony tamin'i Jeremia gny zakan'i Yaveh, no bo vaohily teo amin'gny kianzan'gny piamby izy,
manao ho: [2]"Yaveh gny Pahary, mizaka zeho--- Yaveh, ze mandamy syo hapitoesy--- Yaveh gny agnarany. [3]"Tokavo
Zaho, dra ho valiako Hanao. Hapiseho raha lahibe aminiha Zaho, raha mivony ze sy takasiniha.'[4]Fa Yaveh,
Zagnahariny gny Israely, mizaka anizao mahakasiky gny tragno eto amin'itio tana itio vo gny tragno pazaka gny
Joda zay niravany noho gny fahirano vo gny sabasy, [5]' Avy ireo Kaldeana hialy dra hameno ireo tragno amin'ireo
fatin'olo zay hovonoko amy fahoria, fa gny magnavony gny tarehiko amin'itio tana itio zaho noho gny
faharasian'ireo aby.[6]Nefa ingo, hinday fagnasitrana vo fanafany zaho, fa hagnasitra anazy ireo zaho dra hinday
be, fiadana , dra faneke mahatoky.[7]Fa hagnery gny haren'i Joda vo Israely zaho; hagnory anazy ireo manahaky
gny tany am-piandohana zaho. [8]Dra hagnalio anazy taminahy zaho. Hamela gny helony aby zay nataony
taminahy zaho, dra gny lalana aby zay nikomiany hanohisy anahy.[9]Fa itio tana itio dra ho avy raha mahafaly
anahy, hira fidera vo voninahisy ho agny firenena aby eto amy tany zay haheno gny raha soa aby zay ho ataoko
ho an'izay. Dra hatahosy vo hangitikitiky izy ireo noho gny raha soa aby vo fiadana zay homeko anizay.'[10]Izao gny
zakan'i Yaveh , 'andeso amin'itio toera itio zay zakanao amizao ho:''Lao zay, toera zay sy misy na olo na biby,''egny
amin'ireo tanan'i Joda, dra eo amin'ireo lalan'i Jerosalema zay lao sy misy olo na biby , dra ho re draiky [11]gny
feony fifalia vo gny feony firavoravoa, gny feony papakasy vo gny feony hakary, gny feon'ireo zay mizaka, fa gny
minday fanatisy fisaora ao an-tragnon'i Yaveh,''Misaora an'i Yaveh Topogny maro, fa soa i Yaveh, dra gny
fitiavany sy mety levo haharisy mandrakizay!''Fa Zaho hagnery gny hanagnany tany manahaky gny teo
aloha,'hoy Yaveh[12]Izao gny zakan'i Yaveh Topogny maro ho:''Andeso amin'itio toera lao itio, zay sy misy na olo na
biby amizao-dra hisy ahitisy zay afaky hampisaharan'ireo piamby agn'ondry gny agn'ondry vo osiny draiky eo
amy tananany aby. [13]Eo amin'ireo tanan-dehibe eo amy tany hovoa, ireo tany lemaky , dra gny Negeva, eo amy
tanin'i Benjamina aby, dra agny amin'ireo tananan'i Joda, ireo agn'ondry vo osy dra handalo draiky ro ambaniny
tanan'ireo zay hagnisa anazy ireo,'hoy Yaveh.[14]' Ingo! Avy gny andro-izao gny fagnambaran'i Yaveh-zay hanovako
zay nampanatenaiko tamy ankohonan'Israely vo gny ankohonan'i Jda. [15]Amin'izay andro vo fotoa zay dra
hampisiry rasa mary ho agn'i Davida zaho, dra hagnatateraky gny rariny vo fahamarigna eo amy tany izy.
[16]Amin'izay andro zay dra ho voze i Joda , dra zay gny hiatokava anazy, '''Yaveh gny fahamarignasika.''[17]Fa izao
gny nizakan'i Yaveh:'Gny olo avy amy taranak'i Davida dra sy ho ory zanadahainy na ombia na ombia hipetraky
eo amy seza fiandriana ankohonagny Israely,'[18]na olo avy amy Levita pisoro dra sy ho sy ampy eo anatrehako ba
hananga fagnatisy oroa, hagnoro fagnatisy hohany, dra hagnatateraky fagnatisy vary amy fotoa aby.'''[19]Avy
tamin'i Jeremia gny zakan'i Yaveh , manao ho:[20]"Izao gny zakan'i Yaveh:'Raha mahavita manimba gny faneke
mahatokiko andro vo hariva ianao ka sy hisy sasy andro na hariva amy fotoa iombonan'ireo, [21]dra hahavita
mandrava gny faneke mahatokiko tamin'i Davida panompoko ianao, ka dra sy hana zanadahy hipetraky eo amy
seza fiandrianany sasy izy, dra gny fanekeko mahatoky tamin'ireo Levita pisoro, panopoko.[22]Manahaky ireo
miaramila gny lagnisy sy tambo isafy, vo fasiky agny amoron-dranomasy sy azo refesy , gny hampitomboakao
gny taranak'i Davida panopoko dra ireo Levita zay nanompo teo anoloako.[23]Avy tamin'i Jeremia gny zakan'i
Yaveh, manao ho:[24]Sy nidinihinao se zay nambaran'io vahoaky io fa gny nizaka izy ireo:'Reo fianakavia ro zay
nifilin'i Yaveh ireo amizao dra nandagnany izy io?' Amin'izay gny anovan'ireo fa sinosino gny oloko, zakan'ereo fa
sy firenena eo amasony sasy izy ireo.[25]Zaho, Yaveh, gny mizaka anizao, 'Raha sy magnory gny faneke mahatoky
amy andro vo amy hariva zaho, dra raha sy nametraky lalana ho agny lagnisy vo gny tany,[26]dra nanda gny
taranak'i Jakoba vo Davida panopoko, dra sy ninday ho anazy ireo olo hanapaky manera gny taranak'i
Abrahama, Isaka, dra Jakoba. Fa hagnery ireo hareny dra haneho famindram-po amin'ireo zaho.'''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 34

1Gny zaka ze avy tamin'ny jeremia avy aminy Yaveh nanangan'aly taminy jerosalema sy gny tanany aby i
Nebokadnezara mpazakan'i Babylone sy gny tafiny aby, niaraky tamin'ereo fazakan'ny tany aby, ereo firenena
agnabo fahefa sy gny vahoaky nereo aby nanao ho: 2'Yaveh, zagnahary ny Israely, dra mizaka zao : Mandehana
dra mizaka amin'i Zedekia mpazakan'i Joda dra zakao aminy: ''Yaveh dra mizaka izao: indro, hagnome anity tana
tihoky ho eo ampelatagnany Babylony zaho. ho roa ze. 3 Sy ho afaky eo antagnany eo, satria ho voasambosy
tokoa hanao dra hatolosy eo atagnany Hijery gny masony mpazakan'i Babylony gny masonao; hizaka mivata
aminao izy raha mandeha aBabylony hanao.'4Tenoy gny zakany Yaveh, dra Zedekia mpazakan'i joda! Yaveh dra
mizaka amizao mahakasiky anao:' sy ho maty aminy sambasy hanao. 5Ho maty am-piadagny hanao. Manahaky
gny fagnoroa tamy fandevegna an'ereo razambeny, ereo mpazaka talohanao, dra horoa izy ereo gny vatanao.
Hizaka izy ereo ho:'' Loza, ry tompoko!'' handala anao izy. amizao fa nizaka zaho-izao gny fitaliliany Yaveh.''6Dra
zinakan'i jeremia mpaminany tamy i Zedekia mpazakan'i joda tagny jeosalema ereo aby. 7Nialy tamin'i
jerosalema sy ereo tana sisan'i joda gny tafiky gny mpazakan'i joda ereo dra nitoboky ho tana mimanda.8Gny
zaka zay avy tamin'i Jeremia laha tamin'i Yaveh taafarany nanovan'i Zedekia pazaka faneke tamy olo aby tao
Jerosalema tamy olo aby tao Jeresalema, ba hagnambara fahafaha amin'ireo 9fa gny olo kirairaiky dra sy maisy
magnafaky ireo andevony Hebreo, na lahy na ampela, ba sy hisy hanandevo gny Jiosy , zay rahalahiny.10Noho
izay reo pitariky aby vo gny olo dre nilisy tamigny fagneke fa gny olo kiraikiraiky avy dra hagnafaky gny
andevony lahy vo gny andevony vavy ba sy ho handevoina sasy izy reo. Nakato izy reo dra nagnafaky anazy reo.
11Fa taorian'itiky dra niova gny eriserin'izy reo. Naherin'izy reo gny andevo izay nahafahan'izy reo. Niteren'izy
reo ho lasa andevo ndraiky izy reo.12Dra avy tamin'i Jeremia gny zakan'i Yaveh, nanao ho: 13''Yaveh,
Zagnaharindr'Israely, dra mizaka izao: 'Izaho dra nanao fagneke tamin'ireo razambendrareo tamigny andro izay
nandesako anazy reo hiboaky gny tany Egypta, hiboaky gny tragnon'ny fagnandevoza. Izay dra tamin'izao nizaka
ho: 14''Isakin'ny faran'ny fito tao gny olo kiraikiraiky, dra si maisy mandefa gny rahalahiny, gny Hebreo namany
izay namarosy gny tegnany taminao vo nanopo anao nandrisy gny ani-tao. Angao andeha an-kalalahana izy.''fa
reo razambendrareo dra sy niteno anahy na nanongila-sofy taminahy.15Akehitriny handrareo dra nanomboky
nanao izay marina teo amasoko. Nizaka fahafahana handrareo, ry olo kiraikiraiky avy tamigny piara-belo
taminazy, dra nano fagneke teo anoloako tao amigny tragno izay tokavy amigny agnarako handrareo. 16Fa avy eo
handrareo nivaliky dra nandoto gny agnarako; nataondrareo izay hagneregnan'ny olo kiraikiraiky gny andevony
lahy vo vavy, reo izay nalefadrareo agny amin'izay nirian'izy reo. Niterendrareo ho lasa andevondrareo ndraiky
izy reo.''17Noho izay Yaveh dra mizaka anizao : 'Handrareo vatandrareo dra sy niteno anahy. Tokony ho nizaka
fahafaha tamin'ireo rahalahindrareo vo reo Israelita namandrareo handrareo, gny sirairay aby amindrareo. Ko
ingo! Hitalily fahafaha amindrareo zaho__izay gny talilin'i Yaveh__fahafaha amigny sabasy, gny areti-mandringa,
vo gny mosary, akory hahavy andrareo ho raha mapasiaky eo amasonigny fazakan'aby ato atany zaho. 18Boak'eo
dra hifapiraharaha amigny olo ze nandrava gny fagnekeko zaho, zee sy nitandry reo zakanigny fagnekena ze
napetrany teo anoloako gny fa nizara agnombilahy ho ro ereo dra nandeha teo agnelagnelan'izay, 19dra boak'eo
reo pitarikin'i Joda vo Jerosalema, reo tandapa vo pisoro, dra gny olona aby tao amigny tany dra nandeha teo
agnelagnelanigny agnombilahy fa voatetiky.20Hatolosy eo atagnan'ireo fahavalony ereo vo ho eo atagnan'ireo ze
mofofo gny ain'ereo. Ho sakafo ho anigny voronigny habakabaky vo reo bibidianigny tany gny vatan'ereo. 21Noho
izay dra hatolosy eo atagnan'ireo fahavalony vo eo atagnan'ireo ze nikasaky gny ain'ereo, vo eo atagnanigny
tafikigny pazakan'i Babylona ze nisanga hanohisy andrareo i Zedekia pazakan'i Joda vo reo pitariny. 22Ingo,
handefa baiky zaho__Izay gny talilin'i Yaveh__dra hagnery anereo amity tana tihoky ba hanangana anereo aly
hanohisy anizay vo hangalaky anizay, dra hagnoro anizay. Fa izaho dra hamadiky reo tanan'i Joda ho toera rava
ze sy hisy ponina."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 35

[1]Avy tamin'i Jeremia gny zakan'i Yaveh tamigny andron'i Joiakima zanadin'i Josia pazakan'i Joda, nanao
anizahoky ho: [2]"Mandehana agny amigny fianakavian'ireo Rekabita dra mizaka amin'ereo. Boak'eo andeso atiky
amigny tragnoko ereo, ao amigny raiky amireo efisy ao, dra ameo divay honomy ereo."[3]Ko nalako Jazania
zanadahin'i Jeremia zanadahin'i Habasinia vo reo rahalahiny, gny zanadahiny aby, dra gny fianakavian'ireo
Rekabita. [4]Nandesiko tao amigny tragnon'i Yaveh ereo, tao amigny efis'ireo zanadahin'i Hanana zanadahin'i
Jigdalia, gny lelahin'Agnahary. Reo efisy reo dra teo agnilanigny afis'ireo pitariky, ze ambinigny efis'i Mahaseia
zanadahin'i Saloma, gny piamby vavahady.[5]Dra napetrako teo anoloan'ireo Rekabita reo siny vo kapoaky dra
nizaka tamin'ereo ho: "Minoma divay." [6]Fe hoy ereo ho: "Sy hino divay izahay, akory gny razambenay, i Jonadaba
zanadahin'i Rekaba, gny nandidy anay ho: "Ka mino divay mandrakizay, na handrareo na gny taranandrareo. [7]Ka
mananga tragno, mamafy voa, na mamboly tanim-boaloboky avo koa; sy hoandrareo izay. Fa handrareo dra sy
maisy hipetraky agnaty lay mandrisy gny androndrareo aby, ba hipetrahandrareo ela eo amigny tany ze
itobohandrareo manahaky gny vahiny.'[8]Fa nakato gny zakan'i Jonadaba zanadahin'i Rekaba, razambenay izahay,
tamizay aby nandidiany anay, ba sy hino divay mandrisy gny andro-piegnanay manotolo, izahay, reo valiny, reo
zanadahiny, dra reo zanakapelany. [9]Sy hananga tragno hipetraha mihisy zahay, dra sy hisy tanim-boloboky, saka,
na voa ho fanagnanay. [10]Fa niay tagnaty lay izahay dra fa nakato vo nahavita ze nandidian'i Jonabada
razambenay aby. [11]Fe gny fa nanafiky gny tany i Nebokadnezara pazakan'i Babylona, dra hoy izahay ho: 'Avia, sy
maisy ho agny Jerosalema isika ba hienga reo tafiky gny kaldeana vo Syriana.' Ko nipetraky tao Jerosalema
izahay."[12]Boak'eo dra avy tamin'i Jeremia gny zakan'i Yaveh, manao anizahojy ho: [13]"Yaveh toponigny maro,
Zagnaharin'Israely, dra mizaka anizao: 'Mandehana dra zakao reo lelahin'i Joda vo reo ponin'i Jerosalema ho: "Sy
hitakasy fagnisia vo hiteno reo zakako ra handrareo? __izay gny talilin'i Yaveh. [14]Reo zakan'i Josadaba zanadahin'i
Rekaba ze nameny gny zanadahiny ho didy, sy hino divay, dra hita hatramin'izao andro zao. Nakato gny
didinigny razambeny ereo. Fa raha gny aminahy, izaho vatako dra fa nanao fagnambara mandrakariva
tamindrareo, fe sy miteno anahy handrareo.[15]Nariako reo panopoko aby, reo paminany tamindrareo zaho. Etisy
zaho tamigny fandefasa anereo hizaka ho: 'Aoky gny olo sirairay hiala amigny fomba rasiny dra hanao gny asa
soa; aoky sy hisy hagnaraky zagnahary hafa dra hanopo anereo sasy. Fa miheregna koa agny amigny tany ze
nameko andrareo vo gny razambendrareo.' Na izay aza bo sy hiteno anahy na hifatoky aminahy handrareo.
[16]Nefa reo taranak'i Jonadaba zanadahin'i Rekaba dra fa nitandry reo didin'ireo razamben'ereo ze nameny
anereo, saiky manda gny hiteno anahy reo vahoaky reo.'"[17]Ko nizaka anizao i Yaveh, Zagnahary toponigny maro
vo Zagnaharin'Israely ho: 'Ingo, andesiko eo amin'i Joda vo gny olon'aby miay ao Jerosalema reo loza aby
nitognoniko akory nizaka tamin'ereo zaho, saiky sy niteno ereo; nitoka anereo zaho,fe sy namaly ereo.'"[18]Hoy
Jeremia tamigny taranak'ireo Rekabita ho: "Yaveh toponigny maro, Zagnaharin'Israely, dra mizaka anizao: Niteno
reo didin'i Jonadaba razambendrareo handrareo dra nitandry anazy aby__nakato ze nandidiany hataondrareo
handrareo aby__ [19]dra Yaveh toponigny maro, Zagnaharin'Israely, dra mizaka anizao: 'Sy maisy hisy olo
boak'amigny taranak'i Jonadaba zanadahin'i Rekaba hanopo anahy mandrakariva.'"

Chapter 36

[1]Dra tamigny tao fahaefasy nazakan'i Joiakima zanadahin'i Josia pazakan'i Joda, gny nahavian'izao zaka aby
tamin'i Yaveh zao tamin'i Jeremia, dra hoy Izy: [2]"Mangala horogna-taratasy raiky ho anao dra sorato ao amizay
gny zaka aby ze fa nizakako aminao mahakasiky an'Israely vo ry Joda, dra gny firenena by. Atovy izay ho anigny
raha-aby fa nizakako nanomboky tamigny andron'i Josia dra hatramin'ity andro tihoky. [3]Vasa hiteno gny loza aby
ze kasako handesin'eo amin'ereo gny ponin'i Joda. Vasa hivio amigny lalan-drasy avo gny olona aby, dra afaky
hagnenga gny helony vo gny fahotan'ereo zaho."[4]Dra nitoka an'i Baroka zanadahin'i Neria I Jeremia, dra
nisoratin'i Baroka tao agnaty horogna-taratasy gny zaka aby ze nizakan'i Yaveh tamin'i Jeremia. [5]Boak'eo dra
nagnome baiko an'i Baroka i Jeremia. Hoy izy: "Ato atragnomezy zaho dra sy afaky magnagny atragnon'Agnahary.
[6]Ko sy maisy mandeha hanao dra hamaky gny zaka ze nitognoniko dra nisoratiko tao agnaty horogna-taratasy.
Amigny andronigny fifalia-kany, dra sy maisy vakinao eo asofinigny vahoaky ao atragnony gny zakan'i Yaveh, dra
eo asofinigny Joda aby ze avy amigny tanany avo koa. Zakao anereo zaka reo.[7]Angamba ho avy eo agnatrehan'i
Yaveh avo gny fitalahoan'ereo famindra-po. Vasa hiala amigny lalan-drasiny avo gny olo sirairay, akory fatrasy
gny fahaoria vo gny fahasiahaha ze fa zinakan'i Yaveh tamireo vahoakiny reo." Ko dra nataon'i Baroka zanadahin'i
Neria ze nandidian'i Jeremia paminany hatao aby. Nivakiny fatrasy tao atragnon'i Yaveh reo zakan'i Yaveh.[9]Dra
tamigny volana fahasivinigny tao fahadimy nazakan'i Joiakima zanadahin'i Josia, pazakan'i Joda, gny
nizakanigny vahoaky aby tao Jerosalema vo reo olo ze avy boak'ao Jerosalema boak'agny amireo tanan'i Joda gny
fifalia-kany ho voninahis'i Joda gny fifalia-kany ho voninahis'i Yaveh. [10]Nivakin'i Baroka fatrasy tao atragnon'i
Yaveh gny zakan'i Jeremia, boak'eo amigny efitragnon'i Gemaria zanadahin'i Safana panora-dalana, tao
agnabonigny kiaza, agnilanigny vavahady fidira gny tragnon'i Yaveh. Nataony teo asofinigny vahoaky aby zay.
[11]Dra ren'i Mikaia zanadahin'i Gemaria zanadahin'i Safana gny zakan'i Yaveh aby tao amigny pazaka izy, tao
amigny efisinigny pita-sorasy. [12]Nizoso tagny atragnonigny pazaka izy, tao amigny efisinigny pita-sorasy. Ireo, fa
nitoby teo avokoa gny mana-pahefana aby: Elisama pita-sorasy, Delaia zanadahin'i Semaia, Elnatana zanadahin'i
Akbora, Gemaria zanadahin'i Safana, vo Zedekia zanadahin'i Hanania, dra gny mana-pahefana aby.[13]Dra
nitaterin'i Mikaia tamin'ereo gny zaka aby ze reny ze nivakin'i Baroka fatrasy teo asofinigny vahoaky. [14]Dra
nalefan'ireo mana-pahefana aby ho agny amigny Baroka i Jehody zanadahin'i Netanaia zanadahin'i Selemia
zanadahin'i Kosa. Hoy i Jehody tamin'i Baroka ho: "Takaro eo atagnanao gny horogna-taratasy, dra gny horogna-
taratasy ze nivakiny teo asofinigny vahoaky, dra avia." Dra Baroka zanadahin'i Neria nitakasy gny horogna-
taratasy tegny atanany dra nandeha tagny amireo mana-pahefa. [15]Dra hoy ereo taminazy: "Mipetraha dra vakio
eto asofiko tihoky." Dra nivakin'i Baroka gny horogna-taratasy.[16]Dra gny fa nahare reo zaka aby reo ereo, dra
nifagnety matahosy taminize teo agnilany gny olo sirairay dra nanao tamin'i Baroka ho: "Sy maisy taterisika
amigny pazaka vatany reo zaka aby reo." [17]Boak'eo dra nagnotanian'ereo i Baroka ho: "Zakao anay, tamigny
fomba ino gny nanoratanao anireo zaka ze nizakan'i Jeremia aby reo? [18]Baroka nanao tamin'ereo ho:
"Nitognoniny taminahy reo zaka aby reo, dra nisoratiko tamigny ranomety teo amigny horogna-taratasy." [19]Dra
hoy reo mana-pahefa tamin'i Baroka: "Mandehana, mivonia hanao, dra i Jeremia koa. Aoky sy hisy olo hahafatasy
gny misy andrareo."[20]Ko dra natobin'ereo tao amigny afis'i Eliasama pita-sorasy gny horogna-taratasy, dra
nandeha tagny amigny pazaka teo akiaza ereo, dra nitaterin'ereo teo asofinigny pazaka gny raha aby. [21]Dra
nirahinigny pazaka hangalaky gny horogna-taratasy i Jehody. Nalan'i Jehody tao amigny efis'i Eliasama pita-
sorasy zay. Boak'eo dra nivakiny teo asofinigny pazaka vo reo mana-pahefana aby ze nisanga teo agnilany izay.
[22]Nitoby tao amigny tragnon-dririny gny pazaka tamigny volana faha sivy, dra nisy fatana nirehisy teo anoloany.
[23]Dra gny fa namaky sangana telo na efasy i Jehody, dra nitapahinigny pazaka tamigny asy zay dra nariany tao
agnaty afo tao apatagnafo mandra-pahalevonigny horogna-taratasy aby. [24]Nefa sy napatahosy na gny pazaka na
reo panopony ze nahare reo zaka aby reo, na nagnary gny akazony ereo.[25]Nandrara gny pazaka ba sy hagnoro
gny horogna-taratasy i Elnatana, Delaia, dra Gemaria, fa sy niteno anereo izy. [26]Dra gny pazaka nandidy an'i
Jeremela havany, Seraia zanadahin'i Abdala ba hanambosy an'i Baroka panora-dalana, vo i Jeremia paminany,
nefa navonin'i Yaveh ereo.[27]Dra avy tamin'i Jeremia gny zakan'i Yaveh tafaranigny nagnoroanigny pazaka gny
horogna-taratasy vo reo zaka ze nisoratin'i Baroka tamigny fanognonan'i Jeremia, manao anizahoky ho:
[28]"Miheregna, mangala, horogna-taratasy raiky hafa ho anao, dra sorato ao amin'izay gny zaka aby ze tao amigny
horogna-taratasy voalohany, dra gny fa noroan'i Joiakima pazakan'i Joda. [29]Dra sy maisy zakanao amin'i Joiakima
pazakan'i Joda zao: "Noroanao ty taratasy tihoky, ze mizaka ho: 'Nagnino hanao gny nanorasy teo amizay, 'Ho avy
vatany gny pazakan'i Babylona dra handrava ty tana tihoky, fa haringa na gny olo na gny biby ao
amizay'?"'"[30]Noho izay dra izao gny zakan'i Yaveh gny mahakasiky anao, ry Joiakima pazakan'i Joda: "Sy hisy sasy
amireo taranakao hitoby eo amigny seza fiandrianan'i Davida. Raha gny aminao, gny fatinao dra haria egny


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

amigny hain'andro vo egny amigny fangalanigny hariva. [31]Fa ho fezoko hanao, gny taranakao, dra reo panoponao nohonigny halondrareo aby. Handesiko eo aminao, eo amigny ponin'i Jerosalema aby, dra eo amigny olon'i Joda aby gny loza aby ze fa nandrahonako andrareo, nefa sy nitandremandrareo akory."[32]Dra nangalaky horogna-taratasy hafa i Jeremia dra nameny an'i Baroka zanadahin'i Neria panora-dalana izay. Nisoratin'i Baroka tamin'izay gny zaka aby ze tao amigny horogna-taratasy noroan'i Joiakima pazakan'i Joda tamigny fanognonan'i Jeremia. Dra bo napiana zaka maro hafa mitovitovy tamin'ity horogna-taratasy tihoky.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 37

[1]Dra i Zedekia zanaky lahin'i Josia dra nazaka tamin'ny toeran'i Jekonia zanak'i Joiakima. Nebokadnezara
pazakan'i Babylona gny nanao an'i Zedekia ho pazaka teo amigny tanin'i Joda. [2]Fa i Zedekia, reo panopony, vo gny
vahiakin'ny tagny dra sy niteno reo zakan'i Yaveh izay nambarany tamigny alalan'ny tagnan'i Jeremia paminany.
[3]Dra Zedekia pazaka. Jehokala zanak'i Selemia, dra Zefania zanak'i Mahaseia pisoro dra nandefa hafasy ho an'i
Jeremia paminany. Hoy izy reo: ''Mivavaha amin'i Yaveh Zagnaharisika ho asika.'' [4]Dra avy i Jeremia dra nagneo
amigny vahoaky, satria bo avy tagny Egypta gny tafik'i Farao, dra gny Kaldeana izay nanao fahirano an'i
Jerosalema dra nahare gny vaovao momba anazy reo dra niala tao Jerosalema.[6]Dra avy tamin'i Jeremia
paminany gny zakan'i Yaveh, manao ho: [7]''Yaveh Zagnaharindr'Isrealy, mizaka izao: Izao gny ho zakandrareo
amigny pazakan'i Joda, satria nandefa andrareo hangalaky hevisy aminahy izy, Ingo, fa an-dala hihery ho agny
Egypta, izay taniny gny tafik'i Farao, izay avy hagnapy anao. [8]Dra hihery gny Kaldeana. Hialy hanohisy itiky tana
tiky izy reo, hanambosy, vo hagnoro izay.[9]Hoy Yaveh ho: Ka mamitaky gny tegnandrareo amigny filazana ho: ''Fa
nagnenga anay tokoa reo Kaldeana, fa sy hagnenga izy reo. [10]Na dre fa naharesy reo tafiky gny Kaldeana
manotolo izay nialy tamindrareo aza handrareo ba ho ireo lelahiny marasy avo gny hanga ao amin'ireo lainy, fa
hiary izy reo dra hagnoro itiky tana tiky.[11]Dra tamigny nagnangan'ny tafikin'ny Kaldeana an'i Jerosalema gny
nahatongavan'ny tafik'i Farao, 'v 12Dra niboaky tao Jerosalema i Jeremia ba ho agny amigny tanin'i Benjamina.
Fa nikasa gny hangalaky gny apahany amigny tany teo amigny vahoakiny tao izy. [13]Gny teo amigny vavahadin'i
Benjamina izy, dra teo gny lahiben'ny piamby. Jiria zanak'i Selemia zanak'i Hanania gny agnarany. Nihazona an'i
Jeremia paminany izy dra nanao ho: ''Mandososy reo Kaldeana hanao.''[14]Nefa hoy Jeremia: ''Sy marina izay sy
mandososy reo Kaldeana zaho.'' Fa sy niteno anazy i Jiria, Nalany i Jeremia dra nandesiny teo amin'ireo mana-
pahefana. [15]Tezitra tamin'i Jeremia reo mana-pahefana. Novelesin'izy reo izy dra napidiriny tao atragnomezy, izay
tragnon'i Jonatana panora-dalana, satria navalik'izy reo ho tragnomezy izay.[16]Dra natao tao amignefisy
ambanin'ny tagny i Jeremia, izay nizanognany andro maromaro. [17]Dra nandefa olo hinday anazy ao an-dapa o
Zedekia pazaka. Nagnotany anazy mangingina gny pazaka tao atragnony ho: ''Misy teny avy amin'i Yaveh se?''
Namaly i Jeremia ho: ''Misy teny: ho atolosy eo atagnany pazakan'ny Babylona hanao.''[18]Dra hoy i Jeremia tamin'i
Zedekia pazaka: ''Manaoakory gny nanotako, reo panoponao, na itiky vahoaky itiky dra nametrahanao anahy
tagny atragnomezy? [19]Eza reo paminanindrareo, reo izay naminany ho anao vo nizaka fa sy ho avy hanohisy
anao na itiky tagny tiky gny pazakan'i Babylona? [20]Fa akehitriny mitenoa, ry pazaka tompoko! Aoka ho avy eo
agnatrehanao gny fitalahoako. Ka ahery agny atragnon'i Jonatana panora-dalana zaho, fa ho maty agny
zaho.'''[21]Dra nagnome baiko i Zedekia pazaka. Nitanan'ireo panopony teo amigny kiazan'ny piamby i Jeremia.
Nagnome mofo isan'andro avy eo amigny lalan'ireo panao mofo izy, mandra-pahalanin'ny mofo aby teo atanana.
Dra nitoetra teo akiazan'ny piamby i Jeremia.

Chapter 38

[1]Nahare gny zaka ze zinakan'i Jeremia tamigny vahoaky aby i Safatia zanak'i Matana, vo Gedalia zanak'i Pasora,
vo Jokala zanak'i Semelia, dra i Pasora zanak'i Malkia. Izy dra nizaka ho: [2]"Yaveh nizaka anizao: Ze mitoby amity
tana tihoky aby dra ho matinigny sabasy, mosary, dra areti-mandringa. Fa ze mandeha magnagny amireo
Kaldeana aby dra ho velo. [3]Izao gny zakan'i Yaveh: Ty tana tihoky dra hoatolosy eo atagnanigny tafikinigny
pazakan'i Babylona, dra hanambosy anizay izy."[4]Dra hoy reo mana-pahefa tamigny pazaka: "Aoky ho maty ty
lelahy tihoky, fa tamizay fomba zay gny nagnalefahany gny tagnan'ireo lelahy pialy tavela ato amity tana tihoky,
dra gny tagnanigny vahoaky aby. Mitalily anitahoky zaka tahoky izy, fa sy niasa hiaro gny vahoakiny ty lelahy
tihoky, fa ho anigny loza." [5]Dra hoy i Zedekia pazaka: "Ingo, eo atagnanao izy akory sy misy pazaka afaka
manohisy anao."[6]Dra nizakan'ereo i Jeremia dra nariany tao amigny famorian-dranon'i Malkia, zanadahinigny
pazaka. Tao akiazanigny piamby gny famorian-drano. Napizoson'ereo tamigny taly i Jeremia. Sy nisy rano reo
tamigny taly i Jeremia. Sy nisy rano tao amigny famorian-drano, fa namotaky anizay, dra niletiky tao amigny
fotaky izy.[7]Dra Ebeda-Meleka Kosita dra raiky tamin'ireo tandapa tao amy tragnon'i pazaka. Tenoy fa nataon'ireo
tao agnaty famorian-drano i Jeremia . Dra nipetraky teo amy vavahadin'i Benjamina gny pazaka.[8]Dra nandeha
laha tao amy tragnogny pazaka i Ebeda Meleka dra niresaky taminizy . Hoy izy: [9]'' Ry Pazaka topoko, tahoky
lelahy tahoky dra fa nanao rasy tamy fomba nindesany an'i Jeremia paminany. Natoran'ereo tao agnaty
famorian-drano izy ba ho maty gny mosary ao , satria sy misy sakafo sasy ao amy tana.''[10]Dra nagnome baiko an'i
Ebeda- Meleka Etiopiana gny pazaka. Hoy izy: ''Mindesa lelahy telopolo avy eto dra aboaho laha tao amy
famorian-drano i Jeremia alohagny hahafatesany.'' [11]Dra ninday ireo lelahy ireo izy dra nagnagny amy tragnogny
pazaka, tagny amy tragno fagnaza akazo tao ambaniny tragno. Tao izy gny nangalaky lamba triasy vo vorodamba
dra nampizoso anazy ireo tamy taly nagnao amin'i Jeremia tao amy famorian-drano.[12]Hoy i Ebeda-Meleka Kosita
tamin'i Jeremia:''Atovy eo ambany sandrinao vo eo amy lohagny taly gny lamba triasy vo gny voridamba.'' Ka
nataon'i Jeremia zay. [13]Dra nisitomin'ireo tamy taly i Jeremia. Zay gny fomba namoahan'ireo anazy tao amy
famorian-drano. Ka nizano teo amy tokotaniny piamby i Jeremia.[14]Nandefa tegny i Zedekia Pazaka dra ninday
agn'i Jeremia paminany nagnagny aminazy, ho agny amy fidira fahatelo ao amy tragnon'i Yaveh. Hoy gny pazaka
tamin'i Jeremia:''Te hagnontany raha anao zaho. Ka avonio anahy gny valiny.''[15]Hoy i Jeremia tamin'i Zedekia:
''Raha mamaly anao zaho, dra sy hamono anahy vatany se ianao? Kanefa raha magnome torohevisy anao zaho ,
dra sy hiteno anahy ianao.''[16]Saiky niania manoka tamin'i Jeremia gny pazaka dra nizaka ho:''Raha bo velo koa i
Yaveh, gny nahary asika, dra sy hamono anao zaho na hanolosy anao eo an-tagnan'ireo lelahy ze mifofo gny
ainao ireo.''[17]Dra hpy i Jeremia tamin'i Zedekia: '''Yaveh, Zagnahary topogny maro, Zagnaharin'Israely nizaka
izao:''Raha miala amin'ireo manam-pahefa gny pazakan'i Babylona ianao dra ho velo , dra sy ho may itio tana
itio. Ho velo ianao vo gny ankohonanao. [18]Fa raha sy miala amin'ireo manam-pahefa gny pazakan'i Babylona
ianao, dra ho atolosy eo an-tagnan'ireo Kaldeana itio tana itio. Ho oroan'ireo zay, dra sy ho afa-mandositry eo an-
tagnan'ireo ianao.''[19]Hoy i Zedekia pazaka tamin'i Jeremia:''Kanefa matahosy gny vahoakin'i Joda zay nitoka
nagnagny amin'ireo Kaldeana zaho, satria mety ho atolosy eo an-tagnan'ireo zaho ba ho viraviran'ereo.''[20]Hoy i
Jeremia :''Izy ireo dra sy hanolosy anao eo amin'ireo , Ankatoavy gny hafasin'i Yaveh zay zakako anao, ba
handeha soa gny raha-iaby ho anao, dra ba ho velo ianao. [21]Fa raha manda gny hiala ianao, dra izao gny fa
nasehon'i Yaveh taminahy.[22]Ingo! Gny ampela iaby ze tavela ao an-tragnonao, ry pazakan'i Joda, dra ho andesiny
hiala amin'ireo manam-pahefa gny pazakan'i babylona. Hizaka aminao ireo ampela ireo ho:'Voafitak'ereo
namanao ianao; fa nanimba anao izy ireo. Amizao dra miletiky agnatiny fotaky gny tombonao, dra ireo namanao
dra hisoaky.'[23]fa ho andesy hiala eo amin'ireo Kaldeana gny valy ama-zanakao aby, dra gny vatanao dra sy ho
afaky hitokava egny an-tagnan'ireo . Ho voasambosy gny tagnany pazakan'i Babylona ianao, dra itio tana itio dra
ho may.''[24]Dra hoy i Zedekia tamin'i Jeremia:''Ka ampahatary an'iza na iza gny mahakasiky ireo zaka ireo, ba sy ho
maty ianao.''[25]Raha reny manam-pahefa fa niresaky taminao zaho, dra raha avy izy ireo ka mizaka aminao
ho:'Zakao aminay ze nizakanao tamy pazaka, dra ka avony anay zay, raha sy zay dra ho vononay ianao,' [26]dra sy
maisy hizaka anazy ireo ianao ho:'Nanao fangataha teo anatrehany pazaka zaho ba sy hameregnany anahy agny
an-tragnon'i Jonatana ka ho maty agny.'''[27]Dra avy teo amin'i Jeremia reo mana-pahefana aby dra nagnotany
anazy, dra namaly anereo araky ze natoronigny pazaka anazy izy. Dra nizano nizaka taminazy ereo, akory sy
nahare gny zakan'i Jeremia vo gny pazaka. [28]Noho izay dra nizano teo akiazanigny piamby i Jeremia nandra-
pahavianigny andro nanambosy an'i Jerosalema.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 39

1Tamigny tao fahasivy vo volana fahafolo nazakan'i Zedekia pazakan'i Joda, dra avy nindray tamigny tafiny aby i
Nebokadnrzara pazakan'i Babylona hanohisy an'i Jerosalema dra hanao fahirano anizay. 2Tamigny tao na fa-
hiraiky anbin'ny folo vo volana fahaefasy azakan'i Zedekia, tamigny andro fahasivinigny vola, dra voatafiky teo
agnevonigny vavahady gny mana-pahefanigny pazakan'i Babylona aby: Nergala-Sarezera, Samgarnebo, dra
Sarsekima, mana-pahefa lahibe raiky. I Nergala-Sarezera dra mana-pahefa ambony vo reo ambiny aby dra
,mana-pahefanigny pazakan'i Babylona.4Dra gny fa nahita anereo Zedekia, pazakan'i Joda, vo reo lelahy pialiny
aby, dra nienga. Niboaky gny tana boak'eo amigny lala-terinigny zariday ereo gny hariva, teo amigny vavahady
agnelagnelan'ireo manda ro. Niboaky nizosy nagnagny Araba gny pazaka. 5Saiky nagnitriky anereo gny tafiky
Kaldeana dra nahatrasy an'i Zedekia teo amigny lemaky gny lohasakanigny Reniranon'i Jordana teo agnilan'i
Jeriko. Dra nisamborin'ereo izy dra nandesiny niakasy tagny amin'i Nebokadnezara, pazakan'i Babylona, tao
Ribla tagny amigny tanin'i Hamata, ze nagnomezan'i Nebokadnezara sazy anazy.6Nivononigny pazakan'i
Babylona tagny Ribla teo amasony mihisy reo zanadahin'i Zedekia. Nivonony avo koa reo olo ambonin'i Joda aby.
7Dra niloariny gny mason'i Zedekia dra nifotorany gadra varahy ba handesany anazy agny Babylona.8Dra
noroan'ireo Kaldeana gny tragnonigny pazaka vo gny tragnonigny vahoaky. Nazeran'ereo avo koa gny mandan'i
Jerosalema. 9Nebozaradana, pifehin'ireo piamby manokanigny pazaka, nanao asesitany gny vahoaky sisa ze
tavela tao atana. Tao agnatin'izay reo olo ze vaky nagnagny amireo Kaldeana vo gny vahoaky sisa ze tavela tao
atana. 10Fa nangan'i Nebozaradana pifehin'ireo piamby manokanigny pazaka hijano ao amigny tanin'i Joda koa
reo olo mahatra indrindra sy nana na ino na ino ho anereo. Nameny tanim-boaloboky vo saka tamin'io andro io
avo ereo.11Nagnome baiko momba an'i Jeremia tamin'i Nebozaradana pifehin'ireo piamby manokanigny pazaka i
Nebokadnezara pazakan'i Babylona. Hoy izy ho: 12"Andeso izy vo karakarao. Ka magnisy rasy anazy. Atovy
aminazy ze zakany aminao aby." 13Ko nandefa olo i Nebozaradana pifehin'ireo piamby manokanigny pazaka,
Nebosazbana ionoka agnabo, Negarala-Sarezera mana-pahefa agnabo, dra reo mana-pahefa agnabo, dra reo
mana-pahefanigny Babylona agnabo indindra. 14Nandesin'ireo lelahy niala boak'eo amigny tokotaninigny piamby
i Jeremia dra nakinin'ereo tamin'i Gedalia zanak'i Ahikama zanak'i Safana, ba hinday anazy holy, ko dra nitoby
teo amigny vahoaky i Jeremia.15Dra avy tamin'i Jeremia gny zakan'i Yaveh teo apanamborana anzy teo
atokotaninigny piamby, nanao anizahoky ho: 16" Mizaka amin'i Ebeda-Meleka Kosita dra atovy anizahoky ho: 'Izao
gny zakan'i Yaveh toponigny maro, Zagnaharin'Israely: Ingo, fa hagnatateraky gny zakako nanohisy ty tana
tihoky ho amigny loza fa sy ho amigny soa zaho. Fa ho tateraky eo anoloandrareo avokoa reo ami'zay andro zay.
17Fa hamoze anao zaho amign'izaho andro izaho __izaho gny fizakan'i Yaveh__ vo sy ho omeko eo an-tanan'ny olo
ze atahoranao hanao. 18Fa hagnavosy anao tokoa zaho. Sy ho lavon-tsabatra ianao. Hagnavotsy gny ainao ainao,
satria matoky anahy izany vo fanambaran'i Yaveh.'"



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 40

[1]Avy tamin'i Jeremia gny zaka boak'amin'i Yaveh tafaranigny nagnafahan'i Nebozaradana gny pifehy reo piamby
gny pazaka anazy tagny Rama. Nahita an'i Jeremia nifehy ravaky teo amireo babon'i Jerosalema aby vo Joda ze
nandesy natao sesitany tagny Babylona. [2]Gny lahibenigny piamby nangalaky an'i Jeremia dra nanao taminazy ho:
"Nandidy anizao loza zao ho an'ity toera tihoky i Yaveh Zagnaharinao.[3]Ko nagnatateraky anizay i Yaveh. Nanao
araky ze zinakany Izy, akory handrareo ry vahoaky dra nanota taminazy dra sy nakato gny feony. Izay gny ato-
pisian'izao raha zao amindrareo ry vahoaky. [4]Fa ingo amizao, magnafaky anao amigny ravaky ze egny atagnanao
zaho amizao. Raha sitrakao gny hindray aminahy ho agny Babylona, dra ndao, dra hikarakara anao zaho. Fa raha
sy sitrakao koa gny hindray aminahy ho agny Babylona, dra ka atao anizay. Atio gny tany aby manoloan'anao.
Dra mandehana amin'ize soa ze mety eo amasona."[5]Gny fa sy namaly Jeremia, dra hoy Nebozaradana ho:
"Mandehana agny amin'i Gedalia zanadahin'i Ahikama zanadahin'i Safana, ze napandraketinigny pazakan'i
Babylona gny tanan'i Joda. Mindresa mitoby aminazy eo amireo vahoaky na mandehana agny amize sitrakao
andehana." Nagnome sakafo vo fagnomeza ho anazy gny pifehy gny piamby gny pazaka, dra boak'eo dra nandefa
anazy. [6]Ko dra nandeha tagny amin'i Gedalia zanadahin'i Ahikama, tagny Mizpa i Jeremia. Nindray nipetraky
taminazy teo amireo vahoaky ze sisa velo tamigny tany izy.[7]Dra raha bo tagny ambanivohisy gny pifehin'ireo
maramila Jodeana__ereo vo reo olony__dra nahare fa nanao an'i Gedalia zanadahin'i Ahikama, ho
goverinoranigny tany gny pazakan'i Babylona. Ren'ereo avo koa fa napandraketiny anazy reo lelahy, reo apela,
dra reo zaza, ze olo mahatra indrindra teo amigny tany, reo ze sy natao sesitany tagny Babylona. [8]Ko dra nandeha
tagny amin'i Gedalia tagny Mizpa ereo. Reo lelahy reo dra Ismaela zanadahin'i Netania; Johanana vo Jonatana,
zanadahin'i Kerea; Seraina zanadahin'i Tanometa; reo zanadahin'i Tanometa; reo zanadahin'i Efay Neofatita; dra
Jazania zanadahinigny Makatita_ereo vo gny olony.[9]Gedalia zanadahin'i Ahikama zanadahin'i Safana dra nanao
fiaigna tamin'ereo vo gny olonydra nanao tamin'ereo ho: "Ka matahosy gny hanopo gny mana-pahefanigny
Kaldeana. Mitobia eo amigny tany dra topoy gny pazakan'i Babylona, dra hahita soa handrareo. [10]Ingo,
honin'agny Mizpa zaho ba hihaona amireo Kaldeana ze avy teto amisika. Ko mamokara divay, voka-pahavarasy,
vo dililo dra taviro ao amigny fitehirizandrareo reo. Mitobia amigny tana ze fa nisy andrareo."[11]Dra gny Jiodeana
aby tagny Moaba, teo amireo vahoakin'i Amona, vo gny tao Edoma, dra ze tao amigny tany aby dra nahare fa
nagnenga gny Joda sisa tavela hizano gny pazakan'i Babylona, ze nanendreny an'i Gedalia zanadahin'i Ahikama
zanadahin'i Safana teo amin'ereo. [12]Ko dra nihery boak'agny amigny toera ze nagnaparitahany aby gny Jodeana
aby, ho agny Gedalia tagny Mizpa. Namokasy divay vo voka-pahavarasy maro dra maro ereo.[13]Johanana
zanadahin'i Karea vo reo pifehy tafiky aby tagny agnahisy avy boak'ao amin'i Gedalia tagnyMizpa. [14]Hoy ereo
taminazy ho: "Moa fatasao ra fa i Balisa pazakanigny vahoakin'i Amona gny nandefa an'i Ismaela zanadahin'i
Netania ba hamono anao?" Kanefa i Gedalia zanadahin'i Ahikama sy nino anereo.[15]Ko dra nizaka mangina tamin'i
Gedalia i Johanana zanadahin'i Kerea dra nanao taminazy ho: "Mamela anahy handeha hamono an'i Ismaela
zanadahin'i Netania. Sy hisy hiahiahy anahy. Nagnino izy gny hamono anao? Nagnino gny nanga hiparitaky gny
Joda aby ze fa nivory teo aminao dra reo sisa tavela tao Joda teo aminao dra reo sisa tavela tao Joda aby ho rava?"
[16]Fa Gedalia zanadahin'i Ahikama nizaka tamin'i Johanana zanadahin'i Karea ho: "Ka manao anizay raha zay, fa
miapanga vandy an'i Ismaela hanao."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 41

[1]Dra tamigny volana fahafito dra avy tagny amin'i Gedalia zanak'i Ahikama, tagny Mizpa i Isimaela zanak'i
Netania zanak'i Elisama, boak'amigny fianakavianigny pazaka, vo gny ilany tamigny manam-boninahisy gny
pazaka__olo folo gny nindray taminazy. Nindray nihina sakafo tagny Mizpa ereo. [2]Fa Isimaela zanak'i Netania,
dra reo olo folo ze nindray taminazy dra nisanga dra nanafiky an'i Gedalia zanak'i Ahikama zanak'i Isimaela i
Gedalia, ze napetraky gny pazakan'i Babylona hiandraikisy gny tany. [3]Dra nivononigny Isimaela reo Jiosy aby ze
niaraky tamin'i Gedalia tagny Mizpa vo reo Kaldeana pialy hita tao.[4]Dra avy agny andro faharo tafaranigny
namonoa an'i Gedalia, saingy sy nisy nahay. [5]Gny ilany tamireo olo dra avy boak'agny Sekema, boak'agny Silo, dra
boak'agny Samaria__olo valopolo ze nagnarasy gny volombavany, naniasy gny akazony, dra nandidy gny vatany
gny vatany__niaraky tamigny fagnatisy hohany vo emboky magnisy tegny atagnan'ereo ba handehana ao amigny
tragnon'i Yaveh.[6]Ko niala tao Mizpa i Isimaela zanak'i Natania ba hiseza anereo tegny apandehana, vo nitomagny.
Dra raha nihaona tamin'ereo ho: "Mandehana agny amin'i Gedalia zanak'i Ahikama!" [7]Dra gny fa avy boak'agny
amigny tana ereo, dra nivonon'i Isimaela zanak'i Netania vo nariany tao an-davaky ereo, izy vo reo olo nindray
taminazy.[8]Kanefa nisy olo folo tamin'ereo nizaka tamin'i Isimaela ho: "Ka mamono anay, fa sy misy vasinay agny
asaka: Vary hordea, menaky vo tately." Ko sy nivonony niaraky tamireo namany hafa ereo. [9]Gny famorian-drano
ze nandasahan'i Isimaela gny maty aby ze nivonony, dra famorian-drano lahibe ze nihalin'i Asa pazaka ho ferova
hanohera an'i Basa pazakanigny Israely. Nifenon'i Isimaela zanak'i Natania an'ireo faty zay.[10]Boak'eo dra
nisamborin'i Isimaela reo olona aby ze tagny Mizpa, reo zanak'apelanigny pazaka vo reo olona aby ze sisa tavela
tagny Mizpa ze fa nitendren'i Nebozaradana lehibenigny piamby ho an'i Gedalia zanak'i Ahikama. Ko nanambosy
anereo i Isimaela zanak'i Natania dra nandeha nanavasava teo amigny olon'i Amona.[11]Fa i Johanana zanak'i
Karea vo reo pifehin'gny tafiky nindray taminazy dra nahare gny loza aby ze nahin'i Ismaela zanak'i natania.
[12]Dra nalan'ereo gny olon'aby dra nandesiny hialy hanohisy an'i Ismaela zanak'i Natania. Hitan'ereo tagny
amin'gny dobo lahiben'i Gibeona izy.[13]Vo nofa hitan'gny olon'aby ze nindray tamin'i Ismaela i Johanana zanak'i
Karea vo reo pifehin'gny tafiky aby nindray taminazy, dra vatany faly ereo. [14]Dra nitoliky reo olon'aby ze
nisamboaran'Ismaela tao Mizpa dra nandeha tagny amin'i Johanana zanak'i Karea.[15]Fa nalefa nindray tamin'gny
lelahy valo boaky tagny Johanana i Ismaela zanak'i Netania. Nagnagny amin'gny vahoakin'i Amona izy.[16] Nalan'i
Johanana zanak'i Karea boaky agny Mizpa reo olo aby ze navotany tamin'i Ismaela zanak'i Netania. Zeho dra
tafaran'gny namonoan'ismaela an'i Gedalia zanak'i Ahikama. Nangala reo lelahy maheyr, reo lelahy pialy, reo
zaza amin'apela,vo reo tandapa ze avosy tao Gibeona i Johanana vo reo namany.[17]a nandeha ereo dra nitoesy
fotoa fohiky tagny Gerota Kimama, ze marinin'i Betlehema teo. Nandeha tagny Egypta ereo noho reo Kaldena.
[18]Ereo dra natahosy andreo akory novonan'i Ismaela zanadahin'i Netania i Gedalia zanadahin'i Ahikama, ze
napiandreketan'gny pazaka gny tany.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 42

[1]Dra nagnato an'i Jeremia paminany gny pifeh tafiky aby vo i Johanana zanadahin'i Kareo, Jazania zandahin'i
Hosaia, vo gny vahoaky aby nanomboky tamin'gny l]keliky loasy dra hatramin'gny lahibe loasy. [2]Ho ereo
taminazy ho: "Aoky ho avy eo agnatrehaniha gny talahonay. Mivavaha ho anay amin'i Yaveh Zagnariniha noho
reo vahoaky sisa reo akory masaiky anisa loasy zahay, araky zeho hitaniha zeho. [3]Zakao i Yaveh Zagnahariniha so
hizaka aminay gny lala tokony handehananay vo ze tokony hahinay."[4]Koa dra ho Jeremia paminany tamin'ereo
ho: "Fa reko handrareo. Ingo, hivavaky amin'i Yaveh Zagnaharindrareo, araky ze fa nangatahindrareo zaho. Ndre
ino ndre ino havalin'i Yaveh, dra ho zakako amindrareo. Sy hita ndre ino ndre ino amindrareo zaho." [5]Ho ereo
tamin'i Jeremia ho: "Yaveh ra ho vavolombelo mary sady sy mivaliky ho asika no sy manao se iaby zakan'i Yaveh
Zagnahariniha ho ahinay zahay."[6] Ndre ho soa ndre ho rasy zeho, dra hankato gny feon'i Yaveh Zagnaharinay
zahay, ze hagnirahanya aniha, so hahasoa anay nofa magneky gny feon'i Yaveh Zagnaharinay zahay."[7]TAmin'gny
fefaran'gny andro fahafolo, dra avy tamin'i Jeremia gny zakan'i Yaveh. [8]Koa dra nitoka an'i Johanana zanadahin'i
Karea vo reo pifehy tafiy mindray aminazy aby i Jeremia, vo gny vahoaky aby nanomboky atamin'gny keliky
loasy dra hatramin'gny lahibe loasy. [9]Dra ho izy tamin'ereo ho: 'Zeho gny zakan'i Yaveh, gny Zagnaharin'Israely---
ze nagnirahandrareo anahy so ahafahako mametraky gny talahondrareo eo agnatrehany--- manao ho: [10]"No
mihery vo mitoesy eto amin'itihoky tany tihoky handrarei, ha hapiaary andrareo Zaho fa sy hamotiky andrareo;
hamboly andrareo Zaho fa sy hagnombosy andrareo, fa hangala gny loza ze fa nandesiko teo amindrareo Zaho.
[11]Ka matahosy gy pazakan'i Babylona, ze atahorandrareo. Ka matahosy anazy--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh---
akory Zaho miahy andrareo so hamonzy andrareo egny an-tagnany. Fa Zaho hagnome andrareo famindram-po.
[12]Hana fangoraham-po amindrareo Zaho, vo Zaho handay andrareo hihery amin'gny tanindrareo.[13]Fe no ho
handrareo ho: "Sy hitoesy eto amin'itihoky tany tihoky zahay"--- no sy miteno gny feoko, ze feon'i Yaveh
Zagnaharindrareo handrareo. [14]No ho handrarei ho: "Aha! Hnandeha ho agny amin'gny tany Egypta zahay, ze sy
hahitanay aly, ze sy haharezanay gny feon'gny asiva, vo sy ho resy hany zahay. Hitoesy agny zahay."[15]Amizao
mitenoa zeho zakan'i Yaveh zeho, handrarei ze sisan'i Joda. Yaveh Tompon'gny lako, Zagnaharin'Israely, dra
mizaka ho: "No hienga handeha ho agny Egypta vatany handrareo, handeha sady hitoesy agny, [16]dra hagnitriky
andrareo agny amin'gny tany Egypta gny zesa ze atahorandrareo. Hagnaraky andrareo agny gny mosary ze
ahiandrareo, dra ho faty agny andrareo. [17]Vo gny lelahy aby ze nienga ho agny Egypta so hitoesy agny dra ho
fatin'gny mesa, mosary, na areti-mandripaky. Sy hisy sisa vello ereo, sy hisy ho afaky milefa gny fahavoaza ze
andesiko ereo.[18]fa mizaka zeho Yaveh Tompon'gny lako, Zagnaharin'Israely, ho: "Sahala gny firosaky gny
hahoriako vo gny fahavignirako teo amin'gny ponin'i Jerosalema, dra sahal anaizeho koa gy fomba hirosahan'gny
hahoriako amindrareo no mandeha agny Egypta handrareo. Hazary raha-pagnozogna vo horohoro handrareo,
rahha hizaka ozo, vo raha sy mendriky, dra sy ho hitandrareo sasy zeho toera zeho."' [19]Dra ho i Jeremia ho:
"Yaveh dra fa nizaka mahakasiky andrareo--- handrareo ze sisan'i Joda. Ka mandeh agny Egypta! Fatandrareo
vatany fa vavolombelondrareo Zaho androany[2220]Fa namitaky fatrasy gny vatandrareo handrareo nofa nandefa
anahy ho agny amin'i Yaveh Zagnaharindrareo dra nizaka ho: 'Mivavaha amin'i Yaveh Zagnaharisika ho anay. Ze
iaby zakan' Agnahary, dra ambarao anay, vo dra ho taterahiko zeho.' [21]Fa nitateriko tamindrareo androany, fe
handrareo sy bo niteno gny feon'i Yaveh Zagnaharindrareo na tamin'gny raha mahakasiky ze nagnirahany anahy
ho amindrareo. [22]Koa amizao, tokony ho fandrareo vatany fa ho fatin'gny mesa, mosary, vo areti-mandripaky
handrareo agny amin'gny tany ze irindrareo hitoera."

Chapter 43

[1]Dra nifara gny fagnambaran'i Jeremia gny zaka aby an'i Yaveh Zagnaharan'ereo ze nizakany taminazy ba ho
zakany amin'gny vahoaky aby.[2]Azaria zanadahin'i Hosaia, Johanana zanadahin'i Karea, vo gny olo miavognavo
aby dra nizaka tamin'i Jeremia ho: " Mizaka vandy hanao. Yaveh Zagnaharinay aniha hizaka ho: ' Ka mandeha
mitoby agny Egypta.'[3]Fa i Baroka zanadahin'i Neria dra niansy aniha hanohisy anay ba hagnafaky anay eo
atagnan'ireo Kaldeana, akory hanao gny mahavy gny fahafatesanay vo manao anay ho babo agny Babylona."[4]Dra
nanda gny hiteno gny feon'i Yaveh ba hitoby agny amin'gny tanin'i Joda i Johanan zanadahin'i Karea, reo
andrian'gny tafiky aby, vo reo vahoaky aby.[5]Johanana zanadahin'i Krea vo reo lahiben'gny tafiky aby dra nanday
ze tavela aby tamin'i Joda zay nihery boakagny amin'gny firene aby tagny amin'ze nagnaparitaha andreo ba
hitoby amin'gny tanin'i Joda.[6]Nalan'ereo gny lelahy vo gny apela, gny zaza vo reo zanakapelan'gny pazaka, vo gny
olo aby ze nengan'i Nebozaradana, pifehy reo piambin'gny pazaka tamin'i Gedalia zanadahin'i Ahikama
zanadahin'i Safana. Nalan'ereo avo koa i Jeremia paminany vo i Baroka zanadahin'i Neria.[7]Nagnagny amin'gny
tany Egypta ereo, agny Tapanesa, akory ereo dra sy niteno gny feon'i Yaveh.[8]Dra avy tamin'i Jeremia gny zakan'i
Yaveh tagny Tapanesa, nanao ho:[9]' Mandrambesa vato lahibe maromaro amin'gny tagnanaiha, sady, avonoy eo
amason'gny vahoakin'i Joda ao amin'gny fetan'gny rarivato eo amin'gny filira magnagny amin'gny tragnon'i Farao
agny Tapanesa reo."'[10]Dra zakao ereo ho: 'Yaveh Tompon'gny maro, Zagnaharin'Israely, mizaka zao: 'Ingo, handefa
iraky hangalaky an'i Nebokadnezara pazakan'i Babylona manahaky gny panopoko Zaho. Ho atoboko eo aminy
reo vato reo gny seza fiandrianany zay naleviniha, ry Jeremia, Hametraky gny lainy eo amin'ereo i
Nebokadnezara.[11]Fa ho avy izy sady hanafiky gny tanin'i Egypta. Ze voatendry ho faty dra atolosy ho vono. Ze
voatendry ho babo dra ho trasy babo. Ze voatendry ho amin'gny mesa dra home gny mesa.[12]Dra handrhisy afo eo
amin'gny tepolin'ireo zagnaharin'i Egypta zaho. Nebokadnezara dra hagnoro andreo na hisambosy andreo.
Hagnalio gny tanin'i Egypta manahaky reo piamby agnondry magnalio gny bibikeliky amin'gny akazon'ereo izy.
Dra hiboaky amin'izay toera zay amin'gny fandrese izy.[13]Hamotiky gny sanga,-bato agny Neopolisa agny amin'gny
tanin'i Egypta izy. Hagnoro gny teplinireo zagnaharin'i Egypta izy."'


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 44

[1]Gny zaka zay avy tamin'i Jeremia mahakasiky gny Jiosy aby ze nipetraky tagny amin'gny tany Egypta, dra reo olo
nitoboky tao Migdola, Tapanesa, Memfisa, vo tao amin'gny tany Patrosa.[2]" Yaveh Tompon'gny maro,
Zagnaharin'Israely, manao zao: Handrareo mahisy gny fa nahita reo loza aby zay nandesiko tamin'i Jerosalema
vo gny tanan'gny Joda aby. Ingo, rava ereo amizao. Sy misy olo mitoboky ao amin'ereo.[3]Zeho dra nohon'ireo raha
rasy nahin'ereo bo hanafitohy Anahy tamin'gny nandehanany nagnoro ditin-kazo magnisy vo nanopoany reo
zagnahary hafa. Reo dra zagnahary zay sy fatas'ereo, ndre handreo, ndre reo razambendrareo.[4]Dra nirahiky
matetiky ho agny amin'ereo panopoko paminany aby. Nirahiko ereo bo hizaka ho: ' Azanogno gny fanova zao
raha vetaveta ze halako nzao.'[5]Fe sy niteno ereo. Nanda sy niteno ereo na niala tamin'gny faharasiany tamin'gny
fagnoroa ditin-kazo magnisy ho an'ireo zagnahary hafa.[6]Dra niraraky gny fahoriako vo faharombotako sady
nandrehisy afo tao amin'ireo tanan'i Joda vo reo lalan'i jerosalema. Dra nanzary faharava vo fahatoroa,
manahaky gny amin'izao andro androany zao ereo."[7]" Koa amizao, dra mizaka zao Yaveh Zagnahary Tompon'gny
maro vo Zagnaharin"Israely: " Nagnino no manao faharasia lahibe amin'gny vatandrareo handrareo? Nagnino
handreo gny manao ze hahafonisy andrareo amin'ireo Joda--- dra reo apela vo lelahy, reo ankizy vo zaza? Sy hisy
ho tavela amindrareo.[8]Tamin'gny faharasiandrareo gny nanafitohiandrareo Anahy noho reo asan'gny
tagnandrareo, tamin'gny fagnoroa ditin-kazo magnisy ho an'ireo zagnahary hafa tagny amin'gny tany Egypta, ze
nandehanandrareo hitoboha. Nandeha tagny ndrareo bo ho toro, ba hangozogna vo hagnala baraka andrareo eo
amin'gny firenen'gny tany aby.[9]Sa ra halignondrareo gny faharasia nahin'ireo razambendrareo vo gny faharasia
nahin'ireo pazakan'i Joda vo reo valiny? Sa ra halignondrareo gny rasy nahindrareo vo gny valindrareo tagny
amin'gny tanin'gnyt Joda vo reo lalamben'i Jerosalema?[10]Mandrak'androany, dra sy bo nanetry tegna ereo. Sy
magnaza gny lalako na reo liliko ze napetrako teo agnoloan'ereo vo gny razambeny ereo, na mandeha
amin'iregny."[11]Noho izay Yaveh toponigny maro, zagnaharin'Israely, dra mizaka anizao: "Ingo, fa hanapak'evisy
gny hanandry gny tavako aminao zaho. [12]Fa halako gny tavela amigny Joda ze naboaky handeha ho agny amigny
tany Egypta ba hitoby agny. Hataoko zay ba hahafatesan'izy aby agny amigny tany Egypta. Ho lovanigny sabasy
agny amigny tany Egypta. Ho lavonigny sabasy vo mosary ereo. Manomboky amigny masaiky indrindra dra
hatramigny lahibe indrindra dra ho maty sabasy vo mosary. Ho maty ereo dra ho avy fiegna, fagnozogna,
fandasa, dra raha mapihorohoro.[13]Fa hagnafay gny olo monina ao amigny tany Egypata manahaky gny
nagnafaizako an'i Jerosalema tamigny sabasy, mosary, dra areti-mandringa zaho. [14]Sy hisy ho tafasoaky ga ho velo
reo sisanigny Joda ze andeha ba hitoby agny ao amigny tany Egypta gny ho tafahery ao amigny tanin'i Joda, na
dre te hihery vo hitoby agny aza ereo. Sy misy ho tafahery ereo, afa-sy ze keliky hienga hiala eto."[15]Dra gny lelahy
aby ze nahay fa nagnoro litik'azo magnisy ho an'ireo zagnahary hafa gny valin'ereo, vo gny apela aby ze tao
amigny fengona lahibe, dra gny olona aby ze nitoby tagny amigny tany Egypta tagny Patrosa dra namaly an'i
Jeremia. [16]Hoy ereo: "Momba gny zaka ze zinakanao taminay tamigny agnaran'i Yaveh__dra sy hiteno anao zahay.
[17]Fa hataonay avokoa gny raha aby ze nizakanay fa hataonay__dra hagnoro liti-kazo magnisy ho anigny
pazakavavinigny Lagnisy dra handraraky fagnatisy nomy ho anazy manahaky gny nataonay, reo razambenay,
reo pazakanay, dra reo pitarikay tao amireo tanan'i Joda vo reo lalan'i Jerosalema. Dra ho visy hany zahay dra
hambinina, vo meraky sy hiharan-doza.[18]Raha nisahasy sy manao reo raha reo zahay, sy nanolosy liti-kazo
magnisy ho anigny pazakavavinigny Lagnisy dra sy nandraraky fagnatisy onomy honazy, dra nizaly tamigny
fahatrana zahay dra ho fati-sabasy vo mosary." [19]Hoy reo apela: "Gny fa manao fagnatisy liti-kazo magnisy eo
anoloanigny pazakavavinigny Lagnisy zahay dra mandraraky fagnatisy onomy ho anazy, moa ra hanohisy gny
valininay gny nanovanay reo raha reo, manao mofomamy amigny endriny dra mandraraky fagnatisy onomy ho
anazy?"[20]Dra hoy Jeremia tamigny vahoaky aby__tamigny lelahy vo gny apela, dra tamigny vahoaky aby ze
namaly anazy__nitalily izy dra nanao anizahoky ho: [21]"Moa ra sy saroan'i Yaveh gny liti-kazo magnisy ze
noroandrareo tao amireo tanan'i Joda vo reo lalan'i Jerosalema__handrareo vo reo razambendrareo vo reo
pitariky, dra gny poniny gny tany aby? Fa nahasiaro anizay Yaveh; avy tao agneriseriny zay.[22]Ko sy zakany sasy
zay nohonigny fanovan-drasidrareo, nohonigny fahavetaveta ze nataondrareo. Dra hazary ho lao, ho horohoro,
dra ho ozo gny tanindrareo ba sy hisianigny ponina manahaky anizao andro amizao zao sasy. [23]Akory nagnoro
liti-kazo magnisy dra nanota tamin'i Yaveh handrareo, akory dra sy niteno gny feony, gny lalany, gny fisipiny, na
reo lalanigny fagnekeny handrareo, dra nitranga tamindrareo anizao loza zao manahaky anizao andro amizao
zao."[24]Dra hoy Jeremia tamigny Vahoaky aby vo gny apela aby: "Mahareza gny zakan'i Yaveh, ry Joda aby ze ao
amigny tany Egypta. [25]Yaveh toponigny maro, Zagnaharin'Israely, manao anizahoky ho: 'Handrareo vo gny
valindrareo dra fa samby nizaka tamigny vavandrareo ze nagnatateraky tamigny tagnandrareo ze nizakandrareo
ho: "Hotaterahinay vatany reo voady ze nataonay hanopoa gny pazakavavinigny Lagnisy, ba handraraky

fagnatisy nomy ho anazy." Amizao efao gny voadindrareo; tateraho reo.'[26]Ko dra, mitenoa gny zakan'i Yaveh, ry
Joda aby ze mitoby ao amigny tany Egypta, 'Ingo, fa niania tamigny agnarako lahibe zaho__hoy Yaveh. Sy ho
tokavy amigny vavan'ireo olon'i Joda ao amigny tany Egypta aby sasy gny agnarako, dra handrareo ze mizaka
amizao ho: " Raha velo koa gny Topo Yaveh." [27]Ingo, miambin'anereo ho amigny loza fa sy ho amigny soa zaho.
Gny olon'i Joda aby ao amigny tany Egypta dra ho maty sabasy vo mosary mandra-pahatapisy anazy aby. [28]Dra
reo sy maty sabasy dra hihery boak'ao amigny tany Egypta ho agny amigny taninigny Joda, gny siapy an'isa
amin'ereo avo. Ko gny tavela tamigny Joda aby ze nandeha tagny amigny tany Egypta ba honin'agny dra
hahafatasy ho gny zakan'iza gny ho tateraky: gny anahy sa gny anereo.[29]Izao gny ho famatara ho andrareo__izay
gny fagnambaran'i Yaveh__fa hanohisy andrareo ao amizay toera zay zaho, ba ahafatarandrareo fa hamely
andrareo amigny loza vatany gny zakako.' [30]Izao gny zakan'i Yaveh: 'Ingo, fa hanolosy an'i Farao-Hofra pazakan'i
Egypta eo atagnan'ireo fahavalony vo eo atagnan'ireo ze mifofo gny ainy zaho. Izay dra hanahaky ze nanolorako
an'i Zedekia pazakanigny Joda teo atagnan'i Nebokadnezara pazakan'i Babylona, gny fahavalony ze nifofo gny
ainy."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 45

[1]Tiho gny zaka ze nizakan'i Jeremia paminany tamin'i Baroka zanadahin'i Neria. Nofa manorasy tahoky zaka
nitonongnonin'i Jeremia tahoky izy---tamin'gny tao fahaefasy nanzakan'i Joiakima zanadahin'i Josia, pazakan'i
Joda zay, dra ho izy ho:[2]" Yaveh, Zagnaharin'Israely; dra mizaka zao aminiha, ry Baroka: [3]Nizaka hanao ho: 'Iliran-
doza zaho, akory napian'i Yaveh fahoria gny fitebitebika. Nandrokaky anahy gny hoaiko; sy nahita fisahara
zaho.'[4]Zao gny sy mainsy zakaniha aminazy: 'Yaveh dra mizaka zao: Ingo ho simbako ze nahoriko. Hombotako ze
namboleko--- ho ahiko manera gny tany aby zay.[5]Fa moa se hanao magnategna raha lahibe ho an'gny vatanao? Ka
magnategna an'izay. Fa ingo, loza gny ho avy amin'gny lombelo aby---zay gny fagnambaran'i Yaveh---fa homeko
aniha hanahaky reo halasinao egny amin'izay abby handehananiha egny gny fienganiha."

## Chapter 46

[1]Izao gny zakan'i Yaveh ze avy tamin'i Jeremia paminany mahakasiky reo firenena. [2]Ho an'i Egypta: "Mombanigny
tafik'i Farao-neko, pazakan'i Egypta ze agny Karkemisy amoronigny onin'i Eofrata zao. Tihoky gny tafiky ze resin'i
Nebokadnezara pazakan'i Babylona tamigny fahaefa-tao nazakan'i Joakima zanadahin'i Josia, pazakanigny Joda:
[3]Atovy vonona reo apinga masaiky vo reo apinga lahibe, dra mandehana mandroso hialy. [4]Atobeo eo
agnabonigny sovala reo felia; mekara eo agnabonigny sovala dra takaro gny sangananao miaraky amigny
fognoloha eo agnabonigny; ragnito gny lefonao dra apetraho eo amigny akazo ferovanao.[5]Fa ino zao hitako izao?
Feno tahosy ereo dra mienga, akory resy gny maramilan'ereo. Mienga hitalia ferova ereo dra sy magnety ze ao
afara. Egny amigny magnodidin'egny gny horohoro__izay gny fagnambaran'i Yaveh__[6]sy afa-mienga reo malaki-
fandeha, dra sy afa-miiala reo maramila. Tafitohy tagny avarasy ereo dra lova teo agnilanigny Onin'i Eofrata.[7]Iza
ty miakasy manahaky an'i Neily tihoky, ze misamboaravoara miakasy vo mizoso manahaky gny renirano gny
ozany? [8]Miakasy manahaky an'i Neily i Egypta, manahaky gny oza ze miakasy vo mizoso. Hoy i Egypta ho:
'Hiakasy zaho dra hanaro gny tany. Hanola reo tana vo reo poniny zaho. [9]Mekara, ry sovala. Aoky ho ory,
handrareo ry Kalesy. Aoky hiboaky reo maramila, Kosy vo Pota, reo lelahy mana-paheza manoka amigny fapesa
apinga, dra Loda, lelahy mana-paheza amigny fagnezeha gny sipikan'ereo.'[10]Tamin'io andro io gny andronigny
valifatinigny topo Yaveh toponigny maro, dra hamaly faty reo fahavalony ho anigny vatany izy. Handrapaky gny
sabasy dra ho afa-po. Hino gny lio maro an'ereo zay. Fa hisy soro ho anigny topo Yaveh toponigny maro agny
amigny tany avarasy amoronigny Onin'i Eofrata.[11]Miakara agny Gileada dra mangala fanafody, ry zanakapela
virizinin'i Egypta. Sy misy dikany gny nametahanao fanafody maro tamigny vatanao. Sy misy fagnafany honao.
[12]Nahare gny fahafaham-barakanao reo firenena. Feno gny fitomagnianao gny tany, fa nifandona tamigny
maramila raiky gny maramila raiky; nindray lavo izy ro reo."[13]Izao gny zakan'i Yaveh nizaka tamin'i Jeremia
paminany gny fa avy vo nanafiky gny tany Egypta i Nebokadnezara pazakan'i Babylona: [14]"Talilio ao Egypta, dra
zakao ao Migdola, Memfisa, dra Tapanesa zay.' Takaro gny toeranao dra homagno gny vatanao, fa handrapaky
reo magnodidin'anao gny sabasy.'[15]Nagnino reo maherinao gny lavo amigny tany? Sy hisanga ereo, akory Izaho,
Yaveh, gny nanosiky anereo ho amigny tany. [16]Mapitombo gny isan'ireo tafitohy Izy. Gny maramila sirairay dra
mifandimby lavonigny hafa. Hoy ereo ho: 'Misangana. Andeha isika holy. Andeha isika hihery agny amireo
olosika, agny amigny tany nahaterahasika. Andeha isika hagnenga ty sabasy ze mamely asika tihoky.' [17]Nitalily
tagny ereo ho: 'Farao pazakanigny Joda dra tabataba avo, gny raiky ze nagnenga gny irikany ho lasa avo.'[18]Raha
bo velo koa zaho__ zinaka gny pazaka, zay gny agnarany dra i Yaveh toponigny maro__dra risy olo raiky ho avy
manahaky gny Tendrombohisy Tabara vo Tendrombohisy Karmela amoronigny ranomasy. [19]Omagno gny eta
handesindrareo agny asesitany, handrareo ze mipetraky agny Egypta. Fa ho foa i Memfisa, handry amigny
faharava izy dra sy hisy na iza na iza hipetraky agny.[20]Egypta dra agnomby tanora soa tarehy vatany, kanefa hisy
bibikely manindro ho avy boak'agny avarasy. Ho avy zay. [21]Reo maramila nikarama eo agnelagnelany dra
manahaky gny agnombilahy matavy, fa ereo avo koa anefa dra hihody dra hienga. Sy hindray hisanga ereo, akory
avy gny andronigny loza hamely anereo, gny fotoanigny sazin'ereo. [22]Misioky manahaky gny bibilava i Egypta,
dra mandaly, fa reo fahavalony koa dra mizosy hanohisy anereo. Magnegny amin'ereo manahaky gny panapaky
hazo miaraky amigny famaky ereo.[23]Hanapaky gny ala ereo__izay gny fagnambaran'i Yaveh__na dre mikitroky
vatany aza zay. Fa ho maro noho reo valala reo fahavalo, sy vita isahy. [24]Ho afa-baraka gny zanak'apelan'i Egypta.
Hatolosy eo atagnanigny vahoaky boak'agny avarasy izy."[25]Yaveh toponigny maro, Zagnaharin'Israely, dra mizaka
ho: "Ingo, eo andala-pamaiza an'i Amona boak'agny Teba, Farao, Egypta vo reo zagnahariny, reo Farao pazakany,
dra reo ze matoky anereo zaho. [26]Hatolosy eo atagnan'ireo ze mifofo gny ainy ereo, dra eo atagnan'i
Nebokadnezara pazakan'i Babylona vo reo panopony. Afaran'izay dra sy ho azo hipetraha manahaky gny tamigny
andro taloha i Egypta__izay gny fagnambaran'iYaveh.[27]Fa hanao, ry Jakoba panopoko, dra ka matahosy. Ka raiki-
tahosy, ry Israely, fa ingo, hagnery anao boaky lavisy zaho, dra gny zanakao boak'agny amigny tany naha-babo
anereo. Dra hihery i Jakoba boak'eo, hahita fedagna, dra ho voaaro, dra sy hisy na iza na iza hapihorohoro anazy.
[28]Hanao, ry Jakoba panopoko, ka matahosy__izay gny fagnambaran'i Yaveh__fa miaraky aminao zaho, dra hinday
faharava tateraky amireo firenena aby ze hapielelazo anao zaho. Fa sy hanola anao tateraky zaho. Hasiaky anao
araky gny rariny zaho dra sy hagnenga anao ho afa-sazy."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 47

[1]Zao gny zakan'i Yaveh zay avy tamin'i Jeremia paminany mikasiky an'ireo Filistina. Zao zaka zao dra avy
taminazy talohan'gny nanafihan'i Farao an'i Gaza.[2]Yaveh dra mizaka zao: "Ingo, miakasy gny tondr-drano agny
avarasy. Hanahaky gny renirano manafosy zeho! Sady hanafosy gny tany vo gny raha aby ao amin'zeho reo, reo
tanany vo reo olony zay! Noho zeho gny olo aby dra hikoraky fagnapia, sady hitomagny reo olo aby ao amin'gny
tany[3]Tamin'gny feon'gny fikatrokatrokin'gny kitron'gny sovaly matazakereo, tamin'gny fierosin'ereo kalesin'ereo
vo gny tabataban'igny kodian'ereo, reo razambe dra sy hagnapy reo zanany noho gny fahalemen'ereo manoka.[4]Fa
avy gny andro handrava an'ireo Filistina aby, bo handripaha ao Tyro vo Sidona gny sisa velo aby ze te-hagnapy
an'ereo. Fa Yaveh dra mandrava an'ireo Filistina, reo ze sisa laha tamin'gny nosy Kaftora.[5]Ho avy amin'i Gaza gny
fahasola. No gny amin'i Askelona, dra ho hapisignin'gny olo ze tavela ao amin'gny lohasahany. Mandrak'ombia
gny handidiandrareo gny tegnandrareo amin'gny fandala?[6]Indrisy ry mesan'i Yaveh! Mandrak'ombia gny
hisian'izay mandra-pisignandrareo? Miheregna ao amin'gny fitobohaniha! Mizanogna dra ka mizaka.[7]akory gny
ahafahaniha misigny, fa Yaveh gny fa nandidy aniha. Nitoka aniha hanafiky an'i Askelona vo hanohisy reo sisin-
tany magnaraky gny ranomasy Izy."

## Chapter 48

1Ho an'i Moaba, Yaveh Toponigny maro, Zagnaharin'Israely dra mizaka anizao: "Loza ho an'i Nebo, fa rava zay.
Nisambory i Kiriataima dra nalam-baraka. Potiky vo afa-baraka gny ferova fatrasy. 2Sy misy sasy gny voninahis'i
Moaba. Nitetiky hanao loza honazy reo fahavalon'ereo tao Hesbona. Hoy ereo: 'Avia aoky sika hamotiky anazy
manahaky gny firenena. Ho maty avo koa i Madmena__hagnitriky andrareo boak'ao afara gny sabasy.'3Tenoy! avy
boak'agny Horonaima gny feonigny hikiaky, ze misy faharava vo fahasola lahibe agny. 4Rava i Moaba. Hapahare
gny fitaregnany reo zanany. 5Hiakasy gny havoan'i Lohita apitomagny ereo, fa egny amigny lala fizosoan'i
Horonaima, dra ho re reo tokatoka noho gny fahasola.6Menga! Vozeo gny aindrareo dra mevia hanahaky gny
kirihitr'azavily agny atany efisy. 7Fa noho gny fahatokianao reo fombanao vo gny harenao, gny hanamboran'anao
koa. Dra i Kemosy dra handeha ho amigny fahababoa, miaraky amireo pisorony vo reo pitariny.8Fa ho avy egny
amigny tanan'aby gny pandrava; sy misy tana ho afa-mienga. Dra ho levo gny lohasaka dra ho rava gny lemaky,
araky gny nizakan'i Yaveh. 9Ameo elasy i Moaba, fa sy maisy hitily vatany izy. Ho lasa lahibe reo tanany, ze sy
misy na iza na iza monina ao ami'reo. 10Aoky ho voaozo ze kamo amigny fanova gny asan'i Yaveh! Aoky ho
voaozo ze mita gny sabany amigny fandasahan-dio!11Nahasiaro ho voaaro i Moaba hatramigny naha-tanora
anazy. Manahaky gny divay ze sy bo nararaky isika gny vilagny izy. Sy bo nandeha tamigny fahababoa izy. Noho
izay dra soa siro lalandava izy; mizano sy miova gny sirony. 12Ko ingo, ho avy gny andro__izay gny fagnambaran'i
Yaveh__gny fa handefa aminazy reo ze hagniliky anazy vo handraraky reo vilagniny aby dra hamaky reo sininy
zaho.13Dra ho megnasy an'i Kemosy i Moaba manahaky gny nahamegnaranigny akohonan'Israely an'i Betela, gny
atonigny fahatokisan'ereo. 14Ino gny hizakandrareo ho: 'Zahay dra miaramila, lelahy pialy mahery'?15Ho rava i
Moaba dra hotafihiny reo tanany. Fa reo tovolahiny soa indrindra dra fa napizoso agny amigny toeranigny
famonoa. Izay gny fagnambaranigny pazaka! Yaveh Toponigny maro gny agnarany. 16Hitranga sy ho ela gny
faharavan'i Moaba; ho avy malaky sy ho ela gny loza. 17Handrareo aby magnodidy an'i Moaba, mitomagnia; dra
handrareo aby ze mahay gny lazany, hiaiky zaho ho: 'Loza, fa sola, gny teky mahery, vo gny sorakazo manam-
boninahisy.'18Mizosoa egny amigny toeranao be voninahisy dra mitoboha eo amigny tany maiky, hanao
zanak'apela mony ao Dibona. Fa gny handrava an'i Moaba gny fa manafiky anao, gny handrava reo ferovanao
fatrasy. 19Mizoroa eo amigny lala dra atio, handrareo vahoaky mony ao Aroera. Agnotanio ze fa nienga vo ze
nienga. Zakao ho: 'Nisy ino?' 20Avy megnasy i Moaba, fa nitorotoro izy. Midradradradra dra mitomagnia; mikoiha
famozena. Zakao amigny vahoaky eo amigny Renirano Arnona zay fa rava i Moaba.21Amizao dra avy ao amigny
tany havoa gny fagnasazia, ho an'i Holona, Jahaza, dra Mefata, 22ho an'i Dabona, Nebo, sy Beti-diblataima, 23ho an'i
Kiriataima, Beti-gamola, dra Beti-meona, 24ho an'i Keriota vo Bozra, dra ho anigny tanan'aby amigny tanin'i
Moaba_reo tana lavisy indrindra vo gny mariny indrindra. 25Nitapahiny gny tandrok'i Moaba; nitapahiny gny
sandriny__izay gny fagnambaran'i Yaveh.26Atovy mamo izy, akory niasa am-pirehareha hanohisy an'i Yaveh izy.
Aoky hiosikosy amigny laony i Moaba, dra aoky ho ato-panesoa izy. 27Fa sy Israely ra gny lasa ato-piomeheza
honao? Sy hita teo amireo pangalasy ra izy, dra nagnozongozognanao gny lohanao taminazy manahaky gny
nizakanao gny momba anazy matetiky?28Angao gny tana dra mitobia egny amireo hasana, ry ponin'i Moaba.
Mevia manahaky gny domohina ze manao gny akaniny egny amigny vavanigny lavaky egny amireo vatolapiny.
29Resisika gny fereharehan'i Moaba__ gny fiavognavognany, gny fiengisenginy, gny avognavony, gny fisehoany dra
gny fieboeboanigny fony.30Izao gny fognambaran'i Yaveh__Izaho avo gny mahay gny zakany manohisy, ze sy misy
sandany, manahaky reo asany. 31Dra hidradradradra fitomagnia ho an'i Moaba zaho, dra hihiaky amigny alahelo
ho an'i Moaba manotolo zaho. Hitomagny ho an'i Vahoakin'i Kira-haresa zaho. 32Hitomagny honao mihoasy noho
ze nataoko ho an'i Jezera zaho, ry voalobok'i Sibma! Magnavesasy gny Ranomasy masira gny rasanao dra
mahatrasy hatragny Jazera. Nanafiky gny voanigny fahavarasao vo gny divainao reo pandrava.33Dra nalany
lavisy gny hazo fihinam-boa vo gny tanin'i Moaba gny fakalaza vo gny hafalia. Nagnasahasy gny famoloan-
divain'ereo zaho. Sy hagnisaky gny hiakia-pifalia ereo. Gny hiakiaky aby dra sy ho hiakia-pifalia.34Boak'agny
Hesbona dra hatragny Elale reo hiakiaky, re agny Jahaza gny feon'ereo, hatragny Zoara dra hatragny Horonaima
vo Elgata-selisia, fa na hatramigny ranon'i Nimrima ka dra maiky. 35Fa hamara reo ze manao soro eo amigny toera
abo vo magnoro liti-kazo magnisy ho an'ireo zagnahariny ao Moaba Zaho_ izay gny fagnambaran'i Yaveh.36Dra
mitomagny an'i Moaba manahaky gny sodina gny foko. Mitomagny manahaky gny sodina ho anigny olo ao Kira-
haresa gny foko. Lasa reo harena ze azon'ereo. 37Fa sola gny loha aby dra niharasy gny volom-bava aby. Amigny
tanana aby reo rasa, dra magnodidy reo valahan'ereo gny lamba fandala.38 Misy fandala na eza na eza, dra egny
amigny tapela-tafotragno vo egny amireo toera malalak'i Moaba. Fa nipotehiko manahaky gny vilagny ze sy misy
pitia i Moaba__izay gny fagnambaran'i Yaveh. 39Eh gny nanorotoroa anizay! Eh mindradradradra amigny
tomagniny ereo!Mapiody gny lamosony ho amigny hegnasy i Moaba! Dra ho avy ato-pihomeheza vo

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

fapihorohoroa ho an'ireo aby ze magnodidin'anazy i Moaba."[40]Fa ho Yaveh ho: "Ingo, ho avy hitily sahala gny
voromahery reo fahavalo, mamelasy reo elany eo ambonin'i Moaba. [41]Voasambosy i Keriota, vo babo reo
ferovany fatrasy. Fa amin'izeho fotoa zeho dra ho avy manahaky gny fon'gny apela mihesi-zaza gny fon'ireo
miaramilan'i Moaba.[42]Ka ho rava i Moab dra sy hisy vahoaky sasy, akory nanao gny vatany ho lahibe noho i
yaveh izy. [43]Horohoro vo lavaky, vo fandriky gny avy eo amindrareo, ry ponin'i Moaba--- zeho gny fagnambaran'i
Yaveh. [44]Ze milefa noho gny fapihorohoroa dra hilasky ao agnaty lavako, vo reo ze mihaniky gny lavaky dra ho
trasin'gny fandriky, fa handa anizeho eo amin'ereo Zaho amin'gny taon'gny valifatiko amin'ereo--- zeho gny
fagnambaran'i Yaveh.[45]Ze milefa dra hizoro sy manan-kery eo amin'gny alok'i Hesbona, fa hiboaky boay ao
Hesbona gny afo, gny lelan'afo eo agnivon'i Sihona. Handevo gny handrin'i Moaba vo gny tapon-dohan'gny olo
pirehareha zeho.[46]Loza ho aniha, ry Moaba! Rava gny olon'i Kemosy. Fa alain-ko babo reo zanakiniha lelahay vo
reo zanakiniha apela ho amin'gny fahababoa. [47]Fa haheriko reo haren'i Moaba amin'gny andro farany--- zeho gny
fagnambaran'i Yaveh." tapisy eo gny fisaran'i Moaba.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 49

1No gny mahakasikin'gny vahoakin'i Amona, zeho gny ambaran'i Ayveh: "sy manan-zanaky se israely? Sa sy misy
olo raiky handova ndre ino ndre ino agny ISraely se? Nagnino Malkana hibodo an'i Gada, vo gny vahoakiny
hitoboky agy amin'gny tanany? 2Koa ingo, ho avy gny andro--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh--- nofa hapagneno
gny feo famatara ho an'gny aly hanohisy an'i Raba eo amin'gny vahoakin'i Amona Zaho,koa hazary antontam-
paharava zeho sady zana-bohisy dra ho oror amin'gny afo. fa Israely hana reo ze sy nanagnant," Ho Yaveh.3"
Midradradradra amin'gny fitaraigna, ry Hesbona, fa ho rava i Ay! Mikoraha, ry zanakapelen'i Raba! Manaova
lamba fandala. Manaova fitaraigna dra mihazakazaha fahatany, fa i MAlkana dra ho lasan-ko babo, mindray
amin'ireo pisorony vo pitarikiny aby. 4Nagnino hanao gny mirehareha amin'ireo lohasahaniha, reo lohasahaniha
ze mahavokasy be, ry zabakapela sy manam-pinoa? Hanao ze mitoky amin'gny haerenaniha dra manao ho, 'Ia
gny ho avy hanohisy anahy?'5Ingo, handay fapihorohorora aminiha Zaho--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh
Tompon'gny lako--- zeho fapihorohoroa zeho dra avy tamin'ireo ze magnodidy aniha aby. Gny kiraikiraiky
amindrareo dra hiparitaky magnoloa anizeho. Sy hiy ndre raiky aza hamory reo ze milefa. 6Fe afaran'izeho dra
hapihery reo harenan'gny vahoakin'i Amona Zaho--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh.7Gny amin'i Edoma, zeho gny
ambaran'i Yaveh Tompon'gny lako: "sy misy fahendre sasy se hita ao Temana? Nisy toro-hevisy so a se boaky
amin'ireo ze nana fahazavan-say? Niha-simba se gny fahendren'ereo? 8Milefasa! miheregna! mitoera agny an-
davaky gny tany, ry ponin'i Dedana. Fa manday gny lozan'i Esao eo aminazy Zaho amin'gny fotoa ze hamaizako
anazy.9No avy aminiha gny pioty voaloboky, sa sy hagnazano amin'izeho se ereo? No avy amin'gny hariva gny
pangalasy, sy hangalasy mihoasy noho ze ilainy se ereo? 10Fa naitanzaky an'i Esao Zaho. Napiseho reo toerany
mivony Zaho. Sady sy ho afaky hagnavony gny vatany izy. Gny zanany, reo rahalahiny, vo reo piara-mony
aminazy dra nirava, dra lasa izy. 11Engao afara reo kambotiniha. Hiahy gny fiaignan'ereo Zaho, vo gny
pandaivataniha dra afaky mitoky aminahy."12Fa zao gny fagnambaran'i YAveh: "Ingo, reo ze sy magneva anizeho
dra tokony hino amin'gny kapoaky vatany. Mieritreresy se gny vataniha fa handeha sy ho sazia hanao? aha, akory
hino vatany hanao. Fa nifata tamin'gny vatako Zaho--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh--- 13fa i Bozra dra ho lasa
horohoro, ho fahafaham-baraka, hapalahelo be, vo raha fagnozona. Gny tana aby dazary faharava
mandrakizay14Nahare vaovao tamin'i Yaveh Zahhhho, dra nisy nalefa tagny amin'ireo firene,' 'Mivondrogna dra
tafio izy. Mivinogna amin'gny aly.' 15"Fa ingo, nahiko keliky hanao no apitaha amin'ireo firene hafa, sady
sinosinoavin'gny amin'gny olo.16No gny fahatahora sniha, dra namitaky anihagny avognavon'gny fonihs, ry
ponina egny amin'gny toeran'gny hansagny, hanao ze nibaha gny havoa ambony loasy so hanaoovaniha gny
akaniniha ho ambony sahala gny an'gny voromahery. Ho azosoko boaky egny hanao--- zeho gny
fagnambaran'Yaveh.17Ho horohoro ho an'ize mandalo egny amin'izeho i Edoma. Gny olon'aby sahala anizeho dra
hangiakitaky sady hisiosioky noho gny amin'ireo loza ab reo.18 Sahala gny nandrava an'i Sodoma vo Gomora vo
reo piara-belo aminazy, "ho Yaveh, "sy hisy olo hitoboky agny; sy misy vahoaky hizano agny.19Ingo, hiakasy sahala
gny liona boaky agny amin'gny alan'i Jordana izy ho agny amin'ireo tanin'ahi-maiso. Fa ho apilefasiko malaky
amin'izeho i Edoma, dra hametraky olo ze handramby an-tagna anizeho zaho. Fa ia gny sahala anahy, vo ia gny
hitoka anahy? Piaraky agnondry ia gny afaky hanohisy anahy?"20" Koa tenoy gny hevisy ze nitapahin'i Yaveh
hanohera an'i Edoma, gny fikasa ze fa nahiny hanohera reo pitobokin'i Temana. Ho taritarisiny egny iaby egny
aby egny vatany ereo, ndre dra gny keliky loasy amin'gny agnondriny aza. Reo tanin'ahiny hazary toera nirava.
21Nihozongozo gny tany tamin'gny feon'gny filavon'ereo. Gny feon'gny fitaraina dra re hatragny amin'gny
Ranomasy Mena. 22Ingo, misy olo hanafiky sahala gny voromahery, dra hizoso dra hamelasy gny elasiny eo amin'i
Bozra. Dra amin'izeho andro zeho, gny fon'ireo miaramilan'i Edoma dra ho avy sahala gny fon'gny apela mihesi-
zaza."23Gny amin'i damaskosy: "Ho megnasy i Hamata vo Arpada, fa nahare gny vaovao mahakasiky gny loza
ereo. Ketraky ereo! hangitakitaky noho gny ranomasy ereo, zay sy mety tony. 24Mihaosa vatan Damaskosy. Mivio
hilefa anizeho; azon'gny horohoro zeho. Azon'gny fahoria vo fahararia zeho, sahala gny fahararian'gny apela
miteraky. 25Nagnino gny sy nafo gny tana fidera, gny tanan-dahiben'gny fifaliako?26Noho zeho dra ho lavo eo
amin'gny toerany reo tovolahy, vo reo lelahy pialy aby dra ho faty amin'izeho andro zeho--- zeho gny
fagnambaran'i Yaveh Tompon'gny lako." 27"Fa handrehisy afo eo amin'gny rindrin'i Damaskosy Zaho, dra handevo
reo ferovany fatrasy ho an'i Beni-hadada zeho."28Gny amin'gny Kedera vo gny fanzakan'i Hazora, zeho gny
nambaran'i Yaveh tamin'i Nebokadnezara( vo Nebokadnezara pazakan'i Babylona dra hanfiky reo toera reo):
"Misangana dra tafio Kedara vo aripaho reo vahoakin'gny asinagna. 29Ho ala reo lainy vo reo agnondry
aman'osiny, mindray amin'ireo lainy lamba vo reo fitovany aby; ho ala amin'ereo reo ramevany, dra hanao kiaky
fifalia amin'ereo gny olo, "Horohoro gny eo amin'gny magnodidy aby!"30Milefasa! mandehany alavisy! Mizano eo
amin'ireo lavakin'gny tany, ry ponin'i Hazora--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh--- fa i Nebokadnezara pazakan'i


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Babyloa dra fa nanao tetiky hanohera aniha. Milefasa! miheregna! [31]Misangana! tafio gny firene ao am-pitonia, ze
miay amin'gny ferova," Ho Yaveh. "Sy mana vavahady na fagnilia agny amin'ereo, vo reo olony dra miay
amin'ereo.[32]Ho rabay reo ramevany, vo horobay amin'gny aly reo fanagnany maro be. Dra haeliko egny amin'gny
sioky aby egny reo ze nihety gny ssim-bolony, sady handay loza amin'ereo amin'gny lafiny aby Zaho--- zeho gny
fagnambaran'i Yaveh. [33]Hazary fitobohwn'gny amboadia i Hazora, ho tany ngazagny maharisy. Sy misy hitoboky
agny, sy misy olo hizano agny."[34]Zeho gny zakan'i Yaveh ze avy tamin'i Jeremia paminany gny amin'i Elama. Zeho
gny nitranga tamin'gny fiandohan'gny fanzakan'i Zedoka pazakan'i Joda, dra ho izy: [35]"Zeho gny nambaran'i Yaveh
Tompon'gny lako: Ingo, hanapaky reo pandefa sipiky an'i Elama Zaho, ain-dahibe gny herin'erewo. [36]Fa handay
reo sioky efasy boaky agny amon'gny zoron'gny lagnisy efasy Zaho, vo hapiely gny vahoakin'i Elama amin'izeho
sioky aby zeho zaho. Sy misy firene ze sy ho andehana'ireo ze nahely tao Elama reo.[37]Dra hanorotoro an'i Elama
eo agnoloan'ireo fahavalony Zaho vo eo agnoloan'ireo ze mitaly gny ainy . Fa handay loza hanohera andreo Zaho,
gny hahoria amin'gny fahavignirako--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh--- dra handefa gny mesa amin'ereo zaho
mandra-pahalany taminga andreo. [38]Dra hametraky gny seza fiandrianako eo amin'i Elama Zaho sady
handripaky gny pazakany vo reo pitariky boaky ao--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh--- [39]dra hisanga zeho
amin'gny andro farany ze handesako hihery reo harenan'i Elama--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 50

[1]Zeho gny zaka nambaran'i Yaveh mahakasiky an'i Babyloa, gny tanin'ireo Kaldeana, tamin'gny alalan'i Jeremia
paminany: [2]"Tatero agny amin'ireo firene dra asevo miteno ereo. Asandrato gny famatara dra asevo miteno ereo.
Ka avony zeho. Zakao ho: 'Babo i Babylona. nalay baraka i Bela. Nivadi-po i Merodaka. nalaim-baraka reo sapiny;
nivadi-po reo sari-drahany.'[3]Hisanga hizera anazy gny firene boaky agny avarasy, so hahavy gny taniny ho
faharava. Sy misy, ndre olo ndre biby, hiay ao amin'izeho. Hilefa ereo.[4] Amin'izeho andro zeho vo amin'izeho
fotoa zeho--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh_gny vahoakin'Israely vo gny vahoakin'i Joda dra hindray avy so
handeha amim-pitomagnia dra hitalia an'i Yaveh Zagnaharin'ereo. [5]Hagnotany gny lala magnagny Ziona ereo dra
hamakivaky anizeho, manao ho: Handeha zahay dra hagnato an'i Yaveh amin'gny faneke mandrakizay ze sy ho
adignoy."[6]Agnondry very gny oloko. Nitariky andreo agny amin'gny lalan-diso agny an-tendrombohisy reo
piaraky agnondrin'ereo; navion'ereo erekin'gny havoa ereo. Nandeha ereo, ka nagnadigno gny toera ze
nitobohany. [7]Gny olo aby ze niboaky teo amin'ereo dra namiravira andreo. Ho reo fahavalony ho: "Sy meloky
zahay, akory ereo dra nanota tamin'i Yaveh, fonegneny mary ereo--- dra i Yaveh, gny fagnatenan'ireo
razamben'ereo.'[8]Miala ao agnivon'i Babylona; miboaha boaky ao amin'gny tanin'gny Kaldeana, aoky handrareo
ho sahala reoosy lahy ze miala alohan'gny andehanan'gny agnondry sisa. [9]Fa ingo, fa an-dalam-pametraha gny
hesiky vo hananga gny vondron'ireo firene lahibe boaky agny avarasy hizera an'i Babylona Zaho. Hifandamy
hanohisy anazy ereo. Ho sambory boaky agny i Babylona. Hanahaky gny pialy mahay ze sy mihery tagnam-polo
gny zanasipikin'ereo. [10]Ho lasa babo i Kaldea. Ho afa-po reo aby ze mambabo anazy --- zeho gny fagnambaran'i
Yaveh.[11]Mifaly, makalaza gny fahababoan'gny lovako handrareo; misambikimbiky sahala gny zanak'agnondry
egny amin'gny fihinanam-bilony handrareo; magneno sahala gny gny sovaly mahery handrareo. [12]Ka ho afa-
baraka vatany gny renindrareo; ze niteraky andrareo dra ho megnasy. Ingo, ho keliy loasy amin'ireo firene izy, ho
tany efisy, tany maiky, vo tany hay. [13]Nohon'gny hahorian'i Yaveh, dra sy hitoboha sasy, fa ho faharava tateraky i
Babylona. Gny olon'aby ze mandalo dra hangitakitaky noho i Babylona sady hisiosioky nohon'gny feriny aby.
[14]Mifandamigna hanzera an'i Babylona vo gny magnodidy anazy aby handrareo. Sy mainsy hitifisy anazy gny olo
aby ze magnenza gny sipikiny. Ka misy azano gny zana-sipikindrareo, fa nanota tamin'i Yaveh izy. [15]Asandrato
magnodidy anazy aby gny kiakiaky! Fa voadidy izy; fa nilavo reo tilikambony; voarodagny reo fefiny, fa zeho gny
valifatin'i Yaveh. Manaova valifaty eo aminazy! Dra ahivo sahala ze nahiny![16]Aripaho gny pamboly ze mamafy
gny vihy vo ze mapiasa gny mesa fizinza amin'gny fotoam-pizinza ao Babylona. Aoky hihery boaky agny amin'gny
measa gny papahory ho agny amin'gny vahoakiny gny olo kiraikiraiky; aoky ereo hihery agny amin'gny taniny.
[17]Israely dra agnondry naparitaky sady niroahin'gny liona. Gny pazakan'i Asyria gny namiravira andreo
volohany; vo tafaran'izeho, dra nitapahin'i Nebokadnezara pazakan'i Babyloa reo tolany.[18] Noho zeho zao gny
zakan'i Yaveh Tompon'gny lako, gny Zagnaharin'Israely: "Ingo, fa magnafay gny pazakan'i Babylona vo gny taniny
Zaho, manahaky gny namaizako gny pazakan'i Asyria.[19]Hapihery an'Israely agny amin'gny tanindrazany Zabk,
hihina Karmela vo Besana izy. Dra ho afa-po ao amin'gny tany habon'i Efraima vo Gileada izy. [20]Amin'izeho andro
zeho vo amin'izeho fotoa zeho, ho i Yaveh, ho taliavy ao Israely gny heloky, fe sy hahita. Hagnotany gny
mahakasikin'gny fahotan'i Joda Zaho, fe sy hahita, fa hamela heloky gny sisa tavela ze namindrako fo
Zaho."[21]"Misanga hizera gny tanin'i Merataima, hizera anizeho vo reo ze mitoboky Pekoda.Apetraho eo amin'gny
mesa ereo dra atokay ho an'gny faharava--- zehio gny fagnambaran'i Yaveh--- ahivo ze iaby andiliako anrareo.
[22]Ao amin'gny tany gny feon'gny aly vo gny faharava lahibe.[23]Endrey gny nanapaha vo namoteha gny tantan'gny
tany aby. Indrisy fa nazary horohoro eo amin'ireo firene i Babylona. [24]Nametrahako fandriky hanao ka trasy, ry
Babylona, sady sy nahafatasy anizeho hanao! Tra sy sady voasambosy hanao, akory nanohisy an'i Yaveh.[25]Fa
nanokasy gny fitoeran'gny fitova-pialia i Yaveh dra nandesiny iboaky reo fitova-pialia ho fanehoany gny
hahoriany. Misy asa ho an'i Yaveh Tompon'gny lako ao amin'gn tanin'gny Kaldeana.[26] Tafio boaky lavisy izy.
Sokafo gny fitoeram-kokasiny dra akorotagno sahala gny antontanm- bary izy. Atokagno hoan'gny faharava izy.
Ka enga hisy tavela gny aminazy.[27]no gny ombilahiny aby. Apizoso agny amin'gny toera famonoa reo. Loza ho
andreo, fa avy gny androny--- dra gny fotoa fatrokafa andreo. [28]Inzany gny feon'gny filefasan'ereo. dra reo sisa sy
maty, boaky tagny amin'gny tany Babylona. Ereo gny hitatisy gny valifatin'i Yaveh Zagnaharisika ho an'i Ziona, vo
valifaty ho an'gny tepoliny."[29]" Tokavo reo pandefa zana-sipiky hanzera an'i Babylona--- reo aby ze magnenza gny
sipikiny. Mitobia hizera anazy, dra ka enga hisy afaky milefa. Valio amin'ize fa nahiny izy. Ahivo aminazy anky ze
fa fahiny. Fa niansy an'i Yaveh izy, dra gny Masin'Israely. [30]Ka dra ho lavo egny amin'gny zoron-tana reo
tovolahiny, dra ho ripaky reo lelahy pialiny aby amin'izeho andro zeho--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh."[31]"Ingo,
mamela aniha Zaho, ry pirehareha--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh Tompon'gny maro--- fa avy gny androniha,
ry pirehareha, dra gny fotoa ze hagnatrokafako aniha. [32]Ka ho tafintohy sady ho lavo reo pirehareha. Sy hisy


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

hananga andreo. Handrehisy afo eo amin'ireo tanan'ereo Zaho; handevo gny raha aby magnodidy anazy zeho.
[33]Zeho gny zakan'i Yaveh Tompon'gny maro: Napahoria reo vahoakin'Israely, mindray amin'ireo vahoakin'i Joda.
Bo notanan'ireo aby nisambosy anazy ereo; nanda gny hizera andreo andeha ereo. [34]Mahery Gny pamonzy
andreo. Yaveh Tompon'gny maro gny Agnarany. Handahasy gny amin'ereo mary Izy, so handay fisahara ao
amin'gny tany, sady so handay fifandira ho an'ireo ponin'i Babylona.[35]Gny mesa dra hizera an'ireo Kaldeana---
zeho gny fagnambaran'i Yaveh--- dra hizera gny ponin'i Babylona, reo pitarikinny, vo reo lelahy hendriny. [36]Avy
hizera reo ze manao zakan-sikidy gny mesa, so hitonom-bata ho sahala gny mola ereo. [37]Avy hizera reo
miaramilany gny mesa, ka dra ho feno tahosy ereo. Avy hizera reo sovaliny, reo kalesiny vo reo olon'aby ze ao
agnivon'i Babylona gny mesa ka dra hazary manahaky gny apela ereo. Avy hanzera reo tragno fitahirizany gny
mesa, dra ho voaroba ereo.[38]Ho avy eo amin'ireo ranony gny hain-tany, ka dra ho maiky reo. Fa tanin'ireo sapy sy
misy ila anazy iay, vo miasa manahaky gny olo niverezin-sain'ireo sapiny mahasiravy ereo. [39]Ka reo bibin'gny
tany efisy mindray amin'ireo amboadia gny hitoboky agny,vo gny aostrisy tanora gny hitoesy ao aminazy. Fa
amin'gny fotoa aby, dra sy hitoboha sasy izy. Hatramin'gny taranaky fara mandimby, dra sy hitoboha ao aminazy.
[40]Dra manahaky gny nandravan'Agnahary an'i Sodoma vo Gomora vo reo magnodidy anazy--- zeho gny
fagnambaran'i Yaveh--- sy hisy hitoboky ao; sy hisy olo hizano ao aminazy."[41]" Ingo, avy gny vahoaky boaky agny
avarasy, ho an'gny firene lahibe vo reo pazaka maro fa nisandrasy boaky agny an-tany lavisy. [42]Hangala sipiky vo
lefo ereo. Lozabe ereo dra sy mana fangoraham-po. Manahky gny firihondrohon'gny ranomasy gny feon'ereo, dra
mitikisy sovaly mitan-dahasy manahaky gny lelahy pialy, hizera andrareo ereo, ry zanakapelan'i Babylona.
[43]Nahare gny tatis'ereo gny pazakan'i Babyloa, dra nalemy nohon'gny horohoro gny tagnany. Nizera anazy
manahaky gny apela miteraky gny fahoria.[44]Ingo! Miakasy manahaky gny liona boaky agny amonin'gny Jordana
ho agny amin'gny fitoeram-bilo maharisy izy. Fa ho ahiky milefa malaky ao amin'izeho ereo, dra hametraky olo
voafily hiandraiky anizeho Zaho. Fa ia gny manahaky Anahy, vo ia gny hitoka Anahy? Piaraky agnondry sahala
gny akory gny ahatohisy Anahy?[45]Dra tenoy se reo fikasa ze nahin'i Yaveh hanzera an'i Babyloa, reo fikasa ze fa
nalaminy hanzera gny tanin'ireo Kaldeana. Ho viraviray vatany ereo, eka fa ndre dra gny agnondry keliky loasy
aza. Hizra toera rava gny tany fihinanam-bilon'ereo. [46]Amin'gny feon'gny faharesen'i Babyloa dra mihorohoro gny
tany, dra re amin'ireo firene gny kiakam-pahorian'ereo."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 51

[1]Zeho gny ambaran'i Yaveh: "Ingo, handeha hapisoaky gny sioky pandripaky amin'i Babylona vo reo mitoby ao
Lela-Kamay Zaho. [2]Handefa reo vahiny ao Babylona Zaho. Hagnapariaky anazy ereo sady handravarava gny
taniny, fa ho avy hanohisy anazy boaky amin'gny magnodidy aby ereo amin'gny andron'gny loza.[3]Ka enga
handefa reo zana-sipikiny reo pandefa sipiky, ka enga hanao gny akazo ferovany ereo. Ka mamindra fo amin'ireo
tovolahiny; hatokany amin'gny fandrava gny tafiny aby.[4] Fa gny olo maratry dra hilavo ao amin'gny tanin'ireo
Kaldena, reo ze voavono dra hilavo egny amin'ireo lalany.[5]Fa Israely vo Joda dra sy nafon'gny Zagnahariny, Yaveh
Tompon'gny maro, ndre dra feno reo fandikan-dakagna manohisy gny Masin'Israely aza gny taniny. [6]Milefasa
amin'gny agnivon'i Babylona. Aoky gny olo kiraikiraiky samby hagnavosy gny vatany. Aoky sy ho ripaky ao
agnatin'gny helony. Fa zao gny fotoa hanaovan'Yaveh valifaty. Honerany ho anazy aby amin'izeho.[7]Kapoaky
volamena eo an-tagnan'i Yaveh i Babylona ze nahamamo zao tontolo zao; Nino gny divainy reo firene dra lasa
very say. [8]Hilavo tapoky Babylona sady ho rava. Midradradradra ho anazy! Omeo fagnafody amin'gny
fahararіany izy; dra ho sitra izy vasa.[9]"Nagniry gny hahasitra an'i Babylona zahay, fa sy sitra izy. Aoky sika aby
hanenga anazy vo handeha lavisy, ho agny amin'gny tanisika. Fa mahatakasy lagnisy gny helony; misavovona
hatregny amin'ireo raho zeho.[10] Fa nagnambara gny sy fanagnasika signy Yaveh. Avia. ndao sika hizaka amin'i
Ziona reo asan'i Yaveh Zagnaharisika.[11]Ragnito reo zana-sipikiny dra alao reo apinga. Yaveh dra misariky gny
pazakan'i Medesa amin'gny fikasa hamotiky an'i Babyloa. Zeho dra ho an'gny valifatin'i Yaveh, famalia faty
tamin'gny nandrava gny tepoliny. [12]Manandrata fagneva eo ambonin'ireo fefin'i Babylona. Hafatraro gny
fiambena; mametraha piamby; ahivo vono reo otriky; fa hotaterahin'gny Tompo reo ze nizakany mahakasiky gny
ponin'i Babylona[13]Handrareo pitoboky ze mitoboky egny amin'ireo moron-drano; Handrareo ponina ze nanan-
karena raha sarobidy, avy gny fiafarandrareo. Gny talin'gny fifatandrareo dra nafohesy amizao.[14] Nifata
tamin'gny ainy manotolo i Yaveh Tompon'gny maro ho: "Ho fenolo fahavaloniha handrareo, manahky gny
fandripahan'gny valala; hananga alim-pihoraha aminiha ereo.'[15]Nanao gny tany tamin'gny alalan'gny fahefany
Izy; nametraky gny tany tamin'gny toerany izy tamin'gny fahendreny; namelasy reo lagnisy tamin'gny fahazavan-
sainy Izy.[16] Nofa mitrerogny Izy, dra misy rano mierosy agny an-danisy, Fa manday gny zavo lat agny am-
paran'gny tany izy. Manao selasy ho an'gny ora Izy dra mamoaky reo tafio-drivosy ao amin'ireo tragno
fitahirizany.[17]Lasa bado gny olon'aby, sy manam-pahalala. Reo panefy vy aby dra ho megnasy noho reo sapiny. Fa
fitaky reo sarin-draha an'idinany, dra sy misy fiaina ao amin'izy regny.[18] Sy ila izy regny, reo asan'gny pagnirasira;
ho faty ereo[19] amin'gny fotoan'gny fatrokafa anazy. Faagnahary, gny anzaran'i Jakoba, dra sy bo manahaky
anizeho. Israely gny fokon'gny lovany; Yaveh Tompon'gny maro gny Agnarany.[20]Fa Hanao gny fitaovam-pialiako,
langilangy amin'gny aliko. Hanao gny hanorotoroko reo firene sady hamotehako reo fanzaka. [21]Hanao gny
hanorotoroko reo sovaly vo reo pitikisy anazy; mindray Aminiha gny hanorotoroko reo kalesy vo reo panday
anazy.[22]Hanao gny hanorotoroko gny lelahy vo gny apela kirakiraiky aby; Hanao gny hanorotoroko gny antisy vo
gny tanora. Mindray aminiha gny hanorotoroko reo zatovo lahy vo reo viriziny vavy.[23] Mindray aminiha gny
hanorotoroko reo piaraky agnondry aman'osiny. Minddray aminiha gny hanorotoroko gny piasa tany vo reo
tariny. Mindray aminiha gny hanorotoroko reo governora vo reo manam-pahefa.[24]Fa eo amasoniha gny
hamaliako an'i babylona vo reo ponin'i Kaldea nohon'gny amin'ireo harasia aby ze nahin'ereo tao Ziona--- zeho
gny fagnambaran'i Yaveh.[25]Ingo, manohisy aniha Zaho, ry tendrombohisy gny faharava--- zeho gny fagnambaran'i
Yaveh--- ze mandrava gny tany manotolo. Haninzisy gny tagnako hanohisy aniha Zaho dra hapikodiadia aniha
agny amin'ireo hansagny, dra hanao aniha ho tendrombohisy mirehisy Zaho. [26]Dra sy hangala vato hagnorena
zoron-tragno vo fotosy boaky aminiha ereo; fa ho lasa faharava mandrakizay hanao_zeho gny fagnambaran'i
Yaveh.[27]Manangana fagneva manera gny tany. Sofy manera reo firene gny anzomara. Tokavo reo firene hizera
anazy: Ararata, Miny vo Askenaza. Manendre pibeko hizera anazy; manday sovaly manahaky reo valala volina.
[28]Vonogny reo firene hizera anazy: gny pazakan'i Mediana vo reo governorany, gny manam-pahefany aby vo reo
tany aby ze eo ambanin'gny fahefany.[29]Fa nihorohoro vo ho ao agnaty hirifiry gny tany, akory nitohy gny fikasan'i
Yaveh hanohisy an'i Babylona, so hahavy gny tanin'i babylona ho tany ngaza ze sy misy ponina.[30]Fa nizano nitolo
reo miaramilan'i babylona; nizano tao amin'ireo ferovany fatrasy ereo. Lefy gny herin'ereo; nazary apela ereo---
mirehisy gny tragnon'ereo, tapaky reo hilim-bavahady.[31] Gny panday hafasy mihazakazaky so hagnambara
hafasy agny amin'gny panday hafasy raiky hafa, vo gny pihazakazaky raiky mizaka amin'gny pihazakazaky raiky
hafa so hitatisy agny amin'gny pazakan'i babylona fa tiky tana tiky dra fa voasambosy hatragny farany. [32]Dra azo
reo fiapita egny ambonin'gny rano, magnoro reo volotara amin'gny afo miheniheny reo fahavalo, dra very hevisy
reo lelahy pialin'i Babylona.[33]Fa Yaveh Tompon'gny maro, Zagnaharin'Israely, gny mizaka zeho: manahaky gny
famoloa gny zanakapelan'gny Babylona. Fotoa hagnosena anazy zeho. Ho avy aminazy agnaty fotoa fohiky gny


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

fotoam-pizinza.[34]Nilevonin'i Nebokadnezara pazakan'gny Babylona; nanday anahy amin'gny fahaverezan-kevisy
izy. Dra nahiny ho vilagny foagny zaho, nagnately anahy manahaky gny biby goavam-be izy; nameno gny trokiny
tamin'gny hanim-piako izy; nandroaky anahy izy. [35]Ze mitoboky ao Ziona hizaka ho: 'Aoky gny herisetry nahy
anahy vo tamin'gny nofoko ho amin'i babylona." Dra ho Jerosalema ho: Aoky gny lioko ho amin'ireo ponin'i
Kaldea."[36]Koa zeho gny zakan'i Yaveh: "Handeha hisolo vava aniha Zaho dra handay valifaty ho aniha. Fa hoo
ritiko gny ranon'i Babylona dra hagnamaiky gny loharanony Zaho. [37]Fa ho lasa korotam-bato i Babylona, lavaky
fieren'gny amboadia, horohoro, raha mapisiosioky, ze sy misy pitoboky.[38]Hierosy mindray manahaky reo liona
tanora reo Babylonianaa. Hierosy manahaky gny zana-diona izy. No lasa agnaty fitiavam-bola tafahoasy ereo,
hanao[39] fihinanambe ho andreo Zaho, hamamoiko ereo dra ho faly sady dra hatory agnaty torimaso sy mety
tapisy dra sy hifoha sasy--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh--- [40]Ho alefako hizoso agny amin'gny famonoa
manahaky reo zanak'agnondry, manahaky gny agnomby aman'ondry mandray amin'ireo osy ereo.[41]Endrey gny
nahazoa an'i Babylona! Dra azo gny fisiririan'gny tany manotolo. Endrey fa nizary toera ngazagny eo amin'ireo
firene i Babylona. [42]Miakasy manera an'i Babylona gny ranomasy! Voarakosin'ireo mierosy izy.[43]Nizary faharava
reo tagnany, tany maiky vo efisy, tany ze sy misoy mitoboky, vo sy handalova ndre olo raiky aza. [44]Dra ho
fatrofako ao Babylona i Bela; ho andesiko hiboaky gny vavany ze natekiny vo reo firene dra sy hikoria aminazu
mindray amin'ireo fagnatis'ereo. Hiroda gny fefin'i Babylona.[45]Miboaha eo amin'gny agnivony, ry oloko. Aoky gny
kiraikiraiky samby hagnavosy gny vatany amin'gny fahvigniran'gny hahoriako.[46] Ka anga ho megnasy gny
fondrareo na hatahosy gny vaovao ze re ao amin'gny tany, fa ho avy amin'gny tao raiky reo vaovao. Afaran'izeho
amin'gny tao magnaraky avo koa dra hisy vaovao, vo gny herisetry dra ho amin'gny tany. Panapaku hanohisy
panapaky[47]Koa, ingo, avy gny andro ze hagnafatrako reo sapy voasokis'i Babylona. Ho megnasy reo taniny aby, vo
reo fatiny dra hilavo eo agnivony. [48]Vo gny lagnisy vo tany, vo ze iaby ao amin'ereo dra hifaly amin'gny Babylona.
Fa ho avy aminazy boaky agny avarasy gny pandripaky--- zeho ny fagnambaran'i Yaveh. [49]" Manahaky gny
napilavoan'i Babylona gny Israely voavono, gny hilavoanireo voavono tao amin'gny taniny aby ao Babylona."[50]Ry
sisa velo amin'gny mesa, mandehana! Ka mizano, Sarovy boaky egny alavisy i Yaveh; aoky hosaroa i Jerosalema.
[51]Megnasy zahay, fa nahare reo zaka maloto; nandrakosy gny tarehinay gny fagnameloha, fa nilisy tao amin'ireo
fitoera Masin'gny tragnon'i Yaveh reo vahiny.[52]Koa, ingo, avy gny andro--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh--- ze
hagnafatrarako reo sapy voasikony, dra hiseto amin'gny taniny aby gny vahoaky marasy. [53]Fa ndre dra miakasy
egny amin'gny lagnisy aza i Babylona na magnafatrasy gny ferovany abo loasy aza izy, dra ho avy aminazy reo
pandripaky boaky aminahy--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh.[54]Gny kiakin'gny fahoria dra boaky agny Babylona.
firodagna lahibe boaky agny amin'gny tanin'ireo Kaldeana.[55] Fa Yaveh dra mandrava an'i Babyloa. Izy gny
mapizano reo fihorakoraha fatrasy. Mierosy manahaky reo anzan-drano reo fahavalony; mihamafy reo
tabatabany. [56]Fa avy hanohisy anazy gny pandripaky--- manohisy an'i Babylona!--- vo reo lelahy pialiny dra fa
voasambosy. Tapaky reo sipikiny, fa Yaveh gny Zagnaharin'gny famalia; fa handay anzeho famalia zeho vatany
Izy.[57]Fa hataoko mamo reo andriandahiny, reo olon-kendriny, reo manam-pahefany, vo rreo miaramilany, dra
hatory agnaty torimaso sy misy fiafarany ereo dra sy hifoha sasy--- zeho gny fagnambaran'gny pazaka: Yaveh
Tompon'gny maro gny agnarany. [58]Yaveh Tompon'gny maro mizaka zeho: "Ho rava tateraky gny fefy matevin'i
Babylona dra horoa reo vavahadiny abo. Dra reo vahoaky ze avy hagnapy anazy dra ho sasa-poa; gny raha aby ze
azahin'ireo firene ahy ho anazy dra horoa."[59]Zao gny zaka ze nandilian'i Jeremia paminany an'i Seraia
zanadahin'i Neria zanadahib'i mahaseia nofa nadeha ho agny Babylona izy nindray tamin'i Zedekia pazakan'gny
Joda tamin'gny tao fahaefasy nanzakany. [60]Fa nazary ho lahiben'gny manam-pahefa i Seraia. Fa nanorasy reo loza
aby ze ho avy amin'i Babylona tao agnaty horonan-taratasy i Jeremia__ reo zaka aby ze voasorasy mahakasiky
an'i Babylona.[61]Nizaka tamin'i Seraia i Jeremia ho: "Ngy fa magnagny Babylona hanao, dra hahita vo hamaky
fatrasy reo zaka reo. [62]Dra hizaka hanao ho: "Yaveh, Hanao mihisy gny nagnambara fa ho ravainiha ity toera tiky,
dra sy hisy olo na biby hiay ao aminazy, dra ho rava mandrakizay izy.[63]Dra gny fa vitanao gny famakia iho
horonan-taratasy iho, dra faheo amin'gny vato zay dra ario egny agnivon'ireo Eofrata. [64]Zakao ho: "Ho rendriky
manahaky anizay i Babylona. Sy ho tafasanga izy noho reo loza ze alefako hanohisy anazy, dra hilavo izy." Tapisy
eto gny zakan'i Jeremia.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 52

[1]Iraiky amby ropolo tao i Zedekia no nanomboky nanzaka; nanzaka iraiky ambin'gny folo tao gny agnaran-
dreniny; izy dra zanaky apelan'i Jeremia boaky agny Libna. [2]Nanao rasy teo amason'i Yaveh izy; nanao ze iaby fa
nahin'i Joiakima izy. [3]Tamin'gny hahorian'i Yaveh, gny nitrangan'ireo raha aby reo tagny Jerosalema vo Joda,
amabara-pandroasany andreo sy ho eo agnoloany. Dra nikomy tamin'gny pazakan'i Banylona i Zedekia.[4]Vo
tamin'gny tao fahasivy nanzakan'i Zedekia pazaka, tamin'gny vola fahafolo, vo tamin'gny andro fahafolon'gny
vola, dra avy nindray tamin'ireo tafiny i Nebokadnezara, pazakan'i Babyloa, so hanohisy an'i Jerosalema. Nitoby
tandrifin'izeho ereo, dra nagnory tilikambo nagnodidy anizeho. [5]Koa dra nahy faharaiky ambin'gny folon'gny tao
nanzakan'i Zedekia pazaka.[6]Tamin'gny vola fahaefasy, tamin'gny andro fahasivy tamin'izeho tao zeho, dra
nirongasy tao an-tana gny mosary fa sy nisy sakafo ho an'gny ponin'gny tany. [7]Vo dra rava gny tana, vo reo lelahy
pialy aby fta nirifatry nilefa sady niboaku gny tana gny hariva teo amin'gny vavahady ze teo agnelagnelan'gny
rindry ro, teo agnilan'gny zaridain'gny pazaka, ndre dra nagnodidy gny tana aza gn Kaleana. Dra nizotry
nagnagny Araba ereo.[8] Fe nagnitriky gny pazaka reo tafiky gny Kaldeana dra nahatrasy an'i Zedekia teo amin'gny
tany hain'gny lohasahan'gny Ony Jordana ze agnilan'i Jeriko. Naparitaky niala teo aminazy reo tafiny aby.
[9]Nisamborin'ereo gny pazaka dra nandesiny niakasy tagny amin'gny pazakan'i Babylona tagny Ribla tao amin'gny
tany Hamata, ze nisarany anazy. [10]Namono reo zanadahin'i Zedekia teo amasony gny pazakan'i Babylona, vo
tagny Ribla dra namono reo pitariky gny Joda aby avo koa izy. [11]Dra nalany gny mason'i Zedekia, dra nifatora
tamin'gny rozo saba izy, dra nandesy tagny Babylona. Nalefan'gny pazakan'i Babylona tagny am-ponza izy
ambara-pahafatiny.[12]Vo tamin'gny vola fahadimy, tamin'gny andro fahafolon'gny vola, ze fahasivy ambin'gny folo
tao nanzakan'i Nebokadnezara pazaka, pazakan'i Babylona, dra avy tagny Jerosalema i Nebozaradana. Izy gny
pifehy reo piamby gny pazaka vo panopon'gny pazakan'i Babylona. [13]Nagnoro gny tragnon'i Yaveh, gny lapan'gny
pazaka, vo reo tragnon'i Jerosalema aby izy; dra noroany avo koa gny tragno lahibe manan-danza aby. [14]No gny
amin'ireo fefy magnodidy an'i Jerosalema, dra fa namotiky andreo gny tafiky gny Babylobiana aby ze nindray
tamin'gny pifehy gny piamby gny pazaka.[15]No gny amin'ireo olo mahantra indrindra, reo olo sisa tavela tao an-
tana, reo ze fa nilefa ho agny amin'gny pazakan'i Babylona, vo reo sisa tamin'ireo panao asa tagna_dra nhin'i
Nebozaradana, gny pifehy gny piamby gny pazaka ho babo gny sasany tamin'ereo. [16]Fa i Nobozaradana, gny
pifehy gny piamby gny pazaka, nanenga gny sasany tamin'ireo mahantra indrindra an'gny tany so hiasa reo
tanim-boaloboky vo reo saha.[17]Raha gny amin'ireo andry varahy ze an'gny tragnon'i Yaveh, vo reo fitoeran-tavin-
drano vo reo tavin-drano saba ze an'gny tragnon'i Yaveh, dra nipotehin'ireo Kaldeana dra nandesiny nihery tagn
Babyloa aby reo saba aby. [18]Reo vilagny, angaly, fanaovan-ziro, lasety, vo reo kozakoza vita amin'gny saba ze
nanopoan'ireo pisoro tao an-tepoly__ dra nandesin'ireo Kaldeana aby. [19]Gny tavy fanaova lavenon-ziro vo reo
fagnoroa ditin-kazo magnisy, reo lasty, reo vilagny, reo fitoeran-ziro, reo lasitry, vo tavin-drano ze vita tamin'gn
volamena, vo reo vita tamin'gn volafosy__dra nandesin'gny pifehy piamby gny pazaka avo koa.[20]Reo andry ro, gny
tavin-drano, vo reo agnomby saba ze teo ambvanin'ireo fitoeran-tavin-drano, raha ze namboarin'i Solomona ho
an'gny tragnon'i Yaveh, dra feno saba maromaro ze nisinisy lanzany avo. [21]Reo andry dra samby valo ambin'gny
folo hakiho aby gny haabony, vo gny sipiky magnodidy andreo dra nirefy ro ambin'gny folo hakiho. Samby
fanondro efasy gny hateviny sady poakaty.[22]Kapitaly saba gny teo an-tendron'izeho. Dimy hakiho gny haabon'gny
kapitaly, mindray amin'gny harato vo apongabendagnisy magnodidy anazy. Vita tamin'gny saba aby zeho. Gny
andry raiky hafa vo apongabendagnisiny dra mitovy amin'gny raiky volohany avo. [23]Koa dra apongabendagnisy
eny amby sivi-folo noho zeho gny teo agnilan'gny kapitaly, vo apongabendagnisy zato gny teo ambonin'gny harato
magnodidy.[24]Gny pifehy gny piamby gny pazka dra nisambosy an'i Seraia, gny pisoronabe, nindray tamin'i
Zefania, gny pisoro faharo, vo reo piamby vavahady telo. [25]Tao an-tana gny nisamborany manam-pahefa raiky ze
nisaha reo miaramila, vo lelahy fito tamin'ireo ze nanolo-say gny pazaka, ze bo tao an-tana. Nisambosy gny
manamboninahisy gny tafiky gny pazaka ze pandrafisy gny tafiky, mindray tamin'ireo olo manan-kaza enipolo
boaky amin'gny tany ze tao an-tana avo koa izy.[26]Vo dra nalan'i Nebokadnezara, gny pifehy gny piamby gny
pazaka ereo dra nandesiny tagny amin'gny pazakan'i Babylona tagny Ribla. [27]Novonon'gny pazakan'i Babylona
tagny Ribla tagny amin'gny tanin'i Hamata ereo. Tamin'izeho fomba zeho, gny nandesa gny Joda ho babo niala tao
amin'gny taniny.[28]Tahoky gny olo nibaboin'i Nebokadnezara: tamn'gny tao fahafito, Jiosy 3.023. [29]Tamin'gny
fahavalo ambin'gny folo tao nanzakan'i Nebokadnezara dra nangala olo 832 baoky agny Jerosalema izy.
[30]Tamin'gny fahatelo amby ropolo tao nanzakan'i Nebokadnezara, dra nambabo Jiosy 745 i Nebokadnezara, gnu
pifehy re piamby gny pazaka. Miisa 4600 gny fitambaran'ireo babo aby.[31]Vo tamin'gny andro fahadimy amby
ropokon'gny vola, tamin'gny vola faharo ambin'gny folo, tamin'gny faraparan'gny tao fahafito amby telopolo
naha-babo an'i Jekonia, dra nagnafaky an'i Joiakina pazakan'gny Joda am-ponza i Evila-merodaka, pazakan'i

 

Babylona. Tamin'gny fotoa nanombohan'i Evila-Merodaka nanzaka gny nisehoan'izeho.[32]Nizaka apahasora
taminazy izy dra nagnome anazy toeran'agnabo noho reo pazaka hafa ze nindray taminazy tagny Babylona.
[33]Nangalaky gny fitafia maha-voafoza an'i Joiakina i Evilamerodaka, dra nihina sy tapaky teo an-databatry gny
pazaka tamin'gny andro sisa niainany i Joiakina, [34]dra name hany ara-dalagna isan-andro izy tamin'gny andro
sisa niegnany ambara-pahafatiny.

# Lamentations

Chapter 1

[1]Gny tana ze feno olo tamin'izeho dra mitoesy raiky amizao. Lasa manahaky gny panday vata izy, ndre dra firene
nahery aza. Izy gny andriambavy teo amin'ireo firene, fe notere ho amin'ireo fagnandevoza amizao.[2]Mitomagny
sady midradradradra izy amin'gny hariva, dra mandrakosy gny fifiny reo ranomasony. Sy nisy tamin'ireo tia
anazy so napiegny anazy. Namadiky anazy gny namany aby. Nazary fahavalony ereo.[3]Tafaran'gny fahantra vo
fahoria, dra nalefa ho sesitany i Joda. Miay eo amin'ireo firene izy sady sy mahita fisahara. Reo pagnitriky anazy
aby dra nanahatrasy anazy tao amin'gny fahakiviany.[4]Mandala reo lalan'i Ziona akory sy misy ndre raiky aza
amin'ireo fanasa voatondro. Lao gny vavahadiny aby. Miseto reo pisoro. Malahelo fatrasy reo viriziny vo izy
vatany dra ao agnatin'gny fahoria tateraky.[5]Nazary tompony reo fahavalony; niroborobo reo fahavalony.
Napahorin'i Yaveh izy noho reo fahotany maro. Reo zanany keliky dra lasan-ko babo agny amin'gny fahavalony.
[6]Niala tamin'gny zanakapelan'i Ziona gny hasoan-tarehy. Nazary manahaky gny serfa ze mahita ahisy reo
zanak'andriany, dra mandeha sy misy hery eo agnoloan'gny pagnitriky anazy ereo.[7]Amin'ireo androm-pahoriany
vo sy hanagnany felofa, dra hahasiaro reo harena sarobidy aby ze nanagnany tamin'gny androny taloha i
Jerosalema. Nofa lavo teo an-tagnan'ireo fahavalony gny olony, dra sy nisy nagnampy anazy. Nahita anazy reo
fahavalonu dra niomehy tamin'gny faharavany.[8]Nagnota be Jerosalema, noho zay, dra nalaim-baraka manahaky
gny raha maloto izy. Reo iaby nagnome voninahisy anazy dra manao sinosino anazy amizao hatramin'gny
nahitan'ereo gny fiboridagnany. Miseto izy sady miezaky miholiky.[9]Nazary naloto tao ambany zipony izy. Sy
nihevisy gny ho aviny izy. Nahaory gny filavoany. Sy nisy ndre ia ndre ia nakahery anazy. Nitaray izy ho: " Atio
gny fahoriako, ry Yaveh, fa nazary tena lahibe gny fahavalo.[10]NAmetraky gny tagnany teo amin'ireo harena
sarobidy aby gny fahavalo. Fa nahita reo firene nilisy tao amin'gny fitoboha masy izy, ndre dra fa nibekoniha sy
hilisy ao amin'gny toeran'gny fiangonaniha aza ereo.[11]Miseto aby reo olony aby no niyalia mofo ereo. Natakalo
mofo reo harena sarobidy so hapihery gny ain'ereo. Atio, ry Yaveh, dra diniho zaho, akory nazary raha foa zaho.
[12]Sy misy dikany amindrareo ra, handrareo aby ze mandalo? Atio dra aoky ho hitaniha no misy alahelon'olo
manahaky gny alahelo mianzady aminahy, hatrizay napizalian'i Yabeh anahy tamin'gny andron'gnu hasiakan'gny
hahoriany.[13]Lat'agny amin'gny abo gny nandefasany gny afo tamin'ireo tolako, dra nahazo anazy zeho. Namelasy
harato ho an'gny tomboko Izy dra napihery anahy. Nahiny lao sady rokaky foa zaho. [14]Gny ziogan'ireo fandikan-
dalako dra nira-nafatony tamin'gny alalan'gny tagnany. Napifandresy reo dra napetrako teo an-soroko. Nandavo
gny heriko izy. Nomen'gny Tompo ho eo an-tagnan'ereo zaho, ka sy tafasanga.[15]Napisavoaravoara reo lelahy
maheriko ze miaro anahy gny Tompo. Fa nitoka gny fiangona hanohisy anahy izy so hamotiky reo lelahiko
matazaky. Nagnisakisaky gny zanakapela virizinin'i Joda tao amin'gny famiazam-boaloboky gny Tompo.
[16]Mitomagny zaho noho reho raha reho. Gny masoko, mikoria amin'gny masoko gny rano akory lavisy anahy reo
pakahery ze tokony hapitraka gny fiainako. Lasa reo zanako akory nandresy gny fahavalo. [17]Namelasy gny
tagnany i Ziona; sy nisy ndre ia ndre ia nakahery anazy. Nibeko i Yaveh fa reo ze magnodidy an'i Jakoaba dra
tokony ho fahavalony. Raha maloto amin'ereo i Jerosalema.[18]Mary i Yaveh, fa zaho gny nikomy hanohisy gny
liliny. Mitenoa, handrareo ry olo aby, dra atio gny alaheloko. Nazary ho babo reo viriziniko vo reo olo-maheriko.
[19]Mitoka reo namako zaho, fe namitaky anahy ereo. Maty tao an-tana reo pisoroko vo reo loholoko, no nitalia
sakafo hapihery gny ainy ereo.[20]Ingo, ry Yaveh, fa ao agnaty fahoria zaho, dra magnotiky vavoniko, torotoro ao
agnatiko gny foko, akory tena nikomy vatany zaho. Atany egny, dra mapahory gny reny gny mesa, sy misy laha sy
fahafatesa ao am-pasange.[21]Nahare gny fitaraignako ereo, fe sy nisy nakahery anahy. Nahare gny fahoriako reo
fahavaloko aby sady faly ereo fa vitaniha zeho. Fa nanday gny andro napagnatenaniha Hanao; dra aoky ereo ho
lasa manahaky anahy amizao. [22]Aoky gny faharasin'ereo aby ho avy eo agnoloaniha. Ahivo manahaky gny
nanaovaniha anahy noho reo fahotako aby ereo. Maro gny fitarainako dra rokaky gny foko.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 2

[1]Nagnasaro gny zanakapelan'i Ziona tao ambanin'gny rahon'gny hahoriany gny Tompo. Nariany lat'egny an-
dagnisy tamin'gny tany gny famirapiratan'Israely. Sy nahasiaro gny fitoeran-tombony Izy tamin'gny andron'gny
hahoriany. [2]Fa nitely sady sy nana antra tamin'gny tagnan'i Jakoba aby gny Tompo. Tamin'gny andron'gny
hahoriany gny nandravany reo tana mifefin'gny zanakapelan'i Joda; tamin'gny fahafaham-baraka gny nanzerany
gny fanzaka vo reo panapany taming'ny tany.[3]Tamin'gny hahoria fatrasy gny nanapahany gny tandrok'Israely
aby. Nalany teo agnoloan'gny fahavalony gny tagnany akavagna. Noroany manahaky gny afo midedadeda ze
mandrapaky gny raha aby magnodidy anazy i Jakoba. [4]Manahaky gny fahavalo gny nagnenzanany gny sipikiny
taminsika, vonoogny gny hitifisy gny akavagnany. Novono reo rehetra ze tena nakasitraky Anazy tao amin'gny
lain'gny zanakapelan'i Ziona; narosiky manahaky gny afo gny hahoriany.[5]Nazary manahaky gny fahavalo gny
Tompo. nateliny i Israely. Nateliny aby gny lapany aby. Fa niravany reo ferovany fatrasy. Napitombony gny
fandala vo gny fitomagnia teo amin'gny zanaky apelan'i Joda.[6] Nizera gny tabernakeliny manahaky gny tragno
bongo an-zariday Izy. Niravany gny fitoeran'gny fiangona magnetriketriky. Fa napagnaligno gny fiangona
magnetriketriky vo gny Sabata tao Ziona i Yaveh, fa nahiny sinosino tamin'gny sy fahamendrehan'gny hahoriany
gny pazaka vo gny pisoro.[7]Nagnary gny alitarany gny Tompo dra nanda gny fitoerany masy. Nomeny teo an-
tagnan'gny fahavalo gny fefin'ireo lapany. Nanondrosy kiaky tao an-tragnon'i Yaveh, manahaky gny amin'gny
androm-panasa voatondro ereo.[8]Nanapa-kevisy gny hanimba gny fefin'gny tanan'gny zanakapelan'i Ziona i
Yaveh. Nenzagniny ny taly fandrefesa dra sy nita gny tagnany sy handrava gny fefy Izy. Napitomagny gny tovon-
tany vo gny fefy Izy; nindray niroda reo.[9] Nilavo tamin'gny tany reo vavahadiny; narodany sady nivakiny gny
hilin'ireo vavahadiky. Gny pazakany vo reo andriany dra teo amin'ireo firene, sy nisy sasy gny lalagny sy nahita
fahita latamin'gny Yaveh reo paminaniny.[10]Nipetraky tamim-pahangikia tamin'gny tany reo loholon'gny
zanakapelan'i Ziona. Nanoraky botany teo an-dohany ereo sady nanao lamba fandala. Nagnondriky gny lohany
tamin'gny tany reo virizinin'i Jerosalema.[11]Pahin'gny ranomaso lat'aminazy reo masoko; magnotiky gny vavoniko;
niraraky tamin'gny tany gny tao agnatiko nohon'gny faharipahan'gny zanaky apelan'gny oloko, gny
faharokafan'ireo ankizy vo gny zaza egny amin'ireo lalan'gny tana.[12] Ho ereo amin'gny reniny: " Eza gny vary vo
gny divay?" no rokaky manahaky gny olo marasy egny amin'gny lalan'gny tana ereo, niraraky tegny an-
tratran'ireo reniny gny ain'ereo.[13]Ino gny azoko zakay aminiha, ry zanakapelan'i Jerosalema? Amin'gny ino hanao
gny apitahako, so ahafahako papiegny aniha, ry zanaky apela virizinin'i Ziona? Gny ratriniha dra lahibe
manahaky gny ranomasy. Ia gny afaky hagnasitra aniha?[14] Fa nahita fahita diso vo sy magneva ho aniha reo
paminaniniha. Sy napiharihary gny helokiniha so hapiheregna gny hareniha ereo, fa nagnome zaka diso sady
mamitaky ho aniha ereo.[15]Reo aby ze mandalo egny an-dala dra miteha-tagna aniha. Misitrisy sady mihifikifi-
doha ereo sady mizaka ho: 'Fa sy tihoky se gny tana ze nitokanin'ereo ho 'Gny fahasara tonga lafasy,' ' Gny Fifalia
ho an'gny tany aby'?" [16]Manoka-bava sady magneso aniha gny fahavaloniha aby. Manao fihomehy magneso sady
mihily vaza ereo sady mizaka ho: " fa natelinay izy! Tihoky gny fotoa fa nembenanay! Niay so hagnety anizeho
zahay!"[17]Nahin'i Yaveh ze nikasany ahy. Nagnatateraky gny zakany Izy. niravany sy nisy hantra hanao, fa
nagnome alala gny fahavalo so hifaly eo aminiha Izy; nasandrany gny tandrok'ireo fahavaloniha.[18]Nitaray
tamin'gny Tompo gny fon'ereo, dra reo fefin'gny zanakapelan'i Ziona! Arosaho manahaky gny renirano andro
amgn'aly gny ranomasoniha. Ka magnome fisahara ho an'gny vataniha, fisahara ho an'gny masoniha. [19]Mifohaza,
mitalahoa amin'gny hariva, dra amin'gny fanombohan'gny fiambena hariva! Araraho manahaky gny rano eo
agnatrehan'gny tarehin'gny Tompo gny foniha. Asandrato ho Anazy gny tagnaniha ho an'gny ain'ireo zanakiniha
ze rokaky gny haresea eo an-zoron-dala aby."[20]Atio, ry Yaveh, dra hevero reo ze nanao anizeho fomba zeho. Sa ra
tokony hihina gny naloaky gny trokiny reo apela, dra reo zanaky ze nikarakarany? Sa ra tokony ho vono ao
amin'gny fitoera masin'gny Tompo gny pisoro vo gny paminany?[21]Samby mandry eo amin'gny botanin'ireo lala
gny tanora vo gny antisy. Lavon'gny mesa reo tovovaviko vo reo tovolahiko; novononiha sy misy hantra ereo.
[22]Nitokaviniha, manahaky gny nitokavaniha gny olo ho amin'gny andro firavoravoa, nagnodidy anahy aby gny
horohoroko, tamin'gny andron'gny hahorian'i Yaveh dra sy nisy afaky nilefa na tafaboaky velo; reo ze fa
nikarakaraiko sady nibeaziko, dra niripahin'gny fahavaloko.

Chapter 3

1Zaho dra olo ze nahita fahoria teo ambanin'gny sorakazon'gny hahorian'i Yaveh.2 Nitarihiny sady napandehaniny
tamin'gny mezy zaho fa sy tamin'gny mazava. 3Azo atoky fa namaliky gny tagnany hanohisy anahy avo Izy,
nandrisy gny totolo andro. 4Nahiny malazo gny nofoko vo gny holisiko; nitapahiny reo tolako.5Nananga fahirani
hanohisy anahy Izy, dra nihodidigny raha mafaisy vo raha sarosy zaho. 6Nametraky anahy tao amin'ireo toera
mezy, manahaky reo ze fa maty fa ela Izy. 7Nananga fefy nagnodidy anahy Izy dra sy afaky nilefa Zaho. Nahiny
mavesatry reo rozoko8 vo ndre dra mitoka fatrasy vo mitoka vonzy aza zaho, dra ampisigniny gny fivavako.
9Nibahagnany tamin'gny fefy vita tamin'gny vato voapaiky gny lalako; nahiny ho meloky gny lalako. 10Manahaky
gny bera miamby hanafiky anahy tapoky izy, liona ao amin'gny fivoniany; 11naviony gny lalako, nahiny nitoka-
mony zaho.12Nagnenza gny sipikiny Izy dra nemetraky anahy manahaky gny kendrin'gny zana-sipikiny. 13Nandefo
gny voako tamin'ireo zana-sipikiny tao amin'gny fitoeran'izeho Izy. 14Nazary tahirim-pihomeheza ho an'gny oloko
aby zaho, rahany gny fagnesoan'ereo totolo andro. 15Nifenony fangilia zaho dra nisereny hino raha mahafaty.
16Nitorotoroiny tamin'gny sila-bato gny nifiko; natosikiny tao agnaty botany zaho. 17Nala tamin'gny fiadagna gny
fagnahiko; alignoko gny ahy ho hafalia. 18Ka dra ho zaho ho: ''Levo gny fahretako vo manahaky anizeho koa gny
fagnatenako amin'i Yaveh."19Sarovy gny fahoriako vo gny firerirerieko, gny raha mahafaty vo raha mafaisy.
20Saroako avy zeho sady mitagnondriky ao agnatiko zaho. 21Fa saroako zaho ka dra mana fagnatena zaho.22Gny
fitiava sy miovan'i Yaveh dra sy misy fisahara sady sy misy fiafarany gny fangoraham-pony, 23vaovao isaky
maraindrau reo; lahibe gny fahatokianiha. 24" Yaveh gny lovako," ho zaho, noho zaho dra hagnatena Anazy zaho.
25Yaveh dra soa ho an'ireo ze miamby Anazy, ho an'ireo ze mitalia Anazy. 26Soa gny miamby amim-pahangina gny
famonzen'i Yaveh.27 Soa ho an'gny olo gny handesany gny zioga tamin'gny fahatanorany. 28Aoky izy hitoboky raiky
amim-pahangina, nofa atoboky aminazy eo zeho. 29Aoky izy hametraky gny vavany egny amin'gny botany--- vasa
hisy gny fagnatena.30Aoky izy hagnome gny fifiny an'ize mizera anazy, sady aoky ho feno fahafaham-baraka izy.
31Fa sy handa asika mandrakizay gny Tompo,32 fa ndre dra mahavy alahelo aza izy, dra hana fangoraham-po
araky gny hamaroany gny fitavany sy mivaliky. 33Akory sy mapahory gny ao am-pony na mapizaly reo
zanak'olombelo Izy.34Gny magnisakisaky reo voafonza aby eto an-tany, 35gny fefy gny rariny ho an'gny olo eo
agnatrehan'gny Avo Indrindra, 36gny fefy gny rariny ho an'gny olo raiky--- dra sy eken'gny Tompo gny raha
manahaky anizeho!37Ia gny nizaka dra nitranga anizeho, no sy nagneky anizeho Yaveh?38 Sa sy lat'amin'gny
vavan'gny Avo Indrindra se gny hiavian'ireo loza vo gny soa? 39Akory gny hitaraignan'gny olo velo aby? Akory gny
hahafahan'gny olo mitaray mahakasin'gny sazin'ireo fahotany?40Ndao sika handiniky reo lalasika dra hisapa
andreo, dra ndao sika hihery agny amin'i Yaveh. 41Ndao sika hanandrasy gny fosika vo gny tagnasika
amin'Agnahary agny an-dagnisy ho: 42" nandika sady nikomy zahay, dra sy namela heloky hanao. 43Nandrakosy
gny vataniha tamin'gny hahoria Hanao sady nagnitriky anay, namono Hanao sady sy namindra fo.44Nandrakosy
gny vataniha tamin'gny raho Hanao so sy hisy vavaky afaky ho tafilisy. 45Nahiniha manahaky gny lo maloto sady
nilavy teo amin'ireo firene zahay. 46Magnozo anay reo fahavalonay aby, 47avy taminay gny tahosy vo gny fandriky,
gny faharava vo fahapoteha.48Mikoria rian-dranomaso reo masoko akory rava gny oloko. 49Handrasa-dranomaso
sy misy fisahara, sy misy fihatoa reo masoko, 50mandra-pagneteny ambany dra hahita lat'egny an-dagnisy Yaveh.
51Miteraky alahelo ho anahy gny masoko noho reo zanakapelan'gny tanako aby. 52Nohazain'ereo fahavaloko
manahky gny voro zaho; nohazain'ereo tamin'gny sy misy antony. 53Natorak'ereo tao agnaty lavaky zaho dra
nitorahin'ereo vato, 54dra niraraha rano gny lohako. Ho zaho ho: " ho faty zaho!"55Nitoka gny agnaraniha, lat'ao
amin'gny halalikin'gny lavaky zaho, ry Yaveh. 56Reniha gny feoko nofa nizaka zaho ho: " Ka mitapy gny sofiniha
amin'gny toka vonziko." 57Nagnariny Hanao tamin'gny andro nitokavako Aniha; ho Hanao ho: "Ka
matahosy."58Tompo o, niaro gny aliko Hanao, nagnavosy gny aiko Hanao! 59Ry Yaveh, hitaniha gny rasy nahin'ereo
taminahy; sarao gny aliko. 60Hitaniha gny fagnirasiran'ereo, gny teti-drasy aby nahin'ereo taminahy--- 61reniha gny
latsan'ereo, ry Yaveh, vo gny tetik'ereo aby taminahy.62Gny sognin'ereo ze misanga manohisy anahy, vo gny
fiapangan'ereo, dra avy mandrisy gny totolo andro. 63Atio gny fomba fitobokin'ereo vo fisanganany boakeo;
magneso anahy amin'gny hirany ereo.64Valio arak'ize nahiny ereo, ry Yaveh. 65Ho ahiniha sy megnasy gny
fon'ereo! Ho amin'ereo eo ra gny fagnamelohaniha! 66Magnitriky andreo amin-kahoria Hanao sady mamotiky
andreo ao ambanin'gny lagnisy, ry Yaveh!


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 4

[1]Fa nazary maloto gny volamena; endrey gny fiovan'gny volamena malio loasy! Reo vato masy dra niparitaky
tegny an-zorondala aby. [2]Reo zanaky sarobidin'i Ziona dra maeva gny lanzan'ereo amin'gny volamena malio, fa
amizao ereo dra sy maeva noho reo siny tanimanga, asa-tagnan'ireo panefy tanimanga ereo![3]Ndre gny
amboahaolo aza manolosy gny tratrany so hapinonoa reo zanany, fe gny zanakapelan'gny oloko dra fa nazary
lozabe, manahaky gny ostritsa agny amin'gny tany efisy.[4]Gny lelan'gny zaza minono dra mirekiay amin'gny
lagnilagniby noho gny hetaheta; mangataky sakafo gny ankizy, fe sy misy ho andreo. [5]Reo ze nihina sakafo lafo
vily amizao dra mosare egny an-dala; reo ze nibeazy nitafy akazo voloparasy, dra mandry egny amin'gny fako
misavoa amizao.[6]Gny fatrokafa gny zanakapelan'gny oloko dra lahibe noho gny an'i Sodoma, fa nirava tao
agnatin'gny fotoa fohiky zeho sady sy nisy nanandra-tagna so hagnapy anazy.[7]Reo pitariky anazy dra nalio kokoa
noho gny oram-panala, fosy kokoa noho gny ronono; gny vatan'ereo dra mena midorihisy noho gnyharan-
dranomasy, gny vatan'ereo dra manahaky gny safira. [8]Gny tarehin'ereo amizao dra mezy noho gny molaly; sy
fatasy egny an-dala ereo. Gny holis'ereo dra nirekisy tamin'gny tolan'ereo; nazary maiky mananaky gny hazo
zeho.[9]Reo ze novono tamin'gny mesa dra sambasy kokoa noho reo ze matin'gny haresea, ze osa, nolefony
tamin'gny sy fahapian'gny vokasy lat'agny an-saha. [10]Gny tanan'ereo apela malemy fagnahy dra fa nahandro reo
zanany avo; lasa sakafon'ereo nandrisy gny fotoa nandrava gny zanakapelan'gny oloko ereo.[11]Naneho gny
hahoriany aby i Yaveh; nandrosaky gny hahoriany masiaky Izy. Nandrehisy afo tao Ziona so handevo gny
fiorenany Izy.[12]Sy nino reo pazakan'gny tan, drs sy nino gny ponin'izeho totolo zeho, fa afaky nilisy tamin'ireo
vavahadin'i Jerosalema reo fahavalo na panohisy. [13]Nitranga zeho noho gny fahotan'ireo paminaniny vo gny
helok'ireo pisorony ze fa nandasaky gny lion'gny mary agnivony tao.[14]Nirerirery, poaky, tegny amin'ireo lala ereo.
Tena voaloto loasy tamin'izeho lio zeho ereo dra sy nisy nanenga so hikasiky gny akazon'ereo.[15]"Miala! ry
Maloto!" ho gny kiakinan'gny olo tamin'ereo. "Miala! Miala! Ka mikasiky!" Ka nirerirery ereo; ho gny vahoaky teo
amin'ireo firene ho: "Sy mahazo mizano eto sasy ereo."[16]Yaveh mihisy gny nagnaparitaky andreo; sy nagnety
endreo sasy Izy. Sy magnome voninahisy reo pisoro ereo, sady sy naneho sitraky tamin'ireo loholo.[17]Pahy gny
masonay, miamby vasoky ze hagnapy anay; lat'amin'ireo tilikambo fiambenanay gny nagnetenay gny firene ze sy
afaky namonzy anay. [18]Nagnaraky reo lianay ereo, sy afaky nandeha tamin'ireo lalanay zahay. Mariny gny
fiafaranay dra sady voaisa reo andronay, fa ho avy gny fiafaranay.[19]Gny pagnitriky anay dra malaky fandehana
noho reo voromahery egny an-dagnisy. Nagnitriky anay tegny an-tendrombohisy ereo dra nanao otriky ho anay
tagny an-tany efisy. [20]Gny fofonay eo amin'gny vavoronay dra--- gny voahosos'i Yaveh--- Izy gny voasambosy tao
an-davak'ereo; gny nizaka ho: " Ao ambanin'gny alony gny hahavelo anay amin'gny firene aby."[21]Mifalia sady
miravoravoa, ry zanakapelan'i Edoma, hanao ze mitoboky agny amin'gny tanin'i oza. Fa ho aniha avo koa gny
handrosoa gny kapoaky; ho mamo hanao sady hapiborida gny vataniha.[22] Ry zanakapelan'i Ziona, fa hifara gny
fatrokafa aniha, sy hagnitasy gny sesitaniniha Izy. Fe ry zanakapelan'i Edoma, hagnafay Izy; sy hagnasaro reo
fahotaniha izy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 5

1Tadidio, ry Yaveh, ze nahazo anay, atio sady diniha gny fahafaham-barakanay. 2Nafindra ho an'ireo vahiny gny
lovanay; gny fasangenay ho an'ireo hafa firene. 3Nizary kamboty zahay, kamboty ra, vo gny reninay dra
manahaky gny panday vata.4 Sy mainsy mandoa volafosy ho an'gny rano inominay zahay, sady sy mainsy
mandoa volafosy vo mahazo gny vasianay.5Reo ze magnitriky anay dra mariny afaranay; rokaky zahaysady sy
mahita fisahara. 6Fa nanolo-bata ho an'i Egypta vo Asyriana zahay so hahazoa sakafo sahaza. 7Nanota reo
razambenay, dra sy eo sasy ereo, vo zahay gny mizaka gny helok'ereo.8Reo andevo gny manzaka eo aminay, dra
sy misy hagnafaky anay eo an-tagnan'ereo. 9Manao soro gny ainay zahay vo mahazo gny mofonay, nohon'gny
mesa agny an'efisy. 10Niha-nahama manahaky gny fatagny gny holisinay nohon'gny hahoria miredareda.
11Voaolaky reo apela tao Ziona, vo reo viriziny tao amin'ireo tanan'i Joda. 12Nahanto tamin'gny tagnany avo reo
andriandahy, dra sy nomem-boninahisy reo loholo.13Nitere hikosoky vary tamin'gny fikosoham-bary reo tovolahy,
vo reo ankizy lahy dra mivembe milanza hazo. 14Niala teo amin'gny vavahadin'gny tana reo loholo, dra nanenga
gny raha magnenon'ereo gny tovolahy.15Nizano gny hafaliam-ponay sady niova ho fandala gny dihinay. 16Nilasaky
lat'egny an-dohanay gny satro-boninahisy; loza ho anay, akory nanota zahay!17Noho zeho dra nazary narary gny
fonay, sady nazary pahy gny masonay, noho reo raha reo dra nazary pahy gny masonay, 18akory gny
tendrombohis'i Ziona nitoka-mony, zay misy amboahaolo mikarenzy eo aminazy.19Fa Hanao, ry Yaveh, dra
manzaka mandrakizay, vo Hanao dra hitoboky eo amin'gny seza fiandriananiha hatramin'gny taranaky fara-
mandimby. 20Nagnino zahay gny alignoniha mandrakizay? Nagnino Hanao gny mahafo anay mandrisy gny andro
maro? 21Aheregno Aminiha zahay, ry Yaveh, dra hihery. Avaozy manahaky gny taloha gny andronay--- 22no sy ho
fa nilaviniha tateraky zahay dra tena ory loasy aminay Hanao.

# Ezekiel

Chapter 1

1Tamin'gny tao faha telopolo, gny vola fahaefasy, vo andro fahadimin'gny vola, dra izahoky gny niseho gny bo
nizano teo amin'ereo babo teo marinin'gny Lakan-drano Kebara zaho. Nisokasy gny lagnisy, dra nahita fahita
boak'amin'Agnahary zaho.2Tamin'gny andro fahadimin'gny vola zay---tamin'gny tao fahadimy nanaova sesi-tany
an'i Joiakima pazaka---3dra avy tamin'i Ezakiela zanadahin'i bozy pisoro gny zakan'i Yaveh, tao amin'gny
tanin'ereo Kaldeana marin'gny Lakan-drano Kebara teo, vo gny zakan'i yaveh dra taminazy teo.4Dra nagnety
zaho, vo nisy tafio-drivosy boak'agny avarasy; nisy raho lahibe misy afo miselselasy vo hazava magnodidy anizay
vo agnatin'izay tao, vo gny afo dra miloko volontany manopy mavo tao agnatin'gny raho.5Teo agnivony dra nisy
tarehy raha-managn'ay efasy. Zao gny tarehiny: nitarehy olo reo,6fe dra samby nana tarehy efasy aby ereo, vo reo
raha-manag'ay kiraidraiky dra samby nana elasy efasy aby.7Nahisy gny tombon'ereo, fa gny faladiany dra
manahaky gny kitron-zanak'agnomby zay namirasy manahaky gny saba mangira.8Fe nana tagnan'olombelo tao
ambany elasiny ereo tamin'gny lafiny efasy aby. Tamin'izy efasy, dra manahaky aniziho gny tarehiny vo elasiny:
9gny elas'ereo dra nifapikasiky tamin'gny elasy gny raha-managn'ay teo agnilany, sady sy niheriky ereo no fa
nandeha; fa kosa samby mandeha mahisy.10Gny andriky gny tarehin'ereo dra manahaky gny endrik'olombelo.
Gny ilany akavanan'gny tarehin'gny efasy tamin'ereo dra niendriky liona, vo gny ilany akavian'gny tarehin'gny
efasy tamin'ereo dra niendriky agnomby. Ereo efasy avo koa dra nana endriky voromahery.11Manahaky anizay
gny endrik'ereo, vo gny elasiny dra nivelasy ambony dra samby nana elasy ro aby reo raha-managn'ay reo zay
nifapikasiky tamin'gny elasy gny raha-managn'ay hafa, vo elasy ro avo koa zay nandrakosy gny vatan'ereo.
12Samby nizosy nagn'aloha ereo, koa ndre teza ndre teza nindesan'gny Fagnahy an'ereo dra nandehanany,
nandeha sy niheriky ereo.13No gny endrik'riho raha-managn'ay, dra manahaky gny bakafo magnoro gny fahita
anazy, manahaky gny endriky gny fanilo; nisy afo mamirapirasy avo koa nisamiasamia isaky gny raha-
managn'ay, vo nisy elasy.14Reo raha-managn'ay dra nikisaky mandroso mihemosy malaky ddra malaky, vo nana
endriky manahaky gny selasy ereo!15Vo nagnety tagny amin'riho raha-managn'ay zaho; nisy kodia raiky teo
amin'gny tany teo agnilan'riho raha-managn'ay.16Zao gny fahita vo firafis'ireo kodia: samby manahaky gny
krysolita reo kodia, vo samby nana endriky sahala ereo efasy; gny endrik'ereo vo gny firafisiny dra manahaky
gny kodia mifapilisy.17Gny fa nige reo kodia, dra nandeha sy nivily tamin'gny lala-kizorany ze natrehan'reo raha-
managn'ay ereo.18Gny amin'gny sisiny, dra abo sady mapatahosy ereo, akory feno maso magnodidy.19Isaky gny
mikisaky reo raha-managn'ay dra mige agnilany reo kodia. Gny fa nienga tamin'gny tany reo raha-managn'ay dra
nienga avo koa reo kodia.20Ndre eza ndre eza tian'gny Fagnahy handehana, dra nandehan'ereo, vo nienga


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

ami'ereo teo gny kodia, akory gny fagnahin'ireo raha-managn'ay dra tao amin'gny kodia.[21]Gny fa nikisaky reo raha-managn'ay dra nikisaky avo koa reo kodia; vo gny fa mbo nizoro reo raha-managn'ay, dra nizoro reo kodia; gny fa nienga tamin'gny tany reo raha-managn'ay, dra nienga teo agn'ilan'ireo avo koa reo kodia, akory gny fagnahin'ireo raha-managn'ay gny tao amy reo kodia.[22]Teo ambon'gny lohan'ireo raha-managn'ay dra nisy endriky eloelo malalaky; miendriky manahaky gny volon'gny krystaly mahatalonzona mivelasy eo ambon'gny lohan'ireo zay.[23]Teo amban'gny eloelo dra samby nivelasy mahisy gny elas'ireo raha-managn'ay kirairaiky sady nifapikasiky tamin'gny elasy gny raha-managn'ay hafa. Reo raha-managn'ay dra samby nana elasy ro nandrakosy gny tegnany; samby nana ro bo handrakosy gny vatany.[24]Boakeo dra nahare gny fikopakopaky gny elas'ereo zaho. Manahaky gny feon'gny Tsitoha isak'ze nihesiky ereo. Manahaky gny feon'gny kotrok'ora. Manahaky gny feon-tafiky. Isaky gny nizoro ereo, dra napitily gny elasiny.[25]Nisy feo niboaky boaky tao amin'gny eloelo teo ambon'gny lohan'ereo gny mbo nisanga vo napitily gny elasiny ereo.[26]Teo ambon'gny eloelo teo ambon'gny lohan'ereodra nisy endriky seza fiandriana zay sahala gny vato safira gny fahita anazy, vo teo amin'gny niendriky seza fiandriana dra nisy manahaky gny lelahy gny fahita anazy.[27]Nahita sary miendriky metaly mamirapirasy misy afo tao agnatiny nanomboky teo amin'gny valahany gny ho miakasy zaho; nahita endriky afo vo hazava teo amin'gny valahany gny ho mizoso zaho.[28]Manahaky gny endriky avana ao agnaty raho amin'gny andro avy ora gny fahita gny ziro mazava magnodidy anizay. Endriky gny voninahis'i Yaveh zay. Gny fa nahita anizay zaho, dra nikarapoky niakohoky, vo nahare feo nizaka.

Chapter 2

[1]Ho Izy taminahy ho: " Ry zanak'olo, misangana; vo dra hizaka aminao Zaho."[2]Tafaran'izay, gny mbo nizaka
taminahy Izy, dra nilisy tao agnatiko gny Fagnahy dra napisanga anahy, dra reko Izy mizaka aminahy.[3]Ho Izy
taminahy ho: " Ry zannak'olo, mandefa anao ho agny amin'gny vahoakin'Israely Zaho, agny amy reo firene
pikomy ze nikomy taminahy---ndre ereo ndrereo razambeny dra samy nanota taminahy mandrak'androany!
[4]Mana endriky maheriloha vo fatrasy fo reo taranak'ereo. Magniraky anao ho agny amin'ereo Zaho, dra hizaka
amin'ereo hanao ho: ' Zao gny zakan'gny Tompo Yaveh.'[5]Ndre ereo hiteno ndre ereo sy hiteno. Taranaky pikomy
ereo, nefa farafahakeliny ereo hahalala fa paminany gny teo amin'ereo.[6]Hanao, ry zanak'olo, ka matahosy andreo
na gny zakan'ereo. Ka matahosy, ndre dra misy silo aza hanao vo ndre dra miay mindray amin'gny maingoky aza
hanao. Ka mifezaky amin'ny zakan'ereo na reki-tahosy amin'gny tarehin'ereo, akory taranaky pikomy ereo.[7]Fe
hanao hizaka amin'ereo gny zakako, na hiteno ereo na sia, akory pikomy fatrasy ereo.[8]Fa hanao, ry zanak'olo.
tenoy ze zakako anao. Ka ba pikomy manahaky rgny taranaky pikomy regny. Sokafy gny vavanao dra hano ze fa
omeko anao![9]Boakeo dra nagnety zaho, vo nisy tana nisosy teo aminahy; nisy horonan-taratasy voasorasy tao
agnatin'izay.[10]Novelariny teo agnatrehako zay; samby voasorasy aby ndre gny anoloa ndre gny ambaliky, vo gny
voasorasy teo amin'izay dra fitaregna, fandala, vo loza.

Chapter 3

[1]Dra ho Izy taminahy ho: " Ry zanak'olo, ze hitanao, dra hano. Hano tiky horonan-taratasy tiky, dra mandehana
dra mizaka amin'gny akohon'Israely."[2]Dra nanokasy gny vavako zaho, dra nofahanany an'izay horonan-taratasy
zay.[3]Ho Izy taminahy ho: " Ry zanak'olo, visigno gny trokinao dra fenoy amin'itiky horonan-taratasy ze nomeko
anao tiky gny vavafonao!" ka dra nihina anizay zahi, dra mamy manahaky gny tately teo am-bavako zay.[4]Dra ho
Izy taminahy ho: " Ry zanak'olo, mandehana agny amin'gny akohonan'Israely dra zakao amin'ereo gny zakako.[5]Fa
sy halefa agny amin'gny vahoaky hafa fizaka hanao na fizaka sarosy, fa agny amin'gny akohonan'Israely---[6]sy
agny amin'gny firene lahibe ze hafahafa fizaka vo sarosy fizaka ze sy ho azonao gny fizakany! Gny nandefa anao
tagny amin'ereo Zaho, dra ho niteno anao ereo.[7]Fa gny zanak'Israely dra sy mbo vono gny hiteno anao, akory sy
vonon-kiteno Anahy ereo. Noho zay gny zanak'Israely aby dra mafy handry vo fatram-po.[8]Ingo! Fa nagnamafy
gny tarehinao manahaky reo tarehiny Zaho vo gny handrinao ho fatrasy manahaky gny handrin'ereo.[9]Nahiko
manahaky gny diamondra gny handrinao, fatrasy noho gny afovato! Ka matahosy andreo handrareo na
hakivin'gny tarehiny, akory taranaky pikomy ereo."[10]Dra nizaka taminahy izy ho: " Ry zanak'olo, reo zaka aby ze
zakako aminao---rambeso ao aponao reo vo hatongilagno amy reo gny sofinao![11]Boakeo mandehana agny
amin'ireon babo, agny amin'ireo vahoakinao, dra mizaka amin'ereo. Zakao amin'ereo ho: ' Zao gny zakan'gny
Tompo Yaveh, ' na hiteno ereo na sia."[12]Dra nanenga anahy gny fagnahy, dra nahare gny feon'gny horohoron-tany
lahibe tafarako tao zaho: " Hisaora ane gny voninahis'i Yaveh boakeo amin'gny fitoerany!"[13]Zay dra feon'gny
elas'ireo raha-managn'ay no mifapikasoky ereo, vo feon'gny horohoron-tany lahibe.[14]Nagnenga anahy gny
faganahy dra nanday anahy, dra nandeha araky gny faisin'gny hahorian'gny fagnahiko zaho, fa gny tagnan'i
Yaveh dra nanindry anahy tamin-kery![15]Dra nagnagny amin'ireo babo tagny Telabiba zay nonina amin'gny
moron'gny ony Kebara zaho, dra nizano teo amin'ereo nandrisy gny fito andro, ka heniky gny fahatalanzoa zaho.
[16]Dra avy taminahy gny zakan'i Yaveh tafaran'gny hafitoa, manao ho:[17]" Ry zanak'olo, nahiko ho piamby ho an'gny
akohonan'Israely hanao, dra mitenoa gny zaka boak'amin'gny vavako, dra omeo andreo reo fapitandremako.
[18]Gny fa mizaka amin'gny rasy faganahy zaho ho: ' Ho faty vatany hanao' vo sy napitandry na mizaka
fapitandrema gny rasy fagnahy mahakasik'ireo asarasiny bo ahafahany miay hanao--- dra ho faty nohon'gny
fahotany gny rasy fagnahy,fa ho takeko amin'gny tagnanao gny liony.[19]Fa no napitandry gny rasy fagnahy hanao,
ka sy miala amin'gny faharasiany na amin'ireo asa rasiny izy, dra ho faty amin'gny fahotany izy, fa hahavonzy
gny ainao avo hanao.[20]No mivaliky amin'gny fahamarignany gny olo-mary raiky vo manao gny sy rariny, vo
hametrahako vato fanafitohigna eo agnoloany, dra ho faty ereo. Akory sy napitandry anazy hanao, dra ho faty ao
amin'gny fahotany izy, vo sy ho saroviko reo asa mary ze notaterahiny, fa takeko amin'gny tagnanao gny liony.[21]Fa
no mapitandry gny olo-nary hanao ba hisahasy amin'gny fahota ka sy hagnota sasy izy, dra hiay vatany izy akory
napitandremy; dra hahavonzy gny ainao avo hanao."[22]Ka teoaminahy gny tagnan'i Yaveh, dra ho Izy taminahy
ho: " Misangana! mandehana miboaky agny amin'gny lohasaha, dra hiresaky aminao agny Zaho![23]Nisanga zaho
dra nandeha niboaky tagny amin'gny lohasaha, dra nitoesy teo gny voninahis'i Yaveh, manahaky gny voninahisy
zay hitako marin'gny Lakan-drano Kebara teo; dra nagnondriky gny tarehiko zaho.[24]Nagnato anahy gny faganhy
ka napisanga anahy tamin'gny tomboko; dra niresaky taminahy izy, nizaka taminahy ho: " Mandehana dra hilio
ao an-tragnonao gny tegnanao,[25]fa amizao, ry zanak'olo, hametraky taly eo aminao ereo sady hamatosy anao ka
sy afaky gny hiboaky ao amin'ereo hanao.[26]Hapiraketiko amingny lagnilagninao gny lelanao, ka hazary moa
hanao, ka sy afaky hizaka fatrzsy andreo, akory taranaky pikomy ereeo.[27]Fa gny fa miresaky aminao Zaho, dra ho
sokafako gny vavanao ka hizaka amin'ereo hanao ho: " Zao gny zakan'gny Tompo Yaveh: 'Gny raiky ze mahare
dra hahare; gny raiky ze sy miteno dra sy hiteno, akory taranaky pikomy ereo!"


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 4

[1]"Fa hanao, ry zanak'olo, managala biriky ho anao dra atoboho eo anoloanao zay. Bakeo dra atovy sokisy eo
amin'izay gny tanan'i Jerosalema.[2]Dra manova fahirano hameleza anizay, vo magnoregna fefy hanohisy anizay.
Manangana tovon-tany fanafiha hamely anizay vo mametraha toby magnodidy anazy. Ametraho andry vy
fandrava magnodidy aanizay.[3]Boakeo dra mangala lapoaly vy ho anao dra apesao ho sahala gny fefy vy eo
agnelagnelanao vo gny tana zay dra apagnatreho anizay gny tarehinao, fa hahy fahirano zay, vo hanao gny hanao
fahirano anizay. Zay gny ho famatara amin'gny akohonan'Israely.[4]Boakeo, mandria amin'gny ilany akavianao dra
apetraho eo amin'izay gny fahotan'Israely; hanao gny handay gny fahotan'ereo mandrisy gny isan'gny andro
handrianao hanohidy gny akohon'Israely.[5]Zaho mihisy gny manaendry andro raiky bo hanehoa gny tao
kirairaikin'gny famaiza andreo ho anao: 390 andro! Zay fomba zay, gny handesanao gny fahotan'gny
akohonan'Israely.[6]No fa fenonao reo andro reo, dra mandria fagnindrony amin'gny ilanao havagna, fa handay
gny fahotan'gny akohonan'i Joda mandrisy gny efapolo andro hanao. Manondro andro raiky ho an'gny tao
kiraraiky ho anao Zaho.[7]Atodiho magnatriky an'i Jerosalema zay ahy fahirano gny tarehinao, dra maminania
hanohisy anazy amin'gny sandrinao sy misaro.[8]Fa ingo! Mametraky fatora amiano Zaho bo sy hibadibadihanao
amin'gny ilany raiky ho amin'gny hafa mandra-pahafenonao gny andro fahiranonao.[9]Mangala varim-bazaha,
vary hordea, saramaso,tsiasisa, apemba, vo spelta ho anao; apetraho ao agnaty fagnisia raiky avo reo vo manova
mofo ho anao araky gny isan'gny andro ze handrianao amin'gny ilanao. Mandrisy gny390 andro gny hihinananao
anizay.[10]Gny hany ze hohaninao dra ho lanzan'gny sekely ropolo isan'andro, dra hohaninao amin'gny fotoa
voatondro isan'andro aby zay.[11]Dra hino rano hanao, ze nafatry tamin'gny apehenin'gny hina, vo hinominao
amin'gny fotoa voatondro avo koa zay.[12]Hohaninao manahaky gny mofomamy vita amin'gny vary hordea zay, fe
ho indazinao amin'gny hita dikin'olo amason'ereo eo!"[13]Fa ho Yaveh ho: " Midika zay fa gny mofo ze hohanin'gny
vahoakin'Israely dra haloto, agny amin'ireo firene za handroahako andreo."[14]Fa ho zaho ho: " Indrisy, ry Tompo
Yaveh! Sy bo naloto mihisy zaho! Sy bo nihina na raha maty na raha matin'gny biby, nanomboky tamin'gny
fahatanorako ka hatramin'izao zaho, vo sy bo nilisy gny vavako dny hena maloto!"[15]Dra ho Izy taminahy ho:
"Ingo! Nomiakotain'agnomby hanao ho solon'gny dikin'olo bo hahafahanao mikarakara gny mofonao eo
amin'izay."[16]Ho avo koa Izy taminahy ho: "Ry zanak'olo! Ingo! Tapahiko gny famasia mofo ao Jerosalema, dra
hihina mofo ao apizara anizay amin'gny tahosy ereo sady hino rano apizara anizay amin'gny fangovita.[17]Akory
hizaly mofo vo rano ereo, dra hihorohoro amin'gny rahalahiny gny olon'aby vo hihavelo nohon'gny helok'ereo."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 5

[1]" Boakeo hanao, ry zanak'olo, mangala mesa maragnisy manahaky gny fagnarata volombava ho anao, dra
apandalovy amin'gny lohanao vo gny volombavanao gny fagnarata, boakeo alao gny mizana bo handanza vo
hagnasaraha gny volonao.[2]Oroy amin'gny afo eo agnivon'gny tana gny apahatelon'izay gny fa tateraky reo
andron'gny fahirsno, vo alao gny apahatelon'gny volo ka tapaho amin'gny mesa magnodidy gny tanan'aby zay.
Dra aparitaho amin'gny rivosy gny apahatelon'izay, dra hamoaky mesa hagnezeha reo vahoaky Zaho.[3]Fa mangala
isam-bolo kelikeliky amin'ireo ka fotory amin'gny sisin'akazonao reo.[4]Boakeo dra mangala volo maromaro kokoa
dra atoraho eo agnivon'gny afo zay; fa hisy afo hiboaky boakeo ho agny amin'gny akohonan'Israely aby."[5]Zao gny
zakan'gny Tompo Yaveh: " Tiky gny Jerosalema eo agnivon'ireo firene, zay nametrahako anazy, vo nagnodidiako
anazy tamin'gny tany hafa.[6]Kanefa nanda gny lalako tamim-paharasia mihoasy ze anagnan'gny firene izy, vo gny
liliko mihoasy reo tana ze magnodidy anazy. Fa nanda gny fisarako gny vahoaky sady sy nandeha tamin'gny
lalako."[7]Noho zay dra zao gny zakan'gny Tompo Yaveh: " Akory hanao manahira kokoa noho reo firene ze
magnodidy anao vo sy nandeha tamin'gny lalako na niasa araky gny liliko, na niasa arak'ireo lilin'gny firene ze
magnodidy anao,"[8]noho zay dra zao gny zakan'gny Tompo Yaveh: "Ingo! Hiasa hanohisy anao Zaho.
Hagnatateraky fisara eo agnivonao Zaho ba ho haten'ireo firene.[9]Hahiko aminao ze sy bo nahiko vo gny sahala
amin'izay dra sy hahiko sasy, noho reo asa maharikorikonao aby.[10]Noho zay dra hihina gny zanaky eo
agnivon'gny ray, vo reo zanaky hihina gny babany, akory hagnatateraky fisara eo amindrareo Zaho sady hapiely
andrareo aby ze tavela ho amin'gny lala aby.[11]Noho zay, gny bo velo koa Zaho---zay gny fagnambaran'gny Tompo
Yaveh---zay dra akory nandoto gny fitobohako masy vatany hanao mindray amin'ireo raha maharikoriko vo reo
asandrareo maharikoriko aby, fa Zaho mihisy gny hapihe isa andrareo; sy hana feregnay amindrareo gny
masoko, vo sy hissisy andrareo Zaho.[12]Gny apahatelondrareo dra ho fatin'gny arety mandripaky, vo ho fatin'gny
mosary eo agnivonao ereo. Gny apahatelony dra ho azeran'gny mesa magnodidy anao. Vo boakeo dra
hagnaparitaky gny apahatelony amin'gny lala aby egny Zaho, vo hagnaboaky mesa hagnenzeha andreo avo koa.
[13]Vo dra ho tateraky gny hahoriako, dra hahavy gny hahoriako eo amin'ereo Zaho ba hizano. Ho afa-po Zahi, dra
ho fatan'ereo fa Zaho, Yaveh, dra fa niresaky tamim-pahasosora gny fa nahatateraky gny hahoriako tamin'ereo
Zaho.[14]Hahiko ho faharava vo fahafaham-baraka eo amin'gny firene magnodidy anao hanao eo amason'gny
olon'aby ze mandalo.[15]Dra hazary raha fagnameloha vo fagnirasira ho an'gny olo hafa i Jerosalema, fapitandrema
vo fapihorohoroa ho an'ireo firene ze magnodidy andrareo. Hagnatateraky gny fisara hanohisy anao am-pahoria
vo am-pahavignira, vo am-pizaka fatrasy Zaho---Zaho, Yaveh dra fa nizaka anizay![16]Handefa sipiky fatrasin'gny
mosary hanohisy andrareo Zaho zay hazary antony hanimbako andrareo. Fa hapitombo gny mosary eo
amindrareo Zaho sady hanapaky gny famasia mofondrareo.[17]Handefa mosary vo loza hanohisy andrareo Zaho ka
sy hanan-zanaky handrareo. Gny areti-mandripaky vo gny lio dra handalo amindrareo, vo handay gny mesa
hamely andrareo Zaho--- Zaho, Yaveh, gny fa nizaka anizay."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 6

[1]Avy taminahy gny zakan'i Yaveh, nanao ho:[2]" Ry zanak'olo, ahivo magnatriky an'ireo tezovohis'Israely gny
tarehinao dra mifata amin'ereo.[3]Zakao ho: 'Ry tezovohis'Israely, tenoy gny zakan'gny Tompo Yaveh! Zao gny
zakan'gny Tompo Yaveh amin'ireo tezovohisy vo amin'ireo havoa, amin'ireo lakan-drano, vo amin'ireo lohasah:
Ingo! Manday mesa manohisy andrareo Zaho, sady handrava reo fitoboha abondrareo.[4]Dra ho lao reo
alitarandrareo vo ho rava reo andrindrareo, sady hariako magnolloa reo sapin'ereo gny fatindrareo.[5]Hametraky
gny fatin'gny zanak'Israely eo agnoloan'gny sapin'ereo Zaho, sady hagnaparitaky gny taolandrareo magnodidy
gny alitarandrareo.[6]Ndre eza ndre eza ipetrahandrareo, dra ho foa reo tana sady haonga reo fitoboha abo, dra ho
foa gny alitarandrareo sady ho lao. Dra ho potiky ereo sady hazavo, hahomaky reo andrindrareo vo ho fafa reo
asandrareo.[7]Ho lavo eo agnivondrareo gny faty dra ho fatandrareo fa Zaho gny Yaveh.[8]Fa hihazo sisa eo
amindrareo Zaho, vo hisy sasany ho tafasoaky amin'gny mesa eo amin'gny firene, gny fa miely eraky gny tana
handrareo.[9]Boakeo ereo ze nilefa hamesivesy Anahy eo amin'ireo firene ze hihazoa andreo ho babo, fa Zaho dra
malahelo tamin'gny fivalibalihan'gny fon'ereo ze nivaliky taminahy, vo tamin'gny mason'ereo ze nizangazanga
nagnaraky reo sapin'ereo. Dra hapiseho rikoriko egny amin'gny tarehin'ereo tamin'gny faharasia ze nahin'ereo
niaraky tamin'gny fahavetavetany aby ereo.[10]Ka dra ho fatan'ereo fa Zaho gny Yaveh. Zay gny atony nizakako fa
handay taho rasy tahoky eo amin'ereo Zaho.[11]Gny Tompo Yaveh mizaka izao: Mitehafavo azadony gny
tombondrareo! Zakao ho: 'Indrisy!' nohon'gny fahavetaveta rasin'gny akohonan'Israely aby! Fa hazeran'gny mesa,
mosary, vo areti-mandripaky ereo.[12]Ze lavisy dra ho fatin'gny areti-mandripaky, vo gny mariny hazeran'gny mesa.
Reo sisa vo bo velo dra ho fatin'gny mosary. Hagnatateraky gny hahoriako amin'ereo amin'gny alalany Zaho.[13]Dra
ho fatandrareo fa Zaho gny Yaveh, gny fa gny fatin'ereo gny hipasy eo amin'gny sapin'ereo, magnodidy gny
alitaran'ereo, egny amin'gny tany havoa aby---ambonin'ireo tezon'gny tezovohisy aby, vo ambanin'gny hazo
misandrahaky aby vo hazo terebinta matevy---reo toera ze nagnoroan'ereo ditin-kazo magnisy ho an'ireo
sapin'ereo aby.[14]Hamely amin'gny tagnako Zaho sady hametraky gny tany ho lao vo foa, boakagny amin'gny tany
efisy ka hatragny DIbla, manera gny toera aby ze itobohan'ereo. Dra ho fatan'ereo fa Zaho gny Yaveh."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 7

[1]Avy taminahy gny zakan'i Yaveh, manao ho: [2]" Hanao, ry zanak'olo---zao gny zakan'gny Tompo Yaveh amin'gny
tanin'Israely." 'Farany! Avy amin'ireo vaza-tany efasy gny farany.[3]Amizao dra eo aminao gny farany, akory
handefa gny hahoriako aminao Zaho, vo hisara anao araky reo fombana; vo hinday reo fahavetavetanao aby eo
aminao Zaho.[4]Fa sy hiferegnay anao gny masoko, vo sy hamindra fo anao Zaho. Fa kosa, handesiko eo aminao reo
fombanao, vo ho eo agnivonao reo fahavetavetanao, dra ho fatasinao fa Zaho gny Yaveh.[5]Zao gny zakan'gny
Tompo Yaveh: Loza! Loza sy misy sahala aminizay! Ingo, ho avy zay.[6]Ho avy vatany gny farany. Nifoha hanohisy
anao gny farany. Ingo, avy zay?[7]Ho avy aminao zay monina amin'gny tany gny fiafara rasinao. Avy gny foto; fa
mariny gny andron'gny faharava, vo reo tezovohisy dra sy ho faly sasy.[8]Vo sy ho ela dra handraraky gny
hahoriako aminao vo hameno gny havignirako aminao Zaho gny fa hisara anao araky reo fombanao vo hinday
reo fahavetavetanao aby eo aminao Zaho.[9]Fa gny masoko dra sy hagnety am-pangoraha, vo sy hamindra fo anao
Zaho. Araky ze nahinao, gny ho ahiko aminao; vo reo fahavetavetanao dra ho eo agnivonao ka hahafatasy hanao
fa Zaho gny Yaveh, gny raiky magnasazy anao.[10]Ingo, gny andro! Ingo, avy zay! Ho avy gny fiafara rasy!
Mandrobo gny rasa-kazo, misimoky gny avognavo![11]Nitombo teo amin'gny rasa-kazon'gny faharasia gny
herisetry---sy misy amin'ereo, vo sy misy amin'gny vahoak'ereo, sy misy amin'gny harenany, vo sy misy amin'ireo
manan-danzan'ereo haharisy![12]HO avy gny fotoa; fa mariny gny andro. Ka enga hifaly gny pivily, na gny pivarosy
handala, akory eo amin'gny vahoaky aby gby hahoriako![13]Fa gny Pivarosy dra sy hapihery mandrakizay ze fa lafo,
gny bo velo koa ereo, akory manohisy gny vahoaky aby gny fahita. Sy hihery ereo, akory sy misy olo mivelo
amin'gny fahotany ho atanzahy.[14]Nisoky gny asiva ereo sady nagnoma gny raha aby, fe sy misy miroso bo hialy;
akory amin'gny vahoaky aby gny hahoriako.[15]Gny mesa dra atany agny, vo gny areti-mandripaky vo gny mosary
dra ao agnatin'gny tragno be. Ereo ze agny an-saha dra ho fatin'gny mesa, no hanimba ereo ao amin'gny tana kosa
gnny mosary vo gny areti-mandripaky.[16]Fa ereo sisa velo sasany dra hilefa boakeo amin'ereo, dra ho agny an-
tezovohisy ereo. Manahaky reo voromailala egny amin'gny lohasaha dra hitolokoloko ereo aby--- gny olo
kirairaiky nohon'gnyhelony aby.[17]Hiozongozo gny tana aby vo hamely manahaky gny rano gny lohaliky aby,[18]Vo
hanao akazo fandala ereo, vo hagnaro andreo gny horohoro; vo ho eo amin'gny tarehy aby gny hegnasy, vo gny
fahasola ho amin'gny lohan'ereo aby.[19]Hanoraky gny volafosin'ereo egny amin'gny lala ereo vo gny
volamenan'ereo dra hanahaky gny fako. Gny volafosy vo gny volamenan'ereo dra sy ho afaky hagnavosy andreo
amin'gny andron'gny hasosoran'i Yaveh. Sy ho voavomzy gny ain'ereo, vo sy ho voky gny hamosarin'ereo, akory
gny helony dra nazary vato manafitohy.[20]Amin'gny avognavony gny hangalan'ereo firavany voaravaky, vo
amin'ireo gny hanaovan'ireo gny sary fahavetavetan'ereo, vo reo raha maharikorikon'ereo. Noho zay, dra
havaliko ho raha maloto aminazy riho raha riho.[21]Boakeo dra hatolosiko ho babo eo an-tagnan'ireo vahiny vo ho
babo eo amin'gny rasy fagnahin'gny tany riho raha riho.[22]Dra hamaliky gny tarehiko amin'ereo Zaho gny fa
mandoto gny toera sarobidiko ereo; hilisy ao reo dahalo dra handoto anizay.[23]Manaova rozo, akory gny tany dra
feno gny fisaran'gny lio, vo gny tana dra feno herisetry.[24]Koa hinday reo rasy fagnahy fatrasy amin'ireo firene
Zaho, vo gny fanagnan'ereo gny tragnony, dra hanapisy gny avognavon'gny mahery Zaho, fa ho voaloto reo toera-
masin'ereo![25]Ho avy gny tahosy! Hitalia fiadagna ereo, fe sy hisy zay.[26]Loza miapy loza gny ho avy, vo hisy saho
miapy saho. Dra hiotalia fahita boak'amin'gny paminany ereo, fe gny lalana dra ho simba boakeo amin'ireo
pisoro vo gny torohevisy boak'amin'ireo zokiolo.[27]Gny pazaka dra handala vo gny andrian-dahy hisiky famoiza-
po, gno toa ka hangovisy gny tahosy gny tanan'ireo vahoakin'gny tany. Araky gny fomban'ereo avo gny hanovako
anizay amin'ereo! HIsar andreo araky gny fahiny Zaho mandra-pahafatas'ereo fa Zaho gny Yaveh."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 8

[1]Vo tamin'gny tao faheny vo gny vola fahaeny, tamin'gny andro fahalimin'gny vola, gny nitoboky tao an-tragnoko
zaho vo reo loholon'i Joda nitoboky teo agnoloako, dra nilasaky teo aminahy tao ndraiky gny tagnan'gny Tomp
Yaveh.[2]Dra nagnety zaho, vo ingp, nisy endriky lelahy. Nisy afo nanomboky teo amin'gny andilany mizoso. Vo
nanomboky teo amin'gny andilany miakasy dra niendriky raha mamirapirasy, manahaky gny vy manzelasy.[3]Vo
naninzisy miendriky tagna izy dra nandramby anahy tamin'gny volon-dohako; nanondrosy anahy teo
agnivon'gny tany vo gny lagnisy gny Fagnahy, vo tamin'ireo fahita boak'amin'Agnahary, gny nandesany anahy
tagny Jerosalema, teo amin'gny filira agnatin'gny vavahady avarasy, zay nizoroan'gny zapy ze nihansy
asarotapiaro lahibe.[4]Vo ingo, gny voninahisin'gny Zagnaharin'Israely dra tao, araky gny fahita zay hitako teo
amin'gny tany lemaky.[5]Vo ho izy taminahy ho: " Ry zanak'olo, asandrato magnavarasy gny masona." Ka dra
nasandrasiko magnavarasy gny masoko, vo teo avarasy gny vavahasy magneo amin'gny alitara, teo amin'gny
filira, gny sapin'gny asarotapiaro.[6]Dra ho izy taminahy ho: " Ry zanak'olo, mahita ze ahin'ereo se hanao? Reo dra
fahavetaveta lahibe ze ahin'gnyakohonan'Israely eto bo hapiala lavisy anahy amin'gny fitoerako masy. Fa hitoliky
hanao vo hahita fahavetaveta lahibe lavisy aza."[7]Boakeo dra nandesiny teo am-baravaran'gny kianza zaho, vo
nagnety, dra nisy lavaky raiky teo amin'gny rindry.[8]Ho izy taminahy ho: " Ry zanak'olo, lavao iho rindry iho." Dra
nandavaky gny rindry zaho, dra nisy vatragnara.[9]Vo ho izy taminahy ho: " Mandehana dra atio gny fahavetaveta
mahasiravy ze ahin'ereo ato."[10]Koa nilisy zaho vo nagnety, vo ingo! Nisy karazan-draha mandaly vo biby
mahasiravy! Gny sapin'gny akohonan'Israely aby dra voasokisy tamin'gny rindry magnodidy aby.[11]Nisy
loholon'gny akohonan'Israely fitopolo tao, vo Jazania zanadahin'i Safana dra nizoro teo agnivon'ereo. Nisanga teo
agnoloan'ireo sarin-draha ereo, vo gny lelahy kirairaiky dra samby nanday gny fandesa afony tegny atagnany aby
ba hapiakasy gny fofon-setroky gny ditin-kazo magnisy.[12]Ho isy taminahy: " Ry zanak'olo, hitanao se gny ahin'ireo
loholon'gny akohonan'Israely ao amin'gny mezy/ Gny kiraraiky dra samby manao anizay ao amin'gny efisy
mivon'gny sapiny, fa ho ereo ho: 'Sy mahita asika Yaveh! Fa nafoin'i Yaveh gny tany.'"[13]Vo ho izy taminahy: "
Mitoliha ndraiky dra atio reo fahavetaveta lahibe hafa ze ahin'ereo."[14]Boakeo nandesiny nagnao amin'gny
vavahady filira ao an-tragnon'i Yaveh zay teo amin'gny lafiny avarasy zaho, vo ingo! Nitoboky nandala an'i
Tamoza tao reo apela.[15]Dra ho izy taminahy: " Hitanao se zao, ry zamak'olo? Mitoliha ndraiky dra atio
hatramin'gny fahavetaveta lahibe noho reo aza."[16]Nandesiny tao amin'gny kianza agnatiny tao an-tragnon'i Yaveh
zaho, vo ingo! teo amin'gny filira tao amin'gny tepolin'i Yaveh teo agnelagnelan'gny lavaranga vo gny alitara, dra
nisy lelahyteo amin'gny dimy amby ropolo teo ho eo nagnome lambosy gny tepolin'i Yaveh vo niasinagna gny
tarehin'ereo, dra nanopo gny masoandro ereo.[17]Ho izy taminahy ho: " Hitanao se zao, ry zanak'olo? Moa se raha
keliky ho an'gny akohonan'i Joda gny fanova reo fahavetaveta zay ahin'ereo eto? FA nofenon'ereo herisetry gny
tany vo bo nivaliky ba hihansy Anahy amin'gny hahoriako ndraiky ereo, tamin'gny fametraha rasa-kazo eo
amin'gny oron'ereo.[18]Koa hiasa eo amin'ereo avo koa Zaho; vo sy hamindra fo andreo Zaho. Ndre dra mitomagny
amin'gny feo fatrasy asofoko aza ereo, dra sy hiteno andreo Zaho."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 9

[1]Dra nitomagny teo asofoko tamin'gny feo fatrasy izy, nanao ho: " Aoky hiakasy ao an-tana reo piamby, maindray
amin'gny fitovam-pialia fandrava egny an-tagnany aby."[2]Vo ingo! Nisy lelahy eny avy boakagny amin'gny
lalan'gny vavahady ambony zay mitoliky magnavarasy, samby niaraky tamin'gny fitova-pialia famonoa tegny an-
tagnany aby. Nisy lelahy raiky niakazo rongony fosy nindray tamina fitovan'gny panora-dala tegny agnilanyteo
agnivon'ereo. Ka nilisy ereo vo nizoro teo marin'gny alitarasaba.[3]Vo gny voninahisin'gny Zagnaharin''israely
niakasy boaky tao amin'gny kerobima zay teo an-tokonam-batrangaran'gny tragno. Nitoka gny lelahy niakazo
rongony fody zay nana gny fitovan'gny panora-dala tegny agnilany Izy.[4]Ho Yaveh taminazy ho: " Mandehana eo
agnivon'gny tana---agnivon'i Jerosalema--- vo asio mariky eo amin'gny handrin'ereo ze mitaray vo miseto gny
amin'gny fahavetaveta aby nahy teo agnivon'gny tana."[5]Vo niresaky tamin'ireo hafa teo asofoko Izy ho: "
Mandehana magnaraky anazy ao an-tan vo mamonoa. Aoky sy hana fangoraha gny masonao, vo ka
miferegnay[6]na olo antisy, tanora, viriziny , zaza madiniky na apela. Vono aby ereo! Fa ka magnato ze misy marky
eo amin'gny lohany. Atombohy ao amin'gny fitobohako masy!" Ka dra nanomboky tamin'ireo zokiolo ze teo
anoloan'gny tragno ereo.[7]Ho izy tamin'ereo ho: " Lotoy gny tragno, dra fenoy faty gny kianzanizay. Miboaha!" Dra
niboaky ereo ka nanafiky gny tana.[8]Gny bo nanafiky anizay ereo, dra hitako fa raiky zaho sady napiakohoky gny
tarehiko vo nitaray ka nano ho: "Indrisy, ry Tompo Yaveh, handrava reo sisa tavelan'Israely aby amin'gny
fandraraha gny fahorianao amin'i Jerosalema se hanao?"[9]Ho Izy taminahy ho: " Tafahoasy loasy gny heloky gny
akohonan'Israely vo Joda. Feno lio gny tany vo fena fahavetaveta gny tana, akory ho ereo ho: ' Fa nagnaligno gny
tany i Yaveh, vo ' sy mahita I Yaveh!'[10]Dra noho zay, sy hagnety amim-pangoraha andreo Zaho. Fa handay zay aby
zay ho eo an-dohan
[11]Ingo! Nihery gny lelahy niakazo rongony fody zay nana fitovan'gny panora-dala tegny agnilany. Nitatisy izy vo
nizaka ho: ' Fa nahiko ze iaby nandidianao."

## Chapter 10

1No nagnety magnagny amin'gny eloelo zay teo an-dohan'gny Kerobima zaho; dra nisy raha niseho teo
ambonin'ereo manahaky gny safira mana endriky seza fiandriana.2BOakeo Yaveh niresaky tamin'gny lelahy
nisiky rongony fosy dra nanao ho: " Mandehana eo agnelagnelan'ireo kodia eo ambanin'ireo Kerobima, dra feno
amin'ireo bakafo mirehisy boakeo agnelagnelan'gny Kerobima gny tagnanao dra aparitaho eo amin'gny atana
ereo." Dra nandeha ralelahy no nagnety zaho.3DRa nizoro teo an-kavanan'gny tragno gny Kerobima gny fa nilisy
gny lelahy, vo nisy raho nameno gny tao agnatin'gny kianza.4Nisandrasy boakeo amin'gny Kerobim gny
voninahis'i Yaveh vo nizoro teo an-tokonam-batragnaran'gny tragno. Nameno gny tragno tamin'gny raho izay, vo
dra feno gny famirapiratan'gny voininahis'i Yaveh gny kianza.5Gny feon'gny helasin'gny kerobima dra re hatragny
ivelan'gny kianza, sahala gny feon'Agnahary Tsitoha gny fa mizaka Izy.6Vo gny fa nandidy gny lelahy nisiky
rongony fosy Zagnahary dra nanao ho: " Mandrambesa afo boakeo agnelagnelanireo kodia zay eo amin'gny
kerobima," dra nilisy ralelahy vo nisanga teo agnilan'gny kodia.7Nisy kerobima raiky naninzisy gny tagnany teo
agnelagnelan'gny kerobima ho amin'gny afo zay teo amin'gny kerobima, dra nanandrasy vo nametraky anizay teo
an-tagnan'gny nisiky rongony fosy.Noresin-dralelahy zay dra nandeha niboaky izy.8Nahita raha sahala gny
tagnan'olo tao ambanin'gny elas-ereo zaho teo amin'gny kerobima.9Dra nagnety zaho, vo ndreo! Kodia efasy gny
teo agnilan'gny kerobima---kodia raiky teo agnilan'gny isaky kerobima---vo gny endrik'ireo dra manahaky gny
vato berila.10Gny endrik'ereo dra mitovy endriky amin'gny efasy aby amin'ereo, manahaky gny kodia mihao
amin'gny kodia hafa.11Gny fa niala ereo, dra nilisy tao amin'ireo lala efasy sy misy felogna amin'ireo lala-kafa. Fa
kosa, ndre teza ndre teza niatrefan'gny loha, dra narahin'ereo zay. Dra sy nihery tagny amin'gny lala-kafa araky
ze nandehanany sasy ereo.12GNy ain'ereo manotolo---isan'izay gny lambosiny, reo tagnany, vo reo elany---dra
voarakosy maso, vo maso avo koa gny nandrakosy gny kodia efasy magnodidy.13No niteno zaho, dra nisy nizaka
ho: "mikodiadiava" ireo kodia.14Nana tarehy efasy aby ereo; gny tarehy volohany dra tarehin-kerobima, gny
tarehy faharo dra tarehin-delahy, gny tarehy fahatelo dra liona, vo gny tarehy fahaefasy dra tarehy voro-mahery.
15Boakeo nisanga gny Kerobima---dra gny raha-managn'ay zay hitako teo amoron'gny ony Kebara. 16Isaky gny
nihesiky gny kerobima, dra nandeha teo agnilany koa gny kodia , vo isaky gny nanandrasy gny elany ba hienga
amin'gny tany gny kerobima, dra sy nivily reo kodia. Bo nizano teo agnilany reo.17Gny fa nizano gny kerobima,
dra nizano koareo kodia, vo gny fa nienga reo, dra nienga nindray tamin'izay koa reo kodia akory amin'ireo kodia
gny fagnahin'gny raha-managn'ay.18VO niala tao amin'gny tokonam-batragnaran'gny tragno gny voninahis'i Yaveh
ka nizano teo amin'ireo kerobima.19Namelasy gny elany gny kerobima vo nienga tamin'gny tany teo amasoko gny
fa niboaky ereo, vo nanao mitovy anizay teo agnilan'ereo gny kodia. Nizano tao amin'gny filira asignana magnao
amin'gny tragnon'i Yaveh ereo, vo gny voninahisin'gny Zagnaharin'Israely dra avy teo amin'ereo aby teo ambony.
20Reo gny raha-managn'ay ze fa hitako teo ambanin'gny Zagnaharin'Israely tamin'ireo lakan-drano Kebara, ka
fatako fa kerobima reo!21Nana tarehy efasy aby vo elasy aby ereo, vo endriky tagnan'olo ambany elas'ereo,22vo
gny endrikin'gny tarehiny dra manahaky gny tarehy ze fa hitako tao agnaty fahita tao amin'gny lakan-drano
Kebara, vo nandeha nahisy gny kirairaiky aby tamin'ereo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 11

[1]Dra napiakasy anahy gny Fagnahy ka nanday anahy tagny amin'gny vavahady asignanan'gny tragnon'i Yaveh,
zay miansignana, dra ingo, nisy lelahy dimy amby ropolo teo amin'gny lala magnagny amin'gny vavahady. Hitako
teo amin'ereo iJazania zanadahin'i Azora vo Pelata zandahin'i Benaia, pitariky gny vahoaky.[2]Ho Zagnahary
taminahy ho: " Ry zanak'olo, reo gny olo ze nihevi-drasy, vo nanapa-kevisy hiteti-drasy tamin'itiky tana tiky.[3]Ho
ereo ho: 'Sy fotoan'gny fagnorena tragno zao; tiky tana tiky gny vilagny, vo sika gny hena.'[4]Noho zay dra
maminania hanohisy andreo. Maminania, ry zanak'olo."[5]Dra nizoso taminahy gny Fagnahin'i Yaveh vo ho Izy
taminahy: " Zakao ho: Zao gny zakan'i Yaveh: araky ze zakandrareo, ry akohonan'Israely; fa fatasiko gny ao an-
saindrareo.[6]Fa napitombo gny olo ze novonondrareo tamin'itiky tana tiky handrareo sady nameno gny lalambeny
tamin'izay.[7]Noho zay, dra zao gny zakan'gny Tompo Yaveh: Gny olo ze novonondrareo, zay nahapasindrareo teo
agnivon'i Jerosalema gny fatiny, gny hena, vo tiky tana tiky gny vilagny. fe handrareo dra andesy miala eo
agnivon'itiky tana tiky.[8]Natahosy gny mesa handrareo, koa handay gny mesa ho amindrareo Zaho---zay gny
fagnambaran'gny Tompo Yaveh.[9]Handay andrareo hiala eo agnivon'itiky tana tiky Zaho, vo hametraky andrareo
ho eo an-tagnan'ireo hafa firene, akory handay fisara hanohisy andrareo Zaho.[10]Ho lavon'amesa handrareo. ha
sarako ao amin'gny faritanin'Israely handrareo ka ho fatandrareo fa Zaho gny Yaveh.[11]Tihoky tana tihoky dra ho
vilagny fandrahoandrareo, na ho hena ao agnatin'izay handrareo. Hisara andrareo ao amin'ireo faritanin'Israely
Zaho.[12]Dra ho fatandrareo fa Zaho gny Yaveh, Gny raiky zay sy narahindrareo gny liliny. Fa kosa, gny lilin'ireo
firene ze magnodidy andrareo gny notaterahindrareo."[13]Vo gny bo naminany zaho, dra maty i Pelatia zanadahin'i
Benaia. Koa nikarapoky niakohoky zaho ka nihiaky tamin'gny feo fatrasy vo nanao ho: " Indrisy, ry Tompo Yaveh,
moa se handripaky tateraky gny sisa amin'Israely Hanao?"[14]Avy taminahy gny zakan'i Yaveh, nanao ho: [15]" Ry
zanak'olo, reo rahalahinao! Reo rahalahinao! Reo lelahin'gny fokonao vo gny akohonan'Israely aby! Izy aby reo
gny nizakan'ireo nipetraky tagny Jerosalema ho: 'Lavisy an'i Yaveh ereo! Tihoky tany tihoky dra nome anay ho
fanagnanay.'[16]Noho zay zakao ho: ' Zao gny zakan'gny Tompo Yaveh: Ndre dra fa nangalaky andreo lavis'ireo
firene aza Zaho, vo ndre dra fa napiely andreo teo amin'gny tany aza Zaho, fe dra fitoera masy ho andreo
nandrisy gny fotoa keliky tagny amin'gny tany ze nandehan'ereo Zaho.'[17]Noho zay zakao ho: Ho voriako
boak'amin'gny vahoaky handrareo, vo havoriko boak'amin'ireo tany ze nielezandrareo handrareo, ka homiako
andrareo gny tanin'Israely.'[18]Dra handeha agny ereo ka hangalaky gny raha maharikoriko aby vo gny
fahavetaveta aby amin'izay toera zay.[19]Hagnomia andreo fo raiky Zaho, vo hametraky fagnahy vaovao ao
amin'ereo. Ho alako ao amin'gny nofon'ereo gny fo vato ka homeko fo nofo ereo,[20]ba hagnarahan'ereo gny lalako,
hagnataterahan'ereo gny liliko vo hanovan'ereo anizay. Dra ho vahoakiko ereo, vo ho Zagnaharin'ereo Zaho.[21]Fe
ho an'ereo ze mandeha am-pitiava magnagny amin'ireo raha maharikorikony vo reo fahvetavetany, dra
handesiko ho eo an-dohan'ereo avo gny fitondrantegnany---zay gny fagnambaran'gny Tompo
Yaveh."[22]Nanondrosy gny elany vo kodiarany zay teo agnilan'ereo gny kerobima, vo teo ambonin'ireo gny
voninahisin'gny Zagnaharin'Israely.[23]Dra niakasy boakao agnivon'gny tana vo nisanga teo an-tezovohisy teo
asignanan'gny tana gny voninahis'i Yaveh.[24]Nanondrosy anahy gny Fagnahy dra nanday anahy tagny Kaldea,
tagny amin'ireo voasesitany, tamin'gny fahita aboak'amin'gny Fagnahin'Agnahary, vo gny fahita ze hitako niakasy
boaky teo aminahy.[25]Dra nagnambara tamin'ireo voasesitany gny rahan'i Yaveh aby ze hitako zaho.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 12

[1]Avy taminahy gny zakan'i Yaveh, nanao ho:[2]" Ry zanak'olo, hanao dra monina eo agnivon'gny taranaky pikomy,
zay mana maso hagnitia fa sy magnety; vo mana sofy hahareza fa sy miteno, akory taranaky pikomy ereo.[3]Noho
zay no gny aminao, ry zanak'olo, dra homagno reo etanao ho amin'gny sesitany, dra manomboha miboaky
amason'ereo amin'gny andro mazava, fa Zaho dra hambabo anao eo amason'ereo boakeo amin'gny toeranao
magnagny amin'gny toera hafa. Vasa mety hanomboky hahita ereo, ndre dra taranaky pikomy aza.[4]Handesinao
amason'ereo amin'gny andro mazava reo etanao ho amin'gny sesitany; miboaha amason'ereo amin'gny hariva
amin'gny fomba fandehan'gny olo ho any amin'gny sesitany.[5]Mandavaha lavaky eo amin'gny rindry eo
amason'ereo, vo mandehana eo amin'izay.[6]Eo amason'ereo, hapiakaro ho eo an-sorokinao gny etanao, dra andeso
amin'gny mezy reo. Lombofo gny tarehinao, fa sy tokony hahita gny tany hanao, akory anpetrako ho famatara ho
an'gny akohonan'Israely hanao."[7]Koa dra nahiko zay, araky gny nandidia anahy. Nandesiko niboaky tamin'gny
andro mazava reo etako ho amin'gny sesitany, vo gny hariva dra nadavaky lavaky teo amin'gny rindry tamin'gny
tagna zaho. Nandesiko tamin'gny ezy reo etako, vo napiakariko teo an-soroko teo amason'ereo zay.[8]Boakeo avy
taminahy gny zakan'i Yaveh gny maray, nanao ho:[9]" Ry zanak'olo, moa gny akohonan'Israely, zeho taranaky
pikomy zeho, sy nagnotany ho: 'Ino ahinao tiky?'[10]Zakao andreo ho: 'Zao gny zakan'Gny Tompo Yaveh: tiky asa
faminania tiky dra mahakasiky gny andriandahin'i Jerosalema, vogny akohonan'Israely aby ze eo
agnivon'ereo.'[11]Zakao ho: ' Famatara ho andrareo Zaho. Araky ze fa nahiko gny ho ahy amin'ereo; ho agny an-
sesitany vo fahababoa ereo. [12]Gny andriandahy ze eo amin'ereo da hapiakasy gny etany eo an-sorony amin'gny
mezy, vo handeha eo amin'gny fefy. Handavaky eo amin'gny rindry ereo vo handay gny etan'ereo hiboaky.
Hanako gny tarehiny izy, ka sy hahita gny tany amin'gny masony.[13]Haparitakiko amin'gny haratoko vo ho trasy
amin'gny fandriko izy; boakeo handesikoagny Babylona, gny tanin'ereo Kaldeana izy, fa sy hahita anizay. Ho faty
agny izy.[14]Haparitakiko amin'gny lala aby avo koa reo aby magnodidy anazy vo gny tafiny aby, vo handefa mesa
hagnenziky andreo Zaho.[15]Boakeo ho fatas'ereo fa Zaho gny Yaveh, gny fa haparitakiko eo amin'ireo firene ereo
sady haeliko manera reo tany.[16]Fa hamindra fo olo masaiky eo amin'ereo Zaho amin'gny mesa, mosary, vo areti-
mandripaky, ba hitahiry gny fahvetavetan'ereo aby eo amin'ireo tany ze hangalako anazy ereo, dra ho fatan'ereo
fa Zaho gny Yaveh.'"[17]Avy taminahy gny zakan'i Yaveh nanao ho:[18]" Ry zanak'olo, hano am-pangovita gny
mofonao, vo inomy am-pangovita vo tahosy gny ranonao.[19]Boakeo zakao amin'ireo vahoakin'gny tany ho: 'Gny
Tompo Yaveh dra mizaka anizahoky mahakasiky an'ireo ponin'i Jerosalema, vo gmy tanin'israely: Hihina gny
mofony am-pangovita ereo sady hino gny ranon'ereo eo am-pangovita, akory ho foa amin'gny fahafenoany gny
tany nohon'gny herisetran'ereo aby mony ao.[20]Dra ho lao reo tana ze sy nisy ponina, vo ho ngaza gny tany; dra ho
fatandrareo fa Zaho gny Yaveh.'"[21]Avy taminahy ndraiky gny zakan'i Yaveh, nanao ho:[22]" Ry zanak'olo, ino tiky
ohabola zay anagnandrareo eo amin'gny tanin'Israely tiky zay manao ho: 'Mihalava gny andro, sady sy mahomby
gny fahitan'aby'?[23]Noho zay, zakao andreo ho: 'Gny Tompo Yaveh dra mizaka anizahoky: Ho taperiko tiky ohabola
tiky, vo sy hapiasa anizay sasy gny vahoakin'Israely.' Zakao andreo ho: ' Mariny gny andro gny fa ho tateraky gny
fahita aby.[24]Fa sy hisy fahita diso sasy na sikidy soa amin'gny akohonan'Israely.[25]Fa Zaho gny Yaveh! Mizaka Zaho,
sady manao reo zaka zinakako. Sy ho tara sasy reo ze zinakako. Fa hizaka anizahoky zaka zahoky Zaho amin'gny
andronndrareo, ry taranaky pikomy, sady hanao anizay!---zay gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh.'"[26]Avy
taminahy ndraiky gny zakan'Yaveh, nanao ho:[27]" Ry zanak'olo! Ingo, gny akohonan'Israely dra nizaka ho: 'Gny
fahita ze hitany dra ho amin'gny andro maro manomboky amizao, vo maminany gny amin'gny foto bo lavisy
izy.'[28]Noho zay dra zakao andreo ho: 'Gny Tompo Yaveh dra mizaka anizao: Gny zakako dra sy ho tara sasy, fa gny
zaka ze zinakako dra ho ahy---zay gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh.'"

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 13

[1]Avy amnahy ndraiky gny zakan'i Yaveh, nanao ho: [2]" Ry zanak'olo, maminania manoisy reo paminany ze
maminany agny Israely, dra zakao amin'ireo ze maminany araky eriseris'ereo manoka ho: 'Tenoy gny zkan'o
Yaveh. [3]Zeho gny zakan'gny Tompo Yaveh: Loza ho an'ireo paminany mola ze magnaraky gny fagnahiny avo, fe sy
nahita ndre ino ndre ino! [4]Ry Israely, reo paminaniniha dra fa manahaky gny amboadia egny amin'gny tany
ngaza.[5]Tsy nandeha namotiky gny rindry magnodidy gny hsaveregnan'Israely hanao so hagnambora anizeho,so
hiharitry amin'gny aly amin'gny andron'i Yaveh. [6]Mana fahta diso gny vahoaky dra manao faminania sandoky,
reo ze mizaka ho: "Zao vo zao gny fagnambaran'i Yaveh." Sy nagniraky andreo i Yaveh, fe ndre dra zeho aza ereo
dra napagnategna gny vahoaky fa ho tateraky reo hafas'ereo.[7] Sa sy bo fa nana fahita diso hanao dra nanao
faminania sandoky, hanao gny mizaka ho: "Zeho vo zeho gny fagnambaran'i Yaveh" fe Zaho vatako dra sy
nizaka?'[8]Noho zeho dra zzao gny zakan'gny Tompo Yaveh: 'Akory handrareo fa nana fahita diso sady nizaka
vandy--- noho zeho dra zao gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh manohisy andrareo: [9]Hizera reo paminany ze
mana fahita mavandy vo ze manao faminania sandoky gny tagnako. Sy ho ao amin'gny fiangonan'gny vahoakiko,
na ho sorata agnara ao amin'gny firaketan'gny hasaveregnan'Israely ereo; sy bo handeha agny amin'gny
tanin'Israely izy regny. Fa ho fatandrareo fa Zaho gny Tompo Yaveh![10]Noho zeho, dra akory ereo nitariky gny
vahoakiko tagny amin'gny lalan-diso dra nizaka ho: "Faidagna!" fe sy nisy fiadagna aby, dra magnory rindry ze ho
laloran'ereo amin'gny loko fosy ereo.' [11]Zakao amin'ireo ze mandalosy gny rindry ho: 'Hilavo zeho; hisay
kasak'orambe, dra handefa havandra Zaho so hapilavo anizeho, vo tafio-drivosy so handrodagny anizeho. [12]Ingo,
hilavo gny rindry. Sa ra sy nizaka tamindrareo gny hafa ho: "Eza gny lalotry fosy ze nahindrareo
tamin'itihoky?"'[13]Noho zeho dra zeho gny zakan'gny Tompo Yaveh: Handay tafio-drivosy amin'gny hahoriako Zaho,
dra hisy tondra-drano amin'gny fahavignirako! Gny havandra gny hamotiky tateraky anizeho amin'gny
hahoriako. [14]Fa hamotipotiky gny rindry ze nisarognandrareo tamin'gny lalotry fosy Zaho, dra handroda anizeho
amin'gny tany vo hapiharihary gny fagnambaniny. Ka dra hilavo zeho, vo handrareo aby dra ho ripaky
eoagnivon'izeho. Vo dra ho fatandrareo fa Zaho gny Yaveh.[15]Fa Zaho handripaky gny rindry amin'gny hahoriako
vo reo aby ze nandalotry anizeho. Hizak amindrareo Zaho ho: "Sy misy sasy gny rindry, na gny olo ze nandalotry
anizeho--- [16]reo paminani'Israely ze naminany mahakasik'i Jerosalema vo nana fahita fiadagna ho anazy. Fe sy
misy fiadagna! --- zeho gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh."'[17]Koa hanao, ry zanak'olo, hapagnatreho gny zanaky
apelan'gny vahoakiniha ze maminany araky gny eriseris'ereo manoka gny tarehiniha, dra maminania manohisy
andreo. [18]Zakao ho: 'Zeho gny zakan'gny Tompo Yaveh: Loza ho an'ireo apela ze manzaisy aoly mahasoa vinta eo
amin'gny farisy gny tagnany aby dra manao voaly araky gny habe sambihafa ho amin'gny lohan'ereo, apesay
hihaza olo. Hihaza gny oloko se handrareo so hagnavota gny aindrareo?[19]Fa nagnirasira Anahy tamin'gny
vahoakiko tamin'gny vary hordea raiky tana vo sombinsombi-mofo handrareo, so hamonoa olo ze sy tokony ho
faty, vo hitana gny ain'ireo ze sy tokony hanohy hiay sasy, noho reo vandindrareo tamin'gny oloko ze nahare.
[20]Noho zeho dra zao gny zakan'gny Tompo Yaveh; Zaho dra manohisy reo aoly mahasoa vinta ze napesandrareo
hamandriha gny ain'olo sahala gny ho voro regny ereo. Hamotipotiky regny boaky eo an-tagnandrareo Zaho; vo
gny olo ze voafandrikindrareo manahaky gny voro--- hanenga andreo handeha malalaky Zaho. [21]Hagnendaky reo
voalindrareo Zaho dra hamonzy gny vahoakiko eo an-tagnandrareo, so sy ho voafandriky eo an-tagnandrareo
sasy ereo. Ha fatandrareo fa Zaho gny Yaveh.[22]Akory handrareo magnakivy gnyfon'gny olo-mary amin'gny vandy,
ndre dra sy nagniry gny fahakiviany aza Zaho, sady akory napahery reo fihesiky gny olo rasy fagnahy handrareo
ho setrin'g'izeho so hagnavotany gny ainy--- [23]noho zeho dra sy hana fahita diso handrareo na hanohy faminania
sandoky sasy, akory hamonzy reo oloko hiboaky eo an-tagnandrareo Zaho. Ho fatandrareo fa Zaho gny Yaveh."'

Chapter 14

[1]Nagnato anahy gny sasany tamin'ireo loholon'Israely dra nitoboky teo agnoloako. [2]Dra avy taminahy gny zakan'i
Yaveh, nanao ho: [3]"Ry zanak'olo, reo lelahy reo nandramby tao am-pony reo sapin'ereo dra nametraky gny vato
fanafitohigna gny helok'ereo teo agnatrehan'gny tarehin'ereo. Tokony agnotanian'erep aminahy se zeho raha
zeho?[4]Noho zeho dra ambarao amin'ereo zeho dra zakao amin'ereo ho: 'Zao gny ambaran'gny Tompo Yaveh: Gny
olo aby ao amin'gny hasaveregnan'Israely ze mangalaky ao am-pony gny sapiny, na mametraky vato
fanafitohigna gny helony eo agnoloan'gny tarehiny, vo boakeo magnato paminany--- Zaho, Yaveh, dra hamaly
anazy araky gny isan'gny sapiny. [5]Ho ahiko anizeho so hapiheregnako gny hasaveregnan'israely ao am-pon'ereo
ze nala lavisy teo aminahy tamin'gny alalan'ireo sapin'ereo.[6]Noho zeho ambarao amin'gny hasaveregnan'Israely
ho: 'Zeho gny ambaran'gny Tompo Yaveh: Mibebaha dra miala amin'gny sapindrareo! Omeo lamosy gny
fahavetavetandrareo aby.[7]Ho an'gny olonaby boaky amin'gny hasaveregnan'Israely vo gny vahiny aby mizano ao
Israely ze mivaliky aminahy, ze mandramby ao am-pony reo sapiy dra mametraky vato fanafitohigna gny helony
eo agnoloan'gny tarehiny, vo magnato paminany boakeo so hitalia Anahy--- Zaho, Yaveh, mihisy gny hamaly
anazy. [8]Dra hagnandry anizeho olo zeho gny tavako sady hanao anazy ho famatara vo ohabola, akory ho
gongoriko sy ho eo amin'gny vahoakiko izy, dra ho fatandrareo fa Zaho gny Yaveh.[9]No misy paminany voafitaky
vo mizaka hafasy, dra Zaho, Yabeh, gny hamitaky anizeho paminany zeho; hagninzisy gny tagnako aminazy Zaho
dra hamotiky anazy eo amin'Israely vahoakiko. [10]Hitaty gny helony avo ereo; gny heloky gny paminany dra hitovy
amin'gny helok'ize magnotany anazy. [11]Noho zeho, dra sy hisitaky amin'gny fagnaraha Anahy sasy gny
hasavereagnan'Israely na handoto gny vatan'ereo amin'ireo fandikan-dalagna aby sasy. Ho vahoakiko ereo, vo ho
Zagnaharindrareo Zaho--- zeho gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh.'"[12]Dra avy taminahy gny zakn'i Y aveh,
nanaoho: [13]"Ry zanak'olo, no manota Aminahy gny tany raiky amin'gny fanaova ze mahadiso dra hagninzisy gny
tagnako eo amin'izeho Zaho dra hanapaky gny tehin'gny mofony, dra handefa mosary eo amin'izeho sady
handripaky gny olo vo gny biby ao amin'gny tany; [14]vo ndre tahoky lelahy telo tahoky aza--- Noa, daniela, vo
Joba--- gny eo agnivon'gny tany, dra sy afaky hagnavosy laha-sy gny ainy avo ereo amin'gny fahamarignan'ereo---
zeho gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh.[15]No mandefa bibidia masiaky manera gny tany Zaho dra mandripaky
anizeho so hazary taly lao ze sy afaky dinganin'gny olo noho reo biby, [16]dra ndre ao amin'izeho aza reo lelahy telo
reo--- nobo velo Zaho, ho gny Tompo Yaveh--- dra sy ho afaky gny hagnavosy ereo ndre dra ereo zanadahiny vo
reo zanakapelany aza; gny ain'ereo avo gny ho avosy, fa gny tany dra hizary tany lao.[17]Na no manday mesa
amin'izeho tany zeho Zahi dra mizaka ho: 'Ry mesa, mandehana manera gny tany dra haringano hiala amin'izeho
gny olo vo gny bibidia', [18]dra ndre dra eo agnivon'gny tany aza reo lelehy telo reo--- no bo velo Zaho, ho gny
Tompo Yaveh--- dra sy ho afaky gny hagnavosy ereo ndre dra reo zanadahiny vo reo zanakapelany aza; gny
ain'ereo avo gny ho avosy.[19]Na no mandefa areti-mandripaky amin'iho tany iho Zaho dra mandraraky gny
hahoriako eo amin'izeho amin'gny alalan'gny fandasahan-dio, so handripaha gny olo vo gny bibidia,[20] dra ndre
dra ao amin'izeho tany zeho aza i Noa, Daniela, vo Joba--- dra sy ho afaky gny hagnavosy reo zanadahiny vo reo
zanakapelany aza; gny ain'ereo avo gny ho avosy nohon'gny fahamarignan'ereo.[21]Fa zeho gny ambaran'gny
Tompo Yaveh: Azo atoky fa hahiko miharasy gny toe-draha amin'gny alalan'gny fandefasako reo fatrokafa efasy---
mosary, mesa, bibidia,vo areti-mandripaky--- amin'i Jerosalema so handripaha gny olo vo gny bibidia eo aminazy.
[22]Fe, ingo! Hisy ho tavela ao aminazy, reo sisa velo ze hiboaky mindray amin'ireo zanadahy vo reo zanakapela.
Ingo! Hiboaky ho agny aminiha ereo, dra hahita reo fomba vo fihesik'ereo hanao dra hiono mahakasiky gny
fatrokafa ze fa nalefako tagny Jerosalema, vo mahakasik'ireo raha hafa aby ze nalefako teo amin'gny tany. [23]Reo
sisa velo dra hapiegny andrareo nofa hitandrareo reo fomba vo fihesik'ereo, koa dra ho fatandrareo reo raha aby
fa vitako taminazy, fa sy nahiko raha fahatany reo! --- zeho gny fagambaran'gny Tompo Yaveh."

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 15

[1]Dra avy taminahy gny zakan'i Yaveh, nanao ho: [2]"Ry zanak'olo, ino gny mahasoa gy tahom-boaloboky bebe kokoa
noho gny hazo avy misy ransa ze eo amin'ireo hazo ao agn'ala? [3]Sa ra gny olo mangalaky hazo boaky amin'gny
tahom-boaloboky so hanaova raha? Na sa ra ereo manao fanantogna boaky ami'izeho so hagnatognan-draha?
[4]Ingo! No atpraky agnaty afo kita zeho, vo no nagnoro gny morony ro vo gny eo agnivony gny afo, dra bo soa
hanaovan-draha ze zeho?[5]Ingo! nofa tateraky zeho, dra sy afaky hanaova nadre ino ndre ino; azo atoky bokeo fa,
nofa nirehisy gny afo, dra sy bo azo hanaova ndre ino ndre ino zeho.[6] Noho zeho gny Tompo YAveh dra mizaka
zeho: Sy sahala reo hazo agny agn'ala, fa nagnome gny tahom-boaloboky ho kita ho an'gny afo Zaho; hanao
manahaky anizeho koa Zaho amin'ireo ponin'i Jerosalema.[7]Fa hanohisy andreo gny tavako. Ndre dra miboaky
boaky ao amin'gny afo aza ereo, dra handevo andreo amin'gny afo ; dra ho fatandrareo fa Zaho gny Yaveh, nofa
nanohisy andreo gny tarehiko. [8]Bokeo hahiko agny amin'gny tany foa gny tany akory nanota ereo--- zeho gny
fagnambaran'i Yaveh."



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 16

[1]Dra avy taminahy gny zakan'i Yaveh, manao ho:[2] "Ry zanak'olo, apahafataro mahakasiky reo fahavetavetany i
Jerosalema, [3]dra ambarao ho: 'Zao gny zakan'gny Tompo Yaveh amin'i Jerosalema: Gny fiandohaniha vo gny
nahaterahaniha dra tao amin'gny tany Kanana; Amorita gny raniha, vo Hetita gny reniniha.[4]Amin'gny andron'gny
fahaterahaniha, dra sy nanapaky gny tadi-poitriniha, na nagnadio aniha tamin'gny rano na nanasa aniha
tamin'gny ranon-sira, na nandrakosy lamba nagnodidy aniha gny reniniha. [5]Sy nisy maso nagnoraky aniha dra
hanao reo raha reo aminiha, so hangoraky aniha. Tamin'gny andro ze nahaterahaniha, niaraky tamin'gny
fankahala ho an'gny fiainaniha, dra natoraky teo amin'gny saha malalaky hanao.[6]Fe nandalo teo aminiha Zaho,
dra nahita aniha nihosinkosy tamin'gny lioniha; dra ho Zaho taminha tamin'gny lioniha ho: "Miveloma!" Dra ho
Zaho taminiha tamin'gny lioniha ho: "Miveloma!" [7]Napitomboko manahaky gny voly egny amin'gny saha hanao.
Niha-maro hanao sady nihalahibe, dra nizary ravaky gny firavaky. Nisiry nono hanao, dra niha-natevy gny
voloniha, ndre dra nitanzaky vo niborida aza hanao.[8]Nandalo teo aminiha ndraiky Zaho, dra hitako hanao. Ingo!
avy taminiha gny fotoan'gny fitiava, dra namelasy gny akazoko taminiha Zaho sady nanafosy gny fitanzahaniha.
Bokeo dra nifata taminiha Zaho dra nanday aniha tamin'gny faneke--- zeho gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh---
dra lasa Anahy hanao.[9]Dra nanasa aniha tamin'gny rano vo nanasa gny lio taminiha Zaho, dra nagnosotry dililo
aniha. [10]Napiakazoko tamin'ireo akazo misy peta-kofehy hanao sady nasiko kapa holisy gny tomboniha.
Nirakofako tamin'gny rongony fosy madiniky hanao sady nisaforako tamin'gny landy.[11] Bokeo dra niravahiko
tamin'gny firavaky hanao, dra nasiako haingon-tagna gny tagnaniha, vo rozo magnodidy gny vozoniha. [12]Nasiako
kavin'oro gny vavoroniha vo kavin-sofy gny sofinya, vo satro-boninahisy soa tarehy teo ambony gny lohaniha.
[13]Dra voaravaky tamin'gny volamena vo volafosy hanao, sady niakazo rongony fosy madiniku, landy. vo akazo
misy peta-kofehy; nihina koba manify hanao, tately, vo dililo, dra vatany tarehy vatany hanao, dra lasa pazaka
vavy. [14]Niely teo amin'ireo firene nohon'gny haosaniha gny lazaniha, akory tonga lafatry tamin'gny fiandriana ze
nomeko aniha hanao--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh.[15]Fa natoky gny hasoaniha hanao, dra nanao manahaky
gny pivarobata nohon'gny lazaniha; nandraraky gny fivarota-bataniha tamin'ize iaby nandalo hanao, dra lasany
ho gny hasoaniha. [16]Bokeo dra nangalaky reo akazoniha hanao vo nanao toera abo voahengo karazan-doko
tamin'ireo ho aniha, vo tao hanao gny nanao gny fivarotam-bataniha. Sy tokony niseho zeho. Ndra ho tokony sy
nisy gny raha manahaky anizeho.[17]Nalaniha reo firavaky manify vita tamin'gny volamena vo volafosy ze nomeko
aniha, dra nanao sarin-lelahy ho aniha hanao, dra nanao manahaky ze ahin'gny pivarobata tamin'ireo.[18] Nalaniha
reo akazo misy peta-kofehy dra nasafosiniha reo, vo napetrakiniha teo alohan'ireo gny dilililiko vo reo raha
magnisiko. [19]Gny mofo ze nomeko aniha--- vita tamin'gny koba manifu, dililo, vo tately--- dra napetrakiniha teo
alohan'ireo so ho hagnisy ankasitraha, fa zeho gny niseho--- zeho gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh.[20]Bokeo dra
nalaniha reo zanadahiniha vo reo zanakanpelaniha ho Anahy, dra nahiniha soro ho an'ireo sary ereo ho
voarapaky manahaky gny sakafo. Sa ra olana keliky reo asa fivarota-bataniha? [21]Novoniha reo zanako dra
nahiniha tao amin'gny afo. [22]Sy nihevisy mahakasiky reo andron'gny fahatanoraniha hanao tamin'ireo
fahavetavetaniha vo reo asa fivarotam-bataniha, tamy nitanzaky vo niborida sady bo nihoso tamin'gny lioniha.
[23]Loza! Loza ho aniha! --- zeho gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh--- noho zeho, fagnapin'ireo harasim-pagnahy
aby reo, [24]dra nagnory efitragno abo ho aniha eraky gny kalamanzagna aby hanao.[25]Nagnory gny toera aboniha
tagny amin'gny lohan'gny lala soa hanao sady nanimbazimba gny hosaniha, fa nagnome gny vataniha ho an'ize
iaby nadalo hanao sady napitombo asa fivarotam-bata maro. [26]Nanao manahaky gny pivaro-bata nindray
tamin'ireo Egyptiana, reo piara-monina le fila, sady nanao asa fivarotam-bata maro, nahaory Anahy hanao.[27]Ingo!
hizera aniha amin'gny tagnako Zaho sady hagnazano gny hsakafoniha. Hatoloso an'ireo fahvaloniha, dra reo
zanakapelan'ireo Filistina, ze megnasy tamin'gny toetry mamoafadiniha gny ainiha. [28]Nanao manahaky gny
pivarobata nindray tamin'ireo Asy riana hanao akory sy nety afa-po. Nanao manahaky gny pivarobata hanao dra
bo sy nety afa-po avo. [29]Napitombo asa fivarota-bata maro tao amin'gny tanin'ireo pivaros'i Kaldea hanao, sady
ndre zeho aza dra nahafa-po aniha.[30]Manahaky gny akory gny fahararian'gny fonao--- zeho gny fagnambaran'gny
Tompo Yaveh--- gny anaovaniha reo raha aby reo, dra asan'ireo pivaro-bata sy megnasy? [31]Nagnory reo toera
aboniha teo amin'gny lohan'gny lala aby hanao sady nagnory tragno abo ereky gny kalamanzagna aby. Fa koa sy
manahaky gny pizangazana hanao akory nanda hamdramby vola.[32]Hanao ry apela pizangazana, nagneky reo
hafa hanao no tokony ho gny valiniha avo. [33]Gny olo dra magnome vola reo pivaro-bata aby, fa hanao koa
nagnome gny karamaniha ho an'ireo olon-tianiha aby vo namitaky andreo so ho avy ao aminiha boaky
amin'gnymagnodidy aby ho an'gny asa fivarotan-bataniha. [34]Dra misy fahasambihafa aminiha vo reo apela hafa
reo, akory sy misy olo magnato aniha so hangataky aniha hindray amin'ereo. Fe koa, mandoa vola amin'ereo
hanao. Sy misy olo mandoa volo aminiha.[35]Noho zeho, ry pivaro-bata, tenoy gny zakan'i Yaveh. [36]Yaveh Tompo


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

mizaka zao: Akory hanao nandraraky gny filaniha sady napiseho gny farisy mamoafadiniha tamin'ireo asa
fivarotam-bata nindray tamin'ireo olon-tianiha aby vo nindray tamin'ireo sapy vetavetaniha aby, vo nohon'gny
lion'gny zanakini ze nomeniha an'ireo sapiniha, [37]noho zeho, ingo! hamory reo olon-tianiha aby ze nihaognaniha,
reo aby tianiha vo ireo aby halaniha, dra hamory andreo hanohisy aniha amin'gny lafiny aby Zaho. Hapiseho gny
farisy mamoafadiniha amin'ereo Zaho. Hapiseho gny farisy mamoafadiniha amin'ereo Zaho so hahitan'ereo gny
fitanzahaniha aby.[38] hagnasazy aniha amin'gny fizangazanganiha vo gny fandasahan-dio Zaho, sady handay reo
lion'gny hahoriako vo gny fahasarotam-piaroko eo aminiha. [39]Hatolosiko eo an-tagnan'ereo hanao so
hanzeran'ereo gny efitragno aboniha vo handrodagnan'ereo gny toera aboniha dra hangala gny akazoniha vo
hangaka reo firavakiniha aby ereo. Ho engan'ereo mitanzaky vo miborida hanao.[40]Bokeo dra handay vahoaky
hanohisy aniha sady hitoraky aniha amin'gny vato Zaho, dra ho tebitebib'ereo amin'gny mesan'ereo hanao.
[41]Hagnoro gny tragnoniha ereo sady hapitombo reo saziniha eo amason'ireo apela maro, fa hamara gny
fivarotam-bataniha Zaho, dra sy handoa vola amin'ireo olon-tianiha sasy hanao. [42]Bokeo dra hapitony gny
hahoriako aminiha Zaho; hiala aminiha gny hahoriako, akory ho afa-po Zaho, dra sy ho ory sasy.[43]Akory sy
nahasiaro reo andron'gny fahatanoraniha hanao vo napiozongozo Anahy tamin'gny hahoria noho reo raha aby
reo, noho zeho, ingo! Zaho mihisy gny hapizoso gny sazy noho ze vitaniha ho eo amin'gny lohaniha --- zeho gny
fagnambaran'gny Tompo Yaveh. Sa sy napianiha fivarota-bata ra reo fapihara maharikoriko hafa aby?[44]Ingo! Ze
iaby mizka ohabola mahakasiky aniha dra hizaka ho: "Manahaky gny reniny avo, dra manahaky anizeho koa gny
zanakapelany." [45]Zanakapelan'gny reniniha, ze nalay gny valiny vo gny zanany hanao, vo rahavavin'ireo
rahavaviniha ze nalay reo valiny vo reo zanak'ereo. Hetita gny reniniha, vo Amorita gny raniha.[46]Gny zokiniha
vavimatoa dra Samaria vo reo zanakapelanu dra reo ze mitoboky agny avarasy, no ako dra mitoboky agny
asimoniha gny rahavaviniha faravaviniha, zeho ho, Sodoma vo reo zanakapelany.[47]Hanao dra sy nandeha
tamin'gny lalan'ereo sady nangalaky manahaky gny fitondran-tegnan'erei vo gny fahin'ereo avo, fa rasy tamin'gny
fombaniha aby noho ereo hanao. [48]No bo velo koa Zaho--- zeho gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh--- Sodoma
rahavaviniha vo reo zanakapelany, dra sy nanao rasy maro manahaky aniha vo ze vitan'ireo zanakapelaniha.
[49]Ingo! Zeho gny fahotan'i Sodoma rahavaviniha: Niavognavo tamin'gny fahamaroan-kaniny, tamin'gny sy
fitandrema vi sy firaharahia mahakasin'gny raha lahibe izy. Sy nagnapy reo mahantra vo reo olo mila fagnapia
izy. [50]Niavognavo vo nanao asa vetaveta teo agnatrehako izy, dra nalako araky gny hitandrareo ereo.[51]Samaria dra
sy nanao gny ansasaky gny fahotaniha aby; hanao koa nanao raha vetaveta maro be noho ze nahin'ereo, dra
napiseho hanao fa reo rahavaviniha dra mendriky kokoa noho hanao noho reo raha vetaveta aby ahiniha!
[52]Hanao manoka, gny mapiseho gny hegnasiniha; tamon'izeho fomba zeho gny nanehoaniha fa reo rahavaviniha
dra mendriky kokoa noho hanai, noho reo fahota ze nahiniha tamin'ireo fomba vetaveta aby reo. Reo
rahavaviniha amizao dra ako mendriky noho hanao. Hanao manoka, gny napiseho gny hegnasinao, dra
tamin'izeho fomba zeho gny nanehoaniha fa reo rahavaviniha dra mendriky noho hanao.[53]Fa hapihery amin'gny
laoniny reo haren'ereo Zaho --- reo haren'i Sodoma vo reo zanakapelany, vo reo haren'i Samaria vo reo
zanakapelany; fa reo hareniha koa dra ho eo amin'ereo. [54]Amin'ireo raha reo gny hanehoaniha gny hegnasiniha;
ho afa-baraka nohon'gny raha aby vitaniha hanai, vo amin'izeho fomba zeho dra ho fapiegnena ho andreo hanao.
[55]Koa i Sodoma rahavaviniha vi reo zanakapelany dra ho ahery amin'gny toetrin'ereo teo aloha, vo i Samaria vo
reo zanakapelanu dra ho ahery amin'ireo fanagnany teo aloha. BOkeo hanao vo reo zanakapelaniha ho ahery
amin'gny fari-piaignaniha teo aloha.[56]Sodoma rahavavinao dra sy voatondron'gny vavaniha aby tamin'ireo andro
nireharehaniha, [57]talohan'gny nagnambara reo harasianiha. Fa androany dra ambenty fahafaham-baraka
amin'ireo zanakapelan'i Edoma vo reo zanakapelan'ireo Filistia aby magnodidy anazy hanao. Manao sinosino
aniha aby gny vahoaky aby. [58]Haneho gny hegnasiniha vo reo asa vetavetaniha hanao! --- zeho gny
fagnamabaran'i Yaveh![59]Zeho gny zakan'gny Tompo Yaveh: Hifapiraharaha aminiha araky ze magneva aniha
Zaho, hanao ze nanao sinosino gny voadiniha tamin'gny fandrava gny faneke.[60]Fa Zaho mihisy gny hapasiahy gny
fifanekeko taminiha ze nahy tamin'ireo andron'gny fahatanoraniha, dra hanao faneke sy manam-pahatapera
mindray aminiha Zaho. [61]Dra hahasiaro reo fombaniha hanao dra ho megnasy nofa handrambuy reo zokiniha
apela vo reo zandriniha apela. Homeko aniha manahaky gny zanakapela ereo, fe sy nohon'gny fanekeniha.[62]Zaho
mihisy gny hanao faneke mindray aminiha, dra hahafatasy hanao fa Zaho gny Yaveh. [63]Noho reo raha reo, dra
hahasiaro gny raha aby hanao dra ho megnasy, vo sy hanokasy gny vavaniha so hizaka sasy hanao nohon'gny
hegnasiniha, nofa nanenga aniha tamin'ireo ze nahiniha aby Zaho--- zeho gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 17

[1]Avy taminahy gny zakan'i Yaveh, nanao ho: [2]"Ry zanak'olo, manaova fapanonona sady mizaka fagnohara
ami'gny hasaveregnan'Israely. [3]Zakao ho: 'Zeho gny zakan'gny Tompo Yaveh: Nisy voromahery lahibe ze mana
elasy lahibe vo volon'elasy lava, feno volom-boro, sady maro loko nagnagny Libanona dra nita gny teo an-
tendron'gny hazo sedeea. [4]Nanapaky gny tendron'gny ravy eo amin'ireo sapa zehi sady nanday reo tagny
amin'gny atany Kanana; namboly anizaho tao amin'gny tanan'ireo pivarosy izy.[5]Nangalaky volon'gny tany
misimisy koa izy dra namboly anizeho tamin'gny tany mahavokasy. Napetrany teo amoron'gny vatan-drano
lahibe manahaky gny hazo malahelo zeho. [6]Dra nisimoky dra nazary fielezan'gny voaloboky ambany amin'gny
tany zeho. Reo sapany dra niodiky teo aminazy, vo gny fakany nitombo teo ambanin'izeho. Dra laza voaloboky
sady namokasy ransa zeho dra namoaky sapany.[7]Fa nisy voromahery lahibe hafa koa ze mana elasy lahibe vo
volom-boro maro. Ingo! Tiky voaloboky tiky dra napiodiky gny fakany tamin'gny voromahery, vo mamelasy reo
sapany tamin'gny voromahery boky eo amin'gny toera ze fa nambolo anizeho so ho voatondroky anizeho.
[8]Voavoly teo amin'gny tany soa amoron'gny vatan-drano lahibe zeho dra afaky mamokasy sapa vo mapisimoky
vokasy, so ho lasa voaloboky mahafinarisy.'[9]Zakao amin'gny vahoaky ho: 'Zeho gny zakan'gny Tompo Yaveh: Ho
ambinigny se zeho? Sy hombota amin'gny fakany vo endahy amin'gny vihiny so halazo se zehi, sady bo halazo
gny solofony aby? Sy hisy sandry mahery na vahoaky maro ilay so hagnombosy zeho amin'ireo fakany. [10]Ka ingo!
Ndre dra voavoly aza zeho, dra hisimoky se? Sy halazo se zeho nofa mikasiky anazy gny rivosy boky agny
asinagna? Halazo tateraky amin'gny teti-drasiny zeho."'[11]Dra avy taminahy gny zakan'i Yaveh, manao ho: [12]"Zakao
amin'gny taranaky pikomy ho: 'Haindrareo se gny dikan'ireo raha reo? Ingo! Avy tao Jerosalema gny pazakan'i
Babylona dra nangala gny pazakany vo reo andrian-dahiny dra nanday andreo tagny aminazy tagny Babylona.
[13]Dra nanday taranak'andria izy, nanao faneke taminazy, dra nanday anazy tamin'gny fifata. Namoaky reo
vahoaky mahery teo amin'gny tany izy, [14]so hietry gny fanzaka fa sy hiary. Amin'gny fitandrema gny fanekeny gny
hahavelo gny tany[15]Fa gny pazakan'i Jerosalema dra nikomy nanohisy anazy tamin'gny fandefasa reo masoivoho
ho agny Egypta so hahazo sovaly vo tafiky. Hahomby se izy? Hilefa se ze manao zeho raha zeho? No mamadiky
gny faneke izy, dra hilefa se?[16] No velo koa Zaho! --- zeho gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh --- dra ho faty eo
amin'gny tanin'gny pazaka ze nanao anazy ho pazaka vatany izy, gny pazaka ze nainy sinosino gny fafatany, vo ze
nivaliky gny fanekeny. Ho faty eo agnivon'i Babylona izy.[17]Farao vo gnt tafiny mahery vo reo fiangonan'gny olo
maro ho amin'gny aly dra sy hiaro anazy agn'aly, nofa magnory fahirano dongon-tany vo fahirano rindry
handripaha olo maro gny tafikin'gny Babylona.[18] Fa nanao sinosino gny fifatany tamin'gny famadiha gny faneke
gny pazaka. Ingo, fa naninzisy gny tagnany hanao fapagnatena izy sady fa nanao reo raha iaby reo. Sy hilefa izy.
[19]Ka zeho gny zakan'gny Tompo Yaveh: No velo koa Zaho, sy gny fifatako se gny nahiny sinosino vo gny fanekeko
gny nivalihany? Koa handay gny fatrokafa ho eo amin'gny lohany Zaho! [20]Hapiely gny haratoko eo aminazy Zaho,
dra ho trasin'gny harato fihazako izy. Dra handay anazy agny babylona vo hapihatry fisara aminazy agny Zaho ho
an'gny famadiha ze nahiny no namaliky Anahy izy! Gny felofany aby ao amin'gny tafiy [21]dra lavon'gny mesa, vo
reo ze mitoesy dra ha[aritaky agny amin'gny lala aby. Dra ho fataniha fa Zaho gny Yaveh; Zaho gny nagnambara
fa hitranga zeho."[22]Zeho gny zakan'gny Tompo Yaveh: 'Koa gny vatako mihisy gny hanaga gny ransa abo amin'gny
hazo sedera, dra hamboly anizeho eo amin'ireo sampa malefaky. Hanapaky anizeho Zaho, vo gny vatako gny
hamboly anizeho agny amin'gny tendrombohisy abo. [23]Hamboly anizeho agny amin'gny tendrombohis'Israely
Zaho dra handnransa vo hamokasy vihy zaho, dra hazary sedera malaza ze honegnan'gny voro managn'elasy aby
zeho. Hitoesy eo amin'gny alokalok'ireo sapany ireo.[24]Dra ho fatasy gny hazo aby agny an-saha fa Zaho gny Yaveh.
Mapietry gny hazo aby vo manandrasy reo hazo iva Zaho. Mapalazo gny hazo voatondraky Zaho sady mapisiry
gny hazo maiky. Zaho gny Yaveh, fa nambarako fa hitranga zeho; sady fa nanao anizeho Zaho."'



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 18

[1]Avy aminhy ndraiky gny zakan'i Yaveh, manao ho: [2]"Ino gny tianiha hambara, hanao ze mapiasa anizeho
ohabola zeho mahakasikin'gny tanin'Israely dra manao ho:' Gny ra dra mihina voaloboky madiro, vo gny
nifin'gny zanaky dra nahy naragnisy'?[3]No bo velo koa Zaho--- zeho gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh--- sy hisy
fahafaha ho aniha hapiasa tiky ohabola tiky agny Israely sasy. [4]Ingo! Gny fiaigna aby dra Anahy--- gny
fiaignan'gny ra manahaky gny fiaignan'gny zanaky, Anahy ereo! Gny fagnahy ze manota gny ho faty![5]Ino gny
afaky zaka mahakasikin'gny olo ze mary vo ze magnatateraky gny rariny vo gny fahamarigna--- [6]no sy mihina eo
amin'gny tendrombonihisy na manandrasy gny masony amin'gny sapin'gny hasaveregnan'Israely izy, sady sy
mandoto gny piara-belo amin'gny valny, magnariny apela amin'gny fadim-bolany, sa ra lelahy mary izy?[7]Ino gny
afaky zaka mahakasikin'gny lelahy sy mapahory an'ia na ia, sady mapihery an'gny pitrosa ze napetrky ho ferova
ho an'gny findramam-bola izy, vo sy mangalasy fa magnome gny hanihy ho an'gny resy vo magnasaro gny
mitanzaky amin'gny fitafy, sa ra olo-mary izy? [8]Ino gny afaky zaka mahakasikin'gny olo mangala tombony be
loasy amin'gny vola indraminy, dra sy mangala tombony be loasy amin'ize aviliny? Nizaka mahakasiky anazy fa
manday gny rariny vo mametraky fahatoka eo amin'gny olo izy. [9]No mandeha amin'gny lalako zeho olo zeho dra
mita gny liliko bo hiasa am-pahatokia, dra zeho gny fapagnantena ho an'itiky olo-mary tiky: ho velo vatany izy---
zeho gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh.[10]Fa no ahy ho manan-zanaky mahery setry ze mandasa-dio vo manao
maro amin'ireo raha ze nitanisay teto ereo [11]ndre dra sy nanao reo raha reo aza gny rany, fa mihina eo amin'ireo
tendrombohisy mamitaky gny piara-belo amin'gny valiny izy, ino gny afaky zaka mahakasiky anazy?[12]Mapahory
gny mahantra vo gny mila fagnapia zeho olo zeho, dra mambabo sady mandroba izy, dra sy mapihery gny
antoky, dra manandrasy gny masony amin'ireo sapy vo manao asa maharikoriko, [13]dra mapindram-bola be loasy
izy dra mangala tombony be loasy amin'ize aviliny, tokony ho velo se zeho olo zeho? Azo antoky fa sy ho velo! Ho
faty vatany izy vo gny liony dra ho eo aminazy akory nanao reo raha mahasiravy aby reo izy.[14]Fa ingo! Hevero ho
misy olo miteraky zaza lelahy, vo gny zanany lelahy dra mahita gny gny fahota aby ze nahin'gny rany, vo ndre dra
hitany aza ireo, dra sy manao reo raha reo izy. [15]Sy mihina eo amin'gny tendrombohisy zeho zanadahy zeho, dra
sy manadrasy gny masony amin'ireo sapin'gny hasaveregnan'Israely, vo sy mamitaky gny piara-belo amin'gny
valiny, ino gny afaky zaka mahakasiky anazy?[16]Sy mapahory ndre ia ndre ia zeho zanaky zeho, na manao antoky,
na mangalaky raha nangalary, fe koa magnome gny haniny ho an'gny resy sady magnasaro gny mitanzaky
amin'gny fitafia. [17]Sy mapahory ndre ia ndre ia ndre mindram-bola be loasy ndre mangala tombony be loasy
amin'gny findramam-bola zeho zanadahiny zeho, fe manday gny lalagnako vo mandeha araky gny liliko; sy ho
faty nohon'gny fahotan-drany zeho zanadahiny zeho: azo antoky fa ho velo izy![18]Akory mapahory gny hafa amin-
kery sady mandroba gny rahalahiny, dra manao ze sy mety eo amin'gny olo, gny rany--- Ingo, ho faty amin'gny
helony izy.[19]Fa hanao mizaka ho: 'Nagnino gny zanadahy gny sy manday gny heloky gny rany?' Akory fahisia vo
fahamarigna sady mitandry gny lalagnako aby gny zanadahy; manao reo izy. Azo antoky fa ho velo izy! [20]Gny
raiky ze nanota, gny ho faty. Gny zanadahy dra handay gny heloky gny rany, vo gny ra sy handay gny heloky gny
zanadahiny. Gny fahamarignan'gny raiky ze miasa soa dra ho aminazy avo, vo gny faharasian'gny rasy fagnahy
dra ho aminazy avo.[21]Fa no miala amin'gny fahota aby ze nahiny gny rasy fagnahy, dra mitandry gny lalagnako
sady manao gny rariny vo gny fahamarigna, dra azo antoky da ho velo izy fa sy ho faty. [22]Gny fandikan-dalagna ze
fa nahiny dra sy hapasiahivy anazy. Hiay amin'gny fahamarigna ze hahiny izy.[23]Sa ra vatany miravoravo fatrasy
amin'gny fahafatesan'gny rasy fagnahy Zaho--- zeho gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh--- fa sy amin'gny fialany
amin'gny lalany so hahafahany miay?[24]Fa no miala amin'gny fahamarignany vo manota sady manao heloky vo
fahavetaveta manahaky gny fahavetaveta aby ahin'gny olon-drasy gny olo-mary, dra ho velo se izy? Gny
fagamarigna aby ze fa nahiny dra sy hapasiahivy sasy nofa mamadiky Anahy amin'gny famadihany izy. Dra ho
faty amin'gny fahota ze nahiny izy.[25]Fa hanao mizaka ho: 'Gny lalan'gny Tompo dra sy ara-drariny!' Tenoy, ry
hasaveregnan'Israely! Sa ra sy ara-drariny gny lalagnandrareo? [26]Nofa miala amin'gny fahamarignany gny olo-
mary, dra manota dra maty noho ireo, dra ho faty amin'gny fahota ze nahiny izy.[27]Fa no miala amin'gny faharasia
ze nahiny vo manao gny rariny vo gny fahamarigna gny rasy fagnahy, dra hahavonzy gny fiaignany izy. [28]Fa
nahita dra niala tamin'gny fandikan-dalagna aby ze fa nahiny izy. Azo antoky fa ho velo izy, dra sy ho faty.[29]Fa gny
hasaveregnan'Israely mizaka ho: 'Gny lalan'gny Tompo dra ara-drariny!' Amin'gny fomba akory gny sy maha-ara-
drariny gny lalagnako, ry hasaveregnan'Israely? Reo lalagnaniha gny sy ara-drariny. [30]Noho zeho dra hisara gny
lelahy kiraikiraiky ao amindrareo anaky reo fombany Zaho, ry hasaveregnan'Israely!--- zeho gny
fagnambaran'gny Tompo. Mibebaha dra mela amin'gny fandikan-dalagnandrareo so sy ho vato misaka fahota
amindrareo ereo.[31]Alao amin'gny vatandrareo reo fandikan-dalagna aby ze fa nahindrareo reo; ahivo fo vaovao

vo fagnahy vaovao gny vatandrareo. Nagnino hanao gny tokony ho faly, ry hasaveregnan'Israely?
32 Fa sy faly amin'gny fahafatesan'ize maty Zaho--- zeho gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh--- koa mibebahya dra miveloma!"

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 19

[1]" Androany hanao, manaova fitomagnia hanohisy reo pitariky gny Israely [2]dra zakao ho: 'Ia gny renindrareo?
Liona vavy, nindray nitoboky tamin'gny zanaky gny liona izy; teo agnivon'gny liona tanora, nikolokolo reo zanany
izy. [3]Izy gny niteza gny raiky tamin'ireo zanany hazary liona tanora, liona ze nianasy namiravira reo hazany, vo
dra nihina olo ereo. [4]Bokeo reo firene nahare gny mahakasiky anazy. Trasy tao amin'gny fandrik'ereo izy, vo dra
nandesin'ereo tamin'gny farangi ho agny amin'gny tanin'i Egypta.[5]Dra hitany fa ndre dra niamby gny fiheregnany
aza izy, dra sy mana fagnatena ssasy izy amizao, dra nangala hafa tamin'ireo zanany izy dra niteza anazy hazary
liona tanora. [6]Niaodiaody teo agnivonireo liona zeho liona tanora zeho. Liona tanora izy dra nianasy
namiravirava reo hazany; nihina olo izy. [7]Nisamboriny reo pantavatan'ereo, sady niravany gny tanan'ereo. Gny
tany vo gny fahafenony dra nafo nohon'gny feon'gny fierosiny.[8]Fa avy hanohisy anazy reo firene boaky amin;ireo
faritany magnodidy; namelasy gny haraton'ereo teo amboniny ereo. Vaosambosy tao amin'gny haraton'erep izy.
[9]Tamin'gny faranga gny nanaovan'ereo anazy tao amin'gny fagnagiaza dra nandesin'ereo tagny amin'gny
pazakan'i babyloa izy. Nandesin'ereo tagny amin'gny ferova fatrasy izy so sy ho re ao amin'ireo
tendrombohis'Israely sasy gny feony.[10]Gny reniniha dra sahala gny voaloboky misiry ao amin'gny lioniha eo
agnilan'gny rano. namokasy zehodra feno ransa nohon'gny fitobaky gny rano. [11]Fatrasy gny ransan'izeho ze
fapiasa ho tehin'ireo panapaky, vo gny haben'izeho dra nasandrasy ambonireo ransany, vo gny haabony dra hita
amin'gny haben'gny raviny.[12]Fa nombota tamin'gny fahavignira gny voaloboky dra natoraky tamin'gny tany, dra
nisy sioky boaky agny asinagna nagnamaigny gny vihiny. Reo ransany fatrasy dra tapatapaky sady nalazo dra
gny afo gny nandevo anazy reo. [13]Koa androany dra nambole agny an-tany efisy zeho, agny amin'gny tany maiky
sady karakaigny.[14]Fa afo gny niboaky boaky tao amin'ireo ransany lahibe dra nandevogny gny vihiny. Sy misy
ransa fatrasy sasy amin'izeho, sy misy tehy hanapaky.' Fitomagnia zeho dra ho hiray sahala gny hira fandala."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 20

[1]Vo tamin'gny tao fahafito, tamin'gny andro fahafolon'gny vola fahadimy, dra avy gny loholon'Israely hagnotany
an'i Yaveh dra nitoboky teo agnoloako.[2]Dra avy taminahy gny zakan'i Yaveh, manao ho:[3] " Ry zanak'olo, ambarao
amin'gny loholon'Israely dra zakao andreo ho: 'Gny Tompo Yaveh mizaka zeho: Avy hagnotany Anahy se hanao?
No velo koa Zaho, dra sy hagnotanianiha! --- zeho gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh.'[4]Hisara andreo se hanao?
Hisara se hanao, ry zanak'olo? Aoky ereo hahafatasy gny fahavetavetan'gny razambeny. [5]Zakao andreo fa: 'YAveh
Tompo mizaka zeho: Tamin'gny andro ze nisafidianako gny Israely sady nagnandratako gny tagnako so hifata
fifata teo amin'ireo taranaky gny hasaveragnan'i Jakoba, sady napahafatarako andreo gny vatako tagny amin'gny
tany Egypta, nofa nanandrasy gny tagnako so hifata fifata teo amin'ereo Zaho. Ho Zaho ho: "Zaho gny Yaveh
Zagnaharindrareo"--- [6]tamin'izeho andro zeho gny nagnandratako gny tagnako bo hifata amin'gny fifata eo
amin'ereo fa handay andreo hiboaky amin'gny tany Egypta ho eo amin'gny tany ze fa nifantenako soa ho andreo
Zaho. Tondra-dronono vo tately zeho; zeho gny firavaky soa loasy eo amin'gny tany aby.[7]Ho Zaho tamin'ereo:
"Aoky gny olo kiraikiraiky hagnary reo raha maharikoriko eo agnoloan'gny masony vo reo sapin'i Egypta. Ka
mandoto gny vatandrareo; Zaho gny Yaveh Zagnaharindrareo."[8]Fe nikomy taminahy ereo dra sy nety hiteno
Anahy. Gny olo kiraikiraiky sy nisy nagnary gny raha maharikoriko teo agnoloan'gny masony na nahafo gny
sapin'i Egypta, koa dra tapa-kevisy handraraky gny fahavignirako eo amin'ereo Zaho so hahafa-po gny hahoriako
eo amin'ereo eo gnivon'gny tany Egypta. [9]Niasa ho an'gny agnarako Zaho so sy ho voazimbazimbz eo amason'ireo
firene ze nitoerany zeho. Napahafatariko teo amason'ereo gny vatako, tamin'gny fandesa andreo niboaky gny
tany Egypta.[10]Koa dra nandefa andreo niboaky gny tany Egypta Zaho dra nanday andreo ho agny an'efisy. [11]Dra
nagnome nadreo gny lalagnako Zaho sady napahafatasy andreo gny liliko, ze hahavelo gny olo no magneky ireo
izy.[12] NAgnome andreo gny Sabatako ho famatara eo Aminahy vo ereo avo koa Zaho, so hahafataran'ereo fa Zaho
gny Yaveh ze magnamasy andreo.[13]Fe gny taranak'Israely dra nikomy hanohisy tagny an'efisy. Sy hagnaraky gny
lalagnako ereo; fe koa, nanda gny liliko, ze hahavelo gny olo na magneky anizeho ereo. Nanimbazimba tateraky
gny sabatako ereo, koa nizaka Zaho fa hararako eo amin'ereo agny an'efisy gny hahoriako so hahalany taminga
andreo. [14]Fe niasa ho an'gny agnarako Zaho so sy ho zimbazimba eo amason'ireo firene zeho, ze teo amasony gny
nadesako andreo niboaky tao Egypta.[15]Koa nanandrasy gny tagnako avo koa Zaho so hifata fifata amin'ereo agny
an'efisy fa sy handay andreo agny amin'gny tany ze fa homeko andreo, dra tany tindra-dronono vo tately, zeay
firavaky soa loasy eo amin'gny tany aby. [16]Nifata anizeho Zaho akory nandiko gny liliko ereo sady sy nagnaraky
gny lalagnako, vo nanimbazimba gny Sabatako, akory nagnaraky reo sapiny gny fony.[17] Fa niantra andreo
tamin'gny faharavany gny masoko sady sy nandripaky andreo tagny an'efisy Zaho.[18]Ho Zaho tamin'ireo
zanadahiny vo zanakapelany tagny an'efisy ho: "Ka mandeha araky gny lalagnan'gny ray aman-drenindrareo; ka
mitandry gny liliny na manimbazimba gny vatandrareo amin'gny sapy. [19]Zaho gny Yaveh Zagnaharindrareo;
tandremo gny liliko sady ankatoavy reo. [20]Tandremo gny Sabatako masy so ho famatara eo Aminiha vo
amindrareo reo, so hahafatarandrareo fa Zaho gny Yaveh Zagnaharindrareo."[21]Fa nikomy taminahy reo
zanadahiny vo zanakapelany. Sy nandeha tamin'gny lalako ereo na nitandry gny liliko, ze manhavelo gny olo no
magneky ireo izy. Nanimbazimba gny Sabatako ereo, kadra tapa-kevisy gny handraraky gny fahavignirako teo
amin'ereo Zaho so hahafapo gny hahoriako tamin'ereo tagny an'efisy. [22]Fe napivily gny tagnako Zaho vo niasa
nohon'gny amin'gny agnarako, so sy ho vaozimbazimba eo amason'ireo firene ze teo amasony gny nagnaboahako
gny Israely zeho.[23]Nanandrasy gny tagnako so hifata amin'ereo agny an'efisy avo koa Zaho, fa hapiely andreo eo
amin'ireo firene sady hagnaparitaky andreo amin'gny tany. [24]Nanapa-kevisy gny hanao anizeho Zaho akory sy
nankato reo liliko ereo, dra akory nanda reo lalagnako ereo vo nanimbazimba gny Sabatako. Gny masony dra
nagnaraky gny sapin'gny razamben'ereo.[25]Nofa zeho dra nagnome andreo gny lalagna ze sy soa, vo gny lily ze sy
hahavelo andreo avo koa Zaho. [26]Nandoto andreo tamin'gny fagnomezan'ereo Zaho nofa nanao soro gny volohan-
terak'ereo aby sady nanoraky reo tao amin'gny afo ereo. Nanai anuzeho Zaho so hapihorohoro andreo dra
hahafatarany fa Zaho gny Yaveh!'[27]Noho zeho, ry zanak'olo, mizaka amin'gny taranak'Israely dra zakao andreo
ho: 'Gny Tompo Yaveh mizaka zeho: Tamin'izeho avo koa gny nizakan'gny razamabendrareo rasy Anahy tamy sy
nahatoky Anahy ereo. [28]Nofa nanday andreo ho ao amin'gny tany ze fa nifatako home anadreo Zaho, vo ndre
ombia ndre ombia nahita havoa abo ereo vo hazo mandravy, dra nanolosy gny sosony ereo, napahaory Anahy
tamin'gny fagnatiny ereo , vo tao avo koa gny nagnoroan'ereo ditin-kazony magnisy vo napizosony gny fagnatiny
finomy. [29]Dra ho Zaho tamin'ereo: "Ino tihoky toera abo ze handesandrareofagnatisy tihoky?" Koa dra nitoka ho
Bama gny agnarany mandrak'androany.'[30]Noho zeho zakao amin'gny hasaveregnan'Israely ho: 'Gny Tompo Yaveh
mizaka zao: Nagnino handrareo gny mandoto amin'gny fomban'ireo razambendrareo? Koa nagnino handrareo
gny manao sahala gny pivarobata, mitalia reo raha maharikoriko? [31]Fa nofa manolosy gny fagnatisindrareo


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

handrareo vo mametraky gny zanadrareo lelahy agnaty afo, manomboky amin'iho andro iho handrareo dra
mandoto gny vatandrareo amin'gny sapindrareo aby. Koa nagnino Zaho gny tokony hanenga andrareo hagnotany
Anahy, ry hasaveregnan'Israely? No velo koa Zaho--- zeho gny fagnambaran'Gny Tompo Yaveh--- dra sy hanenga
andrareo hagnotany Anahy Zaho. [32]Gny hevisy ze miforo ao an-saindrareo dra sy ho taterany mihisy. Ho
handrareo ho: "Aoky zahay hanahaky gny firen hafa, manahaky gny foko ao amin'gny tany hafa ze manopo hazo
vo vato."[33]No velo koa Zaho--- zeho gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh--- dra azo antoky fa hanzaka eo
amindrareo Zaho amin'gny tagna mahery, sandry misandrasy, vo hahoria ze alasaky eo amindrareo. [34]Handay
andrareo hiala boaky eo amin'ireo olo hafa Zaho dra hamory andrareo boaky amin'ireo firene teo amin'ize
nagnaparitaha andrareo. Hanao anizeho amin'gny tana mahery vo amin'gny hahoria nararaky Zaho.[35] Dra
handay andrareo agny an'efisy gny olo Zaho, vo agny gny hisarako andrareo mivanta.[36]Manahaky gny nisarako
gny razambendrareo tao an'efisy gny tany Egypta, gny hisarako andrareo avo koa--- zeho gny fagnambaran'gny
Tompo Yaveh. [37]Hapandalo andrareo eo ambanin'gny sora-kazoko Zaho, dra hapagneky andrareo gny
fepetran'gny faneke. [38]Handio reo pikomy vo reo ze manohisy Anahy boaky eo amin'gny tany ze itobohan'ereo
sahala gny vahiny Zaho, fe sy ho afaky gny hilisy amin'gny tanin'Israely ereo. Dra ho fatandrareo fa Zaho gny
Yaveh.[39]Ka ho aniha, ry hasaveregnan'Israely, zeho gny zakan'gny Tompo Yaveh: Gny kiraikiraiky amindrareo dra
tokony handeha agny amin'gny sapiny aby. Manopoa andreo nofa sy hiteno Anahy handrareo, fe aoky sy
hanimbazimba gny agnarako masy amin'gny fagnomeandrareo reo sapindrareo sasy handrareo.[40]Fa eo amin'gny
tendrombohisiko masy, eo an-tapon'gny tendrombohis'Israely--- zeho gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh--- gny
hasaveregnan'Israely aby dra hanopo Anahy ao amin'gny tany. Hahafaly Anahy gny mitaky gny fagnatisindrareo
agny, vo gny voloham-bokasy gny fokondrareo mindray amin'gny raha masindrareo aby avo koa. [41]Hagneky
andrareo manahaky gny ditin-kazo magnisy Zaho nofa mamoaky andrareo boaky eo amin'gny olo sady mamory
andrareo amin'ireo tana ze fa naganparitah andrareo. Haneho gny vatako ho masy eo amindrareo Zaho so ho
hitan'ireo firene.[42]Vo, nofa manday andrareo agny amin'gny tanin'gny Israely Zaho, agny amin'gny tany ze fa
nanandratako gny tagnako hafata fa ome gny razambendrareo, dra ho fatasindrareo fa Zaho gny Yaveh. [43]Bokeo
dra ho sarondrareo eo reo fomba rasindrareo, vo gny asandrareo aby ze nandoto gny vatandrareo, dra halay gny
vatandrareo eo amasondrareo aby ze fa nahindrareo. [44]Koa ho fatasindrareo fa Zaho gny Yaveh nofa manao
anizeho amindrareo nohon'gny amin'gny agnarako Zaho, fa sy ho an'gny fomba rasindrareo na gny asa
rasindrareo, ry hasaveregnan'Israely--- zeho gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh."'[45]Dra avy taminahy gny zakan'i
Yaveh, nanao ho: [46]"Ry zanak'olo, magnatreha gny asimon'gny tany, dra mizaka magnasimp; maminania gny
amin'gny hagnorena gny alan'i Negeva. [47]Zakao amin'gny alan'i Negeva ho: 'Zao gny fagnambaran'i Yaveh--- gny
Tompo Yaveh mizaka zao: Ingo, handrehisy afo eo amindrareo Zaho. Handevo gny hazo vaovao aby vo gny hazo
maiky aby eo amindrareo zeho. Sy ho vono gny lelafo mirehisy; ho oroa ze iaby boaky agny asimo dra hatragny
avarasy.[48]Dra ho hitan'gny nofo aby fa Zaho gny Yaveh nofa mapirehisy gny afo Zaho, dra sy ho faty zeho."' [49]Dra
ho zaho ho: "Indrisy! Ry tompo Yaveh, mizaka gny aminahy ereo hoe: 'Sa ra sy pizaka fagnohara avo izy?"'


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

# Chapter 21

[1]ra avy taminahy gny zakan'i Yaveh, nanao ho: [2]"Ry zanak'olo, atoliho magnatriky an'i Jerosalema gny tarehiniha,
vo mizaka hanohisy reo toera masy; maminania hanohisy gny tanin'Israely. [3]Zakao amin'gny tanin'Israely ho:
'Zeho gny zakan'i Yaveh: Ingo! Manohisy aniha Zaho! Haboakiko boaky ao amin'gny fitoerany gny mesako dra
hanapaky gny olo-mary vo gny rasy fagnahy hiala aminiha![4]Bo hanapahako gny mary vo gny rasy fagnahy hiala
aminiha, dra hiboaky boaky amin'gny fitoerany hizera gny nofo aby hatragny asimo dra hatragny avarasy gny
mesako.[5] Dra ho fatasy gny firene aby fa Zaho, Yaveh, gny namoaky gny mesako boaky tao amin'gny fitoerany. Sy
hhihemosy sasy zaho!'[6]Gny aminiha, ry zanak'olo, misetoa no vaky gny voaniha! Misetoa am-pahangidiza eo
amason'ereo! Vo hagnotany aniha ereo ho: "Ino gny antony hisetoaniha?' [7]Dra hizaka hanao ho: 'Nohon'gny
amin'gny vaovao ze ho avy, fa ho ketraky gny fo aby, vo hizera gny tagna aby! Hiha-ketraky gny fagnahy aby, vo
hikoria sahala gny rano gny pokopoko aby. Ingo! Hoavy anizeho dra manahaky anizeho! --- zeho gny
fagnambaran'gny Tompo Yaveh."'[8]Dra avy taminahy gny zakan'i Yaveh, nanao ho: [9]"Ry zanak'olo, maminania dra
zakao ho: 'Zao gny zakan'gny Tompo: Zakao ho: Mesa! Mesa! ho ragnity zeho dra hahy mangira![10]Ho ranity zeho
so hapesa amin'gny famonoa lahibe! Hahy mangira zeho so hanahaky gny selasy! Tokony hifany amin'gny tehim-
panzakan'gny zanako se sika? Halan'gny mesa ho avy gny sora-kazo aby manahaky anizeho! [11]Koa dra home hahy
mangira gny mesa, vo bo ho tanan'gny tagna bokeo! Voaragisy gny mesa dra nahy magnira dra home eo an-
tagnan'gny raiky ze mamono anizeho!'[12]Mitokava vonzy dra mitomagnia, ry zanak'olo! Fa zeho mesa zeho dra avy
hanzera gny oloko! Manohisy reo pitarik'Israely zeho. Natoraky ho amin'gny mesa nindray tamin'gny oloko ereo.
Noho zeho, mizerazera fe! [13]Fa misy gny fisara, fe ekory no sy mahasisy gny tehy? --- zeho gny fagnambaran'gny
Tompo Yaveh.[14]Amizao hanao, ry zanak'olo, mifat sady mitehafa tagna, fa hizera fagnitelony mihisy aza gny
mesany! Mesa ho an'ireo ze ho vono! Mesa ho an'ireo maro ze ho vono zeho, mitrobaky anadreo ndre eza ndre
eza![15]Bo hapisoniky gny fony vo hapitombo reo lavony, dra napetrako hanohisy gny vavahadin'ereo gny
famonoan'gny mesa! Loza! Nahy manahaky gny selasy zeho, ze nafha ho agny ami'gny pivaro-kena! [16]Hanao, ry
Mesa! Manzera boaky eo akavagna! Manzera boaky eo akavia! Mandehana eo amin'ize hitolihan'gny tarehiniha.
[17]Fa hizera gny tagnako ro avo koa Zaho; vo bokeo dra handay gny fahavignirako ho amin'gny fisahara! Zaho,
Yaveh gny magnambara anizeho!"'[18]Avy taminahy ndraiky gny zakan'i Yaveh, nanao ho: [19]"Amizao hanao, ry
zanak'olo, manendre lala ro hiavian'gny mesa gny pazakan'i Babylona. Samby hanomboky eo amin'gny tany raiky
avo reo lala ro, dra hisy takelaby hagnamariky gny raiky amin'ireo handay agny amin'gny tana.[20] Mariho ho
an'gny tafiky Babyloniana gn lala raiky so hagnagny Raba, gny tanan'gny Amnita. Moariho hanaday agny
amin'gny tafik'i Joda vo gny tanan'i Jerosalema, ze voaaro fatrasy gny raiky hafa.[21]Fa gny pazakan'i Babylona dra
hizano eo amin'gny sapagnan-dala, eo amin'gny fifanena, so hanao sikily. Hangozohozo sipiky maromaro izy sady
hangataky tondro-lala boaky amin'gny sapy dra hizaha amin'gny atin-kena. [22]Eo amin'gny tagnany havagnadra
hisy fambara mahakasik'i Jerosalema, so hametraky andry vy fandrodagna hanzera anizey, so hanokasy gny
vavany hibeko gny amin'gny famonoa, hamoaky korakin'aly, hametraky andry vy vo fandrodagna hanzera gny
vavahady , hagnamboasy tovon-tany, sady hapisanga gny tilikambo fanaova fahirano. [23]Ho ohasin'gny fambara sy
misy dikany eo amason'ireo ze ao Jerosalema zeho, dra reo se nanao fifata voady tamin'gny Babyloniana! Fa
hiapanga andreo nohon'gny fandika dina gny pazaka so hanaova fahirano andreo![24]Noho zeho dra zao gny
zakan'gny Tompo Yaveh: Akory hapasiahiviniha Anahy gny helokiniha, dra hiseho gny faharasisniha! Ho hita
amin'gny asaniha aby gny fahotaniha! Noho zeho antony zeho dra hapasiahy gny olo aby hanao fa ho babon'gny
tagnan'gny fahavaloniha hanao![25]Gny aminiha, ry panapak'Israely pazimbazimba sady rasy fagnahy, ze fa avo
hny andron'gny fagnasazia anazy, sady fa tapisy gny fotoa fanotany. [26]Zeho gny zakan'gny Tompo Yaveh aminiha:
soaho gny hamana dra alao gny satro-boninahisy! sy hitovy sasy gny raha aby! Asandrato reo mietry dra ahetreo
reo misadondrody! [27]Faharava! Faharava! Hahiko faharava tiky! Sy ho tafihery amin'gny laoniny zeho mandra-
pahavin'gny raiky ze voatendry hagnatateraky fisara.[28]Koa hanao, ry zanak'olo, maminania dra zakao ho: 'zeho
gny zakan'gny Tompo Yaveh amin'gny vahoakin'i Amona mahakasiky gny fahafaham-barakan'ereo ho avy:
Sabasy, nisy sabasy naboaky! Niragnity ho an'gny famonoa zeho so handrapaky , koa dra sahala gny selasy zeho!
[29]No mahita fahita-poa ho aniha reo paminany, no bo manao fombafomba ze hiafara amin'gny vandy ho aniha
ereo, dra hagnambara eo amin'gny tendan'ireo rasy fagnahy ze fa ho vono, ze fa avy gny andron'gny fisara anazy
sady ze fa ho tapisy gny fotoan'gny fahotany iho mesa iho.[30]Aheregno ao amin'gny fitoerany gny mesa. Ao
amin'gny toera nanahia aniha, ao amin'gny tany nipoiraniha, gny hisarako aniha! [31]Halasako aminiha gny
afon'gny fahasosorako dra hapetrako ho eo an-tagnan'gny olon-dozabe hanao, dra lelahy havagna amin'gny
fandripaha![32]Hazary soliky ho an'gny afo hanao! Ho eo agnivon'gny tany gny lioniha. Sy ho sarova hanao, fa Zaho,
Yaveh gny nagnambara anizeho!"'


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 22

[1]Dra avy taminahy gny zakan'i Yaveh, nanao ho: [2]"Vo hanao, ry zanak'olo, hisara se hanao? Hisara gny tanan'gny
lio se hanao? Apahafataro anazy gny fahavetavetany aby. [3]Sy mainsy zakaniha ho: 'Zeho gny zakan'gny Tompo
Yaveh: Tiky dra tana ze mandraraky lio eo agnivony so hahavian'gny fotoany; tana ze manao sapy so handotoa
gny vatany.[4]Meloky nohon'gny lio ze fa nalasakiniha hanao, dra voaloton'ireo sapy ze nahiniha. Fa nahafo gny
androniha vo napagnato gny taonoha farany hanao. Noho zeho dra hahiko ho hegnasy ho an'ireo firene hanao
dra fihomeheza eo amason'gny tany aby. [5]Reo ze mariny aniha vo reo ze lavisy aniha dra samby hagneso aniha,
hanao ry tana maloto, sady fatasy amin'gny maha feno fifanzevogna aniha.[6]Ingo! Reo panapak'Israely, samby
amin'gny fahefany aby, dra fa avy teo aminiha bo handasa-dio. [7]Fa nangala baraka reo ra vo reny tao aminiha
ereo, dra nagnatateraky fapahoria tamin'ireo vahiny teo agnivoniha. Rsy fandesa reo kamboty vo reo pandaivata
tao aminiha ereo. [8]FA nanao sinosino reo raha masy hanao sady nanimbazimba gny Sabatako. [9]Reo lelahy
pagnendrikendriky dra fa avy teo aminiha bo handasa-dio, sady mihina egny an-tendrombohisy ereo.
Magnatateraky faharasia eo agnivoniha ereo.[10]Fa niharihary tao aminiha gny fitanzahan'gny ra. Fa nagnararaosy
gny apela sy malio mandrisy gny fadim-bolany tao aminiha ereo. [11]Reo lelahy ze manao fahavetaveta mindray
amin'ireo valin'gny piray vodirindry aminazy, vo reo lelahy ze mandoto amin-kegnasy reo vinato vaviny avo; reo
lelahy ze magnararaosy reo anabaviny--- dra reo zanakapelan'gny rany avo--- reo iaby reo dra eo aminiha.[12] Reo
lelahy reo dra mandramby kolikoly eo aminiha so handasahan-dio. Fa nandramy tombonu hanao sady nahazo
tombony maro vatany, nandrava reo piray mony tamin'gny fapahoria hanao, dra nagnaligno Anahy--- zeho gny
fagnambaran'gny Tompo Yaveh.[13]Indro! Tamy tagnako gny namelezako ireo tombony sy ara-drariny ze azonao, vo
gny fandasahan-dra zay eo agnevonao. [14]Hahazaka se gny fonao, hahery se gny tagnanao amy andro zay
hamelezako anao? Zaho, Yaveh, gny magnambara anizay, dra hataoko zay.[15]Dra hagnaparitaky anao eo amin'ireo
firenena zaho dra hampiely anao manera gny tany. Amin'izay fomba zay, gny hagnaliovako gny fahalotoanao
aminao. [16]Dra haloto eo amason'ireo firenena ianao. Dra ho fatanao fa Zaho gny Yaveh.'"[17]Laha teo dra avy
taminahy gny zakan'i Yave, manao ho:[18]"Ry zanak'olo, aminahy gny ankohonan'Israely dra fa lasa tain-drendriky .
Izy aby ireo dra sisam-barahina vo vy fosy, dra vy vo firaky eo agnevonao. Hanahaky gny tain-drendriky volafosy
ao agnaty laforonao lahibe izy ireo.[19]Noho zay dra izao gny zakan'i Topo Yaveh:'Satria fa lasa manahaky gny tain-
drendriky iandrareo aby, noho zay, ingo!Fa hamory andrareo eo agnevon'i Jerosalema zaho.[20]Manahaky gny
volafosy vo varahina vy, firaky dra vy fosy voahavory eo agnevony lafory lahibe zay sy maisy hisy afo hisioky zay,
gny handrendrehako anao. Dra hamory anao ao amy fahoriako zaho. Hapidiriko ao ianao dra hisioky gny afo ao
amin'izay zaho ba handrendriky anizay;dra hamory anao amy fahoriako zaho ,dra hametraky anao ao zaho ka
handrendriky anao. [21]Dra hamory anao zaho dra hisoky anao amy afogny fahoriako ka ho rendriky eo agnevony
ianao.[22]Manahaky gny volafosy rendriky ao agnevony lafory lahibe, gny haharendriky anao eo agnevony, dra ho
fatanao fa Izaho, Yaveh, gny fa nandraraky gny faoriako taminao!'"[23]Avy taminahy gny zakan'i Yaveh, nanao ho:
[24]"Ry zanak'olo , zakao aminazy ho:'Ianao dra tany bo sy voalio. Sy misy ora amy andro gny fahoria![25]Misy fiaraha-
misikombakomban'ireo paminaniny eo agnevony, manahaky gny liona miero mamiravira gy hazany. Mandevo
gny fiaiana izy ireo dra mangalaky hanagna sarobily; nagnenga pitondratena maro tao aminazy izy ireo![26]Manao
herisetra amy lalako ireo pisorony, dra manimbazimba ireo raha ko masy izy ireo. Sy magnavaky gny raha-masy
vo raha voazimbazimba izy ireo, dra sy mampianasy gny fahasamihafa eo amy maloto vo gny malio. Magnavory
gny masony amy Sabatako izy ireo ba hanimbazimba anahy eo agnevony. [27]Reo andrian-dahiny ao aminazy dra
manahaky gny amboadia mamiravira ireo hazany. Mandasa-dra izy ireo dra mandrava fiaigna, ba hahazoa
tombony sy ara-drariny.[28]Nandoko anazy ireo tamy lalosy fosy ireo paminaniny; mahita fahita diso izy ireo dra
maminany vandy amin'ereo. Hoy ereo ho:"Zao gny zakan'i Topo Yaveh"nefa sy nizakany avo Yaveh.[29]Reo ponigny
tany dra nampahory tamin-kery vo nambobo tamy fandrobana, dra manao rasy fitondra gny mijaly vo gny
fadirano izy ireo , sady mampahory gny vahiny sy amin-drariny.[30]Dra nitalia lelahy raiky tao amin'ereo ze
hananga manda vo hisanga eo anatrehako eo amy elakelak'ireo ho agny tany zaho ba sy handravako anizay, fa sy
nahita zaho.[31]Dra handraraky gny fahoriako ro amin'ireo zaho. Handringana anazy ireo amy afogny fahoriako
dra hametraky gny lalany eo amy lohan'ireo avo -zay gny fagnambaran'i Topo Yaveh.'"


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 23

[1]Avy taminahy gny zakan'i Yaveh, manao ho:[2]''Ry zanak'olo , nisy ampela ro raiky reny. [3]Nanao manahaky gny
pivaro-tena tagny Egyta tamy fotoa fahatanorany izy ireo. Nanao manahaky gny pivaro-tena izy ireo tagny. Gny
trasin'ereo dra nofihinina dra gny nonony viriziny dra nisafosafony tagny. [4]Gny agnaran'ireo dra Ohala-gny
zokiny-dra Oholiba-gny zainy. Dra lasako izy ireo dra niteraky zanadahy vo zanakapela. Izao gny dikany
agnaran'ireo:Ohala dra mizosoa hoe Samaria, dra Ohaliba dra mizosoa hoe Jerosalema.[5]Nefa bo nanao manahaky
gny pivaro-tegna avo i Ohala na dra anahy avo izy; nila ireo malalany, ireo asyriana zay mazaka,[6]gny governora
zay niakazo voloparasy, dra ireo manamboninahisy , zay matazaky vo soa tarehy izy, zay aby dra mitikisy sovala
avo koa. [7]Dra nanolosy gny vatany manahaky gny pivaro-tegna tamin'ireo, tamy lelahin'i Asyria soa indrindra ,
dra nandoto vata tamy olo-iaby zay nitaliaviny vo tamy sampin'ireo aby izy.[8]Fa sy nangany tagny Egypta gny
fitndra-tegnany manahaky gny pivaro-tegna, raha niara-nandry taminazy izy ireo fony izy bo somondrara, raha
vai nanomboky nanafosafo gny tratrany viriziny izy ireo, raha vao nanomboky nandraraky gny fizangazagany
taminazy izy ireo.[9]Dra natoloso teo an-tagnan'ireo malalany, teo an-tagnan'ereo Asyriana zay nilany izy.[10]Nampita
anazy izy ireo. Nalany reo zanadahiny vo zanakapelany , dra nivonon'ireo tamy lefo izy, dra avy hegnasy ho agny
ampela hafa izy, dra nisaran'ereo.[11]Hitan'i Oholiba rahavaviny zay, saiky nana filana tamim-pagniria maro maro
avo ko aza izy dra nizangazanga avo koa noho gny rahavaviny . [12]Nila ireo Asyriana, ireo governora vo ireo
manamboninahisy nazaka zay niakazo manaisy , zay lelahy mitikisy sovala izy . Lelahy matazaky vo soa tarehy
avo koa izy aby. [13]Hitako fa nandoto gny vatany izy. Nitovizan'izy mirahavavy zay.[14]Dra nampitombo gny fivarota-
tagnany koa aza izy. Nahita lelahy natao sary sikotra tamy rindry izy, dra sarin'ireo Kaldeana noloko mena,
[15]manao fehikib eo am-balahany, vo hamama misy rambony eo an-dohany. Izy ay dra niendriky manahaky gny
manamboninahisy gny tokon-kalesy, manahaky ireo zanadahin'i Babylona, zay teratany Kaldeana.[16]Vatany vo
nahita anazy ireo gny masony, dra nila anazy ireo, ka dra nandefa iraky tagny amin;ireo tany Kaldea izy.[17]Dra avy
teo aminazy o teo amy fandriany filany ireo Babyloniana, dra nandoto anazy tamy fizangazangany. Tamin'izay
nataony dra voaloto izy, dra nipalisy niala teo amin'ireo tamy rikoriko izy.[18]Nampiseho gny fivatan-tegna izy dra
naneho gny vatany mita, dra niala taminazy gny fagnahiko, manahaky gny nialany gny fagnahiko tamy
rahavaviny.[19]Dra nivaro-tegna avo izy, raha nahatadidy vo nangala tahaky ireo andro gny fahatanorany, fony izy
nanao manahaky gny pivaro-tegna tagny amy tany Egypta.[20]Dra nitalia ireo malalany izy, zay manahaky gny
agn'ereo boriky gny farisy saro-palin'ireo, dra zay manahaky gny an'ereo sovala gny ranon'ay.[21]Zay gny
nangalanao baraka gny fahatanoranao, raha nanafosafo gny nononao vo namihina gny tratranao tanora ireo
Egyptiana.[22]Noho zay, ry Oholiba,izao gny zakan'i Topo Yaveh:'Ingo! Hampivalihako amanao ireo malalanao. Reo
ze nialanao, hataoko manohisy anao amy lafiny aby izy ireo: [23]dra ireo Babyloniana vo ireo Kaldeana aby, Pekoda,
Soa, vo ireo Asyriana aby miaraky aminazy, matazaky, lelahy soa tarehy. ireo governora vo mpifehy, izy aby dra
manamboninahisy avo koa sady lelahy malaza , mitikisy sovala avo koa ereo aby.[24]Hanohisy anao amy fitovam-
pialia, vo amy Kalesy vo Kodia, dra amy vahoaky maro be izy ireo. Hametraky ampinga lahibe, ampinga masaiky,
dra aroloha hanohisy andrareo agny amy magnodidy izy ireo. Homeko hiriky hamezigna anao izy ireo, ka
hagnafay anao amin'ireo fanaony.[25]Fa hataoko eo amindrareo gny hahoriany hasarota-piaroko, ka hamely anao
amy fahahoria. Hanapaky gny oronao vo gny sofinao izy ireo, dra ho matigny lefo gny sisa velo aminao. Ho
alan'ereo gny zanakao lahy vo gny zanakao ampela, dra ho levo gny afo gny sisa velo aminao.[26]Hangalaky akazo
izy ireo dra hangalaky gny firavakao aby. [27]Dra hangalaky fitondra-tegnanao ao amy tany Egypta zaho. Sy
hampiandrandra gny masonao am-pagniria agny amin'ireo ianao , dra sy hihevisy gny amin'i Egypta sasy.'[28]Fa
izao gny zakan'i Topo Yaveh:'Ingo! Hatoloso eo an-tagnan'ireo ze mankahala anao ianao, miheregna eo an-
tagnan'ireo zay fa nialanao.[29]Hamely anao am-pankahalana vatany izy ireo; hangalaky gny fanagnanao aby vo
hamela anao hita vo sy mikapa izy ireo. Haharihary gny fahamegnara gny fitazaha gny fivarotan-tegnanao, dra
ireo fitondra-tegna mahamegnasy vo gny fizangazanganao.[30]Reo raha ireo dra hatao aminao amy fanovanao
manahaky gny pivaro-tegna, filany tamin'ireo sampiny. [31]Nandeha tamy lalagny rahavavinao ianao, dra hataoko
eo an-tagnanao gny kapoakigny famaiza anazy.''[32]Izao gny zakan'i Topo Yaveh:'Hisotro gny kapoaky rahavavinao
ze laliky vo lahibe ianao. Ho avy fihomeheza vo foto-pihomeheza ianao-feno hipiky zay kapoaky zay.[33]Ho
vontogny hamamoana vo alahelo ianao, dra gny kapoaky gny horohoro vo fandravana; gny kapoakin'i Samaria
rahavavinao.[34]Hino anizay ianao ka handany zay;dra hanorotoro anizay ianao ka handrisy gny tratranao
amin'ireo potiny. Fa nagnambara anizay zaho-zay gny fagnambarany topo Yaveh.'[35]Dra,izao gny zakan'i Topo
Yaveh:'Satria fa nagnalino anahy vo nagnary anahy tao ivohonao ianao, dra hanahaky anizay koa gny hizakanao
gny vokasy gny fitondra-tegna mahamegnasy vo gny fizangazanganao.''[36]Hoy Yaveh taminahy:''Ry zanak'olo,
hisara an'i Ohola vo Oholiba se ianao?Dra asehoy anazy ireo gny fomba rasiny, [37]satria fa nizangazanga izy ireo,


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

satria misy lio eo an-tagnany. Nizangazanga tamin'ireo sampiny izy ireo, dra nandefa gny zanadahiny tao agnatiny afo avo izy ireo, ho hany ho an'ireo sampiny.[38]Dra nanohy nanao anizao taminahy izy ireo: Nandoto gny fitoerako masy izy ireo, dra tamin'izay andro zay avo gny nandotoany gny Sabatako.[39]Fa gny namono ireo zanany ho agn'ireo sampy izy ireo , dra avy teo amy fitoerako masy tamin'izay andro zay avo ba handoto anizay! Ingo! Zay gny nataon'ereo taminahy teo agnevony tragnoko.[40]Nandefa lelahy zay avy lavisy ianao, dra ze nandefasa pinday hafasy -ingo amizao. Avy vatany izy ireo,ze nandronao,nandokoanao gny masonao, vo nipozianao ravaky gny vatanao.[41]Teo gny nipetrahanao tamy fandria soa vo teo an-databasy voalamy teo anoloan'izay ze nametrahanao gny litin-kazo nagnisiko vo gny dililoko.[42]Dra nagnodidy anazy gny feo-tabatabagny vahoaky; agnisan'izay gny karazan-delahy aby, na dra Sabeana avo dra nandesiny laha tagny agn'efisy , ka nasian'ereo haba gny tagnany dra satroboninahisy soa tarehy gny lohany.[43]Dra nizaka gny aminazy zay totagny fizangazanga zaho ho:'Ho fizangazanga aminazy izy ireo amizao, dra izy amii'ireo.[44]Nagnao aminazy ereo ka niara-nandry taminazy manahaky gny lelahy milisy ba hiaraky amy pivaro-tegna. Izay gny nandrian'ereo niaraky tamin'i Ohola vo Ohaliba, zay ampela rasy fitondra-tegna.[45]Nefa gny olo-madry hisara janga, dra hagnafay anazy ireo amy famezigna ho agn'ireo zay nandasa-dra, satria ampela janga ereo sady eo an-tagnan'ereo gny lio.[46]Dra izao gny zakan'i Topo Yaveh: Hananga vahoaky maro hanohisy anazy ireo vo hanolosy anazy ireo ho ampitahory vo robahy . [47]Dra zay vahoaky zay dra hitora-bato anazy reo vo hanapaky anazy reo amy sabany. Hamono reo zanakindreo lahy vo ireo zanakindrareo ampela izy ireo handoro gny tragnon'ereo.[48]Fa hangalaky gny fitondra-tegna mahamegnasy anereo amy tany zaho dra hagnanasy gny ampela aby ba sy hizangazangan'ireo sasy.[49]Dra ho apetrany amindrareo gny fitondra-tegna mahamegnasy andreo. Hizaka gny heloky gny fahotandrareo , dra zay gny halalandrareo fa iandrareo, dra halalandrareo fa Zaho gny Topo Yaveh.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 24

[1]Avy taminahy gny zakan'i Yaveh tamy tao fahasivy, tamy volana fahafolo, vo tamy andro fahafologny volana,
nanao ho:[2]''Ry zanak' olo, soraty ho agny vatanao gny agnaran'itio andro itio, itio andro mary itio, fa tamy itio
andro mary itio gny nanovagny pazakan'i Babylona fahirano an'i Jerosalema.[3]Dra mizaka ohabolana manohisy
itio taranaky pikomy itio, fagnohara raiky. Zakao amin'ireo ho: ''zao gny zakan'i Topo Yaveh: Apetraho gny
vilagny fandrahoa. Apetraho zay dra raraho rano ao agnatin'izay. [4]Mamoro vainga-sakafo ao agnaton'izay,
vaingany soa aby -gny feny vo gny sorony-dra fenoy an'ereo tolany soa indrandra zay. [5]Alao ze soa indrindra
amin'ireo agn'ondry dra tahofy ao ambanin'izay tola. Andeso amy finga boronory zay dra androhy ao
agnatin'izay reo tola.[6]Noho zay dra izao gny zakan'i Topo Yaveh: Loza ho agny tanany lio, vilagny fandroha anizay
harafesy gny ao agnatiny dra sy ho afaky zay heriky zay . Alao tsikelikely zay, fa ka hanova filokana.[7]Fa gny liony
dra eo agnevony. Napetrany teo agn'abony vatolapy malama zay; sy nararany teo amy tany ho rakosy gny botany
zay, [8]dra nampiakasy hatehoria ho amy valifaty mary zay. Napetrako teo amy vatolapy malama gny liony ba sy ho
voasaro.[9]Noho zay, gny Topo Yaveh dra mizaka anizao : Loza ho agny tanany ra. Hagnapy gny hita avo koa zaho .
[10]Hatohofy gny hita dra areto gny afo. Ahandrohy soa gny hany dra aharoy ireo hagnisy dra angao ho ma reo
tolany.[11]Laha teo atovy sy misy na ino na ino eo agn'abony afo gny vilagny , ba hampafana vo hagnoro gny
varahiny, dra hiharo gny loto ao agnatiny, ho levo gny heriky.'[12]Lasa reraky noho gny fisasarany izy, fa gny
herikiny dra sy niala taminazy tamy afo.[13]Gny fitondra-tegnanao mahamegnasy dra ao amy fahalotoanao, satria
nagnalio anao zaho, kanefa sy bo nalio ianao. Sy bo ho afaky amy fahalotoanao ianao mandra-pisahatry gny
hahoriako aminao.[14]Zaho, Yaveh, dra nagnambara anizay, dra ho ataoko zay. Sy hizano zaho na hiantra. Araky
ireo lalandrareo, vo araky reo asandrareo, dra hizano andrareo reo! Zay gny fagnambarany topo Yaveh.''[15]Laha
teo avy taminahy gny zakan'i Yaveh, nanao ho:[16]''Ry zanak'olo! Ingo, alako aminao amy areti-mamono gny
fagniriagny masonao, kanefa ao ianao sy handala na hitomagny, dra ao sy ho lasaky gny ranomasonao.[17]Ao hiay
mangiky ianao. Ka manao fandevegna ho agny maty. Fehezo gny hamamanao dra asio kapa gny tombonao, fa ka
sarogna voaly gny volombavanao na mihina gny mofo gny olo zay mandala noho gny fahoria gny valin'ereo
ianao.''[18]Dra nizaka tamy olo zaho gny maray, dra maty gny valiko gny hariva. Gny maray zaho dra nanao ze
nandidia anazhy ho atao.[19]Nagnontany anahy gny vahoaky ho:''Sy hizaka aminay gny dikan'ireo raha reo se
ianao, reo raha zay ataonao?'' [20]Dra hoy zaho tamin'ereo ho:''Avy taminahy gny zakan'i Yaveh, nanao ho: [21]''Zakao
amy taranak'Israely, izao gny zakan'i Yaveh: Ingo! Ho zimbazimbako gny fitoerako masy-gny reharehagny
herindrareo, gny ditraky gny masondrareo, vo gny fagniriany fanahindrareo, dra ho lavo amy sabasy ireo
zanadahiny vo zanakapelandreo zay nangandrareo.[22]Dra hanao mitovy manahaky anizay fa nataoko iandrareo:
Sy handomboky gny volombavandrareo indrareo, na hihina gny mofo gny olo! [23]Fa ho eo an-dohandrareo gny
satrokindrareo, dra gny kapandrareo ho eo an-tombondrareo; sy handala iandrareo na hitomagny , fa ho ketraky
amin'ireo helokindrareo iandrareo, dra gny olo kirairaiky dra hiay ho agny rahalahiny. [24]Dra ho famatara ho
andrareo i Ezekiela, dra araky zay aby nataony. Laha teo dra ho fatandrareo fa Izaho gny Topo Yaveh!'''[25]''Fa
ianao, ry zanak'olo, amy andro ze hahazoako gny tempolin'ireo , zay hafalian'ireo, reharehan'ereo, vo zay
hitan'ereo vo iriny-dra fa gny alako ireo zanadahiny vo zanakapelany- [26]amin'izay andro zay, dra hisy pisoa-
ponrna ho avy eo aminao ba hagnome anao ireo vaovao! [27]Amin'izay andro zay dra hisokasy amin'izay pisoa-
ponena zay gny vavanao dra hizaka anao-sy hangina sasy ianao. Ho famatara ho anazy ireo ianao ba ho
fatasin'ereo fa Zaho gny Yaveh.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 25

[1]Dra avy taminahy gny zakan'i Yaveh, nanao ho:''[2]Ry zanak'olo, atoliho amy vahoaky Amonita gny tavanao dra
maminania manohisy anazy ireo.[3]Zakao amy vahoaky Amonita ho: 'Tenoy gny zakan'i Topo Yaveh, izao gny
zakan'i Topo Yaveh: Satria ianao nizaka ho:''Hia! ''teo amy fitoerako masy raha nozimbazimbany zay, dra
nanohisy gny tanin'Israely raha lao zay, dra nanohisy gny ankohonan'i Joda raha lasa sesi-tany izy ireo ,[4]noho zay
ingo, omeko ho agny vahoaky agny asignana ho fagnanan'ereo ianao. Hagnory toby hanohisy anao izy ireo dra
hagnory gny lain'ereo eo amin ao. Hohanin'ereo gny vokasinao dra ho nominy gny rononao. [5]Hataoko fihinanam-
bilo gny rameva i Raba dra gny vahoaky Amonita ho sahagny agn'ondry vo osy. Dra ho fatanao fa Zaho gny
Yaveh.[6]Fa gny Topo Mizaka anizaoP: ''Nitehateha-tagna vo nigado-tamboky ianao, dra niravoravo tamy
fagnamavoa aby teo aminao hanohera gny tanin'Israely. [7]Noho zay, ingo! Hamely anao amy tagnako zaho dra
hanolosy anao ho babon'ireo firenena. Ho fongorako sy ho eo amin'ireo ianao firenena ! Ho ravako ianao , dra ho
fatanao fa Izaho gny Yaveh.'[8]Gny Topo Yaveh mizaka anizao:'Satria Moaba vo i Seira nizaka ho:''Ingo! Gny
ankohonan'i Joda dra manahaky gny firenena hafa aby.'' [9]Noho zay, ingo! Ho sokafiko gny fefin'i Moaba,
manomboky eo amin'ireo tananany eo amy fari-tany-gny hasaran'i Beti-jesimota, Bala-meona, dra Kiriataima-
[10]magnagny amy vahoaky aby agny asignana zay nanohisy gny vahoaky Amonita. Hafoko hanahaky gny fanagna
ereo ba sy ho tadidy eo amin'ireo firenena gny vahoaky Amonita. [11]Dra hanao fisara manohisy an'i Moaba zaho,
dra ho faran'ereo fa Izaho gny Yaveh.'[12]GNY Topo Yaveh mizaka anizao: 'Edoma dra namaly faty nanohisy gny
ankohonan'i Joda dra nanao rasy tamy nanovany anizay. [13]Noho zay, gny Topo Yaveh mizaka ho: Hamely an'i
Edoma amy tagnako zaho dra handringa gny olo aby vo gny biby ao . Hataoko rava gny toera, nafoy, hatragny
Temana ka hatragny Dedana ereo. Ho lavo-sabasy ereo.[14]Hataoko eo amin'i Edoma gny valifatiko amy alalany
tagnan'Israely vahoakiko, dra ho ataon'ereo amin'i Edoma araky gny fahoriako, dra ho fatasin'ereo gny valifatiko-
zay gny fagnambarany Topo Yaveh.'[15]Gny Topo Yaveh mizaka anizao : 'Ireo filistiana dra namaly faty tamy lolom-
po dra tao agnatin'ireo dra niezaky nandrava an'i Joda rava. [16]Dra izao gny zakan'i Topo Yaveh : Ingo! Hanondrosy
gny tagnako eo amin'ireo Filistina zaho, dra ho fongoroko gny Keretita dra ho ravako zay sisa tavela egny
amoron-dranomasy. [17]Fa hanao famalia lahibe hanohisy anazy ireo zaho amy fahoriany asa fagnasazia , ba ho
fatasin'ereo fa Izaho gny Yaveh, fa gny mamaly faty anazy ireo zaho.'''



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 26

[1]Dra tamy tao fahiraiky amby folo, tamy andro volohany volana, dra avy taminahy gny zakan'i Yaveh, nanao ho:
[2]''Ry zanak'olo, satria Tyro nizaka nanohisy an'i Jerosalema ho: ' Hia! Toro ireo fefy gny olo! Niala taminahy izy;
dra ho feno zaho satria rava izy.'[3]Noho zay gny Topo Yaveh mizaka anizao: 'Ingo! Manohisy anao zaho, ry Tyro,
dra hananga firenena maro hanohisy anao zaho manahaky gny ranomasy magnenga gny morony. [4]Handrava
an'ireo fefin'i Tyro izy reo dra handavo reo tilikambony. Ho fafako hiala ireo botany dra hanao anazy manahaky
gny vatolapy mangadihady zaho.[5]Ho avy toera fagnaza haroto eo agnevony ranomasy izy, fa Izaho gny
nagnambara anizay- zay gny fagnambaran'i Topo Yaveh- dra ho lasa babo ho an'ireo forenena izy. [6]Reo
zanakapelany zay agny an-tanimboly dra ho vono amy lefo, dra ho fatasin'ereo fa Izaho gny Yaveh.'[7]Fa izao gny
zakan'i Yaveh : Ingo, avy agny avarasy gny hindesako an'i Nebokadnezara pazakan'i Babylona, pazakan'i pazaka,
hanohisy an'i Tyro, miaraky amin'ireo sovala vo ireo kalesy, dra miaraky amy pitikisy sovala vo vahoaky maro
be. [8]Hamono ireo zanakapelanao agny antanimboly izy. Hananga tovo-tany vo hamboasy fiakara eo amin'ireo
mandanao dra hananga ampinga hanohisy anao izy.[9]Hapetrany hamely anereo mandanao ireo andry vy
fandrobahany , dra ireo fitovany gny handrobaha ireo tilikambonao.[10]Ho maro vatany ireo sovalany handrakosy
anao gny bobony. Reo mandanao dra hihozongozo amy feony pitikisy sovala, dra kalesy. Fa gny milisy ireo
fefinao izy, dra hilisy manahaky gny olo zay avy ao amy tana ze fa nirava ireo mandany. [11]REo kitro-sovalany dra
hagnisakisaky ireo lalanao aby. Ho vono amy lefo ireo olonao dra ireo andry vatomafinao dra holavo amy tany.
[12]Ho babon'ereo gny hanagnanao dra ho robay ireo entam-barosinao. Harodany ireo mandanao dra ho ravany
ireo lapasoanao. Reo vatonao, hazonao, dra gny bobony dra ho arian'ereo agny amin'ireo rano. [13]Hasandrato gny
feony hiranao. Sy ho re sasy gny feon-dokanganao. [14]Hataoko vatolampy mangadihady ianao, ho avy toera
fagnazana harato ianao. Sy hasanga sasy ianao, fa Izaho, Topo Yaveh gny fa nizaka -anizay gny fagnambarany
topo Yaveh.[15]Nizaka anizao tamin'i Tyro gny Topo Yaveh: 'Sy hihorohoro se ireo nosy amy feony faharanao, vo
amy fiseton'ereo marasy raha eo agnevonao gny famonoa mandanginy? [16]DRa ireo zagnahary ranomasy aby dra
hiala amin'ireo seza fiandrianany dra hangalaky gny ankazon'ereo dra hamela ireo ankazo misy peta-
kofehin'ereo. Hanafy gny vatan'ereo amy fangitikitia nereo. hipetraky eo amy tany dra hangitikitiky isaky gny
mihesiky , dra ho tohana noho gny aminao izy ireo.[17]Hanandrasy fitomagnia ho anao izy ireo dra hizaka aminao
ho: Amy fomba manao akory, ianao zay nonenan'ireo tasambo, gny naharava anao. Gny tana malaza ze tena
natazaky-lasa agny an-dranimasy zay amizao. Reo zay nitoera tao aminazy fahiny dra magnaparitaky horohoro
momba anazy ireo amin'izay aby nipetraky mariny anereo. [18]Amizao reo moro-siraky dra mangitikitiky amy
andro faharavanao. Reo nosy agny an-dranomasy dra matahosy , satria maty ianao.'[19]Fa gny Topo Yaveh mizaka
anizao: Fa gny hataoko tana lao ianao, manahaky reo tana hafa zay sy misy mipetraky , fa gny mananga gny
laliky hanohisy anao zaho, dra fa gny mandrakosy anao gny rano be, [20]dra ho andesiko milisy amin'ireo vahoaky
taloha ianao, manahaky ireo hafa zay nizoso tagny an-davaky ; fa hataoko mitoesy agny amin'ireo farisy farany
ambany gny tany ianao manahaky gny rava tamin'ereo fotoa taloha. Noho zay dra sy hihery sasy ianao dra sy
hisanga eo my taniny velo.[21]Hataoko eo aminao gny loza, dra sy hisy sasy ianao mandrakizay. Dra ho taliavy
ianao, fa sy ho hita sasy -zay gny fagnambarany topo Yaveh.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 27

[1]Avy taminahy draiky gny zakan'i Yaveh, nanao ho: [2]"Dra ianao, ry zanak'olo, manomboha hiasa fandala
mahakasiky an'i Tyro, [3]dra zakao amin'i Tyro, zay mony agnatin'ireo fefiny ranomasy , pandrato ho agny vahoaky
agny amy nosy maro, gny topo Yaveh mizaka anizao aminao: Ry Tyro, fa nizaka ianao ho: 'Izaho dra tateraky amy
hasara-tarehy.'[4]Gny fari-taninao dra egny amy fo gny ranomasy; ireo pagnory anao fa nahavy lafasy gny
hasaranao. [5]Nataon'ereo tamy kipreso laha tagny amy tendrombohisy Hermona gny hazo pisakao aby; nangalaky
sedera laha tagny Libanona izy ireo hanova andri-sambo ho anao.[6]GNy fivoinao dra nataon'ereo tamy hazo
terebitan'i Basana; hazo kipreso laha tagny Kipra gny nanovan'ereo gny tokotani-sambanao, sady nipetahany
ivoara ireo. [7]Niloko rongony fosy laha tagny Egypta zay manahaky ireo fagnevanao gny lainao![8]Reo zay mony
tagny Sidona vo Arvada gny pivoinao; reo olo-kendrin'i Tyro gny ao agnatinao; izy reo gny pinday anao. [9]Panao
asa tagna matihany indrandra laha tagny Bablosy gny ho panesi-sambonao vo ireo tasambony eo aminao dra
ninday gny etam-barosinao ho amy takalo.[10]Persia, Lydia, dra i Libya dra tao amigny tafikao, lalehypialinao.
Nagnato apinga vo aroloha tao aminao ereo; naneho gny famirapiratanao ereo. [11]Reo lelahin'i Arvada vo Heleka
tao amigny tafikao gny teo amigny rindrinao magnodidin'anao, dra gny vahoak'i Gamada gny tao amireo
tilikambonao. Nagnato gny apingan'ereo teo amigny rindrinao nagnodidin'anao ereo! Nameno gny hasoanao
ereo reo.[12]Tarsisy dra nama pandrato niaraky taminao nohonigny hamarony gny harenao havily: Volafosy, vy,
faniso, vo firaky. Nivily vo namarosy gny etanao ereo! [13]Javana, Tabala, vo Meseka__nanakalo andevo vo fitova
vita amigny varahy ereo. Nihazo gny etam-barosao ereo.[14]Bet-togarma gny namasy sovala, sovala fitikira, dra
apondra ho etam-barosao. [15]Reo lelahin'i Dadana gny pandratonao eranigny morosiraky maro. Etam-barosy gny
teo atagnanao; nagnery tandroky, ivoara, dra hazomety ereo ho fagnatisy![16]Syria gny pandrato teo amigny
vokasao maro; namasy emeralda, voloparasy, lamba miloko, lamba madiniky, perla, dra vatosoa ho etam-barosao
ereo. [17]Joda vo gny tanin'Israely dra nanakalo niaraky taminao. Namasy vary boak'agny Minita ereo, mofomamy,
tately, dililo, dra balsama ho etam-barosao. [18]Damaskosy dra pandrato reo vokasao aby, reo harenao lahibe aby,
dra gny divain'i Helbona vo gny volon'agnondry fosin'i Zahara.[19]Dana vo Javana boak'agny Ozala namasy anao
etam-barosy vy voatefy, Kanelina, dra veromagnisy. Izay dra lasa etam-barosy ho anao. [20]Dedana dra
pandratonao amigny lamba atao lamba sovala. [21]Arabia vo reo pifehin'i Kedara aby gny pandrato nindray
taminao; namasy anao zanak'agnondry, agnondry lahy vo osy ereo.[22]Reo pandraton'i Seba vo Rama dra avy ba
hivarosy aminao gny rahamagnisy soa faratapony aby vo karazam-bato sarobily; namarosy volamena ho anigny
etam-barosy ereo. [23]Harana, Kane, dra Edena gny panakalo niaraky taminao, niaraky tamin'i Seba, Asora, vo
Kilmada.[24]Reo aby gny pandratonao nagnisy lamba fosy vita amigny lamba volo-parasy marevaka, vo lamba
firakosy miloko samihafa natao petakofehy, dra lamba soa tegno tao amireo senanao. [25]Reo sambon'i Tarsisy gny
pitatisy gny etam-barosy egny amigny agnevonigny ranomasy![26]Nandesin'ireo pivoinao tagny amireo ranomasy
midadasiky hanao; gny sio-drivosy tasignananao gny namotiky anao tagny agnevon'ireo. [27]Gny harenao, etam-
barosy, vo fitova atakalo; reo tasambo vo reo pinday sambonao, vo reo piasa asambo; reo pandrato gny etam-
barosy vo reo lelahy pialinao aby ze ao aminao, vo gny tarikao aby__hiletiky agny amigny lalinigny ranomasy izy
reo amigny andronigny faharavanao.[28]Hatahosy amigny feo-tomagnin'ireo pinday sambonao reo tana ao an-
dranomasy; [29]Reo aby mihazo fivoy dra hily boak'egny amigny sambon'ereo; hizoro egny atany reo tasambo vo
reo pinday sambo aby egny amigny ranomasy. [30]Boak'eo hapiteno anao gny feony ereo dra hidradradra fatrasy;
hamory botany eo an-dohany ereo. Hihodikody eo amigny lavenoky ereo.[31]Handrasy gny lohany ho sola ho anao
ereo dra hamely gny vatany amigny lamba fandala, dra hitomagny fatrasy eo aminao ereo dra hihiaky fatrasy.
[32]Handrasy gny dradradradra-pitaregnany ho anao vo hihira fandala eo aminao ereo, iza gny mitovy amin'i Tyro,
ze fa nandesy ho amigny fahangina egny agnevon-dranomasy amizao? [33]Gny fa nandeha tegny androanga
boak'agny an-dranomasy gny etam-barosao, dra nahafapo olo maro zay; napanandraha reo pazakanigny tany
amigny habenigny harenao vo gny etam-barosao hanao![34]Fe gny fa nitorotoronigny ranomasy, vo gny rano laliky
hanao, dra niletiky gny etam-barosao vo reo poninigny morosiraky aby, dra reki-tahosy gny fatahora reo
pazakany! [35]Rikorikotaminao reo poninigny morosiraky aby, dra reki-tahosy gny fahatahora reo pazaka!
Natahosy gny tarehin'ereo! [36]Misioky anao reo pandratonigny vahoaky; lasa horohoro hanao, dra sy ho
mandrakizay sasy."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 28

1Dra avy taminahy gny zakan'i Yaveh, manao anizahoky ho: 2"Ry zanak'olo, zakao amigny panapak'i Tyro ho: 'Izao
gny zakanigny topo Yaveh: Miavognavo gny fonao! Hoy hanao ho: "zagnahary zaho! Hitoby eo amigny sezan'ireo
zagnahary eo agnevonigny ranomasy zaho!" Na dre olo aza hanao fa sy zagnahary, dra manao gny fonao
hanahaky gny fonigny zagnahary hanao; 3mihevesy hanao fa hendry noho Daniela, dra sy misy siambaratelo
mapitolagaga hanao!4Napanan- karena gny vatanao tamy fahendrena vo fahaiza-manao ianao, dra nahazo
volamena vo volafosy tao amin'ireo fagnazan-drakisinao ! 5Tamy fahendrena vo tamy varosinao, dra miavognavo
gny fonao noho ireo tezanao.6Noho zay, gny Topo Yaveh mizaka anizao:''Satria nanao gny fonao ho tahaky gny
fogny zagnahary ianao, 7drahinday vahiny hanohisy anao zaho, lelahy mampatahosy aby amin'ireo firenena
hafa. Hinday ire sabany hamely gny hasarany fahendrenao izy ireo , dra sy hagnamasy gny famirapiratanao.
8Nandefa anao hizoso agny amy lavaky izy ireo, dra ho maty amy fahafatesan'ereo zay maty agny agnevony
ranomasy ianao. 9Moa se hizaka gny mary ianao ho:''Zagnahary zaho'' amy tarehin'ereo ze mamono anao? Olo
ianao fa sy Zagnahary, dra ho eo an-tagnan'izay mandefona anao ianao . 10Ho maty manahaky gny nahafatesany
sy voafora amy alala tagnan'ireo vahiny ianao, fa nagnambara anizay zaho-zay gny fagnambarany Topo
Yaveh.''11Avy taminahy dray gny zakan'i Yaveh, manao ho:12''Ry zanak'olo , manan-drata hira fandala ho agny
pazakan'i Tyro dra zakao aminazy ho:'Gny Topo Yaveh mizaka anizao: ianao gny poziny fahatateraha , feno
fahendrena dra lafasy amy hasoa-tarehiny. 13Tao Edena, gny sahan'Agnahary ianao. Mandrakosy anao ireo vato
sarobily aby: robina , topazy, emeralda, krysolita, onyksa, jaspy, safira, karneola, dra gny beryla. Vita amy
volamena reo toeranao vo ireo tendrombohisinao. Tamy andro namorona anao gny fa nagnomana anizay.
14Nametraky anao teo agn'abony tendrombohisy masin'Agnahary tahaky gny Kerobima voahosotsy hiamby gny
olombelo zaho. Teo agnevon'ereo vato mirehisy ze handehananao hanao. 15Nana sy fivalia tamy ereo lalanao
hanao manomboky taminy andro ze namorogna nanao dra disikaminy nahita gny rariny teo aminao./v 16Tamy
lalan'ereo varosy lahibe dra lasa feno herisetra hanao, dra gny nanota hanao. Dra nariako hiala amy
tedrombohitr'andriamanitra hanao, manahaky gny raiky ze voaloto, dra niravako hanao, dra mpiamby
kerobima, dra nandesiko avy teo amin'ereo vato mirehisy hanao. 17Niavognavo gny fonao niaraky tamin'ny
hasoanao; nanimbo gny fahedrena hanao nohony famirampiratanao. Nandefa hanao hizoso amy tany zaho.
Nametraky anao ho eo alohan'ereo mpazaka zaho ba hahafahan'ereo mahitaanao.18Noho gny fahotanao maro be
vo ireo raharahanao sy mary, dra nandoto reo fitoeranao masy ianao. Dra nampiboaky afo aby aminao zaho;
handevo anao zay. Hamaliky anao ho lavenogna eo amason'ereo aby zay magnety anao zaho. 19Reo aby zay
nahafatasy anao teo amy vahoaky dra hangitikitiky aminao; hapatahosy anereo, dra sy ho mandrakizay sasy
ianao.'''20Dra avy taminahy gny zakan'i Yaveh, manao ho:21''Ry zanak'olo, atoliho agny amin'i Sidona gny tarehinao
dra maminania manohisy anazy. 22Mizaka ho:''Gny Topo Yaveh mizaka anizao: Ingo! Manohisy anao zaho, ry
Sidona! Fa homem-boninahisy eo agnevonao zaho dra ho fatasy gny vahoakinao fa Izaho gny Yaveh fa gny
magnatateraky gny fisara aminao zaho.Haseho ho masy eo aminao zaho.23Hampiboaky areti- mamono aminao vo
lio egny amin'ireo lalanao zaho, dra gny faty dra holavo eo agnevonao. Fa gny ho avy hanohisy anao laha tagny
amy magnodidy aby gny sabasy , dra ho fatanao fa Izaho gny Yaveh. 24Dra sy hisy roy mampahory vo silo
mamparary ho agny taranak'Israely sasy laha tamy nereo aby zay magnadidy anazy dra manao ho fatasin'ereo fa
Izaho gny topo Yaveh!'25Hoy gny Topo Yaveh ho:'Fa gny mamory gny taranak'Israely laha tamy vahoaky
tamin'izay nampielezy anazy ireo zaho, dra fa gny voatoka eo amin'ereo zaho, ba hahafahan'ereo firenena
mahita, dra hanao ireo fonenan'ireo ao amy tany ze nomeko an'i Jakoba panompoko izy reo. 26Dra hiay am-
pilamina ao aminazy ereo dra hananga tragno, hanao reo tanim-boloboky , dra hiay am-pilamina fa gny
magnatateraky fisara amin'ereo aby zay laha tamy magnodidy nanao sinosino anazy reo; dra ho fatasin'ereo fa
Izaho gny Yaveh Zagnaharin'ereo!'''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 29

[1]Tamy tao fahafolo. tamy volana fahafolo tamy andro faharo amby folo gny volana, dra avy taminahy gny zakan'i
Yaveh, nanao ho:[2]''Ry zanak'olo , ampifanatreo amin'i Farap , gny pazakan'i Egypta gny tarehinao; maminania
manohisy anazy vo manohisy an'i Egypta aby. [3]Ambarao dra zakao ho:'Izao gny zakan'i Topo Yaeh: Ingo!
Manohisy anao zaho, ry Farao , pazakan'i Egypta. Ianao gny biby masiaky lahibe ze mivony eo agnevony
renirano, zay manao ho: '''Anahay gny renirano. Nataoko ho agny vatako zay.''"[4]Hasiako farango gny
valanoranonao, dra gny hazandrano gny Neily dra hipitiky amy kiranao; hapiakariko laha teo agnevony
reniranonao miaraky amy hazandrano gny reniranonao ze mipitiky amy kiranao ianao. [5]Hatorako agny agn'efisy
ianao, vo gny hazandrano aby laha tao amy reniranonao. Holavo ao amy saha ianao; sy ho havory ianao na
hapiakary. Homeko ho sakafo ho an'ereo raha-managnay tagny vo ho an'ereo voro gny lagnisy ianao.[6]Laha teo
gny pinin'i Egypta aby hahafatasy fa Izaho gny Yaveh, satria fa tahona volotara ho agny ankohonan'Israely izy
ireo. [7]Fa gny nandray anao tegny an-tagnany izy ireo , dra tapaky ianao dra nosokafanao gny sorok'ereo; dra fa
gny niatehisy taminao ereo, dra tapaky ianao, dra napihozohozo gny tombon'ereo ianao.[8]Noho zay dra izao gny
ambarany Topo Yaveh: Ingo! Hinday lefo hamono anao zaho. Hanapaky gny olo vo gny bibidia eo aminao zaho.
[9]Dra ho lao vo rava gny tanin'i Egypta. laha teo dra ho datasin'ereo fa Izaho gny Yaveh, satria gny dragona(devoly)
lahibe nizaka ho: ''Anahy gny renirano, satria izaho gny nanao anizay.'' [10]Noho zay, ingo! Manohisy anao vo gny
reniranonao zaho, dra hataoko rava gny tanin'i Egypta , dra ho tany rava laha tagny Migdola dra hatra Syena dra
hatramy sisin'i Kosy ianao.[11]Sy hisy tombon'olo handeha amin'izay, dra sy hisy tomboky bibidia handeha
amin'izay. Sy hisy pony mandrisy gny efa-polo tao zay. [12]Fa ho ataoko rava eo agnevon'ereo tany sy misy pony gny
tanin'i Egypta, dra ireo tananany eo agnevon'ereo tana rava dra ho faharava mandrisy gny efa-polo tao; laha teo
Egypta haparitako eo amin'ireo firenena , dra haeliko manera ireo tany izy ireo.[13]Fa izao gny ambarany Topo
Yaveh: Fa gny afaky efa-polo tao dra hahoriko laha tamin'ereo vahoaky eo amin'ereo zay niparitahan'ereo gny
Egyptiana. [14]Ho aheriko amy farisin'i Patrosa, gny tany niaviany ireo, Laha teo dra ho fazaka ambany izy ireo
agny.[15]Ho ambany be amin'ireo fazaka zay, dra sy ho hanandrasy eo amin'ireo firenena sasy. Ho akeliziko izy ireo
dra sy hanapaly eo amin'ereo firenena sasy. [16]sy ho ato gny tokin'ireo ankohanan'Israely sasy reo Egyptiana. Fa
dra ho fampasiahivana gny heloky ze nataon'Israely fa gny nitoliky tamin'i Egypta ba hila fagnapia izy ireo. Laha
teo dra ho fatasin'ereo fa Izaho gny Topo Yaveh.'''[17]Tamy tao fahafito amby ropolo tamy andro volohany volana
volohany, dra avy taminahy gny zakan'i Yaveh, nanao ho: [18]''Ry zanak'olo ,Nebokadnezara gny pazakan'i Babylona
dra namoaky gny tafiny ba hanao asa fatrasy manohisy an'i Tyro. Sola avo koa gny loha aby, dra niendaky gny
soroky aby. Nefa izy vo gny fatiny dra sy nandray karama laha tamin'i Tyro tamy asa fatrasy zay nataony
nameleza anizay.[19]Noho zay dra izao gny zakany topo Yaveh: 'Ingo! Homeko an'i Nebokadnezara pazakan'i
Babylona gny tany, dra alany gny haren'izay ho baboiny gny fanagnany, dra ho alany zay aby hitany ao; zay gny
ho karaman'ereo tafiny. [20]Fa nomeko anazy ho karama tamy asa ze nataon'ereo ho anahy gny tanin'i Egypta -zay
gny fagnambarany Topo Yaveh.[21]Amin'izay andro zay dra hampisimoky tandroky ho agny ankohan'Israely zaho,
dra hapizaka anao eo agnevon'ereo , koa ho fatasin'ereo fa Izaho gny Yaveh.'''

Chapter 30

[1]Dra avy taminahy gny zakan'i Yaveh, manao ho:[2]''Ry zanak'olo, maminania dra zakao ho: 'Izao gny zakan'i Topo
Yaveh: Midradradradra ho: ''Loza gny andro ho avy.''[3]Mariny gny andro. Mariny gny andro ho an'i Yaveh. Ho
andro mandrahona zay, fotoa fiafarana ho an'ireo Firenena.[4]Dra hisy zabasy ho avy hanohisy an'i Egypta, dra
hisy fangirifiria ao Kosy fa gny miapasy agny Egypta gny vahoaky maty-fa gny mangalaky gny hanagnan'ereo, dra
fa gny simba gny fotony. [5]Kosy, Lybia, vo i Lydia, dra reo vahiny aby, miaraky amy vahoakiny fanekena -ho lavo-
sabasy avo koa izy aby.[6]Izao gny zakan'i Yaveh: Noh zay reo ze manohana an'i Egypta dra ho lavo, dra gny
avognavony heriny dra hietry. Hatragny Migdola dra hatragny Syena gny hahalavo anereo miaramilany amy lefo-
zay gny fagnambarany Topo Yaveh. [7]Haharikoriko eo agnevony tany nafoy ereo, dra ireo tanany dra ho eo
amin'ereo tana rava aby.[8]Dra ho fatasin'ereo fa Izaho gny Yaveh, raha hagnoro an'i Egypta zaho, dra fa gny lavo
reo panapy anazy aby. [9]Amin'izay andro zay dra hisy iraky hiboaky laha teo anoloako amy sambo ba
hampihorohoro gny fiarovan'i Kosy, dra hisy fangirifiria eo amin'ereo amy andro fiafara rasin'i Egypta. Fa ingo!
avy zay.[10]Izao gny zakan'i Topo Yaveh: Hagnisy fiafara gny fahamaroan'i Egypta amy tanan'i Nebokadnezara,
pazakan'i Babylona zaho. [11]Izy vo gny tafiny miaraky aminazy, gny fampatahora amin'ireo firenena, gny ho
andesy handrava gny tany; hagnapotaky gny sabany hanohisy an'i Egypta dra hameno gny tany amy fatin'olo izy
ereo.[12]Hamaliky gny renirano ho tany maiky zaho, dra hivarosy gny tany eo an-tagnany olo rasy fagnahy. Amy
alalany tana gny fahavalo gny hanovako gny tany vo gny fahafenoany ho rava-Izaho m Yaveh, gny fa nizaka.[13]Izao
gny zakan'i Topo Yaveh: Hanorotoro reo sapy zaho, dra hinday fiafara amin'ire sapy sy mendrik'i Memfisa. Sy
hisy andriandahy sasy ao amy tany Egypta, dra hametraky fapitahora eo amy tany Egypta zaho. [14]dra hataoko lao
i Patrosa dra ho oroako i Zoana , dra hapihasy fisara amin'i No Zaho.[15]Fa handraraky gny fahoriako amin'i Sina,
gny fiarova fatrasy agny Egypta, dra hanapaky gny maro agny No zaho. [16]Dra hagnoro an'i Egypta zaho; ho ory
fatrasy i Sina, ho rava i No, dra hiatriky fahavalo isan'andro i Memfisy.[17]Gny tovolahy agny Avena vo Pisbeseta
dra ho lavo-sabasy , dra reo tanany dra ho lasa-ko babo. [18]Agny Tapanesa , dra hihazo gny hazavany gny andro fa
gny mamotiky gny ziogan'i Egypta ao zaho, dra ho tapisy gny avognavony heriny. Hisy rahona handrakosy anazy,
dra reo zanakapelany dra ho lasa-ko babo. [19]Hapihasy fisara ao Egypta zaho, dra ho fatasin'ereo fa Izaho gny
Yaveh.'''[20]Dra tamy tao faharaiky amby folo, tamy volana volohany, tamy andro fahafito gny volana, dra avy
taminahy gny zakan'i Yaveh, manao ho: [21]''Ry zanak'olo, fa nanapaky gny dandrin'i Farao, pazakan'i Egypta zaho.
Ingo! Sy nofognosa zay , na nisitrany tamy famahia , ba hapatazaky soa anizay ba hita-sabasy.[22]Dra izao gny
zakan'i Topo Yaveh: 'Ingo, hanohisy an'i Farao, Pazakan'i Egypta zaho. Fa hanapaky gny sandriny zaho, gny
matazaky vo gny tapaky , dra hapilasaky gny sabasy egy an-tagnany. [23]Haeliko eo amin'ireo firenena i Egypta dra
haparitako eo amy tany izy ireo. [24]Hatazahiko reo sandriny pazakan'i Babylona dra hametraky gny lefoko eo amy
tagnany zaho ba hahafahako manapaky ireo sandrin'i Farao. Hihay eo anologny pazakan'i Babylona amy
fisetogn'olo ho maty izy.[25]Fa hapatazaky gny sandriny pazakan'i Babylona zaho, raha bo hiraviravy gny tagnan'i
Farao.Dra ho fatasin'ereo fa Izaho gny Yaveh, fa gny mametraky gny sabatro eo amy tagnany pazakan'i Babylona
zaho; fa hanafiky gny tanin'i Egypta amin'izay iy. [26]Dra haeliko eo amin'ereo firenena i Egypta dra haparitako
manera gny tany izy ireo . Dra ho fatasin'ereo fa Izaho gny Yaveh.'''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 31

[1]Dra tamy tao faharaiky amby folo, tamy volana fahatelo, tamy andro volohany volana, dra avy taminahy gny
zakan'i Yaveh, nanao ho: [2]'' Ry zanak'olo, zakao amin'i Farao, gny pazakan'i Egypta, dra amy vahokiny aby
magnodidy anazy ho: 'Ao amy fahalebezanao, manahaky an'iza ianao?[3]Ingo! Asyria dra sedera nisy sapy soa
tarehy tao Libanona, nagnome alokaloky ho agny ala, dra abo ba tamy halavany, dra gny sapany nagnaniky gny
rahona. [4]Rano maro gny nahalava anizay; gny rano laliky gny nahagoava anizay. Niroro nagnodidy gny farisy ay
nizy anazy gny renirano, satria gny laka-dranony dra nibelasy tamy hazo aby tao an-tanimboly.[5]Gny hahavony
dra nihoasy noho gny hazo hafa aby tagny an-tanimboly, dra sapany dra nazary maro vatany; niha-lava gny
sapany noho reo rano maro raha nisiry igny izy reo. [6]Nanao gny akaniny teo ay sapany gny voro gny lagnisy aby,
raha niteraky gny zanany teo ambaniny raviny gny raha-managnay aby tao an-tanimboly. Nitoesy tao ambaniny
alokiny gny firenena maro aby. [7]Fa soa tarehy ze tao amy fahalahibeny vo gny halavagny sapany, satria tao amy
rano maro gny vahany.[8]Sy afa-nitaha tamin'izay reo sedera tao amy sahan'Agnahary. Sy nisy tamin'ireo Kypreso
gny sahala tamy sapany, dra gny hazo platana sy nitaha tamy rasany. Sy nisy hazo hafa tao amy sahan'Agnahary
ze nitovy tamin'izay tamy hasoany. [9]Nataoko soa tarehy tamy sapany maro zay dra gny hazon'i Edena aby zay tao
amy sahan'Agnahary dra nialona anizay.[10]NOho zay dra izao gny zakan'i Topo Yaveh: Satria lava tamy haabony
izy, dra teo agnelagnelany sapany gny napetrany gny tendrony, nanandrasy gny fony zay noho gny haabiny.
[11]Nomeko teo an-tagnanigny ray maherin'ireo firenena izy, ba hifapiraharaha amin'izay araky ze mendriky gny
faharasiany. Fa nariako tagny ambaliky izy.[12]Reo vahiny ze horohorony firenena aby gny nanapaky anazy dra
nagnenga anazy ho maty . Nilavo teo an-tenndrombohisy vo ireo lohasaha aby gny sapany , dra ireo rasany dra
mitoesy torotoro ao amy riaky gny tany aby. Dra niboaky laha tao ambaniny alokiny gny firenena aby teto an-
tany dra niala lavisy zay.[13]Gny vorogny lagnisy aby dra nizano teo amy vatagny hazo nilavo , dra gny biby aby tao
an-tanimboly dra nagneo amy sapany. [14]Nisy zay ba sy hisy hazo hafa hisiry mariny gny rano eo dra hananga gny
raviny hatregny amy haabony hazo abo indrandra, dra ba sy hisy hazo hafa hisiry mariny gny rano eo dra
hahatrasy anizay haabo zay. Fa voatendry ho amy fahafatesa avo koa izy aby, ho agny ambany tany , eo amin'ireo
zanak'olombelo, miaraky amin'ireo ze mizoso agny an-davaky.[15]Izao gny zakan'i Topo Yaveh: Tamy andro ze
nizosoan'i Sedera tagny amy fiaigna-sy hita dra ninday fandala teto an-tany zaho. Nasaoroko teo agn'abonin'izay
gny rano laliky, dra nahemosiko gny rano gny ranomasim-be. Nisakanako gny rano be, dra ninday fandalana teo
amin'i Libanona ho anazy zaho. Dra nandala gny hazo gny saha aby noho zay.[16]Ninday nihesikesiky teo amin'ireo
firenena tamy feogny nilavoany zaho, fa gny natorako tagny amy fiaigna-sy hita niaraky tamin'ireo ze nizoso
tagny an-davaky izy. Dra nampiono gny hazon'i Edena aby tagny amy fagnambaranigny tany zaho. Reo gny hazo
voafaty vo soa be an'i Libanona; dra ireo ze nino gny rano.[17]Fa nizoso tagny amy fiaigna-sy hita niaraky
tamin'izay avo koa reo, ho agny amin'ireo ze maty gny lefo. Regny gny sandriny mahery , ireo firenena ze nitoesy
teo amy alokalony. [18]Iza tamin'ireo hazo tao Edena gny sahala aminao amy voninahisy gny fahalebeza? Fa halavo
miaraky amin'ireo hazon'i Edena ho agny amy fagnambarany tagny eo amin'ireo sy voafora ianao; Hiay
manahaky ireo ze matiny lefo ianao. 'Farao vo gny vahoakiny aby-zay gny fagnambarany Topo Yaveh.''

Chapter 32

[1]Tamy volana faharo amby folo gny tao faharo amby folo tamy volohany gny volana, dra avy taminahy gny
zakan'i Yaveh, nanao ho:[2]''Ry zanak'olo, manandrata fandalana mahakasiky an'i Farao gny pazakan'i Rgypta;
zakao anazy ho:''Manahaky gny liona tanora eo amin'ireo firenena ianao, saiky manahaky gny biby masiaky ao
an-dranomasy ; mizoboky ao agnaty rano ianao, dra manakobakobana gny rano amy tombony dra mandoto gny
ranon'ereo.[3]Izao gny zakan'i Topo Yaveh: Dra handasaky gny haratoko ao aminao eo amin'ireo fivondrognany
vahoaky maro zaho, dra hampiakasy anao amy haratoko izy reo. [4]Hagnenga anao ao amy tany zaho . Hatorako
agny an-tanimboly ianao dra hahoriko eo aminao ireo voro gny lagnisy aby; ho voky miatiaty aminao gny
haresin'ireo biby velo amy tany aby.[5]Fa hametraky gny nofonao eo an-tendrombohisy zaho, dra ho fenoko gny
fahalovany fatinao ireo lohasaha. [6]Dra handraraky gny liona manerana gny tendrombohisy zaho, dra ho feno gny
lionao gny fandrian-drano.[7]Dra gny fa hamono anao zaho, dra handrakoky gny lagnisy vo hagnamesy gny
vasian'ereo; ho takonako rahona gny masoandro, dra sy hamirapirasy amy hazavany gny vola. [8]Hagnamezy gny
famirapirata ze amy lagnisy eo amindrareo zaho, dra handrakoky ezy eo amy tanindrareo -zay gny
fagnambaran'i Topo Yaveh.[9]Dra hampagnelakelaky gny fo gny vahoaky maro ao amy tany ze st fatanao zaho, fa
gny bo handay fahalavoa ho anao eo amin'ireo firenena, eo amin'ireo tany ze sy bo fatanao zaho. [10]Hanafitohy
vahoaky maro mahakasiky anao zaho; hangitikitiky gny mahakasiky anao reo pazakan'ereo fa gny mampisizaky
gny lefoko eo aloan'ereo zaho. Hangitikitiky noho ianao amy fotoa aby gny kirairaiky, amy andro faharanao.[11]Fa
izao gny zakan'i Topo Yaveh: Ho avy hanohisy anao gny sabatry gny pazakan'i Babylona. [12]Hataoko matiny gny
sabasin'ireo pialy reo vahoaky maronao-pialy samy horohoron'ereo firenena. Reo pialy reo dra handrava gny
avognavon'i Egypta vo hamono ireo vahoaky maro.[13]Fa hamono gny biby fiteza aby laha teo amy rano be dra be
zaho; Sy hagnakobakoba gny rano sasy gny tombony gny olo, na handika ireo gny kitrogny biby teza. [14]Laha teo
dra hapitony reo ranony vo hampiroro ireo oniny manahaky gny menaky zaho-zay gny fagnambarany Topo
Yaveh.[15]Fa gny manao gny tany Egypta ho tana haolo zaho, fa gny sakana amy fahafenoany aby gny tany, fa gny
manafiky gny pony aby ao aminazy zaho, dra ho fatasin'ereo fa Izaho gny Yaveh. [16]Hisy fandala; handala manera
anazy ireo gny zanakapewlany firenena; handala manerana an'i Egypta izy ireo, eo amin'ireo vahoaky maro aby
gny handalan'ereo -zay gny fagnambarany Topo Yaveh.'';[17]Tamy tao faharo amby folo tamy andro fahadimy amby
folo gny volana, dra avy taminahy gny zakan'i Yaveh, nanao ho:[18]''Ry zanak'olo mitomagnia ho an'ireo vahoaky
moeon'i Egypta dra ampiboaho izy re-izy vo reo zanakapelan'ireo firenena lahibe-ho agny amy tany iva indrindra
miaraky amin'ireo ze nilisy ao an-davaky.[19]' Tena soa noho gny olo-kafa vatany se ianao? Miboaha dra miapara
miaraky amin'ireo sy voatapaky.'[20]Ho lavo eo amin'ereo ze matiny lefo izy ireo. Fa vita sorisy gny lefo! fa nome
gny lefo izy; hanambosy anazy vo ireo vahoakiny maro izy reo. [21]Hagnambara momban'i Egypta vo reo piara-dia
aminazy reo pialy mahery indrindra ho: 'Fa niboaky teto izy reo! Hiapasy miaraky amin'ireo sy voatapaky ,
miaraky amin'ereo ze maty gny lefo izy reo.'[22]Asyria vo ireo fiangonany aby dra ao. Magnodidy anazy gny lolony;
izy aby dra aty tami-lefony. [23]Reo ze mana lolo miory eo amy fanga-sioky gny lavaky dra ao, miaraky amin'ireo
fiangonany aby. Reo lolony dra magnodidy an'ereo ze maty, zay lavo gny lefo, ireo ze ninday horohoro teo amy
taninigny velo.[24]Ao Elama miaraky amin'ireo vahoakiny maro aby. Magnodidy anazy gny lolony; maty avo koa izy
aby. REo ze lavogny lefo, zay tafilisy sy voatapaky agny amy fagnambarany tany, zay ninday gny fapatahoran'ereo
teo amy tanigny velo vo minday gny fahafaham-barakany manoka, miaraky amin'ereo miboaky ao an-davaky.
[25]Nametraky kitapo fandria ho agn'i Elama vo reo vahoakiny maro aby eo agnevony faty izy reo; magnodidy
anazy gny lolony. Izy aby dra sy voatapaky, voalefogny lefo, satria ninday gny tahosin'ereo teo amy taninigny velo
izy reo. Dra minday gny fahafaham-barakany izy ireo, miaraky amin'ireo miboaky ao an-davaky eo amin'ereo ze
fa maty, reo ze miboaky ao an-davaky. Elama dra isan'ereo aby ze maty.[26]Meseka, Tobala, vo reo vahoakiny maro
aby dra tao! Magnodidy anazy reo gny lolony. Izy aby dra samy sy voatapakyu avo koa, matigny lefo, satria
ninday gny fampatahorany teo amy tany gny velo izy reo. [27]Sy miara-miapasy eo amin'ireo pialy sy voatapaky
lavo ze niboaky tagny amy Fiaigna-sy hita miaraky amin'ireo fitovam-pialiany, dra miaraky amin'ireo sabany
apetraky ao ambany gny lohan'ereo vo ireo helony eo amy tolan'ereo. Fa izy reo gn mapatahosy gny pialy tao amy
tany gny velo.[28]Dra noho zay ianao, ry Egypta, dra ho torotoro eo agnevon'ereo sy voatapaky! Hiapasy magnaraky
reo ze voalefo gny lefo ianao. [29]Ao i Edoma vo ireo pazakiny dra ireo pitariny. Fa voapetraky ao amy tazany
miaraky amin'ereo maty gny lefo izy reo. Miara-miapasy amin'ireo sy voatapaky izy reo, miaraky amin'ereo ze
niboaky tagny an-davaky.[30]Reo andriandahy gny avarasy dra ao__ izy aby miaraky amin'ereo Sidoniana aby izay
nizoso niaraky tamin'ereo zay fa voalefona. Nahery vo nampitahosy gny hafa izy reo, fa ao agnaty henasy izy reo
amizao, sy voatapaky miaraky amin'ereo ze voalefony lefo. Minday gny fahafaham-barakany izy reo, miaraky
amin'ireo ze niboaky tagny an-davaky.[31]Hagnety Farao dra ho ampaherezy gny amin'ireo vahoakiny maro aby zay

voalefo gny lefo-Farao vo reo tafiny aby-zay gny fagnambara gny topo Yaveh. [32]Napetrako ho mapatahosy eo amy tany gny velo izy, kanefa hiapasy eo agnevon'ereo sy voatapaky izy, eo amin'ireo voalefo gny lefo. i Farao vo ireo vahoakiny aby-zay gny fagnambarany Topo Yaveh.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 33

[1]Dra avy taminahy gny zakan'i Yaveh nanao ho:[2]'' Ry zanak'olo , ambarao amy vahoakinao izao; zakao amin'ereo
ho:'Fa gny minday lefo hanohisy gny tany aby zaho, dra hangalaky olo raiky amin'ireo gny ponin'izay tany zay
dra hanao anazy ho pitily ho anazy ireo. [3]Magnety gny lefiny fa tamy eo amy tany izy, dra misioky gny azomarany
ba hampitandry gny vahoaky! [4]Raha mahare gny feo azomara gny olo nefa sy mitandry , dra raha avy dra
mamono anazy ireo gny lefo , dra ho eo an-dohany kirairaiky avo koa gny loiny.[5]Raha misy olo mahare gny feo
azomara dra sy mitandry , dra ho eo aminazy gny liony; fa gny mitandrina izy, dra hahavozy gny ainy. [6]Na izay
aza, gny hitan'ny pitily fa tamy gny sabatra, nefa gny sy misoka gny azomara izy, dra gny vokany dra sy
nampitandrema gny olo, dra gny avy gny sabatra dra mangalaky ain'olo, dra matin'ny fahotany avo izay olo zay,
fa hadigniko amigny pitily gny liony.'[7]Dra hanao, ry zanak'olo! fa nataoko pitily ho an'ny ankohonan'Israely
hanao; handre reo zaka avy amigny vavako hanao dra hampitandry anazy reo amigny agnarako. [8]Gny mizaka
amigny rasy fagnahy zaho ho:' Ry rasy fagnahy, ho maty tokoa hanao!' nefa gny sy mizaka izay na mampitandry
gny rasy fagnahy gny amigny fanaony hanao, dra ho fatin'ny fahotany izy izay rasy fagnahy, nefa ho takiko
amigny tagnanao gny liony! [9]Nefa hanao, gny mampitandry gny rasy fagnahy gny amigny fanaony, ba hialany
amin'izay, dra gny sy miala amigny fanaony izy, dra ho fatin'ny fahotany izy, fa hanao hahavozy gny ainao.[10]Dra
hanao. ry zanak'olo, zakao amigny ankohonan'Israely ho:' Izao gny zakandrareo:'Gny helokay vo gny fahotanay
dra eo aminay, dra solan'ireo izahay! ino gny hahavelon'anay?''' [11]Zakao amin'izy reo ho:' gny velo koa zaho__izay
gny fagnambaran'ny tompo Yaveh__dra sy mankasitraky gny fahafatesan'ny rasy fagnahy zaho, fa gny mibebaky
amigny fanaony gny rasy fagnahy, dra ho velo izy! Mibebaha! Mibebaha amigny fomba rasindrareo! fa ino gny
tokony ho maty handrareo, ry ankohonan'Israely?'[12]Dra amizao ianao, ry zanak'olo, zakao amy vahoakinao
ho:'Gny fahamarinan'olo-mary dra sy hagnavosy anazy raha manota izy ! Gny faharasigny rasy fagnahy sy
hamono anazy raha mibebaky amy fahotany izy ! Fa sy afa-hiay noho gny fahamarignany gny olo-mary raha
manota izy. [13]Raha mizaka amy mary zaho ho: '''Ho velo vatany izy !''dra raha matoky amy fahamarinany izy dra
manao gny sy rariny, dra sy hahasiaro ze fahamarignany zaho. Ho sy hahasiaro ze fahamarinany zaho. Ho maty
faharasia nataony izy.[14]Dra raha mizaka amy rasy fagnahy zaho ho:''Ho maty vatany ianao,''nefa raha mibebaky
hiala amin'ireo fahotany vo manao ze mary vo mahisy izy-[15]raha magnery gny atoky gny findramam-bola zay
nangatahiny tamim-paharasia izy, na raha magnery ze nangalariny izy, dra raha mandeha amin'ireo lala zay
minday fiaigna dra sy manota sasy-dra ho velo vatany izy. Sy ho maty izy. [16]Sy misy ho saroany ireo fahota ze
nataony. Fa nanao gny mary vo mahisy izy, dra noho zay,dra ho velo vatany izy![17]Nefa hoy gny vahoakinao:'Sy
rariny gny fitondra gny topo!'' Kanefa gny fombandrareo gny sy rariny! [18]Raha miala amy fahamarignany dra
manota gny olo-mary, dra ho matin'izay izy! [19]Raha miala amy faharasiany gny rasy fagnahy dra manao ze
mahisy vo mary , dra ho velo noho reo raha izy! [20]Nefa iandrareo vahoaky manao ho:''Sy rariny gny fitondra gny
Topo!''Hisara gny kirairaiky amindrareo araky gny lalany aby zaho, ry taranak'Israely!'''[21]Dra tamy tao faharo
amby folo,tamy andro fahadimy gny vola fahafologny fahababoasika, gny nisy pisoa-ponena avy teo aminahy
laha tgny Jerosalema dra nanao ho: ''Tia gny tana! ''[22]Teo aminahy gny hariva nialoha gny nahaviagny piala-
ponena gny tanan'i Yaveh fotoa ze nahaviany teo aminahy tamy mangiran-drasy. Dra nisioky gny havoako; sy
moana sasy zaho![23]Dra avy taminahy gny zakan'i Yaveh, nanao ho:[24]''Ry zanak'olo, ze mony amin'ereo rava ao
amy tanin'Israely dra miresaky dra manao ho: 'Olo raiky avi Abrahama, dra nandova gny tany izy, nefa maro
isika! Nome asika ba ho fanagna gny tany.'[25]Noho zay zakao amin'ereo ho:'Izao gny zakan'i Topo Yaveh: Mihina-lio
anadrareo, dra mapiandra gny masondrareo agny amin'ireo sapindrareo, laha teo dra nandraraky lion'olo
andrareo. Tokony hana gny tany vatany se iandrareo? [26]Fa niaky tamin'ireo sabatrandreo andrareo dra fa nanao
raha mampagnelakelaky ; gny lelahy kirairaiky dra mandoto gny valiny piara-mony aminazy. TOkony hahazo gny
tany vatany se andrareo?'[27]Izao gny ho zakanao amin'ereo: 'Izao gny zakan'i Tompo Yaveh: Raha velo koa Zaho,
dra lavon-defo marina vatany ireo olo ao amin'ireo rava, dra reo ze agny an-tanimboly dra homeko ho an'ereo
raha-managn'ay ho sakafo, dra reo ze ao amy fiarova fatrasy vo agny an-dava-bato dra ho matygny areti-
mandringa. [28]Dra havaliko ho lao vo tahosy gny tany, dra hiafara gny avignavo gny herin'izay, fa ho lahibe reo
tendrombohin'Israely, dra sy hisy na iza na iza hagnenga eo amin'ireo.'[29]Dra ho matin'ereo fa Izaho gny Yaveh, fa
gny manao gny tany ho lao vo tahosy noho gny fahavetaveta aby nataon'ereo zaho.[30]Dra amizao ianao, ry
zanak'olo-gny vahoakinao dra mizaka raha momba anao eo mariny gny fefy vo reo vavahady gny tragno, dra gny
kirairaiky mifapizaka -gny kirairaiky amy rahalahiny ho:'Handeha isika dra hiteno gny zakany paminany ze laha
tamin'i Yaveh! [31]Dra ho avy eo aminao gny vahoakiko, manahaky ze fataony matetiky, dra hipetraky eo
anatrehanao dra hiteno anireo zakanao, nefa sy hakoto anio izy reo. Reo zaka mary gny eo am-bavan'ereo, nefa
gny fony dra magnaraky tombony sy ara-drariny.[32]Fa manahaky gny hatsa ho anazy reo ianao, feo mahafinarisy

zay notendre soa tamy lokanga, dra hiteno reo zakanao izy reo, nrfa sy hisy amin'ereo ho tia anizay. [33]Dra gny misanga aby zay - ingo! hisanga zay! - dra ho satan'ereo fa nisy paminany teo aminazy.'"


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 34

[1]Laha taminahy gny zakan'i Yaveh, manao ho:[2]"Ry zanak'olo, maminania manohisy ireo mpiamby
agn'ondrin'Israely. Maminania dra zakao izy ireo ho: 'Izao gny zakan'i Topo Yaveh amin'ereo piamby agn'ondry:
Loza ho an'ereo mpiamby agn'ondrin'Israely ze miamby gny vatan'ereo avo. Moa se sy tokony hiamby gny
agn'ondry vo osy gny mpiamby agn'ondry? [3]Mihinana gny ampaha gny vondraky ianao dra misikina volon'
agn'ondry. Mamono gny vondraky amy agn'ondry inao . Sy miamby agn'ondry koa ianao.[4]Sy nagnamafy ireo ze
mana arety ianao, na nagnasitra an'ereo ze marary. Sy manambasy ireo ze tapaky ianao, dra sy magnery ze
voaroaky na mitalia gny levo. Fa dra, manapaky eo amin'ereo amy alalany hery vo herisatra ianao. [5]Laha teo dra
niparitaky sy nisy miamby izy reo, dra lasa sakafo ho agny bibidia egny an-tanimboly, tafarany nanaparitaha
anazy reo. [6]Nirerirery tegny amy tendrombohisy aby vo gny havoana aby gny agn'ondriko, dra voaely nanera gny
tany zay. Nefa sy bo misy olo mitalia anereo.[7]Noho zay, ry mpiamby agn'ondry , tenoy gny zakan'i Yaveh:[8]Raha bo
velo koa zaho-zay gny fagnambaran'i Topo Yaveh-satria lasa tia vo sakafo ho agny bibidia aby egny an-tanimboly
gny agn'ondriko, satria sy nisy mpiamby agn'ondry dra sy nisy tamin'ereo mpiamby agn'ondriko nitalia gny
agn'ondriko, fa niamby gny vatany avo reo mpiamby agn'ondry fa sy niamby gny6 agn'ondriko.[9]Noho zay, ry
mpiamby agn'ondry, tenoy gny zakan'i Yaveh: [10]Topo Yaveh mizaka anizao: Ingo! manohisy ireo mpiamby
agn'ondry zaho, dra hitaky gny agn'ondriko eo an-tagnan'ereo zaho. Laha teo dra ho roahiko amy fiandrasa gny
agn'ondry izy ireo; na gny mpiamby agn'ondry avo sy hiamby gny vatan'ereo sasy satria hangalaky ireo
agn'ondroko sy ho eo amy vavan'ereo zaho, ba sy ho sakafon'ereo sasy gny agn'ondriko.[11]Fa gny Topo Yaveh
mizaka anizao: Ingo ! Hitalia gny agn'ondriko zaho dra hikarakara ireo, [12]manahaky gny mpiamby agn'ondry
mitalia gny agn'ondriny amy andro fa gny eo agnevony agn'ondriny mibarakay izy. Noho zay dra hitalia gny
agn'ondriko zaho, dra hamozy anazy ireo amy toera iaby ze nagnapariaha anazy ireo amy andro gny rahona vo
gny fahamezigna. [13]Laha teo andesiko miboaky laha teo amin'ereo vahoaky izy ireo; hahoriko agny amy tany ireo
dra ho andesiko agny amy tanin'ereo . Hametraky anazy ireo egny amy tanin'ahisin'ereo moron-
tendrombohisin'Israely, amy renirano, dra agny amy fonena aby ao amy tany Zaho.[14]Hametraky agny amy ahisy
soa Zaho; gny tendrombohisy abon'Israely gny ho fitoeram-bilony. Handry eo amin'ireo toera soa firofam-bilo
ireo, agny amy tany feno ahisy, dra hiraoky egny amy tendrombohisin'Israely izy ireo. [15]Izaho mahisy gny hiamby
gny agn'ondriko, dra izaho mahisy gny hampandry anazy reo-zay gny fagnambrany Topo Yaveh-[16]Hitalia gny levo
zaho dra hametraky ze noroahiny. Hamehy reo agn'ondry tapaky Zaho dra hagnasitrany gny agn'ondry marary fa
gny vondraky vo gny fatrasy dra ho vonoko. Hiamby agn'ondry ara-drariny Zaho[17]Amizao ianao, ry agn'ondriko-
izao gny zakany Topo Yaveh-ingo,ho pisara eo amy agn'ondry vo osy zaho dra eo amin'ireo agn'ondry lahy vo osy
lahy. [18]Moa se sy ampy hohany gny ahisy soa, gny sy maisy hisakisahinao amy tombonao gny sisa tavela amy
ahisy; dra ho nomy gny rano malio, gny sy maisy lotonao ho fotaky amy tombonao gny renirano? [19]Moa se gny
agn'ondriko sy maisy mihina ze nisakisahinao tamy tombonao, dra mino ze nolotonao ho fotaky tamy tombonao?
[20]Noho zay gny Topo Yaveh dra mizaka anizao amin'ereo: Ingo Izaho mahisy gny hisara eo amin'ireo agn'ondry
vondraky vo ireo mahis, [21]satria iandrareo fa nandrozindrozy anazy ireo tamy hahoriandrareo vo sorokindrareo,
dra fa notrongisindrareo tamy tandrokindrareo malemy nandra-panaparitakindreo anazy reo niboaky gny tany.
[22]Hamozy gny agn'ondriko Zaho dra sy ho tia sasy , dra hisara eo amy agn'ondry raiky bo raiky hafa Zaho!
[23]Hametraky piaraky agn'ondry raiky eo amin'ereo zaho, dra Davida panompoko. Hiamby anazy reo izy, hagnome
hany anazy reo, dra ho piamby izy ireo. [24]Fa Izaho, Yaveh, ho Zagnaharin'ereo, dra Davida mpanopoko dra ho
andriana eo amin'ereo- Izaho, Yaveh, gny fa nagnambara anizay.[25]Dra hanao fanekem-pihavana amin'ireo Zaho
dra hangalaky ireo bibidia masy laha taminy tany, ba hahafahan'ereo miay am-pilamina agny amy tany efisy dra
handry soa aman-tsara agny amin'ireo ala. [26]Izaho dra hinday fitahia amin'ireo vo amin'ireo toera magnodidy gny
havoanako, satria handefa ora amy andro voatondro Zaho. Ho ora gny fitahia zay. [27]Dra hamokasy reo tegnany
gny hazo gny saha , dra gny tany dra hagnome alala gny vokany. Ho voaaro ao amy tanin'ereo gny agn'ondriko;
dra ho fatasin'ereo fa Izaho gny Yaveh, fa gny manapaky ireo hiliny ziongan'ireo zaho, vo gny magnavosy anazy
reo aby amy tanan'ereo ze nagnandevo anazy ireo.[28]Sy ho tia an'ereo firenena sasy izy ireo, dra sy handrapaky
anazy ireo sasy ireo bibidia agn'abony tany. Fa hiay am-pilamina izy ireo, dra sy hisy na iza na iza hampatahosy
anazy reo. [29]Fa hamboasy toera fambolea milamy ho anazy ireo zaho ba sy ho matiny mosary sasy izy reo ao amy
tany, dra ireo firenena sy hinday fagnarasia amin'ereo.[30]Dra ho fatan'ereo fa Izaho , Yaveh Zagnaharin'ereo, dra
miaraky amin'ereo. Izy reo gny oloko, gny ankohanan'Israely-zay gny fagnambarany Topo Yaveh. [31]Fa iandrareo
gny agn'ondriko, vo osiko dra oloko, Izaho gny Zagnaharindreo-zay gny fagnambarany Topo Yaveh.'"


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 35

1Dra avy taminahy gny zakan'i Yaveh, manao ho:2''Ry zanak'olo, ampanatreho gny Tendrombohisy Seïra gny
tarehinao dra maminania manohisy anizay. 3Zakao amin'izay ho: 'Izao gny zakan'i Topo Yaveh: Ingo!Manohisy
anao zaho, ry Tendrombohisy Seira, dra hamely anao amy tagnako zaho dra hanao anao ho lao vo horohoro.4Ho
ataoko rava ireo tanandrareo, dra iandrareo dra ho lasa faharava; laha teo dra ho fatasindrareo fa Izaho gny
Yaveh. 5Satria fahavalo teo amy vahoakin'Israely mandrakariva iandrareo, dra nandefa anazy reo teo an-tagnany
lefo iandrareo tamy fotoany fahorian'ereo, tamy fotoany fahorian'ereo, tamy fotoa naha-lahibe gny sazin'ereo.
6Noho zay, raha bo velo koa zaho-zay gny fagnambarany Topo Yaveh-dra hagnoma andrareo ho amy fandasahan-
dra zaho, dra hagneziky andrareo gny fandasahan-dra! Satria sy nankahalandrareo gny fandasahan-dra, dra
hagneziky andrareo gny fandasahan-dra.7HO ataoko faharava tateraky gny Tendrombohisy Seira fa gny
hangalaky laha tamin'izay aby miriosy eo vo mihery eo amin'izay zaho. 8Dra ho fenoko amy lohan'ereo gny
tendrombohisin'izay. REo havoana avondrareo vo ireo lohasaha dra ireo loharanondrareo aby-ireo ze matiny lefo
dra holavo ao amin'ereo . 9Ho ataoko faharava mandrakizay iandrareo. Sy hisy pony ireo tanandrareo, fa ho
fatandrareo fa Izaho gny Yaveh.10Ianao fa nizaka ho: ''Reo firenena ro reo vo ireo tany ro ireo dra ho anahy, dra
hana anazy reo ho fanagna isika, ''na dra niaraky tamin'ereo avo i Yaveh. 11Noho zay, raha bo velo koa zaho-zay
gny fagnambarany Topo Yaveh-dra hanao araky gny hahorianao vo araky gny fialogna ze nanagnanao tamy
fankahalanao an'Israely zaho, dra haneho gny vatako amin'ereo zaho fa gny misara anao.12Dra ho fatasy drareo fa
zaho gny Yaveh. Fa nahare ereo mpagnahy ze nizakan'ereo tamin'ereo tendrombohisin'Israely zaho, raha; fa
name teo aminay ba ho harampaky ereo.'' 13Fa manandrasy gny vatandrareo taminahy tamizay nizakandrareo,
dra nampitombo ereo zaka nanoherandrareo anahy; dra reko zay aby.14 Zahoky gny zakany tompo Yaveh: Ha
taoko rava handrareo, raha bo mifaly gny tagny manitolo. 15Raha bo mifaly eo amy lovan'ny olon'Israely nohony
faharavan'ny drareo, dra ho ataoko amidrareo koa zay. Hoavy gny faharavany nao, dra tendrombohisy Seira, dra
Edoma aby-ze! Dra ho fatasireo fa zaho gny Yaveh.''''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 36

1Amizao hanao, dra zanak'olo, maminany amin'ereo tendrombohisin'Israely, tenoy gny zakan'i Yaveh. 2Zahoky
gny zakany tompo Yaveh: Fa nizaka momba andrareo gny fahavalo ho: ''Hia!'' dra ''Lasa fanagnanay ereo toera
agnabo fahagola.''' 3Noho izay maminania dra zakao ho: 'Izao gny zakanigny Topo Yaveh: Nohonigny
faharavandrareo vo nohonigny fanafiha ze avy teo amindrareo boak'agny amigny lafiny aby, dra fa lasa
fanagnan'ireo firene-kafa handrareo; fa lasa foko-kevisy gny moloso vo gny lela pagnendrikendriky handrareo,
dra tataranigny olo.4Noho izay, ry tendrombohis'Israely, tenoy gny zakanigny Topo Yaveh: Izao gny zakanigny
Topo Yaveh amireo tendrombohisy vo reo havoa abo, amireo lohandrian-driaky vo reo lohasaka, amireo
poninigny faharava vo gny tana haolo ze fa lasa babo vo foto-kevisy gny fanirasira ho an'ireo firene-kafa ze
magnodidin'anereo__5noho izay gny Topo Yaveh dra mizaka amizao: Fa nizaka tao amigny afo-pahasiahako
manohisy reo firene-kafa vatany Zaho, manohisy an'i Edoma vo reo aby ze nangalaky gny taniko ho anigny
vatany ho fanagna, manohisy ze samby nifaly aby tao apony vo nanao sinosino tao amigny fagnahin'ereo, araky
gny nangalan'ereo gny taniko ze mety hitalilian'ereo gny tanin'ahiny ho anigny vatan'ereo.' 6Noho izay,
maminania amigny tanin'Israely dra zakao amireo tendrombohisy vo reo havoanao abo, amigny lohasakan-
driaky vo reo lohasa ho: 'izao gny zakanigny Topo Yaveh: Ingo! Agnatinigny fahoriako vo gny fahasiahako gny
italiliako anizay akory indesa gny finirasiranigny firenena handrareo.7Noho izay, izao gny zakanigny Topo Yaveh:
Izaho mihisy gny hanandrasy gny tagnako hiania fa reo firenena ze magnididin'andrareo dra hinday gny
fahafam-barakany manoka vatany.8Fa handrareo, ry tendrombohis'Israely, Hitombo sapa vo hamokasy ho
an'Israely vahoako handrareo, akory hihery amindrareo sy ho ela ereo. 9Fa ingo, momba andrareo zaho, dra
minday andrareo amizao; hasany vo ho fafaza amigny voa handrareo.10Ko hapitombo tendrombohis'olo eo
amindrareo zaho ao amigny akohonan'Israely aby, izy aby zay. Hisy ponina reo tana vo hareny ndraiky rava.
11Hapitombo gny olo vo gny bibimola eo amindrareo zaho ry tendrombohisy ba hitombo vo hahavokasy ereo. Dra
hahaavy andrareo hisy ponina manahaky andrareo taloha zaho, dra hambiniko mihoasy noho reo vitandrareo
taloha handrareo, hahafatarandrareo fa Izaho gny Yaveh. 12Hinday olo zaho, ry Israely vahoako, ba handeha eo
amindrareo. Ho fanagnan'ereo handrareo, dra ho lovany, dra sy hahaavy gny zanak'ereo ho maty sasy
handrareo.13Izao gny zakanigny Topo Yaveh: Akory ereo mizaka amindrareo ho: "Mandevogna olo hanao, dra fa
maty gny zanaky gny firenenao," 14noho izay dra sy handevo gny firenenandrareo handala gny fahafatesan'ereo
sasy. Izay gny fagnambaranigny Topo Yaveh. 15Na koa hagnenga andrareo hahare gny fanirasiranigny firenena
sasy Zaho; sy hinday gny hegnasy gny olo sasy handrareo na hahaavy gny firenendrareo ho lavo__izay gny
fagnambaranigny Topo Yaveh."'16Vo ho avy taminahy gny zakan'i Yaveh, manao anizahoky ho: 17"Ry zanak'olo, gny
fa nonina tamigny taniny gny akohonan'Israely, dra nandoto anizay tamireo fombany vo reo asany. Gny
fomban'ereo dra manahaky gny fahalotoanigny fadimbolanigny apela eo anoloako. 18Ko nararako teo amin'ereo
gny fahoriako nohonigny lio ze nalasak'ereo teo amigny tany vo nohonigny fandotoan'ereo anizay tamigny
alalan'ireo sampany.19Naeliko teo amireo firenena ereo; naparitaky nanera reo tany ereo. Nizakako araky reo
fombany vo reo asany ereo. 20Boak'eo ereo nagnagny amireo firenena, bre na teza na teza nandehanan'ereo, dra
nanirasira gny agnarako masy ereo gny fa nizaka gny amin'ereo gny vahoako ho: 'Ireo vatany ra gny vahoakin'i
Yaveh? Fa nanda gny zakany ereo.' 21Fa nana fangoraha-po ho anigny agnarako masy ze fa nilotonigny
akohonan'ISraely teo amigny firenena zaho, raha nandeha tagny ereo.22Ko zakao amigny akohonan'Israely ho:
'Izao gny zakanigny Topo Yaveh: Sy manao anizay nohonigny amindrareo zaho, ry akohonan'Israely, fa
nohonigny agnarako masy, ze fa nilotondrareo teo amireo firenena aby ze fa nandehanandrareo. 23Fa hanao gny
agnarako lahibe ho masy zaho, ze fa nilotondrareo teo amireo firenena__teo agnevon'ireo firenena, gny
nanirasirandrareo zay. Dra ho fatasy gny firenena fa Izaho gny Yaveh__izay gny talilinigny Topo Yaveh__gny fa
hitandrareo fa masy Zaho.24Halako boak'eo amireo firenena handrareo dra havoriko boak'agny amigny tany aby,
dra handesiko agny amigny tanindrareo handrareo. 25Boak'eo ho fafazako rano malio eo amindrareo ba ho voalio
amireo fahalotoandrareo aby handrareo, dra ho lioviko amigny sapindrareo aby handrareo.26Hameko fo vo
fagnahy vaovao handrareo ao agnatindrareo ao, dra halako amigny nofondrareo gny fo vato. Fa hameko fo nofo
handrareo. 27Hametraky gny fagnahiko ao amindrareo Zaho dra hahaavy andrareo hagnaraky gny lalako vo
hitandry gny didiko, dra hataondrareo reo. 28Dra honina ao amigny tany ze nameko gny razambendrareo
handrareo; ho vahoako handrareo, dra Izaho ho Zagnaharindrareo.29Fa havotako boak'amigny fahalotoandrareo
aby handrareo. Hitoka gny vary vo hapitombo anizay zaho. Sy hasiako mosary sasy eo amindrareo.
30Hapitomboko gny tegnanigny hazo vo gny vokasinigny mosary eo amigny firenena sasy handrareo. 31Dra
hahasiaro gny fomba rasindrareo vo gny asa rasindrareo ze sy soa handrareo, dra haneho rikoriko eo amigny
tarehindrareo noho reo fahotandrareo vo reo asa mapangelakelaky avo handrareo.32Sy manao anizay nohonigny


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

amindrareo zaho__izay gny talilinigny Topo Yaveh__aoky ho fatandrareo zay. Noho izay aoky ho megnasy vo ho
afa-baraka nohonigny fombandrareo handrareo, ry akohonan'Israely. [33]Izao gny zakanigny Topo Yaveh: Amigny
andro ze handiovako andrareo amigny helondrareo aby, dra hataoko monina ao amireo tana handrareo dra
hamboasy ndraiky reo toera rava. [34]Fa hasiandrareo ndraiky gny tany rava mandra-pahavy anizay ho sy faharava
eo amason'ireo aby ze mandalo sasy.[35]Dra nizaka ereo ho: "Rava ty tana tihoky, fe seky lasa manahaky gny sakan'i
Edena izy; reo tana rava vo reo rava sy misy ponina ze nisolany dra voaaro fatrasy sady nonegna amizao."
[36]Boak'eo reo firenena hafa magnodidin'anao dra hahafatasy fa Izaho gny Yaveh, fa Izaho gny nananga gny rava
vo napamokasy ndraiky reo toera maiky. Iazho gny Yaveh. Fa zinakako zay dra hataoko.[37]Izao gny zakanigny Topo
Yaveh: ho Angatahan'ireo akohonan'Israely ndraiky zaho ho ba hanao anizay ho anereo, ba hapitombo anereo
manahaky gny andian'olo. [38]Manahaky gny agnondry voatoka ho anigny soro, manahaky gny agnondry agny
Jerosalema amigny fanasany voatondro, dra ho feno andian'olo reo tana rava dra ho fatas'ereo fa Izaho gny
Yaveh."'

## Chapter 37

[1]Teo aminahy gny tagnan'i Yaveh, dra ninday anahy hiboaky tamigny alalanigny Fagnahin'i Yaveh Izy dra
nametraky anahy teo agnevonigny lohasaka; feno tola zay. [2]Dra nasany nihodidy teo amizay zaho. Ingo! Maro
an'isa tamin'ereo gny zaka amigny lohasaka. Ingo! Maiky be vatany ereo. [3]Hoy Izy taminahy ho: "Ry Zanak'olo,
afaky miay ndraiky ra ty tola tahoky?" Dra hoy zaho ho: "Ry Topo Yaveh, Hanao raiky avo gny mahay."[4]Dra nizaka
taminahy izy ho: "Maminania amireo tola reo vo zakao amin'ereo ho: 'Ry tola-maiky. Tenoy gny zakan'i Yaveh.
[5]Izao gny zakanigny Topo Yaveh amireo tola reo: Indro! hametraky fofon'ay aminao zaho, dra ho velo hanao.
[6]Hametraky hozasy manerana anao zaho dra hinday nofo eo aminao. Handrakosy anao amigny holisy zaho dra
hagnisy fofonay ao agnatinao ba hiay hanao. Dra ho fatasao fa Izaho gny Yaveh."'[7]Dra naminany arak'izay
nandidia anahy zaho; raha naminany zaho, dra ingo, nisy feo avy, ze matahosy. Dra nifagnotany niaraky reo
tola__tola amigny tola. [8]Nizano zaho dra, ingo, teo amin'ereo gny hozasy izao, dra nitombo gny nofo dra
nandrakosy anereo gny holisy. Fa sy bo nisy fofonay tao amin'ereo.[9]Dra nizaka taminahy Yaveh ho: "Maminania
amigny fofonay, maminania, ry zanak'olo, dra mizaka amigny fofonay ho: 'Gny Topo Yaveh mizaka anizao: Ry
fofonay, mevia boak'amigny rivosy efasy, dra sofy reo ze voavono, ba hahafahan'ereo miay."' [10]Ko naminany araky
ze fa nandidia anahy zaho; avy tamin'ereo gny fofonay dra velo ereo. Boak'eo dra nisanga tamigny tombony ereo,
ze tafiky lahibe.[11]Dra nizaka taminahy Yaveh ho: "Ry zanak'olo, akohonan'Israely aby reo tola reo. Ingo! Hoy ereo
ho: 'Nihamaiky reo tolany, dra lasa gny fanatenany. Nofongorany zahay.' [12]Noho izay dra maminania dra zakao
ereo ho: 'Gny Topo Yaveh mizaka anizao: Ingo! Hanokaky reo lolondrareo Zaho dra hapiakasy andrareo hiboaky
ao amizay, ry vahoako. HInday anao hihery amigny tanin'Israely Zaho.[13]Dra ho fatandrareo fa Izaho gny Yaveh,
gny fa manokaky gny lolondrareo vo minday andrareo hiboaky amin'ereo zaho, ry vahoako. [14]Hametraky gny
Fagnahiko ao amindrareo Zaho dra ho velo handrareo, dra hapiala sasasy andrareo agny amigny tanindrareo
zaho gny fa fatandrareo fa Izaho gny Yaveh. Mitalily anizay zaho dra hagnatateraky anizay__izay gny talilin'i
Yaveh."'[15]Dra avy aminahy gny zakan'i Yaveh, manao anizahoky ho: [16]"Koamizao hanao, ry zanak'olo, mangala
tapa-kazo raiky ho anigny vatanao dra sorato eo amizay ho: 'Ho an'i Joda vo gny vahoakin"israely, reo namany.'
Dra mangala tapa-kazo raiky hafa dra sorato eo amizay ho: 'Ho an'i Josefa, gny tapa-kazon'i Efraima, dra ho
an'ireo vahoakin'Israely aby, reo namany.' [17]Andeso hiaraky ho tapa-kazo raiky izy ro reo, ba ho lasa raiky eo
atagnanao ereo.[18]Gny fa mizaka aminao reo vahoakao dra manao anizahoky ho: 'Moa sy hizaka aminay gny
dikan'ireo rahanao reo ra hanao?' [19]dra zakao amin'ereo ho: 'Gny Topo Yaveh mizaka anizao: Ingo! Mangalaky
gny tapa-kazon'i Josefa ze eo atagnan'i Efraima vo reo fokon'Israely namany Zaho dra mapifandray anizay
amigny tapa-kazon'i Joda, ba ho tapa-kazo raiky avo ereo, dra ho lasa raiky eo atagnako ereo.' [20]Hazogny eo
atagnanao reo tapa-kazo ze nisoratinao teo amason'ereo.[21]Zakao amin'ereo ho: 'GNy Topo Yaveh mizaka anizao:
Ingo! Handeha hangalaky reo vahoakin'Israely boak'amireo firenena ze nandehanan'ereo Zaho. Hamory anereo
boak'amireo tany magnodidy Zaho dra hinday anereo agny amigny taniny. [22]Hataoko firenena raiky agny amigny
tany ereo, eo amireo tendrombohis'Israely, dra pazaka tokana gny ho pazakan'izy aby reo, dra sy ho firenena ro
sasy ereo. Sy ho voazara ho fazaka ro sasy ereo. [23]Dra sy handoto gnyvatan'ereo amin'ireo sapiny sasy ereo, reo
rahany maharikoriko, na raiky amireo fahotany hafa. Fa hamozy anereo amireo nataony sy apinoa, ze nagnotany
zaho, dra hagnalio anereo, dra ho vahoako ereo dra Izaho ho zagnahary.[24]Davida panopoko gny ho pazakan'ereo.
Dra piamby toka gny ho amin'ereo aby reo, dra handeha araky reo fisipiko vo hitandry reo lalako dra hakato
anizay ereo. [25]Hipetraky agny amigny tany ze nameko an'i Jakoba panopoko ereo, ze nizanognan'ireo
razambendrareo. Hitoby ao agnatin'izay mandrakizay ereo__ereo, reo zanany, dra reo zafikeliny, akory Davida
panopoko gny ho lahiben'ereo mandrakizay.[26]Hametraky fagneke-pivavaha miaraky amin'ereo Zaho. Ho fagneke
mandrakizay miaraky amin'ereo zay. Hametraky anereo Zaho vo hagnamaro anereo dra hametraky gny toerako
masy eo agnevon'ereo mandrakizay. [27]Gny toera fonegnako dra hiaraky amin'ereo; ho zagnahary Zaho, dra ho
vahoako ereo. [28]Dra ho fatas'ireo firenena fa Izaho gny Yaveh ze manoka an'Israely, gny fa eo amin'ereo
mandrakizay gny toerako masy."'



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 38

[1]Avy taminahy gny zakan'i Yaveh, manao anizahoky ho: [2]"Ry zanak'olo, apagnatreho an'i Goga, gny tanin'i
Magoga, gny lahibenigny zagnaharin'i Meseka vo Tobala gny tarehinao; dra maminania manohisy anazy. [3]Zakao
ho: 'Izao gny zakanigny Topo Yaveh: Ingo! Manohisy anao zaho, ry Goga, lahibenigny zagnaharin'i Meseka vo
Tobala.[4]Ko hataoko mihodikody handrareo dra hasiako faraingo gny valagnoranao; halefako miaraky aminao reo
tafikao aby, reo sovala, dra reo pitikisy sovala, izy aby manao ferovan'avokoa, atoko lahibe miaraky amigny
apinga lahibe vo apinga masaiky, izy aby mita mesa avokoa! [5]Persia, Kosa, dra Lybia dra miaraky amin'ereo, izy
aby miaraky amigny apingan'ereo vo gny ferovan-dohan'ereo! [6]Gomera vo reo tafiny aby, dra Beta-togarma,
boak'amigny farisy lavisy agny andrefa, dra reo tafiny aby! Maro reo olo gny miaraky aminao![7]Mivonogna! Eh,
Omagno gny vatanao vo reo tafikao miaraky aminao, dra aoky hanao ho pifehy anereo. [8]Ho voatoka handrareo
afaranigny andro maro, dra afaky tao maro hanao dra handeha agny amigny tany ze sitrana tamigny sabasy vo
navoriny boak'amireo vahoaky maro, navoriny hihery amigny tendrombohis'Israely ze faharava hatrizay. Fa gny
tanin'ireo vahoaky dra hala boak'eo amireo vahoaky, dra hitoby sy amigny ahiahy ereo, izy aby! [9]Ko hiakasy
manahaky gny fandehananigny tafion-drivosy hanao; hanahaky gny raho manaro gny tany hanao, hanao vo reo
tafikao aby, reo maramila maro gny fa miaraky aminao.[10]Izao gny zakanigny Topo Yaveh: Dra amizay andro zay
dra hisy eriserisy hiforo ao aponao, dra hihevisy teti-drasy hanao.' [11]Dra hizaka handrareo ho: 'Hiakasy ho agny
amigny tany malalaky zaho; ho agny amireo vahoaky mangina mitoby sy amin'ahiahy zaho, izy aby dra mitoby
agny amizay sy misy manda na hily, dra agny amize sy misy vavahadi-tana. [12]Hanambosy reo babo zaho dra
hangalasy babo, ba hindesako gny tagnako eo amireo rava ze fa azo hitoby ndraiky, dra amireo vahoaky navory
boak'amireo firenena, gny vahoaky ze mahazo biby teza vo fanagna, dra reo ze monin'ao amigny evonigny
tany.'[13]Sheba vo Dedana, dra reo pivaros'i Tarsisy miaraky amireo pialiny tanora aby dra hizaka aminao ho: 'Avy
ba hambabo ra hanao? Namory reo tafikao ba hangalaky reo rava, ba hangalaky reo volafosy vo volamena, ba
hangalaky gny biby tezan'ereo vo gny fanagna vo ba hahazo babo maro ra hanao?'[14]Noho izay maminania, ry
zanak'olo, dra mizaka amin'i Goga ho: 'Izao gny zakanigny Topo Yaveh: Amizay andro zay, gny fa mitoby sy
amin'ahiahy gny Israely oloko, dra sy hamatasy gny momba anereo ra hanao? [15]Ho avy boak'amigny toeranao
boaky lavisy agny avarasy miaraky amigny tafiky lahibe hanao, izy aby mitikisy sovala, atoko lahibe, tafiky
lahibe. [16]Hanafiky an'Israely vahoako manahaky gny raho ze manaro gny tany hanao. Amireo andro farany dra
hinday anao hanohisy gny taniko zaho, dra mety hahafatasy Anahy reo firenena gny fa haneho gny vatako
amigny alalanao zaho, ry Goga, ba ho masy eo amason'ereo.[17]Izao gny zakanigny Topo Yaveh: Sy hanao ra gny
raiky ze nizakako tamin'ireo andro taloha tamigny alalanigny tanan'ireo panopoko, reo paminanin'Israely, ze
naminany tamigny fotoan'ereo manoka nandrisy gny tao fa hinday anao hanohisy anereo Zaho? [18]Dra ho avy gny
andro ze hanafihan'i Goga gny tanin'Israely__izay gny talilinigny Topo Yaveh__hiakasy amigny fahasiahako gny
fahoriako.[19]Amigny zoto-poko vo amigny afonigny haoriako, gny hitaliliako fa amizay andro zay dra hisy
horohorotany lahibe ao amigny tanin'Israely. [20]Hiozongozo eto agnatrehako ereo__dra gny fian-dranomasy vo reo
voronigny lagnisy, reo bibimolanigny saka, dra reo raha-managnay aby ze mandaly amigny tany, vo gny olon-
drasy ze eto agnabonigny tany. Hezera reo tandrombohisy dra hihosa reo hasana, mandra-piazeran'ireo manda
aby eo amigny tany.[21]Hitoka sabasy hanohisy anao eo amireo tendrombihisy aby zaho__izay gny talilinigny Topo
Yaveh__gny sabasy gny olo sirairay dra hanohisy gny rahalahiny. [22]Boak'eo dra hisara anazy amigny areti-
mandoza vo lio zaho; dra ora manafosy vo havandra dra solifara mirehisy gny harosako eo ambaniny vo reo
tafiny dra reo firenena maro ze mindray aminazy. [23]Fa haneho gny halahibeko vo gny fagnamasignako zaho dra
hapahafatasy gny vatako eo amason'ireo firenena maro, dra hahafatasy ereo fa Izaho gny Yaveh.'"

Chapter 39

[1]"Amizao hanao, ry zanak'olo, maminania hamely an'i Goga dra zakao ho: 'Izao gny zakanigny Topo Yaveh: Ingo!
Manohisy anao zaho, ry Goga, lahiben'i Meseka vo Tobala. [2]Hapitoliky anao zaho dra hitariky anao; handesiko
miaraky boak'agny avarasy lavisy hanao dra andesiko agny amireo tendrombohis'Israely. [3]Dra hataoko miala
boak'eo atagna-kavianao gny lefonao dra hataoko milasaky boak'eo amigny tagnanao havana gny sipiky.[4]Hezera
ho maty eo amigny tendrombohis'Israely hanao__hanao vo gny atokonao dra reo maramila ze miaraky aminao.
Hameko an'ireo voro pagnety vo reo bibidianigny saka ba ho sakafo hanao. [5]Hezera ho maty eo amigny saka
hanao, fa Izaho mihisy gny mitalily anizay__izay gny talilinigny Topo Yaveh. [6]Dra handefa afo eo amin'i Magoga
vo reo ze mony sy amin'ahiahy egny amoro-siraky zaho, dra ho fatas'ereo fa Izaho gny Yaveh.[7]Fa hataoko fatasy
eo agnevon'Israely vahoako gny agnarako masy, dra sy hagnenga gny anarako masy ho zimbazimba sasy zaho;
dra ho fatasy gny firenena fa Izaho gny Yaveh, gny Raiky Masy any Israely. [8]Ingo! Ho avy gny andro, dra hitranga
zay__izay gny talilinigny topo Yaveh.[9]Reo ze monin'ao amigny tanan'Israely dra hiboaky dra hapiasa fialia ba
hirehisy dra hahaavy afo hagnoro anereo__dra apinga masaiky, apinga lahibe, lefo-bory, sipiky, langilangy vo
lefo; hapirehisy afo amin'ereo mandrisy gny fito tao reo. [10]Sy hamory hita boak'egny agnahisy ereo na hanapaky
hazo boak'amireo ala, akory horoan'ereo gny fitova-pelia; hangalaky boak'amireo ze tehangalaky tamin'ereo izy;
hambabo reo ze tehambabo anereo ereo__izay gny talilinigny Topo Yaveh."[11]Dra amizay andro zay dra
hanambosy toera ho an'i Goga agny Zaho__lolo agny Israely, lohasaka ho an'ireo ze manao lia ho agny
asignananigny ranomasy. Hanaka an'ireo ze magniry gny hisaky anizay. Agny gny handevegnan'ereo an'i Goga
miaraky amigny vahoaky aby. Ho tokavin'ereo ho Lohasakan'i Hamona Goga zay.[12]Mandrisy gny fito vola dra
handevy anereo gny akohonan'Israely ba hagnadio gny tany . [13]Akory handevy anereo gny vahoakinigny tany
aby; dra ho andro fahasiarova ho anereo zay gny fa omem-boninahisy zaho__izay gny fagnambaranigny Topo
Yaveh.[14]Dra hanendry olo hisaky gny tany hatragny ereo, ba hahita reo ze nandeha nisaky, fe maty dra nizano teo
amigny talilinigny tany gny fatiny, ba hahafahan'ereo mandevin'anereo, ba hagnadiova gny tany. Amigny
faranigny vola fahafito gny hanombohan'ereo gny fikarohany. [15]Raha mandalo gny tany reo lelahy reo, gny fa
mahita tolan'olo ereo, dra hagnisy mariky eo agnilan'izay, mandrapahavianigny piamby lolo dra handevy anizay
egny amigny Lohasakan'i Hamona Goga. [16]Hisy tana araky gny agnaran'i Hamona agny. Amin'izay fomba zay gny
hagnaliovan'ereo gny tany.[17]Dra ho anao, ry zanak'olo, izao gny zakan'i Topo Yaveh: Zakao amin'ireo voro
manan'elasy aby vo reo bibimola agny agnahisy ho: 'Mindresa mivory dra avia. Mivoria boak'agny amigny
magnodidin'aby ho eo amigny soro zay zaho mihisy gny manao anazy ho anao, dra soro lahibe eo amigny
tendrombohis'Israely, ba hahafahanao mihina nofo vo mino lio. [18]Ho haninao gny nofon'ireo pialy dra ho
nominao gny lion'ireo andriandahinigny tany; ho agnondry, zanak'agnondry, osy lahy, dra agnomby lahy ereo,
nataveziny tao Basana ereo.[19]Dra hihina tavy hanao mandra-pahavisinao; izay gny soro ho vonoko ho andrareo.
[20]Ho visy eo an-databaso amigny sovala, kalesy, piamby, dra reo lelahin'aly aby handrareo__izay gny talilinigny
Topo Yaveh.'[21]Hapetrako eo amin'ireo firenena gny voninahiso, dra ho hitan'ireo firenena gny fisarako ze
taterahako dra gny tagnako ze napetrako hamely anereo. [22]Ho fatasy gny akohonan'Israely fa Izaho gny Yaveh
zagnaharin'ereo manomboky amin'izay andro zay magnagny.[23]Ho fatas'ireo firenena fa gny akohonan'Israely dra
lasa-ko babo nohonigny helok'ereo ze namadihany anahy, ko dra nagnavony gny tavako tamin'ereo zaho dra
nanolosy anereo ho eo atagnan'ireo fahavalony fe dra lavonigny sabasy izy aby. [24]Nataoko tmin'ereo araky gny
fahalotoany vo gny fahotny avo, gny fa fgnavony gny tarehiko tmin'ereo zaho.[25]Noho izay dra izao gny zakanigny
Topo Yaveh: Amizao dra hagnery gny haren'i Jakoba zaho, dra hangoraky gny akohonan'Israely aby, gny fa miasa
ami-zoto-po nohonigny agnarako masy zaho. [26]Dra hinday gny hegnas'ereo vo gny famadihana aby ze
namadihany anahy ereo. Ho halignon'ereo izay aby zay gny fa mitoby sy amin'ahiahy ao amigny taniny ereo, sy
misy na iza na iza mapihorohoro anereo. [27]Gny fa magnery anereo boak'amigny vahoaky zaho dra mamory
anereo boak'ao amigny taninigny fahavalon'ereo, dra haneho gny vatako ho masy eo amasonigny firenena maro
zaho.[28]Dra ho ftas'izy ereo fa Izaho gny Yaveh zagnaharin'ereo satria nandeha azy ereo ho esaky teo amin'ereo
firenena aho, sendra avy eo zaho fiharoa izy ereo hihery agny amigny taniny.Sy hagnenga dre raiky amin'izy reo
eo amin'ireo firenena zaho. [29]Sy hagnavony gny tavako amin'izy reo sasy zaho aby mandasaky gny fagnahiko eo
amigny akohonan'Israely__izay gny fagnambaran'ny tompo Yaveh.''

Chapter 40

[1]Tamy tao fahadimy amby ropolo gny fahababoanay tamy fiandohagny tao tamy andro fahafologny vola, tamy
fahefetra amby folo tao tafarany nahababo gny tana-tamin'izay andro zay avo, dra teo aminahy gny tanan'i Yaveh
dra nangalaky anahy tany Izy.[2]Tao agnatiny fahita laha tamin'Agnahary gny nindesany anahy nagnagny amy
tanin'Israely. Ninday anahy ho amy fisahara tagny tendrombohisy tena abo Izy;tagny asimo gny nidehoan'ireo
tragno lahibegny tana.[3]Dra nandesiny tagny zaho. Indo , lelahy raiky! Gny endriny dra niendriky varahina. taly
rongony fosy vo volotara fandrefesa gny tegny an-tagnany , dra nisanga teo amy fefinigny tana izy. [4]Nizaka
taminahy gny lelahy ho :''Ry zanak'olo, magnetia amy masonao dra mitenoa amy sofinao, ka atombeno amin'izay
aby aborako aminao gny sainao, satria nandesiny tatio ianao ba hahafahako mampiboraky anio aminao. Tatero
amy ankohonan'Israely gny raha aby ze ho hitanao.''[5]Nisy rindry nagnodidy gny farisy gny tempoly. Gny
havavany gny volotara fandrefesa tegny an-tagnany lelahy dra enina hakiho, gny halavany hakiho kirairaiky dra
hakiho raiky vo vodiavoam-pelatagnany raiky. Nandrefy gny rindry izy;zay dra raiky volotara fandrefesa dra
raiky volotara gny haabony.[6]Laha teo dra nandeha nagnagny amy fefiny tempoly zay nitoliky niagnasignana izy.
Niakasy tamy ambaratongan'izay izy dra nandrefy gny tokona gny fefy-raiky volotara gny halaliny.[7]Reo efitragno
fiambena dra raiky volotara gny halavany dra raiky volotara gny zakany; nisy dimy hakiho teo agnelagnelan'ireo
efitragno ro, dra gny tokognam-bavahadiny tempoly mariny teo amy lavarangy gny tempoly dra raiky volotara
gny halaliny.[8]Nirefesiny gny lavarangy gny fefy; dra raiky gny volotara gny halavany. [9]Nandrefy gny lavarangy
gny fefy izy. Raiky volotara gny halaliny. Reo tolagna dra ro hakiho gny sakany. Gny lavarangy gny fefy
nanandrify gny tempoly zay. [10]Nisy efitragno fiambena telo teo amy andaniny ro gny fefy asignana, dra ninday
refy ireo, dra ireo rindry zay nagnasaraky ireo dra nana refy nitovy.[11]Laha teo nandrefy gny sahany filira amy
fefy gny lelahy=folo hakiho;dra nandrefy gny fefiny filira amy fefy-telo amby folo hakiho.[12]Nandrefy gny rindry
zay nanamorogna gny anoloan'ireo efitragno izy-raiky hakiho gny haabony. Reo efitragno dra nirefy enina
hakiho isan-dafiny.[13]Dra nandrefy gny filira amy vavahady teo amy tafo ka hatramy agny efitragno magnaraky
izy-dimy amby ropolo hakiho, teo amy filira gny efitragno volohany hatragny amy agny faharo.[14]Nony avy eo dra
nirefesiny gny rindry izay teo agnelagnelan'ireo efitragno fiambena__enipolo hakiho gny halavany; nirefesiny
hatragny amigny lavarangin'ny vavahady. [15]Gny fidira avy teo anoloan'ny vavahady dra hatragny amigny
faran'ny lavarangin'ny vavahady raiky hafa dra dimapolo hakiho. [16]Nisy lafonety nirindry nagnagny amin'ireo
afitragno vo nagnagny amin'ireo andrin'ireo tao amigny magnodidy an'ireo vavahady aby; dra manahaky izay
koa ho an'ireo lavarangy. Nisy lafonety nagnodidy gny tao agnatiny, dra gny sangana kiraikiraiky dra noravahana
hazo rofia.[17]Dra nandesin'ilay lelahy tagny amigny kiaza ambalikigny tepoly zaho. Ingo, nisy efitragno, dra nisy
rarivato teo amigny kiaza, nindray tamina efitragno telopolo teo agnilan'ilay rarivato. [18]Niakasy nagnagny amigny
ilan'ireo vavahady ilay rarivato, dra gny sakan'izay dra nitovy tamigny halavan'ireo vavahady. Izay gny rarivato
ambany. [19]Avy eo dra nandrefy gny elagnela teo amigny anoloan'ny vavahady ambany dra hatreo amigny
alohan'ny vavahady agnatin'ny gny lelahy; zato hakiho gny tany asignana, dra manahaky izay koa gny tany
avarasy.[20]Dra nandrefy gny halavany vo gny sakan'ny vavahady izay tao avarasy gny kiaza ambaliky izy. [21]Nisy
efitragno telo teo amigny lafiny ro tamin'izay vavahady izay, dra gny vavahady vo gny lavaranginy dra nirefy
nitovy tamigny vavahady lahibe___dimapolo hakiho gny fitambaran'ny halavany dra dimy amby ropolo hakiho
gny sakany.[22]Reo vatrangarakelikiny, lavarangany, efitragny, vo reo hazo rofia dra nifagnaraky tamin'gny
vavahady miasinagna. Fito dinga gny niakasy nagnagny amin'izeho vo gny lavarangany. [23]Nisy vavahady tao
amin'gny kianza agnatiny teo agnoloan'gny vavahady nitoliky magnavarasy, sahala anizeho avo koa dra nisy
vavahady tagny asinagna; nandrefy teo amin'gny vavahady raiky dra hatragny amin'gny vavahady raiky hafa gny
lelahy---zato hakiho gny elagnelany.[24]Magnarak'izeho dra nandesin'gny lelahy nagnagny amin'gny vavahady filira
asimo zaho, ka nirefy nitovy tamin'ireo vavahady ivelany hafa reo rindriny vo lavarangany. [25]Nisy varavarakeliky
nirindry tao amin'gny filira amin'gny vavahady vo lavarangany dra manahaky gny tao amin'izeho vavahady
zeho. Gny vavahady asimo vo lavarangany dra nirefy dimapolo hakiho gny halavany vo dimy amby ropolo
hakiho gny sakany[26]Nisy dinga fito gny niakasy nagnagny amin'gny vavahady vo gny lavarangany, dra nisy sary
sokisy rofia tamin'ireo andaniny ro tamin'gny rindry. [27]Nisy vavahady tao amin'gny kianza agnatiny tagny
amin'gny lafiny asimo, dra nandrefy teo amin'izeho vavahady zeho ka hatragny amin'gny vavahady filira asimo
gny lelahy--- zato hakiho gny elagnelany.[28]Bokeo dra nandesin'gny lelahy nagnao amin'gny kianza agnatiny
magnariny gny lalan'gny vavahady asimo zaho, ze nana refy sahala gny an'ireo vavahady hafa. [29]Reo efitragnony,
rindriny, vo reo lavarangany nirefy nitovy tamin'gny an'ireo vavahady hafa; nisy varavarakeliky nagnodidy gny
lavaranga. Gny vavahady agnatiny vo gny lavarangany dra nirefy dimapolo hakiho gny halavany vo dimy amby
ropolo hakiho gny sakany. [30]Nisy lavaranga avo koa nagnodidy gny rindry agnatiny; Reo dra dimy amby ropolo


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

hakiho gny halavany vo dimy hakiho gny sakany. [31]Zeho lavaranga zeho dra nagnatriky gny kianza ivelany
nindray tamin'gny sary sokisy hazo rofia teo amin'gny rindriny vo valo dinga gny niakasy nagnagny amin'izeho.
[32]Vo dra nandesin'gny lelahy nagnagny amin'gny kianza agnatiny nagnariny gny lala asinagna zaho dra nandrefy
gny vavahady, ze nana refy nitovy tamin'ireo vavahady hafa.[33] Reo efitragnony, rindriny, vo gny lavarangany dra
nirefy nitovy tamin'ireo vavahady hafa, dra nisy varavarakeliky nagnodidy. Gny vavahady agnatiny vo gny
lavarangany dra nirefy dimapolo hakiho gny halavany vo dimy amby ropolo hakiho gny sakany. [34]Gny
lavarangany dra nagnatriky gny kianza ivelany; nisy hazo rofia teo amin'gny andaniny ro tamin'izeho vo valo
dinga gny fekara nagnagny amin'izeho.[35]Marak'izeho dra nandesin'gny lalahy nagnagny amin'gny vavahady
avarasy zaho dra nirefesy zeho; nirefy nitovy tamin'ireo vavahady hafa zeho.[36] Reo afitragnony, rindriny, vo gny
lavarangany dra nirefy nitovy tamin'ireo vavahady hafa, vo nisy vatrangarakeliky nagnodidy. Gny filira amin'gny
vavahady vo gny lavarangany dra nirefy dimapolo hakiho gny halavany vo dimy amby ropolo gny sakany. [37]Gny
lavarangany dra nagnatriky gny kianza ivelany; nisy hazo rofia teo amin'gny andaniny ro vo valo dinga gny
fekara nagnagny amin'izeho.[38]Nisy efi-tragny nisy avarasy teo agnilan'gny filira amin'gny vavahady agnatiny
kiraikiraiky. Teo gny nanasan'ereo gny fagnatisy oroa. [39]Nisy latagasy ro isaky gny andanin'gny lavaranga
kiraikiraiky, ze namonoa gny fagnatisy oroa, vo koa gny fagnatisy nohon'gny ota vo gny fagnati-pagnoregna[40]Teo
agnilan'gny rindrin'gny kianza, miakasy magnagny amin'gny vavahady tagny avarasy, dra nisy latabasy ro. Teo
amin'gny andaniny raiky hafa koa dra nisy latabasy ro teo amin'gny lavarangan'gny vavahady. [41]Nisy latabasy
efasy teo amin'gny andaniny ro marinin'gny vavahady; namonoan'ereo biby teo ambonin'ireo latabasy valo.[42]Nisy
latabasy vato tapaky efasy ho an'gny fagnatisy oroa, raiky hakiho sy sasany gny halavany, raiky hakiho gny
haabony. Teo amin'ireo gny nametrahan'ereo gny fitova ze namonoan'ereo gny fagnatisy oroa ho amin'gny soro.[43]
Fihantognan-draha ro raiky vodivoam-pelatagna gny halavany gny namehy gny lavaranga magnodidy, vo gny
nofon'ireo fagnatisy dra napetraky teo ambonin'ireo latabasy.[44]Teo agnilan'gny vavahady agnatiny, tao
agnatin'gny kianza agnatiny gny nisy gy efitragnon'ireo pihira. Gny raiky tamin'ireo efitragno reo dra tagny
avarasy, vo raiky tagny asimo. [45]Koa dra ho gny lelahy taminahy ho: "Tihoky efitragno magnatriky asimo agny
tihoky dra ho an'ireo pisoro ze miadidy ao an-tepoly.[46]Gny efitragno mitoliky agny avarasy koa dra ho an'ireo
pisoro niadidy tao amin'gny alitara. Reo dra zanadahin'i Zadoka ze magnato mariny an'i Yaveh bo hanopo Anazy;
ereo dra isan'ireo zanadahin'i Levy." [47]Bokeo izy nandrefy gny kianza--- zato hakiho gny halavany vo zato hakiho
gny sakany amina efa-zoro, nindray tamin'gny alitara teo agnoloan'gny tragno.[48]Bokeo nandesin'gny lelahy
nagnagny amin'gny lavarangan'gny tragno zaho dra nirefesy gny tolam-batrangaran'izeho--- dimy hakiho isaky
gny andaniny gny hatevinireo. Gny filira dra efasy ambin'gny folo hakiho gny sakany, vo reo rindry isan-
dafin'izeho dra telo hakiho gny sakany. [49]Gny halavan'gny lavaranga dra ropolo hakiho, vo gny halalikiny dra
raiky ambin'gny folo hakiho. Nisy zana-tohasy niakasy nagnagny amin'izeho dra sangana nizoro teo amin'gny
andaniny ron'izeho.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 41

[1]Bokeo gny lelahy nanday anahy ho agny amin'gny toera masin'gny tepoly dra nandrefy reo tolam-batrangara---
eny hakiho gny sakany amin'gny lafiny aby. [2]Gny sakan'gny tolam-batrangara dra folo hakiho; dimy hakiho gny
halavan'gny rindry amin'gny lafiny kiraikiraiky. Bokeo gny lelahy nandrefy gny refin'gny fitoera masy--- efapolo
hakiho gny haloavany vo ropolo hakiho gny sakany.[3]Bokeo gny lelahy nandeha tagny amin'gny toera masy loasy
dra nandrefy gny tolam-batrangara--- ro hakiho, vo eny hakiho gny sakan'gny vatrangara. Fito hakiho gny
sakan'gny rindry amin'gny lafiny aby. [4]Bokeo nandrefy gny halavan'gny efisy izy--- ropolo hakiho. Gny sakany---
ropolo hakiho eo agnoloan'gny efitragno lahiben'gny tepoly. Dra ho izy taminahy ho: "Tiky gny toera masy
loasy."[5]Bokeo gny lelahy nandrefy gny rindrin'gny tragno--- eny hakoho gny hateviny. Gny sakan'gny lafin'gny
efisy kiraikiraiky magnodidy gny tragno dra efsay hakiho. [6]Nisy paosin-tragno nafanongoa telo, efisy raiky
ambonin'gny raiky hafa, efisy telopolo isakin'gny ambaratonga. Nisy rindry abo nagnodidy gny rindrin'gny
tragno, so hanoha reo lafin'gny efisy aby, akory sy nisy toha napetraky teo amin'gny rindrin'gny tragno. [7]Dra niha-
nalalaky reo lafin'gny efisy dra nandeha nihodikodiky niakasy, akory nihodikodiky niha-abo nagnodidy aby gny
tragno; niha-nalalaky reo efisy arakarakin'gny nekarany, vo nisy tohasy niakasy nagnagny amin'gny ambaratonga
abo loasy, amin'gny alalan'gny ambaratonga agnivony.[8]Bokeo nahita tokontany nasandrasy nagnodidy gny tragno
aby zaho, gny fotosy ho an'gny paosin-tragno; nirefy eran'gny volotara gny halavan'izeho--- eny hakiho. [9]Gny
sakan'gny rindrin'gny paosin-tragno agny ivelany dra dimy hakiho. Nisy toera malalaky teo ivelan'ireo efisy ao
amin'gny fitoera masy reo.[10]Teo amin'gny lafiny ilaniho toera malalaky iho dra nisy gny paosin-tragno ivelany
an'gny pisoro; ropolo hakiho gny sakan'iho toera iho magnodidy gny fitoera masy aby. [11]Nisy vatrangara teo
amin'gny paosin-tragny magnagny amin'gny toera malalaky hafa--- vatrangara raiky teo amin'gny lafiny avarasy,
vo gny raiky hafa teo amin'gny ilany asimo. Dimy hakiho gny sakan'iho toera malalaky iho magnodidy aby.[12]Vo
gny tragno lahibe ze nagnatriky gny kianza teo amin'gny lafiny andrefa dra fitopolo hakiho gny sakany. Dimy
hakiho gny refin'gny hatevin'gny rindriny magnodidy avy, vo sivifolo hakiho gny halavany. [13]Bokeo gny lelahy
nandrefy gny fitoera masy--- zato hakiho gny halavany. Vo gny tragno voatoka, gny rindriny, vo gny kianza dra
nirefy zato hakiho avo koa gny halavany. [14]Zato hakiho avo koa gny sakan'gny agnoloan'gny kianza eo
agnoloan'gny fitoera masy.[15]Bokeo gny lelahy nandrefy gny halavan'gny tragno tao afaran'gny fitoera ,masy, teo
andrefany, vo reo lalasara ivelany amin'gny andaniniy ro--- zato hakiho. Gny fitoera masy vo gny lavaranga, [16]reo
rindry agnatiny vo reo vatrangarakeliky, isan'izeho reo vatrangarakeliky makarakara, vo reo lalasara ivelany
magnodidy reo ambaratonga telo dra samby nahy tamin'gny hazo aby. [17]Eo ambonin'gny lalasara magnao
amin'gny fitoera masy agnatiny vo gny elagnelan'ireo rindry dra nisy hazo rofia nahy sary sokisy.[18]Voaravaky
kerobima vo hazo rofia zeho; mindray amin'gny hazo rofia eo agnelagnelan'gny kerobima kiraikiraiky, vo gny
kerobima kiraikraiky dra nana tarehy ro: [19]tarehin-delahy raiky magnatriky hazo rofia gny eo amin'gny andaniny
, vo tarehina liona tanora magnety magnatriky hazo rofia amin'gny ankilany. Voasokisy magnodidy gny tragno
aby reo. [20]Bokeo amin'gny tany magnagny ambonin'gny vavahady, dra nisy kerobima vo hazo rofia voasokisy teo
amin'gny rindry ivelan'gny tragno[21]Efa-zoro gny tolan'gny toera masy. Gny tarehin'ireo dra manahaky gny
endriky [22]gny alitara vita amin'gny hazo agnolaon'gny toera masy, zay telo hakiho gny haabony vo ro hakiho gny
halavany amin'gny lafiny kiraikiraiky. Gny zororny, fotony, vo gny rafisiny dra vita tamin'gny hazo. Bokeo gny
lelahy nizaka taminahy ho: 'Tiky gny latabasy ze mizoro eo agnatrehan'i Yaveh." [23]Nisy vatrangara ro ho an'gny
toera masy vo gny toera masy loasy. [24]Reo vatrangara reo dra samby kopa-dro, lela-vatrangara ro amin'gny
vatangara raiky vo lela-vatrangara ro amin'gny raiky hafa.[25]Voasokisy teo amin'ereo--- teo amin'ireo
vatrangaran'gny toera masy--- gny kerobima vo hazo manahaky gny nandravaha an'ireo rindry, sady nisy tafo
hazo teo amin'gny lavaranga eo agnoloany. [26]Nisy varavarakeliky makarakara vo hazo rofia teo amin'gny lafin'gny
lavaranga aby. Reo gny paosin-tragnon'gny tragno, dra nana tafo mihoasy avo koa reo.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 42

[1]Tafaran'izeho dra nandesin'gny lelahy niboaky tagny amin'gny kianza ivelany tagny amin'gny lafiny avarasy
zaho, vo nandesiny tao amin'gny efi-tragno tandrifin'gny kianza ivelany vo gny rindry avarasy ivelany. [2]Reo efi-
tragno reo dra zato hakiho gny eo agnoloany vo dimapolo hakiho gny sakany. [3]Gny sasany amin'ireo efitragno reo
dra magnatriky gny kianza agnatiny vo ropolo hakiho ivelan'gny fitoera masy. Ambaratongan-tragno telo gny tao,
vo reo ambony dra nagnety ambany amin'ireo ambany vo nisokasy amin'ereo, mana lalasara. gny efitragno sasny
ddra nitaza teo amin'gny kianza ivelany.[4]Lala folo hakiho gny teo amin'gny sakany vo zato hakiho gny sakany gny
magneo alohan'ireo efi-tragni. Nagnatriky gny avarasy gny vatrangaran'ireo efitragno. [5]Fa reo efitragno ambony
dra kelikeliky, gny lalansara dra nangala toera malalaky noho gny amboany co gny agnivon'gny
ambaratongan'gny tragno be. [6]Fa reo efitragno draagny amin'gny righa fahtelo dra sy nana andry, sy manahaky
reo kianza, ze tokony hana andry. Dra gny ambaratongan'gny efitragno abo loasy dra keliky habe no mihoasy
amin'ireo efitragno agny ambany loasy vo reo ambaratonga agnivony.[7]Gny rindry agny ivelany dra nagnaraky
gny efisy magnatriky gny kianza ivelany, gny kianza ze magnoloa reo efitragno. Zeho rindry zeho dra dimapolo
hakiho gny halavany. [8]Gny halavan'ireo efitragnon'gny kianza ivelany dra dimapolo hakiho, vo reo efitragno
magnatriky gny fitoera masy dra zato hakiho gny halavany. [9]Nisy filira teo amin'gny efitragno ambany loasy
magnagny amin'gny lafiny asinanga, milisy ao amin;gny j=kianza ivelany.[10]Nanera gny rindrin'gny kianza ivelany
ao amin'gny lafiny asinagna ivelany, nanoloa gny kianza agnatin'gny fitoera masy, dra nisy efitragno avo koa
[11]nindray tamin'gny lala nanoloa andreo. Ereo dra endrik'ireo efitragno amin'gny lafiny avarasy. Nitovy gny
halavan'ereo vo gny sakany dra reo fiboaha vo reo fifagnaraha vo reo vatrangara.[12] Teo amin'gny lafiny asimo gny
nisy reo vatrangara eo amin'gny efitragno ze mitovy amin'gny eo amin'gny lafiny avarasy. Gny lala ao agnatiny
dra nisy vatrangara teo amin'gny lohany, vo gny lala dra nisokasy ho an';ireo efitragno isan-karazany. Teo
amin'gny lafiny asinagna dra nisy vavahady nagnao amin'gny lala magnagny amin'gny farany raiky.[13]Dra ho gny
lelahy taminahy ho: "Gny efitragno avarasy vo gny efitragno asimo magnoloa gny kianza ivelany dra efitragno
masy ze hihinanan'ireo pisoro ze miasa eo ahnilan'i Yaveh gny sakafo indrindra. Ao gny ametrahan'ereo gny raha
ze masy loasy--- gny fagnatisy sakafo, gny fagnatisy nohon'gny ota, vo gny fagnatisy nohon'gny heloky--- akory
toera masy iho. [14]No milisy ao gny pisoro, aoky ereo sy hiala ao amin'gny toera masy ho agny kianza ivelany, no sy
metraky mariny gny fitafia ze nanopoan'ereo, akory masy reo. Dra aoky ereo hitafy fitafia hafa mialoha gny
fagnatogna olo."[15]Vitan'gny lelahy gny fandrefesa gny tao agnatin'gny tragno dra nandesy niboaky tagny amin'gny
vavahady ze magnatriky gny asinagna zaho dra nirefesy gny farisy magnodidy aby tegny.[16]Nandrefy gny lafiny
asinagna volotara fandrefesa izy--- diman-zato hakiho tamin'gny volotara fandrefesa. [17]Nirefesiny gny lafiny
avarasy--- diman-zato hakiho tamin'gny volotara fandrefesa. [18]Nirefesiny avo koa gny lafiny asimo--- diman-zato
hakiho tamin'gny volotara fandrefesa. [19]Navalikiny sady nirefesiny koa gny lafiny andrefa--- diman-zato hakiho
tamin'gny volotara fandrefesa.[20]Nirefesiny tamin'gny lafiny efasy zeho. nana rindry magnodidy anazy zrho ze
diman-zato hakiho gny halavany, vo diman-zato hakiho gny sakany, so hapisaraha gny masy amin'ize iombona.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 43

[1]Bokeo gny lelahy nanday nahay teo amin'gny vavahady ze nisokasy niasinagna. [2]Ingo! Avy boaky agny asinagna
gny voninahisin'gny Zagnaharin'Israely; manahaky gny feon'gny rano maro gny feony, dra namirasy gny
voninahisy gny tany.[3]Zeho dra raky gny fisehoan'gny fahita ze hitako, araky gny fahita ze hitako no avy handrava
gny tana Izy, vo reo fahita dra manahaky gny fahita ze hitako tao amin'gny Lakan-dranon'i Kebara--- vo
niankohoky tamin'gny tarehiko zaho. [4]Dra avy tao an-tragni tamin'gny lala magnagny am-bavahady ze nisokasy
niasinagna gny voninahis'i Yaveh.[5] Dra nanainga anahy gny Fagnahy dra nanday anahy tao an-kianza. Ingo!
Nameno gny tragno gny voninahis'i YAveh.[6]Nizoro teo agnilako gny lelahy, vo nahare olon-kafa niresaky
taminahy boaky tao an-tragno zaho. [7]Ho Izy taminahy: "Ry zanak'olo,tiky gny fitoeran'gny seza fiandrianako vo
fitoeran'gny faladian-tomboko, ze hirobohako eo agnivon'gny vahoakin'Israely mandrakizay--- ereo na gny
pazakan'ereo--- amin'gny sy finoa na amin'gny fatin'ireo pazakany teo amin'gny toera abony. [8]Sy hanimbazimba
gny agnarako masy amin'gny fametraha gny tokonam-baravaran'ereo marin'gny tokonam-baravarako sasy ereo,
dra reo sanganam-bavahadin'ereo marin'gny sanganam-bavahadiko, ndre amin'gny ino ndre ino laha-sy fefy
raiky eo agnelagnelako vo ereo. Nanimazimba gny agnarako masy tamin'ireo asa maharikoriko ereo, dra
handevo andreo amin'gny hahoriako Zaho.[9]Amizao aoky ereo hanagalaky gny sy finoan'ereo vo gny fatin'gny
pazakany eo agnoloako, dra hitoboky eo agnivon'ereo mandrakizay Zaho.[10]Ry zanak'olo, hanao mihisy gny aoky
hizaka mahakasiky anizeho tragno zeho amin'gny hasaveregnan'Israely so ho megnasy noho reo helony ereo.
Tokony hihevisy mahkasiky zeho famatara zeho ereo.[11] Fa no megnasy nono ze iaby nahiny ereo, dra ambarao
amin'ereo gny sarin-tragno, gny asipirihany, gny fiboahany, gny filirany, vo gny sariny aby, vo gny lily aman-
dalagnany aby. Dra soraty eo amason'ereo zeho so hitandremany gny sarin'izeho vo gny lilin'izeho aby, dra
hagneky regny.[12]Zeho gny fisipiky ho an'gny tragno: Hatregny amin'gny tampon'gny havoa magnodidy gy farisy
aby magnodidy anizeho, dra ho masy loasy. Igno! Zeho gny ho fisipiky ho an'gny tragno.[13]Tahoky gny ho refin'gny
alitara amin'gny hakiho--- zeho hakiho zeho dra ho akiho mahazasy sady vodivoam-pelatagna amin'gny halavany.
Koa gny fanso magnodidy gny alitara dra ho hakiho laliky, vo gny sakany dra ho hakiho raiky avo koa. Gny farisy
magnodidy gny sisiny magnodidy dra ho iran-zehy. Zeho gny ho fotosy gny alitara. [14]Bokeo amin'gny fansona
miakasy agny amin'gny rindry abo amin'gny alitara dra ro hakiho, vo gny rindry dra raiky hakiho gny sakany. Vo
boaky eo amin'gny rindry keliky miakasy amin'gny velaran'gny sisin'gny laitara, dra efasy hakihi zeho, gny
valaran'gny sisiny dra raiky hakiho gny sakany.[15]Gny fata eo amin'gny alitara ho an'gny fagnatisy oroa dra efasy
hakiho gny halavany, vo misy tandroky efasy manondro miakasy eo amin'gny fata. [16]Gny fata dra ro ambin'gny
folo hakiho gny halavany vo ro ambin'gny folo hakiho gny sakany, efa-zoro. [17]Gny faris'izeho dra efasy ambin'gny
folo hakiho gny halavany vo efasy amin'gny folo gny sakany amin'gny lafiny efasy kiraikiraiky aby, vo gny
morony dra ansasa-hakiho. Gny fanso dra raiky hakiho gny sakany magnodidy aby vo reo zana-tohas'izeho dra
mitoliky agny asinagna."[18]Magnarak'izeho dra ho Izy taminahy ho: "Ry zanak'olo, zeho gny zanan'gny Tompo
Yaveh: Tahoky gny fisipiky ho an'gny alitara amin'gny andro anaovan'ereo anizeho, ho an'gny fanandrata gny
fagnatisy oroa ao agnatin'izeho. [19]Hanolosy agnomby lahy boaky amin'gny biby fiteza ho fagnatisy nohon'gny ota
ho an'ireo pisoro Levita ze taranak'i Zadoka hanao, dra reo ze nagnariny Anahy bo hanopo Anahy--- zeho gny
fagnambaran'gny Tompo Yaveh.[20]Bokeo hanao hangalaky gny sasany amin'gny lion'izeho dra hametraky anizeho
eo amin'gny alitaran'gny tandroky efasy vo gny lafy efasy gny sisiny dra eo amin'gny morony magnodidy;
hagnaldio anizeho hanao dra hanao fagnavota ho an'izeho. [21]Dra managala agnomby lahy ho fagnatisy nohon'gny
ota dra oroy eo amin'gny farisy voatendry ao amin'gny farisy gny tepoly ivelan'gny fitoera masy zeho.[22]Vo
amin'gny andro faharo hanao dra hanolosy osy lahy sy misy kilema boaky amin'ireo osy ho fagnatisy nohon'gny
ota; hagnadio gny alitara manahaky gny nagnadiovany anizeho tamin'gny agnomby lahy reo pisoro.[23] Nofa
vitaniha gny fagnadiava anizeho, dra manolora agnomby lahy sy misy kilema boaky amin'gny biby fiteza vo
agnondry lahy sy kilema boaky amin'gny agnondry aman'osy. [24]Atolory eo agnatrehan'i Yaveh reo; dra
handraraky sira eo amin'ireo pisoro dra hanandrasy reo fagnatisy oroa ho an'i Yaveh.[25]Manomagna hanao osy
lahy ho fagnatisy nohon'gny ota isan'andro mandrisy gny hafitoa, dra aoky ereo pisoro hanoma agnomby lahy sy
misy lahy amin'gny biby fiteza vo agnomdry aman'osy avo koa. [26]Aoky ereo hanonitry gny alitara hateloa dra
hagnadio anizeho, dra amin'izeho fomba zeho gny hagnamasignan'ereo anizeho. [27]Aoky hameno reo andro reo
ereo, vo amin'gny andro fahavalo vo magnaraky anizeho dra hagnoma gny fagnatisy oroandrareo vo gny fagnati-
pihavandrareo eo amin'gny alitara reo pisoro, dra hankasitraky andrareo Zaho--- zeho gny fagnambaran'gny
Tompo Yaveh."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 44

[1]Dra nanday anahy nihery tagny amin'gny vavahady ivelan'gny fitoera masy ze magnatriky miasinagna gny
lelahy; nihidy fatrasy zeho. [2]Ho Yaveh taminahy ho: "Voatombo-kase iho vavahady iho; sy ho vaosokasy zeho. Sy
hisy olo handalo eo amin'izeho, gny nandalo tamin'izeho, ka dra voahily fatrasy zeho. [3]Gny panapak'Israely dra
hipetraky amin'izeho so hihinan-kany eo agnoloan'i Yaveh. Hilisy amin'gny lalan'gny lavarangan'gny vavahady
izy dra hiboaky amin'igny lala igny avo."[4]Bokeo dra nandesiny tamin'gny lalan'gny vavahady avarasy ze
magnatriky gny tragno zaho. Dra nagnety zaho dra ingo, gny voninahis'i Yaveh nameno gny tragnon'i Yaveh, dra
nikarapoky niankohoky zaho. [5]Dra ho Yaveh taminahy ho: "Ry zanak'olo, mandiniha soa dra magnetia amin'gny
masoniha vo mitenoa amin'gny sofiniha gny amin'ize iaby fa ambarako aminiha, vo gny lily aman-sipikin'izeho
aby . Saino gny mahakasikin'gny filira vo gny fiboaha ao amin'gny tragno.[6]Dra zakao amin'ire ze pikomy, gny
hasaveregnan'Israely ho: 'Zeho gny zakan'gny Tompo Yaveh: Aoky ho apy andrareo reo asa maharikorikondrareo
aby, ry hasaveregnan'Israely--- [7]ze nandesandrareo vahiny sy mifora vo sy mifora nofo so ho ao amin'gny
fitoerako masy, magnirasirasy gny tragnoko, no nanolosy sakafo ho Anahy handrareo, sabora vo lio--- nanapaky
gny fanekem-pihavagnako tamin'ireo fihesikindrareo maharikoriko aby handrareo.[8]Sy nagnatateraky reo
adidindrareo momban'gny rahako masy handrareo, fa nanendry olon-kafa handrareo so hangala reo
adidindrareo, vo nanendry andreo so hikarakara gny fitoerako masy. [9]Ho gny Tompo Yaveh ho: Sy misy vahiny, sy
voafora fo vo nofo, boaky amin'ize mony eo amin'gny vahoakin'Israely, afaky hilisy eo amin'gny fitoerako masy.
[10]Amizao dra nagnalavisy Anahy reo Levita--- nirerirey niala taminahy ereo, magnara-dia reo sapiny --- fa
hagnefa gny amin'gny fahotan'ereo ereo. [11]Panopo ao amin'gny fitoerako masy ereo, miamby gny vavahadin'gny
tragno vo manopo ao amin'gny tragno sady mamono gny fagnatisy oroa vo gy soron'gny vahoaky ereo, dra hizoro
magnoloa gny vahoaky ereo dra hanopo andreo.[12] Fe noho ereo fa nagnatateraky gny soron'ereo naoloa reo
sapiny, dra nazary vato manafintohy eo agnoloako nohon'gny ota tamin'gny vahoakin'Israely ereo, Noho zeho dra
hasangako gny tagnako hifata fifata hanohisy andreo --- zeho gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh--- handay gny
saziny ereo.[13]Sy hagnato mariny Anahy so hiasa manahaky gny pisoroko na hagnato ze mety ho rahako masy
ereo, reo raha masy loasy. Fe koa, handay gny fahafaham-barakany gny heloky gny asa maharikoriko ze nahiny
ereo.[14] Fa hapetrko ho piamby gny asa ao amin'gny tragni ereo, gny amin'gny adidin'izeho iaby vo ze iaby ahy
agnatin'izeho.[15]Dra reo Levita pisoro, dra reo zanak'i Zadoka ze nagnatateraky gny alin'gny fitoera masy no
nirerirery niala taminahy gny vahoakin'Israely--- hagnato mariny Anahy ereo so hanopo Anahy. Hisanga
magnoloa Anahy ereo so hanolosy gny sabora vo gny lio--- zeho gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh. [16]Ho avy ao
amin'gny fitoerako masy ereo; hagnato gny labasiko so hanopo Anahy ereo dra hagnatateraky reo adidiny
Aminahy.[17]Noho zeho nofa magnato gny vavahadin'gny kianza agnatiny ereo, dra mila mitafy rongony fosy, akory
ereo sy mahazo milisy mindray amin'gny volon'agnondry ao agnatin'gny vavahadin'gny kianza agnatiny vo gny
tragnon'izeho. [18]Tokony hisy hamna rongony fosy gny lohan'ereo vo atin'akazo rongony fosy eo amin'gny
valahany. Aoky ereo sy hitafy akazo ze mapahadigniry andreo.[19]Nofa hiboaky ho eo amin'gny kianza ivelany ereo,
ho eo amin'gny kianza ivelany so handeha ho agny amin'gny vahoaky, dra aoky hangalaky gny akazo ze
nisikinany tamin'ereo nanopo; aoky ho alan'ereo zeho dra hapetrak'ereo ambany ao amin'gny efisy masy, dra sy
hanenga olon-kafa ho masy amin'gny fikasoha gny akazony miavaky ereo.[20]Dra aoky ereo sy hanaratry gny
lohen'ereo na hanenga gny volon'ereo hiraviravy an-kahalalaha, fa aoky ereo hikarakara gny volon-dohan'ereo.
[21]Sy tokony hisy pisoro hino divay no magneo amin'gny kianza agnatiny, [22]na hangala panday vata na apela
nisara-baly ho valiny, fa viriziny boaky amin'gny hasaveregnan'Israely avo na panday vata ze nanambaly pisoro
teo aloha.[23] hapianasy gny oloko gny fahasambihafa eo amin'gny masy vo sy masy ereo; hapahafatasy andreo gny
maloto amin'gny malio ereo. [24]Amin'gny fifandira gny hisangana'ereo hisara mindray amin'ireo liliko; aoky ho
mary ereo. Hitandry gny lalako vo reo liliko ereo amin'gny fanasa aby, sady hakalaza gny Sabatako ereo.[25]Sy
handeha agny amin'gny fatin'olo so ho lasa maloto ereo, no sy ho ra na renin'ereo zeho, zanadahy na zanakaepla,
rahalahy na anabavy ze sy bo nindray nandry tamin'gny lelahy; no sy zeho, hanzary maloto ereo. [26]Afaran'gny
mapaloto gny pisoro, dra hagnisa hafitoa ho anazy izy.[27] Amin'gny andro ze ilirany ao amin'gny toera masy, ao
amin'gny kianza agnatiny so hanopo ao amin'gny toera masy, dra aoky handay fagnatisy nohon'gny ota aho anay
izy--- zeho gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh.[28]Zeho gny ho lovan'ereo: Zaho gny lovan'ereo, dra aoky handareo
sy hagnome fanagna eo amin'Israely ho andreo; Zaho gny ho fanagnan'ereo! [29]Hihina gny fagnatisy hohany ereo,
gny fagnatisy nohon'gny ota, gny fagnatisy nohon'gny heloky, vo ze iaby feno fanoloram-bata ho an'i Yaveh ao
Israely, dra ho andreo.[30]Gny soa loasy amin'ireo voloham-bokasy amin'gny raha aby vo gny fandrambesa anzara
aby, ndre ino ndre ino abyy amin'gny fandrambesandrareo anzara aby dra ho an'gny pisoro, vo hagnome gny soa

loasy amin'gny fagnatisy sakafondrareo ho an'gny pisoro handrareoso hitoeran'gny fitahia ao an-tragnondrareo.
31 Reo pisoro dra sy hihina fatim-biby na biby voaviravira, na voro na biby.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 45

[1]Nofa miloka so hizara gny tany ho lova handrareo, dra aoky hanao fagnatisy ho an'i Yaveh; iho fagnatisy iho dra
ho zara masin'gny tany, dimy arivo sy ro aly hakiho gny halavany, vo ray aly hakiho gny sakany. Ho masy zeho,
gny farisy aby magnodidy anizeho. [2]Bokeo amin'izeho dra hisy efa-zoro ze mirefy dimanzato hakiho tora-dro
magnodidy gny toera masy, mindray amin'gny rafisy magnodidy ze mirefy dimapolo hakiho gny sakany.[3]Bokeo
amin'iho fotoa iho gny handrefesaniha apahany raiky ze dimy arivo sy ro aly hakiho gny halavany vo ray aly gny
sakany; [4]ho fitoera masy zeho, gny toera masy indrindra. Ho toera masy ao amin'gny tanin'ireo pisoro ze manopo
an'i Yaveh zeho, ze nagnati mariny an'i Yaveh bo hanopo Anazy. Ho toeran'gny tragnon'ereo zeho sady farisy
masy ho an'gny toera masy.[5] Dra ho dimy arivo sy ro aly hakiho gny halavany vo ray aly gny sakany, vo ho tanan-
dahibe ho an'ireo Levita ze manopo ao amin'gny tragno zeho.[6]Hanondro farisy ho an'gny tana hanao, diny arivo
hakiho gny sakany vo dimy arvo sy ro aly gny halavany, zeho dra ho eo agnilan'gny farisy voatoka ho an'gny toera
masy; zeho tana zeho dra ho an'gny hasaveregnan'Israely. [7]Gny tanin'gny andriandahy dra ho eo amin'gny
andaniny ro an'gny farisy voatoka ho an'gny toera masy vo gny tana. Ho eo amin'gny andrefany vo eo amin'gny
asinagnany zeho. Gny halavany dra hitovy amin'gny halavany raiky amin'ireo apahany ireo, boaky agny andrefa
magnagny asinagna.[8]Zeho tany zeho dra ho fanagnan'gny andriandahy agny Israely. Reo andriandahiko dra
hapaory gny vahoakiko sasy; fe koa, hagnome gny tany ho an'gny hasaveregnan'Israely, ho an'gny fokon'ereo.[9]Gny
Tompo Yaveh dra mizaka zeho: Apy zeho, ry andriandahin'Israely! Alao gny herisetra vo gny fifandira; manaova
gny rariny vo gny fahamarigna! Hialao gny fandroasaniha gny vahoakiko! ---- zeho gny fagnambaran'gny Tompo
Yaveh. [10]Aoky handrareo hana mizana mary, efaha mary, vo bata mary! [11]Gny efaha vo gn bata dra hitovy fatra, so
ho apahafolon'gny homera gny bata raiky; gny efaha dra ho apahafolon'gny homera raiky. Gny fandrefesa anazy
reho dra hitovy amin'gny homera. [12]Gny sekely raiky dra ho ropolo gera; gny sekely enipolo dra ho mina raiky ho
andrareo.[13]Zehi gny fandrambesa anzara sy mainsy asehondrareo: gny apaha-enin'gny efaha raiky isaky gny
homeram-bary tritiky aby, vo hagnome apaha-enin'gny efaha raiky isaky gny homeram-bary hordea handrareo.
[14]Gny lalagnan'gny fagnatisy dililo dra apaha-folon'gny bata raiky isaky gny kora (zay bata folo), na isaky gny
homera raiky, akory gny homera raiky dra bata folo avo koa. [15]Agnondry na osy raiky amin'gny agnondry
aman'osy isaky gny biby ronzato aby boaky amin'gny farisy lonak'Israelu gny hapesa amin'gny fanaova fagnatisy
oroa na fagnati-pihavagna hanaova fagnavota gny vahoaky --- zeho gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh.[16]Gny
vahoaky aby aeo amin'gny tany dra hanao zeho fandrambesa anzara zeho ho an'gny andriandahy agny Israely.
[17]Ho andraikisy gny andriandahy gny mamasy reo biby ho amin'ireo fagnatisy oroa, reo fagnatisy hohany, vo reo
fagnatisy iomy amin'gny firavoravoa vo gny fakalaza gny vola vaovao, vo amin'gny andro Sabata--- gny
firavoravoa fa voatondron'gny taranak;Israely aby. Hamasy amin'ireo fagnatisy nohon'gny ota izy, reo fagnatisy
bihy, reo fagnatisy oroa, vo reo fagnati-pihavagna ho amin'gny fagnavota ho an'gny hasavregnan'Israely.[18]Gny
Tompo Yaveh mizaka zeho: Amin'gny vola volohany, amin'gny andro volohan'gny vola, dra hangal agnomby lahy
sy misy kilema boaky amin'gny agnomby hanao dra hanao fagnatisy gny ota ho an'gny fitoera masy. [19]Gny pisoro
dra hangalaky gny sasany amin'gny lion'gny fagnatisy nohon'gny ota dra hametraky anizeho eo amin'gny tolam-
batrangaran'gny trano vo egny amin'gny sisin'ireo zorony efasy gny sisin'gny alitara, vo egny amin'gny tolam-
batrangaran'gny kianza agnatiny. [20]Ho ahiniha isaky gny fahota sy nahy na tamin'gny sy fahalalan'gny olo raiky
zeho amin'gny andro fahafiton'gny vola; hagnavosy gny tepoly hanao amin'izeho[21]Amin'gny vola fahadimy
amin'gny andro fahaefasy ambin'gny folon'gny valoa, dra hisy firavoravoa ho andrareo, firavoravoa hafitoa.
Hihina mofo sy misy lalivay hanao. [22]Amin'iho andro iho, gny andriandahy dra hagnoma agnomby lahy raiky ho
fagnatisy nohon'gny ota ho an'gny vatany vo ho an'gny vahoaky aby amin'gny tany.[23]Mandrisy gny firavoravo
hafitoa, gny andriandahy dra hagnoma fagnatisy oroa ho an'i Yaveh: agnomby lahy fito vo agnondry lahy sy misy
kilema sito isan'andro mandrisy gny hafitoa, vo osy lahy raiky isan'andro ho fagnatisy nohon'gny ota. [24]Bokeo gny
andriandahy dra hanao fagnatisy hohany araiky vo raiky efaha isaky gny agnondry lahy mindray amin'gny dililo
hina raiky gny efaha.[25]Amin'gny vola fahafito amin'gny andro fahadimy ambin'gny folon'gny vola, agny amin'gny
firavoravoa, dra hanao fagnatisy mandris'ireo fitoa andro ireo gny andriandahy: fagnatisy nohon'gny ota,
fagnatisy oroa, fagnatisy hohany, vo fagnatisy gny dililo.

## Chapter 46

[1]Zeho gny zakan'gny Tompo Yaveh: Gny vavahadin'gnyu kianza agnatiny, magnatriky gny asinagna, dra hakatoky
mandrisy gny eny andro amin'gny fiasa, fa hosokafa koa zeho amin'gny Sabata, vo amin'gny andron'gny voloham-
bola. [2]Hilisy gny ivelan'gny kianza amin'gny lalan'gny vavahady vo gny lavaranga boaky agny ivelan'izeho gny
andriandahy, dra hisana magnoloa gny tolam-batrangaran'gny vavahady agnatiny no bo manao gny fagnatisiny
oroa vo gny fagnati-pihavagna gny pisoro. Dra hagnome voninahisy eo an-tokonam-batrangaran'gny vavahady
agnatiny izy dra hiboaky, fa sy hakatoky gny vavahady m,andra-pahariva.[3]Gny vahoakin'gny tany avo koa dra
manopo eo agnatrehan'i Yaveh eo amin'gny filira amin'iho vavahady iho amin'gny Sabata vo reo voloham-bola.
[4]Gny fagnatisy oroa ze atolosy gny andriandahy ho N'i Yaveh amin'gny andro Sabata dra zanak'agnondry eny sy
misy kiema vo osy lahy sy misy kilema. [5]Gny fagnatisy vary mindray amin'gny osy lahy dra ho efaha raiky, vo gny
fagnatisy vary minadray amin'gny zanak;agnondry dra ze iriny ome, vo dililo raiky hina isaky gny vary raiky
efah.[6]Amin'gny andron'gny voloham-bola dra aoky izy hanolosy agnomby sy misy kilema boaky amin'gny
andian'agnomby, zanak'agnondry eny, vo aosy lahy sy manan-kilema. [7]Aoky izy hanao fagnatisy vihy raiky efaha
isam-batotr'agnombalahy, vo raiky efaha ho an'gny agnondry lahy, vo ze iriny ho an'ireo zanak'agnondry, vo
dililo raiky hina isan'efaham-bary aby.[8] Nofa milisy amin'gny vavahady vo gny lavarangany gny andriandahy, dra
aoky izy hiala amin'gny lala nandehany avo.[9]Fa nofa avy eo agnatrehan'i Yaveh amin'ireo firavravoa voatondro
gny olon'gny tany, ndre ia ndre ia milisy amin'gny vavahady avarasy so hanopo dra aoky hiboaky amin'gny
vavahady asimo; vo ndre ia ndre ia milisy amin'gny vavahady asimo dra aoky hiboaky amin'gny vavahady
avarasy. Sy miay olo afaky mihery agny amin'gny vavahady ze nilirany, fa sy mainsy miboaky mahisy izy. [10]Aoky
ho eo agnivon'ereo gny andriandahy; nofa milisy ao ereo, dra sy mainsy milisy izy, vo nofa miala ereo, dra sy
mainsy miala[11]Ao amin'ireo firavoravoa, aoky ho efaham-bary raiky isam-batos'agnombilahy vo efaha
isan'agnondry lahy gny fagnatisy vary, vo ndre ino ndre ino iriny ome mindray amin'ireo zanak'agnondry, vo
dililo raiky hina isan-kefaha. [12]Nofa magnome fagnatisy an-sitrapo gny andriandahy, nafagnatisy oroa na fagnati-
pivavaha ho an'i Yaveh, dra ho sokafa ho anazy gny vavahady ze magnatriky gny asinagna. Hanolosy gny
fagnatisiny oroa na gny fagnati-pihavagnany manahaky gny ahiny isan'andro Sabata izy. Bokeo dra sy mainsy
hiboaky izy, vo afaran'gny hiboahany dra hakatoky gny vavahady.[13]Fagnapin'izeho, hagnome zanak'agnondry sy
misy kilema eritao ho fagnatisy oroa ho an'i Yaveh isan'andro hanao; hanao zeho isaky maray hanao. [14]Hagnome
fagnatisy vary miaraky amin'izeho isaky maray hanao, gny apahaheny amin'gny efaha vo apahatelon'gny dililo
raiky hina so handemana gny koban'gny fagnatisy vary ho an'i Yaveh, araky gny lalagna maharisy. [15]Hikarakara
gny zanak'agnondry, gny fagnatisy vihy, vo gny dililo isaky maray, fagnatisy oroa maharisy ereo.[16]Zeho gny
zakan'gny Tompo Yaveh: No magnome fagnomeza ho an'gny raiky amin'ireo zanadahiny gny andriandahy, lova
zeho. Ho fanagnan-zanany zeho, lova zeho. [17]Fa no magnome fagnomeza boaky amin'gny lovany ho an'gny raiky
amin'ireo panopony izy, dra ho an'gny panopo zeho ambara-pahavin'gny tao fahafaha, vo bokeo dra hihery agny
amin'gny andriandahy zeho. Reo lovany dra ho an'ireo zanadahiny vatany. [18]Sy hangalaky gny lovan'gny olo
amin'gny zara-taniny avo gny andriandahy; sy mainsy hagnome boaky amin'gny zara-taniny ho an'ireo
zandahiny izy so sy hielezan'ireo oloko, reo olo kiraikiraiky boaky amin'gny zara-taniny avo."'[19]Vo bokeo nanday
anahy teo amin'gny filira teo amin'gny vavahady magnagno amin'ireo efisy masin'ireo pisoro gny olo, ze
nagnatriky gny avarasy dra ingo! Nisy toera tagny andrefa. [20]Ho izy taminahy ho: "Tiky gny toera ze sy mainsy
hahandroan'ireo pisoro gny fagnati-pagnoregna vo fagnatidy nahon'gny ota dra ze sy mainsy hagnedasan'ereo
gny fagnatisy vihy. Sy tokony handay fagnatisy ao ivelan'gny kianza ereo, fa bokeo dra ho hamasigny gny
vahoaky.[21]Bokeo dra nanday anahy tagny amin'gny kianza ivelany izy dra nandesiny tagny amin'gny zorony
efas'izeho kianza zeho zaho, dra hitako fa nisy fisara hafa tamin'gny zoron'gny kianza aby. [22]Amin'ireo zorony
efasy gny kianza ivelany dra nisy kianza keliky efasy, efapolo hakiho gny halavany vo telopolo gny velarany. Refy
mitovy aby ho an'ireo kianza efasy aby. [23]Misy toera nahy tamin'gny vato nagnodidy gny efasy tamin'ereo, vo gny
fata fandrahoa dra tao amban'gny laharam-bato. [24]Ho gny lelahy taminahy ho: "Reo gny toera ze hahandroan'gny
panonon'gny tepoly gny soron'gny vahoaky."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 47

[1]Bokeo gny lelahy dra nanday anahy nagnao amin'gny filira ao amin'gny tepoly, dra nisy rano nikoria boaky ao
ambanin'gny tokonam-batrangaran'gny tragno amin'gny asinagnan'gny tepoly--- teo agnoloan'gny tepoly
magnatriky gny asinagna--- vo gny rano dra nikoria nagnagny amin'gny ilany asimon'gny tepoly, magnagny an-
kavagnan'gny alitara. [2]Dra nandesy niboaky tamin'gny vavahady andrefa zaho vo nagnodidy gny vavahady
magnatriky gny asinagna, vo nisy rano nikoria boaky amin'iho vavahady iho tamin'gny ilany asimo.[3]No nagnagny
asinagna gny lelahy, dra nisy famolay tegny an-tagnany; nandrefy arivo hakiho izy dra nanday anahy
namakivaky rabo ze rano laliky hatregny an-kitrokeliky. [4]Dra nadrefy arivo hakiho ndraiky izy dra nanday anahy
namakivaky rano ze rano laliky hantregny am-pokopoko; dra nandrefy arivo hakiho izy dra nanday anahy
tamin'gny rano laliky hatregny am-balaha. [5]Bokeo dra nandrefy arivo hakiho hafa izy, fe renirano ze sy afaky
niapitako zeho akory niakzasy rano sady laliky sy afaky halomagnosa --- renirano ze sy afaky niapita zeho.[6]Ho
gny lelahy taminahy: " Ry zanak'olo, hitaniha se iho?" dra nanday anahy niboaky izy dra napihery anahy tegny
amin'gny sisin'gny renirano. [7]No igny nihery igny zaho, dra nisy hazo maro tegny amin'gny sisin'gny renirano dra
tegny amin'gny andaniny ilany avo koa. [8]Ho gny lelahy taminahy: "Miboaky magnagny amin'gny faritany
asinagna iho rano iho dra m,izoso magnagny Arahaba; mikoria magnagny amon'gny Ranomasin'gny Sira zeho
dra hapadio anazy.[9]Vo gny raha managn'ay aby sesehena dra hivelo agny amin'ize handehanan'gny rano; hisy
hazandrano maro ao, akory mikoria agny gny rano. Hapadio gny rano masy zeho. Hivelo agny amin'ize
handehan'gny renirano gny raha aby. [10]Vo bokeo dra hisanga eo amoron'gny rano gny panzono 'i En-jedy, dra hisy
toera fagnamaigna gny harato fanzonoa eo amoron'i En-eglaima. Hisy karaza hazandrano maro ao amin'gny
Ranomasin'gny Sira, manahaky gny hamarony gny hazandrano ao amin'gny Ranomasim-be.[11]Fa reo hanohano vo
reo heniheninigny Ranomasinigny sira dra sy ho voalio; hamokara sira iny.[12]Egny andafin'io renirano io amy
sisiny, amy taliaviny ro, dra hisy karazan-kazo hirisy zay hamokasy sakafo. Gny ravin'ireo dra sy halazo dra gny
tegnan'ireo dra sy hizano hitombo. Isam-bola ireo hazo ireo dra hamoa tegnany, satria gny rano laha tao amy
fitoera masy dra mivavasy magnagny amin'ireo. Ho hany gny tegnan'ireo, dra gny ravin'ireo dra ho fagnasitrana.
[13]Izao gny zakanigny topo Yaveh: Izay gny fomba hizaranao gny tany ho an'ireo foko ro ambinigny folon'Israely:
Hanana azara ro i Josefa. [14]Ho zaranao mitovy ze nanandratako gny tagnako vo nianianako fa hame reo
razambenao ty tany tihoky dra ho avy lovanao.[15]Tiky gny ho sisintanin'gny tany agny amin'gny ilany andrefa
manomboky amin'gny Ranomasim-be mandalo amin'gny lala Heltona, vo hatragny Zedada. [16]Dra hitohy agny
Berota gny sisn-tany, hatragny Sibraima, ze eo agnelagnelan'i Damaskosy vo Hamata, vo bokeo hatragny Hazara
Hatikona, ze eo agnilan'gny sisin-tanin'i Haorana. [17]Dra hitohy manomboky amin'gny ranomasy hatragny Hazar-
enana agny amin'gny fari-tanin'i Damaskosy vo Hamata magnagny andrefa gny sisin-tany. Zeho gny ho sisiny
andrefa.[18]Tamin'gny sisiny asainagna, teo agnelagnelan'i Haorana vo Damaskosy vo teo agnelagnelan'i Gileada vo
gny tanin'Israely gny Reniranon'i Jordana. Sy mainsy refesiniha hatragny amin'gny sisiny raomaasy asinanga;
zeho iaby zeho gny ho sisn-tany asinagna. [19]Bokeo gny sisiny asinagna: gny asimon'i Tamara magnagny amin'ireo
ranon'i Meriba Kadesy, gny lohasahan-driakin'i Egypta magnagny amin'gny Ranomasim-Be, vo gny ilany asimo
magnatriky gny asimo. [20]Vo gny sisin-tany andrefa gny ho Ranomasim-Be magnagny amin'ize mifanohisy amin'i
Hamata. Zeho gny ho ilany andrefa.[21]Amin'izeho fomba zeho gny hizarandrareo tiky tany tiky ho andrareo, ho
an'ireo fokon'Israely. [22]Dra hizara reo lova ho an'gny vetandrareo handrareo dra ho an'ireo vahiny eo
gnivondrareo, reo ze niteraky zanaky teo agnivondrareo vo reo, mindray amindrareo, manahaky gny olo tera-
tanin'Israely. Hagnome lova maro eo amin'ireo fokon'Israely handrareo. [23]Vo gny vahiny dra hindray amin'gny
foko eo amin'ireo ze hitobohany. Sy mainsy magnome lova anazy handrareo--- zeho gny fagnambaran'gny Tompo
Yaveh."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 48

[1]Tahoky aby gny agnaran'ireo foko. Hahazo anzara-tany raiky gny fokon'i Dana, gny fari-tanin'izeho dra hipak
hatragny amin'gny sisin-tanin'Israely magnamoro gny lalan'i htlona vo Lebo Hamata. Gny sissin-tanin'izeho dra
hitohy hatragny Hazar-enana dra magnaraky gny sisin-tanin'i Damaskosy magnasimo dra hatragny Hamata. Gny
fari-tanin'i Dana dra manomboky boky agny asinagnan'gny lala aby magnagny andrefa amin'gny Ramomasy
Lahibe. [2]Mifagnila amin'gny fari-tanin'i Dana, hatragny amin'gny lafiny asinagna dra hatragny andrefa, gny ho
anzara raiky ho an'i Asera. [3]Mifagnila amin'gny fari-tanin'i Asera hatragny amin'gny lafiny asinagna dra hatragny
anrefa, fny ho anzara raiky ho an'i Naftaly.[4]Mifagnila amin'gny fari-tanin'i Naftaly hatragny amin'gny lafiny
asinagna dra hatragny andrefa, gny ho anzara raiky ho an'i Manase. [5]Mifagnila amin'gny fari-tanin'i Manase
hatragny amin'gny lafiny asinagna dra hatragny andrefa, gny ho anzara raiky ho an'i Efraima. [6]Mifagnila
amin'gny fari-tanin'i Efraima hatragny andrefa, gny ho anzara raiky ho an'i Robena. [7]Mifagnila amin'gny fari-
tanin'i Robena hatragny amin'gny ilany asinagna dra hatragny andrefa, gny ho anzara raiky ho an'i Joba.[8]Gny
fagnolora gny tany ze hahiniha dra hagnaraky gny fari-tanin'i Joda vo hihitasy boaky agny amin'gny lafiny
asinagna dra hatragny andrefa; ho dimy arivo sy ro aly hakiho gny sakany. Gny halavan'izeho dra mifandraiky
amin'gny anzaran'gny foko raiky hatragny amin'gny afiny asinagna dra hatragny andrefa, bo ho eo agnivon'izeho
gny tepoly. [9]Zeho tany ze hatolosiko an'i Yaveh zeho dra ho dimy arivo sy ro aly hakiho gny halavany vo ray aly
hakiho gny sakany.[10]Tahoky aby gny ho andrekisy gny anzara-tany masy: ireo pisor dra hana tany voatendry ho
andreo mirefy dimy arivo sy ro aly hakiho gny halavan'gny lafiny avarasy; ray aly hakiho gny sakan'gny lafiny
andrefa; ray aly hakiho gny sakan'gny lafiny asinagna; vo dimy arivo sy ro aly hakiho gny halavan'gny lafiny
asimo, mindray amin'gny toera masin'i Yaveh eo agnivon'izeho. [11]Zeho dra ho an'gny fanokana reo pisoron'gny
taranak'i Zadoka, ze fa nanopo Anahy tamim-pahatokia, vo sy nandeha tamin'gny lalan-diso gny vahoakin'Israely,
manahaky gny nahin'ireo Levita. [12]Gny fagnatisy ho andreo dra ho anzara boaky amin'itiky tany masy indrindra
tiky, mihitasy hatragny gny faritanin'ireo Levita.[13]Gny tanin'ireo magnamoro gny fari-tany mindray amin'gny
tanin'gny pisoro dra dimy arivo vo ro aly hakiho gny halavany vo ray aly hakiho gny sakany. Gny halavan' gny
velaran-tany manotolo ro dra ho dimy arivo sy ro aly gny halavany vo ro aly hakiho hakiho gny sakany. [14]Sy
mahazo mivarosy na manakalo anizeho ereo; sy misy azo sarahy amin'ireo velaran-taniny reo voloham-bokasy
gny tanin'Israely, fa masy ho an'i Yaveh zeho iaby zeho.[15]Gny tany sisa tavela, dimy arivo hakiho gny sakany vo
dimy arivo vo ro aly hakiho gny halavany, dra hiaraha-mapiasa ho an'gny tana, gny tragno, vo reo fihinanam-
bilo; ho eo gnivon'izeho gny tana.[16] Tahoky aby gny ho refin'gny tana: 4.500 hakiho gny halavan'gny lafiny
avarasy; 4.500 hakiho gny halavan'gny lafiny asimo; 4.500 hakiho gny halavan'gny lafiny asinanga; vo 4.500
hakiho gny halavan'gny lafiny andrefa.[17]Dra hisy haly magnavarasy ho an'gny tana, 250 hakiho gny halalikiny; eo
amin'gny asimo, 250 gny halalikiny; eo amin'gny asinagna, 250 hakiho gny halalikiny, vo eo amin'gny andrefa, 250
hakiho gny halalikiny.[18] Vo gny farisy ambin'gny fagnatisy masy dra hahatratry raiky alina hakiho miasinagna dra
ray aly hakiho miakandrefa. Hihitasy magnaraky gny faritanin'gny fagnatisy masy zeho sady ho sakafon'ireo ze
miasa ao an-tana gny vokatr'izeho.[19]Gny vahoaky ze miasa ao an-tana, gny vahoakin'gny foko abin'Israely, gny
hiasa zeho tany zeho. [20]Gny zara-tany aby dra mirefy dimy arivo sy ro aly hakiho tora-dro. Amin'izeho fomba
zeho gny hanaovandrareo gny tany fagnatisy masy tany, maindray amin'gny tana.[21]Gny ambin'gny tany eo
amin'gny andaniny vo gny ankilan'gny fagnatisy masy vo gny farisy gny tana dra ho an'gny andrian-dahy. Gny
velaran-tanin'gny andrian-dahy agny asinagna dra hahatrasy dimy arivo sy ro aly hakiho manomboky eo
amin'gny fari-tanin'gny fagnatisy masy dra hatragny amin'gny sisi-tany asinagna--- vo gny velaran'gny agny
asinagna dra hahatrasy dimy arivo sy ro aly hakiho hatragny amin'gny sisi-tany andrefa. Ho eo agnelagnelany
gny fagnatisy masy, vo gny toera masin'gny tepoly dra ho eo agnivon'izeho. [22]Gny tany mihitasy boaky eo
amin'gny fanagnan'ireo Levita vo gny farisy gny tana eo agnivo dra ho an'gny andriandahy; ho eo
agnelagnelan'gny sisin-tanin'i Joda vo gny sisin-tanin'i Benjamina zeho--- iho tany iho dra ho an'gny andriandahy.
[23] gny amin'ireo foko ambiny, gny anzaran'ereo avo koa dra ho avy agny asinagna dra hatragny andrefa. Hahazo
anzara raiky i Benjamina. [24]Mifagnila amin'gny fari-tanin'i Benjamina hatragny asinagna dra hatragny andrefa,
gny ho anzara raiky ho an'i Simeona. [25]Mifagnila amin'gny fair-tanin'i Simeona hatragny amin'gny ilany ainagna
dra hatragny andrefa, dra hahazo anzara raiky i Isakara. [26]Mifagnila amin'gny fari-tanin'Isakara hatragny
amin'gny lafiny asinagna dra hatragny andrefa, dra hahazo anzara raiky i Zebolona.[27]Agny asimon'gny fari-tanin'i
Zebolona, hatragny andrefa vo hatragny asinagna, dra ho tanin'i Gada--- anzara-tany raiky. [28]Gny fari-tany
asimon'i Gada dra hihitasy manomboky agny Tamara dra hatragny amin'ireo ranon'i Meriba-kadesa, dra avy
hatragny amin'gny lohasahan-driakon'i Egypta, vo hatragny amin'gny Ranomasy Lahibe. [29]Zeho gny tany ze
hilokandrareo; ho lovan'gny fokon'Israely zeho. Reho dra ho anzaran'ereo. Zeho gny fagnambaran'gny Tompo


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Yaveh.[30]Tahoky gny ho fiboaha boaky ao an-tana: amin'gny lafiny avarasy, zay hirefy 4.500 hakoho gny halavany,
[31]dra hisy vavahady telo, nitokavy boaky tamin'ireo fokon'Israely: vavahady raiky ho an'i Robena, vavahady ho
an'i Joda, vo vavahady raiky ho an'i Levy. [32]Eo amin'gny lafiny asinagna, zay hirefy 4.500 hakiho gny halavany, dra
hisy vavahady telo: vavahady raiky ho an'i Josefa, vavahady raiky ho an'i Benjamina, vo vavahady raiky ho an'i
Dana.[33]Amin'gny lafiny asinagna, ze hirefy 4.500 hakiho gny halavany, dra hisy vavahady telo: vavahady raiky ho
an'i Simeona, vavahady raiky ho an'Isakara, vo vavahady raiky ho an'i Zebolona.[34] Eo amin'gny lafiny andrefa, ze
hirefy 4.500 hakiho, dra hisy vavahady telo: vavahady raiky ho an'i Gada, vavahady raiky ho an'i asera, vo
vavahady raiky ho an'i Naftaly. [35]Valo arivo sy ray aly hakiho gny refy magnodidy gny tana; manomboky amin'iho
andro iho, dra ho tokavy ho " Yaveh Gny Ao" gny agnaran'gny tana.

# Daniel

Chapter 1

[1]Tamigny tao fahatelo nazakan'i Joiakima pazakanigny Joda, Nebokadnezara pazakan'i Babylona avy tao
Jerosalema dra nagnodidy gny tana ba hanapaky gny famasia aby ho an'izay. [2]Gny topo nagnome fandresena an'i
Nebokadnezara teo amin'i Joaikima pazakanigny Joda, dra izy nagnome anazy tamireo raha masy boak'ao
amigny tragnon'Agnahary. Ninday reo ho agny amigny tanin'i Babylona izy, ho agny atragnon'Agnahary, dra
napetrany tao amigny fitoeran-drakisy gny zagnahariny reo raha masy.[3]Dra nizaka tamin'i Aspenaza, gny
lahibenigny manapahefany, gny pazaka ba hinday gny ilany amireo zanak'Israely, amigny fianakavian'Agnahary
vo gny agnomby firazagna__[4]tovolahy sy misy kilema, manito amigny endriky ivelany, mahay amigny fahendrena
aby, feno fahalala vo fahazava-say, dra voafaty ba hanopo ao amigny lapanigny pazaka. Izy dra hapianasy anereo
gny literatioraBabyloniana vo gny fizakany. [5]Nagnisanigny pazaka azara isan'andro manoka amireo haniny vo
ilany amireo divay ninomany ereo. Reo zatovo lahy reo dra napihofagny nandrisy gny telo tao, dra afaran'izay,
dra hanopo gny pazaka ereo.[6]Agnisan'ireo i Daniela, Hanania, Misaela dra Azaria, ze ilany amireo olonigny Joda.
[7]Namenigny lahibe manapahefa agnaran'ereo: Daniela tonokany ho Beltesazara, Hanania tokavy ho Sadraka,
Misaela tonoka ho Mesaka, dra Azaria tonoka ho Abednedo.[8]Fa Daniela nihevisy tao asainy fa sy hagnoro gny
vatany amin'ireo hanoraky gny Pazaka vo gny divay ze ninominy. Koa nangalaky alala tamy lahibeby manam-
pahefafana ozy ba sy hagnoro gny vatany . [9]Dra nomen'Agnahary sitraky vo fahangoraham-po Daniela tamy
fagnaza lahibe manampahefa anazy.[10]Nizaka tamin'i Daniela gny lahibe manampahefa ho:''Matahosy gny Pazaka
tompoko zaho.Izy gny nandidy gny sakafo vo raha-finomindrareo. Nanao akory izy gny tokony hahita faharasia
egny aminao mihoasy reo tovolahy hafa ze mitovy tao aminao?Mety hotapahiny Pazaka noho ianao gny
lohako.''[11]Laha teo Daniela niresaky tamy mpitandrin-draharaha ze nitendreny manampahefa lahibe ho an'i
Daniela, Hananio, Misaela dra Azaria. [12]Hoy izy:''Hagnatio toera se zahay mpanomponao mandrisy gny folo
andro. Omeo legimy hoaniny vo rano ho nomy avo zahay.[13]Dra ampitahao amy endriky ambalik'ereo tovolahy ze
mihina gny hanoraky gny Pazaka gny poziny ambalikiny , dra atovy aminay, mpanomponao, araky ze
hitanao.''[14]Koa dra niombon-kevisy taminazy hanao anizay gny mpitandrin-draharaha, ka nagnety toera anazy
reo nandrisy gny folo andro izy.[15]Tamy farany hafoloa gny poziny ambalik'ereo dra avy salama , dra voafaha soa
mihoasy noho reo tovolahy ze nihina tamy hanim-piny Pazaka. [16]Ka dra nalany mpitandrin-draharaha reo
hanoraky vo reo divan'ereo dra legimy avo gny nomeny ananzy reo.[17]Raha gny amin'ireo tovolahy efasy reo,
nomen'Agnahary anazy reo gny fahalala vo fahalali-say amy literatiora vo gny fahendre, dra afaky mahatakasy
reo karaza fahita vo nofy aby i Daniela. [18]Tamy fiafarany fotoa zay napetraky gny Pazaka hinday anazy reo , dra
ninday[19]Nizaka tamin'ereo gny pazaka, dra sy nisy manahaky an'i Daniela, Hanania, Misaela dra Azaria tao
amigny vondro raiky dra Azaria tao amigny vondro raiky manotolo. Nisanga nanoloa gny pazaka ereo, vonona
gny hanopo anazy. [20]Tamy fagnontania aby mahakasiky gny fahendre vo gny fahazava-say ze napetraky gny
Pazaka anazy reo, dra voavalin'ereo soa abo folo heny koa mihoasy gny an'ireo ambiasa vo reo ze mizaka ho
miresaky amy maty, zay tagny amy fazakany aby zay.[21]Tany rava i Daniela hatramy tao volohany nazakany
Pazaka Kirosy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 2

[1]Tamy tao faharo nazakan'i Nebokadnezara, dra nagnofy izy. Nihorohoro gny sainy, dra sy afa-nandry izy. [2]Dra
nampitoka reo ambiasa vo reo ze nizaka ho miresaky amy maty gny Pazaka . Nitoka reo mpanao oly vo reo olon-
kendry avo koa izy. Nagniry anazy reo hizaka anazy gny momba gny nofiny izy. Koa nilisy ereo dra nisanga teo
anolohany Pazaka.[3]Hoy gny Pazaka tamin'ereo ho:''Nagnofy zaho, dra gny saiko dra mitebiteby gny hahafatara
gny dikany gny nofy.''[4]Laha teo dra niresaky tamy Pazaka tamy tegny Aramiana reo olon-kendry:''Ry Pazaka , ho
velo mandrakizay! Zakao aminay mpanomponao gny nofy, dra zahay hagnambara gny dikany.''[5]Namaly an'ereo
olon-kendry gny Pazaka ho:''Fa nilamy zay raharaha zay.Raha sy sinizakandrareo vo hazavandrareo anahy gny
nofy, dra ho torotoro gny vatandrareo dra reo tragnondrareo hatao korotam-pako.[6]Fa raha zakandrareo anahy
gny nofy vo dikany , dra hahazo fagnomeza laha taminahy iandrareo, valisoa raiky, dra voninahisy lahibe. JKoa
zakao anahy gny nofy vo gny dikany.''[7]Dra namaly draiky izy ho:''Ao gny Pazaka hizaka aminay mpanompony,
gny nofy dra hozakany anao gny dikany.''[8]Namaly gny mpazaka ho:''Fataro soa fa te hahazo fotoa mihoasy
iandrareo satria hitandrareo fa tena fatrasy gny fanapaha-kevisiko momba zay. [9]Fa raha sy zakandrareo aminahy
gny nofy, dra raiky avo gny zakako ho andrareo. Nanapa-kevisy gny hagnoma zaka diso vo fitaky ze
nifagnekendrareo ho zaka aminahy handrareo mandra-piova gny haviso. Ko zakao aminahy dra nofy, dra ho
fatako fa afaky mandika anizay aminahy handrareo.[10]Namaly reo olo-kendry gny pazaka ho: "Sy misy olo eto
atany afaky hagnatateraky gny fangatahanigny pazaka. Sy misy pazaka lahibe vo mahery bo nangataky raha
manahaky anizay aby amigny ambiasa, na avy amin'iza na amin'iza amigny olo-kendry. [11]Sarosy gny raha
angatahinigny pazaka, dra sy misy na iza na iza afaky mizaka anizay amigny pazaka afa-sy reo zagnahary, dra sy
miay eo amigny olombelo ereo.[12]Napasiaky vo tena nahaory gny pazaka zay, dra nagnome baiko handringa reo
raha agny Babylona ze fatasy tamigny fahendreny izy. [13]Ko niboaky gny lalana fa reo aby ze fatasy tamigny
fahendren'ereo dra hovono. Noho io lala io, dra nitaly an'i Daniela vo reo namany ereo ba hahafaha mamono
anereo.[14]Dra i Daniela namaly am-pahamalia vo am-pisaigna an'i Arioka mpifehy gny mpiamby gny Pazaka , zay
avy hamono reo aby tao Babylona ze fatasy tamy fahendren'ereo. [15]Nagnontany gny mpifehiny Pazaka i Daniela
ho:''Manao gny dra manahaky anizay gny lalany Pazaka?''Dra nizakan'i Arioka tamin'i Daniela zay niseho.[16]Laha
teo Daniela nilisy dra nangataky gny hifakahita tamy Pazaka ba hahafahany manao gny fandika ho agny Pazaka.
[17]Laha teo dra nagnany antragnony dra nagnazava ze niseho tamin'i Hanania, Misaela, vo Azaria i Daniela.
[18]Nampirisiky anazy reo hitalia famindram-po laha tamy Zagnahary gny lagnisy izy mahakasiky io raha-mivony
io ba sy hamonoa anazy vo anereo miaraky amin'ireo olo tavela tao Babylona ze fatasy amy fahendren'ereo.
[19]Tamin'io hariva io dra nambara tamin'i Daniela tagnatiny fahita gny raha-mivony . Dra nidera agny Zagnahary
gny lagnisy i Daniela [20]dra nizaka ho:''Midera gny agnaran'Agnahary mandrakizay doria;fa anazy gny fahendre vo
gny6 hery.[21]Manova gny fotoa gny vanim-potoa Izy; mangalaky vo mametraky gny Pazaka eo amin'ireo seza
fiandrianany Izy.Magnome fahendre ho agny hendry Izy dra fahalala ho an'ereo ze mana fahazava-say .
[22]Mampiseho gny laliky vo reo raha-mivony Izy satria hainy gny ao agnatiny fahamezigna, dra gny hazava miay
ao aminazy.[23]Ry Zagnahary gny Razambeko, misaosy anao zaho dra midera anao noho gny fahendre ze nomenao
anahy. Fa nampahafatarinao anahy amizao ze nangatahanay taminao; nampahatarinao anay gny raha
mampitebiteby gny Pazaka.''[24]Boak'eo dra nilisy i Daniela hagnety an'i Arioka (gny nitendrenigny pazaka hamono
gny olo hendry aby tagny Babylona). Nandeha izy dra nizaka taminazy ho: "Ka mamono gny olo-kendry agny
Babylona. Andeso agny amigny pazaka zaho dra haseho gny pazaka gny dikanigny nofiny."[25]Dra nandesin'i Arioko
teo agnatrehanigny pazaka i Daniela dra nizaka ho: "Nahita lelahy raiky teo amireo olon'i Joda natao sesitany ze
hagnambara gny dikanigny nofinigny pazaka zaho." [26]Hoy gny pazaka tamin'i Daniela (ze atao ho Beltesazara):
"Moa ra hanao afaky gny hizaka aminahy gny nofy ze hitako vo gny heviny?"[27]Daniela namaly gny pazaka dra
nanao anizahoky ho: "Gny raha miafy ze nagnotanianigny pazaka dra sy azon'ireo ze mana fanendrena aseho, na
reo ze milaza fa mizaka amigny maty, na amigny alalan'ireo ambiasa, dra sy amigny amigny alalan'ireo
panondro. [28]Na dre zay aza, misy zagnahary ze mony agny an-dagnisy, ze magnambara gny raha miay, dra fa
napahafatariny anao, ry Nebokadnera pazaka, ze hitranga amigny andro ho aby. Tahoky gny nofinao vo reo
fahitanigny sainao raha nandry teo amigny fandrianao hanao.[29]Raha gny aminao, ry pazaka, gny fisaignanao eo
am-pandrianao dra momba reo raha ho avy, dra ze magnambara reo raha mivony dra fa napahafatasy anao ze
hiseho. [30]Raha gny aminahy, zay raha mivony zay dra sy nitalily taminahy nohonigny fahendrena ze hanagnako
bebe kokoa mihoasy gny olombelo hafa. Nambara taminahy zay raha mivony zay ba hahatakaranao gny dikany,
ry pazaka, dra ba hahafahanao mahafatasy reo eriserisy laliky ao agnatinao.[31]Ry pazaka, nitraka hanao dra
nahita sarivonga lahibe. Io sarivonga io, ze mahery vatany vo mamirapirasy, dra nizoro teo agnatrehanao.
Mapihorohoro gny famirapiratany. [32]Gny lohanigny sarivonga dra natao tamigny volamena soa faratapony. Gny


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

tratrany vo gny sandriny dra vita tamigny volafosy. Gny agnevony vo gny feny dra vita tamigny varahy, dra gny
randron'izay dra natao tamigny vy. [33]Gny tombok'izay dra vita tamigny vy gny apahany dra tanimanga gny
apahany.[34]Nitraka hanao, dra nisy vato tapaky raiky, na dre sy tamigny alalanigny tagnanigny olo aza, dra namely
gny sarivonga teo amigny tombony vy vo tanimanga zay, dra nandrava anereo. [35]Boak'eo gny vy, gny tanimanga,
gny varahy, gny volafosy dra gny volamena dra potipotiky dra lasa manahaky gny lilam-bary eo amigny
fagnahafa amigny fahavarasy. Nisofinigny sioky reo dra sy nisy soris'ereo tavela. Fa gny vato ze namaly gny
sarivonga dra lasa tendrombohisy lahibe dra nameno gny tany aby.[36]Izay gny nofinao, Dra handeha hizaka gny
heviny amigny pazaka zahay amizao. [37]Hanao, ry pazaka, gny pazakan'ireo pazaka ze namen'Agnahary gny
lagnisy gny fazaka, gny fahefa, gny hery, dra gny voninahisy. [38]Fanataony teo am-pelatagnanao gny toera
honegnanigny olombelo. DRa fa nameny teo am-pelatagnanao reo bibinigny saka vo gny voronigny lagnisy, dra fa
nanao anao ho panapaky eo amireo aby reo Izy. Hanao gny lohanigny sarivonga volamena.[39]Afara ao, dra hisy
fazaka hafa hisanga ze ambany noho hanao, kanefa gny fazaka varahy fahatelo dra hanapaky eo amigny tany
aby.[40]Dra hisy fazaka fahaefasy, fatrasy manahaky gny vy, akory gny vy mamaky reo raha aby hafa vo
manorotoro gny raha aby. Manorotoro reo raha aby reo zay dra mamotiky anereo.[41]Araky gny hitanao, gny
tomboky vo reo rasany dra vita tamigny tanimanga nahandro vo vy gny apahany, ko dra ho fazaka voazara zay;
gny ilany amigny herinigny vy dra ho ao amizay, araky gny fa nahitanao gny vy nafangaro tamigny tanimanga
malefaky. [42]Akory reo rasa-tombony dra natao tamigny vy gny apahany dra tanimanga gny apahany, dra ho
fatrasy gny fazaka amigny apahany dra malemy amigny apahany. [43]Manahaky gny nahitanao gny vy nafangaro
tamigny tanimanga malefaky, dra hifangaro reo olo; sy hiara-hizano ereo, manahaky gny vy sy mifangaro amigny
tanimanga.[44]Amigny andron'ireo pazaka reo, dra hametraky gny fazaka ze sy ho voarava mihisy, na ho babonigny
olo-kafa gny Zagnahary gny lagnisy. Handravarava reo fazaka hafa izay vo hapisahasy anereo aby, vo dra
hitoetra mandrakizay zay. [45]Araky gny fa hitanao, nisy vatolapy raiky nanapaky tandrombohisy, fa sy ba tamigny
tagnan'olombelo. Nanapatapaky gny vy, varahy, tanimanga, volafosy, dra volamena zay. Fa napahafatarinigny
Zagnahary lahibe anao, ry pazaka, ze hiseho afaran'izay. Mary gny nofy dra azo atoky ty fandika
tihoky."[46]Napekohoky gny tavany teo agnatrehan'i Daniela i Nebokadnezara dra nagnaza anazy; nandidy gny
hanova fagnatisy raiky izy dra liti-kazo magnisy hatolosy ho anazy. [47]Hoy gny pazaka tamin'i Daniela ho: "Tena
gny Zagnaharinao gny Zagnaharin'ireo zagnahary, gny topon'ireo pazaka, dra gny magnambara gny raha mivony,
akory afaky magnambara anizay raha mivony zay hanao."[48]Boak'eo nataonigny pazaka gny haza ambony i
Daniela dra nameny fagnomeza mahafinarisy. Nanao anazy ho pazaka teo amigny reo firitaninigny Babylona aby
izy. Lasa lahibenigny governora teo amireo olon-kendry faratapony an'i Babylona i Daniela. [49]Nanao fangataha
raiky tamigny pazaka i Daniela, dra nitendrenigny pazaka i Daniela, Mesaka, dra Abednego ba ho pandrindra eo
amireo faritanin'i Babylona. Fa Daniela koa nitoby tao amigny lapanigny pazaka.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 3

[1]Namboasy sarivonga volamena i Nebokadnezara pazaka ze enipolo hakiho gny halavany dra enina hakiho gny
sakany. Napetrany tao amigny Lemak'i Dora ao amigny faritanin'i Babylona zay. [2]Dra nandefa hafasy i
Nebokadnezara ba hapivory miaraky reo governora-paritany, reo governora-parisy, dra reo governora teo atoera,
mbamireo panolo-say, reo pitam-bola, reo pisara, reo pahay lalana, reo manam-boninahisy gny faritany agnabo
aby ba ho avy amigny fitokana vo Sarivonga ze fa nasangany.[3]Dra nindray nivory reo governora-paritany, reo
governora-parisy, vo reo governora teo atoera, niaraky tamireo panolo-say, reo pitam-bola, reo pisara, reo pahay
lalana, reo manam-boninahisy gny faritany agnabo aby ba ho avy amigny fitokana gny sarivonga ze fa nasangan'i
Nebokadnezara. Nizoro teo anoloan'izay ereo. [4]Dra nisy pikabaro nihiaky fatrasy ho: "Didy handrareo, ry
vahoaky, ry firenena, vo reo fizaka samihafa, [5]fa amigny fotoa haharezadrareo gny feonigny azomara, sodina,
sitara, lokanga, harpa vo farara, vo gny karazan-draha-magneno aby, dra sy maisy miondriky dra mekohoky eo
amigny sarivonga volamena ze fa nasangan'i Nebakadnezara pazaka handrareo.[6]Na iza na iza sy miondriky dra
manopo, amizay fotoa zay mihisy, dra haria ao agnaty laforo midedadeda." [7]Ko gny fa nahare gny feonigny
azomara, sodina, sitara, lokanga, harpa vo farara, vo gny karazan-draha-magneno aby gny vahoaky manotolo,
reo firenena, vo fizaka dra niondriky dra nekohoky teo amigny sarivonga volamena ze fa nasangan'i
Nebokadnezara pazaka.[8]Dra tamin'io fotoa io dra nisy Kaldeana avy dra ninday fiapanga hanohisy reo Jiosy. [9]Hoy
ereo tamin'i Nebokadnezara pazaka: "Ry pazaka! Ho velo mandrakizay anie hanao! [10]Hanao, ry pazaka, dra fa
nanao lalana fa gny olo aby ze mahare gny feonigny azomara, sodina, sitara, lokanga, harpa vo farara, vo gny
karazan-draha-magneno aby, dra sy maisy miondriky dra mekohoky eo amigny sarivonga volamena.[11]Na iza na
iza sy miondriky vo manopo dra sy maisy aria ao agnaty laforo midedadeda. [12]Dra misy reo Jiosy ze nisitihinao
amireo raharaha-paritanin'i Babylona; gny agnaran'ereo dra Sadraka, Mesaka, dra Abednego. Reo lelahy reo, ry
pazaka, dra sy niteno anao. Sy hivavaky na hanopo reo zagnaharinao ereo, na hiakohoky eo anoloanigny
sarivonga volamena ze fa nasanganao.[13]Dra Nebokadnezara, feno fahasiaha vo fahoria, dra nandidy gny hinday
an'i Sadraka, Mesaka, dra Abednego ho eo aminazy. Ko nandesin'ereo teo anoloanigny pazaka reo lelahy reo.
[14]Hoy Nebokadnezara tamin'ereo: "Fa nandefa fisaignandrareo ra handrareo ry Sadraka, Mesaka, dra Abednego,
fa sy hanopo reo zagnahariko dra hiakohoky eo anolonigny sarivonga volamena ze fa nasangako?[15]Dra raha
vonona handrareo__gny fa mahare gny feonigny azomara, sodina, sitara, lokanga, harpa vo farara, vo gny
karazan-draha-magneno aby__gny hiondriky dra hiakohoky eo amigny sarivonga ze fa namboariko, dra hilamy
gny raha aby. Fa raha sy manopo handrareo, dra haria avy hatragny ao agnaty lafory midedadeda. Iza gny
zagnahary afaky mamozy andrareo eo atagnako?"[16]Namaly gny pazaka i Sadraka, Mesaka, dra Abednego ho: "Ry
Nebokadnezara, sy mila mamaly anao amizay raharaha zay izahay aby. [17]Raha misy valiny, dra gny zagnaharinay
ze toponay gny afaky miaro anay amigny laforo midedadeda, dra hamozy anay sy ho eo atagnanao izy, ry pazaka.
[18]Fa na sy izay aza, dra aoky ho fatasao, ry pazaka, fa sy hanopo reo zagnaharinao izahay, dra sy hekohoky
amigny sarivonga volamena ze fa nasanganao."[19]Dra feno fahatezera i Nebokadnezara; niova tamin'i Sadraka, dra
Abednega gny neniny. Nididiny fa tokony hafana ipito ma tokoa gny hafanany nmahazasy gny laforo. [20]Dra
nandidy lelahy matazaky maro tao amigny tafiny izy ba hamatasy an'i Sadraka, Mesaka, dra Abednego dra
hagnary anereo ao agnaty lafory midedadeda.[21]Nifahe bo tamin-piakazo reo akazolavany, reo kapotiny, reo
sotrony,vo fitafia hafa izy reo, dra natorany tao agnaty laforo midedadeda. [22]Satria hetriny gny fagnaraha gny
baikon'ny pazaka dra nahama be gny laforo, dra namono reo lelahy zay napiakasy an'i Sadraka, Mesaka, dra
Abednego gny lelanafo. [23]Reo lelahy telo reo, zay Sadraka, Mesaka, dra Abednega, dra nilavo tao agnatin'ny laforo
midedadeda izy reo sady nifehy.[24]Dra gaga Nebokadnezara pazaka dra nisanga manalaky. Nagnotany reo
pagnomesay izy ho: ''Moa se sy natoraky nifehy tao agnaty afo izy telolahy?'' Dra namaly gny pazaka izy reo ho: ''
Evatany, ry pazaka.'' [25]Hoy izy: ''Nefa zaho mahita lelahy efasy sy mifehy mandehandeha ao agnty afo, dra sy
magnino izy reo. Gny fazelasiny gny fahaefasy dra manahaky gny zanak'ireo Zagnahary.'''[26]Dra nagnato gny
vatrangaranigny lafory midebadeda i Nebokadnezara dra nitoka fatrasy ho: "Ry Sadraka, Mesaka, dra Abednego,
panopon'Agnahary Avo Indrindra, miboaha! Mandehana atiky!" Dra niboaky boak'ao amigny afo i Sadraka,
Mesaka, dra Abednego. [27]Reo governora-paritany, reo governora-parisy, reo governora hafa, dra reo panolo-
sainigny pazaka ze niara-nivory dra nahita reo lelahy reo. Sy napagnino gny vatan'ereo gny afo; sy ma gny volon-
dohan'ereo; sy sola gny akazon'ereo; dra sy nisy fofon'afo taminazy.[28]Hoy Nebokadnezara: "Handeha isika hidera
gny Zagnaharin'i Sadraka, Mesaka, dra Abednego, ze nandefa gny babany dra nagnome anizao hafany izao ho
an'ireo panopony. Natoky anazy izy reo raha nanda gny baikoko, dra nahafo gny vatany ereo toy zay hanopo vo
hekohoky amize zagnahary afa-sy gny zagnaharin'ereo.[29]Ko manao lalana zaho fa ze vahoaky, firenena, na fizaka
ze mizaka raha hanohisy gny Zagnaharin'i Sadraka, Mesaka, vo Abednego dra sy maisy rava, dra gny


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

tragnon'ereo dra sy maisy atao ho fako mivangongo akory sy misy zagnahary hafa magnavosy manahaky
anizao." 30Dra napisondrosy an'i Sadraka, Mesaka, dra i Abednego tao amigny faritanin'i Babylona gny pazaka.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

# Chapter 4

[1]Nandefa izao didy izao ho an'ireo vahoaky, reo firenena, dra reo fizaka aby ze nony tetiky agnabonigny tany i
Nebokadnezara pazaka ho: "Hapitombo amindrareo anie gny fedagna. [2]Tao soa aminahy gny mizaka amindrareo
reo famata vo raha-mahagaga ze nataonigny Avo indrindra taminahy. [3]Lahibe loasy reo famatarany, dra mahery
loasy reo raha-mahagaga! Fazaka sy mana-pahataperany gny fazakany, dra maharisy hatramigny taranaky fara
mandimby gny fanapahany.[4]Izaho, Nebokadnezara, dra nony tami-kafalia tao atragnoko, dra nakafy fahombiaza
zaho tao amigny lapako. [5]Saiky napatahosy anahy gny nofiko raiky. Raha nandry igny zaho, dra napikorota zaho
reo kisarisary vo reo fahita ze tato asaiko. [6]Ko dra nagnome didy zaho gny hindesa teo aminahy reo lelahin'i
Babylona aby ze nana-pahendrena raha afaky gny handika gny nofy ho anahy ereo.[7]Dra avy reo ambiasa, reo ze
mizaka fa mizaka amigny maty, reo olon-kendry, dra reo panandro. Nagnambara gny nofiko tamin'ereo zaho, fa
sy afaky gny handika anizay aminahy ereo. [8]Nefa nilisy i Daniela nony farany_gny raiky ze tonoka ho Beltesazara
araky gny agnaran'Agnahariko, misy fagnahin'ireo zagnahary hoa ao agnatiny_dra nizaka taminazy gny nofiko
zaho. [9]"Ry Beltesazara, ambiasa, fataso fa ao aminao gny fagnahin'ireo zagnahary masy dra sy misy raha mivony
ze sarosy aminao avo koa. Zakao aminahy ze hitako tao agnaty nofiko dra hanao gny dikan'izay.[10]Tahoky aby reo
fahita ze hitako tao asaiko raha nandry tao apandriako zaho: nandiniky zaho, dra nisy hazo raiky teo
agnevonigny tany, dra lahibe vatany gny haabon'izay. [11]Nihanitombo gny hazo dra lasa hendry. Nagnaniky gny
lagnisy gny tendrony, dra afaky mahita anizay hatragny amireo vaza tany manotolo. [12]Soa tarehy gny raviny,
marobe aok'izay gny voany, dra nisy sakafo ho anigny teo agnabony aby. Nahita felofa tao ambaniny gny bibidia,
dra gny vorony habakabaky nony teo amireo rasany. Voafaha aby tamizay avokoa reo raha-manan'ay aby.[13]Nahita
tao asaiko zaho tamin'izaho nandry teo apandriako, dra nisy iraky masy raiky nizoso boak'egny amigny
habakabaky. [14]Nihiaky fatrasy izy dra nanao anizahoky ho: 'Tapaho gny hazo dra tapaho reo rasany, alao reo
raviny, dra aparitaho gny tegnany. Aoky reo biby hienga boak'eo ambanin'izay dra reo voro hitily lavis'ireo
rasany.[15]Angao gny fotosy gny fakany ho ao agnaty tany, faheo amigny fehim-by vo varahy, eo agnevonigny ahisy
gny saka. Aoky zay ho kosanigny andronigny habakabaky Aoky zay hivelo miaraky amireo biby eo amireo
vonikazo egny amigny tany. [16]Aoky gny fisaignany hiova fisaignan'olo, dra aoky gny fisaignam-biby gny hagnome
anazy hatramigny fahalasanigny foto tao.[17]Izay fanapaha-kevisy zay dra boak'amigny didy nitaterinigny raiky.
Izay fanapaha-kevisy zay gny nataon'ireo masy ba ahafahan'ireo velo mahafatasy fa manapaky manera reo
fazakanigny vahoaky gny Avo indrindra dra magnome anereo ho anigny olo ze tiany hapetraky eo amin'ereo, na
dre gny lelahy faran'izay manetry tena aza.' [18]Izaho, Nebokadnezara, gny nana anizay nofy zay. Amizao hanao, ry
Beltesazara, zakao anahy gny dikany, akory sy misy amireo lelahy hendrinigny fazakako afaky manao anizay,
akory ao aminao gny fagnahin'ireo zagnahary masy."[19]Dra Daniela, ze tonoka avo koa ho Beltesazara, dra tohina
fatrasy nandrisy gny fotoa visy, dra nanaisy anazy gny fisaignany. Dra hoy gny pazaka ho: "Ry Beltesazara, ka
anga hanaisy anao akory gny nofy na gny dikan'izay." Namaly Beltesazara ho: "Ry topoko, aoky gny nofy; ho
an'ireo fahavalonao anie gny dikan'izay.[20]Gny hazo ze hitanao__ze nitombo dra avy nahery, vo izay nipaky tany
andagnisy gny tedrony, dra azo atia tany amigny ereo faran'ny tany aby__[21]Ze soa tarehy tokoa ereo raviny, vogny
maro dra maro tokoa gny voany, dra hisiany sakofo ho an'ny amby ao amign'izay, vo ao ambaniny gny ahi-
tan'ereo bibiny saha fialohany, vo none- nan'ereo voron'ny hadakadakany tao amigny __[22]Izany hazo izany dra
hanao, dra pazaka, hanao izay nitombo ho tena mahery. Nihanitombo gny fahaleibeazana dra nagnapasy gny
legnisy va gny fanampahanao nipaka tany amin'ereo faran'ny tany.[23]Hanao, ry pazaka, gny nahita gny iraky masy
nizoso boak'agny andagnisy dra nizaka ho: "Tapaho gny hazo dra poteho zay, nefa angao gny fakan'izay ho ao
amigny tany, fataro amigny fehim-by vo varahy, eo agnevonigny ahisy maleminigny saka. Angao ho kosanigny
ando boak'agny andagnisy zay. Aoky zay hivelo hiaraky amireo bibidia egny amireo saka mandra-paha lasanigny
fito tao.'[24]Izay gny dikany, ry pazaka. Izay gny didinigny Avo indrindra ze nipaky taminao, ry topoko pazaka.
[25]Hala amigny olo hanao, dra hitoby miaraky amireo bibidia agny amireo saka. Hapihinana ahisy manahaky gny
andagnisy, dra fito tao gny handalo mandra-piakinao fa gny Avo indrindra gny manapaky eo amireo fazakan'olo
dra Izy gny magnome anereo ho amigny olo ze iriny.[26]Araky gny nandidia gny hamela gny fakanigny hazo, dra
amizay fomba zay gny hagneregna gny fazakanao ho aminao amigny fotoa hahalalanao fa mazaka gny lagnisy.
[27]Noho izay, ry pazakany, aoky gny torohevisy ho azo ekena aminao. Azanogny gny fahota dra manova ze mary.
Mivilia amireo helokao amigny fanehoa famindra-po amireo napahoria, dra izay ba ho afaky hihitasy gny
fahombiazanao."[28-29]Nitranga tamigny pazaka Nebokadnezara reo raha aby reo. Ro ambiny folo volohany tafara
atiky dra nandeha teo amigny tafonigny lapanigny pazaka tagny Babylona izy, [30]dra hoy izy ho: "Sy tihoky ra gny
Babylona lahibe, ze nasangako ho anigny toera-ponegna-pazakako, ho amigny voninahisy gny
fahalahibeazako?"[31]Raha bo teo am-bavanigny pazaka reo zaka, dra nisy feo boak'agny an-dagnisy ho: "Ry


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Nebokadnezera pazaka, nagnambara taminao fa nala taminao izao fazaka zao. [32]Ho roahy sy ho eo amigny vahoaky hanao, dra gny toeram-ponegnanao dra hiaraky amireo bibidia egny amireo saka. Hapihinana ahisy manahaky gny agnomby hanao. Fito tao gny handalo mandra-pahavinao hiaiky fa gny Avo indrindra gny manapaky eran'ireo fazakanigny olo dra Izy gny magnome anereo ho anigny olo iriny."[33]Izay didy nanohisy an'i Nebokadnezera zay dra nitaterahy sy nisy atak'andro. Niroahy sy ho eo amigny vahoaky izy. Nihina ahisy manahaky gny agnomby izy, dra kosany andonigny lagnisy gny vatany. Nihalava manahaky gny volonigny babany voromahery gny volony, dra avy manahaky gny anigny voro reo vazakohony.[34]Tamigny fiafaranigny andro, izaho, Nebokadnezara, nanandrasy gny masoko agny gny hamolaky. "Midera gny Avo indrindra zaho, dra magnome voninahisy anigny raiky ze mitoby mandrakizay zaho. Fa sy mana-pahatapera gny fanapahany, dra maharisy hatramigny taranaky fara-mandimby gny fazakany.[35]Sinosino taminazy gny poninigny tany aby; manao ze mety amigny sitrapony amigny tafiky gny lagnisy vo gny poninigny tany Izy. Sy misy afaky hapizano Anazy na hifanina aminazy. Sy misy afaky gny hizaka anazy ho: 'Nagnino gny nanao anizao hanao?"'[36]Tamin'io fotoa niharegnan'ny adalako taminahy io avo, dra nihery taminahy gny voninahiso vo gny fahalahibeko ho an'ny voninahisy gny fazakako. Nahita gny sitrako reo pagnomesay vo reo lelahiko mendri-kaza. Nandesiny nihery teo amigny seza fiandrianako ndraiky zaho, dra agnobon'izay dra name fahalahibe lahibe tokoa zaho. [37]Izaho, Nebokadnezara, dra midera, manandrasy, dra magnome voninahisy gny pazakan'ny lagnisy ankehitriny, fa marina reo asany, dra mahisy gny lalany. Afaky mapietry reo zay mandeha amigny fiavognavognany izy.

Chapter 5

[1]Nanao lolo lahibe ho an'ireo tandapa arivo lahy i Belsazara pazaka, dra nino divay teo anoloan'ireo arivo lahy
aby izy. [2]Raha nanadrasy gny divay i Belsazara, dra nagnome baiko ba handeha gny tavoara vita amigny
volamena na volafosy ze nalan'i Nebokadnezara rany tao atepoly tao Jerosalema, ze tamizay izy, reo tandapa, dra
reo valiny vo gny vadisindrony gny nino.[3]Nangala reo tavoara volamena ze fa naboaky avy tao atepoly,
tragnon'Agnahary, tao Jerosalema reo panopo. Dra tamireo gny ninomanigny pazaka, reo tandapany, dra reo
valiny vo reo valisindrony. [4]Nino divay ereo dra nidera reo sapin'ereo ze vita tamigny volamena vo volafosy,
varahy, vy hazo, dra vato.[5]Tamizay fotoa zay dra nisy rasa-tagnan'olo niseho teo anoloanigny fitoeran-ziro dra
nanorasy teo amigny rindry voalalosy tao an-dapanigny pazaka. Nahita gny apahanigny tana gny pazaka raha
nanorasy anizay. [6]Dra niova gny endriky gny pazaka dra napatahosy anazy gny eriseriny; sy nahazaka anazy gny
tombony, dra nialy gny lohaliny.[7]Nitoka fatrasy gny komandiny gny pazaka ba hapilisy reo ze nizaka fa mizaka
amigny maty, olo maragni-say, dra reo panandro. Nizaka tamireo fatasy tamigny fahendreny tao Babylona gny
pazaka ho: " Na iza na iza magnazava io sarosy io vo gny dikany dra hapekazoa voloparasy vo hana ravaky
volamena eo am-bozony. hana gny fahefanigny panapaky fahatelo agnabo indrindra ao amigny fazaka izy.[8]Dra
nilisy reo lelahiny pazaka ze fatasy noho gny fahendreny, kanefa sy nahavita namaky gny sorasy na nagnazava
gny dikany tamigny pazaka ereo. [9]Taisy fatrasy tamigny i Belsazara pazaka dra niova gny endriny gny tavany
Levo hevisy reo tandapany.[10]Dra nilisy tao amigny tragno fanasa gny pazaka vavy nohonigny raha nizakan'ny
pazaka vo reo tandapany. Dra hoy gny pazaka vavy ho: ''Ho ela velo anie gny pazaka! ka anga hagnakorota anao
gny eriserisao. Ka anga hiova andriky gny tavanao.[11]Misy lelahy zay mana gny fagnahin'ireo Zagnahary masy eto
amigny fazakanao. Tamigny andron'ny babanao, dra hita tao aminazy gny fahazava vo gny fahazava-say dra
fahendre manahaky gny fahendren'ireo Zagnahary. Nebokadnezara pazaka, pazaka babanao, nanao anazy ho
lahiben'ireo ambiasa, ambiasa, dra lahiben'ireo mizaka amigny maty, vo an'ireo olo maragni-say, dra an'ireo
panandro. [12]Fagnahy soa dra tena soa, fahalala, fahazava-say, fandika nofy, fagnazava zaka sorasy dra fagnaha
olana_reo hasoa reo dra hita tao ami'zay lelahy Daniela zay, zay nitokavin'ny pazaka ho Beltesazara. Dra
akehitriny mapitokava an'i Daniela dra hozakany aminao gny dikan'izay voasorasy.''[13]Dra nandesiny teo
agnatrehan'ny pazaka i Daniela. Hoy gny pazaka taminazy ho: ''Hanao zay Daniela zay, raiky ami'reo vahoaky
sesi-tanin'i Joda, zay nandesiny babako niala tao Joda. [14]Fa reko gny momba anao, fa ao aminao gny fagnahin'ireo
Zagnahary, dra gny hazava vo fahazava-say dra fahendre soa dra tena soa hita ao aminao.[15]Fa napidiry teo
alohako ba hamaky io sorasy io vo hapahafatasy anahy gny dikany reo lelahy fatasy amigny fahendre vo reo zay
mizaka amigny maty, kanefa sy nahavita napahafatasy gny dikan'izay izy reo. [16]Fa nahare zaho fa afaky
magnome fandikana vo mamaha olo hanao. Dra gny hainao gny mamaky sorasy dra mizaka aminahy gny dikany,
dra hapitafia voloparasy hanao dra hasia rozo volamena eo am-bozonao, dra hahazo gny fahefa panapaky
fahatelo avo indrindra eto amigny fazakana hanao.''[17]Dra manaly teo alohan'ny pazaka i Daniela ho: ''Aoka ho
anao avo gny fagnomezanao, dra omeo olo-hafa gny valisoanao. Na dre zay aza, dra hovakiko aminao gny sorasy,
ry pazaka, dra hozakako aminao gny heviny. [18]Gny aminao, ry pazaka, gny Zagnahary avo indrindra nagnome
an'i Nebokadnezara babanao gny fazakana, gny fahalahibe, haza, vo voninahisy. [19]Nohon'ny fahalahibeaza
namen'i Zagnahary anazy, dra nangovisy vo natahosy anazy gny vahoaky aby, gny firenena, dra gny fizaka
sambihafa. Namono zay tiany hovono izy, dra nagnenga ho velo zay tiany ho velo. Nasamdrany zay tiany, dra
naetriny zay niriny haetry.[20]Fa gny niavognavo gny fony dra nihafatrasy gny fagnahiny ba hanovany raha
sahisahy, dra nalany lateo amigny seza fiandriana maha pazaka anazy izy, dra nalany ereo gny vaninahiny.
[21]Niroahiny tamigny olombelo izy, nana sai-biby izy, dra niara-niay tami'ireo borikidia izy. Nihinan'aisy
manahaky gny agnomby izy. Leny gny andon'ny lagnisy gny vatany mandra-pahafatarany fa gny Zagnahary avo
indrindra gny manapaky eo amigny fazakan'ny vahoaky dra manendry zay tiany hapetraky eo ami'zay izy.
[22]Hanao zanadahiny, ry Belsazara, dra sy nagnety gny fonao, na dre nahafatasy anizay aby zay aza hanao. [23]Fa
nanandra-tegna hanohisy gny Toponigny lagnisy hanao. Boak'ao atragnony gny nindesanao reo tavoara ze
ninomanao, reo tandapanao, reo valy vo reo valisindronao, dra nanopo reo sapy vita tamigny volafosy vo
volamena, varahy, vy hazo, dra vato__sapy ze sy mahita, mahare, na mahalala na ino na ino hanao. Sy nagnome
voninahisy an'Agnahary ze mita gny fofon'ainao eo apelatagnany vo mahalala gny lalanao aby hanao. [24]Dra
Zagnahary nandefa tana aby amigny fagnatrehahy dra vita zao sorasy zao.[25]Gny zaka voasorasy dra izao: 'Mena,
Mena, Tekela, dra Oparesina.' [26]Izao gny heviny: 'Mene,' 'Voaisan'Agnahary gny nazakanao dra ninday anizay ho
amigny fiafara izy.' [27]'Tekela,' 'Laza eo amigny mizana hanao dra hita fa lasa-daza.' [28]'Peresa,' 'Zaraina vo omeo ho
an'ireo Mediana vo reo Persiana gny fazakanao.''[29]Dra nagnome baiko i Belsazara, dra napekazo voloparasy an'i
Daniela ereo. Natao teo am-bozony gny ravaky volamena, dra nanao fagnambara momba anazy gny hahazoany

gny fahefa panapaky fahatelo abo indrindra teo amigny fazaka gny pazaka. [30]Tamigny hariva igny, dra maty i
Belsazara, pazakanigny Babyloniana, [31]dra i Dariosy gny Mediana gny nitakasy gny fazaka raha teo ho eo amigny
ro amby enipolo tao izy.

Chapter 6

[1]Nahafaly an'i Dariosa gny nanendry governora 120 isa-paritany nanera gny fazaka ze hanapaky manera gny
fazaka aby. [2]Nisy komandy lahibe telo teo amin'ereo, dra raiky tamireo i Daniela. Reo komandy lahibe reo dra
voatendry ba hagnara-maso reo governora isa-parisy, ba sy ho maty atoky gny pazaka. [3]Niavaky agnanireo
komandy lahibe hafa vo reo governora isa-parisy i Daniela akory nana fagnahy miavaky izy. Nanao drafisy gny
hametraky anazy manera gny fazaka aby gny pazaka.[4]Boak'eo reo pitan-draharaha lahibe hafa vo reo governora
isa-paritany nitalia hadisoa tamigny asa nataon'i Davida ho anigny fazaka, saiky sy nahita kolikoly na sy
fahombiaza tamigny asany ereo akory nahatoky izy. Sy nisy fahadisoa na siramby hita taminazy. [5]Dra hoy reo
lelahy reo ho: "Sy mahita atony tokony hitaray an'i Daniela tihoky izahay raha sy ho mahita raha manohisy anazy
araky gny lalanigny Zagnahariny izahay."[6]Dra ninday tetiky teo anoloanigny pazaka reo pitan-draharaha vo
governora. Hoy ereo taminazy ho: "Ry Dariosa pazaka, ho velo mandrakizay anie hanai! [7]Reo pitan-draharaha
lahibe aby tao amigny fazaka, reo governora isa-parisy, vo reo governora isa-paritany, reo panolosay, dra reo
governora dra niara-nifapidiniky dra nanapa-kevisy fa hanao, pazaka, dra tokony hamoaky didy dra hagnamafy
anizay, dra na iza na iza manao fanangona-say amigny zagnahary aby na olombelo mandrisy gny telopolo andro,
akoasy anao, ry pazaka, dra sy maisy haria ao an-davaky gny liona zay olo zay.[8]Amizo, ry pazaka, mamoaha didy
dra soniavo gny taratasy ba sy hanova anizay, araky gny voatondronigny lalany Mediana vo i Persiana, dra sy
afaky avo zay." [9]Ko dra nisoniavin'i Dariosa pazaka gny taratasy namadiha gny didy ho lalana.[10]Gny fa fatas'i
Daniela fa voasonia ho lalana gny taratasy, dra nandeha tagny an-tragnony izy (dra nisokaky reo vatrangarakely
tagny amigny efisy agnabo nifanandrify tamin'i Jerosalema), dra nandohaliky izy, manahaky gny fanaony in-telo
agnatinigny andro raiky, dra nivavaky vo nisaotra nanoloa gny Zagnahariny izy, manahaky gny fa nataony tagny
aloha. [11]Baok'eo reo lelahy ze nindray nanao teti-drasy reo nahita an'i Daniela nanao fangataha vo nitalia
fagnapiny avy amin'Agnahary.[12]Boak'eo ereo nagnato gny pazaka dra nizaka taminazy mombanigny didiny ho:
"Moa sy nanao didy ra hanao fa ze manao sonia amigny Zagnahary aby na gny olombelo mandrisy gny telopolo
andro magnaraky, akoasy anao, ry pazaka, dra sy maisy aria ao an-davaky gny liona?" Namaly gny pazaka ho:
"Voapetraky gny raharaha, araky gny voatondronigny lalany Mediana vo i Persiana; sy afaky avo zay."[13]Dra
namaly gny pazaka ereo ho: "Zay Daniela zay, ze raiky amireo olo avy an-sesi-tanytagny Joda, dra sy miraharaha
anao, ry pazaka, na gny didy ze nisoniavinao. Mivavaky amigny Zagnahariny itelo izy ao agnatinigny andro
raiky." [14]Gny fa nahare anizay gny pazaka, dra nalahelo fatrasy izy, dra nalahelo fatrasy izy, dra nandefa amigny
fanapahany. Niasa mandra-polianigny masoandro izy ba hiezaky hagnavosy an'i Daniela.[15]Boak'eo reo lelahy ze
nanao teti-drasy reo nivory niaraky tamigny pazaka dra nanao taminazy ho: "Fataro, ry pazaka, fa lalanigny
Mizosoa vo Persiana zay, dra sy afaky ombia gny lalana na didy ze nataonigny pazaka."[16]Dra nagnome baiko gny
pazaka, dra nandesin'ereo nilisy Daniela, dra narian'ereo tao an-davaky gny liona izy. Hoy gny pazaka tamin'i
Daniela ho: "Hagnavosy anao anie, gny Zagnaharinao, ze toponao mandrakariva."[17]Nisy vato nandesy teo amigny
fidira magnagny amigny lavaky, dra nagnisy tombo-kase anizay tamigny perany gny pazaka vo tamireo perasy
fanomboha-kasen'ireo mana-kazany ba sy hisy hiova gny mahakasiky an'i Daniela izy. [18]Boak'eo nandeha tagny
amigny lapany gny pazaka dra nandia gny hariva nifaly hany. Sy nisy fiala-boly nandesy teo anoloany, dra sy lasa
gny torimasony.[19]Boak'eo vo mangira-drasy dra nisanga gny pazaka dra nandeha malaky tagny an-davaky gny
liona. [20]Raha nagnariny gny lavaky izy, dra nitoka an'i Daniela tamigny feo malahelo, nanao tamin'i Daniela ho:
"Ry Daniela, panoponigny Zagnahary velo, moa sy afaky nagnavota anao tamireo liona gny Zagnaharinao, ze
toponao mandrakariva?"[21]Dra hoy Daniela tamigny pazaka ho: [22]"Ry pazaka, ho velo mandrakizay le hanao! fa
nandefa gny pinday hafany Zagnahary dra nagnily gny vavany liona, dra sy nandrasy anahy ereo. Fa sy misy
signy teo agnatrehany zaho vo teo alohanao avo koa, ry pazaka, dra sy nanao rasy anao zaho."[23]Avy eo dra faly
tanteraky gny pazaka. Nagnome baiko gny pazaklan'izy reo an'i Daniela avy eo an-davaky izy. Noho zay dra
napiakariny avy ao an-davaky Daniela. Sy nisy narasy taminazy, satria natoky gny Zagnahary izy.[24]Nagnome
baiko gny pazaka, dra nandesiny reo lelahy zay niampanga an'i Daniela reo dra natoran'ereo tao an-davaky gny
liona___izy reo vo gny zanak'izy reo, dra gny valin'izy reo. Mialoahan'ny nahavian'izy reo tamigny tany, dra
nandresy anazy reo gny liona dra nanorotoro gny tolany maro ereo. [25]Avy eo Dariosa pazaka nanorasy tamigny
olon'aby, reo firenena, dra reo fizaka zay misy eto an-tany aby ho: "Hapitombo aminao le gny fiadagna.[26]Zao zaho
dra manao didy fa amigny fanapaha amogny fazakako dra mangovisy vo matahosy eo agnatrehan'i Zagnaharin'i
Daniela gny olo, satria izy gny Zagnahary velo vo miay mandrakizay, dra gny fazakany tokony sy ho rava; gny
fanapahany dra tokony sy hatramigny farany. [27]Miaro asika vo magnavosy asiak izy, dra manao famatara vo
fahagaga agny an-dagnisy vo eto atany izy; niaro an'i Daniela ho avosy tamigny herin'ireo liona izy.'"[28]Noho zay
dra nambiny nandrisy gny fitondran'i Dariosa vo nandrisy gny fitondran'i Kyrosy gny Persiana i Daniela.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 7

1Tamigny voloha-taonan'i Belsazara pazakan'i Babylona, dra nagnonofy vo nahazo fahita asay i Daniela raha
nandry teo amigny fandriany izy. Boak'eo dra naorasy ze hitany tao amigny nofiny izy. Nanorasy reo tranga
manan-daza faratapony izy: 2Nagnazava i Daniela ho: "Tao agnatinigny fahitako tamigny hariva dra nahita reo
sioky efasy gny lagnisy zaho dra napihesiky gny ranomasim-be. 3Biby lahibe efasy, samihafa karazan'aby, gny
niakasy boak'ao amigny ranomasy.4Gny volohany dra manahaky gny liona fa mana elasy voromahery. Raha
nagnety zaho, rota reo elany dra miala amigny tany zay dar misanga amigny tomboky ro, manahaky gny olo.
Name anizay gny fisaignanigny olo. 5Boak'eo dra nisy biby faharo; manahaky gny bera, dra niondriky zay; nanao
tolan-teheza telo eo agnelagnelanigny nifily vo gny vavany zay. Nizakany zay ho: 'Mifohaza dra mandrapaha olo
maro.6Tafaran'izay dra nagnety zaho. Nisybiby raiky hafa, raiky ze miendriky manahaky gny leoparda. Teo an-
damosin'izay dra nisy elasy efasy manahaky gny elasy gny voro, dra nanao loha efasy zay. Name fahefa hanapaky
anizay. 7Tafaran'izay dra nahita biby fahaefasy tao agnatinigny nofiko tamigny hariva zaho, napihorohoro,
napatahosy, dra tena natazaky. Nana nify vy lahibe izy; nandrapaky anizay, namotiky, dra nagnisakisaky ze
tavela amigny tombony. Izay dra sy nitovy amireo biby hafa, dra nana zagnony folo izy.8Raha nandiniky reo
zagno zaho, dra nagnety dra nahita tandroky hafa miry eo amizay, zagno masaiky raiky. Gny telo amireo zagno
volohany dra niboaky tamigny fakany. Nahita maso manahaky gny mason'olo tao agnatin'io tandroky io zaho dra
vava ze nirehareha momba reo raha aby.9Raha nagnety zaho, dra nipetraky tamigny toera reo seza fiandriagna,
dra reo Andro Fahagola gny nangalaky gny pisenazy. Fosy manahaky gny ora-panala gny akazony, dra gny volon-
dohany dra manahaky gny volon'agnondry sy mifangaro. Lelan'afo gny seza fiandrianany, dra kodiany dra afo
mirehisy.10Nikoria niboaky boak'eo anoloany gny loharanon'afo; atapitrisany gny nanopo anazy, dra zato tapitrisa
gny nisanga eo agnatrehany. Nivory gny fisara, dra nisokaky reo boky.11Bo nagnety hatragny zaho nohonigny
fireharehan'ireo zaka nizakan'ireo zagno. Nagnety zaho raha igny bo nivono igny gny biby, dra nisolany gny
vatany, dra nanolosy ba ho oroa zay. 12Dra gny sisa tamireo biby efasy, dra nala gny fahefan'ereo hanapaky,
kanefa nalava gny fehi-potoa hiegnan'ereo.13Tao agnatinigny fahitako amy hariva io, dra nahita olo raiky avy
niaraky tamireo rahonigny lagnisy manahaky gny zanak'olo zaho; avy teo amireo Andro Fahagola izy dra naseho
teo agnatrehany. 14Name anazy gny fahefa hanapaky vo voninahisy dra hery fiandriagna ba hanopo anereo olo
aby, reo firenena, dra reo fizaka isa-karazany. Gny fahefany hanapaky dra fahefa mandrakizay ze sy ho levo, dra
gny fazakany dra gny sy ho levo, dra gny fazakany dra gny sy ho rava mandrakizay.15Raha gny aminahy, Daniela,
dra malahelo ato agnato gny fagnahiko, dra reo fahita ze hitako tao asaiko dra mapatahosy anahy. 16Nagnato gny
raiky tamireo nisanga tagny zaho dra nangataky taminazy ba hapisehoany anahy gny dikan'ireo raha reo.17Reo
biby lahibe reo, efasy raha isahy dra pazaka efasy ze hisandrasy boak'amigny tany. 18Fa reo olomasinigny Avo
indrindra dra hitakasy fazaka, dra hana zay ho fanagnamandrakizay doria ereo.'19Dra te hahafatasy bebe kokoa
momba gny biby fahaefasy zaho__tena hafa vatany amireo hafa zay dra mapioribolo vatany amigny nifiny vy vo
reo vazakoho varahy; mandrapaky zay, mamotipotiky, dra magnisakisaky amigny tombony ze tavela. 20Te-
hahafatasy momba reo zagno folo eo an-dohany zaho, dra nisy zagno telo potraky teo alohany. Te-hahafatasy
momba gny zagno ze mana-maso dra momba gny vava ze mirehareha momba reo raha lahibe zaho dra ho lahibe
mihoasy noho reo namany zay.21Raha nagnety zaho, io zagno io dra mikarama agnaly manohisy reo olomasy dra
naharesy anereo 22mandra-pihavian'ireo Andro Fahagola, dra gny fahamarigna dra name reo olomasinigny avo
indrindra. Boak'eo dra avy gny fotoa gny fa nitakasy gny fazaka reo olomasy.23Zao gny nizakanigny olo: 'Raha gny
amigny biby fahaefasy, ho fazaka fahaefasy amigny tany ze ho hafa amireo fazaka hafa aby ze. Handrapaky gny
tany raiky manotolo zay, hagnisaky vo handrava anazy ho potipotiky. 24Raha gny amireo zagno folo, pazaka folo
gny hisandrasy avy aminio fazaka io, dra raiky hafa gny hisandrasy afaran'ereo. Ho hafa amireo teo aloha zay,
dra handresy reo pazaka telo izy.25Hizaka zaka manohisy anigny Avo indrindra izy dra hapasiaky reo
olomasin'Agnahary Avo indrindra. Hiezaky hanova reo fakalaza vo reo lala izy. Reo raha reo dra hame eo
atanany mandrisy heri-tao, ro tao, dra tapa-tao. 26Fa hivory gny fisara, dra hangalaky gny herinigny fiandriana ba
ho sola vo ho rava agny amigny farany ereo.27Gny fazaka vo gny fanapaha, dra gny halahibenigny fazaka eo
ambaninigny lagnisy manotolo, dra hame reo olo ze an'ireo olomasinigny Avo indrindra. Gny fazaka dra fazaka
maharisy mandrakizay, dra reo fazaka hafa aby dra hanopo vo hakato anazy.' 28Tihoky gny farany nitranga. Raha
gny aminahy, Daniela, nanaisy anahy tateraky reo eriseriso dra niova endriky gny tavako. Fa nitanako ho anahy
raiky reo raha reo."

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 8

[1]Tamigny tao fahatelo nazakan'i Belsazara pazaka, izaho, Daniela, dra nisy fahita niseho taminahy (tao
afaranigny raiky ze niseho taminahy tamigny vilohany). [2]Hitako tamigny fahita, raha nagnety zaho, dra tao
agnatinigny faritanin'i Elama zaho. Hitako tao amigny fahita fa nagnatriky gny Lakandranony gny Olay zaho.
[3]Nagnety agnabo zaho dra nahita agnondrilahy niaraky tamigny tandroky ro teo anoloako zaho, nisanga teo
agnilanigny lakan-drano. Gny tandroky raiky dra lava noho gny ilany, fa gny lavalava raiky mitombo simoramora
noho gny boribory dra nihoasy gny halavan'izay. [4]Nahita gny agnondry lahy nirafisy nagnandrefa, boak'eo
nagnavarasy, dra boak'eo nagnasimo zaho; sy nisy biby hafa afaky nisanga nanoloa anazy. Sy nisy tamin'ereo
afaky namozy ze hiala tao atagnany. Nanao ze tiany aby izy, dra lasa lahibe vatany.[5]Raha niaisay momba anizay
zaho, dra nahita osy lahy avy boak'agny andrefa, ze nandeha nanera gny velara-tany manotolo, nihazakazaky
fatrasy, tao sy mitehi-tany. Nana-tandroky lava teo agnelagnelanigny masony gny osy igny. [6]Nagneo amigny
agnondrilahy ze nana tandroky ro izy__nahita gny agnondrilahy nisanga teo amigny sisinigny lakan-drano
zaho__dra gny osy nihazakazaky ho egny amigny agnondrilahy tamipahasiaha mahery vaiky.[7]Nahita gny osy
nagnariny gny agnondry zaho. Ory fatrasy tamigny agnondry izy, dra namely gny agnondrilahy dra namotiky reo
zagnony ro. Sy apy hery gny agnondrilahy ba hizoro magnatriky anazy. Gny osy nagnonga anazy tamigny tany
dra nagnisakisaky anazy. Sy nisy afaky namozy gny agnondrilahy tamigny heriny. [8]Niha-lahibe gny osy boak'eo.
Fa gny fa niha-nahery izy, dra vaky gny zagno lava, dra tamigny toeran'igny dra nisy tandroky lava efasy hafa
nitombo ze nanondro manadrify gny sioky efasy gny lagnisy.[9]Nisy tandroky hafa nisiry, kely tamigny volohany, fa
lasa lahibe vatany tagny asimo, tagny asignana, dra tagny amigny taninigny hasoa. [10]Avy lahibe vatany izay
manahaky gny hirosaky an'agnaly miaraky amigny tafiky gny lagnisy. Gny ilany tamizay tafiky zay vo gny ilany
tamireo kita dra nazera tamigny tany, dra nagnisakisaky anereo izay.[11]Nanao gny vatany ho lahibe manahaky gny
pifehy gny tafiky izy, dra nangalaky taminazy gny soro oroa sy tapaky izay, dra gny fitoera masy dra voaloto.
[12]Noho gny fikomia, dra hame gny zagnony gny osy gny tafiky, dra hasahasy gny fagnatisy oroa. Harianigny
zagnony amigny tany ambany gny fahamarigna, dra hahomby amize ataony zay.[13]Dra nahare masy nizaka zaho
dra raiky masy hafa namaly anazy: "Hafitia gny haharetan'ireo raha reo, io fahita momba gny fagnatisy oroa io,
gny fahota ze minday fahavarasy, gny fazakazaka eo amigny fitoera masy, dra gny tafiky gny lagnisy ze
voahisakisaky?" [14]Hoy izy taminahy: "Haharisy 2. 300 hariva vo maraindray zay. Afaran'izay dra hapetraky soa
gny fitoera masy."[15]Gny nahita gny fahita, izaho Daniela, dra niezaky nahatakasy zay zaho. Drta nisy tao niraiky
miendriky ho olo nisanga nanoloa anahy. [16]Naneho feon-ndelahy nitoka teo agnelagnelan'ny sisin'ny lakan-drano
Olay zaho. Hoy izy: ''Ry Gabriela, apio io lelahy io hahatakasy gny fahita.'' [17]Dra nagnariny teo ami'zay
nisanganako izy. Gny avy izy, natahosy zaho dra nagnondriky gny tegnako tamigny tany. Hoy izy taminahy:
''Mahatakasy, ry zanak'olo, fa gny fahita dra ho amigny fotoa farany.'''[18]Gny nizaka taminahy izy, dra lavo tao
agnaty torimaso laliky zaho mindray amigny tavako amigny tany. Dra nikasiky anahy izy dra napisanga anahy.
[19]Hoy izy: ''Ingo, hasehoko anao zay hitranga atiky afara amigny fotoan'ny fahatezera satria gny fahita dra
mikasiky gny fotoa voatondro ho amigny farany.[20]Fa gny rameva zay hitanao, dra nana tandroky ro__reo gny
pazakan'i Media vo Persia. [21]Gny agnondry lahy dra gny pazakan'i Grisia. Gny tandroky lava teo agnelagnelan'ireo
masony gny pazaka volohany.[22]Gny amigny tandroky zay tapaky, teo amigny yoera zay nipoiran'ireo afasy
hafa___hisy fazakana efasy hipoisy amigny firenena, fa sy amigny heriny lahibe. [23]Amigny fotoa farany an'ireo
fazakana reo, gny hahatrasy gny fetrany reo pamaliky, dra hisy pazaka masia-tarehy, zay tena manasay, hisanga.
[24]Ho lahibe tokoa gny heriny__-fa sy tamigny heriny manoka. Ho gaga ami'zay ho ravany izy; hiasa izy dra
hahomby. Handrava vahoaky mahery izy, vahoaky eo ami'reo zay masy. [25]Amigny alalan'ny hafesifesy gny
hanovany fitaky mahomby ambanin'ny tagnany. Ho avy lahibe amigny eriserisy avo koa izy. Handrava olo maro
sy apoizy izy. Hisanga izy na dre hanohisy gny pazakan'ireo pazaka aza, dra ho torotoro izy, fa sy ba amigny
alalan'ny tagnan'olombelo.[26]Gny fahita momba reo hariva vo reo maraindray zay fa voazaka marina. Fa asio
tombokase gny fahita, fa manondro andro maro amigny hoavy zay.'''[27]Dra izaho, Daniela, dra rakaky dra nandry
namely nandrisy gny andro maromaro. Dra nifoha zaho, dra nandeha tamigny rahalahin'ny pazaka. Fa rikoriko
tamigny fahitana zaho. dra sy nisy dre raiky nahatakasy zay.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 9

1 Dariosy dra zanadahin'i Ahasoerosy, taranaky gny Mediana. Ahasoerosy gny fa natao pazaka teo amigny
faris'ireo Babyloniana. 2 Dra tamigny tao volohany nazakan'i Dariosy, izaho Daniela, nianasy reo boky mirakisy
gny zakan'i Yaveh, zaka ze fa avy tamin'i Jeremia paminany. Nandiniky zaho fa tokony nisy fitopolo tao
hatramigny nandozany an'i Jerosalema. 3 Natoliko tamigny Topo Zagnahariko gny tavako, ba hitalia Anazy amigny
fivavaha vo fangataha, amigny fifilia-kany, fekazoa lamba fandala, dra fipetraha amigny lavenoky. 4 Nivavaky
tamin'i Yaveh Zagnahariko zaho, dra nanao fiakheloky tamireo fahotasika. Hoy zaho ho: "Topo o__Hanao lahibe
sady Zagnahary mahatalazo__Hanao gny tokony mitandry gny fagneke dra matoky amigny fitiava reo ze tia anao
vo mitandry reo didinao. 5 Fa nanota izahay dra fa nanao gny sy mety. Fa nanao fitondra-tegna rasy vo nikomy
izahay, niala tamigny didinao vo reo fisipikao. 6 Sy niteno reo paminany panoponao ze nizaka tamigny agnaranao
tamigny pazakanay izahay, reo pitariky anay, reo razambenay, dra reo vahoakigny tany aby. 7 Hanao, ry topo, gny
fahamarigna. Kanefa, ho anay amizao, gny hegnasy eo amigny tavany__ho anigny vahoakigny Joda vo reo ze
mony agny Jerosalema, dra ho anigny Israely aby. Agnisan'izay reo ze mariny vo reo ze lavisy indrindra agny
amigny tany aby ze nandefasanao anereo. Izay dra noho gny fitaky lahibe ze nataonay hanohisy Anao. 8 Ho anay,
ry Yaveh, eo amigny tavanay gny hegnasy__ho an'ireo pazakanay, ho an'ireo lahebenay, dra ho an'ireo
razambenay__akory fa nanota taminao izahay. 9 Anigny Topo Zagnaharinay gny fangora-po vo gny famela-keloky,
fa nikomy hanohisy anazy izahay. 10 Izahay dra sy nakato gny feon'i Yaveh Zagnahary tamigny fandehana araky
gny lalany ze nameny anay tamigny alalan'ireo nameny anay tamigny alalan'ireo paminany panopony. 11 Gny
Israely aby dra fa nandika gny lalanao dra niala, nandra sy hakato gny feonao. Gny ozo vo gny fiegna ze
voasorasy ao amigny lalan'i Mosesy, gny panopon'Agnahary, fa naily taminay, akory fa nanota taminazy izahay.
12 Yaveh fa nagnamafy gny zaka ze nizakany manohisy asika vo manohisy gny fisipiky teo amisika, tamigny
fitondra loza teo amisika. Fa gny nisy raha vita azo apitaha amigny natao tamigny Jerosalema teo amigny
ambany lagnisy manotolo. 13 Araky gny voarorasy ao amigny lalan'i Mosesy, gny hiavianizzay loza aby zay
amisika, fa bo sy nitalaho gny famindra-po avy tamin'i Yaveh zagnaharinay tamigny fiala tamireo heloky vo
hahitanay gny fahamarignanao izahy. 14 Dra noho izay dra nitehirizin'i Yaveh ho vonona gny loza dra fa nizaka teo
aminay izay, akory Yaveh zagnarinay dra mary amigny asa aby ze ataony, kanefa bo sy nakato gny feony avo
izahay. 15 Ko, ry topo Zagnaharinay, nandesinao niboaky boak'agny amigny tany Egypta gny vahoakao tamigny
tagna mahery, dra fa nanao agnara fata-daza ho anigny vatanao hanao, manahaky anizao andro zao. Fa bo
nanota avo izahay; fa nanao reo raha rasy. 16 Ry topo, noho reo asa marinao, dra aoky gny hatezeranao vo gny
fahasiahanao hiala amin'i Jerosalema tananao, gny tendrombohisy, vo noho gny helok'ireo razam-benay, dra lasa
ato-pahafam-baraka ho anize magnodidy anay i Jerosalema vo reo vahoakao. 17 Amizao, ry Zagnaharinay, mitenoa
gny vavaky gny panoponao vo gny fitalahoany famindra-po; fa noho gny aminao, topo o, dra apamirapirato eo
amigny fioeranao masy ze rava gny tavanao. 18 Zagnahariko o, sokafo gny sofinao dra mitenoa; sokafo gny
masonao dra magnatia. Fa sola rava izahay; atio gny tana ze natao avy amigny agnaranao. Sy mitalaho ho anigny
fahamarignanay, fa noho gny famindra-ponao lahibe. 19 Topo o, mitenoa! Topo o, Mamela heloky! topo o, mitenoa
dra miheseha! Noho gny Aminao manoka, ka ela, ry Zagnahariko, fa gny tagnanao vo gny vahoakao, fa gny
tananao vo gny vahoakinao amigny agnaranao." 20 Raha bo nizaka zaho__nivavaky vo niaiky gny fahotako vo gny
fahotan'Israely vahoako, dra naneho gny fangatahako teo agnatrehan'i Yaveh zagnahariko ho anigny
tendrombohisy masin'Agnahary__ 21 raha bo nivavaky, gny lelahy Gabriela, ze hitako tao amigny fahita volohany,
nitily teo aminahy tamigny fafitiligna malaky fandeha, tamigny fotoanigny fagnatisy hariva. 22 Nagnome fahazava-
say anahy izy dra nanao anizahoky ho: "Ry Daniela, avy hagnome halali-say vo fahazava-say ho anao zaho izao.
23 Gny fa nanomboky nitalaho famindra-po hanao, dra name gny baiko dra avy zaho hizaka aminao gny valiny, fa
hanao dra tia vatany. Noho izay dra sarovy izao zaka zao dra takaro gny fagnambara. 24 Fito amby fitopolo amigny
tao gny voadiny ho anigny vahoakao vo gny tananao masy ba hapisahara gny heloky vo hapisahara gny fahota,
hanohera gny faharasia, dra hinday gny fahamarigna mandrakizay, ba hagnatateraha gny fahita vo gny
faminania, dra hagnamasy gny fitoera masy indrindra. 25 Fataro dra takaro fa avy amigny fiboahanigny baiko gny
hagneregna amigny loniny vo hanohera ndraiky an'i Jerosalema ho anigny fahavianigny voahososy (ze ho
pitariky), hisy fito ipito vo ro amby enipolo ipito. Ohary amigny lala vo haly ndraiky i Jerosalema, na dre eo aza
reo fotoa-pahoria. 26 Afaky ro amby eni-polo ipito amigny tao, gny voahososy dra ho rava dra sy hana na ino na
ino. Gny tafiky gny panapaky ze ho avy dra nandringa gny tana vo gny fitoera masy.Gny fiafaran'izay dra ho avy
miaraky amigny tondra-drano, dra hisy aly, eny fa na dre agny amigny farany aza. Fa voafily gny fandrava.
27 Hagnamafy gny fagneke amigny maro agnatinigny fito raiky izy. Amigny fisasahanigny fito dra hapisahasy gny

soro vo fagnatisy Izy. Amigny elasy gny fahavetaveta gny ho avy gny olo ze hano fandrava. Gny fiafara tateraky vo gny fagnapoteha dra nambara fa haily amize pandrava."

Chapter 10

[1]Tamigny tao fahatelo nazakan'i Kyrosy pazakan'i Persia, dra nisy hafasy nambara tamin'i Daniela, ze natao avo koa ho Beltesara. Mary zay hafasy zay. Izay dra mombanigny aly lahibe. Nahatakasy gny hafasy i Daniela gny fa nahazo faharagnita-say avy amigny fahita izy.[2]Tamizay andro zay, izaho Daniela, dra nandala nandrisy gny telo herignandro. [3]Sy nihina hanina hany zaho, sy nihina hena mihisy, sy nino divay mihisy, dra sy ba nagnososy dililo tamigny tavako mandra-pahavitanigny telo herignandro manotolo.[4]Tamigny andro fahaefasy amby ropolony tamigny volohanigny vola, raha teo agnilanigny ony lehibe zaho (izay ho, Hedekela), [5]niandrandra zaho dra nahita lelahy nekazo lamba zamala, miaraky amigny fehikibo vita amigny volamena sy mifangaro boak'agny Ofaza magnodidy gny valahany. [6]Gny vatany dra manahaky gny topaza, dra reo tarehiny manahaky gny hazava. Reo masony manahaky gny fanilo mirehisy, dra reo sandriny vo gny tombony manahaky gny varahy manganohano. Gny feony manahaky gny feon'olo maro be.[7]Izaho, Daniela, raiky gny nahita fahita, fa gny olo ze teo aminahy dra sy nahita gny fahita. Na izay aza, avy teo amin'ereo gny harohoro lahibe, dra nienga nagnavony gny vatany ereo. [8]Ko izaho raiky gny sisa teo dra nahita gny fahitana lahibe. Simisy hery nitoby tao aminahy; nihasola nivaloariky gny endriko namirasy, dra simisy hery nitoby tao aminahy. [9]Dra nahare reo zakany zaho__dra raha nahare anereo zaho, lasaky tagnaty torimaso laliky zaho dra gny tarehiko teo amigny tany.[10]Nisy tana nikasiky anahy, dra napangovisy gny lohaliko vo gny felanigny tagnako. [11]Nizaka taminahy gny azely ho: "Ry Daniela, lelahy nihindrahindra fatrasy, fataro reo zaka ze zakako aminao. Mizoro mahisy, akory nirahy ho aminao atiky zaho." Gny fa avy nizaka anizay hafasy izay taminahy izy, dra nizoro am-patahora zaho.[12]Dra hoy izy taminahy: "Ka matahosy, ry Daniela. Nanomboky tamigny andro volohany nahafataranao anizay tao asainao dra nanetrenao tegna teo alohanigny Zagnaharinao, dra fa re gny zakanao, dra avy zaho noho gny zakanao. [13]Gny andriandahy ao amigny fazakan'i Parsia nanohisy anahy, dra nandigny gny pazakanigny Persia zaho nandrisigny raiky amby ropolo andro. Fa i Mikaela, Raiky amireo andria lelahy, gny avy nagnapy anahy.[14]Amizao avy zaho hagnapy anao hahatakasy ze hahazo gny vahoakao amigny andro farany. Fa gny fahita dra ho an'ireo bo ho avy." [15]Gny fa nizaka taminahy tamigny fapesa reo zaka reo izy, natoliko taigny tany gny tavako dra sy afaky nizaka zaho.[16]Nikasiky gny moloso gny olo raiky ze manahaky gny zonak'olo, dra nanokaky gny vavako zaho dra nizaka taminazy nisanga teo anoloako ho: "Ry topoko, nohonigny fahita dra ao agnaty fahoria zaho; sy misy hery tavela ato aminahy. [17]Panoponao zaho. Akory gny hahafahako mizaka amigny topoko? Fa amizao sy mana-kery zaho, dra sy misy fofon'ay tavela ato agnatiko."[18]Nikasiky anahy ndraiky gny nangalaky endrik'olo dra nakahery anahy. [19]Hoy izy ho: "Ka matahosy, ry lelahy nahindrahindra fatrasy. Fiadagna anie ho anao! Matazaha izao, matazaha!" Raha bo nizaka taminahy izy, dra nahery zaho. Hoy zaho ho: "Aoky gny topoko gny hizaka, fa nakahery anahy hanao."[20]Dra hoy izy ho:''Fatasao se nanaoakory zaho gny avy eto aminao? Bo hihery hialy amigny andriandahin'i Persia zaho. Gny fa mandeha zaho, dra ho avy koa gny andriandahin'i Grisia.

21Nefa ho zakako aminao zay voasorasy ao amigny Bokin'ny Marina. Sy misy olo mapiseho gny tazaky gny tegnany aminahy ba hanohisy anazy reo, fa sy Mikaela andriandahidrareo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 11

1 Tamigny tao volohany nazakan'i Dariosy Mediana, dra izaho vatany gny ho avy hanoha vo reo an'i Mekaela. 2 Ho
zakako aminao gny marina izao. Hisy pazaka telo hisanga agny persia, dra gny fahaefasy dra ho pagnefoefo
lavisy noho reo hafa aby. Gny fa nahazo hery tamigny hareny izy, dra haporisiky gny olon'aby hanohisy gny
fazakan'i Gresy. 3 Hisy pazaka mahery hisanga izay hanapaky fazakana lahibe tokoa, dra hanao araky zay iriny izy.
4 gny fa tafasanga izy, dra ho rava gny fazakany dra hizara amigny rivosy efasy gny lagnisy, fa sy amigny taranany
manoka, dra sy amigny fahefany fony nanapahany. Fa gny fazakany dra ho fongosy ho an'ny hafa akoasy reo
taranany. 5 gny pazakan'ny Asimo dra ho lasa matazaky. saingy gny raiky ami'reo pifehy dra hazary hatazaky
lavisy noho izy dra hanapaky gny fazakany amigny hery lahibe. 6 Tona siapy afaran'izay, gny mety gny fotoa, dra
hanao fihavana izy reo. Gny zanaky vavin'ny pazakan'ny Asimo ho avy agny amigny pazakan'ny Avarasy
hagnafatrasy gny fifagneke. Saingy sy hahata gny herin'ny gny sandriny izy, na koa hotafazano ralelahy, na gny
sandriny.Hafo izy__izy vo reo ninday anazy, dra gny babany, vo izay nanoha anazy tami'zay fotoa izay. 7 Fa hisy
rasany avy ami'reo fakany hisanga handimby gny pilasiny. Hanafiky gny tafiky izy dra hilisy ao amigny fiarova
fatrasigny pazakan'ny Avarasy. hialy amin'izy reo izy, dra haharesy anazy. 8 Handesiny agny Egypta reo
Zagnahariny mbamin'ireo sary voasikisy vy dra reo lovia volafosy vo volamena sarobidin'izy reo. Hizano lavisy
gny pazakan'ny avarasy mandrisy gny tao maromaro izy. 9 Hanafiky gny fazakan'ny pazakan'ny asimo gny
pazakan'ny avarasy, saingy hiala ho agny amigny taniny izy. 10 Hivonona dra hamory tafiky lahibe reo zanany lahy.
hiavy hatragny zay dra hanafosy gny zava-drehetra; handalo avy eo amigny lala aby ho eo amigny fiarovany
fatrasy zay. 11 Hazary ho ory fatrasy gny pazakan'ny asimo; handeha dra hialy amigny pazakan'ny avarasy izy.
hananga tafiky goava gny pazakan'ny avarasy, saingy hatolosy eo atagnany gny tafiky. 12 ho lasa gny tafiky, dra
fon'ny pazakan'ny asimo hisandrasy, dra handavo agnalignaly izy, saingy sy ho pandresy. 13 Hananga tafiky hafa
gny pazakan'ny avarasy, goava noho gny tamigny volohany. Taona maro atiky afara, dra ho avy tokoa gny
pazakan'ny avarasy mindray amigny tafiky goava voafasy fitova maro. 14 Amin'izay fotoa zay dra maro gny hisanga
hanohisy gny pazakan'ny asimo. Zanaky pisetrasetra maro eo amigny vahoakinao gny hametraky gny tegnan'izy
reo hahatateraky fahitana raiky, saingy ho tafitohina izy reo. 15 Ho avy gny pazakan'ny avarasy, handraraky tany
hanova tovo-tany, dra hambabo tana amigny fiarova fatrasy. sy ho afa-mizoro gny tafiky gny asimo, na dre reo
maramila mahery indrindra aza. sy hisy hery ho tafazoro. 16 Fa koa, izay ho avy gny hanao zay iriny hanohera
anazy; Sy hisy ho tafasanga eo amigny lalany. Hisanga eo amigny tanin'ny fahasarana izy, dra ho eo atagnany gny
fandringana. 17 Hagnoma gny tavany ho avy mindray amigny herin'ny fazakan'ny aby gny fazakan'ny avarasy, dra
hisy fifagnaraha zay hataony mindray amigny pazakan'ny asimo hindray aminazy. Hagnome zanaky vavy
amigny apela hapiakariny izy ba hamotehana gny fazakan'ny asimo. Fa y hahomby na hagnapy anazy gny tetiky.
18 Afaran'izay, dra ho liana amigny sisi-tany gny pazakan'ny avarasy dra hambabo gny maro amin'izy reo. Singy
hisy pifehy hanapisy gny avognavony dra hahavy gny fireharehany hivaliky ho agny aminazy avo. 19 Dra ho liana
amigny fiarova fatrasigny taniny avo izy, saingy ho tafitohina izy dra ho lavo; dra sy ho hita. 20 Dra hisy olo hisanga
handimby gny pilasiny zay hampandalo pamory hetra raiky noho gny amigny famirapiratan'ny fazakana. Fa
amigny andro magnaraky eo dra ho torotoro izy, fa sy amigny hatezera na amigny aly. 21 Olo nisonisoavy zay sy ba
home'ny olo gny voninahisy gny fahefan'ny pazaka gny handimby gny toera; ho avy tapoky izy dra hangalaky
gny fazakana akafesena. 22 Hisy tafiky raiky ho voafaoky manahaky gny safo-drano eo alohany. Samby ho
ringan'aby zay tafiky zay vo gny pitariky gny fagneke. 23 Amigny fotoa zay hanova fifagnaraha mindray aminazy,
dra hamitapitaky izy; vahoaky siapy agnisa fosiny gny hahavy anazy hatazaky. 24 Ho avy agny amigny faritany
mana-karena indrindra sy hapitandry akory izy, dra sy hanao zay nataon'ny babany na gny dadabeny izy.
Hapiely reo voasambosy, reo babo, dra reo harena eo ami'reo pagnaralia anazy izy. Hitetiky gny fagnongagna gny
fiarova fatrasy izy, fa selasela avo. 25 Hanokaky gny heriny izy dra gny fony hanohisy gny pazakan'ny asimo
amigny tafiky goava. Hananga aly amigny tafiky lahibe, tena mahery gny pazakan'ny asimo. saingy sy hianga izy
satria hikonikoniky hanohisy anazy gny hafa. 26 Na iza mihina gny hanipiny aza dre hitalia hamotiky anazy. Ho
voaraoky manahaky gny safo-drano gny tafiny, dra maro ami'zay reo gny ho lavo voavono. 27 Samy hitoboky eo
amigny latabasy raiky avo reo pazaka reo, amigny fin'izy reo mikasiky hifanao rasy, hifavandy ai ami'zay reo,
saingy sy hisy dikany zay, Fa ho avy gny farany amigny fotoa zay fa voatondro. 28 Hihery agny amigny taniny
mindray amigny harem-be gny pazakan'ny avarasy, mindray amigny fony manohisy gny fagneke masy. hiasa izy
dra haly agny amigny taniny avo avy eo. 29 Amigny fotoa voatondro dra hihery izy dra ho avy hanohisy gny asimo
ndraiky. Fa amitiky ndraiky mandeha itiky dra sy ho manahaky gny teo aloha. 30 Fa ho avy hanohisy anazy reo
sambon'i Kitima, dra hazary hatahosy dra hiemosy izy. Ho sosotra amigny sitraky ami'reo zay mahafo gny
fagneke masy. 31 Hisanga gny heriny dra hanota-faly gny ferova mafinigny fitoera masy. Halan'ereo gny fagnatisy

oroa mahazasy, dra hapetrak'ereo gny fahavetaveta ze mahaavy faharava. [32]Gny amireo ze rasy fagnahy tamigny
fifagneke, dra ho fitahiny reo dra ho sola toera. Saiky reo olo ze mahalala gny Zagnaharin'ereo dra hahery dra
hiasa.[33]Reo ze hendry eo amigny olo gny hapahay gny maro. Fa ho lavo-sabasy vo gny lela afo ereo; ho lavo agny
amigny fahababoa vo gny fanola mandrisy gny andro maro ereo. [34]Amigny fahalavoan'ereo, dra ho voze amigny
famizena kely sy misy dikany ereo. Hikamba amin'ereo am-pihasarambelasigny gny maro. [35]Ho lavo gny ilany
amireo hendry hany ka ho avy amin'ereo gny fandiova, gny fanasa, dra fandiova, ambara-pahavianigny fotoa gny
farany. Fa bo ho avy avo gny fotoa voatondro.[36]hanao araky ze iriny gny pazaka. Hanandra-tegna izy dra hanao
gny vatany ho lahibe agnabonigny Zagnahary aby. Hizaka raha manohy hanohisy gny zagnahariny gny
zagnahary izy, fa hahomby ambara-pahataterahanigny fahasiaha izy. Fa hatao ze fa nididy. [37]Sy ba hiraharaha reo
zagnahary gny razany izy na gny zagnahary gny razany izy na gny zagnahary siriritinigny apela. Dra sy
hiraharaha ze mety ho zagnahary aby izy. Fa hanao gny vatany ho agnabonigny olon'aby izy.[38]Hakalaza gny
zagnahariny gny ferova fatrasy izy fa sy reo. Zagnahary ze sy neken'ireo razany gny home haza amigny
volamena vo volafosy, amigny vato soa vo fagnomeza sarobily zay. [39]Hanafiky reo ferova fatrasy faratapony izy
amigny fagnapianigny zagnahary hafa. Ze magneky anazy aby, dra hameny voninahisy be. Hataony panapaky eo
amigny olo maro reo, dra hozarany ho valisoa gny tany.[40]Amigny fotoanigny farany gny hanafiky gny
pazakanigny Asimo. "Hamely anazy amigny kalesy vo mitikisy sovala, dra sambo maro gny pazakanigny
Avarasy.Ho avy hanohisy reo tany izy, hagnegniky anereo, dra hamakivaky anizay. [41]Handeha agny amigny
taninigny fahasoava izy, dra Israelita agnalignaly gny ho lavi. Fa itahoky gny ho tafenga amigny tagnany: Edoma,
Moaba, dra reo sisa tamigny vahoakin'i Amona.[42]Hagnitasy gny tagnany amireo tany izy; dra sy havota gny tany
Egypta. [43]Hifehy gny rakisy volamena vo volafosy izy, dra gny harenigny Egypta aby; ho eo atombony reo Lybiana
vo reo Etiopiana.[44]Fa hapihorohoro anazy gny vaovao avy agny asignana vo avarasy, dra handeha hiboaky
amigny fahasiaha lalibe izy ba handravarava tateraky dra hanoka gny maro ho ringany. [45]Hametraky gny
lainigny fonegnanigny pazakany eo agnelagnelanigny ranomasy vo gny tendrombohisy gny fahasoanigny
fahamasigna izy. Ho avy amigny fiafarany zay, dra sy hisy hamozy anazy.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 12

[1]Amin'izay fotoa zay i Mikaela, gny andriandahy lahibe ze miamby gny vahoakinddrareo, dra hisanga. Hisy fotoa
fahoria ze sy bo nisy hatramy niandoha gny firenena hatramin'izay andro zay. Amin'izay fotoa zay gny
vahoakinao dra voavozy, dra zay aby hita fa voasirasy anara ao amy boky.[2]Maro amin'izay mandry amy botany
gny hisanga , gny sasany ho amy fiaigna mandrakizay dra gny gnilany ho amy fahamegnara vo fagnamavoa
mandrakizay.[3]Reo zay hendry dra hamirapirasy manahaky gny hazavany lagnisy agnabo, dra reo hagnery gny
maro amy fahamarigna , dra manahaky vasia mandrakizay doria. [4]Fa ianao, ry Daniela, ahorony reo tegny
reo;ahazao ho voa tombokase gny boky mandra-pahaviny fotoa farany. Maro gny hilomalomay ehoky vo erahoky
, dra hitombo gny fahalala."[5]Dra zaho, Daniela, Nignety, ka nisy ro hafa nisanga.Gny raiky nisanga teto amorony
ony, dra gny raiky tamin'ereo nizaka taminigny lelahy miakazo rongony fosy, zay teo agnabony ony
ho:""Mandraky ombia gny hiafarany tahokiy raha-mahalasa tahoky?"[7]Reko gny lelahy miakazo rongony fasy , zay
teo agnabony ony-nanandrasy gny tagnany ankavana vo gny tagnany ankavia tamy lagnisy izy ka nihania
taminigny raiky ze velo mandrakizay fa ho fotoa raiky, fotoa ro, vo asasam-potoa zay. Fa gny nitorotort avo gny
heriny olo masy , dra ho tateraky avo koa reo raha aby reo.[8]Nandre zaho, fa sy nahatakasy. Dra nagnotany zaho
ho: "Ry tompoko, ino gny ho vokasy amin'ireo raha aby reo?" [9]Hoy izy:"Mandehana amy lalanao, ry Daniela, fa
gny zaka dra fa voahoro vo voaisaky tombokase mandra-pahaviny fotoa farany.[10]Maro gny ho liovy, ho voasasa,
dra ho voafosy, fa gny rasy fagnahy hanao faharasia. Sy hisy amigny rasy fagnahy hahatakasy, fa reo zay hendry
gny hahatakasy. [11]Hatramigny fotoan'ny fapisahara gny fagnatisy oroa mahazasy vo gny fametraha gny
fahavetaveta zay minday gny fandrava tanteraky, dra hisy andro 1 290.[12]Sambasy zay mandigny hatramigny
fiafaran'ny 1. 335 andro. [13]Sy maisy mandeha amigny lalanao hatramigny farany hanao, dra hisahasy hanao.
Hisanga eo amigny toera voatondro ho anao hanao, ami'reo amdro farany."

# Hosea

Chapter 1

[1]Zeho gny zakan'i Yaveh ze avy tamin'i Hosea zanadahin'i Bery tamin'gny andron'i Ozia, Jotama, Ahza vo Hezekia,
pazakan'gny Joda, vo tamin'gny andron'i jeroboama zanadahin'i Joasy, pazakan'Israely. [2]Vo Yaveh no nizaka
tamin'gny alalan'i Hosea volohany, dra ho Izy taminazy ho: " Mandehana, mangala valy ze pizangazanga ho
aniha. Hanan-zanaky zay voakasy gny fizangazanga izy. Fa manao fizangazanga lahibe amin'gny fahafoiza an'i
Yaveh gny tany.[3]Koa dra lasa i Hosea dra nanambaly an'i Gomera zanak'apelan'i Diblaima, dra niteo-zaza izy dra
niteraky zazalelahy taminazy. [4]Ho Yaveh tamin'i Hosea ho: "Ahivo ho Jezirela gny agnarany. Fa ao agnatin'gny
fotoa fohiky dra hagnasazy gny hasaveregnan'i Jeho Zaho nohon'gny fandasahan-dio tagny jezirela, sady
hanapisy gny fanzakan'gny hasaveregnan'Israely Zaho. [5]Amin'izeho andro zeho dra tapahiko ao amin'gny
Lohasahan'i Jezirela gny sipikin'Israely."[6]Nitoe-zaza ndraiky i Gomera dra niteraky zazapela. Dra ho Yaveh tamin'i
Hosea ho: "Ahivo ho Lo-rahama gny agnarany, fa sy hana indra-fo amin'gny hasaveregnan'Israely sasy Zaho, dra
sy engako mihisy gny helok'ereo. [7]Fe koa hana famindram-po amin'gny hasaveregnan'i Joda Zaho, dra hagnavosy
andreo gny vatako, YAveh Zagnaharin'ereo. Sy hamonzy andreo amin'gny sipiky, mesa, aly, sovaly, na pitikisy
sovaly Zaho."[8]Vo nofa boaky napisara-nono an'i Lo-rohama i Gomera, dra nitoe-zaza[9] dra niteraky zazalelahy hafa
ndraiky izy. Dra ho Yaveh ho: "Ahivo ho Lo-amy gny agnarany, fa handrareo dra sy ho vahoakiko, vo Zaho sy
Zagnaharindrareo.[10]Fa gny isan'gny hasaveregnan'Israely koa dra manahaky gny fasiky egny amoron-dranomasy,
ze sy hay afatry na isay. Vo amin'gny toera ze nizaka tamin'ereo ho: 'Sy oloko handrareo,' gny izaka amin'ereo ho:
'Olom'gny Zagnahary velo handrareo.' [11]Hivory gny ponin'i Joda vo gny ponin'Israely. HAnendry pitariky raiky ho
andreo ereo, dra hiakasy lat'amin'gny tany ereo, fa ho lahibe gny andron'i Jezirela.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 2

[1]Zakao amin'ireo rahalahiniha ho: 'Ry vahoakiko! vo amin'ireo anabaviniha ho: 'Fa nanehoa fangoraha
handrareo.'"[2]Manaova fitoria hanohisy gny reniniha, Manao fitoria, akory sy valiko izy, vo Zaho sy valiny. Aoky
izy hangalaky gny fivarotam-batany sy ho eo agnoloany, vo reo fihesiky fizangazangany sy ho eo
agnelagnelan'gny nonony. [3]No sy zay, haboridako izy dra hasehoko gny fitanzahany manahajy gny andro
nahaterahany. Hahiko manahaky gny efisy izy, manahaky gny tany karakay, sady hahiko matin'gny hetaheta izy.
[4]Sy hana indra-fo amin'ireo zanany Zaho, akory zanaky gny favarotan-tegna ereo. [5]Akory gny renin'ereo dra fa
pivaoro-bata, dra izy ze nanday vohoky andreo dra fa nanao fihesiky mahamegnasy. Ho izy ho: "Hagnaraky reo
olon-tiako zaho. akory ereo nagnome mofo vo rano ho anahy, gny volon'agnondry vo gny rongoniko, gny dililoko
vo rano.[6]Noho zeho dra hananga fefy misy silo hanaka gny lalany Zaho. Hananga fefy hanohisy anazy Zaho dra
sy hahita gny lalany izy. [7]Hagnitriky reo olon-tiany izy, fe sy hahatrasy andreo.Hitalia andreo izy, fe sy hahita
andreo. Dra hizka izy bokeo ho: "Hihery amin'gny valiko volohany zaho, akory zeho gny mety aminahy kokoa
noho zao."[8]Akory sy fatany fa Zaho gny nagome anazy vary, divay vaovao vo dililo, sady nanafotafo volafosy vo
volamena anazy, ze napesan'ereo ho an'i Bala bokeo. [9]Dra halaiko ndraiky gny variny amin'gny fotoam-pizinza, vo
gny divaiko vaovao amin'gny fotoany.Halaiko ndraiky gny volon'agnondriko vo gny rongoniko ze napesany so
hagnovonia gny fitanzahany.[10]Dra hengako hitanzaky eo amason'ireo olom-tiany izy, dra sy hisy ndre ia ndre ia
hahavonzy anazy eo an-tagnako. [11]Hapizano gny fakalazany aby avo koa Zaho--- reo fanasany, reo fakalazany gny
volagny vaovao, reo Sabatany, vo reo andro firavoravoany voatondro aby.[12]" Hamotiky reo volobokiny vo reo
hazon'aviaviny Zaho, ze fa nizakany ho: 'Tahoky gny tamby ze nomen'ireo olon-tiako aby.' Hahiko ho ala reo, vo
reo bibin'gny saha hihina anizeho. [13]Hagnasazy anazy nohon'gny andro firavoravoan'ireo Bala Zaho, nofa
nagnoro ditin-kazo magnisy ho andreo izy, nofa nanaingo gny vatany tamin'gny perasiny vo gny firavakiny izy,
dra nagnaraky reo olon-tiany izy dra nagnadino Anahy--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh."[14]Dra fa mby amin'gny
fapiheregna anazy Zaho. Handay anazy ho agny an-tany efisy Zaho dra hizaka amim-pitiava aminazy. [15]Hapihery
reo tanim-boalobikiny Zaho, vo gny Lohasahan'gny Akora ho vavahadin'gny fagnatena. Hamaly Anahy ao izy
manahaky gny nahiny tamin'ireo androm-pahatanorany. manahaky gny tamin'ireo andro ze niboahany gny tany
Egypta.[16]" Dra ho amin'izeho andro zeho--- zeho gny fagnambaran'i Yaveh--- dra hitoka Anahy hanao ho: 'Valiko,'
dra sy hitoka Anahy sasy hanao ho: 'Balako'. [17]Fa ho alako eo am-bavany reo agnaran'ireo BAha; sy ho saroany
sasy gny agnaran'ereo."[18]" Amin'izeho andro zeho dra hano faneke amin'ereo mindray amin'ireo biby agny an-
saha, miaraky amin'ireo voro egny amin'gny habakabaky, vo mindray amin'ireo raha mandaly amin'gny tany aby
Zaho. Ho alako sy hoamin'gny tany sasy gny sipiky, gny mesa, vo gny aly, dra hahiko mandry fahizay hanao.
[19]Hapagnategna gny ho valiniha mandrakizay Zaho. Hapagnategna gny ho valiniha amin'gny fahamarigna, gny
rariny, gny sy fivadiham-paneke, vo famindram-po Zaho. [20]Mifata amin'gny vatako amim-pahatokia ho aniha
Zaho, dra ho fataniha i Yaveh.[21]Amin'izeho andro zeho, dra hamaly Zaho--- zeho gny fagnamvarn'i Yaveh---
hamaly gny lagnisy Zaho, vo ireo hamaly gny tany. [22]Gny tany hamaly gny vary, gny voloboky vaovao vo gny
dililo, vo ereo hamaly an'i Jezirela.[23]HAmboleko ho Anahy eo amin'gny tany izy dra hana famondram-po ao
amin'gny Lo-rohama Zaho. Hizaka amin'i Lo-amy Zaho ho: 'Hanao gny oloko,' vo ereo hanao Aminahy ho: 'Hanao
gny Zagnahariko."'

Chapter 3

[1]Yaveh nizaka taminahy ho: "Mandehana ndraiky, mitiava apela raiky, ze nitiavin'gny valiny, fe pizangazanga.
Tiavo manahaky gny itiavako, Yaveh, gny vahoakin'Israely izy, ndre dra mivaliky ho amin'gny zagnaharin-kafa vo
mankafy mofo vita amin'gny voloboky aza ereo." [2]Dra niviko sekely volafosy dimy amy folo ho Anay vo vary
horsea homera raiky sy tapany izy. [3]Ho Zaho taminazy ho: "Sy mainsy miaraky mipetraky Aminahy mandrisy gny
andro maro hanao.Sy ho pizangazanga hanao na ho an'gny lelahy hafa. Manahaky anizeho avo, gny hiarahako
aminiha."[4]Fa reo olon'Israely dra hiay andro maro sy misy pazaka, andrian-dahy, soro, andry vato, efoda na sapi-
kazo. [5]Vo bokeo gny olon'Israely dra hihery sady hitalia an'i YAveh Zagnaharin'ereo vo Davida pazakan'ereo, vo
amin'ireo andro farany, dra ho avy amin-kovisy eo agnatrehan'i Yaveh vo gny hasoany ereo.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 4

[1]Tenoy gny Zakan'i Yaveh, handrareo ry vahoakin'Israely. Manao fitoria amin'gny ponin'gny tany i Yaveh, akory sy
misy fahamarigna na faneke mahatoky ao, sy misy fahalala an'Agnahary ao amin'gny taa. [2]Misy ozo, vandy,
famonoa, halasy vo fizangazanga ao. Nipotehin'gny vahoaky gny fatosy aby, vo gny miapy magnaraky gny
fandasahan-dio.[3]Dra mihamaiky gny tany, sady ketrky ze iaby mitoboky amin'izeho; reo bibi-dia agny an-saha vo
gny voro egny amin'gny lagnisy, na gny fia agny agnaty ranomasy aza, dra ala.[4]Fa ka manenga ndre ia ndre ia
hanao fitoria; ka manenga ndre ia ndre ia hiapanga gny hafa. Fa handrareo zeho, ry pisoro, ze apangaiko. [5]Ho
tafitohy handrareo pisoro mandrisy gny andro; ho tafitohy mindray amindrareo avo koa reo paminany amin'gny
hariva, dra ho potehiko gny renindrareo.[6]Ripaky gny oloko nohon'gny sy fahapian'gny fahalala. Akory fa nanda
gny fahalala handrareo pisoro, Zaho avo koa dra handa andrareo amin'gny maha pisoro ho Anahy.Akory
nihalignondrareo gny lalagnako, ndre dra Zagnahari ndrareo aza Zaho, dra hagnaligno reo zanandrareo avo koa
Zaho. [7]Arakaraky gny hitomboan'gny pisoro, gny hanotan'ereo Aminahy. Natakalon'ereo hegnasy gny
voninahis'ereo.[8]Mihina gny fahotan'gny vahoakiko ereo; mangetahetan'gny faharasiany bebe koko ereo. [9]Hitovy
avo ho an'gny vahoaky vo ho an'ireo pisoro: hagnafay anazy aby nohon'gny fahiny Zaho; hamaly andreo noho
gny asany Zaho.[10]Hihina ereo fa sy ho visy: hagnatateraky fizangazang ereo fa sy hitombo, akory nagnalavisy an'i
Yaveh ereo.[11]a fizangazanga mamoa-fady, divay, vo divay vaovao ereo, ze nangalaky gny fahzavan-sain'ereo.
[12]Magnotany reo sapiny hazo gny oloko, vo gny tapa-kazon'ereo nagnome faminania ho andreo. Fa namitaky
andreo gny fagnahin'gny fizangazanga, dra nanday vata manahaky gny pizangazanga ereo no tokony nahatoky
gny Zagnaharin'ereo.[13]Manao soro egny an-tapon-tendrombohisy ereo sady magnoro ditin-kazo magnisy egny
amin'ireo havoa, ambanin'gny hazo oka, popola vo terebinta, akory soa gny alokaloky.Dra fahavetaveta ara-nofo
reo zanandrareo apelandrareo, vo reo vinato vavindrareo mizangazanga. [14]Sy hagnafay reo zanandrarei apela
Zaho nofa misafidy gny hanao fahavetaveta ara-nofo ereo, nagny vinato vavindrareo nofa mizangazanga ereo. Fa
reo lelahy avo koa dra manolosy gny vatany ho an'ireo pizangazanga, dra manolosy soro ereo dra afaky manao
asa maloto mindray amin'ireo pivaro-bata masy. Dra ho atoraky agny tiky vahoaky ze sy mahay tiky.[15]Fa hanao,
ry Israely, ndre dra nanao fizangazanga aza, dra lonoky ra Joda sy hazary meloky. Ka mandeha agny Gilgala,
hanao ry vahoaky; ka mandeha miakasy agny Betavena, sady ka mifata, manao ho: " No bo velo koa Yaveh." [16]Fa
Israely dra nanday vata tamin'gny hery loha, manahaky gny agnombivavy mafy loha. Akory gny handesan'i
Yaveh andreo egny amin'gny fihinanam-bilo manahaky gny zanak'agnondry agny amin'gny tanin'ahisy.[17]Napiray
gny vatany tamin'ireo sapy i Efraima; engao ho raiky izy.[18] Ndre dra lany aza gny raha finomy maherin'ereo, dra
manohy gny fizangazanga ereo; makafy fatrasy gny hegnas'ereo gny panapany. [19]Handrakosy andreo amin'gny
elasiny gny sioky; dra ho megnasy ereo noho gny amin'gny soron'ereo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 5

[1]" Tenoy zeho, ry pisoro! Manongila sofy, ry hasaveregnan'Israely! Mitenoa, ry hasaveregnan'gny pazaka! Fa gny
fisara dra avy hanohisy andrareo aby. Fa fandriky tagny Mizpa hanao vo harato nivelasy tagny amin'gny Tabara.
[2]Reo pikomy mikiry fatrasy amin'gny famonoa, fa Zaho gny hagnasazy anazy aby reo.[3]Fatako Efraima, vo Israely
sy mivony aminahy. Ry Efraima, androany hanao dra nazary manahaky gny pivaro-bata; voaloto Israely. [4]Sy
hanenga andreo hihery amin'Agnahary reo asany, akory gny fagnahin'gny fizangazanga gny ao amin'ereo, sady sy
fatan'ereo Yaveh.[5]Gny fireharehan'Israely dra vavolombelo manohisy anazy; dra ho tafitohy amin'gny
fahamelohan'ereo Israely vo Efraima; vo Joda avo koa dra ho tafitohy mindray amin'ereo. [6]Handeha hindray
amin'gny agnondry aman'osiny vo agnombiny ereo so hitalia an'i Yaveh, fa sy hahita Anazy ereo, akory
nangalaky gny vatany tamin'ereo Izy. [7]Sy nahatoky an'i Yaveh ereo, fa niteraky zaza sy araky gny lalagna ereo.
Androany gny firavoravoan'gny voloham-bola gny handevogna andreo mbamin'ireo sahany.[8]Siofy ao Gibea gny
anzomara, vo ao Rama gny asiva. Manaova korakin'aly ao Betavena ho: 'Hagnaraky aniha zahay ry Benjamina!'[9]
Ho lao Efraima amin'gny andron'gny fagnasazia. Teo amin'ireo fokon'Israely gny nagnambarako ze sy mainsy
hitranga.[10]Reo pitarik'i Joda dra manahaky reo mamindra fefy vato. Hararako manahaky gny rano amin'ereo gny
fahavignirako. [11]Torotoro Efraima;torotoron'gny fisara izy, akory nandeha tamin'gny sitra-pony hagnaraky sapy.
[12]Dra hanahaky gny kalalao amin'i Efraima Zaho, vo sahala gny bobongolo amin'gny hasaveregnan'i Joda. [13]Nofa
hitan'i Efraima gny aretiny, dra hitan'i Joda gny ratriny, dra nadeha tagny asyria i Efraima, vo Joda nandefa
panday hafasy ho agny amin'gny pazaka lahibe. Fa sy afaky nisabo andrareo izy ry olo na nagnasitra gny
ratrindrareo.[14]Dra hanahaky gny liona amin'i Efraima Zaho, vo hanahaky gny liona tanora amin'gny
hasaveregnan'i Joda. Zaho, eka Zaho, gny hamiravira sady handeha; ho andesiko ereo, dra sy hisy hagnavosy
andreo. [15]Handeha Zaho dra hihery agny amin'gny toerako, mandra-pagneken'ereo gny helony dra hitalia gny
tavako, mandra-pitalian'ereo Anahy fatrasy amin'gny fahorian'ereo."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 6

[1]" Avia, ndao sika hihery amin'i Yaveh. Fa nanototoro asika Izy, fe hagnasitra asika; nandrasy asika Izy, fa hamehy
gny ferisika. [2]Afaky ro andro dra hamelo asika ndraiky Izy; hananga asika Izy amin'gny andro fahatelo, dra ho
velo eo agnoloany sika. [3]Aoky hahafatasy an'i Yaveh sika; aoky ho dodona hahalala an'i Yaveh sika. Gny
fiposahany dra azo atoky manahaky gny mangiran-drasy; ho avy amisika manahaky gny ranon'ora Izy,
manahaky gny loharanon'ora ze manondraky gny tany."[4]Ry Efraima, ino gny hahiko mindray aminiha? Ry Joda,
ino gny hahiko mindray aminiha? Gny fahatokia dra sahala gny rahon'gny maraindray, manahaky gny ando ze
selasela dra lasa. [5]Dra nikapakapaiko tamin'gny alalan'ireo paminany ereo, novonoko tamin'gny alalan'gny
zakan'gny vavako ereo. Reo lalagnaniha dra manahaky gny hazava ze mamirapirasy.[6]Fa fahatokia gny iriko fa sy
soro, vo gny fahafatara an'Agnahary noho gny fagnatisy orroa. [7]Sahala an'i adama dra namaliky gny faneke ereo;
sy nahatoky Anahy ereo.[8]Gileada dra tanan'gny panao rasy mindray amin'gny dian-tomboky mihoson-dio.
[9]Manahaky gny fiambenan'gny andia malaso olo, gny hikamban'ireo andia pisoro hamono olo agny amin'gny lala
magnagny Sekema; nanao heloky ereo.[10]Tao amin'gny hasaveregnan;'Israely gny nahitako raha mahasiravy; gny
fivarota-batan'i Efraima gny ao, vo Israely dra nazary naloto. [11]Fa ho aniha avo koa, ry Joda, dra fa voatondro gny
fotoam-pizinza, nofa hapihery gny haren'gny oloko Zaho.

Chapter 7

[1]Isaky gny ta-hagnasitra an'Israely Zaho, dra miseho gny fahotan'i Efraima, vo gny asa rasin'i Samaria, akory
mamitaky ereo; avy gny pangalasy, vo gny andia pandroba manafiky egny an-dalambe. [2]Sy sapan'ereo tao am-
pony fa saroako gny asa rasiny aby. Amizao mihodidy eo amin'ereo gny asany; magnoloa gny tarehiko reo.[3]Faly
tamin'gny faharasian'ereo gny pazaka, vo tamin'gny vandiny gny manam-pahefa.[4] Izy aby dra pizangazanga,
manahaky gny laforo nafanain'gny panao mofo, ze mizano misoron'afo hatramin'gny famolavola gny foto-koba
dra mandra-pitombon'izehi. [5]Tamin'gny andron'gny pazakasika reo manam-pahefa dra nakarary gny vatany
tamin'gny hafanan'gny divay. Nagninzisy gny tagnany tamin'ireo ze nagneso anazy.[6]Fa amin'gny fo manahaky gny
laforo, gny hieregnany reo tetiky famitahan'ereo. Mirehisy mandrisy gny hariva totolo gny hahorian'ereo; gny
amin'gny maraindray dra mirehisy manahaky gny afo midedadeda zeho. [7]Izy aby dra mafana manahaky gny
laforo, sady mandrapaky reo ze manapaky eo amin'ereo. Fa lavo reo pazakany aby; sy nisy nitoka Anahy ereo.
[8]Nifangaro tamin'ireo olo i Efraima. Mofomamy fisaky ze sy bo navaliky i efraima. [9]Fa nandevo gny reo firene
hafa, fe sy fatany zeho. Volo fosy gny mifafy aminazy eo, fe sy fatany zeho.[10]Gny avognavon'Israely dra
vavolombelo miapanga anazy; ndre zeha aza, dra sy nihery tamin'i Yaveh Zagnahariny ereo, na nitalia Anazy,
ndre dra teo aza zeho iaby zeho. [11]Efraima dra manahaky gny voromailala, minomino fahatany sady sy misy zay,
mitoka fatrasy agny Egypta, boakeo nitily ho agny Asyria.[12]Nofa mandeha ereo, dra ho velariko eo amin'ereo gny
haratoko, hazosoko gny voron'gny lagnisy ereo. Hagnasazy andreo ao amin'gny firohotany Zaho.[13] Lozan'ereo! Fa
nilefa Anahy ereo! Avy amin'ereo eo gny fandringana! Nikomy taminahy ereo! Tokony hagnavosy andreo Zaho, fe
nizaka vandy taminahy ereo.[14]Sy nihiaky taminahy tamin'gny fony aby ereo, fa midradradradra eo am-pandriany.
Mindray mivory ho an'gny vary vo gny divay vaovao ereo, dra mivio miala Aminahy. [15]Ndre dra napianasy
andreo sady nagnafatrasy gny sandriny aza Zaho, dra miteti-drasy hanohisy Anahy ereo amizao.[16]Mihery ereo, fe
sy mihery Aminahy, gny Avo Indrindra. Manahaky gny sipiky miraviravy ereo. Ho lavo amin'gny mesa nohon'gny
fizakam-pahatan'gny lelany gny manam-pahefan'ereo. Zeho gny ho zary fagnesoan'ereo ao amin'gny tany Egypta.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 8

[1]" Ametraho anzomara eo amin'gny sogniniha! Misy voromahery avy eo amin'gny fasangen'i Yaveh akory nandika
gny fanekeko sady nikomy nanohisy gny lalagnako gny olo. [2]Mitaray Aminahy ereo ho: 'Ry Zagnahariko, zahay
aty Israely dra mahafatasy Aniha.'[3] Fe Israely dra fa nagnary ze soa, vo gny fahavalo hagnitriky anazy.[4]Fa
nametraky reo pazaka ereo, fe sy boaky taminahy. Fa nametraky andrian-dahy ereo, fe sy tamin'gny fahalalako.
Tamin'gny volafosiny vo gny volamenany gny fa nagnamboarany gny sapy ho an'gny vatany, fe zeho dra bo
hamongora andreo avo."[5] "Nilavy gny zanak'agnombiniha, ry Samaria. Mirehisy amin'ireo olo reo gny hahoriako.
Fa mandra-pombia gny hizano ho meliky ereo?[6]a zeho sapy zeho dra avy tao Israely; gny piasa gny nanao
anizeho; sy Zagnahary zeho! Ho tetitetehy gny zanak'agnombin'i Samaria. [7]Fa gny olo mamafy sioky dra mizinza
talio. Sy misy salohiny gny vary misiry egny an-saha; sy misy vetiny gny vokas'izeho. No lasa matoy zeho, dra
handrapaky anizeho gny vahiny.[8]Dra voately Israely; androany mavandy eo amin'ireo firene manahaky gny raha
sy misy ila anazy ereo. [9]Fa niakasy tagny Asyria manahaky gny ampondra-dia mandeha raiky ereo. Fa
nagnakarama pitia gny vatany i Efraima. [10]Ndre dra fa nagnakarama olon-tia eo amin'ireo firene aza ereo,
androany dra hamory andreo miaraky Zaho. Hanomboky hihaosa ereo nohon'gny fapahorian'gny pazakan'ireo
andrian-dahy.[11]Fa napitomo reo alitara ho an'gny fagnatisy noho gny ota i Efraima, fe fa nazary alitara ho
amin'gny fanota zeho. [12]Afaky nanorasy gny lalagnako ndraiky hariva ho andreo Zaho, fe ereo handramby
anizeho manahaky gny raha hafahafa aminazy.[13]No gny amin'ireo soron'gny fagnatiko, dra manao soro hena ereo
dra mihina anizeho, fe Zaho, Yaveh, dra sy magneky reo. Androany hieriserisy gny mahakasiny gny helony Zaho
dra hagnasazy gny amin'gny otany. Hihery agny Egypta ereo. [14]Israely dra fa nagnaligno Anahy, Panao anazy, sady
fa nagnory lapa. Fa nagnamafy tana maro i Joda, fe handefa afo eo amin'ireo tanany Zaho; handripaky reo
ferovany fatrasy zeho.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 9

[1]Ka mifaly, amin'gny hafalia manahaky reo olo hafa, ry Israely. Fa sy nahatoky hanao, nahafo gny Zagnahariniha.
Tianiha gny mandoa gny karama agnatahin'gny pivaro-bata amin'gny famoloa aby. [2]Fa gny famoloa vo gny
famiaza dra sy hamaha andreo; handiso fagnatena andreo gny divay vaovao.[3]Sy hitoesy ao amin'gny tanin'i
Yaveh sasy ereo; fe koa, hihery agny Egypta i Efaima, vo ndraiky andro ereo dra hihina sakafo maloto agny
Asyria. [4]Sy handraraky fagnatisy divay ho an'i Yaveh ereo, na hankasitrahiny. Hanahaky gny sakafon'gny pandala
aminazy gny soron'ereo: ze iaby mihina anizeho dra ho voaloto. Fa gny sakafon'ereo dra ho andreo avo; sy hilisy
gny fasangen'i Yaveh zeho.[5]Ino gny ho aindrareo amin'gny andron'gny firavoravoa voatondro, amin'gny
andron'gny firavoravoa ho an'i Yaveh? [6]Fa, ingo, no afaky milefa amin'gny fandripaha ereo, dra hamory andro
Egypta, vo handevy andreo i Memfisa. No gny amin'ireo hare volafosin'ereo--- ho lasan'gny silo maragnisy reo, vo
hameno gny lain'ereo gny silo.[7]Ho avy gny andro fatrokafa; avy gny andro famalia. Aoky ho fatasy gny Israely aby
reo raha reo. Mola gny paminany, vovery say gny olo azon-sindrimandry, nohon'gny helokindrareo lahibe vo gny
fandrafiandrareo lahibe.[8]Gny paminany gny piamby an'i Efraima hoan'gny Zagnahariko. Fa misy fandri-boro
amin'gny lalany aby, vo gny falegnany anazy dra ao am-pasangen'gny Zagnahariny. [9]Fa nanimba toetry fatrasy
manahaky gny tamin'gny andron'i Gibea ereo. Ho saroan'Agnahary gny helok'ereo, dra ho faiziny gny
fahotan'ereo.[10]Ho Yaveh ho: "Nofa an'Israely Zaho, dra manahaky gny ho nahita voaloboky tagny an'efisy.
Manahaky gny voloham-bihin'gny fotoan'gny aviavy, dra nahita gny razambendrareo Zaho. Fa nagnagny Bala-
peora ereo, dra nanoka-bata tamin'izeho sapy mahamegnasy zeho. Nazary mapadikidiky sahala gny sapy
nitiaviny ereo.[11]No gny amin'i Efraima, dra hitily manahaky gny voro gny voninahis'ereo. Sy hisy fahateraha, sy
hisy fanagnan'anaky, sady sy hisy torotorogny. [12]Ndre dra niteza zaza aza ereo, dra ho alaiko ereo dra sy hisy ho
tavela. Loza ho andreo nofa mivaliky amin'ereo Zaho![13]Fa nahita na'i Efraima Zaho, manahaky an'i Tyro, nambole
teo amin'gny tanin'ahisy, fa Efraima dra handay reo zanany ho agny amin'gny olon-kafa ze hamono andreo."
[14]Omeo ereo, ry Yaveh--- ino gny homeniha andreo? Omeo troky sy mahazo zaza vo nono ze sy magnome ronono
ereo.[15]" Noho gny faharasian'ereo aby tagny Gilgala, ze nankalegnako andreo volohany. Noho gny asan'ereo feno
fahota, dra ho roasiko hiboaky gny fasangeko ereo. Sy ho tia andreo sasy Zaho; pikomy aby reo manam-
pahefan'ereo.[16]Misy arety Efraima, sady amiky fakan'ereo; sy mamoa reo. Ndre dra manan-zanaky aza ereo, dra
ho vonoko gny zanaky malalan'ereo."[17] Ho arin'gny Zagnahariko ereo aory sy nagneky Anazy. Hazary pirerirery
eo amin'ireo firene ereo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 10

[1]Israely dra voaloboky mandrobo ze mamokasy gny vihiny. Araky gny nitomboan'gny vihiny, gny hamaro gny
alitara nahiny. Araky gny namokaran'gny taniny maro, gny nagnasoavany reo andrim-batony. [2]Mamitaky gny
fon'ereo; androany dra sy mainsy hibaby gny helony ereo. Ho arodan'i Yaveh gny alitaran'ereo; ho ravany reo
andim-batony.[3]Fa hizaka ereo ho: "Sy mana pazaka sika, akory sika sy natahosy an'i Yaveh, vo gny pazaka--- ino
gny mety ho ahy amisika?" [4]Nizakazakany fahatany ereo dra nanao faneke tamin'gny fiainan-sy to. Dra nisismoky
manahaky gny ahi-drast misy poizy egny am-bavasa egny an-saha gny rariny.[5]Gny ponin'i Samaria dra hatahosy
noho reo agnombin'i betavena. Nandala teo amin'ereo gny vahoakiny, manahaky gny nahin'ireo pisoro panopo
sapy ze fa niravoravo teo amin'ereo vo gny famirapitaran'ereo, fe sy agny sasy ereo. [6]Ho andesy agny asyria ho
fagnomeza ho an'gny pazaka lahibe ereo. Ho afa-baraky Efraima, dra ho menasy amin'ireo sapiny Israely.[7]Ho
rava manahaky gny tapa-kazo eo ambony rano gny pazakan'i Samaria. [8]Ho rava gny toera abon'gny faharasia aby.
Zeho gny fahotan'Israely! gny silo vo gny ahisy dra hitombo eo amin'gny alitaran'ereo. Hizaka amin'gny
tendrombohisy gny vahoaky ho: "Sarony zahay!" vo amin'gny havoa ho: "Milavoa aminay!"[9]" Ry Israely, fa
hatramin'gny andron'i Gibea hanao gny nanota; tagny hanao gny nitoesy. Sy hahatratry reo zanaky gny rasy ao
Gibea se gny aly?[10]No sitrako zeho, dra hagnafay andreo Zaho. Hindray hivondro hanohisy andreo gny firene dra
hametraky andreo amin'gny fatotry noho gny helok'ereo misoso. [11]Efraima dra agnomy vavy keliky voafolaky ze
tia mively vary, dra hagnisy zioga eo amin'gny vozony soa tarehy Zaho. Hanisy zioga eo amin'i Efraima Zaho;
hiasa tagny i Joda; Jakoba avo gny hisinto gny fandravogna.[12]Mamafaza fahamarigna ho an'gny vatandrareo, dra
zinzao gny Mamafaza fahamarigna ho an'gny vatandrareo, dra zinzao gny sy fivadiham-paneke. Vakio gny tany
mbo sy nohasaindrareo, fa fotoa hitaliava an'i Yaveh zao, mandram-piaviny vo handasahany fahamarigna eo
amindrareo. [13]Fa namboly faharasia handrareo; dra nizinza gny sy rariny. Fa nihina gny vihin'gny fitaky
handrareo akory nahatoky reo paikalindrareo vo reo miaramilandrareo maro.[14]Dra hisy tabataba'aly eo
amin'ireo vahoakiniha, dra ho rava reo tananiha voaaro fatrasy aby. Hanahaky an'i Bet-arbela niravan'i
Salamana tamin'gny andron'gny aly zeho, nofa torotoro nindray tamin'ireo zanany reo regny.[15] Dra niseho
aminiha zeho, ry Betela, noho gny halahiben'gny faharasianiha. Vo marandray gny hangala tateraky gny
pazakn'Israely."

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 11

[1]" Tamy mbo tovolahy Israely dra nitiaviko, dra nitoka gny zanadahiko hiboaky an'i Egypta Zaho. [2]Arakaraky gny
nitokava andreo, gny nagnalaviran'ereo Anahy. Dra nanao soro ho an'i Bala sady nagnoro gny ditin-kazo magnisy
ho an'gny sapy ereo.[3]Fe Zaho gny napianasy an'i Efraima handeha. Zaho gny nitrotro andreo teo amin'gny
sandriny, fe sy fatan'ereo fa nikarakara andreo Zaho. [4]Tamin'gny kofehin'gny maha-olombelo gny nitaritako
andreo, tamin'gny fatoran'gny fitiava. Manahaky gny olo ze nagnameva gny zioga teo amin'gny valagnoran'ereo
Zaho, dra niondriky teo amin'ereo Zaho dra namaha andreo.[5]Sy hihery agny amin'gny tanin'i Egypta se ereo? Sy
hanapaky eo amin'ereo se Asyria akory manda gny hihery aminahy ereo? [6]Hilasaky amin'gny tanan'ereo gny
mesa dra hamotiky gny hilin'gny vavahadiny; handrava andreo zeho noho gny tetik'ereo avo. [7]Nanapa-kevisy gny
hiala aminahy gny oloko. Ndre dra mitoka Gny Avo Indrindra aza ereo, dra sy hisy ndre raiky aza hagnapy
andreo.[8]Akory gny hagnengako aniha, ry Efraima? Akory gny hanolorako aniha, ry Israely?Akory gny hanaovako
aniha manahaky ani'i Adma? Akory gny hanaovako aniha manahaky an'i Zeboima? Niova gny tao agnatin'gny
foko; fa niakasy gny fangoraham-poko aby?[9] Sy hagnatateraky gny fahavignirako Zaho; sy handripaky an'i
Efraima sasy. Fa Zagnhary Zaho fa sy olo; Zaho gny Masy eo amindrareo, dra ho avy amin'gny hahoria Zaho.
[10]Hagnaraky an'i Yaveh ereo; dra hierosy manahaky gny liona Izy. Nofa mierosy Izy, dra ho avy am-
pangitangitaha lat'agny andrefa reo zanany. [11]Ho avy am-pangovita manahaky gny voro lat'agny Egypta ereo,
manahaky gny voromailala lat'agny amin'gny tanin'i Asyria. Hapitoeriko ao an-tragnony ereo--- zeho gny
fagnambaran'i Yaveh.[12]Holilinin'i Efraima amin'gny vandy zaho, vo gny taranak'Israely amin'gny fitaky. Fe Joda
dra mbo mindray aminahy, Zagnahary , sady mahatoky Anahy, gny Raiky Masy."

Chapter 12

[1]Efraima mihinan-sioky dra magnaraky sioky lat'agny asinagna. Mapitombo isa reo vandy vo herisetry
mandrakariva izy. Manao faneke mindray amin'i Asyria dra manday menaky oliva ho agny Egypta ereo. [2]Mana
aly amin'i Joda avo koa i Yaveh sady hagnafay an'i Jakoba noho reo ze nahiny; hamaly anazy Izy noho reo asany.
[3]Tao an-troky gny nitan'i Jakoba gny rahalahiny tamin'gny vodi-tombony, vo tamin'gny fahalahibiazany gny
nialiany tamin'Agnahary. [4]Nialy tamin'gny anzely izy dra naharesy. Nitomay sady nitaray ho an'gny sitrany izy.
Nahita an'Agnahary tao Betela izy; tagny gny niresahan'Agnahary taminazy.[5]Zeho gny Yaveh, gny Zagnahary
tompon'gny maro; "Yaveh" gny agnarany hitokava Anazy. [6]Dra miheregna amin'gny Zagnaharindrareo. Tandremo
gny faneke mahatoky vo gny rariny, dra mahadignasa mandrakariva an'Agnaharindrareo.[7]Gny pivarosy dra
mana mizana diso eo an-tagnan'ereo; tia fanambaka ereo.[8] Ho Efraima ho: "Nazary nanan-karena be vatany zaho;
nahita harena ho an'gny vatako zaho. Sy hahita heloky aminahy amin'gny asako aby ereo, ze iaby mety ho
fahota."[9]"Zaho gny Yaveh Zagnaharindrareo boaky agnyamin'gny tany Egypta. Hatobiko agnaty lay ndraiky
handrareo, manahaky gny tamin'gny firavoravoa voatondro. [10]Nizaka tamin'ireo paminany Zaho, dra nagnome
fahita maro ho andreo ho aniha. Tamin'gny tagnan'ireo paminany nagnomezako fagnohara."[11]No misy
fahasitragna ao Gileada, dra raha fahatany vatany gny olo. Ahin'ereo soro ao Gilgala reo agnombilahy; hanahaky
gny antontam-bato ao agnatin'ireo saham-bavasa gny alitaran'ereo. [12]Nilefa ho agny amin'gny tanin'i Syria i
Jakoba; niasa so hahazo valy i Israely; dra niaraky agnondry aman'osy izy so hahazo valy.[13]Nanday gny Israely
hiboaky gny tany Egypta tamin'gny alalan'gny paminany i Yaveh, vo tamin'gny alalan'gny paminany gny
nikarakarany andreo. [14]Nahaory fatrasy an'i Yaveh i Efraima. Noho zeho dra hanenga gny liony eo aminazy gny
Tompony dra hapihery aminazy gny fahafaham-barakany.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 13

[1]" Nofa mizaka i Efraima, dra nisy hovihovisy. Nanandrasy gny vatany tagny Israely izy, fe nazary meloky noho
gny fanopoa an'i Bala izy, dra maty. [2]Miha-manota ahatragny ereo amizao. Manao sary sokisy vy amin'gny
volafosiny eeo, sapy nahy soa araky ze azo nahy, reho iaby reho dra san'gny panao asa tagna. Nizak gny
amin'ereo gny olo ho: 'Reo olo ze manao soro reo dra magnoroky zanak'agnomby.'[3]Dra hanahaky gny rahon'gny
maraindray ereo, manahaky gny ando ze mora maiky, manahaky gny akofa ze siofin'gny sioky boaky eo amin'gny
famoloa, sady manahaky gny setroky miboaky amin'gny fiboahan-setroky.[4]Fa Zaho gny Yaveh Zagnaharindrareo
boaky amin'gny tany Egypta. Aoky handrareo sy hagneky Zagnahary laha-sy Zaho avo; aoky handrareo hagneky
fa ankoasy Anahy, dra sy misy pamonzy hafa. [5]Fatako handrareo tagny an-tany efisy, tagny amin'gny tany
fahamaiky lahibe. [6]Nofa nana ahisy handrareo, dra visy; vo nofa voky handrareo, dra nisandrasy gny fondrareo.
Noho zeho antony zeho dra nagnaligno Anahy handrareo.[7]Ho lasa manahaky gny liona ho andreo Zaho; sahala
gny leoparda gny hiambenako magnaraky gny lala. [8]Hanzera andreo manahaky gny bera very anaky Zaho.
Handriasy gny tratran'ereo Zaho, sady handrapaky andreo eo amanahaky gny liona, manahaky gny
hamiraviran'gny bibidia andreo Zaho.[9]Handripaky andrareo Zaho, ry Israely; ia gny afaky hagnapy andrareo?
[10]Eza gny pazakandrareo zao, so hagnavosy andrareo agny amin'gny tanandrareo aby? Eza reo pazakandrareo, ze
fa nizakandrareo taminahy ho: 'Omeo pazaka vo andrian-dahy zaho'? [11]Nagnome andrareo pazaka tamin'gny
hahoriako Zaho, sady nangalaky anazy tamin'gny fahavignirako.[12]Fa nitahirizy gny helok'i Efraima; nitahirizy gny
helony. [13]Gny fangirifirian'gny fiteraha dra ho avy aminazy eo, fa gny zanadahy dra sy manam-pahendre izy,
akory nofa avy gny fotoa ahateraha, dra sy miboaky lat'ao am-bohoky izy.[14]Hamonzy andreo amin'gny tagnan'gny
fiainan-sy hita se Zaho? Hamonzy andreo amin'gny fahafatesa se Zaho? Eza, ry fahafatesa, gny areti-
mandripakiniha? Eza, ry fiainan-sy hita, gny fandripahaniha? Mivony amin'gny masoko gny fangoraha."[15]Ndre
dra nanan-karena teo amin'ireo rahalahiny aza i Efraima, dra hisy rivosy boaky agny asinagna ho avy; hisioky
lat'agny an-tany efisy gny siok'i Yaveh. Gny loharanon'i Efraima dra ho risy, vo gny fansakany dra hisy rano.
Handroba gny tragno fitahiriza gny raha sarobidy aby gny fahavalony.[16]Ho meloky i Samaria, akory nikomy
nanohisy gny Zagnahariny isy. Ho lavon'gny mesa ereo; ho torotoro reo zanany mbo tanora, dra ho triariny reo
renin'ereo manday vohoky


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 14

[1]Ry Israely, miheregna amin'i Yaveh Zagnahariniha, fa lavo tamin'gny helokiniha hanao.[2] Mandesa zaka dra
miheregna amin'i Yaveh. Zakao Anazy ho: "Alao gny helokay aby dra ekeo ze soa, so ho afaky hanolosy gny
vokasy gny sogninay ho Aniha zahay.[3]Asyria dra sy hagnavosy asika; sy hitikisy sovaly ho agny amin'gny aly sika.
Na hizaka amin'gny asan'gny tagnasika sasy ho: 'zagnaharinay hanao,' fa ao Aminiha gny kamboty gny mahazo
fangoraham-po."[4]Hagnasitra gny fivalihan'ereo Zaho; hitia malalaky andreo Zaho, fa hiala aminazy gny
hahoriako.[5] Hanahaky gny ando Zaho amin'Israely; hamony manahaky gny lilia vo hamaka manahaky gny sedera
ao Libanona izy. [6]Hisandrahaky reo sapany; hanahaky reo hazon'oliva gny hasoany, vo gny hagnisy
mameroverony dra manahaky reo sedera eo Libanona.[7]Gny olo ze mitoboky ao amin'gny alony dra hihery; ho
velombelo manahaky gny vihy ereo dra hisimoky manahaky gny voaloboky. Hanahaky gny divain'i Libanona gny
lazany. [8]Ry Efraima, ino avo koa gny mbo azoko ahiko amin'gny sapy? Hamaly anazy Zaho dra hikarakara anazy.
Manahaky gny kypreso ze maiso ravy mandrakariva Zaho; boaky Aminahy gny hisirian'gny vihiniha."[9]Ia gny
henry dra hahatakasy reo raha reo? Ia gny mahatakasy reho raha reho dra hahay anazy reo izy? Fa mahisy reo
lalagnan'i Yave, vo gny mary dra handeha amin'ireo, fa gny pikomy dra ho tafitohy amin'ireo.

# Joel

Chapter 1

[1]Zao gny zakan'i Yaveh ze avy tamin'i Joela zanadahin'i Petoela.[2]Handrareo loholo, tenoy zao, dra mahareza
handrareo pony iaby eo amin'gny tany. Fa nisy ra zeho tamin'gny androndrareo na tamin'gny andron'gny
razambendrareo?[3]Zakao gny mahakasiky anizeho gny zanandradreo, vo aoky gny zanandrareo hizaka gny
zanak'ereo, vo gny zanak'ereo magnaraky.[4]Ze sisan'gny kijeja dra nihanin'gny andiam-balala; ze sisan'gny
andiam-balala dra fa nihanin'gny valalavao; vo ze sisan'gny valalavao dra nihanin'gny sompanga.[5]Mifohaza,
handareo ry pimamo, dra mitomagneza! Midradradradra, handadreo aby pino divay, akory gny divay mamy dra
nala teo amindrareo.[6]Fa nisy firene raiky niakasy teo amin'gny taniko, mahery sady sy hita isa. Gny nifiny dra
nifin'gny liona, sady mana gny nifin'gny liona vavy izy.[7]Nahiny toera mapihorohoro gny tanim-boalobokiko sady
nitapahiny gny hazon'aviaviko. Nombotany gny holi-kazony dra nariany zeho; reo ransany dra nazary fosy.[8]Aoky
handala manahaky gny viriziny manao akazo fandala amin'gny fahafatesan'gny valiny tanora handrareo.[9]Gny
fagnatisy vihy vo fagnatusy inomy dra nala tao amin'gny tragnon'i Yaveh. Mandala reo pisoro, panopon'i Yaveh.
[10]Rava reo saha, mandala gny tany akory fa simba gny vary. maiky gny divay vaovao, mandamoky gny dililo.[11]So
megnasy, handrareo tansaha, dra midradradradra, handrareo ry pamboly voaloboky, nohon'gny vary tritiky vo
gny vary hordea. Fa gny vokasy gny saha dra fa levo.[12]Nalazo gny voaloboky sady maiky reo hazon'aviavy, reo
apongaben-dagnisy, reo hazo palma avo koa, vo reo hazon'gny poma--- nalazo aby gny fifalian'gny
taranak'olombelo.[13]Manaova akazo fandala dra aoky handala, handrareo pisoro! Midradradradra, hadrareo
panopon'gny alitara. Magnatogna, andeso matory mandrisy gny hariva manotolo gny akazo fandala, handraareo
panopon'gny Zagnahariko. Fagny fagnatisy vihy vo gny fagnatisy inony dra fa nitana ao am-pasangen'gny
Zagnaharindrarewo.[14]Mangataha fifalian-kany masy, dra mangataha fengona masy. Avorio reo lohoho vo reo
pony ao amin'gny tanin'i YAveh Zagnaharindrareo, dra mitagnia amin'i Yaveh.[15]Indrisy ry andro! Fa gny andron'i
Yaveh dra fa mariny. Ho avy mindray amin'izay gny famoteha lat'Amin'gny Tsitoha.[16]Sy fa nala teo amasosika ra
gny sakafo, vo gny fifalia vo gny firavoravoa tao amin'gny tragnon'gny Zagnaharisika?[17]reo vihy dra lo agny
ambanin'gny baingan-tanin'ireo, foa reo pamasy. sady potiky reo sompisy. akory nalazo reo vary.[18]Zeho
fierosin'gny biby! Mizaly gny biby fiteza akory sy mana tany fihinanam-bilo ereo. Mizaly avo koa reo
andian'Agnondry aman'osy.[19]Ry Yaveh, mitoreo Aminiha zaho. Fa nolevonin'gny afo reo fihinanam-bilo agny
an'efisy, dra lelan'afo gny nagnoro gny hazo aby tagny an-saha.[20]Ndre reo bisy agny an-saha aza dra
midradradradra Aminiha, akory risy gny lohasaha, sady man'gny afo reo fihinanam-bilo agny an'efisy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 2

[1]Siofy gny anzomara ao Ziona, dra apagnenovy gny fanaira agny an-tendrombohisiko masy! Aoky gny ponin'gny
tany aby hangitakitany amin'gny tahosy, fa ho avy gny andron'i Yaveh; mariny vataby zeho.[2]Andron'gny fatrokafa
bo gny ezim-pito zeho, andron'gny raho vo gny ezim-pito. Manahaky gny mangiran-drasy ze miely egny amin'ireo
tendrombohisy, magnato gny tafiky lahibe sady matazaky. Sy mbo nisy tafiky manahaky tihoky hatrizay, sady sy
hisy manahaky anazy sasy, ndre afaran'gny taranaky fara mandimby maro aza.[3]Gny afo dra mandevo gny raha
aby magnoloa anazy, vo ambalik'izeho ao gny lelan'afo dra mirehisy. Gny tany dra manahaky gny saha Edena eo
agnoloan'izeho, fe ambalik'izeho ao dra misy efisy foa. Sy hisy ndre ino ndre ino hilefa amin'izeho vatany.
[4]Niendriky manahaky gny sovali reo tafiky, sady milomay manahaky gny pitikisy sovaly ereo. [5]Misambiky
mindray amin'gny feo manahaky gny an'ireo sarety egny an-tapon'gny tendrombohiay ereo, manahaky gny
feon'gny lelan'afo mirehisy ze mandevo gny mololo, manahaky gny tafiky matazaky vono ho amin'gny aly ereo.
[6]Ao agnaty fangirifiria gny olo sady nazary fosy hasatry gny tarehin'ereo aby nofa eo agnatrehan'ereo. [7]Milomay
manahaky gny pialy matazaky ereo; manganiky reo fefy manahaky reo miaramila pialy ereo; manao liabe
amin'gny laharany aby ereo dra sy vaky gny laharany.[8]Sy mifanosiky ereo; samby mandeha amin'gny lalany aby
ereo; mamakivaky gny ferova ereo sady sy rava gny laharany.[9]Mirohisy egny amin'gny tana ereo, dra milomay
egny amin'gny fefy, manganiky reo fasange ereo, sady milisy eo am-baravarakely manahaky gny pangalasy ereo.
[10]Mihorohoro magnolo andreo gny tany, dra miozongozo gny lagnisy, gny masoandro vo gny vola dra mezy, vo
gny vasia dra mizano mamirasy.[11]Manondrosy gny feony magnoloa gny tafiny i Yaveh, akory reo pialiny dra maro
agn'isa vatany; akory mahery ereo, ereo ze hagnatateraky gny liliny. Fa lahibe sady mahaory vatany gny andron'i
Yaveh. Ia gny ho velo amin'izeho?[12]" Ka ndre dra amizao aza" ho i Yaveh ho: " Miheregna aminahy amin'gny
fondrareo manotolo. Mifalia hany, mitomagnia, dra manaova fandala."[13]Viravirao avo koa gny fondrareo fa sy
gny fitafiandrareo avo, dra miheregna amin'i Yaveh Zagnaharindrareo. Fa mamindra fo sady miantra Izy, sy
mora ory sady be famindram-po, dra hiala amin'gny fampindesa fatrokafa Izy.[14]Ia gny mahay? Vasa hihery ra izy
dra hana fangoraham-po, ka hanenga fitahia afarany, dra gny fagnatisy vihy vo fagnatisy inomy ho an'i Yaveh
Zagnaharindrareo?[15]Siofy gny anzomara ao Ziona, mitokava fifalian-kany masy, sady mitokava fivoria masy.
[16]Avorio gny vahoaky, tokavo amin'gny fivoria masy. Vorio reo loholo, avorio gny ankizy mbamin'gny zaza
minono. aoky gny papakasy hiala ao an'efitragnony, vo gny apakary hiala an-tragno fandriany.[17]Aoky reo pisoro,
panopon'i Yaveh hitomagny eo agnelagnelan'gny lavaranga filira vo gny alitara. Aoky ereo hizaka ho: " Iantrao
gny oloniha, ry Yaveh, dra ka enga ho amin'gny fahafaham-baraha gny lovaniha, dra hesoin'ireo firene. gnino
ereo gny tokony hizaka amin'ireo firene ho: Eza gny Zagnaharin'ereo?[18]Akory dra saro-piaro gny amin'gny taniny
i Yaveh dra niantra gny olony.[19]Namaly gny olony i Yaveh manao ho: " Ingo, handefa vary ho andrareo, divay
vaovao, vo menaky Zaho. Ho afa-po amin'izeho handrareo, dra sy hengako ho afa-baraka eo amin'ireo firene sasy
handrareo.[20]Alako lavisy andrareo gny panafiky lat'agny avarasy, dra handay andreo ho eo amin'gny tany
karakay sady maiky Zaho. Fny loha-laharan'gny tafik'ereo dra handeha agny amin'gny ranomasy asinagna, vo
vodi-lahara ho agny amin'gny ranomasy andrefa. Hiakasy gny fofony, vo gny fofon-drasiny hiakasy." Fa nanao
raha lahibe vatany izy.[21]Ka matahosy, ry tany, mifalia sady miravoa, fa Yaveh hanao raha lahibe.[22]Ka matahosy, ry
biby agny an-saha, fa hisimoky gny ahisy agny an'efisy, hamoa reo hazo, vo gny hazo aviavy vo gny voaloboky
hamokasy feno.[23]Miravoa, ry vahoakin'i Ziona, dra mifalia ao amin'i Yaveh Zagnaharindrareo. Fa ghagnome
fararanon'ora sady handasaky ora ho andrareo Izy, fararanon'ore vo gny fararanon-dohatao manahaky gny teo
aloha.[24]Gny famoloa dra ho feno vary, vo gny vata ho feno divay vaovao vo dililo.[25]" Hapihery amin'gny laoniny
reo taon'gny vokasy ze fa nihanin'gny andiam-balala Zaho--- gny valalla lahibe, gny valala pandrava, vo gny
valala panimba ho aniha Zaho--- gny tafiko mahery ze nalefa eo amindrareo.[26]Hihina be dra be handrareo sady
ho visy, dra misiriria gny agnaran'i Yaveh Zagnaharindrareo, ze fa nanao fahagaga teo amindrareo, dra sy
handay fahamegnara eo amin'gny oloko sasy Zaho. [27]Hahafatasy handrareo fa eo amin'Israely Zaho, vo Zaho gny
Yaveh Zagnaharindrareo, dra sy misy ankoasy Anahy, dra sy handay fahamegnara eo amin'gny oloko sasy Zaho.
[28]Afaran'izeho ao dra handasaky gny Fagnahiko amin'gny nofo aby Zaho, vo gny zanandrareo lelahy vo gny
zanadrareo apela dra haminany. Gny anti-dahindrareo dra hagnonofy, gny zatovondrareo dra hahita fahita.
[29]Amin'iriho andro riho, dra handrosaky gny Fagnahiko eo amin'ireo panopolahy vo panopovavy avo koa Zaho.
[30]Hapiseho fahagaga egny amin'gny lagnisy vo eo amin'gny tany Zaho, dra lio, vo afo, vo setroky miredareda.[31]Gny
masoandro hivaliky hezy vo gny vola ho lio, alohan'gny ahavian'gny andron'i Yaveh ze lahibe sady
mapihorohororo.[32]Ze iaby mitoka gny agnaran'i Yaveh dra ho voavonzy. fa egny amin'gny tendrombohis'i Ziona
vo agny Jerosalema gny hisy reo ze tafilefa, araky ze voazakan'i Yaveh, dra eo amin'ireo sisa velo, reo ze
nitokavin'i Yaveh.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 3

[1]Ingo, amin'izeho andro zeho vo amin'izeho fotoa zeho, nofa hapihery gny sesitanin'i Joda vo Jerosalema Zaho,
[2]dra hamory gny firene aby Zaho, dra handay andreo hizoso eo amin'gny Lohasahan'i Josafata. Hisara andreo
egny Zaho, noho gny amin'gny Israely oloko sady lovako, ze niparitahan'ereo teo amin'ireo firene, dra nohon'gny
nizaran'ereo gny taniko.[3]Nanao filoka ho an'gny oloko ereo, dra nivarosy gny zaza lelahy ho an'gny pivaro-bata,
sady nivarosy gny zaza apela ho an'gny divay so ho inomin'ereo.[4]Amizao, nagnino gny ory Aminahy handrareo,
ry Tyro, Sidona vo gny faris'i Filistia aby? Hamaly faty Anahy ra handrareo? Ndre dra hamaly Anahy aza
handrareo, dra ho aheriko eo amin'gny lohandrareo avy hatragny gny sazindrareo.[5]Fa nangalaky gny volafosiko
vo gny volamenako handrareo, sady handay gny hare sarobidy ao amin'gny tepolindrareo Zaho.[6]Nivarosy gny
olon'i Joda vo Jerosalema amin'ireo Grika handrareo, so hangala andreo lavisy gny faritaniny.[7]Ingo, hapiala
andreo amin'gny toera ze nivarotandrareo andreo Zaho, dra hanohisy eo amin'gny lohandrareo.[8]Hivarosy gny
zanandrareo lelahy vo zanandrareo apela, eo an-tagnan'gny olon'i Joda Zaho. Hivarosy andreo ho amin'i Sabeana
ereo, agny amin'gny firene lavisy. Fa Yaveh gny fa nizaka.[9]Ambarao eo amin'ireo firene zeho ho: ' Omagno
amin'gny aly gny vatandrareo, fohazo reo lelahy mahery, aoky hagnato ereo, aoky gny lelahin'aly aby hiakasy.
[10]Tefeo ho mesa gny fangalindrareo dra ho lefo gny ansy fandrasandrareo. Aoky gny osa hizaka ho: "Mahery
zaho."[11]Malaky dra miavia, handrareo firene aby egny magnodidy egny, vorio mindray egny gny vatandrareo. Ry
Yaevh, apizoso reo lelahy maheriniha.'[12]aoky hifoha reo firene dra hiakasy ho ao amin'gny Lohasahan'i Josafata.
Fa ao gny hitobohako hisara gny firene aby magnodidy.[13]Apetraho gny ansy fizinza, fa gny vokasy dra matoy.
Miavia, posiposero gny voaloboky, fa feno gny famiaza. Mihoasy gny vata fitataza, fa gny faharasian'ereo dra
bevata."[14]Misy tabataba, dra tabataba ao amin'gny Lohasahan'gny Fisara. Fa antomosy gny andron'i Yaveh ao
amin'gny Lohasahan'gny Fisara.[15]Gny masoandro vo vola hazary mezy, vo reo vasia hita gny famirapiratany.
[16]Hiersosy lat'agny Ziona Yaveh, dra hanondrosy gny feony ao Jerosalema. Hiozongozo gny tany vo gny lagnisy, fe
YAveh dra ho felofan'gny olony, sady ferova fatrasy ho an'gny olon'Israely.[17]" Dra ho fatandrareo fa Zaho gny
Yaveh Zagnaharindrareo ze mitoboky ao Ziona, tendrombohisiko masy. Vo dra ho masy Jerosalema, dra sy misy
tafiky hanao dia be aminazy eo ndraiky.[18]Ho avy zeho amin'gny andro ze hipoiran'gny divay mamy amin'gny
tendrombohisy, gny havoa dra hikoria ronono, gny lohasahan-driakin'i Joda aby dra hikoria rano, vo loharano
dra ho avy lat'amin'gny fasangen'i Yaveh vo gny rano lat'amin'gny Lohasahan'i Sitima.[19]Hazary faharava nenga i
Egypta vo Edoma hazary efisy foa, noho gny herisetry nahy tamin'gny olon'i Joda, akory nandasaky lion'olo sy
manan-signy tao amin'gny taniny ereo.[20]Fa i Joda dra hitoboha mandrakizay, vo Jerosalema hitobohan'gny
taranaky fara-mandimby.[21]Hamaly faty gny lion'ize sy mbo nivaliako ho faty Zaho," Fa Yaveh mitoby ao Ziona.

# Amos

Chapter 1

[1]Tahoky raha mahakasiky an'Israely tahiky gny nirambesin'i Amosa, raiky tamin'ireo piaraky agnondry tao
Tekoa, tao amin'gny fagnambara. Nandramby reo raha reo izy tamin'gny andron'i Ozia pazakan'gny Joda, sady
koa tamin'gny andron'i Jeroboama zanadahin'i Joasy pazakan'Israely.[2]Ho izy ho: "Hierosy lat'agny Ziona iYaveh;
hapiakasy gny feony lat'agny Jerosalema Izy. Ho maiky gny ahis'ereo piaraky agnondry; halazo gnytapon'i
karmela."[3]Zao gny zakan'Yaveh ho: " Noho reo fahota telo nahin'i Damaskosy, eka, na efasy aza, dra sy hagnalaky
gny sazy Zaho, akory fitova vy gny nizeran'ereo an'i Gileada.[4]Handefasako afo gny taranan'i Hazaela, dra handevo
reo ferova fatras'i Beni-Hadada Zaho.[5]Ho tapahiko gny vy eo amin'gny vavahadin'i Damaskosy dra handringa gny
lelahy ze nitoboky ao Bikata Avena Zaho, sady koa gny lelahy ze nita gny tehim-panzaka ao Bet-Edena. Gny
vahoakin'i Syria dra handeha ho amin'gny fahababoa agny Kira," ho Yaveh.[6]Zao gny zakan'i Yaveh ho: " Noho reo
fahota telo nahin'i Gaza, eka, na efasy aza, dra sy hangala gny sazy Zaho, akory nahin'ereo ho babo gny vahoaky
manotolo. so hanolora andreo an'i Edoma.[7]Handefa afo amin'ireo rindrin'i Gaza Zaho, dra handevo reo ferova
fatrasy zay.[8]Ho aripako gny lelahy ze nitoboky ao Asdoda vo gny lelahy ze nita gny tehim-pazala lat'agny
Askelona. Hanphisy an'i Ekrona gny tagnako, vo ho faty reo Filistina tavela," ho gny Tompo Yaveh.[9]Zao gny
zakany Yaveh ho: "Noho reo fahota telo nahin'i Tyro, eka, na efasy aza, dra sy hangalaky gny sazy Zaho, akory
nanolosy gny vahoaky manotolo an'i Edoma ereo, dra nandiko fifanekem-pirahalahiany ereo.[10]Handefa afo eo
amin'ireo rindrin'i Tyro Zaho, dra handevo reo ferova fatrasiny zay."[11]Zaoo gny nizakan'i Yaveh ho: " Noho reo
fahota telo nahin'i Edoma, eka, ndre efasy aza, dra sy hangala gny sazy Zaho, akory nagnitriky gny rahalahiny
tamin'gny mesa izy dra nagnary gny famindram-po aby. Gny hahoriany dra nitohy mandrakariva, dra naharisy


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

mandrakizay.[12]Handefa afo eo Temana Zaho, dra handevo gny lapan'i Bozra zay."[13]Zao gny nizakan'i Yaveh ho: "
Noho reo fahota telo nahin'gny vahoakin'i Amona, eka, ndre efasy aza, dra sy hangala gny sazy Zaho, akory
nanataky reo apela bevoky tao Gileada ereo, so hagnitaran'ereo gny faritaniny.[14]Handrehisy afo eo amin'ireo
rindrin'i Raba Zaho, dra handevo reo lapa zay, mindray amin'gny kiaky amin'gny andron'gny aly, mindray
amin'gny tafio-drivosy amin'gny andron'gny talio.[15]Handeha ho amin'gny fahababoa gny pazakan'ereo, izy
mbamin'ireo manam-boninahiny," ho Yaveh.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 2

[1]Zao gny zakan'i Yaveh: " Noho reo fahota telon'i Moaba, eka ndre efasy aza, dra sy hangala gny fatrokafa Zaho,
akory ereo dra nagnoro reo tolan'gny pazakan'i Edoma ho sokay.[2]Handefa afo eo amin'i Moaba Zaho, dra
holevogniko gny ferova fatras'i Kiriota, ho faty ao agnatin'gny koraky vo hiaky vo feon'anzomara i Moaba.[3]Ho
ravako gny pisara ao aminazy, sady ho vonoko mindray aminazy gny andria aby," ho i Yaveh.[4]Zao gny zakan'i
Yaveh: "Noho reo fahota telon'i Joda, eka ndre efasy aza, dra sy hangala gny fatrokafa Zaho, akory ereo dra
nagnary gny lalan'i yaveh vo sy nitandry reo liliny. Napandeha andreo tagny amin'gny lalan-diso gny vandin'ereo,
dra nadeha nagnaraky anizay avo koa reo razany.[5]Handefa afo eo amin'i Joda Zaho, dra ho levogniko reo ferova
fatras'i Jerosalema."[6]Zao gny zakan'i Yaveh: " Noho reo fahota telon'Israely, eka efasy aza, dra sy hangala gny
fatrokafa Zaho. Akory navilin'ereo volafosy gny sy manan-signy vo gny mahantra ho kapa.[7]Nagnisaky gny
lohan'gny mahantra manahaky gny fagnisahan'gny olo gny vovoky amin'gny tany ereo; nandroaky gny ory ereo.
Gny lelahy vo gny rany dra samby mandry amin'gny apela raiky avo dra mandoto gny agnarako masy.[8]Mandry eo
agnilan'gny alitara aby amin'gny akazo azo tamin'gny antoky ereo, vo ao am-pasangen'Agnaharin'ereo gny
hinomany gny divay ze boak'amin'ereo voasazy.[9]Fe dra fa niravako teo agnoloan'ereo gny Amorita, gny
halavan'izay dra manahaky gny halavan'gny sedera, natazaky manahaky reo Oka. Fa niravako gny vihiny
ambony, vo gny vahany ambany.[10]Sady koa, nanday andrareo niboaky lat'agny amin'gny tany Egypta Zaho dra
nitariky andrareo efapolo tao tagny an'efisy so ahazoa gny tanin'gny Amorita.[11]Nanandrasy paminany
lat'amin'ireo zanadahindrareo vo Nazirita lat'amin'ireo zatovondrareo Zaho. Sa sy zay ra, ry vahoakin'Israely?---
Zay gny fagnamabaran'i Yaveh.[12]Fe handrareo dra nandresy lahasy reo Nazarita hino divay sady nandily reo
paminany sy haminany.[13]Ingo, hagnisaky andrareo manahaky gny fagnisahan'gny sarety feno vary gny olo Zaho.
[14]Sy hahita hilefa gny olo kinga; sy hapitombo gny heriny gny matazaky; ndre gny mahery hahavonzy gny vatany.
[15]Sy ahazoro gny pandefa sipiky; sy ho afaky milefa gny pilomay malaky fandehana; sy hahavonzy gny vatany
gny pitikisy sovaly.[16]Ndre dra gny pialy be heri-po aza dra hilefa miboridagny amin'izeho andro zeho---Zay gny
fagnambaran'i Yaveh."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 3

[1]Tenoy zao zaka ze nizakan'i Yaveh tamindrareo zao, ry olon'Israely, amin'ireo fianakavia manotolo ze nandesiko
hiboaky gny tany Egnypta:[2]" Handrareo raiky avo gny nifiliko amin'gny fianakavia aby eto ambonin'gny tany.
Noho zay, dra horakafoko handrareo noho reo otandrareo aby."[3]Sa ra hindray handeha gny ro no sy niray hevisy
ereo?[4]Sa ra hierosy agny agn'ala gny liona no sy misy haza izy? Sa ra hierosy ao an-davakiny gny liona tanora no
sy nahazo ndre ino ndre ino izy?[5]Sa ra afaky milavo agnaty fandriky amin'gny tany etiky gny voro no sy misy
tadivavara voatoby ho anazy aby? Sa ra hikatoky gny fandriky amin'gny tany etiky no sy nahazo ndre ino ndre
ino aby izy?[6]Hagneno ao an-tany ra gny asiva ka sy hangitakitaky gny olo? Ho avy ao an-tana ra gny loza no sy i
Yaveh gny nandefa anizay?[7]Azo atoky fa sy hanao ndre ino ndre ino i Tompo Yaveh no sy magnambara reo
fikasany amin'ireo paminany panopony Izy.[8]Ia gny sy hatahosy; no nierosy gny liona? Fa nizaka gny Tompo
Yaveh, ia gny sy haminany?[9]Ambarao agny amin'ireo ferova fatras'i Asdoda zay, vo agny amin'gny ferova
fatrasin'gny tany Egypta; zakao ho: " Mivory handrareo egny amin'ireo tendrombohis'i Samaria vo atio gny
fifanzevogna be ze ao aminazy, vo ino gny fahoria ao aminazy.[10]Fa sy mahay gny fanaova gny mary ereo---zay gny
fagnambaran'i Yaveh---Mitahiry herisetry vo faharava ao amin'gny fefiny ereo."[11]Noho zay, zao gny zakan'gny
Tompo Yaveh ho: ' Hiodidy gny tany gny fahavalo. Handrava reo ferovaniha fatrasy izy sady handroba reo
fefiniha.[12]Zao gny zakan'i Yaveh: " Manahaky gny famonzen'gny piaraky agnondry gny tomboky ro avo amin'gny
vavan'gny liona, ndre sombin'gny sofy, gny hamonze gny olon'Israely ze nitoboky agny Samaria, eo anzoron-seza
avo, na koa eo anzoron-Parafara avo."[13]Mitenoa dra mizoroa vavolombelo manohisy gny hasaveregnan'i Jakoba---
Zao gny fagnambara nahin'gny Tompo Yaveh, Zagnahary Tompon'gny maro:[14]Fa amin'andro ze hadrokafako reo
fahotan'Israely, dra ho rokafoko avo koa gny alitaran'i Betela. Hotapahy reo tandroky gny alitara dra hilavo
amin'gny tany.[15]Horavako gny fasange asara mindray amin'gny fasange fahavarasy. Ho simba gny fasange ivory
vo fasange be dra hanzavo,---zay gny fagnambaran'i Yaveh."

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 4

[1]Tenoy zao zaka zao, handrareo ry agnombivavin'i Basana, handrareo ze agny an-tendrombohis'i Samaria,
handrareo ze mapahory gny mahantra, handrareo ze manorotoro gny ory, handrareo ze mizaka amin'gny
valindrareo ho: " Andeso raha ibomy zahay."[2]Fa nifata tamin'gny fahamasignany gny Tompo Yaveh ho: " Ingo, ho
avy amindrareo gny andro ze hangalan'ereo andrareo amin'gny farango, vo gny sisa amindrareo amin'gny finta.
[3]Hiboaky eo amin'gny vaky eo amin'gny fefin'gny tana handrareo, samby hagnisy amin'izay aby, dra hatoraky
agny ambaliky magnagny Harmona handrareo---zay gny fagnambaran'i Yaveh."[4]"Mandehana agny Betela dra
manota, agny Gilgala dra apitombo gny fahota, andeso isaky maraindray gny sorondrareo, gny apahafolon-
karendrareo isaky gny telo andro.[5]Manolora soro fagnati-pisora mindray amin'gny mofo; magnambara fagnati-
sitrapo; torio reo, fa mahafinarisy andrareo zay, ry olon'Israely--- zay gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh.
[6]Nomeko fagnadiova-nify handrareo tagny amin'gny tanandrareo aby sady sy fahapian'gny mofo tao amin'gny
toerandrareo aby. Fe sy nihery taminahy avo handrareo---zay gny fagnambaran'i Yaveh.[7]Nanaka gny ora sy ho eo
amindrareo avo koa Zaho no mbo nisy telo vola hizinza. Nahiko nagnora teo amin'gny tana raiky, vo nahiko sy
nagnora teo amin'gny tana raiky hafa. Gny apahan-tany nisy ora, fa gny apahany hafa ze sy mbo nisy ora dra
maiky.[8]Tana ro na telo gny nivembe nagnagny amin'gny tana raiky hafa so hino rano, fe ay afa-po. Fe sy nihery
taminahy avo handrareo---zay gny fagnambaran'i Yaveh.[9]Napahory andrareo tamin'gny fahamaikin'gny voly vo
gny bobongolo zaho. Gny hamaron'gny sahandrareo, gny tanim-boalobokindrareo, gny hazon'aviavindrareo, vo
gny hazon'olivandrareo---fa narapaky gny valala aby izy aby. Fe sy nihery taminahy avo handrareo---zay gny
fagnambaran'i Yaveh.[10]Nandefa areti-mandripaky teo amndrareo manahaky gny teo amin'gny Egypta Zaho.
Novonoko tamin'amesa gny tovolahindrareo, nalako gny sovalindrareo, dra nahiko teo amin'gny vavorondrareo
gny hamembon'gny tobindrareo. Fe sy nihery taminahy avo handrareo---zay gny fagnambaran'i Yaveh.
[11]Nandripaky tana teo amindrareo zaho, manahaky gny tamin'gny nandripahan'Agnahary an'i Sodoma vo
Gomora. Fa sahala amin'gny tapa-kazo mirehisy nisintony latao amin'gny afo handrareo. Fe sy nihery taminahy
avo handrareo---zay gny fagnambaran'i Yaveh.[12]Noho zay dra hanao raha mahaory amindrareo Zaho, ry Israely;
vo akory hanao raha mahaory amindrareo Zaho, dra miomana hihao amin'gny Zagnaharindrareo, ry Israely![13]Fa
ingo, gny nanao gny tendrombohisy avo koa gny nahary gny sioky, mapiseho gny heviny amin'gny
zanak'olombelo, mahavy gny maraindray ho ezy, sady magnosiosy gny toera abon'gny Tany. Yaveh, Zagnahary
Tompon'gny maro, gny agnarany."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 5

[1]Tenoy tiho zaka ze nalako ho fitaraigna eo aminiha tihoky, ry hasaveregnan'Israely.[2]Lavo gny virizin'Israely; dra
sy hisanga sasy izy; nazera tamin'gny taniny izy; dra sy misy ndre dra raiky aza hananga anazy.[3]Fa zao gny
zakan'gny Tompo Yaveh: " Gny tana ze niboahan'gny arivo dra hana zato tavela, vo gny raiky ze niboahan'gny
zato dra hana folo tavela ze an'gny hasaveregnan'Israely."[4]Fa zao gny zakan'i Yaveh tamin'gny
hasaveregnan'Israely ho: " Taliavo Zaho dra ho velo hanao![5]Ka mitalia an'i Betela; na milisy agny Gilgala; ka
mandeha agny Beri-sheba. Fa Gilgala dra azo atpky fa ho babo, sady ho lasa sinosino i Betela.[6]Taliavo Yaveh dra
ho velo hanao, no sy zay dra hiboaky manahaky gny afo ao amin'gny hasaveregnan'i Josefa Izy. Handrapaky
anizay, sady sy hisy ndre ia ndre ia hamono anizay agny Betela.[7]Reo olo reo dra hamaliku gny rariny ho raha
mafaisy sady hanoraky gny fahamarigna amin'gny tany!"[8]Zagnahary nanao an'Ikotolimiadilaona vo gny
Telonohorefy; mamaliky gny hezy ho maraindray Izy; manao gny andro ho mezy mindray amin'gny hariva Izy
sady mitoka gny ranon'gny ranomasy; mandraraky reo amin'gny velaran-tany Izy. Yaveh gny agnarany![9]Manday
faharipaha tapoky eo amin'gny mahery izy so ho avy eo amin'gny ferova fatrasy gny fandrava.[10]Malay gny olo aby
ze magnisy andreo ao amin'gny vavahadin'gny tana Izy, sady malay gny olo aby ze mizaka gny mary ereo.[11]Akory
magnisakisaky reo mahantra hanao dra mangalaky apaham-bary aminazy---ndre dra nagnory fasange vita
tamin'gny vato aza hanao, dra sy hitoboky ao amin'izay. Mana tanim-boaloboky mahafinarisy hanao, fe sy hino
gny divain'izay hanao.[12]Fa fatako gny isan'ireo fandikan-dalaniha vo gny halahiben'ireo fahotaniha---hanao ze
mapahory gny rariny, mandramby gny kolikoly, sady mivily amin'ireo olo mila fagnapia ao amin'gny
vavahadin'gny tana.[13]Noho zay dra misigny amin'gny fotoa manahaky anizay gny olon-kendry, akory fotoa rasy
zay.[14]Mitaliava gny soa fa sy gny rasy, so ho velo hanao. noho zay Yaveh, Gny Zagnahary gny maro, dra vatany
hiahy aniha, araky gny zakaniha fa Izy.[15]Hakalegno gny rasy, tiavo gny soa, apetraho gny rariny ao amin'gny
vavahadin'gny tana. Vasa Yaveh, gny Zagnahary gny maro hamindra fo amin'ireo sisa nengan'i Josefa.[16]Noho zay,
zao gny zakan'i Yaveh, gny Zagnahary gny maro, gny Tompo ho: " Gny fidradradradra dra ho amin'gny reo efa-
zoro aby, dra hizaka anizay agny amin'gny lala aby ereo, 'Loza, loza!' Hitoka reo pamboly so ho amin'gny fandala
ereo vo reo malahelo so hidradradradra.[17]Hisy fidradradradra ao amin'ireo tanim-boaloboky aby, akory handalo
eo agnivondrareo Zaho," ho Yaveh.[18]Loza ho andrareo ze magniry gny andron'i Yaveh! Nagnino handrareo gny
magniry gny andron'i Yaveh? Ho fahamezigna zay sady sy hisy hazava,[19]manahaky gny olo nofa milefa liona vo
bera mifanena aminazy, na milisy ao amin'gny fasange sady mametraky gny tagnany eo amin'gny fefy vo
magnifasy anazy gny menara.[20]Sa ra gny andron'i Yaveh sy ezy fa sy hazava? Hezim-pito ra sy misy famirapirata?
[21]" Halako, hahiko sinosino gny firavoravoandrareo, sy mangalaky maminy amin'ireo fivondrognandrareo
magnetriketriky Zaho.[22]Ndre dra manolosy fagnatisy oroa vo fagnatisy hohany Aminahy aza handrareo, dra sy
handramby reo Zaho, na hagnety gny fagnati-pihavagnan'ireo biby mataviniha.[23]Alao taminahy gny
tabataban'ireo hirandrareo; sy hiteno gny feon'gny lokangandrareo zaho.[24]Fe koa, angao hivavasy manahaky gny
rano gny rariny, vo gny fahamarigna manahaky gny renirano mikoria lalandava.[25]Ninday soro vo fagnatisy tagny
an'efisy nandrisy gny efa-polo tao ho anahy ra handrareo, ry hasaveregnan'Israely?[26]Hanandrasy an'i Sokita ho
pazakandradreo handrareo, vo Kiona, zagnahary gny vasiandrareo---sapy ze nahindrareo ho andrareo.[27]Noho zay
dra halefako sesitany mihoasin'i Damaskosy handrareo," ho Yaveh, zay Zagnahary gny maro gny agnarany.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 6

[1]Loza ho an'ireo ze mahazo ay ao Ziona, vo ho an'ireo ze milamy ao amin'gny tany habon'i Samaria, reo olo-
malaza boak'amin'ireo firene soa vatany, za hahavian'gny taranan'Israely so ho vonze![2]Ho reo pitariky andrareo:
" mandehana agny Kalne ka magnitia; boakao dra mandehana agny Hamata, gny tana lahibe; boakeo dra
mizosoa agny Gatan'ireo Filistina. sa ra soa noho reo fanzakaniha ro reo? Sa ra lahibe noho gny faritaniniha gny
faritanin'ereo?"[3]Loza ho an'ireo ze mapihemosy gny andron'gny loza sady mapagnariny gny seza fiandrianan'gny
herisitry.[4]Mandry eo am-pandria ivory ereo dra misososy eo am-parafaran'ero. Mihina zanak'agnondry
boak'amin'ireo agnondry aman'osy ereo vo zanak'agnondry boak'amin'gny fihinanam-bilo.[5]Nihira reo hira
molamola tamin'gny feon'gny harapa ereo; namoroporo raha magneno manahaky gny nahin'i Davida.[6]Nino divay
tamin'gny lasety zobo ereo sady nihososy dililo soa loasy, fe sy nalahelo gny amin'gny faharavan'i Josefa.[7]Dra
handeha an-sesitany mindray amin'ireo sesitany volohany ereo amizao, vo gny firavoravoan'ireo ze misososy dra
ho foa.[8]" Zaho, Tompo Yaveh, dra fa nifata tamin'gny vatako---zay gny fagnamabaran'gny Tompo Yaveh,
Zagnahary Tompon'gny maro, halako gny fieboeboan'i Jakoba; halako gny ferova fatrasiny. Dra hanolosy gny tana
mabmin'ize iaby ao aminazy Zaho."[9]Dra no misy folo lahy tavela ao am-pasange raiky, dra ho faty aby ereo.[10]No
misy havan-dralelahy avy so hangalaky gny fatin'ero---gny raiky ze hagnoro gny fatin'ero afaran'gny handesany
reo faty miboaky gny fasange---no mizaka amin'gny olo ao am-pasange izy ho: "Misy olo mindray aminiha ra ao?"
No mamaly anizay olo zay ho: " Aha". Dra hizaka izy ho: " Misigna, fa aoky sika sy hanogno gny agnaran'i
Yaveh."[11]Fa, ingo, hagnome beko Yaveh, dra ho torotoro gny fasange lahibe sady ho potipotiky gny fasange keliky.
[12]Sa ra gny sovaly milomay amin'gny harambato? Sa ra misy olo mapihosy agnomby ao? Fe namaliky gny poizy
handrareo vo gny vokasy gny fahamarigna ho fagnilia.[13]Handrareo ze mifaly amin'i Lodebara, ze manao ho: " Sa
ra sy fa nangalaky an'i Karnaima tamin'gny herinay avo zahay?"[14]"Fe ingo, hananga firene hanohisy andrareo
Zaho, ry taranak'Israely---zay gny fagnamabaran'gny Tompo Yaveh, Zagnahary Tompon'gny maro. Hapahory
andrareo manomboky ao Lebo-hamata hatragny amin'gny lohasahan-driakin'i Araba ereo."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 7

[1]Zeho gny nasehon'i Yaveh taminahy. INgo, namoro valla be izy nofa nanomboky niakasy gny vokasy gny lohatao,
dra ingo, taraiky gny vokasy tao afaran'gny vokasy gny pazaka.[2]Nofa baoky nihina gny vokasy gny tany ereo, dra
ho zaho: "Ry Tompo Yaveh, mbo mamindra fo aminahy, akory gny haveloman'i Jakoba? Akory dra vatany keliky
izy"[3]ka nagnazano gny mahakasiky anizay Yaveh." sy hiseho zay", ho Izy.[4]Zao gny nasehon'i Tompo Yaveh anahy:
Ingo, menso amin'gny fisaran'gny afo gny Tompo Yaveh. Zay gny nagnamaiky gny tany malalaky, gny rano laliky
ambanin'gny tany dra handevo gny tany avo koa.[5]Fe ho zaho ho: "Tompo Yaveh o, azanogny ra; akory gny
haveloman'i Jakoba? Fa vatany visiky izy."[6]Dra nagnazano gny mahakasiky anizay Yaveh ho: Sy hitranga avo koa
zay," ho gny Tompo Yaveh.[7]Zao gny nasehony anahy: Ingo, nisanga teo agnilan'gny rindry gny Tompo, nindray
tamin'gny vato pilao tegny an-tagnany.[8]Yaveh nanao taminahy ho: " Nao ra Amosa, Ino gny itaniha? Dra ho zaho: "
Vato pilao milahasy." Dra ho Gny Tompo ho: "Ingo, hametraky pilao eo amin'gny Israely vahoakiko Zaho. Sy
hamindra fo amin'ereo sasy Zaho.[9]Horava reo fitoboha abon'i Isaka, hopotehy reo fitoboha masin'gny Israely, dra
hisanga hanohisy amin'gny mesa gny taranak'i Jeroboama Zaho."[10]Dra Amazia, gny pisoron'i Betela, nandefa
hafasy tagny amin'gny Jeroboama, pazakan'Israely ho: " Fa nitetiky hanohisy aniha eo agnivon'gny
taranak'ISraely i Amosa. Sy tatin'gny tany reo zakany aby.[11]Fa zao gny zakan'i Amosa: 'Ho faty amin'gny mesa i
Jeroboama, dra ho sesi-tany hiala amin'gny taniny Israely.'"[12]Amazia nizaka tamin'i Amosa ho: " Ry Mpahita,
miheregna agny amin'gny tanin'i Joda, dra mihinana mofo sady maminania agny.[13]Fa ka manao faminania eto
Betela sasy, akory fitoboha masin'gny pazaka vo fasangen'gny pazaka itiky."[14]Dra ho Amosa tamin'i Amzia ho: " Sy
paminany zaho na zanaky gny paminany. Piaraky agnondry vo pikarakara hazo amonta vo aviavy zaho.[15]Fa
nangalaky anahy lat'agny apiarakandrovan'agnondry i Yaveh dra nizaka taminahy ho: " Mandehana, dra
maminania amin'gny Israely vahoakiko."[16]Amizao mitenoa gny zakan'Yaveh. Ho hanao ho: "Ka maminany
hanohisy an'Israely, sady ka mizaka manohisy gny taranak'Isaka."[17]Noho zay dra zao gny zakan'Yaveh: " Ho lasa
pivaro-bata ao an-tana gny valiniha; reo zanadahiniha vo reo zanakapelaniha dra ho lavo amin'gny alalan'gny
mesa; horefesy gny taniniha sady hosery; ho faty ao amin'gny tany maloto hanao, dsady halefa sesi-tany hiala ao
amin'gny taniny vatany gny Israely.""


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 8

[1]Zao gny nasehon'gny Tompo Yaveh taminahy. Ingo, voakazon'gny fahavarasy raiky haro![2]Ho Izy ho: " Ino gny
hitaniha, ry Amosa?" Dra ho zaho ho: " Gny haron'gny voakazo fahavarasy." Dra ho Yaveh taminahy ho: " Fa avy
amin'gny Israely vahoakiko gny farany; sy hamindra fo amin'ereo sasy zaho.[3]Hazary fidradradradra gny
hiran'gny tepoly. Tamin'izeho andro zeho---zay gny fagnambaran'gny Tompo yaveh. Ho maro reo faty, dra
hatorakin'ereo mangingiky egny amin'gny aby egny regny!"[4]Tenoy zao, handrareo ze magnisaky gny ory vo
magniliky gny mahnantran'gny tany.[5]Hizaka ereo ho: " Ombia vo ho tapisy gny vola vaovao, so hafahasika
mivarosy vary ndraiky? Ombia vo ho tapisy gny andro Sabata, so hahafahansika mivarosy vary? Hahisika keliky
gny famara sady hapekary gny vilim-bary, sady hangalasy amin'gny mizana diso sika.[6]Zay dra so hahafahasika
mivarosy vary rasy, vilio amin'gny volafosy gny ory, vo gny mahantra amin'gny kapa."[7]Nifata tamin'gny
fireharehan'i Jakoba i Yaveh ho: " Vatany sy ho alignoko mandrakizay mihsy gny nahin'ereo."[8]sy hihorohoro noho
zay ra gny tany, vo gny olo aby ze mitobpky ho amin'izeho dra mandala? Gny akamaroan'izeho dra hisanga
manahaky gny Onin'i Neily, sady hisamboaravoara vo hiletiky ndraiky zay, manahaky gny Onin'gny Egypta.[9]" Dra
ho avy zay amin'iho andro iho--- zay gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh--- fa hapiposaky gny masoandro
amin'gny mitatao vovogna Zaho, sady hagnamezy gny tany amin'gny dizera.[10]Hamaliky gny firavoravoa ho
fandala Zaho vo reo hirandrareo aby ho fitomagnia. Hapanoviko gny akazo fandala aby handrareo aby sady ho
sola gnylohan'gny kiraikiraky. Hanao anizay manahaky gny fandala ho an'gny zanaky alahitoka zay, sady andro
mafaisy agny amin'gny faran'izay.[11]Ingo, avy gny andro--- zay gny fagnambaran'gny Tompo Yaveh--- Nofa handefa
mosary egny amin'gny tany Zaho, sy mosary mofo, nakoa hetaheta rano, fa ho amin'gny fandregnesa reo zakan'i
Yaveh.[12]Hivembe erakin'gny ranomasy ereo; dra hilomay lat'agny avarasy ka hatragny asinagna so hitalia gny
zakan'i Yaveh, fe sy hahita anizay ereo.[13]Amin'izeho andro zeho reo viriziny soa tarehy vo reo tovolahy dra ho
ketraky gny hetaheta.[14]Reo ze nifata tamin'gny fahotan'i Samaria dra ho lavo ereo sady sy hisanga sasy."



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 9

[1]Nahita gny Tompo nizoro teo agnilan'gny Alitara zaho, dra ho Izy ho: " Zerao gny tendron'ireo andry so hihozo
reo fotosy. Torotoro gny egny amin'gny lohany aby egny, dra hamono amin'gny mesa gny sisa tavela amin'ereo
Zaho. sy misy raiky hielfa amin'ereo.[2]Ndre handavaky agny amin'gny fiegnan-sy hita aza ereo, dra gny tagnako
gny hangalaky andreo agny. Ndre dra hiakasy egny amin'gny lagnisy aza ereo, dra ho andesiko mizoso.[3]Ndre dra
mivony agny an-tapon'gny Karmela aza ereo, dra hikaroky sady hangalaky andreo agny Zaho. Ndre dra mivony
agny ambanin'gny ranomasy aza ereo, dra hagniraky gny bibilava agny Zaho, dra hagnifasy azdreo zay.[4]Ndre dra
mandeha ao amin'gny fahababoa aza ereo, andesin'gny fahvalony eo agnoloan'ereo, dra hagnome beko gny mesa
Zaho, dra hamono andreo zay. Hangety andreo avo gny masoko so hanimba fa sy hanao soa andreo."[5]Yaveh
Tompon'gny maro dra nikasiky gny tany dra nazary karakay zay; gny iaby ze miay ao amin'izeho dra mandala;
hiakasy manahaky gny Ony zeho iaby zeho, dra hiletiky ndraiky manahaky gny onin'i Egypta,[6]Izy gny
naganmboasy reo tohany agny an-dagnisy, vo fa nametraky gny andohalambony manera gny tany. Nitoka gny
ranon'gny ranomasy Izy, dra nandraraky anizay teo amin'gny velaran-tanin'ereo, Yaveh gny agnarany.[7]Sy
manahaky gny vahoakin'i Etiopia ra handrareo ho anahy, ry vaoakin'Israely?--- zay gny fagnambaran'i Yaveh. Sy
nanday an'Israely hiboaky an'i Egypta, reo filistina lat'agny Kreta, vo reo Syriana lat'agny Kira ra Zaho?[8]Ingo, eo
amin'gny fanzaka panota gny mason'gny Tompo Yaveh, dra hagnombosyanazy sy ho eto ambonin'gny tany zaho,
fe sy hamotiky tateraky gny fasangen'i Jakoba zaho--- zay gny fagnambaran'i Yaveh.[9]Ingo, hagnome beko, dra
hangozohozo gny zanak'Israely eo amin'gny firene aby Zaho, manahaky gny olo maniva vary amin'gny siva, so sy
hilasahan'gny vato keliky amin'gny tany.[10]Gny panota aby lat'amin'gny vahoakiko dra ho faty amin'gny mesa, reo
ze mizaka ho: ' Sy hahatrasy na hagnato asika gny loza.'[11]Amin'izeho andro zeho dra hananga gny tragno-lain'i
Davida ze nilavo Zaho, sady hagnatampy reo bangany. hasangako reo faharavany, dra hamboariko hanahaky gny
tamin'gny andro fa ela zay.[12]So hanagnan'ereo gny sisa tavela an'i Edoma, vo gny firene aby ze nitokavy tamin'gny
agnarako--- zay gny fagnambaran'i Yaveh--- nanao anizay Izy.[13]Ingo, ho avy gny andro--- zay gny fagnambaran'i
Yaveh--- nofa mahatrasy gny fizinza gny piasa-tany, vo reo pioty voaloboky dra hahatrasy anazy ze namboly gny
vihiny. Reo tendrombohisy dra hapiboiboiky divay mamy, vo reo havoa aby dra hikoria mindray amin'izeho.[14]Ho
andesiko mihery lat'agny amin'gny fahababoa gny vahoakiko Israely. Hananga reo tana rava ereo dra hitoboky
amin'izay, hamboly tanim-boaloboky ereo dra hino gny divain'izay, sady hana zaridaina ereo dra hihina gny
vokas'izay.[15]Hamboly anizay eo amin'gny tanin'ereo Zaho, dra sy hiombosy eo amin'gny tany ze nomeko andreo
sasy mihisy ereo," ho i Yaveh Zagnaharindrareo.

# Obadiah

Chapter 1

[1]Gny fahitan'i Obadia. Zao gny zakan'gny Tompo Yaveh mahakasiky an'i Edoma: Fa nahare tatisy boaky tamin'i
yaveh vo gny masoivoho za nalefa ho eo amin'ireo firene zahay, nanao ho: " Misangana! aoky sika hisanga so
hialy hanohisy anazy!"[2]Ingo, hahiko leliky eo amin'ireo firene hanao, ho ahy sihosino tateraky hanao.[3]Namitaky
aniha gny fireharehan'gny foniha, hanao ze mitoboky egny an-sefasefaky gny vato, amin'gny fasangeniha abo; ze
manao am-po ho: "Iza gny hapizoso anahy ho agny amin'gny tany?"[4]Ndre dra mitily abo manahaky gny
voromahery vo naory teo amin'ireo vasia aza gny akaniniha, dra hapizoso aniha lat'egny Zaho, ho Yaveh.[5]No avy
ao aminiha gny pangalasy, no avy hariva gny malaso (akory gny faharavaniha!), sa ra sy ze sahaza anazy avo gny
angalariny? No avy tao aminha gny pioty voaloboky, sara sy engany eo reo niraraky?[6]Endrey gny fitaliava an'i
Esao, vo gny fitaliava reo hare mivony![7]Reo lelahy aby nifagnaraky taminiha dra handefa aniha amin'gny
lalaniha magnagny anin'gny sisin-tany. Reo lelahy nihava taminiha dra nal=mitaky aniha, sady nandresy aniha.
Reo ze mihina gny mofoniha dra fa nametraky fandriky teo ambaniniha. Sy misy fahazavan-say ao aminazy.[8]" Sa
ra sy amin'izeho andro zeho zaho" ho i Yaveh, "gny hamotiky reo lelahy hendry lat'agny Edoma vo mazava say ao
an-tendrombohis'i Esao?[9]Ho reki-tahosy reo lelahy maheriniha, ry Temana, dra ho ripaky amin'gny alalan'gny
famonoa lat'agny an-tendrombohis'i Esao gny lelahy aby.[10]Nohon'gny herisetry nahy tamin'i Jakoba rahalahiniha,
dra ho rakosy hegnasy hanao, sady ho ripaky mandrakizay.[11]Tamin'gny andro namisahaniha, tamin'gny andro
nandesan'ireo vahiny gny fanagnany, vo gny niliran'ireo hafa firene gny vavahadiny, vo gny nanaovany loka an'i
Jerosalema, dra manahaky gny raiky tamin'ereo hanao.[12]Fa ka mifaly amin'gny andron'gny rahalahiniha,
amin'gny andron'gny fahavoazany, sady ha mifaly eo amin'ireo vahoakin'i Joda amin'gny andro handripaha
anazy; ka mirehareha amin'gny andro maha-ory andreo.[13]Ka milisy gny vavahadin'gny vahoakiko amin'gny

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

androm-pahavoazan'ereo, ka mifaly amin'gny fahoriany amin'gny andro hahitany loza, ka mandroba gny
fanagnan'ereo amin'gny andro maharava anazy.[14]Ka misanga eo an-sapagnan-dala, so handripaha reo pilefa sady
ka magnome gny sisa sy matiny amin'gny andro maha-ory.[15]Fa marin'gny firenen'aby gny andron'i YAveh.
Manahaky gny nahiniha, gny mbo hahy aminiha; hisingery ao an-dohaniha gny raha vitaniha.[16]Fa manahaky gny
fa ninominiha tao an-tendrombohisiko masy, gny hinomin'ireo firenen'aby sy an-kizano. Hino vo hitely ereo, sady
hanahaky gny sy nisy ereo.[17]Fa agny an-tendrombohisy Ziona gny hisy reo ze tafisoaky dra ho masy zay; vo gny
taranak'i Jakoba hahazo gny fanagnany manoka.[18]Gny taranak'i Jakoba dra ho afo, vo gny taranak'i Josefa ho
lelan'afo, vo gny taranak'i Esao ho mololo, dra hagnoro anazy ereo zay, ka handevo andreo. Sy hisy velo gny
taranak'i Esao, akory zay gny zakan'i Yaveh.[19]Reo ze lat'amin'i Negeva dra hana gny tendrombohis'i Esao vo reo ze
lat'agny Sefela hana gny tanin'ireo Filistina. HAna gny tanin'i Efraima vo gny tanin'i Semaria ereo; vo Benjamina
hana an'i Gileada.[20]Reo sesitanin'gny zanak'Israely maro dra hana gny tany Kanana ka hatragny Zarefata. Reo
sesitanin'i Jerosalema, ze agny sefarada dra hana gny tanan'i Negeva.[21]Reo pamonzy dra hiakasy agny an-
tendrombohisy Ziona dra hanapaky manera gny tany habon'i Esao, vo gny fanzaka dra an'i Yaveh.

# Jonah

Chapter 1

[1]Dra avy teo amin'i Jona zanadahin'i Amitahy gny zakan'i Yaveh, manao ho:[2]" Misangana dra mandehana agny
NInive, zay tana lahibe, dra miresafa gny mahakasiky anizay, akory fa niakasy teo agnatrehako gny
faharasian'ereo."[3]Fa nisanga i Jona so hilefa gny fagnatrehan'i Yaveh dra nandeha tagny Tarsisy. Nizoso tagny
Jopa izy dra nahita sambo hienga ho agny Tarsisy. Koa dra naloany gny saran-da dra niakasy tao amin'gny sambo
nindray tamin'ereo ho agny Tarsisy izy, lavisy gny fagnatrehan'Agnahary.[4]Fa nandefasan'i Yaveh sioki-mahery
tegny amin'gny ranomasy sady dra nazary tafio-drivosy tegny amin'gny ranomasy zeho. Selasela teo dra hita fa
potiky gny sambo.[5]Dra lasa natahosy fatrasy reo tansambo dra nitoka fatrasy gny zagnahariny manoka.
Natorakin'ereo tagny an-dranomasy gny eta tao amin'gny sambo so hagnameva anizay. Fa Jona se nizoso laliky
tao amin'gny sambo, dra nisilagny renoky gny torimaso tao.[6]Dra nagnanto anazy gny kapitenin-sambo dra nizaka
taminazy ho: " Nagnino hanao gny matory? Misangana! Tokavo gny zagnahariniha! Vasa mbo hahita asika gny
zagnahariniha dra sy ho faty sika."[7]Nifapiresaky ereo aby nanao ho: " Magnatogna, ndao sika hanao akisapaky, so
hahafahasika mahafatasy ho ia gny anton'izeho loza misy aminsika zeho." Dra nahin'ereo gny akisapaky, dra
nitonto amin'i Jona zay.[8]Dra ho ereo tamin'i Jona ho: " Ba zakao anay ra ho ia gny anton'izeho loza misy amisika
zeho. Ino gny asaniha, dra lat'eza hanao? Ino gny firenenihа, sady lat'amin'gny vahoaky ia hanao?[9]Ho Jona
tamin'ereo ho: " Hebreo zaho; dra matahosy an'i Yaveh, gny Zagnahary gny lagnisy, ze nanao gny ranomasy vo
gny tany maiky."[10]Dra vo maiky niha-natahosy reo lelahy dra nizaka tamin'i Jona: " Fa ino nahiniha tiky?" Fa
fatan'ireo lelahy fa nilefa gny fagnatrehan'i Yaveh izy, akory nizakany tamin'ereo.[11]Dra ho ereo tamin'i Jona ho: "
Ino gny tokony ho ahinay aminiha so hapilamy gny ranomasy ho anay?" Akory niha-nagnonza fatrasy dra fatrasy
gny ranomasy.[12]Ho iJona tamin'ereo ho: " Rambeso zaho dra atoraho agny agnaty ranomasy. Dra hilamy ho
andrareo gny ranomasy, akory fatako fa noho zaho gny mahavy zeho tafio-drivosy zeho hisy amindrareo."[13]Ndre
dra zay aza, dra namohy fatrasy reo lelahy so hapihery andreo egny an-tanety, fe sy afaky nanao anizeho ereo
akory niha-nahery gny ranomasy nanohisy andreo.[14]Noho zeho dra nitoka fatrasy an'i Yaveh ereo dra nanao ho: "
Mitalaho Aminiha zahay, ry Yaveh, mitalaho Aminiha zahay, ka enga ho faty nohon'gny ain'itihoky lelahy tihoky
zahay, sady ka melohy aminay gny fahafatesany, akory Hanao, Yaveh, dra nanao araky ze sitraky gny
foniha."[15]Koa dra nirambesin'ereo i Jona dra natorakin'ereo tagny agnaty ranomasy, dra nizano sy nisafoaky gny
ranomasy.[16]Boakeo dra natahosy an'i Yaveh reo lelahy. Nanolossy soro ho an'i Yaveh ereo sady nanao voady.[17]Dra
fa nagnoma fia lahibe hitely an'i Jona i Yaveh, dra nizano tao agnatin'gny vavonin'gny fia telo andro vo telo hariva
i Jona.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 2

[1]Boakeo dra nivavaky tamin'i Yaveh Zagnahariny latao an-trokin'gny hazandrano i Jona.[2]Ho izy ho: "Nitoka an'i
Yaveh nanoloa gny fahoriako zaho dra namaly anahy Izy; lat'agny an-trokin'gny fiaignan-sy hita gny nitokavako
vonzy! Dra reniha gny feoko.[3]Fa natorakiniha tagny amin'gny laliky zaho, tagny amin'gny farany lalikin'gny
ranomasy, dra nagnodidy anahy gny herin-driaky; nanafody anahy aby gny onza vo alon-drano.[4]Ho zaho ho: '
Voaroaky sy ho eo agnoloan'gny masoniha zaho; fe dra mbo hitoliky hagnatriky gny tepoliniha masy.'[5]Nihily
nagnodidy anahy ka hatregny amin'gny vozoko gny rano; vo nagnodidy anahy vatany gny laliky; naningosy
nagnosisy gny lohako gny ahi-dran.[6]Nizoso tagny am-potos'ireo tendrombohisy zaho; dra nikato taminahy
mandrakizay gny tany vo gny hiliny. Fe mbo napiakasy gny aiko baky tao an-davaky Hanao, ry Yaveh,
Zagnahariko![7]No rokaky tato agnatiko gny fagnahiko, dra nahasiaro an'i Yaveh zaho; dra avy teo aminiha gny
fivavako, tao amin'gny tepoliniha masy.[8]Reo ze miteno zagnahary sy misy dikany dra magnary gny fahatokianiha
magnoloa andreo.[9]Fa no gny aminahy koa, dra hanao soro ho Aniha amin'gny feo fanoloram-pisora zaho; ho
taterahiko ze fa nivoadiako.[10]Lat'amin'i Yaveh gny famonze!" Dra nizaka tamin'gny hazandrano i Yaveh, dra
naloany tegny amin'gny tany maiky i Jona.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 3

[1]Dra avy tamin'i Jona fagnindrony ndraiky gny zakan'i Yaveh nanao ho:[2]" Misangana, mandehana magnagny
NInive, gny tana lahibe, dra torio aminazy gny hafasy ze andiliako aniha."[3]Dra nisanga Jona dra nagnagny Ninive
tamin'gny fagnekea gny zakan'i Yaveh. Vo NInive dra tana lahibe vatany, raiky amin'ireo lala hateloa.[4]Nanomboky
nilisy gny tana i Jona vo tafaran'gny lala raiky andro dra nitoka fatrasy izy sady nizaka ho: " Horava i Ninive ao
agnatin'gny efapolo andro."[5]Nino an'Agnahary gny vahoaky tao Ninive dra nitoka fifadian-kany ereo. Nanao
lamba fandala aby izy aby, hatramin'gny lahibe loasy ka hatramin'gny keliky loasy amin'ereo.[6]Sy ela dra avy teo
amin'gny oazakan'i NInive gny vaovao. Dra nisanga boaky teo amin'gny seza fiandriany izy, nanaisotry gny
akazom-boninahisiny, dra nanafosy gny vatany tamin'gny lamba fandala, dra nitoboky teo an-davenoky.[7]Nandefa
fagnambara izy nozaka ho: " Etoky Ninive, amin'gny fahefan'gny pazaka vo gny olo-manan-kazany, aoky sy hisy
olo na bidy, agnomby na agnondry aman'osy, hanendry raha. Aoky sy hihina ereo, na hino rano.[8]Fa aoky gny biby
vo gny olo hisafosy lamba fandala dra aoky ereo hitaray fatrasy amin'Agnahary. Aoky gny kiraikiraiky samby
hiala amin'gny lalan-drasiny vo amin'gny herisetry ze eo an-tagnany.[9]Ia gny mahay? Vasa hanegny avo Zagnahary
ka hiova hevisy dra hiala amin'gny fahavignirany ka sy ho ripaky sika."[10]Hitan'Agnahary gny nahin'ero, fa niala
tamin'gny lalan-drasiny ereo. Noho zay dra niova hevisy Zagnahary gny amin'gny fatrokafa ze nizakany hahy
amin'ereo, dra sy nahiny zay.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 4

[1]Fa sy nahafaly an'i Jona zay dra nazary ory fatrasy izy.[2]Noho zay dra nivavaky tamin'i Yaveh i Jona dra nanao ho:
"Oh ra Yaveh, sy zeho ra gny fa nizakako taminiha nofa tafihery tagny amin'gny fireneko zaho? Zay gny antony
nihesefako volohany sady niezahako hilefa tagny Tarsisy--- akory fatako fa Zagnahary manan-karem-pahasoava,
mahari-po, malay ho ory, feno fahatokia, sady manegny amin'gny fandefasa loza Hanao.[3]Koa amizao ra, ry Yaveh,
mitalaho aminiha zaho alao aminahy gny aiko fa soa ho anahy gny ho faty toy zay ho velo."[4]Ho i Yaveh ho: " Mety
ra zeho hahorianiha f]loasy zeho?"[5]Dra niboaky gny tana i Jona dra nitoboky tegny amin'gny ilany asignanan'gny
tana. Tagny gny nanaovany felofa dra nitoboky teo ambanin'gny alok'izeho izy so hahitany ze mety hahazo gny
tana.[6]Nagnoma hazo Yaveh Zagnahary ka napisiry anizeho teo ambonin'i Jona hagnalokaloky gny lohany so
hagnameva gny fahoriany. Tena faly vatany i Jona nohon'gny amin'gny hazo.[7]Fe nagnoma kankana Zagnahary
tamin'gny fiposahan'gny masoandro gny hamaray maraindray. Nizera gny hazo zeho ka dra maiky gny hazo.[8]Vo
nofa niposaky gny masoandro gny hamaray maraindray, dra nagnoma sioky mahama lat'agny asinagna
Zagnahary. Vo koa, namely gny lohan'i Jona gny masoandro hany ka lany hery izy. Dra nagniry gny hahafatesany
i Jona. Ho izy tamin'gny vatany ho: " Aleoko maty toy zaay ho velo."[9]Dra ho Zagnahary tamin'i Jona: " Mety se
zeho hahorianiha lahibe gny amin'gny hazi zeho?" Dra ho i Jona ho: " Mety gny hahoriako, ndre gny amin'gny
fahafatesa aza."[10]Ho Yaveh ho: " Niferegnay an'gny hazo hanao, zay sy niasaniha, na napisirianiha. Nisiry tao
agnatin'gny hariva ray zeho dra maty tao agnatin'gny hariva raiky.[11]Manahaky anizay koa gny Aminahy, sy tokony
hiferegnay an'i Ninive, gny tana lahibe, ze misy vahoaky mihoasy gny zato vo ro aly ze sy mahay gny
fahasambihafa eo amin'gny tagna ankavana vo gny tagna ankavian'ereo, vo reo biby fiteza maro avo koa se
Zaho?

# Micah

## Chapter 1

[1]Zao gny zakan'i Yaveh ze avy tamin'i Mika Morastita taminigny andron'i Jotama, Ahaza, vo Hezekia, reo
pazakanigny Joda, gny zaka ze hitany nahakasiky an'i Samaria vo Jerosalema.[2]Mitenoa, hadrareo ry vahoaky.
Mitenoa, ry tany, vo izay rehetra eo aminao. Aoka gny tompo Yaveh gny ho vavolombelo hanohisy adrareo, gny
tompo avy ao amigny tempoliny masina. [3]Ingo, Yaveh miboaky avy ao amigny fitibihany; hidina izy dra
hagnisaky egny amin'ireo fitibiha avon'ny tany. [4]Ireo tedrombohosy hiempo eo amabniny; dra lohasaha hisoniky
manahaky gny savoky alohan'ny afo, manahaky gny rano izay arosaky agny amigny hasana.[5]Izay rehetra izay dra
noho gny fikomian'i Jakoba, dra noho ireo fahotan'ny taranak'Israely. Ino gny anton'ny fikomoan'i Jakoba? Moa sy
i Samaria se? Ino gny anton'ireo avon'i Joda? Moa sy i Jerosalema se?[6]"Hanao an'i Samaria ho korotam-bato egny
asaha Zaho, manahaky gny toera fambolem-boaloboky. Hanosiky reo orim-batony ho egny andohasaka Zaho; dra
hapiharihary reo fagnambaniny. [7]Ho voatorotoro reo sari-raha voasokiny aby; dra ho ma aby reo fagnomezany.
Reo sapiny aby hopotehiko. Akory boak'amireo fagnomeza ho anigny fizangazangany gny namoriany anio, dra
taminigny saranigny fivarota-tegna gny hiheregnan'iregny."[8]Noho zay atony zay dra hitaray vo hindradradradra
zaho; handeha sy misy kapa zaho dra mifahasy; hindradradradra manakahy gny amboa mola zaho dra handala
manahaky gny vorondolo. [9]Fa sy ho sitrany sasy gny feriny, akory boaka Joda agny zay. Fa nahatrasy gny
vavahadinigny vahoako zay, dra agny jerosalema. [10]Ka mizaka gny momba zay agny Gata; ka tomagny sasy. Ao
Beti-le-afra zaho gny magnosisy botany gny vatako.[11]Mandalova ami-pitazaha vo hegnasy, ry ponin'i Safira. Ka
miboaky ry ponin'i Zanana. Aoka Handala i Beti-haezela, akory nala gny ferovan'ereo. [12]Fa mandigny ami-
pitaitaigna gny vaovao mahafaly reo ponin'i Marota, akory nilasaky boak'amin'i Yaveh ho ao aminigny
vavahadin'i Jerosalema gny loza.[13]Fehezo aminigny ali-sovala malaky fandeha gny kalesy, ry ponin'i Lakisy. Ino,
ry Lakisy, gny fiandoha-pahota ho anigny zanakapen'i Ziona, akory hita tagny aminao reo fahalotoan'Israely. [14]Ko
dra homenao taratasy fisora i Moresetagata; gny renivohis'i Akziba handiso fanatena reo pazakan'Israely.
[15]Hinday pandresy ho agny amindrareo ndraiky Zaho, ry ponin'i Maresa; ho avy agny amin'i Adolama gny
famirapiras'Israely. [16]Harato gny lohandrareo dra tapaho gny volondrareo ho an'ireo zanandrareo ze
akasitrahandrareo. Solao manahaky gny voromahery gny vatandrareo hatao sesi-tany hiala ao amindrareo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 2

[1]Loza ho anize mamoro-keloky, ho anize mandrafisy gny hanao rasy eo apandriany. Aminigny maray gny
anovan'ereo anizay akory mana fahefan'ereo. [2]Magniry saha ereo dra giazany zay; magniry tragno ereo dra
mangalaky anizay. Mapahory olo vo gny akohonany ereo, dra olo vo gny lovany.[3]Niho zay dra izao gny zakan'i
Yaveh ho: "Ingo, fa minday loza hamely anizay fianakavia zay Zaho, ze sy hangalandrareo gny tendrandrareo. Sy
handeha ami-piavognavogna handrareo, akory dra ho fotoa rasy zay. [4]Amizay andro zay dra hivety hira momba
andrareo reo fahavalondrareo, dra handala aminigny hira fandala. Ereo hihira ho: 'Rava tateraky zahay Israelita;
Yaveh magnova gny faritaninigny vahoako. Nagnino gny hangalany anizay aminahy? Mizara reo sakanay ho
an'ireo pamadiky Izy!"' [5]Noho zay, handrareo ry panakarena dra sy ba hana taranaky hizara gny faritany
aminigny loka ao aminigny fengonan'i Yaveh.[6]"Ka maminany," hoy ereo. "Aoky ereo sy haminany reo raha reo;
aoky sy ho avy gny fahafam-baraka." [7]Ry taranak'i Jokoba, moa tokony zaka vatany ra zao ho: "Ory ra gny
Fagnahin'i Yaveh? Moa tena asany ra reo?" Moa sy mapahasoa anizay mandeha mahisy ra gny zakako? [8]Agny
afara kely dra hisanga manahaky gny fahavalo gny vahoako. Manala gny tohitegna, gny akazo, egny amize
mandalo sy ami-piahia handrareo, manahaky reo miaramila mihery boak'agny agnaly ho agny amize heveriny fa
mandry fahalema.[9]Alandrareo amireo tragno tiatiany gny apela vahoako; sitonindrareo aminigny zanak'ereo
mandrakizay gny fitahiako. [10]Misangana ka mela, fa sy toera ahafahandrareo mitoby etiky, noho gny fahalotoany;
nipotehy taminigny fahapoteha tateraky ty. [11]Raha misy olon'avy agny amindrareo aminigny fagnahinigny
favandia vo dra manao anizahoky ho: "Haminany aminao momba gny divay vo raha finomy mahery zaho," dra
hahery ho paminany ho anizay vahoaky zay izy.[12]Hamery andrareo aby vatany Zaho, ry Jakoba. Hamory gny sisa
amin'Israely vatany Zaho. Hinday anereo manahaky gny agnondry ao aminigny andiany, manahaky gny
agnondry maro eo agnevonigny fihinanam-bilony Zaho. Hisy feo fatrasy noho gny fahamaronigny vahoaky. [13]Ze
olo mamaky dra manokaky gny lalan'ereo ho anereo dra handeha eo agnoloanereo. Handeha hamaky gny
vavahady ereo dra hiboaky; gny pazakan'ereo gny handeha eo agnoloany. Yaveh gny ho pitariky anereo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 3

[1]Hoy zaho: "Mitenoa amizao, handrareo ry pitarik'i Jakoba vo panapaky gny tarana'Israely: Moa ra sy mety
amindrareo gny mahatakasy gny fahamarigna? [2]Handrareo ze malaiky gny soa vo tia gny rasy, handrareo ze
mandrava gny holis'ereo, gny nofon'ereo aminigny tolany__[3]hanao ze mihina gny nofonigny oloko avo koa, dra
mandrava gny holiny, manapaky gny tolany, dra mamakivaky anereo, manahaky gny hena atao ao ambilagny,
manahaky gny hena atao ao aminigny fahandroa-kena.[4]Dra hitoka fatrasy an'i Yaveh handrareo panapaky, nefa
sy hamaly andrareo Izy. Hagnavony gny tarehiny amindrareo Izy amizay fotoa zay, akory fa nanao asa rasy
handrareo."[5]Zao gny zakan'i Yaveh momba ireo paminany ze napirenireny gny oloko: "Ho anize namahan'anereo
dra hizaka ereo ho: 'Hisy fagnambina.' Fa ho anize sy nagnisy na ino na ino ao am-bavany, dra hanomboky hialy
aminazy ereo. [6]Noho zay, dra hariva ho andrareo zay dra sy hisy fahita ho andrareo; ho mezy zay ba sy
hanovandrareo sikily. Hiletiky amireo paminany gny masoandro, dra ho mezin'amin'ereo gny andro. [7]Ho
megnary reo pahita, dra ho very hevisy reo pisikily. Hagnapia gny molony izy aby, akory sy misy valiny
boak'aminahy atiky."[8]Fa raha gny aminahy, dra feno hery noho gny Fagnahin'i Yaveh zaho, sady feno
fahamarigna vo fahereza, ba hitalily amin'i Jakoba gny helony, vo amin'Israely gny fahotany.[9]Mitenoa izao,
handrareo pitariky gny taranak'i Jakoba, vo panapaky gny taranak'Israely, handrareo ze malaiky fahamarigna,
vo magnody gny raha marin'aby. [10]Manangana an'i Ziona aminigny lio vo Jerosalema ami-pahota handrareo.
[11]Misara noho gny kolikoly reo pisarandrareo, mapianasy noho gny tamby reo pisorondrareo, dra maminany
noho gny vola reo paminanindrareo. Nefa handrareo miakin'amin'i Yaveh dra manao ho: "Moa sy momba asika
ra Yaveh? Ko dra sy hisy rasy hahazo asika."[12]Noho zay, noho hanao, dra hasay manahaky gny saka i Ziona, ho
korotam-bato i Jerosalema, dra hanahaky gny havoa rakos'ala gny havoanigny tepoly.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 4

1Fa aminigny andro farany dra hiorin'eo amireo tendrombohisy hafa gny tendrombohisy gny tragnon'i Yaveh.
Hasandrasy agnabon'ireo havoa zay, dra hitazozosy magnagny amizay reo vahoaky.2Handeha reo firenena maeo
dra hanao anizahoky ho: "Avia, handeha sika hiakasy agny an-tendrombohis'i Yaveh, agny an-tragnon'Agnaharin'i
Jakoba. Hapianasy asika reo fombany Izy, dra handeha amireo lalany sika." Fa boak'ao Ziona gny hiboahanigny
lalana, dra boak'ao Jerosalema gny zakan'i Yaveh. 3Hisara amireo vahoaky maro Izy hanapa-kevisy mahakasiky
reo firenena maro lavisy. Hively gny mesan'ereo ho fangaly ereo dra gny lefony ho faneteza. Sy hananga mesa
hifamely gny firenena, na hizasy ho aminigny aly sasy.4Fa koa, hanoby gny olo sirairay ambaninigny voaloboky
vo ambaninigny hazon'aviaviny ereo. Sy hisy olo hapatahosy anereo, fa gny vavan'i Yaveh toponigny maro gny fa
nizaka. 5Fa gny vahoaky aby dra mandeha, gny sirairay, aminigny agnaranigny zagnahariny. Fa isika dra handeha
aminigny agnaran'i Yaveh Zagnaharisika mandrakizay doria.6"Amizay andro zay" hoy Yaveh dra "Hamory gny
malemy vo hamory reo vahoakao Zaho, dra reo ze napahoriako. 7Hataoko ho sisa tavela gny malemy, dra ho
firenena matazaky reo ze voaroaky, dra Izao, Yaveh, gny hazaka amin'ereo ao an-tendrombos'i Ziona, amizao dra
ho mandrakizay. 8Dra hanao, ry tilikambo fiambena gny agnondry aman'osy, havoanigny zanakapelan'i
Ziona__dra ho avy aminao zay, hihery gny fanapahanao taloha, dra gny fazaka ze anigny zanakapelan'i
Jerosalema.9Amizao, nagnino gny mikioky fatrasy hanao? Sy misy pazaka ra eo aminao? Maty ra gny
panolosainao? Zay ra gny mahatonga gny fanaitaigna mahazo anao manahaky gny apela eo am-piteraha? 10Aoky
hanaitay dra hihesi-zaza raha hiteraky, ry zanakapelan'i Ziona, manahaky gny apela miteraky. Fa amizao hanao
dra hiboaky gny tana, hitoby agny agnahisy, dra handeha agny Babylona. Agny gny hagnavotan'anao.Agny gny
hagnavotan'i Yaveh anao eo atagnan'ireo fahavalonao.11Amizao movondrogna hanohisy anao reo firenena maro;
hoy ereo: 'Aoky ho voaloto izy; aoky gny masosika hifaly amin'i Ziona.'" 12Hoy gny paminany: '"Sy fatas'ereo gny
eriseris'i Yaveh, sady sy manahaky gny fikasany, fa namory anereo manahaky gny amboara ho eo am-pamoloa
Izy."13Hoy i Yaveh: "Misangana dra miveleza, ry zanakapelan'i Ziona, fa hataoko vy gny tandrokao, dra hataoko
varahy gny kitronao. Hanorotoro vahoaky maro hanao. Zaho hanoka reo hareny sy ara-drariny ho anigny vatako,
Yaveh, gny fanagnan'ereo honahy, gny toponigny tany manotolo."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 5

[1]Amizao mindresa ao aminigny filaharan'aly, ry zanakapelan'ireo miaramila; fa nanoby tovo-tany magnodidy gny
tanan'ireo maramila, aminigny sora-kazo gny hamelezany gny pisaranigny Israely eo aminigny takolany.[2]Nefa
hanao, ry Betlehema Efrata, na dre farany masaiky eo amireo fokon'i Joda aza hanao, dra ao aminao gny
iboahanigny olo hagneo Aminahy ba hanapaky gny Israely, ze hatramin'ireo fotoa faela gny fiandohany, dra
haharisy mandrakizay. [3]Noho zay dra hahafo anereo i Zagnahary, hatraminigny fotoa hitrotroagnani'ze mihesi-
zaza, dra gny tavela amireo anadahiny dra hiherin'agny aminigny vahoakin'Israely.[4]Hizoro Izy dra handigny gny
agnondry aman'osy aminigny herin'i Yaveh, aminigny voninahisy gny agnaran'i Yaveh Zagnahariny. Hitoby ereo,
dra akory ho lahibe hatragny aminigny faranigny tany Izy. [5]Ho fedagnasika Izy. Gny fa avy ao aminigny tanisika
reo Asyriana, gny fa manao liambe hanohisy reo ferova mafisika anereo, dra hisanga hanohisy anereo aminigny
piaraky agnondry fito vo pitariky valo amireo olo sika.[6]Handigny gny taninigny Asyria ami-mesa ereo, vo eo gny
fidira ao amizay gny tanin'i Nimroda. Hagnavosy asika aminigny Asyriana Izy, gny fa avy eo aminigny tanisika
ereo, gny fa manao liambe agnatinigny faritanisika ereo. [7]Gny sisa tavela amin'i Jakoba dra ho eo agnevon'ireo
vahoaky maro, manahaky gny ando boak'amin'i Yaveh, manahaky gny ranon'ora eo aminigny ahi-meso, ze sy
mandigny olo, dra sy mandigny gny zanak'olombelo ereo.[8]Gny sisa tavela amin'i Jakoba dra ho eo amireo
firenena, eo amireo vahoaky maro, manahaky gny liona eo amireo biby agny agnala, manahaky gny liona tanora
eo amireo agnondry maro. Gny fa mamakivaky eo amireo izy, drahagnosihosy vo hamotipotiky reo, dra sy hisy
olo hamozy anereo. [9]Hisandrasy hamely reo fahavalonao gny tagnanao, dra hamotiky anereo zay.[10]"Zao gny
hitranga amizay andro zay" hoy Yaveh "Hovonoko eo aminao reo sovalanao dra hopotehiko reo kalesana.
[11]Horavako reo tana eo aminigny taninao dra harodako gny mandanao aby.[12]Hopotehiko gny sikily eo
atagnandrareo, dra sy hana pisikily sasy hanao. [13]Hopotehiko reo sary sokisao vo reo sangam-batonao eo aminao.
Sy hanopo gny asa-tagnanao sasy hanao. [14]Hofongoriko eo aminao reo tananao. [15]Hagnatateraky valifaty ami-
fahoria vo fahasiaha eo amireo firenena ze sy nakato Zaho."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 6

[1]Amizao mitenoa ze zakan'i Yaveh: "Misangana dra alaharo eo agnatrehan'ireo tendrombohisy gny
raharahandrareo; aoky reo havoa hahare gny feondrareo. [2]Mitenoa gny alin'i Yaveh, handrareo ry
tendrombohisy, vo handrareo fagnambany maharisy tany. Fa manan'aly aminigny vahoakiny Yaveh, dra hialy
hanohisy gny Israely eo aminigny fisara Izy."[3]"Ry oloko, ino gny nataoko andrareo? Nagnino gny nandrerahako
andrareo? Mizoroa vavolombelo hanohisy Anahy! [4]Fa nandesiko niakasy hiboaky gny tany Egypta handrareo dra
navotako hiboaky gny tragno fanandevoza. Nagniraky an'i Mosesy, Arona, dra Miriama tamindrareo Zaho. [5]Ry
oloko, sarovy ze niheverin'i Balaka pazakan'i Moaba, vo gny fomba namalian'i Balama zanak'i Beora anazy raha
nandeha nagnagny Sitima dra hatragny Gilgala handrareo, ba hahafahandrareo mahafatasy gny asa-marin'i
Yaveh."[6]Ino gny tokony handesiko ho an'i Yaveh, raha mekohoky eo amin'Agnahary Avo zaho? Tokony ho avy eo
Aminazy miaraky aminigny fagnatisy oroa, aminigny zanak'agnomby heritao ra zaho? [7]Moa ra Yaveh hakasitraky
agnondrilahy agnarivony, na oni'dililo agnaliny? Tokony hanolosy gny lahimatoako noho gny heloko ra zaho, gny
naterako noho gny fahotako avo? [8]Fa nizaka anao Izy, ry olo, ho ino gny soa, dra ono gny taken'i Yaveh aminao:
Manova gny mary, tiava ami-pahasora, dra mandehana ami-panetre-tegna mindray amin'Agnahary.[9]Manao
fagnambara aminigny tana gny feon'i Yaveh__na gny fahendre aza amizao dra miaiky gny agnaranao: "Tenoy gny
sora-kazo, vo gny olo ze nanoby anizay taminigny fitoerany. [10]Misy harena ao atragnonigny rasy fagnahy sy mary,
dra fandrefesa mavandy ze fahavetaveta.[11]Tokony hihevisy gny olo ho sy mana-signy ra Zaho raha mapiasa
mizana mavandy izy, mindray aminigny tatinao fandaza mamitaky? [12]Feno herisetra gny pana-karena, fa nizaka
vandy reo pony, dra pamitaky gny lelany ao ambavany.[13]Noho zay dra namely anao taminigny rasy maharary
Zaho, fa nataoko ho rava noho reo fahotanao hanao. [14]Hihina hanao fa sy ho afa-po; hitoby ao agnatinao gny
haresianao. Hamory harena hanao fa sy hahavy, dra ze voavorinao dra homeko gny mesa. [15]Hamafy hanao fa sy
hiziza; hagnisakisaky oliva hanao fa sy hihisosy dililo; hagnosihosy voaloboky hanao fa sy ba hino divay.[16]Reo
fisipiky nataon'i Omry dra fa voatandry, dra reo asanigny taranak'i Ahaba aby. Mandeha araky ze torohevis'ereo
hanao. Ko hataoko, ho faharava, hanao ry tana, dra raha mapisitrisitry handrareo ry pony, dra hizaka lasa
manahaky gny vahoako handrareo."



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 7

[1]Lozako! Fa honahy zay dra gny ho tapisy gny fiotaza gny tegnakazo, sady koa famoria gny ambi-boaloboky ao
aminigny tanimboaloboky: Sy misy sapahom-boaloboky hita sasy, sy nisy tamireo aviavy niali-tao ze niriako
fatrasy. [2]Nazavo taminigny tany gny olo mahatoky, sy misy olo-mahisy ao aminigny olombelon'aby. Magnotriky
handasa-dio avokoa izy aby; gny sirairay magnety gny rahalahiny aminigny harato avo.[3]Mailaky amigny fanova-
drasy gny tanan'izy ireo: Mitaky vola ireo panapaky, vono amigny kolikoly gny pisara, dra mizaka amin'ireo hafa
izay tiany ho azo gny lelahy matazaky. Dra manahaky an'izay gny iarahany miteti-drasy. [4]Gny soa indrindra
amin'izy ireo dra manahaky gny roy, gny mahisy indrindra dra fefy silo. Izay dra andro fa volazan'ireo pitilinao
mialoha, dra gny andro famaizana adrareo. Izao gny fotoan'ny fahaverezan-kevisy izy ireo.[5]Ka matoky piara-belo;
aza mametra-pitolisana amigny namana. Tadremo ze zakanao na amigny vehivavy izay mandry eo asadrinao
aza. [6]Fa hanirasira gny babany gny zanaky lahy, hisanga hanohisy an-dreniny gny zanaky apela, dra gny vinanto
apela hanohisy gny rafozam-baviny. Gny olo ao an-tragnony avo gny fahavalon'ny olo[7]Fa raha izaho avo, dra
hagnety an'i Yavehzaho, handigny gny Zagnahariny gny famozena anahy zaho; hiteno anahy gny Zagnahariko.
[8]Ka mifaly aminahy, dra fahavaloko. Fa gny lavo zaho, dra hiarina draiky. Raha mitoboky ao amigny mezy zaho,
dra Yaveh gny ho fahazavana hon'ahy.[9]Satria nanota tamin'i Yaveh zaho, dra hizaka gny hatezerany mandra-
pandahany gny zakako, vo hagnataterahany fisarana hon'ahy. Hinday anahy ho eo amigny fahazavana izy, dra
hahita anazy magnavosy anahy ao amigny fahamarinanay zaho.[10]Dra hahita izay ireo fahavaloko, dra gny
hegnasy gny hagnaro izay nizaka taminahy ho: "Eza Yaveh Zagnahario?" Hagnety anazy gny masoko; ho
voahosihosy manahaky gny fataky egny an-dalana izy.[11]Ho avy gny andro hanangana gny mandanao; amin'izay
andro izay dra hitarina hatragny lavisy ireo faritaninao. [12]Amin'izay andro izay dra ho avy aminao gny
vahoakinao, avy agny Asyria vi ireo tanana agny Egypta, avy agny Egypta dra hatragny amigny reninao lahibe,
Eofrata, avy amigny ranomasina, dra avy amigny tedrombohisy dra hatragny amigny tedrombohisy. [13]Ireo tany
ireo dra hilaozana noho gny vahoaky izay mitoboky ao ankehitriny, noho gny vokasy gny asan'ny ireo.[14]Ambeno
amigny sora-kazonao gny vahoakinao, dra gny agnondry miaraky amigny osy lovanao. Mitoboha raiky agny
agnala izy ireo, eo agnevon'ny tanimboly. Aoka izy ireo horaoky agny Basana vo Hileada manahaky gny tamigny
ndro izay niboahanao gny tany Egypta, dra haneho fahagagana anazy ireo zaho.[16]Hanita dra ho magnasy gny
heriny rehetra ireo firenena. Hitampim-bava izy ireo; hagnery gny sifin'izy ireo. [17]Hilelasy gny botany gny
bibilava, manahaky gny zava-boary izay mige amigny tany izy ireo. Hiboaky avy ao an-davany amitahosy eo
aminao izy ireo, dra Yaveh Zagnaharinay, dra hatahosy naho hanao.[18]Iza gny Zagnahary manahaky anao, hanao
izay mangalaky fahotana, hanao izay mandalo ambonin'ny heloky gny sisa tavela amigny lovanao? Sy mita gny
fahatezerana hanao, satria tianao gny maneho gny famidra-ponao aminay.[19]Hangoraky anay draiky hanao;
hagnisaky ireo helokay ambany tombokao hanao. Hagnary gny otanay rehetra ao amin'ireo lalin'ny ranomasina
hanao. [20]Hagnome gny marina ho an'i Jakoba vo famidra-po ho an'i Abrahama hanao, manahaky gny
niananananao tamin'ireo razambeny tamin'ireo andro fahiny.

# Nahum

Chapter 1

[1]Gny fagnambara mahakasiky an'i Ninive. Gny bokin'gny fahitan'i Nahoma, gny Elkosita.[2]Zagnahary saro-piaro
sady mamaly faty YAveh. Mamaly faty sady feno hahoria Yaveh. Mamaly rasy amin'ireo pifagnandry aminazy
Yaveh, sady manohy gny hahoriany ho an'gny fahavalony Izy.[3]MAhari-po sady lahibe amin'gny heriny Yaveh; sy
hagnambara reo fahavalony ho sy manan-signy velively Izy. Hanao gny lalany amin'gny tafio-drifosy Yaveh, vo
gny raho gny botany gny tombony.[4]Mizaka fatrasy gny ranomasy Izy dra magnamaiky anizay; mandrisy gny
renirano aby Izy. Ketraky i Basana, dra i Karmela avo koa; malazo reo vonikazon'i Libanona.[5]Mihovisy amin'gny
fagnatrehany reo tendrombohidy, vo mietry reo havoa; miroda amin'gny fagnatrehany gny tany, eka vatany, gny
tany vo ze olo aby mitoboky aminazy ao.[6]Ia gny hahazoro eo agnatrehan'gny hahoriany? Ia gny hahatohisy gny
firehetan'gny hahoriany? Miraraky manahaky gny afo gny hahoriany, nivakivakiny reo vatolapy.[7]Soa Yaveh,
ferova fatrasy amin'gny andro fahoria; sady mahatoky amin'ize mialoky aminazy Izy.[8]Fa hanapisy tateraky reo
fahavalony amin'gny tondra-drano manafosy koa Izy; hagnitriky andreo agny amin'gny hezy Izy.[9]Mitetiky ino
anohera an'i Yaveh handrareo ry vahoaky? Hamara tateraky anizay Izy; sy hisondrosy fagnindrony gny fahoria.
[10]Fa ho reki-tahosy manahaky gny kirihisy silo; ho safosy gny raha finomy; ho levon'gny afo tateraky manahaky
gny mololo maiky ereo.[11]Nisandrasy tao aminiha, ry Ninive, gny olo ze nikasa raha rasy hagnohera an'i Yaveh, dra


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

olo ze nandrisiky faharasia.[12]Zao gny zakan'i Yaveh: " Ndre dra ao amin'gny tazakiny tateraky vo maro isa aza ereo, dra ho ripaky ereo; sy hisy olo sasy. Fa hanao, ry Joda: Ndre dra napahory aniha aza Zaho, dra sy hapahory aniha sasy Zaho.[13]Dra hanapaky gny ziogan'ireo olo ao aminiha Zaho; hanapaky reo fatosiniha Zaho."[14]Fa nagnome beko mahakasiky aniha Yaveh, ry Ninive: " Sy hisy sasy gny taranaky handay gny agnaraniha. Hagnombosy reo sari-draha voasokisy vo reo sarin-draha an-idina amin'ireo fasangen'ireo zagnahariniha Zaho. Hialy reo fanasaniha Zaho, akory sinosino hanao."[15]Ingo, egny an-tendrombohisy gny tomboky gny olo ze manday vaovao mahafaly, zay magnambara fiadagna! Akalazao reo firavoravoandrareo, ry Joda, dra efao reo voadindrareo, fa sy holefa andrareo sasy gny rasy fagnahy; ripaky tateraky izy.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 2

[1]Miakasy hanohisy aniha gny hanorotoro aniha ho sainga maromaro. Mametraky piamby eo amin'gny fefin'gny
tana, ambeno reo lala, atazaho gny vatandrareo, avosio reo tafikindrareo.[2]Fa mapihery amin'gny laoniny gny
voninahis'i Jakoba manahaky gny voninahis'Israely i Yaveh, ndre dra niravan'gny mpandroba aza ereo sady
nipotahy reo sampam-boalobokiny.[3]Gny apingan'ireo lelahy mahery dra mena, vo reo lelahy be heri-po miakazo
zaky; manzelasy gny metalin'ireo kalesy amin'gny andro dra fa nahy ho vono zay, vo gny lefa kypreso dra
mihevaheva egny amin'gny rivosy.[4]Mirifasy eraky gny lala reo kalesy; mifagnaresaky etoky vo erihoky egny
amin'gny lalam-be ereo. Mitovy amin'gny fagnilo ereo, dra milomay manahaky gny selasy.[5]Mitoka reo mana-
pahefany gny hanorotoro aniha ho singa; mifaminga egny amin'gny lalany ereo; mandeha malaky ereo so
hanafiky gny fefin'gny tany. Novono gny ferova lahibe so hiaro reo panafiky.[6]Reo vavahady eo amin'gny renirano
dra notere sokafa, dra miroda ho amin'gny faharava gny lapa.[7]Nendahy gny akazon'i Hozaba dra nala; mitoloky
manahaky gny voromailala sady miteha-tratra reo panopo apelany.[8]Manahaky gny ranom-parihy mitete i NInive,
dra milefa manahaky gny rano mikoria gny vahoakiny. Gny hafa mihiaky ho: " Mizanogna, mizanogna," fe sy
misy mitoliky.[9]Alao babo gny volafosy, alao babo gny volamena, fa sy hisy fiafarany zay, ho an'gny
famirapiratr'ireo raha-sarobidin'i Ninive aby.[10]Foa sady ravarava i Ninive. Ory gny fon'gny olo aby, nindray
valaketraky gny pokopoko gny olo aby, ao amin'gny olo aby gny fahoriam-be; hasatry aby gny tarehin'ero.
[11]Amizao eza gny lavaky gny liona, gny toer ze famahana gny liona tanora, gny toera fandehan'gny liona lahy vo
vavy, mindray amin'ireo zanaky liona, zay natahoran'ereo ndre ino ndre ino?[12]Mamotikipotiky reo hazany ho
an'gny zanany gny liona; nagnakenda reo hazany ho an'gny liona vavy izy, sady nameno gny zohiny tamin'ireo
haza, gny lavany amin'gny sisan-tolany voapotipotiky.[13]" Ingo, hanohisy aniha Zaho---zay gny fagnambaran'i
Yaveh Tompon'gny maro. Horoako ao amin'gny setroky reo kalesiniha, sady handevo reo liona tanoraniha gny
mesa. Ho fangoriko amin'gny taniniha reo baboniha, sady sy ho re sasy gny feon'ireo panday hafasiniha."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 3

[1]Loza ho an'gny tana feno lio! Feno vandy vo fanagna hakasy aby zay; ao aminazy mandrakariva reo babo.[2]Fa
amizao dra misy feon'gny karavasy vo gny feon'gny firodorodon'ireo kodiara, fikatrokatrok'ireo sovaly, vo gny
firaondraon'ireo kalesy.[3]MIsy fanafihan'ireo pitikisy sovaly, selasy gny mesa, famirapirasy gny lefo, korotam-paty,
faty mitandahasy. Sy misy fiafarany reo faty; voafinga eo ambon'ereo gny panafiky anazy.[4]Mitranga zay noho gny
filan'gny zanga soa tarehy, gny matihany amin'gny sikily, ze mivarosy firene amin'gny alalan'gny fivarotam-
batany, vo gny vahoaky amin'gny alalan'gny fanaovaby sikily.[5]" Ingo, halemy aniha Zaho--- zay gny fagnambaran'i
Yaveh Tompon'gny maro--- hapienga gny lambaniha eo amin'gny tarehiniha Zaho dra hapiseho reo farisy
mamoafadiniha amin'ireo firene, gny hegnasiniha amin'ireo fanzaka.[6]Hanoraky fahalotoa mapadikidiky aminiha
Zaho sady hanao aniha ho rasy; hahiko ho olo fagnetihetin'gny olon'aby hanao.[7]Vo gny olon'eby ze magnety aniha
dra hilefa aniha sady hizaka ho: " Rava i Ninive; ia gny mbo hitomagny anazy?" eza gny ahitako olo hakahery
aniha?"[8]Nao ra Ninive, sa ra hanao soa noho i Teba, ze naory eo amin'gny Renirano Neily, ze nisy rano magnodidy
anazy, dra ranomasimbe gny arony, gny ranomasy avo gny fefiny?[9]Etiopia vo Egypta gny tazakiny, dra sy nisy
fiafarany gny amin'izay; Pota vo Lybia gny pindray mialy taminazy.[10]Fe nandesy i Teba; lasa agny amin'gny
fahababoa izy; voatorotoro tegny an-dohan'gny lala reo zanany tanora; nanoraky filoka ho an'ireo lelahy manam-
boninahisy reo fahavalony, dra voafatosy tamin'ireo rozo vy reo lelahiny mahery.[11]Ho avy mamo avo koa hanao;
hiezaky hivony hano, sady hitalia felofa amin'ireo fahavaloniha avo koa hanao.[12]Reo ferovaniha fatrasy dra
manahaky reo hazon'aviavy mindray amin'gny aviavy masaky alohan'gny fotoa: no ahozongozo ereo, dra hihinsa
eo am-bavan'gny pihina.[13]Ingo, gny vahoaky ao aminiha dra apela; reo vavahadin'gny taniniha dra nosokafa
midagnadagna ho an'ireo fahavaloniha; nandevo gny hiliny gny afo.[14]Mandehana mangala rano ho amin'gny
fahirani; hamafiso reo ferovaniha mafiniha; mandehana amin'gny tanimanga dra hosihoseo gny feta; alao ho
an'ireo biriky gny tavy.[15]Handevo aniha agny gny afo, dra handringa aniha gny mesa. Handevo aniha manahaky
gny fandevognan'gny valala gny raha aby zay. Ahivo maro an'isa manahaky reo valala vao gny vatandrareo, dra
ho maro manahaky reo valala.[16]Napitombo reo pandrantoniha mihoasy gny vasia egny amin'gny lagnisy hanao;
fe manahaky gny valala vao izy regny; mandroba gny tany ereo dra boakeo dra lasa mitily.[17]Maro manahaky reo
valala gny andriandahiniha, vo gny zeneraliniha dra manahaky gny andian'ereo ze mitoby ao amin'ireo fefy
amin'gny andro manara. Fa nofa miposaky gny masoandro dra mitiky agny amin'gny toera sy fatan'olo reo.[18]Ry
Pazakan'i Asyria, resin-tory reo piaraky agnondriniha; mandry amin'gny fizanognany reo panapakiniha. Niely
egny an-tendrombohisy gny oloniha, dra sy misy ndre ia ndre ia hamory andreo.[19]Sy hisy fagnasitragna hay ahy
ho an'ireo ratriniha. Fatrasy loasy reo ratriniha. Ze iaby mahare gny vaovao mahakasiky aniha dra hiteha-pifalia
eo aminiha. Ia gny afaky nilefa gny faharasianiha mitandava?

# Habakkuk

Chapter 1

[1]Gny hafasy ze niresin'i Habakoka paminany: [2]"Ry Yaveh, mandra-pahovia gny hitokavako vozy, dra sy hiteno
hanao? Nitoka fatrasy Anao tao agnatinigny horohoro zaho ho: "Herisetara!" nefa sy hamozy anahy hanao.
[3]Nanao akory gny ataonao mahita haoria zaho dra mahita gny fanovan-drasy? fadrava sy heriloha gny eo
alohako; misy fifandira, dra fanangana fifazevogna. [4]Noho zay dra sy nanakery gny lalana, dra sy naharisy
taminigny fotoan'aby gny rariny. Fa niodidy gny fahamarigna gny rasy fagnahy; ko dra miboaky gny rariny diso."
Mamaly an'i Habakoka Yaveh.[5]"Atio reo firenena dra hadihadio ereo; aoky ho gaga vo ho talazo! Fa hanao raha
vatany Zaho amireo androndrareo ze sy hinoandrareo gny fa tetery amindrareo zay. [6]Fa ingo! Hanandrasy reo
Kaldeana Zaho__gny firenena masiaky vo maherisetra__ manao liam-be manera gny sakanigny tany ba hambabo
reo tragno ze sy anereo izy. [7]Mapihorohoro vo mapatahosy ereo; boak'aminigny vatan'ereo gny fisarany vo gny
famirapiratany.[8]Reo sovalany avo koa dra malaky fandeha noho gny leoparda, mailaky noho gny amboa mola. Ko
miriosy gny sovalan'ereo, dra boaky lavisy agny gny pitikisy sovalan'ereo_mitily manahaky gny voromahery
meky hihina ereo. [9]Avy noho gny herisetra avokoa izy aby; mandeha manahaky gny sioky agny agnefisy gny
vahoaky maron'ereo, dra mamory reo trasy babo manahaky gny fasy ereo.[10]Ko nanirasira reo pazaka ereo, dra
reo panapaky dra fihomeheza ho anereo fosiny avo. Nihomehy gny ferovan'aby ereo, akory nanasavovo tagny
ereo dra nanambosy anereo. [11]Dra ho avy gny sioky; handalo zay__olo-ory, reo ze heriny gny zagnaharin'ereo."
Mametraky fagnotania hafa amin'i Yaveh i Habakoka.[12]"Moa ra sy boak'aminigny fotoa fahiny Hanao, ry Yaveh
Zagnahariko, gny raiky Masiko? Sy ho maty zahay. Fa nanendry anereo hosara Yaveh, dra Hanao, ry Vatolapy, gny


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

fa nanoby anereo ho ahisy.[13]Malio loasy gny masonao raha handiniky gny rasy, dra sy afaky gny hagnety amisitraky gny fanovan-drasy Hanao; ko nagnino se gny nanao fegnety soa reo ze mamadiky Hanao? Nagnino gny mangina hanao raha mitely reo marina kokoa noho ereo gny rasy fagnahy? [14]Nataonao manahaky gny hazandrano ao andranomasy gny olo, manahaky reo raha mandaly sy misy panapaky anazy.[15]Mapiakasy anazy aby aminigny fita ereo; misito olon'ao aminigny harata-pia ereo dra mamory reo ao aminigny haratony. Zay gny atony hifalian'ereo vo hihikany fatrasy. [16]Noho zay dra nanao soro ho an'ireo harato-pia ereo dra nagnoro litikazo magnisy ho an'ireo haratony, fa liti-dia matavy gny azaran'ereo, dra hena matavy gny sakafony. [17]Moa ra hagnafoa gny haratony ereo dra hanohy hamono reo firenena, sy mahasapa fangoraha-po?"

Chapter 2

[1]Hisanga eo aminigny fembenako zaho dra hapizano gny tagnako eo aminigny tilikambo fembena, dra hagnety
soa zaho ba hahita ze hozaka aminahy vo gny fomba helako aminigny fitaraignako.[2]Namaly anahy Yaveh dra
nizaka ho: "Raketo zao fahita zao, dra sarosy mazava eo amireo vato pisaky dra ze mamaky anazy aby dra ho
afaky hamaky anereo mora foa. [3]Fa ho avy aminigny fotoa gny fahita dra hitranga avo aminigny farany fa sy ho
foa. Na dre tara aza zay, dra lignisa. Fa sy maisy ho avy zay dra sy hitarendresy.[4]Ingo! Ze mana-pagniria sy
marin'ao agnatiny dra mieboebo. Fa gny olo-mary dra ho velo noho gny finoany. [5]Fa gny divay dra padiky gny
zatovolahy piavognavo ba sy hitoerany, fa hagnitasy gny fagniriany manahaky gny lolo, dra manahaky gny maty,
ze sy mety afa-po mihisy. Angony ho anazy gny firenena aby dra hangony ho anazy gny vahoak'aby.[6]Sy hamoro
fomba fizaka hanesoan'anazy dra hira fanesoa momba anazy ra zay aby zay, dra hanao anizahoky ho: "Lova ho
anize mapitombo gny sy anazy! Fa mandrak-ombia gny hapitomboanao gny lazanigny atoky ze nalanao?" [7]Sy
hisanga tapoky ra reo ze manifasy anao, dra hifoha reo ze mapatahosy anao? ho avy lasibasy ho anereo hanao.
[8]Akory hanao nandroba vahoaky maro, gny vahoaky sisa aby dra handroba anao. Fa nandasa-dio olombelo
hanao dra nanao herisetra taminigny tany, vo reo tana, dra reo ze monin'ao amireo aby.[9]"loza ho anize fatra-
pitalia vara aminigny fanovan-drasy ho tombony ho anigny akohonany, ba hahafahany magnory gny akaniny
aminigny agnabo ba herovany gny zakany egny apelatagnanigny rasy." [10]Nizara fahamegnara ho anireo havanao
hanao taminigny nandringanako olo maro, dra nanota taminigny vatanao. [11]Fa hihiaky boak;eo aminigny manda
reo vata, dra reo vata-kazo gny hamaly anereo,[12]"Loza ho anize mananga tana aminigny lio, dra ze magnory tana-
lahibe aminigny heloky." [13]Sy avy amin'i Yaveh Toponigny maro ra gny hiasan'ireo vahoaky aminigny afo vo gny
hisasaran'ireo firenena aminigny zava-poa? [14]Kanefa gny tany dra ho feno fahalala gny vininahis'i Yaveh
manahaky gny rano mandrakoky gny ranomasy.[15]"Loza ho anize mapino gny piaramony aminazy, hanao ze
magnisy gny poizinao mandra-pahamamonao anereo ba ahafahanao magnety gny fifaharan'ereo." [16]ho feno
fahamegnara hanao fa sy voninahisy. Hinon'amizay avo koa, dra hapiseho gny fifaharanao. Hihery hitoliky
aminao gny kapoak'Yaveh eo atagnany akavana, dra hanaro gny voninahitrao gny fahafaham-baraka.[17]Gny
herisetra natao an'i Libanona hanafosy anao dra hapihorohoro anao gny faharavan'ireo biby. Fa nandasa-dio olo
hanao dra nanao herisetra taminigny tany, reo tana, vo ze monina ao amireo aby.[18]Ino gny tombosoa aminigny
sary sokosy? fa ze nisokosy anizay, na ze manao sari raha an'ilina aminigny vy, dra papianasy vandy; fa matoky
gny asa-tagnany avo izy aby mamboasy reo zagnahary moa reo. [19]"Loza ho anize mizaka aminigny hazo
ho:Misangana!" na aminigny vato mangina ho: "Misangana" moa mapianasy ra reo raha reo? ingo, voapetaky
volamena vo volafosy zay, kanefa sy misy fofon'ay sasy amizay. [20]Fa Yaveh dra ao atepoliny masy! Mangina eo
agnatrehany, ry tany aby."

Chapter 3

[1]Gny vavak'i Habakoka paminany: [2]Ry Yaveh, fa reko gny tatisao, dra raiki-tahosy zaho. Ry Yaveh, velomy eo
agnevon'ireo fotoa reo gny asanao; hapahafataro eo agnevon'ireo fotoa reo zay; talilio gny hana famindra-po
aminigny fahasiahanao.[3]Avy boak'agny Temana zagnahary, dra gny Masy boak'agny atendrobohis'i Parana. Sela.
Manaro gny lagnisy gny voninahisy, dra gny tany feno gny fiderany.[4]Reo tarasy roanigny tagnany dra
mamirapirasy manahaky gny elasy, ze nivonianigny heriny. [5]Arety mahafaty gny nandeha teo anoloany, dra areti-
mandringa gny nagnaraky gny tombony.[6]Nisanga Izy dra nandrefy gny tany; nagnety Izy dra nagnozongozo reo
firenena. Na dre reo tendrombohisy maharisy mandrakizay aza torotoro, dra nietry gny havoa sy mana-
pahatapera. Sy mana-pahatapera gny lalany.[7]Nahita reo lain'i Kosana azo-pahoria zaho, dra gny famboara gny
lamban'ireo lay tagny aminigny taniny Mizoso nihavitrovitra. [8]Ory tamireo Ony ra Yaveh? Moa gny fahorianao ra
tamireo ony, na gny fahorianao tamireo ranomasy, gny fa nitikisy reo sovalanao hanao vo reo kalesam-
pandresena?[9]Ninday gny sipikinao sy nidray tamigny fitoerany hanao; nametraky zana-sipiky tamigny sipikinao
hanao! Sela. Nizara gny tany tam'ireo ony hanao. [10]Nahita anao ireo tedrombohisy dra nanaitay. Oram-be
mivatravatra gny nandalo teo amin'izy ireo; nanadraasy hiakasy gny ranomasina laliky. Napiakasy ireo azany
izay.[11]Gny masoadro vo gny volana nitoby teo ambony teo amin'ireo fitobohany avo tamigny hazavan'ny zana-
sipikao dra nandososy izy ireo, tamigny famirapiratan'ny tara-pahazavan'ny lefonao. [12]Nandeha namakivaky gny
tany tami-pahatezerana hanao. Tamigny fahavinirana gny nanosihosenao ireo forenena.[13]Niboaky ho amigny
famozena gny vahoakinao hanao, ho amigny famozena ilay voahosisao. Manorotoro gny lohan'ny ankohonan'ny
rasy fagnahy ba hapiharihary gny fototry gny hatony. Sela[14]Nitrobaranao tamin'izy zana-sipikiny avo koa gny
lohan'ireo pialiny raha avy toy gny tafiosy hagnely anay izy ireo, gny fifalian'izy ireo dra toy gny an'izay
mandevona gny mahatra agny amigny toerana mivony. [15]Fa nandeha namakivaky gny ranomasina tamigny
soavalinao hanao, dra napisavovona ireo rano be.[16]Nahare zaho, dra nihorohoro gny tao agnatiko! nipararetra
tamigny feo gny moloso. Avy tamigny tolako gny fahalovana, dra nangovosy gny tegnako raha nandigny ami-
pahanginana gny andro-pahoriana hiavian'ireo olo izay handroba anay.[17]Dra sy mamosy aza gny hazon'aviavy
dra sy misy vokasy gny taho-voaloboky; dra mandiso fanantenana aza gny hazo Oliva dra sy mamokasy hany
ireo Seha; dra haringana aza gny agnondry ao am-bala dra sy misy biby fiopy ao am-pihinanana, dra izao gny
hataoko.[18]Bo hiravoravo ao amin'i Yaveh zaho. Hifaly zaho noho gny famozen'Amdriamanitra anahy. [19]Gny topo
Yaveh gny heriko dra manao gny tomboko manahaky gny an'ny diera izy. Mapadroso anahy agny amin'ireo
fitobohako avo izy.__Ho an'ny lahiben'ny pihira, amigny fitovan-dokangako.

# Zephaniah

Chapter 1

[1]Zao gny zakan'i Yaveh ze avy tamin'i Zefania zanadahin'i Kosy zanadahin'i Gedalia zanadahin'i Amaria
zanadahin'i Hezekia, taminigny andron'i Josia zanadahin'i Amona, pazakanigny Joda. [2]"Hamotiky gny raha aby sy
ho eo agnabonigny velaratany vatany Zaho_ zay gny fagnambaran'i Yaveh. [3]Handringa gny olo vo gny biby Zaho;
handringa gny voronigny lagnisy vo gny fia-dranomasy Zaho, ho eo amireo rasy fagnahy gny faharava. Fa
haringako sy ho eo agnabonigny tany gny olo_zay gny fagnambaran'i Yaveh.[4]Hagnizisy gny tagnako eo amin'i
Joda vo amireo pononigny Jerosalema aby Zaho. Haringako so ho amity tany ty reo sisan'i Bala vo reo agnaran'olo
panopo sapy eo amireo pisoro, [5]reo olo ze manopo reo tena egny aminigny lagnisy eo atapo-tragno, dra reo olo
manopo vo miania amin'i Yaveh kanefa sady miania aminigny pazakan'ereo. [6]Handringa reo ze fa nivily
taminigny fagnaraha an'i Yaveh avo koa Zaho, reo ze sy nikasaky an'i Yaveh na nagnotany gny tari-dalany."[7]Ka
mizaka eo agnatrehan'i Yaveh topo! Fa mariny gny andron'i Yaveh; fa nagnoma fagnatisy vo fa nanoka reo
vahininy Izy. [8]"Zay dra hitranga aminigny andronigny soron'i Yaveh, hagnasazy reo andrian-dahiny vo reo zana
pazaka, dra reo mekazo akazo vahiny Zaho. [9]Amizay andro zay dra hagnasazy reo ze mandinga gny tokona Zaho,
dra reo ze mameno gny tragnonigny topony aminigny herisetra vo fitaky.[10]Ko amizay andro zay__zao gny
fagnambaran'i Yaveh__fa hisy feo mitaray boak'eo am-Bavahadin-Kazandrano, findradradradra boak'eo
aminigny tana Ambany, dra fidaboha lahibr boak'amireo havoa. [11]Midradradradra, ry poninigny Maktesy, fa ho
ringa reo pandrato aby, ho lany ringa reo ze nivesasy volafosy.[12]Dra amizay andro zay dra hitalian'an'i Jerosalema
aminigny fanilo Zaho dra hagnasazy reo olo babonigny divainy vo manao anaka-po ho: "Sy hanao na ino na ino i
Yaveh, na soa na rasy." [13]Ho lasa babo gny harenan'ereo, dra ho lao gny tragnon'ereo! Hagnory tragno ereo kanefa
sy hitoetra ao amireo, dra hamboly voaloboky kanefa sy hino gny divain'ireo.[14]Fa atomesy gny andro lahiben'i

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Yaveh, atomosy sady mihamalaky tokoa! Gny feonigny andron'i Yaveh dra hanahaky gny pialy mitaray fatrasy!
[15]Zay andro zay dra ho andronigny fahatezera, andronigny fahoria vo fahalevogna, andronigny tafio-drivosy vo
fagnafoagna, andronigny fahamezigna vo fazombogna, andronigny raho vo hezi-pito. [16]Zay dra ho andronigny
tropetra vo fanaira hanohisy reo tana mimanda vo reo tilikambo abo.[17]Fa hinday fahoria eo aminigny olombelo
Zaho, dra hirenireny manahaky olo poaky ereo akory fa nanota atmin'i Yaveh. Hararaky manahaky gny botany
gny lion'ereo, dra gny ao agnatin'ereo dra hanahaky gny zeziky. [18]Dre gny volafosin'ereo na gny volamenany dra
sy afaky hamozy anereo aminigny andro-pahorian'i Yaveh. Ho leviny gny afonigny fahasarotapiarony gny tany
aby, fa hinday fahafongana feno, mahasiravy aminigny poninigny tany aby Izy."

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 2

[1]Avorio gny tanandrareo dra mitambara, ry firenena sy mana-kegnasy__[2]dieny bo sy mihasy gny didy dra dieny
bo sy miely manahaky gny lila gny andro, dieny bo sy avy amindrareo gny firehetanigny fahoria Yaveh, dieny bo
sy avy amindrareo gny andronigny fahatezeran'i Yaveh. [3]Mikesaha an'i Yaveh, ry vahoaky mendriky aby
amboninigny tany ze makato reo didiny! Kasaho gny fahamarigna. Kasaho gny fagnetre-tena, dra mety ho voaaro
handrareo aminigny andronigny fahorian'i Yaveh.[4]Fa i Gaza dra ho lao, dra Askelona ho rava. Handroaky an'i
Asdoda aminigny mitataovovogna ereo, dra hamongosy an'i Ekrona! [5]Loza ho an'ireo ponina agny amoro-siraky,
dra gny firenen'ireo Keretita! Fa nizaka nanohisy andrareo i Yaveh, ry Kanana, tanin'ireo Filistina.
Handringan'andrareo ambara-pahafoa gny ponina Zaho.[6]Dra ho lasa ahisy ho an'ireo piarak'agnondry vo ho
anigny valan'agnondry gny moro-siraky. [7]Reo farisy amoro-siraky dra ho an'ireo sisanigny akohonan'i Joda, ze
hiambin'agnondry aman'osiny ao. Ao aminigny akohonan'i Askelona gny handrian'ireo vahoakin'ereo aminigny
hariva, fa Yaveh Zagnaharin'ereo gny hikarakara anereo vo hagnery gny fanagnany.[8]"Fa reko gny zaka rasin'i
Moaba vo gny lasan'ireo vahoakin'i Amona raha nizaka rasy reo vahoakiko vo nagnisakisaky gny faritaniny ereo.
[9]noho zay, raha velo koa Zaho__zao gny fagnambaran'i Yaveh toponigny maro, Zagnaharin'Israely,__hanahaky an'i
Sodoma i Moaba, dra reo vahoakin'i Amona hnahaky an'i Gomora; dra ho toeranigny alan'amiana vo lava-sira,
tany lao mandrakizay. Fa gny sisa amireo vahoako koa hambabo anereo, dra reo sisa aminigny fireneko hahalasa
anereo ho fanagna."[10]Zay gny hihasy amin'i Moaba vo Amona nohonigny fireharehany, akory nizaka rasy vo
nagnaraby gny vahoakin'i Yaveh toponigny maro ereo. [11]Dra hatahosy an'i Yaveh ereo, akory hizaka rasy gny
zagnahariny gny tany aby. hanopo anazy gny olon'aby, gny olon'aby boak'aminigny toerany, boak'aminigny moro-
siraky aby.[12]Handrareo avo koa ry Kosita dra ho voalefonigny mesa, [13]dra gny tagnan'i Yaveh gny hanafiky gny
avarasy dra hamotiky an'i Asyria, dra ho lasa tany karakaina manahaky gny tany efisy i Ninive. [14]Dra handry ao
gny agnomby, gny bibn'ireo firenena, gny vorondolonigny efisy vo gny sokina dra handry eo aminigny
tendronigny andriny. Hisy aso hihira boak'eo ambatrangara kely; ho eo atokona ny faharava; ho sarona reo
andry sedera voasokiny.[15]Zay gny tana niravoravo ze niay sy nisy tahosy, ze nanao anakam-po taminazy ho; "Zaho
gny izy, dra sy misy manahak'anahy." Indrisy fa avy mapasiaky izy, toera natao ba handrianigny biby. Ze mariosy
eo aminazy dra hisiririsy dra hamoko gny totohondryny aminazy aby.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 3

[1]Loza ho anigny tana pikomy! Voaloto gny tana mahery setra. [2]Sy niteno gny feon'Agnahary izy, na nagneky
famaiza boak'amin'i Yaveh. Sy natoky an'i Yaveh dra sy nagnato an'Agnahary Izy.[3]Liona mieron'eo agnevony ireo
andrian-dahiny. Ireo pisara dra amboa mola aminigny hariva ze sy megnenga na ino na ino ba ho hany gny
maray. [4]Lelahy mahery vo pamitaky reo paminany. Fa nanimbazimba ze masy vo nanao herisetra taminigny
lalana ireo pisorony.[5]Yaveh dra mary eo agnevony. Sy afaky manao gny sy mety izy. Isa-maray gny hizarany gny
fisarany!Sy hotakon'ao agnatinigny hazava zay, fa gny olo sy mary dra sy mahay megnasy.[6]"Fa namotiky firenena
Zaho; rava reo ferova mafin'ereo. Niravako reo lalany, ba sy hisy na iza na iza handalo eo amin'ereo. Fonga reo
tanany dra sy misy olo monin'ao amin'ereo. [7]Nizaka zaho ho: "Hatahosy Anahy vatany hanao." Hekeo gny famaiza
dra sy hiala aminigny tagnonao araky ze fa nomaniko hatao aminao hanao." Saingy tamim-pahazotoa gny
nanombohan'ereo isa-maray aminigny fanova gny asa rasin'ereo aby.[8]Noho zay mandignisa Anahy__zay gny
fagnambaran'i Yaveh__mandra-pahavianigny andro ze hisanganako ho anigny niharam-boy. Fa gny fanapaha-
keviso dra gny hamory reo firenena, hamory reo fazaka, dra handrarahako gny fahoriako amin'ereo, reo
fahasiahako fatrasy aby, ba ho levogny afony fahoriako reo tany aby.[9]Fa hagnome molosy malio ho anigny
vahoaky Zaho boak'eo, ba hitokavan'anazy aby aminigny agnaran'i Yaveh ba hanopo Anahy mindray. [10]Boak'agny
andafin'ireo onin'i Etiopia reo pidera Anahy__gny oloko ze voaely__gny hinday reo fagnatisy hoNahy. [11]Amizay
andro zay dra sy ho megnasy aminigny asa rasindrareo aby ze nataondrareo taminahy handrareo, akory amizay
fotoa zay dra hofongoriko eo amindrareo reo ze makalaza gny fieboebondrareo, dra akory sy hanao fihesiky
an'avona agny aminigny tendrombohisy masy sasy handrareo.[12]Fa hagnenga gny olo manetri tena vo gny
mahatra Zaho, dra hialoky ao aminigny agnaran'i Yaveh handrareo. [13]Sy hanao gny sy rariny na hizaka vandy
sasy reo sisa tavela ao Israely, dra sy ahita lela pamitaky ao ambavan'ereo; dra hihina vo handry ereo, dra sy hisy
na iza na iza hapatahosy anereo."[14]Mihira, ry zanakapelan'i Ziona! Mihiaka ry Israely. Miravoravoa dra mifalia
aminigny fonao aby, ry zanakapelan'i Jerosalema. [15]Nangala reo famaizanao Yaveh; nandroaky reo fahavalonao
Izy! Yaveh gny pazakan'Israely eo aminao. Sy hatahosy gny rasy sasy hanao! [16]Amizay andro zay dra hizaka
amin'i Jerosalema ereo ho: "Ka matahosy, ry Ziona. Ka mamela gny tagnanao hangozohozo.[17]Ao aminao i Yaveh
Zagnahariko, dra gny mahery pamozy anao. Hakalazan'eo aminao Izy dra apifalia gny hanginany eo aminao ao
aminigny fitiavany.Hiravoravo eo aminao Izy dra hanao hiaka-pifalia, [18]manahaky gny tamireo andro firavoravoa
fa voatondro. Hangala gny loza eo aminao Zaho; sy hinday hegnasy amizay sasy hanao.[19]Ingo, Hifanandry
aminigny papahory aby aby zaho.Amizay fotoa zay, hamozy reo mandringadra dra hamoery reo niroahy Zaho.
Hataoko manahaky gny fidera ereo, dra hagnova gny hegnas'ereo ho laza maneratany aby Zaho. [20]Amizay fotoa
zay dra hitariky andrareo Zaho; mindray havoriko handrareo. Hataoko magnaza vo midera andrareo reo
firenena aby manera-tany, gny fa hitandrareo fa nagnerin'anao aminigny loniny Zaho," hoy Yaveh.

# Haggai

Chapter 1

[1]Taminigny tao faharo nazakan'i Dariosa pazaka, taminigny faheninigny vola, taminigny andro voalohanigny
vola, dra avy taminigny alalanigny tanan'i Hagay paminany teo amin'i Zerobabela governoran'i Joda, zanadahin'i
Sealtiela, dra teo amin'i Josoa pisombe zanadahin'i Jozadaka gny zakan'i Yaveh, nanao anizahoky ho: [2]"Yaveh
toponigny maro mizaka anizao: Zao gny nizakan'ireo vahoaky reo: 'Sy fotoa ahaviasika na hagnoregnasika tragno
ho an'i Yaveh zao.'"[3]Boak'eo dra avy taminigny alalanigny tanan'i Hagay paminany gny zakan'i Yaveh, nanao
anizahoky ho: [4]"Fotoa honegnandrareo ao aminigny tragno vitandrareo ra zao, raha toaka bo rava zay tragno
zay? [5]Ko amizao Yaveh Toponigny maro mizaka anizao: Diniho reo fombandrareo! [6]Namafy voa marobe
handrareo, fa niziza vikasy keliky; nihina handrareo nefa sy afa-po; nisitro handrareo fa sy mamo. Nignisy akazo
handrareo fa sy afaky nagnafana gny vatandrareo, dra gny pikarama dra handray vola hatao ao agnaty kitapo
feno laoky fosiny avo![7]Zao gny zakan'i Yaveh taponigny maro: "Diniho reo fombandrareo! [8]Mekara agny an-
tendrombohisy, mindesa hazo, dra ahoregno gny tragnoko; dra hifaly ao amizay zaho, dra hamem-boninahisy
Zaho!__Hoy i Yaveh."[9]"Mitalia gny maro handrareo, kanefa ingo! tragno kely gny nandesindrareo, akory nisofiko
zay!Nagnino?" nizaka i Yaveh taponigny maro. "Akory gny tragnoko dra rava, raha toa ka miasa ho anigny
tragnony aby gny sirairay amindrareo.[10]Noho zay gny lalisy dra hihazo gny andro sy hoandrareo, dra gny tany
hihazo reo vokany. [11]Nitoka hai-tany teo aminigny tany vo teo amireo tendrombohisy, teo aminigny vary vo teo
aminigny divay vaovao, teo aminigny dililo vo teo aminigny vokasy gny tany, teo aminigny olo vo teo amireo biby,

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

dra teo amireo asanigny tagnandrareo aby Zaho!"[12]Dra Zerobabela zanadahin'i Sealtiela, vo i Josoa pisorom-be
zanadahin'i Jozadaka, mindray amireo olo sisa tavela, dra nakato gny feon'i Yaveh Zagnaharin'ereo vo reo zakan'i
Hagay paminany, akory Yaveh Zagnaharin'ereo gny nandefa anereo dra reo vahoaky dra natahosy gny tarehin'i
Yaveh. [13]Dra i Hagay, gny pinday gny hafas'i Yaveh, dra nizaka gny hafas'i Yaveh taminigny vahoaky nanao
anizahoky ho: "Mindray amindrareo Zaho!__Zay gny fagnambaran'i Yaveh!"[14]Ko nagnesiky gny fagnahin'i
Zerobabela zanadahin'i Sealtiala, governoran'i Joda, vo gny fagnahin'i Josoa pisorombe zanadahin'i Jozadaka, dra
gny fagnahin'ireo vahoaky sisa tavela aby i Yaveh, ba handeha ereo dra hiasa aminigny tragno'i Yaveh Toponigny
maro, Zagnaharin'ereo [15]taminigny andro fahaefasy ambiropolonigny nazakan'i Doriosa pazaka.

Chapter 2

[1]Tamigny vola fahafito tamigny andro faharaiky amby ropolon'ny volana, dra avy tamigny alalan'i Hagay
paminany gny zakan'i Yavehh, nanao ho: [2]''Mizaka amin'ny Governoran'i Joda, dra i Zerobabela zanak'i Sealtiela,
vo amigny pisoro be dra i Josoa zanak'i Jehozadaka, dra amigny sisan'ny vahoaky. Zakao ho:[3]''Iza gny tavela
amidrareo izay nahita ity tragno ity tamigny voninahiny taloha? Manaoakory gny fahitadrareo izay ankehitriny?
Moa se sy manahaky gny sinosino eo amasodrareo izay? [4]Akehitriny, matazaha, dra Zerobabela!__izay gny
fizakan'i Yaveh__dra matazaha, dra pisoro be dra iJosoa zanak'i Jehozadaka; dra matazaha, hadrareo vahoaky
rehetra amigny tany!__izay gny fizakan'i Yaveh__dra miasa , fa momba adrareo zaho!__izay gny fizakan'i Yaveh
topon'ny maro. [5]Izay gny fagneke izay naoriko tamidrareo raha niboaky tagny Egypta hadrareo, dra mitoboha ao
amidrareo gny fagnahiko. Ka matahosy![6]Fa izao gny zakan'i Yaveh topon'i maro : Aoagnatin'ny fotoa fohy dra
hagnozongozogno gny lagnisy vo gny tany, gny ranomasina vo gny tany maiky draiky zaho! [7]Hahozongozoko gny
firenena aby, dra minday ireo zava-sarobidy eto aminahy gny firenen-drehetra, dra hofenoko vaninahisy ity
tragno ity, hoy Yaveh topon'ny maro.[8]Anahy gny volafosy vo gny volamena!__zay gny fagnambaran'i Yaveh
taponigny maro. [9]Gny voninahisy ty tagno tihoky dra ho lahibe aminigny hoavy naho gny tany am-boalohany, hoy
Yaveh taponigny maro, dra eto amity toera tihoky gny hagnomezako fedagna!__zay gny fagnambaran'iYaveh
taponigny maro.''[10]Taminigny andro fahaefasy ambiropolonigny vola fahasivy, taminigny tao faharo nazakan'i
Dariosa, dra avy tamin'i Hagay paminany gny zakan'i Yaveh, nanao anizahoky ho: [11]''Zao gny zakan'i
Yavehtoponigny maro: Magnotania reo pisoro mahakasiky gny lalana, dra zakao ho: [12]'Raha misy olo minday
hena ze voatoka ho an'i Yaveh ao aminigny valonan'akazony, dra mikasiky mifo na hany, divay na dililo gny
valonany, na ze karaza-kany, dra sy lasa masin ara zay?'" Namaly reo pisoro dra nanao anizahoky ho: "Aha".[13]Dra
hoy Hagay: "Raha misy olo ze maloto aminigny faty mikasiky reo raha reo, sy avy maloto ra reo?" Namaly reo
pisoro dra nanao anizahoky ho." [14]Dra namaly Hagay dra nanao anizahoky ho: "Dra manahaky anizay koa ty
vahoaky ty vo ty firenena ty eo agnatrehako!__ zay gny fagnambaran'i Yaveh__dra manahaky anizay koa gny raha
aby vitanigny tarehin'ereo: ze atolos'ereo honahy dra maloto.[15]Ko amizao, hevero ao asainao gny lasa dra
hatramizao andro zao mihisy. Nelohanigny nanoboia gny vato ambinigny vato tao atepolin'i Yaveh,
[17]Namely andrareo vo gny asanigny tagnandrareo aby taminigny vary vo gny maty fosiny Zaho, nefa bo sy nihery
taminahy avo handrareo__zay gny fagnambaran'i Yaveh.[18]Hevero manomboky izao andro izao, hatramigny andro
fahaefasy amby ropolon'ny volana fahasivy, hatramigny andro izay nametrahany gny fotosy gny tepolin'i Yaveh.
Hevero izay! [19]Bo misy voa se ao amigny tragno fitehiriza? Sy namokasy gny divay, gny hazon'aviavy, gny
apongaben-dagnisy, dra gny hazan'oliva! fa manomboky akehitriny dra hitahy adrareo zaho!''[20]Dra avy
fagnindrony tamin'i Hagay taminigny andro fahaefasy ambiropolonigny vola gny zakan'i Yaveh dra nanao
anizahoky ho:" [21]Mizaka aminigny governoran'i Joda, dra i Zerobabela, dra zakao ho: "Hagnozongozo gny lagnisy
vo gny tany Zaho. [22]Akory horavako gny seza fiandrianan'ireo fazaka dra hopotehiko gny herin'ireo fazakanigny
firenena! Haravako reo Kalesy vo reo pitikisy anazy; ho lova reo sovala vo gny pitikisy anazy, gny sirairay lavo
nahonigny mesa gny rahalahiny.[23]Amizay andro zay__zay gny fagnambaran'i Yaveh taponigny maro__dra halako
handrareo, ry Zerobabela zanak'i Sealtiela, ho panopoko__zay gny fagnamabaran'i Yaveh. Hataoko manahaky gny
perasy fanomboha-kase hanao, fa nifily anao zaho!__zay gny fagnambaran'i Yaveh taponigny maro!'''

# Zechariah

Chapter 1

[1]Taminigny volana fahavalo taminigny taona faharo nazakan'i Dariosa, dra avy tamin'i Zakaria zanadahin'i
Berekia zanadahin'Indo, mpaminany, gny zakan'i Yaveh, manao ho:[2]''Hory fatrasy tamin'ereo razambenao i
Yaveh! [3]Zakao izy reo ho:' Zao gny zakan'i Yaveh tpmpony gny maro: Mitolia aminahy!- zay gny fagnambaran'i
Yaveh tompony gny maro - dra hitoliky amindrareo zaho, ho Yaveh tompony gny maro.[4]Ao iandrareo sy ho
tahaky gny razambendrareo ze nitokan'ereo paminany teo aloha, manao ho:''Zao gny zakan'i Yaveh tomponigny
maro: Miala amy lalan-drasindrareo vo gny fampiharan-drasindrareo!'' Fa sy nahare izy reo dra sy niraharaha
anzhy- zay gny fagnambaran'i Yaveh.'[5]Reo razambenandrareo, eza reo paminany, eto mandrakizay seky izy reo?
[6]Fa reo zakako vo reo lalako zay nandidiko an'ereo paminany mpanompoko, sy fa nahatrasy reo razambendrareo
seky reo? Koa nibebaky izy reo dra nanao ho:' Araky ze fa nalahat'i Yaveh tomponigny maro hatao aminay ze
mendriky reo lalanay vo reo asanay, gny nataony taminay.''''[7]Taminigny andro fahefasy amby ropolo taminigny
fahiraiky aminigny fologny volana, ze volagny Sebata, taminigny taona faharo nazakan'i Dariosa, dra avy tamin'i

Zakaria, zanadahin'i Berekia zanadahin'Ido, gny paminany, gny zakan'i Yaveh, manao ho:[8]''Nahita taminigny
hariva zaho, dra, indro! nisy lelahy raiky nitikisy sovala mena, dra teo amy hazo rotra ze teo amy lohasaha izy;
dra teo afarany dra nisy sovala mena, volotany manopy mena,dra sovaly fosy.''[9]Ho zaho ho:''Ino tahoky raha
tahoky, ry Tompo?'' Avy eo dra nisy azely raiky niresaky taminahy nanao taminahy ho:'' Ho asehoko anao ho ino
reo raha reo.''[10]Dra gny lelahy ze nisanga teo amy hazo rotra namaly dra nizaka ho:''Reo gny nalefan'i Yaveh ba
hirenireny manera gny Tany.''[11]Namaly gny azelin'i Yaveh ze nisanga teo amy hazo rotra izy reo; ho izy reo
taminazy ho: ''Fa nirenireny nanera gny tany izahay; indro, gny tany aby dra mbo mipetraky vo mizano.''[12]Dra
namaly gny azelin'i Yaveh dra nizaka ho:''Ry Yaveh tomponigny maro, mandram-pahombia gny hanehianao sy
fangoraham-po amin'i Jerosalema vo amin'ereo tanan'i Joda zay fa niharisy fahoria zay fitopolo taona zay?''
[13]Namaly gny azely zay niresaky taminahy, taminigny zaka soa, tegny fampahereza i Yaveh.[14]Dra nizaka taminahy
gny azeky zay niresaky taminahy ho:''Mitoka fatrasy dra mizaka ho:'Zao gny zakan'i Yaveh tomponigny
maro:Saro-piaro tamim-pitiava lahibe tamin'i Jerosalema vo tamin'i Ziona zaho! Hory fatrasy amin'ereo firenena
zay ao agnatinigny fitonia reo.[15]Raha ba hory tamin'ereo zaho, dra vao meky nampaharasy gny fahoria izy reo.
[16]Noho zay dra zao gny zakan'i Yaveh tomponigny maro: Fa nihery tamin'i Jerosalema taminm-pamindram-po
Zaho. Ho voaory ao agnatiny gny tragnoko- zay gny fagnambaran'i Yaveh tompony maro-dra gny famolany dra ho
hezaniny anin'i Jerosalema!' [17]Mitoka fatrasy draiky, manao ho;'Zao gny zakan'i Yaveh tomponigny maro:
Hotondraky soa draiky reo tananko, dra hampahery an'i Ziona draiky Yaveh, dra hifily an'i Jerosalema draiky
Izy.''[18]Dra nanandrasy gny zasoko zaho dra nahita tandroky efasy! [19]Niresaky taminigny azely ze niresaky
taminahy zaho ho:''Ino reo?''Namaly anahy izy ho:''Reo gny tandroky ze fa nagnaparitaky an'i joda, Israely, dra
Jerosalema.''[20]Avy eo dra nampiseho panao asa tana efasy taminahy i Yaveh. [21]Ho zaho ho:''Ino gny aton-dian'ereo
olo reo?''Namaly Izy , dra nizaka ho:''reo gny tandroky ze nanaparitaraky an'i Joda ba sy hisy olo afaky
hanandrasy gny lohany. Fa reo olo reo dra avy ba handroaky anazy reo, ba handrava reo tandrok'ereo firenana
ze nanandrasy tandroky manohisy gny tanin'i Joda ba hanaparitaky anazy.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 2

[1]Magnaraky anizaho dra nanandrasy gny masony zaho vo nahita lelahy niaraky tamigny taly fandrefesa tany an-
tanety. [2]Hoy Zaho ho: "Handeha ho eza hanao?" Dra hoy izy taminahy ho: "Handrefy an'i Jerosalema, hamarisy
gny sakany vo gny halavany."[3]Dra nadeha gny azely ze nizaka taminahy dra nisy azely raiky hafa niboaky ba
hisena anazy. [4]Hoy gny azely faharo taminazy ho: "Mihazakazaha vo mizaka aminigny tovolahy igny; zakao ho:
'Hitoby eo aminigny tana misokaky i Jerosalema nohonigny hamaroanigny olo vo reo biby ao aminazy. [5]Fa
Zaho__zay gny fagnambaran'i Yaveh__dra ho avy manda afo magnodidin'anazy, dra ho voninahisy eo agnevony
zaho.[6]Malaky! Malaky! Menga boak'agny aminigny tany avarasy__zay gny fagnambaran'i Yaveh__fa Zaho fa
napiely andrareo manahaky gny rivosy efasy gny lagnisy! __Zay gny fagnambaran'i Yaveh. [7]Eh! Menga magnagny
Ziona, handrareo ze mitoby mindray aminigny zanakapelan'i Babylona!"'[8]Fa tafaranigny nagnomezan'i Yaveh
taponigny maro voninahisy anahy vo nandefasany anahy hanohisy reo firenena ze nandroba andrareo__fa na iza
na iza mikasiky andrareo, dra mikasiky gny ana-kandriamason'Agnahary! __gny fa avy nanao anizay i Yaveh, dra
hoy Izy ho: [9]"Zaho mihisy gny hignizisy gny tagnako amin'ereo, dra ho babo ho an'ireo andevony ereo." Dra ho
fatandrareo fa i Yaveh taponigny maro gny nagniraky anahy.[10]"Mihira ho aminigny fifalia, ry zanakapelan'i Ziona,
fa Zaho mihisy gny ho avy vo hitoby eo aminindrareo!__zay gny fagnambaran'i Yaveh." [11]Boak'eo reo firenen-
dehibe hindray amin'i Yaveh amizay andro zay. Hoy izy ho: "Dra ho avy vahoako handrareo; fa hitoby eo
agnevondrareo zaho," dra ho fatandrareo fa Yaveh toponogny maro gny nigniraky anahy ho eo amindrareo.[12]Fa
Yaveh hapandova an'i Joda manahaky gny fanagnany ara-drariny agny aminigny tany masy dra hifily ndraiky
an'i Jerosalema ho anazy. [13]Ka mizaka, eo agnatrehan'i Yaveh, ry nofo aby, fa nisanga boak'ao aminigny toerany
masy Izy!

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 3

[1]Boak'eo Yaveh napiseho anahy an'i Josoa gny pisorombe ze nizora nagnoloa gny azelin'i Yaveh vo gny Satana
nizoro teo atagnakavanany ba hepanga anazy ho nanota. [2]Hoy gny azelin'i Yaveh taminigny Satana ho: "Hizaka
fatrasy aminao anie Yaveh, ry Satana, Yaveh, nisafidy an'i Jerosalema anie, hizaka fatrasy anao! Moa sy foroha
nisariha taminigny afo ra ty?" [3]Nekazo fitafia maloto Josoa raha nizoro teo agnoloanigny azely.[4]Nizaka gny Azely
vo nizaka tamireo ze nizoro teo agnoloany ho: "Alao aminazy reo fitafia maloto." Dra hoy izy tamin'i Josoa ho:
"Ingo! Fa nalako taminao gny helokao dra hapekazoako akazo soa hanao." [5]Hoy izy ho: "Aoky ereo hanoby
hamama malio eo andohany!" Dra nanoby hamama malio teo agnabo lohany lohan'i Josoa ereo dra napekazo
anazy taminigny akazo malio raha nizoro teo agnilany teo gny azelin'i Yaveh.[6]Boak'eo gny azelin'i Yaveh nibaiko
apahamatora an'i Josoa dra nizaka ho: [7]"Zao gny zakan'i Yaveh taponigny maro: Raha handeha aminigny lalako
hanao, dra raha hitandry reo didiko hanao, dra hifehy gny tragnoko hanao dra hiamby gny koazako, akory
hangako handeha vo hizoso eo amireo ze mizoro manolon' anahy reo hanao[8]Tenoy, ry Josoa pisorambe, hanao vo
reo namanao ze mony mindray aminao! Fa famataranan'ireo olo reo, akory Zaho mihisy gny hapiakasy gny
panopoko gny Rasa. [9]Dra atio gny vato ze natobikoeo agnoloan'i Josoa. Misy maso fito ao amin'io vato tokan'io, dra
hanao sokisy sorasy Zaho__zay gny fagnambaran'i Yaveh toponigny maro__dra hangala gny fahota amity tany
tihoky ao agnatinigny andro raiky zaho.[10]Amizay andro zay__zay gny fagnambaran'i Yaveh toponigny maro__gny
olo sirairay dra hanasa gny piara-belon'aminazy ba hitoby ambaninigny voaloboky vo ambaninigny
hazon'aviaviny."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 4

[1]Boak'eo nitoliky dra nanaisy anahy manahaky gny olo taisy aminigny torimaso gny ajely ze nizaka taminahy.
[2]Hoy izy taminahy ho: "Ino gny hitanao?" Dra hoy zaho ho: "Mahita fanova-ziro vita aminigny volamena tateraky
zaho, mindray aminigny pisy dililo eo atapony. Misy lela fanova ziro fito eo amizay dra misy fasiky fito eo amizay
dra misy fasiky fito eo ataponigny loha-ziro sirairay. [3]Misy hazon'oliva ro eo agnilan'izay, dra eo aminigny ilany
aminigny tagnakavananigny ilany akavia."[4]Noho zay dra nizaka taminigny azely ze nizaka taminahy ndraiky
zaho. Hoy zaho ho: "Ino gny dikan'ireo raha reo, ry topoko?" [5]Namaly anahy gny azely ze nizakako vo nanao
aminahy ho: "Sy fatasao ra gny dikan'ireo raha reo?" Dra hoy zaho ho: "Aha, sy haiko ry topoko."[6]Noho zay dra
hoy izy taminahy ho: "Zao gny zakan'i Yaveh tamin'i Zerobabela: Sy ami-kery na aminigny tazaky, fa aminigny
Fagnahiko, hoy Yaveh toponigny maro. [7]Ino moa hanao io, ry tendrombohisy lahibe? Ho lasa tany lemaky eo
anolon'i Zerobabela hanao, dra hinday gny vato atao tendrony izy ba hihiaky ho: "Fahasoava! Fahasoava ho
amizay!"'[8]Avy taminahy gny zakan'i Yaveh, nanao anizahoky ho: [9]"Nanoby gny fotos'ity tragno tihoky gny tanan'i
Zerobabela dra hamita anizay gny tagnany. Dra ho fatandrareo fa Yaveh toponigny maro gny nignirany anahy ho
aminao. [10]Iza gny nanao sinosino gny andron'ireo raha madiniky? Hiravo reo olo reo hahita gny vato pilao egny
atagna'i Zerobabela. (Reo laha-ziro fito reo gny mason'i Yaveh ze magnety an'izao totlo izao.) [11]Boak'eo dra
nagnotany anigny azely zaho ho: "Ino reo hazon'oliva ro ze misangan'eo akavia vo akavananigny fanova ziro
reo?"[12]Nagnotany anazy ndraiky zaho ho: "Ino reo sapa-kazon'oliva ro agnilan'ireo fasiky volamena ro ze misy
dililo volamena miraraky boak'eo aminazy reo?" [13]Boak'eo dra hoy izy taminahy ho: "Sy fatanao ra ho ino reo?"
Hoy zaho ho: Aha, ry topoko."[14]Noho zay dra hoy izy ho: "Reo gny zana-dililo vaovao ze misanga manoloa gny
topon'izao totolo aby zao."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 5

[1]Dra nitoliky zaho dra napiandrandra gny masoko, dra nahita, indro, horogna-taratasy mizoso! [2]Hoy gny azely
taminahy ho: "Ino gny hitanao?" Dra namaly zaho ho: "Horogna-taratasy mitily gny hitako, ropolo hakio gny
halavany dra folo hakiho gny halavany dra folo hakiho gny sakany."[3]Dra hoy izy taminahy ho: "Tihoky gny ozo ze
miboaky maneran'anizao totolo izao, fa gny pangalasy aby dra ho fongory manomboky amizao ze mifehy amizay
zakany aminigny andanini, dra ze mizaka fiegnan-diso aby dra ho fongory ze mifehy amizay zakany aminigny
akilany, araky gny zakan'ereo. [4]"Haboaky zay__zay gny fagnambaran'i Yaveh toponigny maro__ko hizoso ao
atragnonigny pangalasy vo ao aminigny tragnonize miay diso aminigny agnarako zay. Hitoby ao atragnony zay
dra hanola gny hazony vo reo vatony."[5]Dra niboaky gny azely ze nizaka taminahy vo nizaka taminahy ho:
"Asandrato gny masonao dra atio ze av'eo" [6]Dra hoy zaho ho: "Ino igny?" Dra hoy izy ho: "Haro misy efaha igny
avigny. Tihoky gny helok'ereo aminigny tany manotolo." [7]Dra nala taminigny haro gny firaky fandrakofa dra nisy
apela tao ambaninizay nitoby tao![8]Dra nizaka gny azely ho: "Faharasia ty!" Naria tao agnaty haro ndraiky izy, dra
naria teo aminigny fisokafany gny firaky fandrakofa. [9]Napiandrandra gny masoko zaho dra nahita apela ro
magnotany anahy, dra gny rivosy dra tegny aminigny elas'ereo reo__fa nana elasy manahaky gny elasy gny vano
ereo. Napisandrasy gny haro teo agnelagnelanigny tany vo gny lagnisy ereo.[10]Dra nizaka taminigny azely ze
nizaka taminahy ndraiky zaho ho: "Hndesin'ereo magneza gny taty?" [11]Dra hoy izy taminahy ho: "Hamboara
tepoly agny aminigny tanin'i Sanara ho an'izay, Dra gny fa vonona gny tepoly, dra hatobe agny eo aminigny fotosy
voaoma honazy gny haro."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 6

[1]Dra nitoliky zaho dra napiandrandra gny masoko dranahita kalesy efasy niboaky boak'eo agnelagnelanigny
tendrom-bohisy ro; dra reo tandrombohisy ro reo dra vita taminigny varahy. [2]Gny kalesy volohany dra nana
sovala mena, gny kalesy faharo nana sovala mety, [3]gny kalesy fahatelo nana sovala fosy dra gny kalesa fahaefasy
dra nana sovala sada fosy. [4]Dra namaly zaho vo nizaka taminigny azely nizaka taminahy ho: "Ino reo, ry
topoko?"[5]Namaly ilay azely dra nizaka taminahy ho: ''Ereo vo rivosy efatry gny lagnisy izay niboaky teo amgny
plasy izay nisanganan'izy ereo teo anoloan'ilay Tompon'ny tany aby. [6]Ilay iray miaraky amigny soavaly mety dra
moboaky magnagny amigny firene avarasy; ary ereo soavaly sada fosy dra miboaky mandeha amign'ny firene
asimo.''[7]Reo sovala matazaky reo dra niboaky dra nitalia handeha vo hirenireny egny aminigny tany, dra hoy gny
azely ho: "Mandehana mirenireny egny aminigny tany!" dra nandeha nirenireny eranigny tany aby ereo. [8]Dra
nitaray taminahy izy dra nizaka taminahy dra agny aminigny firenena avarasy; hapitohy gny fagnahiko
mahakasiky gny firenena avarasy ere."[9]Dra avy taminahy gny zakan'i Yaveh, manao anizahoky ho: [10]"Mangala
fagnatisy amireo tany asisitany__boak'agny Helday, Tobia, dra Jedaia__dra mandehana maizay andro zay avo dra
alao ao atragnon'i Josia zanak'i Zefania, ze boak'agny Babylona zay. [11]Dra alao gny volafosy vo volamena, manova
satra-boninahisy dra apetraho eo aminigny lohan'i Josoa zanadahin'i Jozadaka, gny pisorombe zay.[12]Mizaka
aminazy dra zakao ho: 'Zao gny zakan'i Yaveh toponigny maro:Ty lelahy tihoky, gny agnarany dra Rasana!
Hitombo eo aminigny misy anereo sady hagnory gny tepolin'i Yaveh![13]Izy gny hgnory gny tepolin'i Yaveh dra
hananga abo gny famirapiratan'i zay dra hitoby vo hanapaky eo aminigny seza fiandrianany izy.Ho pisoron'eo
aminigny sezafiandriananay izy dra hisy gny fahazava-sainigny fedagna eo amizy ro.[14]Hatobiko eo aminigny
tepolin'i Yaveh gny satro-boninahisy hagnomezam-boninahisy an'i Helema, Tobia, vo Jedaia dra ho fahaserova
gny hasoafagnanigny zanadahin'i Zefania. [15]Dra reo ze lavisy dra ho avy vo hagnory gny tepolin'i Yaveh, dra ho
fatandrareo fa Yaveh toponigny maro gny nigniraky anahy ho amindrareo; fa hitranga zay raha tena miteno gny
feon'i Yaveh Zagnaharindrareo handrareo!'"

## Chapter 7

1Tamin'i Dariosa pazaka gny panapaky nandrisy gny efa-tao, taminigny andro fahaefasy nazakan'i Kisleva (zay
vola fahasivy), dra avy tamin'i Zakaria gny zakan'i Yaveh. 2Nandefa an'i Serezara vo Regema-meleka dra reo olony
gny vahoakin'i Betela ba hengavy anoloanigny tavan'i Yaveh. 3Nizaka tamireo pisoro ze tao atragnon'i Yaveh
toponigny maro vo tamireo paminany ereo; hoy ereo ho: "Tokony handala aminigny alalanigny fifalia-kany ra
zaho aminigny vola fahadimy, manahaky anizay fa nataoko tao maro reo?"4Dra avy taminahy gny zakan'i Yaveh
taminigny maro, nanao anizahoky ho: 5"Mizaka aminigny pononigny tany aby vo amireo pisoro dra atovy
anizahoky ho: 'Raha nifaly hany vo nandala taminigny vola fahadimy vo fahafito handrareo nandris'zay fotoa
fito tao zay,moa ra nifaly hany honahy mary handrareo? 6Raha nihina vo nino handrareo, moa ra sy nino vo
nihina ho anigny vatandrareo handrareo? 7Moa ra sy reo zaka reo avo gny zinakan'i Yaveh taminigny vavan'ireo
paminany taloha, raha bo niny tao Jerosalema vo reo tana nagnodidy taminigny fagnambina dra nitoby tao
Negeva, vo reo lemaka amoro-siraky agny andrefa handrareo? "'8Avy tamin'i Zakaria gny zakan'i Yaveh, nanao
anizahoky ho: 9"Zao gny zakan'i Yaveh toponigny maro: 'Misara aminigny fisara mary, fagneke mahatoky, dra
famindra-po. Aoka gny olo sirairay hanao anizay aminigny rahalahiny. 10Gny aminigny pitondratena vo gny
kamboty, gny vahiny, dra gny olo mahatra __dra mapahory anereo, dra aoky sy hisy amindrareo hitetiky anereo,
dra aoky sy hisy amindrareo hitetiky hagnisy rasy gny hafa ao apondrareo.'11Nefa nanda gny hiteno ereo dra
nagnamafy sorok'ereo. Nagnakato gny sofiny ereo ba sy hahare. 12Nagnamafy gny fony manahaky gny vato ereo
ba sy hahare gny lalana na reo zakan'i Yaveh toponigny maro. Nandefa hafasy reo ho anigny vahoaky taminigny
alalanigny Fagnahy taminigny fotoa taloha, taminigny alalanigny vavan'ireo paminany Izy. Nefa nanda gny
hiteno gny vahoaky, dra ory fatrasy tamireo Yaveh toponigny maro.13Dra gny fa nitoka Izy, dra niteno ereo.
Manahaky anizay avo koa," hoy Yaveh toponigny maro," gny hitokavan'ereo fatrasy anahy, fa sy hiteno zaho. 14Fa
haeliko aminigny talio agny amireo firenena aby ze sy bo hitany ereo, dra ho lao mindray aminereo gny tany. Fa
sy misy olo handalo aminigny tany na hihery ao amizay akory fa namadiky gny tanin'ereo soasoaho tany
ngazana gny vahoaky."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 8

[1]Avy aminahy gny zakan'i Yaveh toponigny maro, nanao anizahoky ho: [2]"Zao gny zakan'i Yaveh toponigny maro:
Tia fatrasy an'i Ziona aminigny zoto-po lahibe Zaho dra saropiaro nohonigny aminazy aminigny fahoria lahibe
Zaho! [3]Zao gny zakan'i Yaveh toponigny maro: hevery agny Ziona Zaho dra hitoetra ao agnevon'i Jerosalema, fa
natao ho gny tananigny Fahamarigna i Jerosalema dra gny tendrombohis'i Yaveh toponigny maro dra hatao ho
gny Tendrombohisy Masy![4]Zao gny zakan'i Yaveh toponigny maro: Lahy atisy vo apela atisy ndraiky gny ho egny
an-dalam-ben'i Jerosalema, dra gny olo sirairay hitalia fitekena ho egny atagnany akory fa niha-atisy izy. [5]Ho feno
tovolahy vo tovovavy mihira egny amireo lalam-beny gny tana.[6]Zao gny lazakan'i Yaveh toponigny maro: Amizay
andro zay raha misy raha sy hay atao eo amason'ireo vahoaky sisa tavela, dra tokony sy ho hay atao eo amasoko
koa ra zay? __zay gny fagnambaran'i Yaveh. [7]Zao gny zakan'i Yaveh toponigny maro: Ingo, eo an-dalam-pagnavota
gny oloko aminigny tany filetehanigny masoandro! [8]Fa hinday anereo hihery Zaho, dra honin'ao agnevon'i
Jerosalema ereo, ba ho vahoako ndraiky ereo, dra ho Zagnaharin'ereo aminigny mary vo aminigny fahamarigna
Zaho![9]Zao gny zakan'i Yaveh toponigny maro: Ino zay manohy miteno reo zaka mitovy ze niboaky boak'aminigny
vavanigny paminany gny fa natoby gny fotosy gny tragnoko__ty tragno ty, Yaveh toponigny toponigny maro:
Atazaho reo tagnanao ba ho voasanga gny tepoly. [10]Fa talohan'izay andro zay dra sy nisy vokasy voavorinigny olo
, sy nisy tombony na ho anigny olo na ho anigny biby, dra sy nisy fedagna ho an'ize olo miboaky na midisy
boak'amireo fahavalo. Fa nanoby gny olo sirairay hanohisy gny namany Zaho.[11]Fa amizao zay dra sy hanahaky
gny taminigny andro fahiny, homba gny sisanity vahoaky ty Zaho__zay gny fagnambaran'i yaveh toponigny maro.
[12]Fahafay gny voanigny fedagna; dra gny tany hagnome gny voka-pambole; hagnome gny andony gny lagnisy, fa
hapandovako anizay raha aby zay gny sisa amity vahoaky ty.[13]Ohasy ho an'ireo firenany gny ozona hafa
handrareo, ry taranak'i Joda vo taranak'Israely. Ko dra hamozy andareo Zaho dra ho Fitahia andrareo. Ka
matahosy; aoky hatazaky gny tagnandrareo! [14]Fa izao gny zakan'i Yaveh toponigny maro: manahaky gny
nagnomanako hanao rasy amindrareo gny fa napaory Anahy reo razambendrareo__hoy Yaveh toponigny
maro__dra sy nilefisy Zaho, [15]gny hagnomanako hanao raha soa ndraiky ho an'i Jerosalema vo gny taranak'i Joda
avo koa amizay andro zay! Ka matahosy![16]Tahoky gny raha ze sy maisy hataondrareo: Mizaka gny mary, gny olo
sirairay aminigny namany. Mizaka aminigny mary, rariny, dra fedagnan'eo aminigny vavahadindrareo. [17]Ka
mano fikasan-drasy ao apondrareo aminigny hafa, dra ka mitia fianian-diso__akory malaiky reo raha reo Zaho!
__zay gny fagnambaran'i Yaveh."[18]Dra avy aminahy gny zakan'i Yaveh toponigny maro, manao anizahoky ho:
[19]"Zao gny zakan'i Yaveh toponigny maro: Gny fifalin-kany aminigny vola fahaefasy, vola fahadimy, vola fahafito,
dra gny vola fahafolo dra ho lasa fotoanigny fifalia, firavoravoa, dra fotoa mahafinarisy ho anigny taranak'i Joda!
Noho zay tiavo gny fahamarigna vo gny fedagna![20]Zao gny zakan'i yaveh toponigny maro: Hoavy ndraiky gny
vahoaky, na dre reo ze monin'amin'ireo tana maro sambihafa aza. [21]Handeha ho agny aminigny tana hafa: "Aoky
handeha malaky eo agnoloan'i Yaveh sika dra hitalia an'i Yaveh toponigny maro! Handeha avo koa sika.
[22]Vahoaky maro vo ferenena mahery maro gny hoavy hitalia an'i Yaveh toponigny maro agny Jerosalema dra
hengavy gny fakasitrahan'i Yaveh![23]zao gny zakan'i Yaveh toponigny maro: Amizay andro zay dra lelahy folo
boak'aminigny fizaka vo firenena aby gny hihazo gny sisinigny akazonao dra hizaka ho: 'Aoky hindray aminao
zahay, fa renay fa momba anao gny zagnahary!"'


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 9

[1]Zao gny fagnambaranigny Zakan'i Yaveh mahakasiky gny zakan'i Hadraka vo i Damaskosy. Fa gny mason'i Yaveh
dra aminigny olombelon'aby, dra aminigny fokon'Israely aby koa.[2]Ty fagnambara tihoky avo koa dra mahakasiky
an'i Hamata, ze mifanolosy amin'i Damaskosy, dra mahakasiky an'i Tyro vo Sidona zay, na dre tena hendry aza
ereo[3]Fa nagnory fiarova fatrasy ho an'ny vatany i Tyro dra nagnoro volavosy manahaky gny botany vo volamena
voalio manahaky gny fotoky egny an-dala. [4]Ingo! hagnafoa anazy Zagnahary dra hanola gny tazany
andranomasy, ba ho levon'ny afo izy.[5]Hahita i Askelpona dra hatahosy! Hangovisy fatrasy avo koa i Gaza! Ekrona,
ho foa gny fanantenany! Ho maty agny Gaza gny pazaka, dra i Askelona dra sy hisy ponina sasy! [6]Hanao gny
tragnony ao Asdoda ireo apela, dra hagnafoa gny fireharehan'ireo Filistina zaho. [7]Fa hangalaky gny lion'izy ireo
eo amigny vavany zaho dra gny fahavetavetan'izy ireo eo agnelagnelan'ny nifiny. Dra mizary sisa ho an'ny
Zagnahary manahaky gny foko agny Joda izy ireo, dra Ekrona dra hizary manahaky ireo Jebosita.[8]Hitoboky
magnodidy gny taniko zaho ba hanohisy ireo maramilan'ny fahavalo dra sy hisy na raiky aza afaky madroso na
mihery, fa sy hisy mahaory handalo eo amin'izay sasy. Fa ankehitriny dra hiamby gny zakako amigny masoko
zaho![9]Mihobia amigny fifaliam-be, dra zanaky vavin'i Ziona! mihobia am-pifalia, dra zanaky vavin'i Jerosalema!
Ingo! avy amifahamarina aminao gny pazaka dra magnavosy anao.Manitry tena izy dra mitikisy eo amigny
boriky, eo agnabo zana-boriky. [10]Dra ho foagnako gny kalesy avy agny Efraima vi gny sovala avy agny Jerosalema,
dra gny sipiky dra ho foagna amigny aly; fa hizaka fiadagna amin'ireo firenena izy , dra gny fanapahany dra ho
avy amigny ranomasina dra hatramigny ranomasina, dra hatramigny Ony dra hatramigny faravaza-tany.[11]Gny
amidrareo, nohon'ny liony fagnekeko ao amidrareo, dra hafahako avy ao andavaky izay sy misy rano ireo
gadrandrareo. [12]Miharegna agny amigny ferova fatrasy, ry gadranigny fanatena! EH na dre amizao aza dra
mitalily Zaho fa hanohisy avo ro heny amindrareo, [13]fa nagneza an'i Joda ho sipikako Zaho. Fa namaha gny zana-
sipikako taminigny Efraima Zaho. Fa nanaisy reo zanandrareo zaho, ry Ziona, hanohisy reo zanadahindrareo, ry
Grisia, dra fa nanao andrareo manahaky gny mesa gny pialy Zaho, ry Ziona![14]Hiseho amin'ereo i Yaveh, dra
hitifisy manahaky gny helasy gny sipikany! Fa Yaveh topoko hisioky tropotra dra handroso boak'aminigny tafio-
drivosy boak'agny Temana. [15]Yaveh toponigny maro gny hiaro anereo, dra handovan'anereo vo handresy gny
vaton'asamotaliny reo. Dra hino ereo vo hodradradradra manahaky gny olo mamonigny divay, dra ho feno divay
manahaky reo lovia ereo, manahaky reo zoronigny alitara.[16]Ko amizay andro zay dra hamozy anereo i Yaveh
Zagnahariny; dra hanahaky gny agnondrinigny vahoakiny ereo, fa ereo gny ho firavaky gny satro-boninahisy,
hisandrata eo aminigny taniny. [17]Fa akory gny hasoany vo gny hapelasoan'ereo! Hagniry eo aminigny vary gny
tovolahy vo gny viriziny eo aminigny voaloboky mamy!

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 10

[1]Mangataha ora amin'i Yaveh aminigny vani-potoanigny oran-dohatao__Yaveh ze manao kotrokora__dra
magnome ora mivatravatra ho anigny saka. [2]Fa reo sapy ao atokatragno dra mizaka vandy; mizaka nofy fitaky
ereo dra magnome fapionogna vandy, dra mirenireny manahaky gny agnondry dra mizaly nohonigny sy
fisianigny piaraky anereo.[3]Gny haoriako dra mirehisy amireo piarak'agnondry; reo osilahy__pitariky__gny ho
faiziko. Yaveh toponigny maro avo koa dra hagnatriky reo agnondriny, dra gny taranak'i Joda, dra hanao anereo
manahaky gny sovala fetiny agny aminigny aly![4]Boak'amin'ereo gny hevianigny vato fehizoro; boak'amin'ereo
gny hevianigny fetognan-draha gny lay; boak'amin'ereo gny hevianigny sipiky felia; boak'amin'ereogny
hevianigny pitaariky aby hindray. [5]Hanahaky gny pialy ze magnisaky gny fahavalony eo aminigny fotaky gny lala
aminigny alin'ereo; hialy ereo, akory Yaveh gny momba anereo, dra hahamegnasy reo ze mitikisy sovalin'aly
ereo[6]Hapahery gny taranak'i Joda Zaho dra hamozy gny taranak'i Josefa; fa hagnerin'anereo aminigny loniny
Zaho dra hamindra fo amin'ereo. Hanahaky gny ho sy nandagnako ereo, akory Zaho gny Yaveh Zagnaharin'ereo,
dra hamely anereo Zaho. [7]Dra hanahaky gny pialy i Efraima, dra hifaly manahaky gny azonigny divay gny
fon'ereo; hahita anizay reo zanany dra hifaly. Hifaly Aminahy gny fon'ereo![8]Hisioky ho anereo Zaho dra hamory
anereo, akory hamozy anereo Zaho, dra ho lahibe manahaky gny taloha ereo! [9]Namafy anereo tegny amireo olo
Zaho, nefa hahasiaro Anahy agny amireo firenena lavisy ereo, dra ho velo vo hihery ereo vo gny zanany. [10]Fa
hapoly anereo boak'agny aminigny tany Egypta Zaho dra hamory anereo boak'agny Asyria. Hinday anereo agny
aminigny taninigny Gileada vo Libanona Zaho mandra-paha sy hisy efitragno ho anereo sasy.[11]Hamakivavay gny
ranomasi-pahorian'ereo Zaho; hamely reo ozan'izay ranomasy zay Zaho dra hagnamaiky gny lalan'i Neily aby.
Hahetry gny voninahis'i Asyria, dra gny tehi-pazakan'i Egypta hialy amireo Egyptiana. [12]Hagnamafy orin'anereo
aminahy Zaho, dra handeha aminigny agnarako ereo__zay gny fagnambaran'i Yaveh.

Chapter 11

[1]Sokafo gny vatrangaranao, ry Libanona, ba handevognanigny afo gny sederanao! [2]Mandala, ry hazo kypreso, fa
nezera gny hazo sedera! reo abo dra fa nifongory! Mandala, handrareo ry hazo terebitan'i Basana, fa ripaky gny
ala kitroky. [3]Midradradradra reo perak'agnondry, fa rava gny voninahis'ereo! Miero gny feonigny zanaky gny
liona, fa rava gny reharehanigny Ony Jordana![4]Zao gny zakan'i Yaveh Zagnahariko: "Manahaky gny
piarak'agnondry, miamby gny agnondry ze ho vono! [5](Mamono anereo gny mivily anazy dra sy voasazy, dra gny
mivarosy anereo manao anizahoky ho: 'Isoran'anie Yaveh! Fa panandraha Zaho!' fa reo pandigny asa ho an'ireo
topon'agnondry dra sy niatra ereo.0 [6]Fa sy hiatra gny poninigny tany sasy Zaho!__zay gny fagnambaran'i Yaveh.
Ingo! Gny tagnako mihisy gny hagnery gny olon'aby eo atagnanigny namany vo eo atagnanigny pazakany, dra
handrava gny tany ereo dra sy hisy dre raiky amin'ereo aza hafahako eo atagnan'ereo reo."[7]Ko dra lasa
perak'agnondry voalahasy ho vono Zaho, ho an'ireo ze ninday agnondry. Natakasy tehy ro Zaho; gny tehy raiky
nataoko ho"fahasoava" dra gny hafa nataoko ho "Fikambagna". Tamizay fomba zay gny nerazako gny agnondry.
[8]Piaraky agnondry telo gny nivonoko tao agnatinigny volany raiky, akory sy naharisy tamin'ereo zaho, dra
nalaiky anahy rahateo ereo. [9]Dra hoy zaho taminigny topon'agnondry ho: "Sy hiasa ho piaraky agnondrinao sasy
zaho. Gny agnondry ze maty__dra aleo ho maty, gny agnondry ze ringa__dra aleo ho ringa. Aoky gny agnondry ze
sisa tavela samby hihina gny nofonigny namany."[10]Dra nitakariko gny tehiko "Fahasoava" dra nisolaky zay ba
hagnafoagnako gny fagneke ze fa nataoko tamireo fikoko aby. [11]Tamizay andro zay dra rava gny fagneke, dra reo
ze ninday gny agnondry vo nagnety anahy dra nahafatasy fa nizaka Yaveh. [12]Dra hoy zaho tamin'ereo ho: "Raha
toa ka soa amindrareo zay, dra aloavo gny karamako. fa raha sy zay, dra aok'avo." Dra nilazan'ereo gny
karamako__sekely volafosy telopolo.[13]Dra ho Yaveh taminahy ho: ''Apetraho ao amigny fipetran-drakisy gny
volafosy, gny sanda soa avo izay nagnomba- nan' ereo hanao!'' Ka dra nalako gny se- masaisaiky volafosy dra
napetrako tao amigny fitoera-drakosy tao atragnon'i Yaveh. [14]Boak'eo nipotehiko gny zakako faharo, "Fikambana",
ba hamoteha gny firahalahian'i Joda vo i Israely.[15]Hoy Yaveh taminahy ho: "Alao ho anigny tagnanao ndraiky gny
fitovanigny perakandro mola, [16]fa ingo, hanoby perakandro eo aminigny tany zaho. Sy hiraharaha gny agnondry
maty izy. Sy hitalia agnondry levo izy, na koa hagnasitra gny mandringa. Sy hagnaha gny agnondry ze salama izy,
fa hihina gny nofonigny agnondry matavy dra hamiravira gny kitron'ereo.[17]Loza ho anigny piaraky agnondry sy
mendriky ze mahafo gny agnondry! Hamely gny sandriny vo gny masony akavana anie gny mesa! Halazo anie
gny sandriny dra ho Poaky gny masony akavana!"

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 12

1Tihoky dra fagnambara gny zakan'i Yaveh mahakasiky an'Israely__fagnambaran'i Yaveh, ze nanandrasy reo
habakabaky vo nanoby gny fotosy gny tany, ze mamolavola gny fagnahin'aolmbelo ao agnatigny olo ho: 2"Ingo, eo
an-dalanovan'an'i Jerosalema agnaty kapoaky Zaho hahaavy reo vahoak'aby magnodidin'anazy hivembe. Dra
hanahaky anizay avo koa gny an'i Joda mandrisy gny fihirano an'i Jerosalema. 3Amizay andro zay, hataoko ho
vato mavesasy ho anigny olon'aby i Jerosalema. Ze magnandra gny hagnenga(hagnozo) anizay vato zay dra
handrasy fatrasy gny vatany, dra hitambasy hanohisy anizay tana zay reo firenenigny tany aby.4Amizay andro
zay __zay gny fagnambaran'i Yaveh__hamely gny sovala sirairay aminigny horohoro Zaho dra gny pitikisy anazy
aminigny fahavereza-say. Hagnety apahakasitraha gny taranak'i Joda Zaho dra hamely gny sovalan'ireo tafiky
aminigny fahapoaha. 5Boak'eo reo pitarik'i Joda hizaka anakapo ho: 'Reo ponin'i Jerosalema gny tazasika noho i
Yaveh toponogny maro, Zagnaharin'ereo.'6Amizay andro zay dra hataoko manahaky gny fata mirehisy egny
aminigny hazo dra manahaky gny fanilo egny aminigny amboara reo pitariky gny Joda, fa ereo gny handevo reo
firenena aby magnodidin'eo akavanany vo eo akaviany. Hitoby eo aminigny toerany ndraiky i
Jerosalema."7Hamozy reo lain'i Joda i Yaveh, ba sy ho lahibe noho gny sisa tavela amin'i Joda gny voninahisy gny
taranak'i Davaida vo gny voninahis'ireo ze manin'ao Jerosalema. 8Amizay andro zay dra ho piaro reo ponin'i
Jerosalema i Yaveh, dra amizay andro zay reo ze ketraky amin'ereo dra hanahaky an'i davida, dra gny taranak'i
Davida dra hanahaky an'Agnahary, manahaky gny azelin'i Yaveh eo anoloan'ereo. 9"Amizay andro zay dra
hanomboky handringa reo firenena aby ze avy hanohisy an'i Jerosalema Zaho.10Nefa handraraky gny
fagnahinigny fangoraha-po vo fitaraigna aminigny taranak'i Davida vo reo ponin'i Jerosalema Zaho, ba
hitolihan;ereo aminahy, gny Raiky ze nilefonin'ereo. Handala nohonigny Aminahy, manahaky gny olo mandala
aminigny zanadahiny toka ereo; handala honazy manahaky reo ze mandala nohonigny fahafatesanigny voloha-
zanak'ereo. 11Amizay andro zay gny fandala ao Jerosalema dra hanahaky gny fandala tao hadadrimona eo
aminigny lemak'i Megido.12Handala gny tany, gny fianakaviambe sirairay hitokan'amireo fianakaviambe hafa.
Gny fianakaviambenigny taranak'i Davida hitoka vo reo valin'ereo hitokan'amireo lelahy. Gny fianakaviambeny
taranak'i Natana hitoka dra reo valin'ereo hitokan'amireo lelahy. 13Gny fianakaviambeny taranak'i Levy hitoka
dra reo valin'ereo hitokan'amireo lelahy. Gny fianakaviamben'ireo Simeita hitoka dra gny valin'ereo hitoka
amireo lelahy. 14Gny fianakaviambe sirairay amireo fianakaviambe tafazano__gny fianakavia sirairay dra samby
hisitokatoka dra gny valin'ereo hitoka amireo lelahy."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 13

1"Amizay andro zay dra hisy loharano hisokaky ho anigny akohonan'i Davida vo reo ponin'i Jerosalema,
nohonigny fahotan'ereo vo gny sy fahaliovan'ereo. 2Amizay andro zay__zay gny fagnambaran'i Yaveh toponigny
maro__gny hagnafoagnako gny agnaran'ireo sapy aminigny tany ba sy ho saroa sasy ereo. Hapiboaky reo
maloton'ereo aminigny tany avo koa Zaho.3Raha misy olo manohy maminany, dra hizaka aminazy gny raiky vo
gny reniny ze niteraky anazy ho: 'Sy ho velo hanao, akory mizaka vandy aminigny agnaran'i Yaveh!' Boak'eo gny
rany vo gny reniny ze niteraky anazy handefon'anazy gny fa maminany izy.4Amizay andro zay gny paminany
sirairay dra ho magnasy aminigny fahitany aby eo apaminania izy. Reo paminany reo dra sy hanao lamba voloy,
ba hamitaha gny olo sasy. 5Fa gny sirairay hizaka ho: 'Sy paminany zaho! Lelahy miasa tagny zaho, akory gny tany
gny lasa asako raha bo tovolahy zaho!' 6Fa hisy olo raiky hizaka aminazy ho: 'Ino reo rasy eo agnelagnelan'ireo
sandrinao reo?' dra hamaly izy ho : 'Narasy nindray tamireo ze tao aminigny tragnon'ireo namako zaho."'7"Ry
mesa! Asandrato aminigny perakandroko, gny lelahy ze misangan'eto agnilako gny tagnanao__zay gny
fagnambaran'i Yaveh toponigny maro. Veleso gny perakandro, dra hiparitaky reo agnondry! Fa hagnery gny
tagnako hanohisy reo madiniky Zaho.8Dra manera gny tany aby__zay gny fagnambaran'i Yaveh__dra hisy ro
apahatelon'izay hofoagna! Ho levo reo olo reo; raiky apahatelony avo gny hizanon'agny. 9Handesiko aminigny afo
io apahatelony io dra ho lioviko manahaky gny magnalio volafosy ereo; hatiako manahaky gny volamena
voazaha ereo. Hitoka gny agnarako ereo, dra hamaly anereo Zaho dra hanao anizahoky ho: 'Tihoky gny oloko!'
dra hizaka ereo ho: 'Yaveh gny Zagnahariko!""

Chapter 14

[1]Ingo! Ho avy gny andon'i Yaveh gny fa hozaran'eo agnevondrareo gny babondrareo. [2]Fa havoriko hanohisy an'i
Jerosalema aminigny aly gny firenena aby dra ho voababo gny tana. Reo tragno dra ho voababo gny apela ho
voaola. Gny asasaky gny tana dra ho voababo, fa gny sisa tavela amireo olo dra sy halan'eo aminigny tana.[3]Fa i
Yaveh dra hiboaky dra hialy amireo firenena manahak'anazy aby mialy aminigny andronigny aly. [4]Amizay andro
zay gny tombony dra hisangan'eo agnabonigny Tendrombohis'i Oliva, ze eo agnilan'i Jerosalema agny asignana.
Gny Tendrombohis'i Oliva dra hotriaty ro dra ho sarahinigny lohasaka lahibe dra gny asasaky gny
tendrombohisy dra hihery manoloa gny avarasy dra gny asasaky manoloa gny asimo.[5]Boak'eo hanao hienga
hizoso gny lohasaka eo agnelagnelan'ireo tendrombohis'i Yaveh, fa gny lohasaka eo agnelagnelan'ireo
tendrombohisy dra hipaky hatragny Azela. Hienga manahaky gny nenganao taminigny horohoro-tany tamireo
andron'i Ozia, pazakan'i Joda hanao. Dra ho avy i Yaveh Zagnahariko dra hindray Aminazy avokoa reo
olomasin'aby.[6]Amizay andro zay dra sy hisy hazava, fa sy hisy na hasiaky na fanala. [7]Amizay andro zay, andro zay
Yaveh raiky avo gny mahafatasy, dra sy hisy andro na hariva sasy, fa gny hariva dra ho lasa fotoanigny hazava.
[8]Amizay andro zay gny rano velo dra hikoria hiboaky an'i Jerosalema. Gny asasak'ireo dra hikoria aminigny
ranomasy asignana dra gny asasany aminigny ranomasin'andrefa, aminigny fahavarasy vo aminigny ririny.[9]Ho
pazaka aminigny tany aby i Yaveh. Amizay andro zay dra hisy Yaveh, Gny Zagnahary vatany, dra gny agnarany
raiky avo. [10]gny tany aby dra hanaky an'i Araba, manombok'ao Geba dra hatragny Rimona asimon'i Jerosalema.
Hasandrasy hatragny i Jerosalema dra hitoby aminigny toerany manoka, hatragny aminigny Vavahadin'i
Benjamina dra hatragny aminigny toera ze nisy gny vavahady volohany, hatragny aminigny Vavahady azorony,
dra hatragny aminigny Tilikambon'i Hananela dra hatragny amireo famiazam-boaloboky gny pazaka. [11]Gny
vahoaky dra hipetrak'agny Jerosalema dra sy hisy faharava tateraky boak'amin'Agnahary hanohisy anereo sasy.
Hiay sy amin'ahiahy i Jerosalema.[12]Zao gny ho loza ze hamelezan'i Yaveh an'ireo vahoak'aby nialy nanohisy an'i
Jerosalema: gny nofon'ereo dra ho lo na dre misanga aminigny tombony aza ereo. Gny mason'ereo dra ho lo ao
aminigny faladian'ereo dra gny lelan'ereo ho lo ao am-bavan'ereo. [13]Amizay andro zay gny tahosy lehibe
boak'amin'i Yaveh dra ho avy amin'ereo. Gny sirairay dra hihazo gny tagnanigny hafa, dra gny tagnanigny raiky
dra hisandrasy hamely gny tagnanigny raiky hafa.[14]Joda avo koa dra hialy hanohisy an'i Jerosalema. Hamory gny
haren'ireo firenena magnodidin'aby ereo__volamena, volafosy, dra fitafia soa maro be. [15]Gny loza avo koa dra ho
amireo sovala vo reo apondra, reo rameva vo reo boriky, dra reo biby aby ao amireo toby reo avo koa dra hizaly
amizay loza zay avo.[16]Dra izao gny heseho, ze tavela ao amireo firenena ze avy manohisy an'i Jerosalema dra
hiakasy isa-tao koa ba hidera gny pazaka, dra i Yaveh toponigny maro, dra hitandry gny Firavoravoanigny Felofa.
[17]Raha sy mandeha miakasy ho agny Jerosalema ba hidera anigny pazaka, dra i Yaveh toponigny maaro, gny olo
boak'amireo firenenanigny tany, dra sy hinday ora amin'ereo i Yaveh. [18]Raha sy miakasy gny firenen'i Egypta, dra
sy hahazo ora ereo. Hisy areti-mandringa boak'amin'i Yaveh ze hamely reo firenena ze sy hiakasy ba hita gny
Firavoravoanigny Fialofa.[19]Zay gny ho famaiza ho an'i Egypta dra famaiza ho anigny firenena aby ze sy miakasy
ba hita gny Feravoravoanigny Felofa.[20]Fa amizay andro zay, gny lakolosin'ireo sovala dra hizaka ho: "Atokany ho
an'i Yaveh," dra reo koveta ao aminigny tragnon'i Yaveh dra hanahaky gny apondra boribory eo agnetrehanigny
alitara. [21]Fa gny vilagny tanimanga aby ao Jerosalema vo Joda dra hataoko ho an'i Yaveh toponigny maro dra ze
minday soron'aby dra hihina amin'io dra hapangotraky ao agnatin'ireo. Amizay andro zay reo pivarosy dra sy ho
ao atragnon'i Yaveh toponigny maro sasy.

# Malachi

Chapter 1

[1]Gny fizakany gny zakan'i Yaveh tamin'Israely alalan'ny tanan'i Malakia. [2]''Fa nitia adrareo zaho,'' hoy Yaveh.
Saingy hoy hadrareo ho: ''Manaoakory gny nitiavanao anay?'' ''Sy rahalahin'i Jakoba se i Esao?'' hoy zinakan'i
Yaveh.'' Jakoba gny fa tiako, [3]Fa Esao nihalako. Gny tedrombohiny dra fa nataoko lao, dra fa nataoko ho toerana
ho an'ireo ambodia avy agny agnefisy gny lovany.[4]Gny mizaka i Edoma ho: ''Nolavoina izahay, kanefa hagnery
hananga gny rava izahay,'' dra hizaka i Yaveh tomopon'ny maro ho: ''Mety hananga izy ireo,sangy ho ravako
draiky. Ireo raha dra hitoka anazy ireo ho: ''Tananan'ny faharasiana'' vo ho: 'Ireo vahoaky izay nihozognon'i
Yaveh mandrakizay.'' [5]Hahita izay gny masodrareo, dra hizaka hadrareo ho: ''Yaveh dra lahibe mihoasy ireo
faritaninIsraely.'''[6]'' Manahaky gny zanadahy magnome voninahisy gny rany, vo gny panopo magnome
voninahisy gny topony. Raha ray Zaho, eza gny voninahiso? Raha topo Zaho, eza gny fanehoa fazakako?'' Hoy i

Yaveh toponigny maro tamireo pisoro, ze nanao sinosino gny agnarako. "Saingy hoy handrareo ho: 'Akory gny
nanovanay sinosino gny agnaranao?' 7 Taminigny fanolora mofo voaloto eo aminigny alitarako. Saingy hoy
handrareo ho: 'Akory gny nandotoanay Anao?' Taminigny filaza fa sy misy dikany gny latabas'i Yaveh. 8 Gny fa
manolosy biby poaky hatao soro handrareo, moa sy rasy ra zay? Gny fa monolosy gny Kilemaina vo marary
hanadrareo, moa sy rasy ra zay?" Atoroy agny aminigny governorandrareo zay! Handray andrareo ra izy na
hatoby gny tavandrareo?" hoy Yaveh toponigny maro. 9 Amizao handrareo dra bo magnotany gny
endrik'Agnahary, ba hamindrany fo sika. Fa Yaveh toponigny maro nizaka fa aminigny fagnatisy manahaky ze
egny atagnandrareo, moa hapitraky gny tarehindrareo ra Izy? 10 "Raha ba nisy raiky tamindrareo masy nagnakato
gny vavahadinygny tepoly, ba sy ho zava-poa gny andrehetandrareo afo eo aminigny alitarako! Sy makasitraky
andrareo Zaho ," hoy Yaveh toponigny maro: "dra sy hitakasy fagnatisy boak'aminigny tagnandrareo Zaho. 11 Fa
gny agnarako dra ho lahibe eo amireo firenena dra isaky gny toeran'aby manomboky aminigny fiposahanigny
masoandro mandra-piletiny dra liti-kazo magnisy vo fagnatisy malio gny hatolosy aminigny agnarako. Fa gny
agnarako dra lahibe eo amireo firenena." Hoy Yaveh toponigny maro. 12 "Fa manirasira anizay handrareo gny fa
mizaka fa maloto, reo sakafony, dra hataoko sinosino. 13 Hoy koa handrareo ho: 'Mandreraky koa izy zay,' dra
nihero tamizay handrareo," hoy i Yaveh toponigny maro. "Ninday ze nala taminigny bibi-mola handrareo na
kilemaina na mararay; dra nandesindrareo ho fagnatindrareo zay. Tokony hitakasy anizay boak'egny
atagnandrareo ra Zaho?" hoy Yaveh. 14 "Aoky hozogny pamitaky ze manan'agnondry vo mivoady hagnome Anahy
zay, dra bo magnome soro ze misy kilema Anahy, Topo! Fa Izaho dra pazaka lahibe," hoy Yaveh toponigny maro,"
dra gny Agnarako hamem-boninahisy eo amireo firenena."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 2

1 Dra handrareo pisoro, ho andrareo ty lity ty. 2 "Raha sy hiteno handrareo, dra raha sy hametraky anizay ao
apondrareo ba hagnomeza voninahisy gny agnarandrareo handrareo," hoy Yaveh toponigny maro, "dra handefa
ozon'amindrareo Zaho. Eny vatany, fa nataondrareo tao apondrareo gny litiko. 3 Ingo, hizaka fatrasy gny
taranadrareo zaho, dra hagnaparitaky zeziky egny amigny tavadrareo zaho, zeziky avy amigny
firavoravoadrareo, dra hangalaky adrareo hiaraky amin'izay izy. 4 Dra ho fatasidrareo fa nandefa io tamidrareo
zaho, dra gny fifignekeko dra hitohy amin'ireo Levy," hoy Yaveh tompon'ny maro. 5 Gny fifagnekeko taminazy dra
fiainana vo fiadagna, dra nameko anazy ireo izy ; nameko tahosy iazy, dra natahosy anahy izy, dra nizoro
tamigny tahosy gny agnarako izy. 6 Fapianarana marina no tao am-bavany, dra sy nisy diso teo amigny molony.
Nidray tami-piadagna vo tami-pahamarigna taminahy izy dra niamboho tamigny fomba maro tamigny ota. 7 Fa
gny molosy gny pisoro dra tokony hagna-pahalala dra gny vahoaky dra tokony hitalia fapianarana avy agny am-
bavany, satria pitodra hafas'i Yaveh tompon'ny maro izy. 8 Fa hadrareo dra niala tamigny lalana marina. Nahavy
gny maero ho tafitohina amigny fagnaza gny lalana hadrareo. Nandika gny fagneke-pihavavanan'i Levy
hadrareo," hoy Yaveh tompon'ny maro. 9 "Noho izay zaho koa, dra fa nanao ho sinosino vo rasy teo alohan'ny
vahoaky rehetra, satria sy nitadry gny lalako hadrareo, fa kosa nampiseho fagnakavahana tamigny
fapianarana." 10 Sy ray tokana avo se gny asika rehetra? sy Zagnahary tokana avo se gny nahary asika? nanaoakory
isika olo kiraikiraiky avy gny kely finoaamigny rahalahiny, manirasira gny fagneken'ireo razambesika? 11 Joda dra
kely finoa. Zavatra maharikoriko gny nisy tao Israely vo tao Jerosalema. Fa nanirasira gny fitoerana masin'i
Yaveh izay tiany i Joda, dra nanambaly gny zanaky vavin'adriamani-kafa. 12 Aoka Yaveh hangalaky ireo lain'i
Jakoba ilay izay nanao izay, ilay nifoha vo ilay namaly, na dre ninday fagnatisy ho an'i Yaveh tompon'ny maro aza
izy. 13 Atovidrareo avo koa izao: "Rakofadrareo amigny ranomaso gny alitaran'i Yaveh, amigny fitomagnia vo
fisetoa, satria izy dra sy bo mitoliky amin'ilay fagnatisy na mandray izay ami-pankasitrahana avy egny
atagnadrareo. 14 Fa hoy hadrareo ho: "Nanaoakory izy gny sy manao an'izay?" Satria Yaveh dra vavolombelo teo
amidrareo vo gny valy tamigny fahatanoradrareo, tamin'izay naha kely finoa adrareo, dra piara-dia amidrareo
vo validrareo tamigny alalan'ny fifagneke aza izy. 15 Sy nambany horaiky se izy ireo, midray amigny pilaky gny
fagnahiny? koa nanaoakory hadrareo gny nataony ho raiky? satria izy dra nitalia taranaky avy amin'i Zagnahary.
Koa ambeno ao amigny fagnahidrareo gny vatadrareo, dra aza sy matoky gny valin'ny fahatanoradrareo. 16 "Fa
malaiky gny fisarahana zaho," hoy Yaveh, Zagnahadr'Israely, "dra ilay magnaro gny fotafiany amigny herisetra,"
hoy Yaveh tompon'ny maro. "Dra ambeno ao amigny fagnahidrareo gny fatadrareo dra aza kely
finoa." 17 Nadreraky an'i Yaveh tamigny zakadrareo hadrareo. Fa hoy hadrareo ho: "Ahoana gny nadrerahanay
anazy?" Tamigny fizaka ho: "Izay rehetra manao rasy dra soa eo amason'i Yaveh," na hoe:" Eza gny Zagnahariny
gny fahamarina?"

## Chapter 3

[1]"Ingo, fa ba handefa gny irako Zaho, dra izy dra hagnoma gny lalan'eo anoloako. Ko dra ho avy tapoky ao
aminigny tepoliny gny Topo ze taliavindrareo. Gny iraky gny fagneke ze hakasitrahandrareo, Ingo, ho avy izy,"
hoy Yaveh toponigny maro. [2]Fa iza moa gny hahavita hiarisy gny andro hahaviany? Iza gny hahavita hizoro gny
fa hiseho Izy? Fa Izy dra hanahaky gny afonigny pandredriky vo savony fanasan-damba. [3]Hitoby manahaky gny
pandredriky vo pandio volafosy Izy, dra hagnalio reo zanadahin'i Levy. Handrendriky anereo manahaky gny
volamena vo volafosy Izy, dra hinday fagnatisy gny fahamarigna ho an'i Yaveh ereo.[4]Dra gny fagnatis'i Joda vo i
Jerosalema dra hakasitrahan'i Yaveh, manahaky gny andro faela, vo manahaky gny tao taloha. [5]Dra ho avy zaho
hisara andrareo. Vetivety Zaho dra ho avy vavolombelo hanohisy reo pisikily, pizangazanga, vavolombelo
sandoky, dra hanohisy ze mapahory gny piasa aminigny karamany, reo ze mapizaly gny pitondrategna vo reo
kamboty, hanohisy ze nanda gny vahiny, dra hanohisy reo ze sy magnome voninahisy Anahy," Hoy Yaveh
toponigny maro.[6]"Fa Zaho, Yaveh, dra bo sy niova; noho zay handrareo, ry zanadahin'i jakoba, dra sy ho trasy
farany. [7]Hatraminigny andron'ireo razambenao dra nanda gny didiko handrareo dra sy nitnandrin'anizay.
Miheregna aminahy, dra hiherin'amindrareo zaho," hoy Yaveh taponigny maro. "Fa hoy koa handrareo ho:
'Aminigny fomba akory gny hiheregnako?'[8]Misy olo hadroba an'i Zagnahary se? saingy madroba anahy hadrareo.
Fa hoy hadrareo ho: ''Tamigny fomba manaokory gny nandrombanay anao? Tamin'ireo ampahafolokarena vo
ireo fagnatisy. [9]Hadrareo dra voaozo, satria nandromba anahy, dra firenena manotolo.[10]Andeso ao amigny tragno
fitehirizana gny ampahafolon-karena feno, ba hisy sakafo ao amigny tragnoko, dra sapao amin'izao zaho, ''hoy
Yaveh tampon'ny maro, '''Raha sy manokaky gny vatrangaran'ny lagnisy amidrareo zaho dra madraraky
fahasoavana eo amidrareo, madram-paha sy misy afisy ho amin'izay rehetra izay sasy. [11]Hizaka manohisy izay
manola gny masom-bilodrareo zaho, ba sy hanolan'izay ireo gny vakasy gny zakadrareo. Ireo volobokidrareo
egny asaha dra ho vagno,''hiy Yaveh tompon'ny maro. [12]Gny firenena aby dra hitoka adrareo ho sambasy satria ho
tany mahafinarisy hadrareo,'' hoy Yaveh tompon'y maro.[13]Nahery taminahy gny zakadrareo,'' hoy Yaveh.''Singy
hoy hadrareo ho: ''Ino gny nifapizakanay manohisy anao?'' [14]Hoy hadrareo ho: '' Sy taliavy gny manopo an'in
Zagnahary. Ino gny tombosoasika raha nitadry ireo fangatahiny isika nandeha tam-pisaonana teo agnatrehan'i
Yaveh tompon'ny maro? [15]Dra ankehitriny isika mitoka gny pirehareha ho sambasy. Sy mahomby fosiny ireo
panao rasy, fa misapa an'i Zagnahary misoaky mihisy.'''[16]Avy eo dra nifapizaka ireo izay natahosy an'i Yaveh.
Nifatoky soa Yaveh dra niteno, dra nosoraty teo alohany gny boky fahasiarova mambon'ireo natahosy an'i Yaveh
vo nagnome voninahisy gny agnarany.[17]Hon'Ahy izy ireo'' hoy Yaveh tompon'ny naro, ''Fanagnako sarobidy,
amigny andro izay hiasako. Hiatra anazy zaho, manahaky gny olo raiky miatra gny zanany lahy izay manopo
anazy. [18]Dra hagnavaky gny olomarina vo gny rasy fagnahy draiky hadrareo, eo amin'izay manompo an'i
Zagnahary vo izay manompo anazy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 4

[1]Fa ingo, ho avy gny andro toy gny fatana, aby lasa moloso ireo pirehareha vo panao rasy aby. Ho avy gny andro
agnoro anazy ireo, ''hoy Yaveh tompon'ny maro, dra, ''dra hagnenga izay ho sy hisy faka vo rasany izay. [2]Fa ho
adrareo izay matahosy gny agnarako, gny masoandron'ny fahamarinana dra hiposaka midray amigny
fagnasitragna egny amin'ireo elany. Hiboaky hadrareo, dra hidikosy manahaky gny zanak'agnomby avy ao
amigny fihinanam-bilona. [3]Amin'izay andro izay dra hagnisakisaky gny rasy hadrareo, satria ho levona
ambanin'ny faladian-dombotrareo izy ireo amigny andro izay hiasako,'' hoy Yaveh tompon'ny maro.[4]Tadidio gny
fapianaran'i Mosesy panopoko izay nameko anazy tagny Horeba ho an'Israely aby, ireo didy vo fisipiky. [5]Ingo,
hagniraky an'i Elia paminany zaho mialohan'ny fiavian'ilay andro lahibe vo mapatahos'i Yaveh. [6]Hagnery gny
fan'ny ray ho amigny zanaky izy, dra gny fon'ny zanaky ho amin'ireo babany, ba sy hiaviko dra hamelezako gny
tany amigny faharavana tanteraky.''

# Matthew

Chapter 1

[1]Gny boky gny razan'i Jesosy kristy zanak'i Davida zanak'i Abrahama. [2]Abrahama gny ran'Isaka, dra Isaka gny
ran'i Jakoba, dra Jakoba gny ran'i Joda vo reo rahalahiny. [3]Joda gny rain'i Fareza vo i Zara laha tamy Tamara,
Fareza gny rain'i Herzona, dra Herzona gny rain'i Rama.[4]Raha gny ran'i Amidaba , dra Aminadaba gny ran'i
Nasona, dra Nasona gny ran'i Salmona. Salmona gny ran'i Boaza tamy [5]Rahaba, Boaza gny ran'i Obeda tamigny
Rota, Obeda gny ran'i Jese. [6]Dra Jese gny ran'i Davida panjaka, Davida gny ran'i Solomona tamy alalagny valiny
Oria.[7]Solomona gny ran'i Rehoboama, Rehoboama gny ran'i Abia, dra Abia gny ran'i Asa. [8]Asa gny ran'i Jaosafata,
dra Jaosafata gny ran'i Jorama, dra Jorama gny razan'i Ozia.[9]Ozia gny ran'i Jotama, Jotama gny ran'i Ahaza, Ahaza
gny ran'i Hezekia. [10]Hezekia gny ran'i Manase, manase gny ran'i Amona, dra Amona gny ran'i Josia. [11]Josia gny
ran'i Jekonia vo reo rahalahiny tamy fotoa gny fandroaha ho agny Babylona.[12]Tafarany fandroaha ho agny
Babylona, dra Jekonia gny ran'i Sealtiela, dra Sealtiela gny ran'i Zerobabela. [13]Zerobabela gny ran'i Abihoda,
Abihoda gny ran'i Eliakima, dra Eliakima gny ran'i Azora. [14]Azora gny ran'i Zadoka, Zadoka gny ran'i Akima, dra
Akima gny ran'i Elihoda.[15]Elihoda gny ran'i Eliazara, Eliazara gny ran'i Matana, dra Matana gny ran'i Jakoba.
[16]Jakoba gny ran'i Josefa zay valin'i Maria, gny niteraky an'i Jesosy, zay nitokavy ho Kristy.[17]Gny taranaky aby
manomboky amin'i Abrahama dra hatra amin'i Davida dra taranaky efasy amby folo, manomboky amin'i Davida
dra hatra amy fandroaha ho agny Babylona dra taranaky efasy amby folo, dra manomboky amy fandroaha ho
agny Babylona dra hatra amin'i Kristy dra taranaky efasy amby folo.[18]Manahaky anizao gny nisehoany
fahaterahan'i Jesosy Kristy. Gny reniny, Maria, dra fa natokja hanambaly an'i Josefa, fa saiky taloha gny
niarahan'ereo , dra hita fa nibevoka izy laha tamy fagnahy Masy. [19]Josefa, valiny, dra lelahy mary, sady sy te-
hagnala baraka anazy ampihibemaso. Ka nanapa-kevisy izy gny hamara mangingiky gny fifanekeny taminazy.
[20]Dra raha izy bo nieritseritsy mahakasiky reo raha reo igny, dra niseho taminazy tamy nofy gny azelign'i Topo,
manao ho:''Josefa, zanadahin'i Davida, ka matahosy gny hangalaky an'i Maria ho valinao, satria gny ray ze
notorotoro ao agnatiny dra gny Fagnahy Masy gny nampitoesy anazy. [21]Hiteraky zaza lahy izy, dra ianao hitoka
gny agnarany ho Jesosy, fa izy gny hamozy gny olony hiala amy fahotan'ereo.''[22]Izay iaby zay dra niseho ba
hahatateraky ze nambarany Topo tamy alalagny mpaminany, manao ho:[23]''Indro, gny viriziny ho bevoka ka
hiteraky zanadahy, dra izy reo hitoka gny agnarany ho Imanoela'' zay midika ho: ''Amisika Zagnahary.''[24]Nifoha
tamy torimasony Josefa dra nanao arak'izay nandidiagny azeliny gny Topo anazy dra nangalaky anazy ho valiny.
[25]Saiky sy niray taminazy izy mandram-piterany zazalahy. Dra nitokaviny ho Jesosy gny Agnarany.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 2

[1]Tafarany nahaterahan'i Jesosy tao Betleheman'i Jodia tamy andron'i Heroda pazaka, dra avy tao Jerosalema reo
lelahy manam-pahalala laha tagny atsignana nizaka ho: [2]''Eza Izy zay niteraky ho pazaka gny Jiosy? Nahita gny
kitany laha tegny atsignana izahay dra avy ba hidera anazy.''[3]Fa gny nahare anizay i Heroda pazaka, dra
nampatahosy izy , vo i Jerosalema manotolo niaraky taminazy.[4]Nandesin'i Heroda niaraky gny lohagny pisoro
iaby vo gny panora-dalana gny olo, dra nagnontany anazy ereo ho: ''Eza gny hahaterahan'i Kristy? ''[5]Nizaka
taminazy ereo ho: ''Ao Betleheman'i Jodia, fa izao gny voasorasy gny paminany ho:[6]'Fa ianao, Betlehema, agny
amy taniny Joda, dra sy masaiky indrandra amin'ereo pinday an'i Joda, fa laha taminao gny hahaviany pazaka
zay hiamby gny oloko Israely.''[7]Dra nitoka mangingiky reo lelahy manam-pahalala i Heroda ba hagnontany anazy
reo mazava soa gny fotoa nipoirany gny vasia. [8]Nalefany tagny Betlehema ereo , manao ho: ''Mandehana dra
fotory soa gny amy zaza. Fa gny hitandrareo izy, dra zakao zaho, ba afahako magnagny avo koa dra hidera anazy
.''[9]Tafany naharezan'ereo gny pazaka, dra nandeha tamy lalany ereo, dra gny vasia zay hitan'ereo tegny asignana
gny nialoha anazy reo mandra-pizanony teo agn'abo gny toera nisy gny zaza. [10]Fa gny nahita gny vasia ereo , dra
nifaly tamim-pifaliam-be.[11]Nilisy tao amy tragno ereo dra nahita gny zaza niaraky tamin'i Maria reniny.
Nandohaliky vo nidera anazy ereo. Nanokasy gny fisia-kareny ereo dra nanolosy fagnomeza volamena, liti-kazo
magnitsy, dra miora ho anazy. [12]Nampitandry anazy reo tamy nofy Zagnahary ba sy hiharegnany agny amin'i
Heroda, ka lala hafa gny nandehan'ereo namozy gny fireneny aby.[13]Fa gny nandeha izy reo ,dra nisy azelin'i Topo
niboaky tamin'i Josefa tamy alala gny nofy dra nizaka ho: ''Miaregna andeso gny zaza vo gny reniny, dra
mandosira agny Egypta. Mipetrara agny mandra-pizakako aminao,fa i Heroda dra mitalia gny zaza ba hamonoa
anazy.''[14]Gny hariva igny Josefa dra nifoha dra ninday gny zaza vo gny reniny dra nagnagny Egypta. Nipetraky
tagny izy mandra-pahafatin'i Heroda.[15]Dra nagnatateraky ze nizakan'i Topo tamy alalagny paminany ho:
''Nitokaviko hiala tagny Egypta gny zanako.''[16]Laha teo Heroda, fa gny nahita fa voafitak'ereo lelahy manam-
pahafatany , dra hory fatrasy. Nagniraky vo napamono gny zazalahy iaby ro tao gny mizoso ze tao Betlehema vo
tao amin'igny farisy iaby igny , araky gny fotoa ze niboahany mazava tamin'ereo lelahy manam-pahaiza.[17]Laha
teo dra tateraky gny zaka ze nizaka tamigny alalan'i Jeremia paminany ho: [18]''Nisy feo re tao Rama, fitomagnia vo
fandalam-be , mitomagny noho gny amy zanan'i Rahely, dra sy nagneky gny ho ampegneny izy, satria fa
fanandeha ereo.''[19]Gny fa nimaty i Heroda, indro, nisy azelin'i Topo niboaky tamin'i Josefa tagny Egypta tamy nofy
dra nizaka ho: [20]''Mifohaza dra andeso gny zaza vo gny reniny dra mandehana agny amy tanin'Israely, fa maty reo
ze nifofo gny ay gny zaza.''[21]Nifoha Josefa, nandesiny gny zaza vo gny reniny, dra nandeha tagny amy
tanin'Israely.[22]Gny fa nahare i Arkelaosy gny nazaka tagny Jodia nandimby an'i Heroda rany, dra natahosy gny ho
agny izy. Tafarany napitandreman'Agnahary anazy tamy nofy, dra niala nagnagny amy faris'i Galilia izy [23]Dra
nandeha dra nitoesy tao amy tana tokavy ho Nazareta. Zay dra nahatateraky ze voazaka tamy alalan'ereo
paminany ho: ''Nazareta gny nitokava anazy.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 3

[1]Tamin'izay andro zay dra nandeha nitory tagny agn'efis'i Jodia i Jaona panao Batisa manao ho:[2]''Mibebaha, fa
mariny gny fazaka gny lagnisy.''[3]Fa izy gny nizakan'Isaia paminany, manao ho:''Misy feo raiky mitoka fatrasy
agny agn'efisy ho:' Amboaro gny lala gny Topo, ahisio gny lalany.'''[4]Dra Jaona niakazo volon-drameva vo nanao
fehitroky holisy tamy valahany. Valala vo tately remby gny nataony fihinana. [5]Dra Jerosalema , Jodia manotolo, vo
gny farisy aby magnodidy gny reniranon'i Jordana dra nagnato anazy. [6]Nataony batisa tegny amy reniranon'i
Jordana ereo, fa gny nagneky gny fahotany.[7]Fa gny nahita reo Fariseo vo Sadoseo maro nagnato anazy ba ho atao
batisa izy, dra hoy izy tamin'ereo ho: ''Ry taranaky menarana feno poizy, iza gny napitandry andrareo hilomay
gny fahoria ze ho avy? [8]Mamoaza tegnany miendriky gny fibebaha. [9]Dra ka misay gny hizaka anakam-po ho:
'Mana an'i Abrahama ho ranay izahay.'Fa zakako amindrareo fa Zagnahary dra mahavita mananga zanaky ho
an'i Abrahama dre dra laha tamy tahoky vato tahoky avo.[10]Gny fa napetraky eo am- potosy gny hazo gny famaky.
Koa reo hazo iaby ze sy mamoa soa dra ho tapahy dra hatoraky agny agnaty afo.[11]Manao batisa andrareo amy
rano ho amy fibebaha zaho. Fa mahery noho zaho izy zay avy afarako,dra zaho dra sy mendriky avo na dra gny
hinday gny kapany avo. Hanao batisa andrareo amy Fagnahy masy vo gny afo Izy. [12]Fa egny an-tagnany gny
fikororohany ba hagnaliova gny famoloany dra hamory gny variny agny amy sihim-bary. Fa izy dra hagnoro reo
lila amy afo ze sy mety maty.''[13]Avy eo Jesosy laha tagny Galilia dra avy teo amy reniranon'i Jordana ba ho ataoan'i
Jaona batisa. [14]Nefa i Jaona dra niezaky nanaka anazy , manao ho: ''Izaho gny mila ataonao batisa, nefa anao
draiky seky gny magnato anahy? ''[15]Jesosy namaly dra nizaka taminazy ho: ''Ekeo zay amizao, fa izao gny mety
amisika hahatateraky gny fahamarigna iaby.'' Laha teo Jaona nagneky anazy.[16]Nogny vita batisa Izy, dra niboaky
gny rano avy hatra Jesosy, dra indro, nisokaky taminazy gny lagnisy. Hitany gny fagnahin'Agnahary nizoso
manahaky gny voromailala dra nagneo agn'abony. [17]Dra indro, nisy feo laha tagny an-dagnisy nanao ho:''Itiho gny
zanako malalako. zay sitrako indrindra.''

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 4

[1]Laha teoi Jesosy nitarihiny gny Fagnahy ho agny agn'efisy ba halany devoly fanahy. [2]Fa gny niavy nifaly hany
efapolo andro vo efapolo hariva izy, dra resy . [3]nagnato gny pangalaky fagnahy dra nizaka taminazy ho: ''Raha
Zanak'Agnahary Ianao , dra zakao hazary mofo tahoky vato tahoky.''[4]Fa Jesosy namaly dra nanao taminazy ho:
''Voasorasy ho:'Sy gny mofo avo gny hiveloma gny olo fa ze zaka aloaky gny vavan' Agnahary.''[5]Laha teo gny
devoly ninday anazy tagny amy tana masy dra nametraky anazy teo amy faratapo gny tepoly, [6]dra nizaka
taminazy ho:''Raha Zanak'Agnahary anao, dra milasaha agny ambany agny, fa voasorasy ho:' Izy handidy reo
azeliny hiaro anao' vo 'hanandrasy anao eo amy tagnan'ereo, dra sy ho tafotohy amy vato gny tombonao.'''[7]Jesosy
nizaka taminazy ho:''Dra bo voasorasy draiky ho: 'Sy tokony hisapa gny Topo Zagnaharinao ianao.''' [8]Nandesiny
gny devoly hagnagny amy toera abo draiky Izy dra napiseho anazy gny fazaka iaby amin'izao totolo izao vo gny
hasoan'ireo.[9]Ho izy taminazy ho:''Io iaby io dra homeko anao, raha magneky handohaliky eto agnatrehako vo
midera anahy anao.''[10]Laha teo Jesosy nizaka taminazy ho:''Miala eto anao , ry Satana! Fa voasorasy ho:' Ianao dra
hidera gny Topo Zagnaharinao, dra izy raiky avo gny ho toponao.'''
[12]Dra nogny ren'i Jesosy fa voasambosy Jaona, dra nihery nagnagny Galilia izy. [13]Nagnenga an'i Nazareta izy dra
nandeha nipetraky tao Kapernaomy, zay eo andafin-dranomasin'i Galilia, ao amy zara-tanin'i Zebolona vo
Naftaly.[14]Zay gny niseho ba hahatateraky ze nizakan'Isaia paminany ho:[15]'' Gny tanin'i Zebolona vo gny tanin'i
Naftaly , nangnagny amy ranomasy, agny andafin'i Jordana, Galilia an'ereo zetilisa! [16]Reo olo nipetraky tamy mezy
dra nahita fahazava lahibe, dra reo ze nipetraky tamy farisy vo gny aloky gny fahafatesa, dra teo amin'ereo gny
niposaha gny fahazava.''[17]Dra tamin'izay fotoa zay Jesosy dra nanomboky nitory teny vo nizaka ho:''Mibebaha, fa
mariny gny fazaka gny lagnisy.''[18]Raha nandeha tegny amorony gny Ranomasin'i Galilia Izy, dra nahita pirahalahy
ro, Simona zay nitokavy ho Petera, dra Andrea rahalahiny, nanoraky gny haratony tegny amy ranomasy, fa
mpagnarato izy reo. [19]Hoy Jesosy tamin'ereo ho:''Andeha, hagnaraky anahy, fa hataoko mpagnarato olo
andrareo.''[20]Teo no eo avo dra niriosy reo harato ere dra nagnaraky anazy.[21]Dra raha bo nandroso JEsosy dra
nahita mpirahalahy ro hafa, Jakoba zanak'i Zebedio, vo i Jaona rahalahiny. Nagnamboasy gny haratony tao
asambo ereo niaraky tamin'i Zebedio ran'i ereo. Nitoka anazy reo Izy, [22]dra teo no eo avo dra nagnenga gny
sambokeliny vo gny rany ereo dra nagnaraky anazy.[23]Nandeha eran'i Galilia Jesosy, nampianasy tao amy
Synagogan'ireo, nitory gny filazasara gny fazaka, dra nagnasitra reo karazan'arety aby bamigny rofy iaby teo amy
olo. [24]Niely eran'i Syria gny vaovao mahakasiky anazy, dra nandesiny olo teo aminazy reo ze marary iaby, marary
gny karazan'arety vo fangirifiria, reo demonia, vo ze mariry androbe vo marary paralysisa. Nisitranin'i Jesosy
iaby zao. [25]Vahoaky maro laha tagny Galilia, Dekapolisy, Jerosalema, Jodia dra gny laha tagny an-dafin'i Jordana
gny nagnarakay anazy.

 

Chapter 5

[1]Fa gny nahita reo vahoaky JEsosy , dra niakasy teo ambohisy. Fa gny tafapetraky Izy, dra nagnato anazy reo
pianany. [2]Nanokasy gny vavany Izy dra nampianasy anazy reo, manao ho: [3]"Sambasy gny mahatra am-pagnahy,
fa anazy reo gny fazaka gny lagnisy. [4]Sambasy reo mandala . fa hampiono an'ereo.[5]Sambasy reo malemy fagnahy ,
fa ereo gny handova gny tany.[6]Sambasy reo ze resy vo magetaheta gny fahamarigna, fa ho vokisa ereo. [7]Sambasy
reo mpamindra fo, fa hahazo famindram-po ereo.[8]Sambasy reo malio am-po, fa hahita agn'Agnahary reo.
[9]Sambasy reo mpampihava, fa reo gny tokavy ho Zanak'Agnahary.[10]Sambasy reo ze ezehy noho gny fahamarigna,
fa anazy reo gny fazaka gny lagnisy.[11]Sambasy andrareo raha magnirasira andrareo vo magneziky andrareo gny
olo, dra mizaka gny karaza vandy rasy iaby hanohisy andrareo noho gny aminahy.[12]Mifalia vo miravoravoa, fa
lahibe gny valisoandrareo agny an-dagnisy. Fa lahibe zay gny fomba magnezeha gny olo reo paminany ze niaigna
talohandrareo.[13]andrareo gnmy sira gny tany. Fa raha gny sira gny avy masaso, amy fomba akory gny apamasy
anizay draiky? Sy ho soa dra amy ino dre amy ino sasy zay fa haria vo ho hisahiny tombony gny olo sisa.
[14]Andrareo gny fahazavan'izao totolo zao. Gny tana miory eo amy havoa dra sy azo havony sasy.[15]Sy misy olo
mandrehisy ziro dra mametraky ze agny ambany taty, fa eo amy fipetrara-ziro, dra magnazava gny iaby ao
atragno zay. [16]Ao hazava eo aloha gny olo manahaky anizay fomba zay gny fahazavandrareo ba ahitan'ereo gny
asa soa ataondrareo dra ankalazany gny randrareo ze agny an-dagnisy.[17]Ka mieritseritsy ho avy handrava gny
lala dra reo paminany zaho. Sy avy hanorotoro an'ereo Zaho, fa hagnatateraky anazy reo. [18]Fa zakao mary
amindrareo fa mandra-pahalevogny lagnisy vo gny tany, dra sy ho rava amy lala dre litera raiky vo tendro-sorasy
raiky avo, mandra-pahatateraky gny raha iaby.[19]Noho zay dre iza dre iza mandika dre dra gny masaiky indrindra
amin'ereo didy reo vo mampianasy gny hafa anao manahaky anizay dra ho tokavy ho masaiky indrindra ao amy
fazakagny lagnisy. Fa dre iza dre iza magnao vo mampianasy reo dra ho tokavy ho lahibe ao amy fazaka gny
lagnisy. [20]Fa zakako amindrareo fa raha sy mihoasy noho gny agny panora-dalana vo gny fariseo gny
fahamarignandrareo, dra sy hilisy ao amy fazaka gny lagnisy mihisy andrareo.[21]Fa rendrareo fa voazaka
tamin'ereo fa ela ho: 'Ka mamono olo,'dre iza dre iza mamono olo dra ho helohina agny amy fisara.'[22]Fa zakako
amindrareo fa zzay iaby hory amy rahalahiny dra mendriky gny ho hahy agny amy fisara; dre iza dre iza mizaka
gny rahalahiny ho:'Ianao dra olo- fahatany! 'dra ho hahy agny amy fila-kevisy; dre iza dre iza mizaka ho:'Mola
anao!'dre mendriky gny ho agny amy farihy mirehisy afo.[23]Noho zay raha manolosy gny fagnatisao eo amy alitara
ianao dra saroanao teo fa mana alahelo aminao gny rahalahinao,[24]dra angao eo aloha gny alitara gny
fagnatisinao, dra mandehana zory gny lalanao. Mihavana aloha amy rahalahinao, dra laha teo miharegna dra
atolory gny fandainao.[25]Mihavagna malaky amy piampanga anao raha b0 miara-lia aminazy amy fisara anao,
fandrao gny piampanga anao hanolosy anao amy pisara, dra gny pisara mety hanolosy anao amy manam-
bonignahisy, dra hatao ao an-tragno mezy anao.[26]Zakako mary amindrareo, fa sy ho afaky miboaky ao mihisy
anao mandra-pandohavavao gny vola fara gny keliky indrindra amy trosanao.[27]Fa rendrareo fa voazaka ho:'Ka
mizangazanga.'[28]Kanefa zakako amindrareo fa ze magnety ampela iaby dra magniry anazy dre fa nizangazanga
tao am-pony.[29]Raha manafitohy anao gny masonao ankavana, dra alao zay dra hario lavisy anao. Fa soa koa ho
anao raha gny raiky amy vatanao gny tokony ho simba fa sy gny vatanao iaby gny haria agny amy helo.[30]Raha
manafitohy anao gny tagnanao ankavanao, dra tapaho dra hario lavisy hiala aminao. Fa soa koa ho anao raha
gny raiky amy vatanao gny tokony ho levo fa sy gny vatanao iaby gny hatoraky amy helo.[31]Dra fa voazaka avo koa
ho : 'Dre iza dre iza misaraky amy valiny, dra ao izy hagnome anazy gny taratasy fisaraham-panambalia.'[32]Fa
Izaho koa mizaka amindrareo fa zay aby misaraky amy valiny, afa-sy noho gny fizangazanga, dra
mampizangazanga anazy. Dre iza dre iza manambaly anazy afarany fisarahany dra mizangazanga .[33]Rendrareo
fa nizaka tamy razam-be ho:' Ka miania fianianana diso,fa andeso eo anatrehany Topo gy fiaignanao.'[34]Fa zaho
koa mizaka amindrareo. ka miania amy raha iaby, dre amy lagnisy avo, fa seza fiandrian'Agnahary zay; [35]dra amy
tany, fa fipetrara-tombony zay; dre koa amy Jerosalema, fa tanan'i pazaka lahibe zay.[36]Ka miania amy lohanao, fa
sy afaky magnafosy dra magnamety gny singam-polo raiky anao.[37]Fa ao gny zakanao ho, 'Eka, eka,'Haha,
haha.'Zay mihoasy anizay dra avy amy gny rasy.[38]Rendrareo fa nizaka ho:'Maso sologny maso, dra nify sologny
nify.' [39]Fa Izaho koa mizaka amindrareo ho, ka manohisy ze rasy. Dre iza dre iza mamely gny takolakinao
ankavana dra atolory anazy koa gny ilany.[40]Dra raha misy olo magniry gny hiaraky aminao ho agny amy fisara
dra magnendaky gny akazonao, dra angao ho anazy avo koa gny lambanao.[41]Dra iza dre iza manery anao andeha
kilometasy raiky, mandehana miaraky aminazy amy kilometasy ro.[42]Omeo ze mangataky aminao, dra ka manda
dra iza dre iza magniry gny hindra aminao.[43]Fa rendrareo fa voazaka ho:'Sy maisy mitia gny piaram-belo
amianao ianao dra malegna gny fahavalonao.'[44]Fa zakako amindrareo, tiavo gny fahavalondrareo dra mivavaha
ho an'izay magnendriky andrareo, ( Fagnamariha: Gny dika-teny taloha soa indrindra dra mangalaky gny ho:

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

""'Misaora reo ze magnozo andrareo, manova gny soa amin'ereo ze malaiky andrareo.'"") [45]ba ho avy zanaky gny randrareo ze agny an-dagnisy andrareo. Fa Izy dra mampiposaky gny masoandrony amy rasy vo gny soa, dra mampilasaky gny ora amy mary vo gny sy mary.[46]Fa raha reo ze tia drareo gny taliavindrare, ino gny valisoa azondrareo? Moa se dra gny pamory hetra avo sy ba manao manahaky anizay koa? [47]Raha gny rahalahindrareo raiky avo gny arabandrareo, ino gny ba ataondrareo mihoasy gny hafa? Moa se dra gny zetilisa avo sy ba manao manahaky anizay koa? [48]Noho zay dra sy maisy tateraky andrareo, manahaky gny fahatateraha gny Randrareo ze agny andagnisy.

## Chapter 6

[1]Mitandrema ba sy hanao gny asany gny fahamarignandrareo eo anatrehagny olo andrareo ba ho itan'ereo, fa
raha sy zay dra sy hahazo gny valisoa laha tamy Randrareo zay agny an-dagnisy.[2]Noho zay fa gny maneho fihatra
andrareo, dra ka misioky trompotra misariky gny hafa manahaky gny ataony piasara velasihy agny amy
synagoga vo egny amy lala, dra ba mety hahazo gny fideran'olo ereo. Zakako mary amindrareo, fa ereo dra fa
nandray gny valisoany.[3]Fa gny maneho fihatra andrareo, ka atao fatasiny gny tagnandrareo havia ze atao gny
tagnandrareo havana,[4]ka ba home mangingiky gny fagnomezandrareo. Laha teo gny Randrareo ze mahita amy
mangingiky gny hamaly soa andrareo.[5]Fa gny mivavaky andrareo, ka manao manahaky gny mpihasaravelasihy,
fa ereo tia mijoro vo mivavaky eo amy synagoga vo eo amoron-dala, ka ba mety ho itan'olo. Zakako mary
amindrareo. fa ereo fa nandray gny valisoany.[6]Fa andrareo, fa gny mivavaky, milira ao amy efi-tragnondrareo.
Hilio gny vatrangara, dra mivavaha amy Randrareo ze ao amy mangingina .Laha teo gny randrareo ze mahita ao
amy mangingina gny hamaly soa andrareo. [7]Fa gny mivavaky andrareo, ka manao0 zaka maro sy misy taliava
anazy manahaky gny ataony zetilisa, gny amy fiheverany fa ho ren'ereo noho gny zaka maro ze ataony.[8]Noho zay,
ka manao manahaky anazy reo, fa gny Randrareo dra fa mahafatasy reo raha ze taliavindrareo mialohany gny
angatahindrareo aminazy. [9]Noho zay mivavaha manahaky anizao ho:'Ranay ze agny an-dagnisy, ho hamasiny
seky gny agnaranao. [10]Ho avy ra gny fazanao hatao ra gny sitraponao etiho an-tany mitovy gny agny an-dagnisy.
[11]Omeo anay amizao gny hany ze tandreify ho anay.[12]Mamela gny rasy atao nay , manahaky gny hamelanay ze
hory taminay. [13]Dra ka minday anay amy faka-pagnahy, fa magnafaha anay amy rasy.'"( Fagnamarina: Gny dika
zaka taloha soa indrindra dra mangalaky gny ho: "Fa Anao gny fazaka vo gny hery dra gny voninahisy
mandrakizay. Amen.")[14]Fa raha mamela gny hadisoan'olo andrareo, dra hamela andrareo avo koa gny Randrareo
ze agny an-dagnisy.[15]Fa raha sy vmamela gny hadisoan'ereo andrareo, dra sy hamela gny hadisoandrareo mihisy
gny Randrareo.[16]akoasy zay, fa gny mifaly hany andrareo, ka mampiseho endriky mampalahelo manahaky gny
taony gny piasaravelasihy, fa magnarasy tarehy an'ereo dra ba mety ho itan'olo fa tena mifaly hany. Zakakomary
amidrareo, fa nandray gny valisoa ereo.[17]Fa anao , fa gny mifaly hany, osory menaky gny lohanao dra sasao gny
tarehinao,[18]dra ba sy ho itany gny hafa ho mifaly hany, fa amy Ranao ze ao amy mangingina avo; dra gny Ranao
ze mahita ao amy amngingina, gny hamaly soa anao.[19]Ka magnaza gny hanagnandrareo etiho an-tany zay ho
solany kalalao vo ho menaheriky, dra hiliran'ereo pangalasy an-keriny dra hangalasy .[20]Fa ahazao gny
hanagnandrareo agny an-dagnisy, zay sy ho solany kalalao vo ho menaheriky, dra sy hiliran'ereo mpangalasy an-
keriny dra hangalasy.[21]Fa ze misy gny hanagnanao , gny itoerany gny fonao avo koa.[22]Gny maso gny zirony gny
vata. Noho zay, raha soa gny masonao, dra ho feno fahazava gny vata iaby.[23]Fa raha rasy gny masonao, dra ho
feno hezy gny vatanao iaby. Noho zay, raha mezy gny fahazana ze ao agnatinao amin'izao, manao akory gny
halahiben'izay hezy zay! [24]Sy misy afaky hanompo topo ro, fa halaiky gny raiky izy dra hitia gny raiky, raha sy zay
hanolom-bata ho agny raiky fta halaiky agn'Agnahary vo gny harena.[25]Noho zay zakao amindrareo , ka miahiahy
mbomba gny aindrareo, ze hohanindrareo dre ze honomindrareo dra momba gny vatandrareo,zay
hosikinandrareo. Fa sy lahibe noho gny sakafo se gny fiaigna, dra gny vata lahibe noho gny fitafia? [26]Hatio reo
voro egny amy lagnisy.Izy raiky dra sy mamafy dre miziza dre mamory ao asopisy, fa gny randrareo ze agny an-
dagnisy gny mamaha anazy reo. Sy lafovily mihoasy anireo se andrareo?[27]Iza amindrareo gny afaky magnapy
hakio raiky amy andro hiaignany amy fanahiana? [28]Nanao akory andrareo gny miahiahy (matahosy) momba gny
fisikinandrareo?Diniho gny momba gny lilia egny amy tanimboly, nanao akory gny fagnirian'ereo. Sy ba miasa
ereo, dra sy mamoly fiakazoa. [29]Zakako amindrareo, fa dre i Solomona dra amy voninahiny iaby dra sy nagnisy
manahaky gny raiky amin'ereo.[30]Raha ampiunkazoan'Agnahary manahaky anizay gny ahita agny an-tanimboly,
zay aby misy anio vo raha maray dra hatoraky ao amn-pata, mitovy nanao akory gny ampiankazoany andrareo
avo, andrareo ry masaiky finoa?[31]Noho zay ka miahiahy dra mizaka ho:'Ino gny hohaninay?
[32]Fa reo zetilisa mitalia reo raha reo, dra gny Randrareo ze agny an-dagnisy dra mahafatsay fa mila an'ireo
andrareo. [33]Fa taliavo aloha gny fazakany vo gny fahamarignany dra home andrareo reo araha reo. [34]Noho zay, ka
miahiahy gny maray, fa gny maray hagnahy gny anazy. Apy ho agn'andro kirairaiky gny rasy ao aminazy.

Chapter 7

[1]Ka misara, dra sy hosara andrareo. [2]Fa amy fisara nataondrareo, gny hisara andrareo, dra amy fandrefesa
andrefesandrareo, gnby handrefesa andrareo.[3]Manao akory anao gny magnety gny singa-mololo masaiky ze ao
agnatiny masony gny rahalahinao, nefa sy sikarisinao gny andry ao agnaty masonao? [4]Nanao akory gny
hizakanao gny rahalahinay ho: 'Angao zaho hangalaky gny sing-mololo ao agnatiny masonao,'raha bo ao agnatiny
masonao gny halify? [5]Ry piasaravelasihy! Alao aloha gny halify ze ao agnaty masonao, dra laha teo anao hahita
soa fa gny mangalaky gny singa-mololo ze eo amy maso gny rahalahinao.[6]Ka ome gny aboa ze masy, dra ka
hatoraky eo anoloany koso gny vatosoandrareo. Raha sy zay dra mety ho voahisany gny tombon'ereo, dra laha
teo hifotisy vo hamiravira andrareo amy fahapotehany.[7]Mangataha, dra omeo andrareo zay. Mitaliava, dra hahita
andrareo. Dodogny, fa hisokaky ho andrareo zay. [8]Fa zay aby mangataky, dra mahazo;reo aby ze mitalia, dra
mahits; dra ho agny olo mandondo, dra ho sokafy. [9]Sa iza amindrareo, raha angataha gny zanany mofo, gny
hanolosy vato ho anazy? [10]Dre koa raha nangatahiny trondro, dra hanolosy raharaha anazy?[11]Noho zay, raha
andrareo ze rasy avo mahay magnome reo fagnomeza ze soa ho agny zanakindrareo, moa sy lahibe mihoasy se
gny raha soa omeny Randrareo ze agny an-dagnisy ho an'ereo ze mangataky aminazy?[12]Noho zay, dre ino dre ino
raha tiandrareo ho ataony gny olo amy vatandrareo, dra tokony hanao manahaky anizay amin'ereo avo koa
andrareo, fa zay gny lala vo reo paminany.[13]Milira amy fefy tery. Fa lahibe gny fefy dra malalaky gny lala minday
agny amy fahavereza, dra maro reo olo ze mandeha amin'izay.[14]Fa tery gny fefy dra sarosy gny lala ze mitariky
magnagny amy fiaigna, dra keliky reo ze mahita anizay.[15]Mitandrema amin'ireo paminany sandoky, zay magnato
andrareo amy fiakazoan'ondry nefa amboa tena pihaza.[16]Amy alalany gny tegnany gny hahafatarandrareo anazy
reo. Mamboly voloboky egny amy silo seky gny olo, dre koa aviavy egny amy songosongo? [17]Mitovy amin'izay, gny
hazo soa iaby dra mamokasy tegnany soa, fa gny hazo rasy dra mamokasy tegnany rasy.[18]Gny hazo soa dra sy
afaky gny hamokasy tegnany rasy, dre gny hazo rasy koa sy afaky mamokasy tegnany soa.[19]Gny hazo iaby ze sy
mamokasy tegnany soa dra ho tapahy dra hatoraky agny agnatiny afo.[20]Dra noho zay, ho fatandrareo reo amy
alalany gny tegnany.[21]Sy reo aby zay mizaka aminahy ho:'Topo, Topo,'dra hilisy gny fazakany gny lagnisy, fa reo ze
manao gny sitrapony Rako ze agny an-dagnisy avo.[22]Maro reo olo hizaka aminahy amin'izay andro zay ho:'Topo,
Topo,sy fa naminany tamy agnaranao se zahay, sy fa namoaky reo demonia tamy agnaranao, dra nanao reo asa
lahibe tamy agnaranao?' [23]Laha teo Zaho hagnambara amin'ereo apahibemaso ho:'Sy nahafatasy andrareo mihisy
Zaho!'Miala lavisy anahy, ry panao rasy!'[24]Noho zay, reo aby ze mahare gny zakako dra makato anizay dra hitovy
gny olo hendry ze nagnory gny tragnony egny agn'abony vatolapy.[25]Lasaky ora, avy gny tondra-drano, dra
nifofofofo vo nandrbaky gny tragno gny sioky, fa sy nilavo zay, satria nahory teo agn'abony vatolapy.[26]Fa ze
mahare gny zakako dra sy makato anazy reo dra manahaky gny olo mola ze magnory gny tragnony egny
agn'abony fasiky. [27]Nilasaky gny ora, avy gny tondra-drano, dra nifofofofo vo namely gny tragno gny sioky, dra
lavo zay, dra feno gny faharavany.''[28]Dra gny fa avy nagnambara reo zaka reo Jesosy, talazo tamy gny
fampianarany reo vahoaky, [29]satria nampianasy anazy reo manahaky gny olo ze mana fahefa Izy, fa sy manahaky
reo panora-dalan'ereo.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 8

[1]Fa gny nilisy laha tegny an-tendrombohisy Jesosy, dra vahoaky maro gny nagnaraky anazy.[2]Indro, nisy boka
raiky nagnato anazy dra nandaly teo anoloany, nanao ho:''Topo, raha sitrakao, dra afaky magnalio anahy
Ianao.''[3]Nagnisy gny tagnany Jesosy dra nihasyu anazy, nanao ho:''Sitrako.Mahaliova.''Teo no ho eo dra nalio tamy
fahabokany izy.[4]Hoy Jesosy taminazy ho:''Ao ba sy hizaka dre ino dre ino na amin'iza na amin'iza anao.
Mandehana amy lalanao, dra asehoy amy pisoro gny vatanao dra atolory gny fagnatisy ze nididian'i Mosesy, ba
ho fizoroa vavolombelo amin'ireo.''[5]Fa gny nilisy tao Kapernaomy Jesosy, dra nagnato anazy gny Kapiteny raiky
dra nagnotany anazy,[6]nanao ho:''Topo,mandry ao an-tragno gny panopoko fa malemy dra ao agnatigny
fahårariam-be.''[7]Hoy Jesosy taminazy ho:''Ho avy Zaho dra hagnasita anazy.[8]Namaly gny kapiteny dra nanao
ho:''Topom sy mendriky zaho gny tokony hiliranao ao ambany tafo-tragnoko, zakao avo gny zaka dra ho sitrany
gny panompoko.[9]Fa zaho avo koa dra lelahy ze napetraky ao ambany fahefa,dra mana miaramila ze feheziko
zaho. Mizaka amy raiky zaho ho:'Mandehana,'dra mandeha izy, dra amy hafa raiky ho:'Avia,dra magnato izy, dra
amy panopoko ho:''Atovy zao,'dra ataony zay.''[10]Fa gny ren'i Jesosy zay,dra lasa (gaga) Izy dra nizaka tamin'ereo ze
nagnaraky anazy ho:''Zakako mary amindrareo, fa sy bo nahita olo nanam-pinoa manahaky anizay zaho teto
Israely.[11]Zakako amindrareo, fa maro gny laha tagny asignana vo laha tagny andrefa gny ho avy, dra ereo dra
hipetraky eo an-databasy miaraky amin'i Abrahama, Isaka dra Jakoba, agny amy fazakany gny lagnisy.[12]Fa reo
zanaky gny fazaka dra hatoeaky agny ambaliky gny mezy lavisy agny, ze hisy fitomagnia vo fikitroha-nify.''[13]Hoy
Jesosy taminigny kapeteny ho:''Mandehana! Araky gny ninoanao, dra ao zay ho atao ho anao.''Dra sitrany
tamin'izay lera zay mihisy gny panopo.[14]Fa gny nilisy tao an-tragnon'i Petera Jesosy, dra nahita gny rafozam-
bavin'i Petera nandry narary gny tazo Izy. [15]Niharan'i Jesosy gny tagnany, dra niala taminazy gny tazo. Dra
nisanga izy dra nanomboky nandroso sakafo anazy.[16]Fa gny avy gny hariva, dra maro reo nifehezy gny devoly
nandesin'olo teo amin'i Jesosy. Nandroaky reo fagnahy taminy tegny Izy dra nagnasitra an'ireo iaby ze narary.
[17]Manahaky anizay gny nahatateraky ze nambara tamin'Isaia paminany, nanao ho:''Izy vatany nangalaky gny
fahårariasika vo ninday reo aretisika.''[18]Dra gny fa hitan'i Jesosy reo vahoaky napalipalisy anazy, dra nagnome
toromariky ba hiala ho egny andafiny ranomasy Galilia Izy.[19]Laha teo gny panoran-dala raiky nagnato anazy dra
nanao ho:'' Ry mpampianasy, hagnaraky anao zaho dre eza dre eza handehanano.''[20]Hoy jesosy taminazy ho:''Gny
amboahaolo manan-davaky,dra reo voro gny lagnisy mana akany. fa gny Zanak'olo sy mana dre eza dre eza
ampandria gny lohany.''[21]Raiky hafa tamin'ireo mpianasy nizaka taminazy ho:''Topo, angao zaho andeha aloha
dra andevy gny rako.''[22]Fa hoy Jesosy taminazy ho:''Magnaraha Anahy, dra angao gny maty andevy gny maty ao
aminazy manoka.''[23]Fa gny nilisy tao amy sambokely raiky Jesosy, dra nagnaraky Anazy tao agnatin'ireo
mpianany.[24]Indro, nisy tafio-drivosy mahery niseo teo amy ranomasy. dra rakoky gny morony gny sambo.Fa
tafandry Jesosy.[25]Nangneo aminazy reo mpianasy dra namoha anazy, nanao ho:''Vozeo isika, Topo; ho maty
isika!''[26]Hoy Jesosy tamin'ereo ho:''Nanao akory andrareo gny matahosy, ry masaiky finoa?''Dra nisanga Izy laha
teo dra nizaka fatrasy gny sioky vo gny ranomasy. Dra nisy fizanogna laha teo.[27]Latsa (gaga) reo lelahy dra nizaka
ho:''Fa karaza lelahy ino tiho, fa dre dra gny sioky vo gny ranomasy aza magneky anazy ?''[28]Fa gny avy tegny
andafiny vo teo amy tanan'i Gadarenesa Jesosy, dra nisy lelahy ro zay nifeheny devoly nifakato taminazy. Izy reo
dra niboaky laha tagny amin'ireo lolo dra tena nahery setra, noho zay dra sy nisy mpandeha afaky niriosy gny
lala zay. [29]Indro, nikoraky fatrasy ereo dra nanao ho:''Moa mpifagnino seky izahay vo ianao, ry Zanak'Agnahary?
Avy eto se ianao hampatahosy anay mialoha gny fotoa voatondro?''[30]Dra nisy andi-koso maro nihina teo, sy dra
lavisy anazy reo.[31]Bo niangavy an'i Jesosy avo reo devoly dra nanao ho: ''Raha mandroaky anay Ianao, dra alefao
ao agnatin'ereo andi-koso reo zahay.''[32]Hoy Jesosy tamin'ereo ho: ''Mandehana !''Dra niboaky reo devoly dra
nangao amin'ireo koso; dra indro,reo andiany aby nenga nizoso gny vohisy mideza nagnagny an-dranomasy dra
maty tao agnaty rano ereo.[33]Reo ze nikarakara reo koso dra nilomalomay dra nagnagny amy tana nereo dra nitao
gny raha aby, dra indrindra zay nisanga tamin'ereo lelahy zay nifehen'ereo devoly.[34]Indro, niboaky reo tao an-
tana iaby ba hifakahita amin'i Jesosy. Fa gny hitan'ereo Izy , dra nangataky anazy ba hagnenga gny faritanin'ereo.

## Chapter 9

[1]Nilisy tao an-sambo Jesosy, nisaky, dra avy tao amy tanany. [2]Indro, nisy lelahy marary gny paralysisa nandry teo
am-pandria nandesin'ereo teo aminazy. fa gny nahita gny finoan'ereo , dra hoy Jesosy taminy lelahy marary gny
paralysisa ho:''Anaka, ao ianao hifaly. Fa voavela gny helokan.''[3]Indro, gny sasany tamin'ireo panora-dalana
nanao ampo ho: ''Mizaka rasy io lelahy io.''[4]Fatasin'i Jesosy gny eritserin'ereo dra nizaka ho:''Nanao akory ndrareo
gny mieritseri-drasy ao am-pondrareo? [5]Fa iza gny moramora gny mizaka anazy ho:'Voavela gny helokao,'sa gny
mizaka ho:'misangana dra mandehana?'[6]Fa ba ho fatandrareo fa gny zanah'olo dra mana fahefa hamela heloky
eto agn'abony paraliysisa ho:''Misangana, hozony gny fandrianao dra mandehana agny an-tragnonao.''[7]Laha teo
nisanga gny lelahy dra nagnagny an-tragnony.[8]Fa gny nahita anizay gny vaohakyu, dra gaga ereo dra nidera
an'Agnahary, zay nagnome fahefana mitovy anizay ho agn'olo.[9]Dra raha niala laha teo Jesosy, dra nahita lelahy
nitokavy ho Matio Izy, zay nipetraky teo amy lainy famoria-ketra. Ho Izy taminazy ho:''magnaraha
anahy.''Nisanga iay dra nagnaraky Anazy.[10]Dra raha nipetraky hihina tao an-tragno Jesosy, indro, pamory hetra vo
olo mpanota maro avy dra niaranihina tamin'i Jesosy vo reo mpianany. [11]Fa gny nahita anizay reo fariseo, dra
nizaka tamin'ireo mpianany reo ho:''Nanao akory gny mmpimpianasindrareo gny miara-mihina amy olo mijaly
(mpamory hetra) vo gny olo mpanota?''[12]Gny fa nahare anizay Jesosy , dra ho Izy ho:''Gny olo matazaky ara-bata
dra sy mila mpisabo, fa reo ze marary avo. [13]Tokony mandeha mianasy andrareo gny dikany ho: 'famindram-po
gny iriko fa sy soro.'Fa avy zaho, sy hitoka reo mary hibebaky , fa reo mpanota.''[14]Laha teo nagnato anazy reo
mpianasin'i Jaona dra nizaka ho; ''Manao akory zahay vo reo fariseo gny mifaly hany matetiky, fa reo mpianaso
koa sy ba mifaly?''[15]Hoy Jesosy tamin'ereo ho:''Mety alahelo se reo havany mpangalaky ,raha bo miaraky eo
amin'ireo gny mpangalaky? Fa ho avy gny andro hangala gny mpangalaky eo amin'ereo dra amin'izay ereo vao
hifaly hany.[16]Sy misy olo manampy akazo rota amy tapa-damba vaovao, fa gny tampy handrota gny lamba, dra
hisy triasy rasy lavisy.[17]Sy misy olo magnisy divay vaovao ao agnatiny siny holisy rota. Raha manao anizay ereo,
dra ho triasy gny siny holisy, ho raraky gny divay dra ho vaky gny siny holisy. Fa magnisy divay vaovao ao agnaty
siny holisy vaovao ereo, dra voaza izy ro.''[18]Raha bo nizaka reo raha reo tamin'ereo Jesosy , dra indro, nisy
manam-pahefana raiky avy dra nandohaliky teo aminazy. Mizaka izy ho: ''Maty amizao gny zanakapelako, fa
avia dra apetraho eo aminazy gny tagnanao, dra ho velo izy.''[19]Laha teo nisanga Jesosy dra nagnaraky anazy, dra
nanao manahaky anizay koa reo mpianany.[20]Indro, nisy ampela zay fa nandeha lio nandrisy gny ro ambiny folo
tao, nagnao afaran'i Jesosy dra nikasiky gny moron'akazony.[21]Fa hoy izy tamy vatany ho:''Raha mahavoakasiky
gny lambany avo zaho, dra ho sitrany.''[22]Fa nitoliky Jesosy dra nahita anazy, dra nizaka ho:''Ry zanakapela,
mahereza;gny finoanao gny nahasitrany anao.''Dra sitrany gny ampela nanomboky tamin'io lera io.[23]Gny fa avy
tagny amy tragnony gny manam-pahefa Jesosy, dra nahita reo mpisioky sodina vo reo vahoaky nareviky Izy.[24]Dra
hoy Izy ho:''Mandehana, fa sy maty gny zazapela fa mandry izy.''Fa nihomehy anazy tamy fandasa ereo.[25]Gny fa
naboaky tagny ambaliky gny vahoaky, dra nilisy tao agn'efisy Izy dra nandray anazy tamy tagnany, dra nisanga
gny zaza ampela.[26]Niely nanera gny farisy aby gny vaovao mbomba anizay.[27]Dra raha niala teo Jesosy, dra nisy
poaky ro lahy nagnaraky anazy. Sy nizano nitoka ereo sady nizaka ho:''Mamindra fo aminay, ry zanak'i Davida!''
[28]Gny fa avy tao an-tragno Jesosy, dra nagnato tamin'ireo ho:''Mino se andrareo fa mahay manao anizay
Zaho?''Dra hoy ereo taminazy ho:''Eka, Topo.''[29]Laha teo nikasihin'i Jesosy gny mason'ereo dra nizaka ho:''Ho
tateraky amindrareo araky gny finoandrareo anie zay,''[30]dra nahirasy gny mason'ereo. Laha teo Jesosy nandidy
fatrasy anazy reo dra nizaka ho:''Ao ba sy hisy olo ahafatasy momba anizao.''[31]Fa nandeha reo ro lahy dra
nampiely gny vaovao momba anizay nagnera gny farisy .[32]Dra raha nandeha reo ro lahy, dra indro, nisy lelahy
moana nipetrarany devoly nandesy teo amin'i Jesosy.[33]Dra gny fa vaboaky gny devoly, dra nizaka gny lelahy
moana. latsa gny vahoaky dra nizaka ho:'Sy bo fahita hatrizay tamin'Israely zao!''[34]Fa hoy reo fariseo ho:''Tamigny
fanapahan'ireo devoly gny namoahany reo devoly.''[35]Nandeha nizaka reo tanan-dehibe vo reo vohisy iaby Jesosy.
Nanohy nampianasy tagny amin'ireo synagogan'ereo Izy, nitory gny filazasara gny fazaka, dra nagnasitrany reo
karazan'arety aby vo reo karaza fahararia iaby.[36]Gny fa nahita reo vahoaky Izy, dra nana fangoraham-po
tamin'ereo,satria niahiahy vo kivy ereo. Manahaky gny agn'ondry sy misy mpiamby reo.[37]Dra hoy izy tamin'ereo
mpianany ho:''Maro gny vokasy , fa reo piasa gny keliky.[38]Noho zay mivavaha malaky amy Topo gny vokasy, ba
andesany piasa egny amy vokasiny.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 10

[1]Nitokavin'i Jesosy niaraky reo pianany ro ambiny folo dra nagnome anazy reo fahefa amin'ireo fagnahy maloto,
ba handroaha anazy reo, vo hagnasitrana reo karazan'arety vo karaza fahararia iaby.[2]Dra tahoky aby gny
agnaran'ireo apostoly ro ambiny folo. Gny volohany, simona ( zay tokavy avo koa ho: Petera). dra Andreo
rahalahiny; jakoba zanadahin'i Zebede, vo i Jaona rahalahiny;[3]Filipo, vo i Barteleomy; Tomasy, vo i Matio gny
mpamoro hetra; Jakoba zanadahin'i alfeosy,dra Tadeosy;[4]Simona gny Zelota,dra Jodasy Iskariota, gny hamaliky
anazy.[5]Nirahin'i Jesosy izy ro ambiny folo.Nanoro anazy reo Izy dra nizaka ho:''Ka mandeha agny amy toera ze
hitoera gny zetilisa andrareo, dra ka milisy amy renivohin'ereo Samaritana.[6]Fa mandehana koa agny amin'ereo
agn'ondry levo amy taranak'Israely; [7]dra gny fa mandeha andrareo,dra mitoria dra ambarao ho:'Fa mariny gny
fahaviany Fazahanigny lagnisy.'[8]Sitrano gny marary, asangano gny maty liovy reo boka, dra roaho reo devoly.
Araky gny nahazoandrareo maimaimpoa, dra magnomeza avo koa maimaimpoa.[9]Ka mandesa volamena,
volafosy, dre varahina ao amy kitapom-bolandrareo.[10]Ka mandesa kitapom-basy amin'izay andehanandrareo, dre
akazo hafa, dre kiraro,dre tehy, fa gny mpiasa dra mendriky hahazo gny sakafony.[11]Dre ino dre ino tana-lahibe
dre tana masaiky hilindrareo, taliavo ze mendriky ao, dra mitoera ao mandra-pialandrareo. [12]Raha vao milisy ao
amy tragno andrareo, dra miarahaba gny ao. Raha mendriky gny tragno, dra ao gny fiadanandrareo ho avy ao.
[13]Fa raha sy mendriky koa zay, dra ao gny fiadanandrareo hihery amindrareo.[14]Ho an'ereo ze sy mandray
andrareo dre sy miteno gny zakandrareo, dra ahisagno gny botany amy tombondrareo, gny fa miala amin'izay
tragno dre tanan-lahibe zay andrareo.[15]Zakako mary amindrareo, fa ho moramora koa gny agny tanin'i Sodoma
vo Gomora amy andro fisara noho zay tana-lahibe zay.[16]Indro, handefa andrareo manahaky gny agn'ondry eo
agnevo gny amboa zaho, koa mihendrea tahaky gny menarana dra sy manasigny tahaky gny voromailala.
[17]Mitandrema gny amy olo! Hanolosy andrareo eo amy fila-kevisy ereo, dra hazera andrareo ao amy
sinagogan'ireo. [18]Laha teo dra andesy manoloa gny governora vo gny pazaka andrareo noho gny Aminahy, ba ho
vavolombelo ho anazy reo vo ho an'ereo zetilisa.[19]Gny fa manolosy andrareo ereo, dra ka mana ahiahy gny amy
ho dre ino gny ho zakandrareo, fa home andrareo amun'io lera io ze tokony ho zaka.[20]Fa sy andrareo gny hizaka ,
fa gny Fagnahiny gny Randrareo gny hizaka ao amindrareo.[21]Gny rahalahy dra hanolosy gny rahalahy ho amy
fahafatesa, dra gny ray dra gny zanany. Gny zanaky dra hisanga hanohisy gny ray mandren-dreniny ka hahavy
gny fahafatesan'ereo. [22]Ho halagn'oloiaby andrareo noho gny amy agnarako.Fa dre iza dre iza miharisy
hatramigny farany,dra ho voavozy zay olo zay.[23]Gny fa magneziky andrareo ao amin'io tanalahibe io ereo,dra
milomesa agny amy magnaraky,fa zakako mary amindrareo, fa st hahatapisy reo tanan'Israely mialoha gny
hiavian'i Zanak'olo iandrareo.[24]Gny mpianasy dra sy lahibe noho gny mpampianasy,dre gny mpanopo ho
agn'abony noho gny topony.[25]Apy ho agny mpianasy raha avy gny mpampianasy izy,dra gny mpanompo mitovy
gny zeboba gny topogny tragno, dra ho rasy lavisy manahaky gny akory reo agnara hitokavan'ireo gny isam-
piakohoana![26]Noho zay ka matahosy anazy reo, fa sy hisy tako sy hiseho,dra raha-mivony zay sy ho fatasy.[27]Zay
zakako andrareo ao amy hezy,dra zakao amy andro mazava,dra ze bisibisisika rendrareo amy sofindareo,dra
torio egny agn'abony tafin-tragno.[28]Ka matahosy an'ereo ze mamono gny vata kanefa sy afaky mamono gny
fagnahy.Fa matahora an'izayagny amy helo.[29]Moa se sy vola madiniky gny hamarota foly ro? Fa sy bo misy dra
raiky amin'ereo ho nilavo amy tany raha sy misy gny fahalalagny Randrareo.[30]Fa dre gny volon-dohandrareo aza
voaisaky avo koa.[31]Ka matahosy . Manan-daza avo gny foly maro andrareo.[32]Noho zay aby magneky anahy eo
anatreha gny olo,dra ho ekeko avo koa eo anatrahany Rako zay agny an-dagnisy.[33]Fa zay manda Anahy eo
anatrehany gny olo koa,dra handagnako avo koa eo anatrehany gny Rako ze agny an-dagnisy.[34]Ka mieritseritsy fa
izaho dra avy handay fiandagna eto an-tany.Sy avy ba handay fiadana Zaho,fa sabasy.[35]Fa avy zaho hagnasaraky
gny zanadahiny amy rany, vo gny zanakapelany amy reniny, dra gny vinatovavy amy rafozam-bavy.[36]Reo ze ao
an-tokatragnony avo gny ho hazary fahavalony gny olo.[37]Zay tia gny rany dre gny reniny mihoasy Anahy dra sy
mendriky Anahy; dra ze tia gny zanadahiny dre zanakapelany mihoasy anahy dra sy mendriky Anahy.[38]Ze sy
manday gny hazofizaliany dra magnaraky anahy dra sy mendrky Anahy.[39]Ze mamozy gny gnainy dra hahalevo
zay.Fa ze mahalevo gnainy noho gny aminahy dra hahita anizay.[40]Ze mandramby andrareo dra mandramby
Anahy, dra ze mandramby Anahy dra mandramby gny nagniraky anahy avo koa.[41]Ze mandramby gny
mpaminany satria mpaminany izy dra ze mandramby gny olo-mary satria olo-mary izy dra hahazo gny valisoa
gny olo-mary.[42]Dre iza dre iza magnome gny raiky amin'ereo madiniky indrindra io,dre dra rano mangasiaky
raiky finga ho hominy avo,satria izy mpianasy ,dra zakao mary amindrareo fa sy ho levo gny valisoany.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 11

1Dra gny fa avy nampianasy reo mpianany ro ambiny folo Jesosy, dra niala laha teo Izy hampianasy vo hitory
agny amy tanan'ereo.2Gny fa ren'i Jaona tao am-pigandra gny momba reo asan'i Kristy,dra nandefa hafasy tamy
alalan'ireo mpianany izy 3dra nizaka anazy ho:''Anao se gny ra ze ho avy, sa tokony hitalia hafa zahay?''4Jesosy
namaly dra nizaka anazy reo ho: ''Mandehana dra zakao amin'i Jaona zay hitandrareo vo rendrareo.''5Mahazo
fahita reo poaky, mandeha reo olo malemy,liovy reo boka, mahare draiky reo olo maregny,asangako velo reo olo
maty,dra agnambara reo vaovao mahafaly gny mizaly.6Sambasy ze sy fatitohy noho gny aminahy.''7Raha nandeha
tegny amy lalany reo lelahy reo,dra nanomboky nizaka gny momban'i Jaona tamin'ereo vahoaky Jesosy
ho:''Hagnety ino gny hiboahandrareo agny agn'efisy- volotara sofiny sioky?8Nefa hagnety ino gny
niboahandrareo-lelahy manao akazo lafo? Indro,reo ze manao akazo lafo dra mipetraky ao an-tyragnon'ereo
pazaka.9Nefa hagnety ino gny niboahandrareo mpaminany? Eka, mizaka amindrareo zaho,dra mihoasy lavisy
n0oho gny mpaminany. 10Izy gny voasorasy ho:'Hatio, magniraky gny rako hialoha gny tarehindrareo Zaho, ze
hagnoma gny lalandrareo mialoha andrareo.'11Zakako mary amindrareo, fa amin'ireo ze nateraky ampela dra sy
misy lahibe mihoasy noho Jaona mpanao Batisa. Nefa gny olo sy manan-daza indrindra eo amy fazaka gny
lagnisy dra lahibe noho izy.12Nanomboky tamy andron'i Jaona mpanao Batisa dra hatramin'izao, dra miarisy amy
herisetra gny fazakany gny lagnisy,dra reo olo mahery setra dra mangalaky mandrava anazy.13Fa reo mpaminany
aby vo gny lalana dra fa naminany hatramin'i Jaona;14dra raha sitrakindrareo gny haneky anizay,dra Izy gny Elia
gny ho avy.15Zay mana sofy andesy hiteno,ao izy hiteno.16Amign'ino gny tokony hampitahako itiho taranaky itiho?
Zay dra manahaky gny mota mihira egny amy tsena, zay mipetraky vo mifampitokatoka 17dra mizaka ho:'Nitsoka
sodina ho andrareo zahay, fa sy nisizaky iandrareo. Nanao atsa fisaora zahay,fa sy nitomagny andrareo.'18Fa
Jaona dra sy avy hihina mofo dre hino divay,dra ho izy reo ho:'Mana devoly izy.'19Gny zanak'olo dra avy hihina vo
hino dra ho izy reo ho: 'Hatio,lelahy tia-hany vo mpimamo izy,naman'ereo mpamory hetra (mpangataky) vo reo
mpanota!'Fa gny fahendre dra voamary tamin'ereo asany.''20Laha teo Jesosy nanomboky nizaka fatrasy reo tana
ze nanovany gny akamaroany gny asany mahalatsa, satria sy nibebaky ereo.21''Loza ho andrareo,ry Korazina!
Loza ho andrareo,ry Betsaida! Raha natao tagny Tyra vo Sidona reo asa mahalatsa ze natao teto amindrareo,dra
fa ela gny nibebaky tamy lamba fandala vo lavenoky ereo.22Nefa ho moramora koa gny agny tyra vo Sidona amy
androgny fisara mihoasy noho gny andrareo.23Andrareo, ry Kapernaomy, mihevisy se andrareo fa hasandrasy
agny an-dagnisy? Haha, andesy hizoso agny amy helo andrareo. Satria raha tagny Sodoma gny natao reo asa
mahalasa ze natao teto amindrareo,dra bo ho tavela zay mandrak'androany.24Nefa mizaka amindrareo Zaho fa ho
mora koa agny tanin'i Sodoma gny androny fisara noho gny ho amindrareo.''25Tamin'izay fotoa zay Jesosy nizaka
ho:'' Midera Anao Zaho,ry Ray,Topony gny lagnisy vo gny tany,satria Ianao gny nagnavony reo raha reo tamy
hendry vo gny mahay,dra nagnambrara reo tamin'ereo ze sy mahay,manahaky reo mota madiniky.26Eka, ry
Ray,satria zay dra nahafinarisy teo amasonao.27Gny raha iaby nahakiny taminahy dra laha tamy Rako;dra sy misy
mahay gny zanaky afa-sy gny Ray dra sy misy mahay gny Ray afa-sy gny zanaky,vo ze filiny gny zanaky
hagnambrara anazy.28Mandehana atiho aminahy, andrareo aby ze miasa vo minday mavesasy , dra omeko
fisahara andrareo.29Andeso gny ziogako dra mianara aminahy,fa malemy fagnahy vo manendry tegna am-po
Zaho,dra hahita fisahara ho an'ereo fanahindrareo andrareo.30Fa mora gny ziogako dra meva gny vatako.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 12

[1]Tamin'izay fotoa zay Jesosy nandeha namakivaky gny tanimbary tamy gny andro Sabata.Resy reo mpianany dra
nanomboky nioty salohim-bary dra nihina ereo.[2]Nefa noho gny hitan'ereo Farise zay,dra hoy ereo tamin'i Jesosy
ho:''Hatio,reo mpianasinao manao ze sy ara-dalana gny manao anazy amy Sabata.''[3]Fa Jesosy nizaka anazy reo
ho:''Bo sy nivakindrareo mihisy se gny raha nataon'i Davida, gny fa resy izy,vo reo lelahy aby niaraky taminazy?
[4]Nilisy tao amy tragnon'Agnahary izy dra nihina gny mofo gny fanatreha,ze sy ara-dalana ho anazy raha hany dra
sy ara-dalana ho an'ereo ze niaraky taminazy,nefa ara-dalana ho agny loha gny mpisoro raiky avo.[5]Sy bo
nivakindrareo se gny ao amy lalana,fa amy Sabata reo mpisoro ao an-tepoly dra manota gny Sabata nefa sy
mana-signy? [6]Kanefa zakako amindrareo fa eto gny raiky lahibe noho gny tempoly.[7]Raha ba haindrareo gny
hevisy gny ho:'Famindram-po gny iriko fa sy soro,'dra sy nagnahy gny sy mana-signy andrareo.[8]Fa gny zanak'olo
gny Topony gny Sabata.''[9]Laha teo Jesosy niala tao dra nilisy tao amy Synagogan'ereo.[10]Indro, nisy lelahy ze
malemy tagna teo.Nagnotany an'i Jesosy reo Fariseo,nanao ho:''Mety se gny magnasitra amy Sabata?''ba
hiampangan'ereo anazy amy fahota.[11]Hoy Jesosy tamin'ereo ho:''Olo iza amindrareo eo, iza,raha agn'ondry raiky
avo gny anagnany,dra raha lasaky agnaty lavaky laliky gny agn'ondry amy Sabata,gny sy hanambosy anazy dra
sy hampiakasy anazy?[12]Sy manan-daza mihoasy lavisy ,se, gny olo noho gny agn'ondry! Dra noho zay dra mety
gny manao soa amy andro Sabata.''[13]Laha teo hoy Jesosy tamin-dralelahy ho:''Ahisio gny tagnanao.''Dra nahisiny
zay,dra nihery gny fahasalamany ,manahaky gny tagnany ilany.[14]Fa niboaky reo Fariseo dra nitetiky gny hamono
Anazy. Nitalia hevisy gny amy fomba mety hamonoa Anazy reo.[15]Gny fa nahay anizay Jesosy,dra niala teo Izy.Olo
maro gny nagnaraky Anazy,dra nisitraniny aby izy.[16]Dra nandidy anazy reo Izy ba sy hampafatasy Anazy amy
hafa,[17]ba hahatateraky, ze fa nambara tamy alalan'Isaia mpaminany,manao ho:[18]''Hatio,gny mpanopoko ze
nifiliko; ry malalako,zay sitrakiny gny fagnahiko indrindra. Hapetrako ao aminazy gny fagnahiko,dra
hagnambara gny fisara amy zetilisa izy.[19]Sy hifagnakany dre hitoka fatrasy izy; dra sy hisy olo hahare gny feony
egny an-dala.[20]Sy hanapaky gny volotara torotoro izy;sy hamono ze lahi-ziro manendroky , mandra-panovany gny
rairiny ho fandrese,[21]dra amy agnarany gny hanagnan'ireo zetilisa fanatena.''[22]Laha teo nisy olo poaky vo moana,
nipetrarany devoly, nandesy teo amy Jesosy. Nisitraniny izy, vokasin'izay dra nizaka vo nahita gny moana.[23]Latsa
reo vahoaky aby dra nizaka ho:''Mety io lelahy io se gny zanak'i Davida?''[24]Kanefa gny fa nahare anizay fahagaga
zay reo Fariseo,dra hoy ereo ho:''Io lelahy io dra sy mamoaky devoly raha-sy amy alalan'i Belzeboba,lahibeny gny
devoly.''[25]Kanefa fatasin'i Jesosy gny eritserin'ereo dra nizaka anazy reo ho:''Gny fazaka iaby mialy an-tragno dra
sy haharisy ,dra gny tana na tragno aby mialy an-tragno dra ho rava.[26]Raha mamoaky satana gny satana,dra
mialy an-tragno izy. manao akory gny hizoroany fazakany?[27]Dra raha mamoaky reo devoly amy alalan'i
belzeboba zaho,dra amy alalan'iza zay gny androahany zanakindrareo anazy reo?NOho zay atony zay dra ho
pisara ereo.[28]Kanefa raha mamoaky reo devoly amy alalany Fagnahin'Agnahary Zaho,dra fa avy amindrareo gny
Fazakan'Agnahary.[29]Amy fomba manao akory gny ahafahany gny milisy ao an-tragnony lelahy mahery dra
mangalaky anereo fanagnany raha sy hafehiny gny lelahy mahery?Laha teo hangalaky reo fanagna ao an-
tragnony izy.[30]bZe sy momba anahy dra manohisy anahy,dra ze sy mitambasy miaraky aminahy dra miparitaky.
[31]Noho zay zakako amindrareo fa,ho voavela heloky gny olo amy fahota vo fizaka-drasy iaby,fa gny fizaka-drasy
amy Fanahy masy dra sy hahazoa famelan-keloky.[32]Dre iza dre iza mizaka manohisy gny zanak'olo,dra ho voavela
izy.Fa dre iza dre iza mizaka manohisy gny fanahy masy,dra sy ho voavela izy,dre amin'izao fiaigna izao,dre
amin'izay ho avy.[33]Atovy soa gny hazo dra hamoa soa ,dre atovy rasy gny hazo dra hamoa rasy zay,fa fatasy
amigny tegnany gny hazo.[34]Andrareo taranaky gny menarana,satria rasy fagnahy andrareo,dra manao akory gny
afahandrareo mizaka raha soa? Fa avy amy habeny ao am-pony gny izakany gny vavany.[35]Gny olo soa avy amigny
hanagna soa ao am-pony dra mamokasy ze soa,dra gny olo-drasy laha tamy hanagna rasy ao am-pony dra
mamokasy ze rasy.[36]Zakako amindrareo fa amy androny gny fisarana dra ho adigny amigny zaka sy voahevisy
nizakany aby gny olo.[37]Fa gny zakanao gny hagnamary anao,dra gny zakanao gny hagnahia anandrareo.''[38]Laha
teo nisy mponora-dalana vo Farise sasasany namaly an'i Jesosy dra nizaka jo:''Ry Mpampianasy, magniry gny
ahita fanatara laha taminao zahay.''[39]Fa namaly Jesosy dra nizaka anazy reo ho:''Misy taranaky rasy fagnahy vo
mpizangazanga mitalia famatara. Kanefa sy misy famatara ome anazy afa-sy gny famataran'i Jaona mpaminany.
[40]Fa mitovy an'i Jaona ze telo andro vo telo hariva tao agnatiny trokiny fia lahibe zay,dra hanahaky anizay koa
gny hitoerany gny zanak'olo telo andro vo telo hariva ao agnatiny gny tany.[41]Reo olon'i Ninive dra hisanga eo amy
fisarana miaraky amin'itijo taranaky itiho dra hagnahy anizay. Fa nibebaky ereo taminigny toriten'i Jaona,dra
indro,misy olo lahibe noho Jaona eto.[42]Gny pazakavavy gny asimo dra hiara-hisanga amin'ireo lelahin'itiho
taranaky itiho amigny androny fisara dra hagnahy zay.Avy laha tagny amy farany gny tany izy ba hahare gny
fahendren'i Salomona,dra indro,misy olo lahibe noho Solomona eto.[43]Rehefa nisy fagnahy rasy niala tao amy

lelahy raiky,dra mandalo tany maiky izy dra mitalia fisahara,nefa sy mahita anizay.[44]Zay dra mizaka ho:'Miharegna agny amy tragnoko ze nihaviako zaho.'Dra nony avy ,dra nahita fa voafafa gny tragno dra nilamy. [45]Laha teo dra nandeha izy dra ninday fagnahy rasy mihoasy fito niaraky taminazy ze rasy mihoasy anazy,dra nilisy nony tao izy iaby.Laha teo niha-rasy noho gny volohany gny fiafaran'izay lelahy zay.Dra hanahaky anizay koa amin'itiho taranaky rasy fagnahy itiho.''[46]Raha bo nizaka tamin'ereo vahoaky Jesosy,dra indreo,gny reniny vo reo rahalahiny nisanga tagny ambaliky,nitalia hiresaky aminazy.[47]Nisy olo raiky nizaka taminazy ho:''Hatio, gny reninao vo reo rahalahinao misanga ao ambaliky, mitalia iresaky aminao.''[48]Fa namaly Jesosy vdra nizaka tamigny nizaka Anazy ho,''Iza gny reniko dra iza reo rahalahiko?''[49]Laha teo nahisiny tamin'ireo moianany gny tagnany dra nizaka ho:''Hatio ,tahoky gny reniko vo reo rahalahiko! [50]Fa ze manao gny sitrapony Rako ze agny an-dagnisy,dra ze olo zay gny rahalahiko,vo gny anabaviko,dra reniko.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 13

[1]Tamin'izay andro zay Jesosy nandeha niboaky gny tragno dra nipetraky teo amoronigny ranomasy.[2]Nisy vahoaky
maro nivory nagnodidy Anazy,dra nilisy tao asambokely Izy dra nipetraky tao amin'izay.raha nisanga teo
amoron-dranomasy koa gny vahoaky iaby.[3]Laha teo Jesosy nizaka raha maro tamin'ereo tamigny alalany
fagnohara.Ho Izy ho:''Indro,nisy mamboly raiky nandeha niboaky hamafy tegnan-draha.[4]Raha izy namaly
igny,dra nisy tegnany sasany lasaky tegny amoron-dala,dra tamy reo voro dra nandrapaky reo.[5]Reo tegnany hafa
draiky dra lasaky tegny amy tany maro vato,ze sy nahazoan'ereo nofo-tany soa,avy dra nisiry reo,satria sy laliky
gny tany.[6]Fa gny niboaky gny masoandro,dra maiky reo satria sy nisy vahany,dra nalazo.[7]Nilasaky teo amy raha
maragnisy koa gny tegnany hafa.Nisiry reo tsilo dra nialaibe anazy reo.[8]Gny tegnany nilasaky tamigny tany soa
dra namoa,gny sasany agn'abo zato heny,gny sasany eni-polo,dra gny sasany telo-polo.[9]Ze mana-sofy,ao izy
hiteno.''[10]Tamy reo mpianasy dra nizaka an'i Jesosy ho:''Manao akory anao gny miresaky amin'ireo vahoaky amy
alalany fagnohara?''[11]Namaly Jesosy dra nizaka anazy reo ho:''Andrareo gny nome tombony hahafasy raha-
mivony amy fazaka gny lagnisy reo,fa ho anazy reo dra sy nome anizay.[12]Satria dre iza dre iza mana,dra ho be
avo gny home.Fa dre iza dre iza koa sy mana,dre ze hanagnany avo ho ala aminazy.[13]Zay gny atony hiresahako
amin'ereo amy alalanigny fagnohara:Dre dra hagnety avo aza reo,dra sy mahita; dre miteno avo ereo,dra sy
mahare,dre mahazo.[14]Amin'ereo gny faminanian'Isaia gny tateraky,ze mizaka ho:'Gny fa miteno dra hahare
andrareo,saiky sy hahazo mihisy;gny fa magnety dra hahita andrareo,saiky sy hahatakasy.[15]Fa nazary sy nahay
gny fon'itiho vahoaky itiho,dra fatrasy sofy ereo,dra natoran'ereo gny masony,ba sy hahita amy mason'ereo,dre
hahare amy sofin'ereo,dre hahazo amigny fon'ereo,dra hibebaky ereo,dra hagnasitra anazy zaho.'[16]Fa sambasy
gny masondrareo,satria mahita;dra gny sofindrareo,satria mahare.[17]Zakako mary amindrareo fa paminany vo
olo-mary maro gny nagniry gny hahita reo raha ze hiandrareo,kanefa sy nahita an'ereo.Nagniry gny hahare reo
raha ze rendrareo ereo,nefa sy nahare an'ireo.[18]Koa mitenoa dra gny fagnohara gny amy pamboly raiky namafy
gny tegnany.[19]Gny fa misy mahare gny zaka gny fazaka nefa sy mahazo zay,dra avy gny rasy dra magnombosy ze
nafafy tao am-pony.Io gny tegnany nafafy tegny amoron-dana.[20]Gny nafafy amigny tany be vato dra gny olo ze
mahare gny zaka dra avy hatrany dra mandray anazy am-pifalia,[21]Saiky sy bo miorim-paka ao agnatiny izy dra
maharisy tselatsela avo. Gny fa avy gny faharasia dre gny fagnezeha noho gny amy zaka,dra malaky fafitohy izy.
[22]Gny nafafy tegny amy tsilo,io dra gny olo ze mahare gny zaka,saiky gny fisalasalan'izao totolo izao vo gny fitaky
gny hanagna gny magnabe gny zaka,dra lasa sy mamoa izy.[23]Gny nafafy teo amy tany soa,io gny olo ze mahare
gny zaka dra mahazo anizay.Mamoa misy tegnany izy dra mahavy gny tegnany raiky,hagnome avo zato heny
mihoasy ze nambole,gn'ilany enim-polo, gn'ilany avo telo-polo heny.''[24]Nagnaboaky fagnohara raiky hafa
tamin'ereo Jesosy.Ho Izy ho:''Gny fazaka gny lagnisy dra manahaky gny lelahy raiky ze namafy tegnan-draha soa
tao aminigny tanimboly.[25]Fa raha nandry igny gny olo,dra avy gny fahavalony dra namafy voa-simparifary avo
koa tao amin'ireo vary dra nandeha.[26]Gny fa nisiry gny vary dra avy eo namokasy gny tegnany,dra nipoisy avo
koa gny voa-simparifary.[27]Niavy reo mpanompony Topon-tany dra nizaka taminazy ho:'Topoko,sy namafy
tegnany soa tao amy tanimbolinao se ianao? Nanao akory izy amizao gny misy tegna-simparofary?'[28]Ho izy
tamin'ereo ho:'Nisy fahavalo nanao anizay.'Hoy gny mpanompo taminazy ho:'Tianao se gny handehananay
magnombosy anazy reo?'[29]Gny topon-tany nizaka ho:'Haha. Satria raha magnombosy gny simparifary
andrareo,dra mety hagnombosy gny vahan'ireo vary miaraky amin'ireo koa.[30]Angao hiaraky hirisy ereo ro
hatramigny fanapaha anazy.Amy fotoa-fanapaha dra hizaka amy mpanapaky zaho ho:''Alao seky reo ahi-drasy
dra fehezo ho maromaro ba hagnoroa anazy reo,fa havorio ao amy fagnisia vokasy reo vary.''''''[31]Laha teo Jesosy
nampiboaky fagnohara raiky hafa tamin'ereo .Ho Izy ho:''Gny fazakany gny lagnisy dra manahaky gny
tegnasinampy ze nalany gny lelahy raiky dra nafafiny teo amy tanimboliny.[32]Io tegnany io tokoa gny tegnany
masaiky indrindra amy tegna-draha hafa iaby.Fa gny nisiry zay,dra lahibe noho reo raha-misiry ao amy
tanimboly.Nazary hazo zay,ba hiavian'ereo voronigny lagnisy dra hanao gny tragnon'ereo eo amin'ireo
rasany.''[33]Laha teo Jesosy nizaka fagnohara raiky hafa.''Gny fazakanigny lagnisy dra manahaky gny lalivay ze
nalany ampela raiky dra naharony taminy lafariny itelo famara mandra-piakasy gny foto-koba manotolo.''
[35]Zay dra ba hahatateraky ze nizaka taminigny alalany mpaminany, gny fa nizaka Izy ho:''Izaho hizaka amigny
alalany fagnohara. Hizaka raha ze navoniny hatrizay nagnorena zao totolo zao zaho.''[36]Avy eo Jesosy niriosy gny
vahoaky dra nagnao an-tragno.Nagneo aminazy gny mpianany dra nizaka ho:''Azavao aminay gny fagnohara
momba gny simparifarinigny tanimboly.''[37]Namaly Jesosy dra nizaka ho:''Gny mamafy tegnany soa dra gny
Zanak'olo.[38]Gny tanimboly dra zao totolozao;dra gny tegnany soa,reo gny zanaky gny fazaka.Gny simparifary dra
gny zanaky gny rasy,[39]dra gny fahavalo ze namafy anazy reo dra gny devoly.Gny finapaha dra gny fiafaran'izao
totolo zao,dra gny mpanapaky dra reo azely.[40]Noho zay,tahaky gny amoria vo hagnoroa gny simparifary amy

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

afo,gny atao koa amy fiafaran'izao totolo zao.[41]Hagniraky gny azeliny gny Zanak'olo,dra ho ahoron'ereo hiala amy fazaka gny raha iaby ze mahavy fahota,vo gny ze manao rasy.[42]Hatoran'ereo ao amy laforo lahibe mirehisy afo ereo,ze hisy gny fitomagnia vo gny fikitroha-nify.[43]Laha teo hamirasy manahaky gny mahasoandro ao amy fazakanigny Rain'ereo gny olo-mary. Zay mana-sofy,ao izy hiteno.[44]Gny fazakanigny lagnisy dra manahaky gny hanagna ze mivony ao aminigny tanimboly raiky. Nisy lelahy nahita anizay dra navoniny. Nandeha taminigny hafaliany izy,nivarosy ze anagnany iaby,dra nivily anio tanimboly io.[45]Dra gny fazakany gny lagnisy dra manahaky gny lelahy ze mpivarosy mitalia voahangy lafo vily.[46]Gny fa nahita voahangy raiky zay tena lafo vily izy,dra nandeha ka nivarosy se anagnany iaby dra navily .[47]Gny fazaka gny lagnisy dra manahaky gny harato ze natoraky tagny an-dranomasy,dra namory gny karaza-draha-magnay. [48]Gny fa feno zay,dra nisitomin'ereo pagnarato ho eo amoron-dranomasy. Laha teo ereo nipetrky dra nagoro gny raha soa ho ao amy fipetrarany,fa gny raha sy taliaviny koa narian'ereo.[49]Hanahaky anizay amy fiafaran'izao totolo zao. Ho avy gny azely dra hagnasaraky gny rasy fagnahy amin'ereo mary.[50]Hatorakin'ereo ao amy fagnoroa lahibe mirehisy afo ereo, ze hisy gny fitomagnis vo fikitroha-nify.[51]Azondrareo se ze raha iaby zay?''Hoy reo mpianany taminazy ho:''Eka.''[52]Laha teo Jesosy nizaka tamin'ereo ho:''Noho zay gny mpanora-dala iiaby ze lasa mpianasy eo amy fazakanigny lagnisy dra manahaky gny lelahy topon-tragno raiky ,ze mamoaky gny raha fa ela vo gny raha vaovao laha tao amy hanagnany.''[53]Laha teo gny fa nahavita anireo fanohara reo Jesosy,dra niala tamin'izay toera zay Izy.[54]Laha teo Jesosy nilisy tao amy taniny manoka dra nampianasy gny vahoaky tao amy synagogan'ireo.Vokasin'izay dra talazo ereo dra nizaka ho:''Avy eza gny ahazoan'itiho lelahy itiho gny fahendreny vo gny fagaga reo?[55]Sy io lelahy io se gny zanaky gny mpandrafisy?Sy maria se gny fitokava gny reniny? Sy Jakoba, Josefa,Simona,dra Jodasy se gny rahalahiny? [56]St miaraky amisika se reo anabaviny iaby? Avy eza gny nahazoany gny raha reo iaby?''[57]Tohina noho gny aminazy ereo.Fa hoy Jesosy tamin'ereo ho:''Sy misy mpaminany sy misy hajany raha sy ao amy fireneny vo ao amy fianakaviany avo.''[58]Sy dra nanao fahalasam-be tao Izy noho gny sy finoan'ereo.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 14

1Tamin'izay fotoa zay, Heroda pazaka nahare gny vaovao momba an'i Jesosy.2Ho izy tamin'ereo mpanompony ho:''
I Jaona mpanao batisa zay; nisanga tamy gny maty izy.Noho zay dra miasa ao aminazy reo hery reo.''3Fa Heroda
nanambosy an'i Jaona,namehy anazy ,dra nandefa anazy tagny an-tragno mezy noho i Herodiasy,valin'i Filipo
rahalahiny.4Fa hoy Jaona taminazy ho:''Sy ara-dala ho anao gny mana anazy ho valinao.''5Nagniry gny hamono
anazy Heroda,saiky natahosy gny vahoaky izy,satria nirambesin'ereo manahaky gny mpaminany izy.6Fa gny avy
gny andro nahaterahany'i Heroda,dra nasizaky teo agnevon'ereo vahiny nasany gny zanakapelan'i Herodiasy dra
nahafinarisy an'i Heroda.7Ho setrin'izay,dra nampanatena taminigny fianiana izy gny hagnome ze hangatahiny
dre ino dre ino.8Gny fa avy natorony reniny mariky,dra ho izy ho:''Omeo anahy eto, agn'abony ampondra, gny
lohan'i Jaona mpanao Batisa.''9Nalahelo fatrasy noho gny fangatahany gny pzaka,saiky noho gny voadiny vo noho
reo nisakafo niaraky tanminazy aby,dra nagnome baiko izy fa tokony ho vita zay.10Nagniraky dra nanapaky gny
lohan'i Jaona tao an-tragnomezy izy.11Laha teo nandesiny tamy finga gny lohany dra nomeny gny zazapela dra
nandesiny teo aminy gny reniny zay.12Laha teo dra avy gny mpianany,nangalaky gny faty,dra nandevy anizay.
Tafaran'izay,dra nandeha ereo dra nizaka tamin'i Jesosy.13Dra gny fa nahare anizay Jesoy,dra niala laha teo tamy
zambokely raiky izy hagnagny amy toera mitoka raiky.Gny fa nahare anizay reo vahoaky,dra nagnaraky anazy
an-tombony laha tagny amin'ereo tana-dehibe.14Laha teo Jesosy nagneo anoloan'ereo dra nahita gny vahoaky
maro be.Niferignay anazy reo Izy dra nagnasitrany gny aretin'ereo.15Gny fa avy gny hariva,dra nagneo aminazy
reo mpianasy dra nizaka ho: ''Itiho dra toera rava,dra fa tapisy sahady gny andro. Alefao gny vahoaky,ba
hahafahan'ereo mandeha agny amin'ereo tana dra hivily hany ho ay vatan'ereo.''16Fa Jesosy nizaka anazy reo
ho:''Sy mila mandeha lavisy ereo.Omeondrareo raha hany ereo.''17Hoy ereo taminazy ho:''Mofo dimy vo
hazandrano ro avo hanagnanay eto.''18Hoy Jesosy ho:''Andeso atiho aminahy zay.''19Laha teo Jesosy nibaiko gny
vahoaky ba hipetraky eo amy zeky (bozaky). Nalany gny mofo dimy vo hazandrano ro. Niandrandra tagny an-
dagnisy,dra nisaotra Izy dra nanapaky gny mofo dra nomeny gny mpianany,dra mpianasy nagnome anizay ho
an'ereo vahoaky.20Nihina avo koa izy aby dra visy.Laha teo dra navorin'ereo gny sisan'ereo poti-sakafo dra
nahafeno dimy arivo lahy teo gny nihina,hafasy gny zaza amam-pela.22Avy dra nasainy nagnao amy sambokely
dra handeha hialoha anazy ho egny ampita gny mpianany, raha bo nandefa gny vahoaky Izy.23Tafarany
nandefasany gny vahoaky,dra nandeha niakasy tegny an-tendrombohisy raiky Izy ba hivavaky. Gny fa avy gny
harivamdra izy raiky teo.24Dra gny sambo dra fa lasa lavisy gnytanety,nakopakopany oza.satria nitsoka nanohisy
anazy gny rivosy.25Taminigny fiambena fahefasy gny hariva dra nagnato anazy reo Jesosy,nandeha tegny
agn'abony ranomasy.26Gny fa nahita anazy nandeha tegny agn'abony ranomasy gny mpianasy,dra lasa natahosy
dra nizaka ho:''Biby io,''dra nihiakiaky tami-tahosy ereo.27Fa Jesosy nizaka tamin'ereo avy hatrany ho: ''Mahereza!
Izaho itiho! Ka matahosy.''28Namaly Anazy Petera dra nanao ho:''Topo,raha anao io,dra zakao magnato anao egny
agn'abonygny rano zaho.''29Hoy Jesosy ho:''Magnato''dra niala laha tao amy sambokely Petera dra nandeha teo
agn'abony rano ba hagnato an'i Jesosy.30Fa gny nahita gny sioky Petera,dra llasa natahosy. Raha igny izy
nanomboky niletiky igny,dra nikoraky fatrasy izy sady nizaka ho:''Topo vozeo Zaho!''31Avy hatrany Jesosy dra
nanondrosy gny tagnany, nita an'i Petera,dra nizaka taminazy ho:''Ianao ry masaiky finoa,fa magnino anao gny
misalasala?''32Laha teo Jesesy vo i Petera nandeha nita gny sambokely,nizano nitsioky gny sioky. 33Laha teo gny
mpianasy tao agnaty sambokely nidera an'i Jesosy dra nizaka ho:''Anao mary gny Zanak'Agnahary.''34Gny fa avy
nisaky ereo,dra avy tegny an-tanety tao Genesareta.35Gny fa nahafatasy an'i Jesosy gny lelahy tao amin'izay toera
zay,dra nandefa hafasy tegny amy farisy magnodidy iaby,dra nandesin'ereo teo aminazy ze olo narary aby.
36Nandohaliky taminazy ereo ba hahafahan'ereo mikasiky gny sisin'akazony avo, dra maro gny nikasiky anizay
dra sitrany.

Chapter 15

[1]Laha teo nisy Fariseo vo mpanora-dala sasasany laha tagny Jerosalema nagnato an'i Jesosy. Ho izy ho:[2]''Nanao
akory gny mpianasy gny mandika gny fombondrazan'ereo zoky olo? Fa sy manasa gny tagnan'ereo aloha gny
hihina.''[3]Namaly Izy dra nizaka tamin'ereo ho:''Dra nanao akory dra andrareo gny mandika gny lalan'Agnahary
noho gny fomban-drazandrareo?[4]Fa Zagnahary nizaka ho:'Hazao gny ranao vo gny reninao',dra ze mizaka rasy
gny rany na gny reniny,dra ho maty vatany.'[5]Fa andrarea mizaka ho:'Dre iza dre iza mizaka amy rany na reniny
ho:''Dre ino dre ino fagnapia ze azondrareo laha taminahy dra fagnomeza ho agn'Agnahary amizao,'''[6]ze olo zay
dra sy mila magnaja gny rany. Amin'izay fomba zay dra nirandreo gny zakan'Agnahary noho gny tombosoan'ereo
fombon-drazandreo.[7]Ry mpiasaravelasihy! Mary gny faminanian'Isaia momba andrareo raha nizaka izy ho:[8]'Itiho
vahoaky itiho dra magnaza anahy amy sognin'ereo,fa gny fon'ereo dra lavisy anahy.'v 9 Sy misy dikany gny
fiderany anahy,satria ereo mampianasy gny didin'olombelo manahaky gny fampianaran'ereo.'''[10]Laha teo nitoka
gny vahoaky ho eo aminazy Izy dra niresaky tamin'ereo ho:''Mitenoa dra mahazoa -[11]Sy gny milisy ao
ambavan'olo gny mandoto gny olo .Fa ze aboaky gny vava,gny mandoto gny olo.''[12]Laha teo nagnato gny mpianasy
dra niresaky tamin'i Jesosy ho:''Moa se fatanao fa tohina gny Fariseo noho gny nahare anizay zaka zay?''[13]Jesosy
namaly dra nizaka ho:''Reo raha-misiry zay sy nambolenigny Rako agny an-dagnisy dra ho fongory iaby.[14]Angao
ereo ho eo,ereo dra mpitariky poaky raiky hafa,dra samy hivary an-kady ereo ro.''[15]Petera namaly dra nizaka
tamin'i Jesosy ho:''Azavao aminay zay fagnohara zay.''[16]Hoy Jesosy ho:Sy manam-pahalala avo koa se
andrareo?''[17]Sy hitanao se fa ze milisy amy vava dra magnao antroky dra avy eo dra haboaky agny amy lava-
piringy?[18]Fa gny raha ze aboaky gny vava dra laha taminigny fo.Reo raha reo gny mandoto gny olo raiky.[19]Fa avy
amy fo gny iboahany sai-drasy,gny vono olomgny fizangazanga,gny fangala valin'olo,gny halasy,gny fijoroa
vavolombelo sy mary,dra gny fizaka-drasy.[20]Reo raha reo gny mandoto gny olo raiky.Fa gny mihina amy tagna sy
misasa dra sy mandoto gny olo raiky.''[21]Laha teo Jesosy niala teo dra nihery tagny amy faritanin'i Tyrio vo Sidona.
[22]Indro,nisy ampela Kananita raiky baka ami'izay farisy zay. Nitoka fatrasy izy dra nizaka ho:''Mamindra fo
aminahy,ry Topo,Zanak'i Davida o! Gny zanakapelako dra marariny gny devoly.''[23]Fa Jesosy sy namaly
anazy.Nagnato gny mpianany dra niangavy taminazy,nanao ho:''Roaho izy,fa mikorakoraky fatrasy amisika.''[24]Fa
Jesosy namaly dra nizaka ho:''Sy mirahy ho eza na eza Zaho afa-sy ho aminigny agn'ondry lelo ao amy
fianakavian'Israely.''[25]Fa avy nangataky vo nandohaliky teo agnatrehany izy,nanao ho:''Topo,vozeo
Zaho.''[26]Namaly Izy dra nanao ho:''Sy rariny raha ala gny mofo-zaza dra atoraky ho agny amboa.''[27]Fa hoy izy ho:
''Eka,Topo, fa dre gny amboa avo ba mihina ze lasalasaky avy amy latabasy gny topony.''[28]Dre namaly Jesosy dra
nizaka taminazy ho:''Rampela,lahibe gny finoanao; ho tateraky aminao seky ze araky ze irinao.''Dra sitrany gny
zaza ampela tamin'izay lera zay.[29]Niala teo Jesosy dra nihamariny gny ranomasin'i Galilia.Laha teo dra niakasy
tegny an-ndhambohisy raiky Izy dra nipetraky teo.[30]Vahoaky maro gny nagnato Anazy.Nandesin'ereo niaraky
tamin'ereo gny mandringa,gny poaky,gny moana,gny olo mana-kandra,dra marary maro hafa
koa.Napetrakin'ereo teo an-tombon'i Jessosy reo;dra nisitraniny.[31]Dra talozo gny vahoaky raha nahita gny moans
mizaka,gny olo mana-kandra sitrany,gny malemy afaky mandeha,dra gny poaky mahirasy.Nakalaza gny
Zagnaharin'Israely ereo.[32]Nitoka gny mpianany ba hagnato Anazy Jesosy dra nizaka ho:''Miferignay gny vahoaky
Zaho,satria fa telo andro sahady ereo gny nipetraky niaraky taminahy nefa sy mana-ko hany.Sy te handefa anazy
reo sy mihina Zaho,mazary hotorana egny amy lala avo.''[33]Hoy ereo mpianasy taminazy ho:''Eza gny hahitanay
mofo tandrify vo apy gny vahoaky maro be reo atiho agn'efisy?''[34]Hoy Jesosy tamin'ereo ho:'Mofo firy gny agny
amindrareo?''Dra ho izy reo ho:''Fito,vo hazandrano mandiniky keliky.''[35]Laha teo Jesosy nandidy gny vahoaky ba
hipetraky amy tany.[36]Nandramby gny mofo baminigny hazandrano Izy,dra gny fa nisaotra, dra namaky gny mofo
dra nanolosy gny ho an'ireo mpianasy.Reo mpianasy nagnome ho agny vahoaky.[37]Nihina dra afa-po gny vahoaky
aby.Laha teo ereo namory sobika fito feno sasasany ze sy lany.[38]Reo ze nihina dra efasy arivo lahy,sy ao agnatiny
gny zaza amam-pela.[39]Laha teo jesosy naheriny gny vahoaky dra nitikisy sambokely dra nagnagny amy farisin'i
Magadana.

Chapter 16

[1]Avy reo Fariseo vo Sadoseo dra nisapa Anazy ka nangataky Anazy ba hampiseho anazy gny famatara laha tagny
an-dagnisy.[2]Fa Izy namaly dra nizaka anazy reo ho:''Gny fa hariva,dra ho andrareo ho:'Ho sara gny andro,fa
mena gny lagnisy.'[3]Gny fa maraindray,dra ho andradreo ho:'Ho rasy gny andro,fa mena vo mazombo gny
lagnisy.'Haindrareo gny mamatasy gny poziny gny lagnisy,fa andrareo sy afaky mandika gny famatara gny fotoa.
[4]Gny taranaky rasy vo pizangazanga dra mitalia famatara,fa sy hisy famatara homeny anazy afasy gny
famataran'i Jona.''Laha teo Jesosy nangenga anazy reo dra nandeha.[5]Gny fa avy tegny ampita gny mpianasy,dra
alignon'ereo gny ninday mofo.[6]Hoy Jesosy tamin'ereo ho:''Miambena dra mitandrema amy misirasin'ereo Fariseo
vo Sadoseo.''[7]Nitalia hevisy reo mpianasy dra nizaka ho:''Noho isika sy ninday mofo zay.''[8]Jesosy nahafatasy
anizay dra nizaka ho:''Andrareo ry masaiky finoa,nanao akory ndareo gny mialy hevisy amindrareo dra mizaka
fa noho gny sy nandesandrareo mofo zay?[9]Bo sy haindrareo na saroandrareo se gny mofo dimy ho agny dimy
arivo, dra sobika firy gny nahorindrareo?[10]Dre gny mofo fito ho an'ireo efasy arivo,dra sobika firy gny nalandreo?
[11]Nanao akory gny sy ahazoandrareo fa sy momba gny mofo gny nizakako andrareo?Miambena dra mitandrema
amy masimasin'ereo Fariseo vo Sadoseo.''[12]Laha teo azon'ereo fa sy hitandry amy masimasinigny mofo gny
nizakany anazy reo, fa hitandry gny amy fampianaran'ireo Fariseo vo Sadoseo.[13]Dra gny fa avy tagny amy farisy
mariny gny Kaisaria-filipo Jesosy,dra nagnotany reo mpianany Izy,manao ho:''Ataonigny olo ho iza moa gny
Zanak'olo?''[14]Ho izy reo ho:''Gny sasany mizaka fa Jaona mpanao batisa; gn'ilany ,Elia;dra gny hafa,Jeremia; dre
raiky amin'ereo mpaminany.''[15]Ho izy tamin'ereo ho:''Fa andrareo koa manao Anahy ho iza?''[16]Namaly ,Simona
Petera nanao ho:''Ianao gny kristy, zanakiny Zagnahary velo.''[17]Namaly Jesosy dra nanao taminazy ho:''Sambasy
anao,ry Simona Bar-Jona,fa sy gny nofo gny lio gny naneho anizay taminao,fa gny Rako ze agny an-dagnisy.
[18]Zakako aminao avo koa fa anao gny Petera,dra agn'abon'itiho vatolapy itiho gny hagnorenako gny
fiangonako.Gny fefiny lolo dra sy haharesy anizay.[19]Homeko andrareo gny fangalahilinigny fazaka gny
lagnisy.Dre ino dre ino fehizinao eto agn'abony tany dra ho fehezy agny an-dagnisy, dre ino dre ino vahanao etiho
an-tany dra ho vaha agny an-dagnisy.''[20]Laha teo Jesosy nandidy reo mpianasy fa izy reo dra sy tokony hizaka
amin'iza dre iza fa Izy gny kristy.[21]Tamin'izay fotoa zay Jesosy nanomboky nizaka reo mpianany fa sy maisy ho
agny Jerosalema Izy,hizaka fizalia maro eo an-tananigny loholo vo gny loha gny mpisoro dra reo mpanora-
dalana,ho vono,vo hasanga draiky amy andro fahatelo.[22]Laha teo Petera nangalaky Anazy dra nizaka fatrasy
Anazhy,manao ho:'Ho lavisy anao seky zay,ry Topo;sy hisanga aminao mihisy se zay.''[23]Fa Jesosy nitoliky dra
nizaka tamin'i Petera ho:''Miala agny andamosiko,ry Satana!Anao dra fanafitohy ho anahy,noho anao sy
miraharaha reo rahan'Agnahary,fa reo rahanign'olo.''[24]Laha teo Jesosy nizaka tamin'ereo mpianany ho:''Raha
misy te-hagnaraky anahy,dra sy maisy manda gny vatany izy,hinday gny hazofizaliany,dra magnaraky anahy.[25]Fa
dre iza dre iza te-hamozy gny ainy dra hahalevo anazy,dre iza dre iza gny hahalevo gny ainy noho gny
aminahy,dra hahazo anizay.[26]Fa ino moa gny soa ho azony olo raha mahazo zao totolo zao kanefa levo gny ainy?
Ino gny omeny gny olo ho takalognainy?[27]Fa gny zanak'olo dra ho avy amy voninahisy gny rany miaraky
amin'ereo azeliny.Laha teo Izy hamaly soa gny olo kirairaiky araky ze vitany.[28]Zakako mary amindrareo,fa misy
gn'ilany amindrareo ze mizoro etaho gny sy hosapa gny fahafatesa mandrapahitan'ereo gny Zanak'olo avy amy
fazakany.''

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 17

[1]Herign'andro taafarany Jesosy dra nangalaky an'i Petera,Jakoba,vo Jaona rahalahiny niaraky taminazy,dra
ninday anazy reo niakasy gny vohisy abo tamy vatan'ereo.[2]Niova endriky teo aloan'ereo Izy.Namirasy manahaky
gny mahasoandro gny tarehiny,dra gny akazony lasa namirasy manahaky gny hazava.[3]Indro,niseho tamin'ereo
Mosesy vo Elia niresaky taminazy.[4]Namaly Petera dra nanao tamin'i Jesosy ho:''Topo,soa amisika gny eto.Raha
sitrakao,dra hanao fialofa telo ho asika eto zaho-raiky ho anao,raiky ho an'i Mosesy,dra raiky ho an'i Elia.''[5]Raha
bo nizaka Izy,indro,nisy raho mazava nanaro anazy reo,dra indro,nisy feo niboaky laha tao amy raho,nanao
ho:''Itoho gny Zanako malalako,ze sitrako tokoa.Tenoy Izy.''[6]Gny fa ren'ereo mpianasy zay,dra lavo ereo dra
natahosy fatrasy.[7]Laha teo tamy Jesosy dra nihazy anazy reo dra nizaka ho:''Misangana dra ka matahosy.''[8]Laha
teo dra nagnety agn'abo ereo fa sy nahita dre iza dre iza afa-sy Jesosy raiky avo.[9]Raha nizoso gny vohisy ereo, dra
nandisy anazy reo Jesosy,nanao ho:''Ka mitatisy anizao fahitana anizao dre amin'iza dre iza mandra-
pisanganigny Zanak'olo amy maty.''[10]Nagnotany anazy reo mpianany,nanao ho:''Nanao akory dra reo mpanora-
dalana gny mizaka fa Elia dra sy maisy ho avy aloha?''[11]Jesosy namaly dra nizaka ho:''Elia dra ho avy vatany dra
hagnery amy loniny gny raha iaby.[12]Nefa zakako amindrareo,fa avy Elia,fa ereo sy nahafatasy anazy.Mifanohisy
amin'izay,nanao gny raha ze tiany natao taminazy aby ereo.Dra manahaky anizay avo koa,gny Zanak'olo avo koa
dra hijaly eo an-tagnan'ereo.[13]Laha teo dra azon'ereo mpianasy fa nizaka tamin'ereo gny momba an'i Jaona
mpanao Batisa Izy.[14]Gny fa avy teo amy vahoaky ereo,dra nisy lelahy raiky nagnato Anazy,nandohaliky teo
aloany,dra nizaka ho,[15]''Topo,mana famindram-po amy zanadahiko ,fa voanigny androbe izy dra mijaly fatrasy.Fa
lavo matetiky agny agnaty afo na rano izy.[16]Ninday anazy teo amin'ireo mpianasinao zaho,fa sy afaky nagnasitra
anazy ereo.''[17]Namaly Jesosy dra nizaka ho:''Ry taranaky sy mpino vo simba toesy,mandraky ombia gny tokony
hipetrarako miaraky amindrareo? Mandraky ombia gny sy maisy izakako miaraky amindrareo? Andeso eta
aminahy izy.''[18]Nizaka fatrasy gny devoly Jesosy,dra niboaky taminazy zay dra sitany tamin'izay lera zay gny
zazalahy.[19]Dra nagnato an'i Jesosy mangingiky reo mpianany dra nanao ho:''Magnino gny sy nahavita namoaky
agn'iny zahay?''[20]Jesosy nizaka anazy reo ho:''Nohonigny finoa masaikinao.Fa zakako mary amindrareo,draha
mana finoa dre masaiky manahaky gny tegnasinapy avo andrareo,dra afaky mizaka amin'itiho vohisy itiho
andrareo ho:'Mifindra erahoky na erihoky ,dra hifindra zay dra sy hisy dre ino dre ino sy ho haindrareo atao.
[21][ Fagnamariha: Gny dika-zaka taloha soa indrindra dra sy ahita gny ho fa itiho karaza devoly itiho dra sy
miboaky raha sy miaraky amy vavaky vo fifalian-kany.'']][22]Raha nipetraky tagny Galilia ereo,dra hpy Jesosy
tamin'ereo ho:''Gny Zanak'olo dra hatolosy eo an-tagnan'olo,[23]dra ereo hamono Anazy,dra gny andro fahatelo dra
hasanga Izy.''Lasa nalahelo tateraky reo mpianasy.[24]Gny fa avy tagny Kaperinomy ereo,dra nagneo amin'i Petera
gny lelahy ze namory gny hetra asasaky gny sekely dra nizaka ho:''Sy mandoa gny hetra asasaky gny sekely se
gny mpampianasindrareo?''[25]Ho izy ho:''Eka .''Fa gny nilisy tao an-tragno Petera,dra Jesosy aloha gny nirezaky
taminazy dra nanao ho:''Ino gny eriserisinao,ry Simona?Reo pzaka eta an-tany,aby amin'iza gny andraisan'ereo
hetra dre hitran'olo? Laha tamin'ereo vahoakany se sa laha tamin'ereo vahiny?''[26]Gny fa nizaka Petera ho:''Laha
tamin'ereo vahiny,''Dra hoy Jesosy taminazy ho:''Dra afaky amy fandoava anizay reo vahoaky.[27]Fa ba sy
hampanota asika gny mpamory hetra,dra mandehana agny amy ranomasy,manoraha fita ao,dra alao gny fia ze
miakasy volohany.Gny fa voasokasinao gny vavany,dra hahita sekely anao.Alao zay dra omeo reo pamory hetra
ho Anahy vo ho anao.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 18

[1]Tamin'izay fotoa zay avo dra avy teo amin'i Jesosy mpianany dra nizaka ho:''Iza gny lahibe indrindra agny amy
fazaka gny lagnisy?''[2]Jesosy nitoka zaza masaiky ho eo aminazy,nametraky anazy teo amin'ereo,[3]dra nizaka
ho:''Zakako mary amindrareo,fa raha sy miova manahaky reo zaza masaiky andrareo, dra sy hisy hevisy gny
hilindrareo agny amy fazaka gny lagnisy.[4]Noho zay,dre iza dre iza manolo-vata manahaky gny zaza masaiky itiho
dra lahibe indrndra izy agny aminigny Fazakanigny lagnisy.[5]Dre iza dre iza mandramby gny mota manahaky
anizao amy agnarako dra mandramby Anazy.[6]Fa dre iza dre iza mahavy gny raiky amin'ireo mota tahoky ze mino
Anahy hanota,dra ho soasoa ho anahy gny hiatognanigny fikosoham-bary lahibe eo amy vozony,dra haletiky agny
amy ranomasy laliky izy.[7]Loza ho an'izao totolo zao nohony gny fotoany gny fanafitohigna!Fa taliavy gny ahavy
anizay fotoa zay,nefa loza ho agny olo ze niavian'izay fotoa zay! [8]Raha miteraky fanafitohigna ho anao gny
tagnanao dre gny tombonao,dra tapaho zay dra alao eo aminao. Soasoa ho anao gny milisy kilemay dre
mandringa agny amy fiaigna mandrakizay noho gny ho levo agny aminigny afo sy mety maty amy fanagna tagna
ro na tomboky ro.[9]Raha miteraky fanafitohigna ho anao gny masonao raiky,homboty zay dra alao aminao eo.
Soasoa ho anao gny milisy agny amy fiaigna mandrakizay miaraky amy maso ila noho gny ho levo agny aminigny
afo sy mety maty miaraky amy maso ro.[10]Tandremo sy hanao sinosino reo zaza maliniky reo andrareo.Fa mizaka
amindrareo Zaho fa agny an-dagnisy reo azeliny dra magnety avo gny endriky gny rako ze agny an-dagnisy .
[11][ Fanamarigna: Gny dika-zaka taloha soa be dra sy ahita gny fehezateny ze miseho manahaky gny v.11.ho:''Fa
gny Zanak'olo dra avy ba hamozy ze levo.'']^[12]Ino gny eriserindrareo? Raha misy mana agn'ondry zato,dra
mandeha aminigny tokony sy handehany gny raiky amin'ireo,dra sy hagnenga gny sivy amby sivifolo eo amy
avoa se izy dra andeha hitalia gny raiky ze nandeha aminigny tokony sy andehanany? [13]Raha hitany zay,dra
zakako mary amindrareo,fa mifaly amin'izay mihoasy noho reo sivy amby sivifolo ze sy levo amy lala-diso izy.
[14]Manahaky anizay avo ko,sy sitrany gny Randrareo agny an-dagnisy gny hahalevo gny raiky amin'ireo maliniky
reo.[15]Raha manota aminao gny rahalahinao,mandehana dra zakao anazy gny hadisoany,aminao izy raiky
avo.Raha miteno anao izy ,dra hifakahazo amy rahalahinao draiky anao.[16]Kanefa raha sy miteno anao izy,dra
mangala raiky na ro hafa miaraky aminao,amin'izay ba amy vavan'ereo vavolombelo ro dre telo gny ahafaha
magnamary gny zaka aby.[17]Dra raha manda gny hiteno anazy reo izy, dra zakao amy fiangona gny raha misy.Raha
sy mety hiteno gny fiangona avo koa izy,dra angao izy hanahaky gny zetilisa vo gny mpamory hetra.[18]Zakako
mary amindrareo ,dre ino dre ino fehezindrareo etiho an-tany dra ho fehizindrareo agny an-dagnisy; dre ino dre
ino avelandrareo eto an-tany dra ho voavela agny an-dagnisy.[19]Dra bo zakako amindrareo draiky ho:''Raha misy
ro amindrareo mety eto an-tany gny amin'izay ze angatahan'ereo,dra ho atao ho anazy reo zay amy alalanigny
Rako ze agny an-dagnisy.[20]Fa dre iza misy ro na telo miaraky mivory aminigny Agnarako,dra eo agnevon'ereo eo
Zaho.''[21]Laha teo nagnato Petera dra nizaka tamin'i Jesosy ho:''Topo,ipiry hanota aminahy gny rahalahiko dra
hamela anazy zaho? Hatramy ipito se?''[22]Jesosy nizaka anazy ho:''Sy mizaka aminao zaho ho ipito,fa hatraminigny
fitopolo ipito.[23]Noho zay gny fazaka gny lagnisy dra mitovy amy pazaka raiky ze tehifandamy ara-bola miaraky
amin'ereo mpanompony.[24]Raha vao nanomboky gny fandamina izy,dra nisy panopo raiky nandesiny teo aminazy
ze nanagnany taleta raiky .[25]Nefa sy nana fomba handoava anizay izy,dra nandidy gny hamarota anazy gny
topony,miaraky amy valiny vo reo zanany dra ze hanagnany aby,dra ho vita gny fandoava-trosa.[26]Noho zay dra
nihondriky gny mpanompo,dra nandohaliky teo alohany,dra nizaka ho:Topo,managna fahareta aminahy ,dra
haloako aminao gny raha iaby.'[27]Noho zay gny topon'izay panopo zay,dra omeny,dra nagnafaky anazy dra
nagnenga gny trosa taminazy.[28]Fa niboaky io panopo io dra nahita gny raiky tamin'ereo piara-manopo
aminazy,zay nanagnany dinaria zato. Nisamboriny izy ,nirambesiny tamy vozony,dra nizaka ho:'Avaho aminahy
ze nitrosanao.'[29]Nefa niondriky io piara-manopo aminazy io dra nandohaliky taminazy,nanao ho:''Mahalignasa
anahy,dra haloako aminao zay.''[30]Kanefa nanda gny panopo volohany. Mifanohisy amin'izay, nandeha izy dra
nataony tagny ampigadra gny piara-manopo aminazy mandra-pahaloany ze nitrosany. [31]Gny fa nahita ze niseho
reo piara-manopo aminazy,dra nalahelo vatany ereo. Nandeha dra nizaka taminigny Topony iaby ze niboaky
ereo.[32]Laha teo nitoka anazy gny topon'io panopo io,dra nizaka anazy ho:''Ianao ry panopo rasy
fagnahy,nagnenga gny trosa iaby taminao zaho satria anao nandohaliky taminahy.[33]Sy tokony hana famindram-
po amy piara-manopo aminao seky anao,manahaky gny nanagnako famindram-po taminao?'[34]Ory gny topony dra
ninday anazy tagny amin'ireo papizaly mandra-pahaloany ze nitrosany iaby.[35]Manahaky anizay avo koa gny ho
ataony Rako agny an-dagnisy amindrareo,raha sy magnenga gny rahalahiny aminigny fony gny kirairaiky aby
andrareo.''

## Chapter 19

[1]Dra gny fa nahavita gny zaka reo Jesosy,niala tagny Galilia Izy,dra nagnagny amy farisin'i Jodia ze tany
andafinigny renirano gny Jordana.[2]Boroza maro gny nagnaraky Anazy,dra nagnasitra anazy reo tagny Izy.
[3]Nagnato Anazy reo fariseo,nisapa Anazy,nizaka taminazy ho:''Ara-dalana ho agny lelahy seky gny misaraky amy
valiny noho ze mety ho atony aby?''[4]Jesosy namaly dra nizaka ho:''Sy nivakindrareo seky fa Izy ze nanao anazy
reo taminigny valohany dra nanao anazy reo ho lahy vo ampela?[5]Izy ze nanao anazy dra nizaka avo koa ho:'Fa
noho zay atony zay dra hagnenga gny rany vo reniny gny lelahy dra hikamba amy valiny ,dra ho lasa nofo raiky
izy ro?' [6]Dra sy ho ro sasy ereo,fa ho nofo raiky.Dra ze natambasin'Agnahary,ao sy hisy hagnasaraky.''[7]Ho izy reo
taminazy ho:''Nanao akory zay Mosesy gny mandidy anay hagnome taratasy fanamarignam-pisaraha dra laha teo
hahery aminazy?''[8]Ho Izy tamin'ereo ho:''Fa gny hamafisam-pondrareo gny namelan'i Mosesy andrareo hisaraky
amy valinadrareo,fa tamy volohany dra sy zay gny fomba.[9]Zakako andrareo, dre iza dre iza misaraky amy
valiny,afa-sy noho gny fizangazanga,dra manambaly hafa,dra magnisakisaky ampela ze fa nisara-baly dra
mizangazanga.''[10]Reo mpianasy nizaka tamin'i Jesosy ho:''Raha zay gny toetrany lelahy ami valiny,dra sy soa gny
manambaly.''[11]Fa Jesosy nizaka tamin'ereo ho:''Sy gny olo aby gny afaky magneky anizay fampianara zay,fa reo ze
nanga hagneky anizay avo. [12]Fa misy gny olo reo ionoka ze fa manahaky anizay hatrany an-tron-drenin'ereo,dra
misy reo ionoka ze nataon'olombelo,dra misy ionoka ze manao gny vatan'ereo ho ionoka noho gny fazaka gny
lagnisy. Izy ze afaky mandramby anizay fampianara zay,ao izy handramby anizay.''[13]Laha teo nisy mota maliniky
sasasasny nandesiny teo aminazy ba hametrahany tagna amin'ireo dra hivavaky,fa nizaka fatrasy anazy reo gny
mpianasy.[14]Hoy Jesosy ho:''Angao gny zaza maliniky,dra ka rara ereo hamozy anahy,satria gny fazakanigny
lagnisy dra manahaky anazy reo.''[15]Napetrany teo amin'ereo zaza gny tagnany,dra laha teo niala teo Izy.
[16]Indro,nisy lelahy nagnato an'i Jesosy dra nizaka ho:''Mpampianasy ,ino gny raha soa sy maisy ataoko ba
hahazoako gny fiagna mandrakizay?''[17]Jesosy nizaka taminazy ho:''Nanao akory anao gny manotany momba ze
soa atiho aminahy? Raiky avo gny soa,fa raha te-hilisy agny amy fiaigna anao,dra tandremo reo didy.''[18]Hoy gny
lelahy taminazy ho:''Didy ino?''Dra hoy Jesosy ho:''Ka mamono olo, ka mizangazanga,ka mangalasy,ka mety
vavolombelo diso,[19]hazao gny ranao vo gny reninao,dra tiavo gny mpiara-belo aminao manahaky gny
vatanao.''[20]Gny zatovo nizaka taminazy ho:''Fa nakatoaviko aby avo koa zay.Ino gny bo taliaviko?''[21]Jesosy nizaka
taminazy ho:''Raha magniry gny ho tonga lafasy anao,dra mandehana,havilio ze anagnanao,dra omeo gny mizaly
,dra hana hanagna agny an-dagnisy anao;dra avia,magnaraha Anahy.''[22]Fa gny nahare ze nizakan'i Jesosy gny
zatovo,dra niala tamin'alahelo izy,satria nana fanagna maro.[23]Hoy Jesosy tamin'ireo mpianasy ho:''Zakako mary
amindrareo, sarosy ho agny mpagnarivo gny hilisy gny fazaka gny lagnisy.[24]Dra bo zakako amindrareo draiky ,
moramora ho agny rameva gny milisy amy forim-pajaisy toy zay ilirany mpagnarivo ao amy fazakan'Agnahary.
[25]Gny fa nahare anizay reo mpianasy,dra tena nalazo vatany dra nizaka ho:''Iza gny afaky ho voze?''[26]Nagnety
anazy reo Jesosy dra nizaka ho:''Amin'olo ddra sy hay atao zay,fa amin'Agnahary gny raha-iaby dra azo
atao.''[27]Laha teo Petera namaly dra nizaka ho:''Indro,nangany gny raha-iaby dra nagnaraky Anao zahay. Ino gny
ho azonay?''[28]Jesosy nizaka anazy reo ho:''Zakako mary amindrareo,amy vanim-potoa vaovao gny fa mipetraky eo
amy seza fiandriana gny voninahiny gny Zanak'olo,dra hipetraky eo amy seza fiandriana ro amby folo avo
andrareo ze nagnaraky Anahy,hisara reo foko ro ambiny folon'Israely.Gny olo aby nagnenga
tragno,rahalahy,anabavy,ra,reny,zanaky,dre tany noho gny agnarako,dra handramby agn'abo zato heny dra
handova fiaigna mandrakizay.[30]Fa maro reo ze volohany ho lasa farany,dra gny farany ho volohany.

 

Chapter 20

[1]Fa gny fazaka gny lagnisy dra manahaky gny topon-tany ze nandeha vao maraindraim-be hagnakara piasa ho
agny tanim-bolobony.[2]Gny fa avy nifagnaraky tamin'ereo piasa izy fa ho denaria raiky isan'andro gny
karamman'ereo,dra nalefany tagny amy tanim-bolobony ereo.[3]Niboaky draiky izy tamy lera fahatelo dra nahita
piasa hafa nisangasanga tao an-tsena.[4]Ho izy tamin'ereo ho: Andrareo koa,mandehana agny amy tanim-
boloboky,dra ze an-kevony mary dra homeko andrareo.'Dra nandeha niasa ereo.[5]Bo niboaky draiky izy teo ho eo
amy lera faheny dra tamy lera fahasivy,dra nanao manahaky anizay avo. [6]Tamy lera faharaiky amby folo dra
niboaky piasa hafa nisangasanga .Ho izy tamin'ereo ho:''Nanao akory andrareo gny misanga eto mandrisy gny
andro raiky?'[7]Ho izy reo taminazy ho:'Sy misy olo magnakarama zahay.' Ho izy tamin'ereo ho:'Andrareo avo koa
mandehana agny amy tanim-boloboko.'[8]Gny fa avy gny hariva,dra nizaka tamy mpitandrin-draharahany gny
toponigny tanim-boloboky ho:'Tokavo reo piasa dra haloavo gny karaman'ereo,manomboky laha tamy farany
magnygny amy volohany.'[9]Gny fa avy reo piasa ze nala tamy lera faharaiky ambiny folo,dra nahazo denaria
kirairaiky aby ereo.[10]Gny fa avy reo piasa volohany,dra nihevisy fa ahazo mihoasy ereo,kanefa ereo avo koa dra
nahazo dinaria kirairaiky aby.[11]Gny fa nahazo gny karamany ereo,dra nitaray momba gny topon-tany ereo.[12]Ho
izy reo ho:'Reo piasa farany reo dra niasa lera raiky avo,nefa dra nampitovizinao taminay ereo,zahay ze nisaka
gny vesasy gny totolo andro vo niharisy taninandroky.'[13]Fa namaly gny topon-tany dra nizaka tamy raiky
tamin'ereo ho:'Ry sakaiza,sy manao ze sy mety aminao zaho.Sy denaria raiky seky gny nifagnarahanao
taminahy?[14]Rambeso ze anao dra zory gny lalanao.Zaho dra nifily gny hagnome ho an'ereo piasa nikarama farany
manahaky gny anao avo.[15]Sy mana-zo hanao araky ze tiako amin'izay anahy seky zaho?Sa mialo se andrareo
satria malala-tagna zaho?'[16]Dra gny farany dra ho volohany,dra gny volohany ho farany.''[ Fagnmariha: Gyn dika-
zaka taloha soa indrindra dra mangalaky gny ho:''Maro gny nitokavy fa keliky gny voafily.'']'[17]Raha hiala ho agny
Jeresalema Jesosy, dra nangalaky gny ro ambiny folo teo agnilany Izy,dra tegny an-dala Izy nizaka tamin'ereo ho:
[18]''Indro,hiakasy ho agny Jeresalema isika,dra gny Zanak'olo dra hanolosy eo amy loha gny mpisoro vo reo
mpanora-dala.Izy reo dra hagnameloky anazy ho maty [19]dra hanolosy Anazy amin'ereo Zetilisa ba hiomeheza, ho
tera,dra hanomboha Anazy amy hazofizalia.Fa amy andro fahatelo dra hasanga draiky Izy.''[20]Laha teo renen'ereo
zanadahin'i Zebedio nagnato an'i Jesosy niaraky tamin'ereo zanadahiny. Nandohaliky teo anatrehany izy dra
nangataky raha laha taminazy.[21]Hoy Jesosy taminazy ho:''Ino gny irinao?''Ho izy taminazy ho:''Mandidia ba
hipetrahan'itaho zanako ro lahy tahoky,gny raiky eo an-tagnano ankavana dra gny raiky ro an-tagnanao
ankavia,ao amy fazakanao.''[22]Fa Jesosy namaly dra nizaka ho:''Sy fatasindrareo gny raha angatahindrareo. Afaky
gny hino gny kapoaky ze ho nomiko se andrareo?''Namaly ereo ho:''Afaky zahay.''[23]Ho Izy tamin'ereo ho:''Hino gny
kapoako tokoa andrareo.Fa gny hipetraky veo an-tagnako ankavanako vo ankaviako dra sy azarako gny
magnome,fa an'ereo ze fa nomanigny Rako.''[24]Gny fa nahare anizay reo mpianasy folo lahy hafa,dra ory fatrasy
tamin'ereo mpirahalahy ro.[25]Fa Jesosy nitoka anazy reo hagneo aminazy dra nizaka ho:''Fatandrareo fa reo
mpanapak'ireo Zetilisa dra hagnalaibe anazy reo,dra gny lelahy mana-dazan'ereo dra hapiasy gny fahefany eo
amin'ereo.[26]Fa sy tokony ho manahaky anizay gny amindrareo.Mifanohisy amin'izay ,dre iza dre iza magniry gni
ho lasa lahibe amindrareo dra sy maisy ho mpanompondrareo,[27]dre iza dre iza magniry gny ho volohany eo
amindrareo dra sy maisy ho panopondrareo,[28]tahaky gny Zanak'olo sy avy ho topo,fa ho avy hanopo,dra
hagnome gny ainy ba ho vilim-pagnavosy ho agny maro.''[29]Raha niboaky laha tagny Jeriko ereo,dra vahoaky maro
gny nagnaraky Anazy.[30]Nisy lelahy poaky ro nipetraky teo amoron-dala.Gny fa nahare fa miriosy Jesosy,dra
nikoraky fatrasy ereo ho:''Topo,zanak'i Davida ,mamindra fo aminay''.[31]Nagnahy anazy gny vahoaly,nizaka anazy
reo ba hangy,kanefa vao maiky ereo nitokatoka fatrasy ho:''Topo,zanak'i Davida ,mamindra fo aminay.''[32]Lala teo
Jesosy nizano dra nitoka anazy reo sady nizaka ho:''Ino gny irindrareo ho ataoko amindrareo?''[33]Ho izy ereo
taminazy ho:''Topo,ba hahrasy gny masonay'' [34]Laha teo Jesosy,nangoraky, dra nisampa gny mason'ereo.Dra avy
dra nahirasy ereo dra nagnaraky Anazy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 21

1Raha nagnato an'i Jeresalema Jesosy vo gny mpianany dra nagnao Betifaga,agny an-dohambohisin'i Oliva,dra
nandefa mpianasy ro Jesosy,2nizaka tamin'ereo ho:''Mandehana ao amin'izay vohisy magnaraky ao,fa eo no eo
andrareo dra hahita boriky mifehy dra zana-boriky raiky miaraky aminazy.hahao ereo dra andeso atiho
aminahy.3Raha misy mizaka andrareo momba anizay,dra zakao ho:'Misy italiaviny Topo anazy reo,'dra eo no eo
zay olo zay dra handefa anazy reo miaraky amindrareo.''4Dra nisy zay ba hahatateraky ze nambara taminigny
alalany mpaminany.Ho izy ho:5''Zakao gny zanakapelan'i Ziona ho:'Indro.gny Pazakanao magnato anao,Manolon-
vata dra mitikisy boriky zana-boriky lahy.'''6Laha teo dra lasa reo mpianasy dra nanao araky ze nandidian'i Jesosy
anazy reo.7Nandesin'ereo gny ampondra vo gny zana-boriky dra nametraky gny lamban'ereo teo aminazy,dra
nipetraky teo aminigny lamba Jesosy.8Gny mhamaroany gny vahoaky dra namelasy gny lambany tamy tany ,dra
reo hafa nanapaky sampan-kazo dra nagnaparitaky anizay tamy lala.9Laha teo reo vahoaky nialuha an'i Jesosy vo
reo ze nagnaraky anazy nareviky ho:''Hosana ho agny Zanak'i Davida! Isaora gny avy amy agnarany Topo!
Hosana agny amy avo indrindra!''10Gny fa nilisy tao Jerosalema Jesosy,dra nikoraky gny ray tana dra nanao
ho:''Iza moa io?''11GNy vahoaky namaly ho:''Izy gny Jesosy mpaminany laha tagny Nazareta agny Galilia.''12Laha
teo nilisy tao ampengana Jesosy. Niroahiny avo koa reo pivily vo pivarosy tao ampengona,dra navaliny gny
latabasin'ereo mpanakalo vola vo gny fipetrahan'ereo pivarosy voromalala. 13Ho Izy tamin'ereo ho:''Fa voasorasy
ho:'Gny tragnoko dra natao tragno fivavaha,'kanefa ataondrareo zohy fierenigny malaso.''14Nony laha teo dra nisy
poaky vo mandringa nagnato Anazy tao ampengona,dra nisitraniny ereo.15Fa noho nahita gny raha-mahalasa
nataony gny lahibeny mpisoro vo gny mpanora-dalana,dra gny fa ren'ereo gny mota maliniky nikoraky tao
apengona ho:''Hosana ho agny zanak'i Davida,''dra ory fatrasy ereo.16Ho izy reo taminazy ho:''Rendrareo se
zalan'ereo olo reo?''Namaly anazy reo Jesosy ho:''Eka! Fa sy bo nivakindrareo mihisy seky gny ho:'Laha tamy
vavanigny mota maliniky vo gny zaza minono gny nandavorariandrareo gny fodera?''17Laha teo niriosy anazy reo
Jesosy dra nandeha tagny amy tanan'i Betania dra nitoesy tao hatra amy hariva.18Dra nony maray raha nihery
tagny an-tana Izy,dra resy.19Nahita azon'aviavy tegny amoron-dala,dra nagnato tegny Izy dra sy nahita dre ino dre
ino teo afa-sy gny raviny.Ho Izy taminazy ho:''Ao sy hisy tegnany sasy laha taminao mandrakizay,''dra niaraky
tamin'izay dra maiky gny raviny.20Gny fa nahita anizay reo pianasy ,dra gaga ereo dra nizaka ho:''Nanao akory
gny dra havy maiky itiho aviavy itiho?''21Namaly Jesosy dra nizaka anazy ho:''Zakao mary amindrareo,raha
manam-pinoa vo sy misy fisalasala andrareo,dra sy ze natao tamin'io aviavy io avo gny hataondrareo,fa dre dra
hizaka amin'itho vohisy itiho ho:'Mionga dra ho lavo agny an-dranomasy',dra ho atao anizay.22Dre ino dre ino
angatahindrareo am-bavaky,am-pinoa,dra ho azondrareo.''23Raha nilisy tao apengona Jesosy,dra nagnato Anazy
gny lahibeny gny mpisoro vo gny zokiolo raha nampianasy Izy dra nizaka ho:''Fahefa laha teza moa gny
anovanao raha reo,dra iza gny nagnome anao anizay fahefa zay?''24Namaly Jesosy dra nizaka tamin'ereo
ho:''Hametrahako fagnontania raiky avo koa andrareo.Raha zakandrareo aminahy,dra ho zakako amindrareo
gny fahefa anovako anio raha io.25Gny batisan'i Jaona -laha teza gny niaviany?Laha tagny an-dagnisy sa laha tamy
olombelo?''Nialy hevisy ereo ,nanao ho:''Raha mizaka isika ho,'Laha tagny an-dagnisy,'Izy hizaka amisika ho:'Fa
nanao akory andrareo gny sy nino anazy?'26Fa raha mizaka isika ho:'Laha tamy olombelo',matohosy gny vahoaky
isika,satria izy iaby dra mihevisy an'i Jaona tahaky gny paminany''. Dra namaly an'i Jesosy ereo dra nizaka ho:''Sy
fatanay.''27Dra ho Izy avo koa tamin'ereo ho:''Izaho avo koa dra sy hizaka amindrareo ho laha teza gny fahefa
anovako anio raha io.28Fa nanao akory gny hevisindrareo? Nisy lelahy raiky nana zanadahy ro.Nandeha
nagnagny aminigny volohany izy dra nanao ho:'Anaky,mandehana miasa agny amy tanim-boloboky
androany.'29Gny zanadahiny namaly anazy ho:''Sy ho agny zaho,''fa laha teo dra nagnagny aminigny faharo izy
dra nizaka tahaky anizay avo koa. Namaly izy dra nizaka ho:''Ho agny zaho,topoko,'nefa sy nagnagny izy.31Iza
tamin'ereo zanany ro reo gny nanao gny sitrapony rany?''Dra ho izy reo ho:''Gny volohany.''Jesosy nizaka anazy
reo ho:''Zakako mary amindrareo,reo pamory hetra vo reo pivaro-tegna dra hilisy gny Fazakan'Agnahary
alohandrareo.32Fa Jaona nagnatao andrareo tamy fahamarigna,fa sy nino anay andrareo.Fa reo mpamory hetra
vo pivaro-tegna nino anazy.Fa andrareo, dre dra nahita anizay avo,dra sy nibebaky vo sy nino anazy.33Tenoy itiho
fagnohara raiky hafa itiho.Nisy lelahy raiky,topo tany. Nanao tanim-bploboky izy,nifefeny zay,nandavahany
famiazana tao agnatiny,nananganany fiangona,dra napanofany tamin'ereo pamboly voloboky.Laha teo dra
nagnagny amy tana hafa izy.34Raha nagneky gny taom-pahamokara,dra nagniraky gn'ilany tamin'ereo panopo izy
ho agny amin'ireo pamboly voloboky hangalaky gny vokasy.35Fa nisamborin'ereo pamboly voloboky reo
panopony,nizerany gny raiky,nivonony gny hafa,dra bo nitorahiny gny hafa vato.36Dra bo, nandefa panopony
hafa draiky gny topon-tany,maro noho gny tamy volohany,fa nataon'ereo manahaky anizay avo koa.
37Tafaran'izay,dra nagniraky gny zanany lahitoka tagny amin'ireo gny topon-tany,nizaka ho:''Hagnaza gny zanako

ereo.'[38]Gny fa nahita gny zanadahiny reo pamboly voloboky,dra nifampiresaky ereo ho:'Itiho gny mpandova.Andeha, ho vonosika izy dra ho alasika gny lova.'[39]Noho zay dra nisamborin'ereo izy,natorany tao agnatinigny tanim-boloboky dra novonony.[40]GNy fa avy gny topo gny tanim-boloboky,ino gny ho ataony amin'ereo pamboly voloboky?''.[41]Ho izy reo taminazy ho:''Ho ringaniny amin'izay fomba fatrasy indrindra reo olon-doza,dra laha teo hapagnofany amin'ereo pamboly voloboky hafa gny tanim-boloboky, olo hagnome anazy gny azarany voliny amy fotoam-pamokara.''[42]Jesosy nizaka tamin'ereo ho:''Sy bo namaky gny Sorasy Masy draiky seky andrareo ho :'Gny vato nihalany mpagnori-tragno gny natao vato fehizoro.Laha tamy Topo zay,dra mahatalazo eo amasosika'?[43]Noho zay zakako amindrareo,alao amindrareo gny fazakan'Agnahary dra hatolosy gny firenena ze mamokasy reo tegnagny.[44]Dre iza dre iza lavon'io vato io dra ho torotoro.Fa zay hilavoany koa dra ho rava.''[45]Gny fa nahare gny fagnohara reo gny lahibeny pisoro vo reo Fariseo dra azon'ereo fa mahakasiky anazy reo gny resahiny.[46]Nilasa gny hanambosy Anazy,saiky natahosy gny vahoaky ereo,satria nataony olo ho paminany Izy.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 22

[1]Nizaka tamy fagnohara tamin'ereo draiky Jesosy,nanao hô:[2]''Gny fazakany lagnisy dra mitovy amy pazaka ze
nagnoma fanasa amy fagnakaram-baly ho agny zanadahiny.[3]Nagniraky reo mpanompony hitova reo ze nahazo
fanasa hagnatriky gny feti-fagnakaram-baly izy,fa sy mety ho avy ereo.[4]Nandefa gny panopony hafa draiky gny
pazaka,manao hô:'Zakao reo ze nasa hô:''Hatio,fa nikarakarako gny haniko.Fa nivono gny agn'omby vo gny
zanakagn'omby mifahiko,dra fa vono gny raha-aby.Miavia ao amy feti-fagnakaram-baly.''[5]Fe sy nahoan'ereo dra
lasa nandeha,gny draiky namozy gny toera-fitezany,gny hafa tamy famarotany.[6]Gn'ilany nanambosy reo
panopony pazaka, nangala baraka anazy reo,dra namono anazy reo.[7]Ory gny pazaka dra nagniraky reo
miaramilany, dra namono mpamono olo ereo.dra nagnoro gny tagnany.[8]Laha teo nizaka tamin'ereo panopony izy
hô:'Fa vono gny fangala-valy,fa reo ze nasa gny sy mendriky.[9]Noho zay mandehana egny amy sapagnan-dalambe
dra manasa olo maro araky ze hitandrareo ho ao amy feti-fagnakaram-baly.'[10]Nandeha niboaky tagny amy lalam-
be reo panopony dra nanambasy gny olo ze hitan'ereo iaby,dre gny soa dre gny rasy.Noho zay dra feno vahiny
gny efi-tragno lahibe nisy gny fagnakaram-baly.[11]Fa gny nilisy gny pazaka ba hagnety reo vahiny,dra nahita lelahy
sy niakazo amy fandesy fagnakaram-baly. [12]Nizaka taminazy gny pazaka ho:'Ry sakaiza,nanao akory gny iliranao
ato sy miaraky amy ankazo fandesy amy fagnakaram-baly?'Fa sy nahafizaka gny lelahy.[13]Laha tro nizaka
tamin'ereo panopony gny pazaka hô:'Fehezo gny tagnany vo gny tombon'itiho lelahy itio,dra hatorao agny amy
mezy agny ambaliky izy,agny gny misy fitomagnia vo fikotroha-nify.'[14]Fa olo maro nitokavy,nefa keliky gny ho
voafily.[15]Laha teo nandeha reo Fariseo dra nagnoma gny fomba mety hamandriha an'i Jesosy amin'izay nizakany.
[16]Laha tep nirahin'ereo hagnagny aminazy reo mpianasin'ereo, niaraky tamin'ereo Herodiana.Nizaka tamin'i
Jesosy ereo ho:''Ry papianasy,fatasinay fa mary anao,dra mapianasy gny lalan'Agnahary amy mary.sy miraharaha
gny hevisiny gny hafa anao,dra aminay,ino gny hevisinao?Ara-dalana se gny fandoavan-ketra agny amin'iKaisara
sa sy ara-dalana?''[18]Nefa azon'i Jesosy gny faharasian'ereo dra nizaka hô:''Nanao akory gny misapa Anahy
andrareo,ry pihasaravelasiny?[19]Aboaho Anahy gny farasa amy hetra.''Laha teo ninday denaria teo amin'ereo.
[20]Hoy Jesosy tamin'ereo hô:''An'iza itiho sary vo agnara itiho?''[21]Nizaka taminazy ereo hô:''An'i Kaisara.''Laha teo
Jesosy nizaka anazy reo hô:''Omeo an'i Kaisara reo ze an'i Kaisara,dra an'Agnahary reo ze an'Agnahary.''[22]Gny fa
nahare anizay ereo,dra gaga.Dra niala teo aminazy ereo dra nandeha.[23]Tamin'izay andro zay avo gny Sadoseo
gn'ilany,reo nizaka fa sy misy fisangana amy maty,nagnato Anazy.Nagnato Anazy ereo,[24]nanao hô:''Ry
papianasy,Mosesy nizaka hô:'Raha maty gny olo,sy mana-zanaky,dra tokony hanambaly gny valiny gny
rahalahiny dra hana-zanaky ho agny rahalahiny.[25]Nisy pirahalahy fito.Nanambaly gny volohany dra maty laha
teo.Lasa sy nagnenga zanaky,nagnenga ho agny rahalahiny gny valiny.[26]Laha teo nanao raha mitovy amin'izay
gny faharo,laha teo gny fahatelo,manahaky anizay sisy hatra aminigny rahalahy fahafito.[27]Tafaran'izay dra maty
gny ampela.[28]Dra amy fisanganany maty ,ho valin'iza amin'ereo pirahalahy fiti izy? Fa nanambaly anazy iaby
reo.''[29]Fa namaly Jesosy dra nizaka anazy reo hô:''Diso andrareo,satria sy mahafatasy gny Sorasy Masy dre gny
herin'Agnahary.[30]Fa amy fisangana gny maty dra sady sy hanambaly ereo gny sy ome ankary.Fa mitovy amin'ireo
azely agny an-dagnisy.[31]Fa mahakasiky gny fisangana gny maty, bo sy nivakindrareo se ze nizakan'Agnahary
tamindrareo,manao hô:[32]'Izaho gny Zagnaharin'i Abrahama,Zagnaharin'Isaka,dra Zagnaharin'i Jakoba'?
Zagnahrary dra sy Zagnahary gny maty,fa agny velo.''[33]Gny nahare anizay reo vahoaky,dra nalazo tamy
fampianarany.[34]Fa gny ren'ereo Fariseo gny nampanginan'i Jesosy gny Sadoseo, dra nira-nivondro ereo. [35]Gny
raiky tamin'ereo,mpahay lalana,nametra-panotania taminazy,nangalaky fagnahy Anazy hô:'v 36''Ry papianasy,iza
gny lahibe indrindra amy didy ao amy lalana?''[37]Nizaka taminazy Jesosy hô:''Tiavo amy fondrareo aby,amy
fagnahindrareo aby,dra amy saindrareo aby gny Topo Zagnaharindreo.'[38]Zay gny didy lahibe vo volohany.[39]Dra
gny didy faharo dra tahaky anizay avo. 'Tiavo gny piara-belo amindrareo tahaky gny vatandrareo.'[40]Amin'ereo
didy ro reo gny iakinanigny lalana manotolo vo reo paminany.''[41]Dra raha bo niara-nivondro reo Fariseo,dra
nametra-panotania anazy reo Jesosy.[42]Ho Izy ho:''Ino gny eriserindrareo momban'i Kristy?Zanadahin'i
Izy?''Nizaka taminazy reo ho:''zanak'i Daviada.''[43]Hoy Jesosy tamin'ereo ho:''nanao akory dra Davida mitoesy ao
amy Fagnahy gny mitoka anazy ho Topo,manao ho:[44]'Gny Topo nizaka tamy Topoko hô:''Mipetraha eo amy
tagnan'ankavanako,mandra-panaoko gny fahavalondrareo ho mpisi-tombonao?''[45]Raha Davida avo mitoka an'i
Kristy hô:'Topo,'dra nanao akory gny maha-zanak'i Davida Anazy?''[46]Sy nisy nahavaly Anazy taminigny zaka,dra
sy nisy olo nahavany nametra-fanontania hafa sasy nanomboky tamin'izay andro zay.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 23

1Dra Jesosy nizaka tamin'ereo vahoaky vo reo mpianany.2Ho Izy ho:''Reo mpanora-dalana vo fariseo dra
mipetraky eo amy fipetranan'i Mosesy.'3Noho zay dre ino dre ino handidian'ereo andrareo ho atao,dra atovy avo
dra mitandrema anazy rewo.Fa ka ala tahaky gny asan'ereo,satria ereo dra mizaka raha nefa laha teo sy manao
anizay.4Egny ,fehezin'ereo gny eta-mavesasy ze sarosy andesy,dra laha teo dra apetrakin'ereo eo amy soroky gny
olo.Fa sy hagnesiky gny rasa-tagna raiky avo gny vatan'ereo ba hinaday anazy reo. 5Manao gny asany ereo aby ba
ho hitan'olo.Fa ataon'ereo malalaky gny filakiterany,dra itarin'ereo gny moron'ankazony.6Tian'ereo gny toerany
mana-kaza agny amy fanasa vo gny toera gny lahibe ao amy Synagoga,7vo gny fiarahaba miavaky egny an-
tsena,dra ba ho tokavin'olo ho;'Raby'.8Fa andrareo sy azo tokovy hô:'Raby', fa raiky avo gny
mpampianasindrareo,dra pirahalahy andrareo aby.9Dra ka mitoka gny olo etyho an-tany ho randrareo,fa raiky
avo gny Randrareo,dra Izy dra agny an-dagnisy.10Andranreo ka mety tokavy ho:'Papianasy',fa raiky avo gny
papianasindrareo,fra i Krsity.11Fa ze lahibe indrindra amindrareo gny ho panopondrareo.12Dre iza dre iza
manandra-tegna dra ahetry (atao ambany) dre iza dre iza manolo-vata dra hasandrasy.13Fa loza hô andrareo ,ry
mapora-dalana vo fariseo,pihasaravelasihy!Fa arindrindrareo amy olo gny fazaja gny lagnisy.Fa andrareo sy
mapilisy gny vatandrareomdra sy hangandrareo reo ze mitalia hilisy.14[ Fanamariha:Gny atota-taratasy taloha dra
sy ahita gny fehezateny hô:'Fa loza ho andrareo,ry panoran-dalana vo gny fariseo,pihasaravelasihy! Fa mandany
gny tragnony pinday vata,dra manao vavaky lava andrareo.Noho zay dra hahazo fagnahia lahibe andrareo.']
15Loza ho andrareo,ry panoran-dalana vo fariseo,phasaravelahisy! Fa nandeha mitety gny ranomasy vo gny tany
andrareo ba hapiova fo gny olo raiky,dra gny fa miova izy,dra ataondrareo gny zanaky gny helo agn'abo ro heny
mihoasy noho andrareo izy.16 Loza hô andrareo ,ry pitariky poaky,andrareo ze mizaka hô:'Dre iza dre iza miania
amy fengona,dra sy misy dikany zay. Fa dre iza dre iza mianiana amy volamenany fengona,dra voafehy gny
fiaignany izy.'17Andrareo ry poaky mola! Iza gny lahibe ,gny volamena sa gny fengona ze manao gny volamena
masy?18Dre iza dre iza mianiana amy alitara,dra sy misy dikany zay.Fa dre iza dre iza agn'abonin'izay,dra voafehy
gny fiaignany.'19Andrareo ry olo poaky! iza gny lahibe ,gny fagnatisy sa gny alitara ze manao gny fagnatisy ho
masy?20Noho zay,ze miania amy alitara ,dra miania amin'izay vo amy raha eo agn'abony aby.21Gny raiky ze miania
amy fengona,dra miania amin'izay vo amin'izay mony ao aminazy,22dra gny raiky ze miania amy lagnisy ,dra
miania seza fiandrianan'Agnahary vo aminazy ze mipetraky eo agn'abonin'izay.23Loza hô andrareo,ry mpanora-
dalana vo fariseo,pihasaravelasihy! Fa mandoa gny fahafolony solika vô gny aneta dra gny komina andrareo,fa
andrareo dra sy nakato gny raharaha mavesa-daza igny amy lala-dra gny rariny vo gny famindram-po dra gny
finoa.Fa reo gny tokony nataodrareo dra sy tokony nanganadrareo ho sy vita gny raiky hafa.24Andrareo ry
pitariky poaky,andrareo ze maniva gny lagnisy nefa mitely rameva!25Laza hô andrareo,ry panora-dalana vo
fariseo,pihasaravelasihy! Fa liovindrareo gny ao ambalikiny Kapoaky vo gny finga ,nefa gny ao agnatiny dra feno
fisiririta vo gny fila.26Andrareo ry fariseo poaky!Liovy aloha gny ao agnatiny Kapoaky vo gny finga,ba ho lasa
malio avo gny ao ambaliky.27Loza hô andrareo,ry panora-dalana vo fariseo,pihasaravelasihy! Fa andrareo dra
tahaky gny lolo voalalosy fosy; ze soa ambaliky,fa gny ao agnatiny koa dra feno gny tolam-paty vo gny loto aby.
28Manahaky anizay avo koa,etiho ambaliky drareo miboaky ho mary eo amy olo,nefa gny ao agnatindrareo dra
feno fihasam-belasihy vo heloky.29Loza ho andrareo,ry panora-dalana vo fariseo,pihasaravelasihy! Fa magnory
gny lolony paminany andrareo dra mampipozy gny lolon'olo-mary.30Ho andrareo hô:'Raha niay tamy androny
razambesika isika,dra sy ho nandray azara niaraky tamin'ereo tamy fandasaha gny liony paminay isika'. 31Noho
zay dra misanga vavolombelo amy vatandrareo andrareo fa zanak'ereo ze namono gny paminany.32Andrareo avo
koa dra nahafeno gny fahotan'ereo razambendrareo 33Andrareo ry bibilava,andrareo ry taranaky gny
menarana,nanao akory gny handosirandrareo gny fagnahia ho agny amy devoly?34Noho zay,indro,magniraky
paminany vo olo-kendry dra panora-dalana ho andrareo Zaho.Gn'ilany amin'ereo dra ho vonondrareo; dra
gn'ilany ho zerandrareo ao amy Synagogandrareo dra handroaky anazy hiala ao an-tana.35Gny vokasin'izay dra
hahazo andrareo gny lio mary aby ze nalasaky teto an-tany,nanomboky tamy lion'i Zakaria zanak'i Barakia,ze
nivonodrareo teo agnelagnelany fitoera masy vo gny Alitara.36Zakako mary amindrareo,fa gny raha dra ho avy
amin'itoho taranaky itiho.37Ry Jerosalema,ry Jerosalema,anao ze mamono gny mpaminany vo mitora-bato ze
irahy ho aminao! Ipiry Zaho gny magniry gny hamory gny zanakao miaraky,tahaky gny akoho vavy raiky
mamory gny akoho kely ao ambany elany,nefa sy mety andrareo! 38Indr,gny tragnondrareo gny nanga ho lao ho
andrareo.39Fa zakako amindrareo,hatram'izao,sy hahita Anazy tokoa andrareo mandra-pizakandrareo hô:'Isaora
seky ze laha tamy agnarany Topo.'''

## Chapter 24

[1]Niboaky gny fengona Jesosy dra lasa nandeha. Nagnato Anazy reo pianany ba hagnoroa Anazy gny rafisy gny
fengona .[2]Nefa namaly Izy dra nizaka tamin'ereo hô:''Sy hitandreo se reo raha aby reo? Zakako mary
amindrareo,sy hisy vato ho tavela na raiky hafa ze sy ho rava.''[3]Raha nipetraky teo an-dohambohisyn'oliva Izy,dra
nagnato Anazy mangingiky reo mpianany dra nizaka ho:''Zakao anay, ombia reo raha reo gny hisanga?Ino gny
famatara gny fahavianao vo gny fara-andro?''[4]Namaly Jesosy dra nizaka anazy reo ho:''Mitandrema ba sy hisy
hamitaky andrareo''. [5]Fa ho maro gny ho avy amy agnarako.Dra hizaka ereo ho;Izaho gny Kristy,'dra maro gny ho
voafitaky.[6]Mahare aly vo tatisy aly andrareo. Mitandrema ba sy hidobodoboky andrareo,fa sy maisy hisy zay raha
zay;nefa sy bo avy gny farany.[7]Fa hisy firenena hisanga hanohisy firenena,dra fazakana hanohisy fazakana.Hisy
mosary vo horohoron-tany amy toera samihafa.[8]Nefa zay raha zay dra fiandoahany fahărariany gny fiteraha avo .
[9]Dra ho atolosin'ereo ho amy fahoria andrareo dra ho vonony. Ho halany firenena aby andrareo noho gny
agnarako.[10]Dra maro gny ho tafitohy,dra hifamaliky vo hifahakalaiky gny kirairaiky.[11]Mpaminany sandoky maro
gny hisanga dra hamitaky olo maro.[12]Satria gny faharasia dra hitombo,dra hihamangasiaky gny fitiavanigny
maro.[13]Fa gny raiky miharisy hatraminigny farany dra ho voavozy.[14]Itiho filazasarany fazaka itiho ho tory
erak'izao totolo zao ho vavolombelo amy firenena iaby.Laha teo dra ho avy gny farany.[15]Noho zay,raha mahita
gny fahavetavetany gny fandrava andrareo,ze nizakan'i Daniela Mpaminany,dra hisanga eo amy toera Masy
andrareo''(ao gny pamaky hahatakasy ),[16]''Ao reo ze agny Jodia handositry ho agny an-dohambohisy,[17]ao ze ao
agn'abo gny tragno sy hizoso hangalaky raha laha tao an-tragno,[18]dra ao ze agny antanimboly sy hihery
hangalaky gny lambany.[19]Fa loza ho an'ereo bevoka vo mampinono amin'izay andro zay! [20]Mivavaha ba sy ho
aminigny ririny na amy Sabasy gny hisanga gny fandosindrareo. [21]Fa hisy fahoria lahibe,ze sy bo nisy manahaky
anizay hatrany am-piandohan'izao totolo zao mandraky amizao,haha,dra sy hisy sasy.[22]Raha sy afohezy reo andro
reo,dra sy hisy nofo ho voze.Fa noho gny olom-boafily,dra hafohezy reo andro reo.[23]Fa raha misy olo mizaka
andrareo ho: 'Indro,itiho gny Kristy',ignihoky gny Kristy;dra ka mino anizay.[24]Fa gny kristy sandoky vo gny
mpaminany sandoky dra ho avy dra hampiseho famatara lahibe vo raha-mahagaga,ba hamitaky,raha azo
atao,egny fa dra reo olo-voafily avo.[25]Indro,fa nizakako andrareo mialohanigny fotoa.[26]Noho zay,raha mizaka
andrareo ereo ho:'Indro,agny agn'efesy izy,'dra ka magnagny agn'efisy. Dra ho 'indro,agny agnaty efitragno izy'dra
ka mino anizay.[27]Fa manahaky gny hondriky ze mihelasy laha tagny asignana dra mazava hatragny andrefa,dra
tahaky anizay gny fihaviany Zanak'olo.[28]Dre eza dre eza misy biby maty,dra agny gny hiangona gny volotara.
[29]Raha vao afaky gny fahoria amin'ereo andro reo dra ho mezy gny mahasoandro,sy hagnome gny hazavany gny
volana,hilasaky laha tagny an-dagnisy gny vasia,dra hihozongozo gny heriny lagnisy.[30]Laha teo dra hiboaky amy
lagnisy gny famatarany Zanak'olo,dra gny foko agn'abonigny tany iaby handala. Hahita gny Zanak'olo avy amy
rahonigny lagnisy miaraky amy hery vo gny voninahisy lahibe Izy reo.[31]Handefa reo azeliny Izy miaraky amy feo
trompetra fatrasy,dra hamory gny olo-voafiliny laha tagny amy vaza-tany efasy ereo,manomboky amy
faralagnisy dra hatragny amy hafa.[32]Mianara gny leso laha tamy aviavy.Raha vatany vao hatisy gny sampany dra
mamoaky gny ravyny,dra fatasindrareo fa magneky gny fahavarasy.[33]Manahaky anizay avo koa,raha mahita
anizay raha zay andrareo aby,dra tokony ho fatasindrareo fa mariny Izy,eo amin'ireo fefy mahisy.[34]Zakako mary
amindrareo,fa sy ho lany itiho taranaky itiho mandra-piboahan'izay aby.[35]Sy hisy sasy gny lagnisy vo gny tany,fa
gny vatako dra sy ba ho levo mandrakizay.[36]Kanefa gny mahakasiky anizay andro vo gny lera zay dra sy misy
mahay,dre gny azeliny gny lagnisy, dre gny zanadahiny,fa gny Ray avo.[37]Manahaky tamy andron'i Noa,dra tahaky
anizay avo koa gny fihaviany Zanak'olo.[38]Fa manahaky gny tamin'ereo andro mialoha gny safo-drano dra nihina
vo nino ereo,nanambaly vo nampakasy mandra-pahaviny gny andro niliran'i Noa tao agnatiny gny sambo ,[39]dra
sy nahafatasy dre ino dre ino ereo mandra-pahaviny safondrano dra nandringa anazy aby dra tahak'izay gny
fihaviany gny Zanak'olo.[40]Laha teo hisy lelahy ro egny an-tanimboly gny raiky ho rambesy,dra gny raiky ho anga.
[41]Ampela ro gny hatisa vary-gny raiky ho rambesy,dra gny raiky anga.[42]Noho zay dra miambena,fa sy fatanandreo
ze andro hiaviany gny Topondrareo[43]Fa fatanao zao,raha fatasy gny topon-tragno ho amy firy hariva gny hiaviany
gny pangalasy ,dra ho niamby izy dra sy nagnenga gny tragnony ho vaky.[44]Noho zay dra sy maisy mivonona avo
koa andrareo,fa ho avy gny Zanak'olo amy lera sy ampoizindrareo.[45]Dra iza moa gny mpanopo mahatoky vo
hendry ze nitendreny gny topony hanapaky gny borazany ba hagnomeza anazy reo gny hanin'ereo amy fotoa
mety?[46]Sambasy ze mpanompo zay ze hitany Topony fa manao anizay gny fa avy ziy.[47]Zakako mary amindrareo fa
gny topony gny hanapaky anazy ho agn'abony raha ze anagnany aby.[48]Fa raha misy mpanompo rasy mizaka am-
pony ho:'Ela fiavy gny topoko',[49]dra manomboky mamono reo manopo namany,vo mihina dra mino miaraky
amin'ireo pimamo;[50]dra ho avy gny tapony gny mpanompo amy fotoa ze sy apoiziny dra amy lera ze sy fatany.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

[51]Dra ho tapatapainy topony izy dra ho ataony manahaky gny an'ereo pihasaravelasiny gny azarany,ze hisy gny fitomagnia vo gny fikitroha-nify.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 25

[1]Gny fazaka gny lagnisy dra tahaky viriziny folo ze nangalaky gne zirony dra nandeha nihao tamin'gny
mpampakatsy.[2]Dra mola gny dimy tamin'ireo fa ngny dimy koa hendry.[3]Dra fa nanday gny zirony reo viriziny
mola,dra sy nanday melanaky taminazy agny.[4]Fa reo viriziny hendry koa nanday fagnaza soliky niaraky tamin'ny
zirony.[5]Raha ohasy tara gny mpagnakasy , dra rendremana aby izy dra nandry.[6]Fa tamin'ny matognaly dra nisy
nitoka fatrasy ho : Itiky,gny mpampakasy! miboaha ba hifakahita aminazy[7]Laha teo nihariny reo veriziny dra
nikarakara gny zirony.[8]Ho gny mola tamin'ereo hendry ho:''Ba omeo ampahany amy solikindrareo zahay fa ho
maty gny zironay.[9]Fa namaly reo hendry dra nizaka ho:''So noho sy apy ho anay vo ho andrareo,fa manehana koa
agny amin'ereo pivarosy dra mivilia ho andrareo.''[10]Raha nandeha nivily ereo,dra avy gny mpagnakasy,dra ze fa
vonona dra niara-nandeha taminazy ho ao amy fanasam-panambalia,dra nihily gny fefy.[11]Gny fa afaky zay dra
avy avo koa reo veriziny gn'ilany dra nizaka ho:'Topoko,Topoko,ba hahao zahay'.[12]Fa namaly izy dra nizaka
ho:'Zakako mary amindrareo,sy mahafatasy andrareo zaho'.[13]Dra noho zay miambena,fa sy fatandrareo gny
andro na lera.[14]Fa izay dra tahaky gny lelahy raiky ze handeha ho agny amy firenena hafa.Nitoka gny panopony
izy dra nampitana anazy reo gny hanagna.[15]Gny raiky tamin'ereo nomeny taleta dimy,gny raiky nomeny ro
hafa,dra gny raiky hafa koa nomeny taleta raiky.Gny kirairaiky dra samy nandray taleta araky se fahezany
aby,dra nandeha tamy liany zay lelahy zay.[16]Gny raiky ze nahavoaray taleta dimy dra niala teo noho eo dra
napiasa anazy reo dra nahazo taleta dimy hafa.[17]Manahaky anizay koa gny raiky ze naharay taleta ro nahazo ro
faha.[18]Fa gny mpanompo raiky ze nahavoaray taleta raiky koa,nandeha dra nialy lavaky taminigny tany,dra
nandevy gny volany topony.[19]Dra tafarany fotoa ela dra nihery gny topon'ereo mpanompo reo dra nandami-
draharaha tamin'ereo.[20]Nilisy gny mpanompo ze nahavoaray taleta dimy gny sady ninday taleta dimy hafa.Ho izy
ho:''Topoko,nomenao taleta dimy zaho.Indro,nagnatombo taleta dimy hafa zaho.''[21]Hoy gny topony taminazy
ho:''Soa zay,ry mpanompo soa sady mahatoky! Nahatoky taminigny raha masaiky anao.Zaho hampihandraikisy
anao amy raha maro. Milira amy gny fifalian'gny toponao.''[22]Gny mpanompo ze nahavoaray taleta ro dra nagnato
vo nizaka ho:''Topoko,nomenao taleta ro zaho,indro,nampitombo taleta ro hafa zaho''.[23]Nizaka anazy gny topony
ho:'Soa zay,ry mpanompo soa sady mahatoky!Nahatoky tamin'gny raha masaiky anao.Zaho hampihandraikisy
anao amin'gny raha maro.Milira amin'gny fifaliany toponao.'[24]Laha teo gny mpanompo ze nahavoaray taleta
raiky napitombo gny sady nizaka ho:''Topoko,fatako fa lelahy azo ataoky hianao. Miziza egny amin'izay sy
namafazanao anao,gny sady mavory vokasy egny amin'izay sy nambolenao.[25]Natahosy zaho,dra nandeha dra
nagnavony gny taletandrareo tao agnatin'gny tany.Hatio,indro ze anao.''[26]Dra namaly anazy gny topony dra nanao
taminazy ho:'Ianao ry mpanompo rasy sady malaiky,fatasinao fa zaho dra minapaky egny amin'izay sy
namafazako vo mamory-vokasy egny amin'izay sy namboleko.[27]Noho zay dra tokony nomenao gny pagnaza-vola
gny volako,dra gny fa nihery zaho dra nandray gny anahy miaraky amin'gny tombony.[28]Noho zay alao agny
aminazy gny taleta dra omeo ho agny mpanompo ze mana taleta folo zay.[29]Fa ze mana dra home maromaro
mihoasy lavisy. Fa ho an'ereo ze sy mana dre ino dre ino koa,dre ze hanagnany avo dra ho ala aminazy.[30]Ario
agny amy mezy agny ambaliky gny mpanompo sy mendriky,agny gny misy gny fiasasatry vo gny fikitroha -nify.
[31]Gny fa avy amin'gny voninahiny gny Zanak'olo vo gny azely miaraky aminazy aby,dra hipetraky eo amin'gny
seza findignasa voninahiny Izy.[32]Dra gny firenena dra hahory eo anatrehany aby,dra hagnavaky gny olo raiky
amin'gny raiky hafa Izy,tahaky gny mpiaraky agn'ondry magnavaky gny agn'ondry amin'gny osy.[33]Hametraky gny
agn'ondry ho eo ankavanany izy,fa gny osy eo ankaviany.[34]Dra Pazaka hizaka amin'ereo ze eo an-tagna
ankavanany ho:'Avia, andrereo ze nitahian'gny Rako,mandova gny fakaza ze fa voahoma ho andrareo hatrizay
nagnoregna an'izao totolo zao.[35]Fa resy Zaho dra nomendrareo hany; Nangetaheta Zaho dra nomenadrareo ho
nomy;nivahiny zaho dra nampandrosondrareo;[36]sy niakazo zaho nampiakazondrareo;narary Zaho
nikarakarandrareo;dra tagny ampingandra Zaho dra nakagny aminahy andrareo.'[37]Dra gny mary dra hamaly vo
hizaka ho:'Topo,ombia zahay gny nahita Anao resy dra namaha Anao?Dre nangetaheta dra nampinominay?
[38]Ombia Anao gny hitanay nivahiny dra nampandrosonay? Dre nizaka dra nampiakazonay?[39]Ombia izahay gny
nahita Anao narary dre tagny ampingandra dra nagnagny aminao? [40]Dra gny Pazaka namaly dra nizaka anazy
reo ho:'Zakako mary amindrareo,ze nataondrareo tamin'io rahalahiko masaiky be io,dra nataondrareo
taminahy.'[41]Dra izy nizaka amin'ereo ze eo ankaviany ho:'Miala aminahy,andrareo ze voahozo,ho agny amin'gny
afo mirehisy mandrakizay ze fa voahoma hoan'gny devoly vo reo azeliny,[42]satria resy Zaho,fa sy nomendrareo
hany; nangetaheta Zaho,fasy nomendrareo rano honomy;[43]nivahiny Zaho,fa sy nampandrosondrareo; sy niakazo
Zaho nefa nampiakazondrareo;narary vo tao ampingadra Zaho,fa sy nikarakarandrareo.'[44]Dra hamaly ereo dra
hizaka ho:'Topo! Ombia izahay gny nahita Anao resy,dre nangetahetamdre nivahiny,dre sisy akazo,dre narary,dre
tagny ampingadra,dra sy nanopo Anao?[45]Dra Izy hamaly anazy reo dra hizaka ho:'Zakako mary amindrareo,fa ze

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

sy nataondrareo tamign'iraiky tamin'ereo maliniky reo,dra sy nataondrareo taminahy'. [46]Reo dra halefa ho ao amy fagnasazia mandrakizay fa reo mary koa ao amy fiaigna mandrakizay.''

## Chapter 26

[1]Gny fa vitan'i Jesosy ze zaka zay,dra nizaka tamin'ereo mpianany Izy ho:[2]''Fatasindrareo fa afaky ro andro dra ho
avy gny Pasaka,dra hatolosy homboa amin'gny hazofizalia gny Zanak'olo.''[3]Laha teo gny lehiben'gny pisoro vo gny
loholo niara-nivory tao amin'gny lapan'gny pisorom-be,ze nitokavy ho Kaiafa.[4]Niara-nanao tetiky ereo ba
hanambosy mangyky an'i Jesosy dra hamono Anazy.[5]Fa ho ereo ho:''Sy amin'gny fety,ba sy hisian'gny korota eo
amin'gny olo.''[6]Dra Jesosy gny fa tao Betania tao an-tragnon'i Simona boka,[7]raha nipetraky nihina teo amin'gny
latabasy,dra nisy ampela raiky nana botela alabastara feno menaky lafo vily nagnato Anazy,dra nandraraky
anizay tamin'gny lohany.[8]Fa gny hitan'ereo pianany zay,dra ory ereo dra nanao ho:''Ino gny aton'izao fandania
zao?[9]Afaky navily sarosy dra nome reo mizaky io.''[10]Fa Jesosy,nahafatasy anizay,nizaka anazy reo ho:''Nanao
akory andrareo gny manahira-say rapela?Fa raha soa gny nataony taminahy.[11]Eo amindrareo mandrakizay gny
mizaly,Fa zaho dra sy ho eo amindrareo mandrakariva.[12]Fa gny nandraraky anizay menaky magnisy zay
tamin'gny vatako izy,dra nataony ho agny fandevegna Anahy zay.[13]Zakako mary amindrareo,dre eza dre eza
hitoria gny filazasara eto amin'izao toto zao aby,ze nataon'itiho ampela itiho dra ho zaka avo koa ho fahasiarova
anazy.''[14]Laha teo gny raiky tamin'ereo ro ambiny folo,ze nitokavy ho Jodasy Iskariota, nagnagny amin'gny
lahiben'gny pisoro [15]dra nanao ho:''Omeondrareo hotrino zaho hanolorako Anazy amindrareo?''Nandaza volafosy
maliniky telopolo ereo ho anazy.[16]Tamin'izay fotoa zay dra nitalia fahafaha izy ba hanolora Anazy amin'ereo.
[17]Tamin'gny andro volohan'gny mofo sy misy lalivay dra nagnato an'i Jesosy reo pianasy dra nizaka ho:''Eza gny
tianao hanomananay ho anao hihina gny hanin'gny Pasaky?''[18]Namaly Izy ho:''Milira ao an-tana misy lelahy raiky
dra zakao izy ho:'Hoy gny mpampianasy ho:''Fa mariny gny fotoako.Ato an-tragnonao Zaho gny hanao gny
pasaky miaraky amin'ereo mpianasy.''''''[19]Nataon'ereo pianany araky ze nampanovin'i Jesosy zay,dra nagnoma
gny sakafon'gny pasaky ereo.[20]Gny fa avy gny hariva,dra nipetraky nihina niaraky tamin'gny pianany ro ambiny
folo Izy.[21]Gny fa nihina ereo,dra ho Izy ho:''Zakako mary amindrarro fa hisy raiky amindrareo hamaliky
Anahy.''[22]Nalahelo ereo dra nanomboky nagnotany Anazy kirairaiky ho:''Sy ho zaho mihisy ,ry Topo?''[23]Namaly Izy
ho:''Ze niaraky nampisoboky gny tagnany taminahy tao agnaty finga gny raiky hamaliky Anahy.[24]Handeha gny
Zanak'olo,araky ze fa voasorasy momba Anazy.Nefa lozan'gny olo ze hamaliky gy Zanak'olo! Soa avo ho an'izay
olo zay gny sy teraky .''[25]Jodasy,ze hamaliky Anazy nizaka ho:''Izaho se zay,Raby o?''Ho Izy taminazy
ho:''Voalazanao.''[26]Raha bo nihina ereo,dra nangalaky gny mofo Jesosy,nisaosy,dra nanapaky anizay.Nomeny reo
pianasy izay dra nizaka ho:''Rambeso,hano.Itiho gny Vatako.''[27]Nandray gny Kapoaky Izy dra nisaosy dra
nagnome anizay reo dra nizaka ho:''Andrareo aby,nomy itiho.[28]Fa itiho gny lion'gny fanekem-pihavaha arosaky ho
agny maro ho famela-keloky.[29]Fa zakako amindrareo,fa sy ba hino gny vokasy gny voloboky sasy Zaho, mandra-
pihavinin'gny fisotroa vaovao hiarahako amindrareo agny amin'gny fazakan'gny Rako.'''[30]Gny fa niatsa asa fidera
ereo,dra nandeha tagny amin'gny lohambohisin'i Oliva.[31]Laha teo hoy Jesosy tamin'ereo ho:''Andrareo aby dra
hiriosy Anahy nohon'gnuy amimahy amiza hariva za, fa voasorasy ho:''Hamarosy gny mpiaraky agn'ondry Zaho
dra hibarakay gny agn'ondry.'[32]Fa tafarany gny fisanganako amin'gny maty,dra handeha aloha gny lala drareo
agny Galilia .''[33]Fa Petera nanao ho Taminazy ho:''Dra hagnenga nohon'gny aminao avo gny maro,zaho sy ba
hagnenga mihisy.''[34]Hoy Jesosy taminazy ho:''Zakako mary aminao,fa anizao hariva zao raha bo sy magneno gny
akoho,dra handa Anahy itelo anao.''[35]Petera nizaka taminazy ho:''Dre dra sy maisy ho maty miaraky aminao avo
zaho,dra sy hagnenga anao.''Manahaky anizay avo koa gny nizakan'ereo pianasy hafa.[36]Dra Jesosy nandeha
niaraky tamin'ereo nagnagny amy toera atao ho Getsemane dra nizaka tamin'gny pianany ho:''Mipetraha eto
raha bo handeha eriho hivavaky Zaho.''[37]Ninday an'i petera bamin'gny zanak'i Zebedio ro lahy Izy dra
nanomboky nalahelo vo ory.[38]Laha teo ho Izy tamin'ereo ho:''Fadiranovana gny fagnahiko,manahaky gny fa ho
maty. Mitoera eta dra mihambena miaraky aminahy.''[39]Nisitaky Izy, nandohaliky dra nivavaky.Ho Izy ho:''Ry
Rako,raha azo atao,dra ao alao aminahy itiho kapoaky itiho.Nefa,ao sy araky gny sitrapoko ,fa gny
sitraponao.''[40]Nagnato reo pianany Izy dra nahita anazy reo te-handry,dra ho Izy tamin'i petera ho:''Ino,sy
mahavita miamby miaraky aminahy dre dra lera raiky avo se andrareo?[41]Miambena dra mivavaha ba sy ho
azon'gny fakam-panahy andrareo.Mety avo gny fagnahy,fa gny nofo gny malemy.''[42]Bo nandeha fanindrony Izy
dra nivavaky.Ho Izy ho:''Ry rako,raha toa sy azo ala aminahy itiho raha sy mino Zaho,dra ho atao seky gny
sitraponao.''[43]Nihery draiky Izy dra bo nahita anazy reo nandry,fa navesasy gny mason'ereo.[44]Dra nagnenga anazy
reo draiky Izy,lasa dra nivavaky fanitelony,nizaka gny zaka reo avo.[45]Laha teo Jesosy nagnato reo pianasy dra
nanao tamin'ereo ho:''Bo mandry vo manalaky havozaha seky andrareo?Hatio,fa mariny gny fotoa,dra gny
Zanak'olo dra hatolosy eo an-tagnan'ereo panota.[46]Misangana,andeha isika.Hatio,fa mariny gny hamaliky
Anahy.''[47]Raha bo nizaka Izy,dra avy Jodasy,raiky amin'ereo ro ambiny folo.Nisy vahoaky maro avy niaraky
taminazy laha tamin'gny lahibenympisoro vo reo loholo.Avy niaraky tamin'gny lefo vo langilangy ereo.[48]Dra


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

nagnome famatara anazy reo gny lelahy hamaliky an'i Jesosy,manao ho:''Ze horohako,gny Izy.Sambory Izy.''[49]Teo
no eo avo dra nagnato an'i Jesosy izy dra nizaka ho:''Finarisy,Raby!''Dra nagnoriky Anazy izy.[50]Hoy Jesosy
taminazy ho:''Ry sakaiza,atovy ze lianao eto.''Laha teo avy izy reo,nanondrosy tagna tamin'i Jesosy,dra nisambosy
Anazy.[51]Indro,gny raiky tamin'ereo niaraky tamin'i Jesosy nananga gny tagnany,nagnapotaky gny lefony,nikapa
gny panopon'gny mpisorom-be,dra nahafaky gny sofiny.[52]Laha teo hoy Jesosy taminazy ho:''Hahireno gny toerany
gny lefonao,fa reo ze nandray lefo dra ho vono amy lefo.[53]Mieriserisy se andrareo fa sy afaky mitoka gny Rako
Zaho,dra Izy dra afaky mandefa ho Anahy tafik'azely mihoasy noho gny ro ambiny folo?[54]Fa atao nanao akoryzay
gny hahatateraky gny Sorasy Masy,ze mizaka fa sy maisy hisanga zay?''[55]Tamin'izay andro zay Jesosy nizaka
tamin'gny vahoaky hô:''Avy miaraky amy lefo vo langilangy hanambosy Anahy tahaky gny malaso se andrareo?
Isan'andro dra nipetraky napianasy teo amin'gny fengona Zaho,fa sy nisamborindrareo.[56]Fa zay aby zay dra
nisanga ba hahatateraky ze voasorasin'ereo paminany.''Laha teo niriosy Anazy reo mpianasy iaby dra nilomay.
[57]Nandesin'ereo nanambosy anazy tagny amin'i Kaiafa pisorom-be Jesosy,ze nivorian'ereo panora-dalana vo
loholo.[58]Fa petera nagnaraky Anazy laha tagny nagnagny amin'gny kiazany pisorom-be.Nilisy tao anagnatiny izy
dra nipetraky niaraky tamin'ereo mpiamby raharaha ba hahita ze hiafarany.[59]Dra gny lahiben'gny pisoro vô ereo
Synedriona aby dra nitalia anova anazy sy mary manohisy an'i Jesosy, ba mety ahafahan'ereo mamono Anazy.
[60]Sy nahita dre ino dre ino ereo,dre dra nisy pijoro vavolombelo maro sy mary avy avo teo.Dra masaiky laha teo
dra nisy ro avy nagnato teo [61]dra nizaka hô:''Io lelahy io dra nizaka hô:'Afaky mandrava gny fengonan'Agnahary
Zaho dra mananga anizay draiky afaky telo andro.'''[62]Nisanga gny mpisorom-be dra nanao taminazy hô:''Sy
mana-kavaly se anao?Ino zay rasy nanamboran'ereo Anao zay?''[63]Fa sy nizaka Jesosy.Hoy gny pisorom-be
taminazy hô:''Mandidy Anao amin'gny alalan'Agnahary velo zaho,zakao aminay raha anao gny
Kristy,Zanak'Agnahary.''[64]Jesosy namaly anazy hô:''Voalazanao.Fa zakako amindrareo,manomboky zao dra ho
hitandrareo gny Zanak'olo hipetraky eo an-tagna ankavanan'gny Hery,dra ho avy eo amy rahon'gny
lagnisy.''[65]Laha teo gny pisoro nangitikitiky gny akazony dra nizaka hô:''Nizaka rasy Izy! Nanao akory isika gny bo
mila pizoro vavolombelo?Indro,rendrareo gny zakany rasy zao.[66]Ino gny hevisindrareo?''Namaly ereo dra nanao
hô:''Mendriky gny ho maty Izy.''[67]Laha teo ereo nandrora gny tamy tarehiny vô nazera Anazy,dra nanapify Anazy ,
[68]dra nanao hô:''Maminania aminay,ry Krisy.Iza gny nazera Anao?''[69]Dra Petera ambaliky gny kiaza,dra nisy
mpanompo ampela avy nagnato anazy nizaka hô:''Anao avô koa dra niaraky tamin'i Jesosin'i Galilia.''[70]Fa nanda
anizay teo anoloan'ereo izy,manao hô:''Sy fatako ze gny zakanao.''[71]Gny fa niboaky gny vavahady izy,dra nisy
mpanopo ampela hafa nahita anazy dra nizaka tamin'ireo ze teo hô:''Itiho lelahy itihô avo koa dra niaraky tamin'i
Jesosy laha tagny Nazareta.''[72]Bo nanda draiky izy niaraky tamin'gny fianiana ho:''Sy fatako ze lelahy zay!''[73]Nony
afaka tselatsela dra nagnato reo ze nisanga teo dra nizaka tamin'i Petera hô:''Ianao avo koa dra tena raiky
amin'ereo,fa gny fomba fizakanao dra miampanga anao.''[74]Laha teo nanomboky nagnozo vo ninia dra nanao
hô:''Sy fatanao ze lelahy zay.''Dra teo no eo dra nagneno gny akoho.[75]Tadidin'i Petera gny zaka nambaran'i Jesosy
hô:''Bo sy magneno gny akoho dra handa Anahy itelo anao.''Laha teo izy niboaky dra nitomagny fatrasy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 27

[1]Dra fa niamary gn'andro,dra nitetiky hanohisy an'i Jesosy ba hamono Anazy reo lahiben'gny pisoro vo gny loholo
aby.[2]Izy reo namafehy Anazy,nitariky Anazy ambaliky agny ,dra nanolosy Anazy tamin'i Pilato gevernora.[3]Dra
Jodasy,gny namaliky Anazy,gny fa nahita fa voaheloky Jesosy,dra nibebaky izy dra nagnery gny volafosy telopolo
tamin'ereo lahiben'gny pisoro vo reo loholo,dra nizaka hô:''Nanota zaho tamin'gny namalihako lio sy
manasigny.''Fa izy reo nizaka hô:''Ataonay ino?Anao zay.''[5]Dra natorany tao ampengona gny volafosy,dra
nagnenga vo niboaky vo namehy gny vatany Izy.[6]Reo lahiben'gny pisoro nangalaky reo volafosy dra nizaka hô:''Sy
ara-dala gny mametraky itiho ao amy fignazam-vola,satria itiho dra vilan-dra.''[7]Niaraky niresaky gny olana ereo
dra nivily gny tanin'gny panao vilagny tanimanga ze handevegna reo vahiny tamin'ereo vola.[8]Dra zay gny atony
nitokava anizay tanimboly zay hô:''Tanimbonin'gny Lio''mandrak'androany.[9]Dra tateraky ze nivoazaka tamin'gny
mpampianany Jeremia,manao hô:''Nangalaky gny volofosy telopolo ereo,vily nanombanan'ereo vahoakin'Israely
Anazy,[10]dra ereo nagnome anizay hô agny tanimboly panao volagny tanimanga,araky gny natoron'gny Topo
Anahy.''[11]Dra Jesosy nisanga teo alohan'gny governora,dra gny governora nagnontany Anazy hô,''Ianao se gny
Pazakan'ereo Jiosy?'' Jesosy namaly anazy hô:''Voalazanao.''[12]Fa gny nampangenin'ereo lahiben'gny pisoro vo reo
loholo Izy,dra sy namaly dre ino dre ino.[13]Dra nizaka taminazy Pilato hô:''Sy renao se gny fampangena atao
aminao?''[14]Fa sy namaly dre dra zaka raiky Izy,gaga tateraky noho zay gny governora.[15]Dra isakin'gny firavoravoa
dra fomban'gny governora gny mamehy gadra raiky voafilin'gny vahoaky.[16]Tamin'io fotoa io,nana gadra malaza
rasy tokavy ho Barabasy ereo.[17]Noho zay gny fa niara-niango ereo,dra hoy Pilato tamin'ereo hô:''Iza gny
tiandrareo halefako hô andrareo? Barabasy,sa Jesosy ze nitokavy hô Kristy?''[18]Fatany fa nohon'gny fialona gny
nanoloran'ereo an'i Jesosy taminazy.[19]Raha nipetraky teo amin'gny seza fisara izy,dra nandefa zaka tamin'gny
valiny dra nanao hô:''sy mana dre ino dre ino atao amin'itiho lelahy sy manasigny itiho zaho.Fa ory loasy zaho
androany nohon'gny nofy azoko momba Anazy.''[20]Dra reo lahiben'gny pisoro vo reo loholo nandresy lahasy gny
vahoaky ba hangataky an'i Barabasy ,dra hampamono an'i Jesosy.[21]Nagnotany anazy reo gny Governora hô:''Iza
amin'izy ro gny tianao halefako hô andrareo?''Hô ereo hô:''Barabasy.''[22]Pilato nizaka tamin'ereo hô:''Ino gny
tokony ataoko amin'i Jesosy ze nitokavy ho Kristy?''Izy aby namaly hô:''Fasiho amin'gny hazofizalia Izy.''[23]Dra hô
Izy hô:''Nanao akory ,ino gny rasy nataony?''Fa vo maiky ereo nikoraky fatrasy hô:''Fasiho amin'gny hazofizalia
Izy.''[24]Fa gny hitan'i Pilato fa sy afaky hanao dre ino dre ino izy,kanefa nanomboky gny tabataba,dra nangalaky
rano izy,nanasa gny tagnany teo alohany vahoaky,dra nanao hô:''Sy manasiny amin'gny lion'itiho lelahy sy
manasigny itiho zaho.Fa asandrareo zay.''[25]Gn'olo aby nizaka ho:''Ho aminay vo gny zanakay seky gny liony.''[26]Dra
nalefany ho an'izay gny Barabasy,fa nively karavasy an'i Jesosy izy dra nanolosy Anazy ho fasihy.[27]Laha teo gny
miaramilan'gny gevernora nangalaky an'i Jesosy hangao an-dapa dra namory gny vondro miaramila aby.
[28]Nangalaky gny ankazony ereo dra nampanao akazo jaky Anazy.[29]Nanamboasy satro-boninahisy tsilo ereo dra
napetany zay teo an-dohany,dra napetraky tehina teo amin'gny tagnany ankavana. Nandohaliky teo anatrehany
ereo dra nakizaky Anazy,nanao hô:''Arahaba,ry pazakan'i Jiosy!''[30]Nandroran'ereo Izy,dra nalan'ereo gny tehina
dra nizera Anazy imaro dra be teo amin'gny lohany.[31]Gny fa vay nikizaky Anazy reo,dra nangalaky gny akazo
lavany dra napagnisiny Anazy gny akazony,dra ninday Anazy niboaky ba hamasika Anazy amin'gny hazofizalia.
[32]Gny fa niboaky ereo,dra nahita lelahy raiky laha tagny Syrena mana agnara hô Simona,ze niteren'ereo hiaraky
amin'ereo ba hampitarazo gny hazofizalia.[33]Nagnagny amin'gny toera mana agnara hô Golgota ereo,ze midika
hi''Toeran'gny Karandoha.''[34]Nomen'ereo divay miharo amin'gny afero Izy ba ho nominy.Fa gny nandramany
zay,dra sy ninominy.[35]Dra gny nifasihin'ereo tamin'gny hazofizalia Izy,dra nataon'ereo loka gny fizara gn'akazony,
[36]dra nipetraky ereo dra nizano niamby Anazy.[37]Teo agn'abonin'gny lohany gny nametrahan'ereo sorasy mizaka
gny nagnahia Anazy,ze mivaky ho:''Itiho gny Jesosy,pazakan'ereo Jiosy.''[38]Nisy Jiolahy ro nifasihiny niaraky
taminazy,gny raiky teo ankavanany dra gny raiky teo ankavia.[39]Reo ze niriosy dra nanevateva
Anazy,nanivingivina gny lohan'ereo [40]dra nanao:''Anao ze handrava gny fengona dra hanamboasy anizay draiky
ao agnatin'gny telo andro,vozeo gny vatanao!Raha anao gny Zanak'Agnahary,mizosoa laha tegny amin'gny
hazofizalia!''[41]Manahaky anizay reo lehiben'gny pisoro nikizaky Anazy,niaraky tamin'ereo panora-dalana vo gny
loholo,dra nizaka hô:[42]''Nagnavosy reo hafa Izy fa sy afaky magnavosy gny vatany.Izy gny pazakan'Israely.Angao
Izy hizoso egny amin'gny hazofizalia,dra hino Anazy isika.[43]Natoky an'Agnahary Izy,havelao Zagnahary hamozy
Anazy zao,raha makasitraky gny hagnafaky Anazy Zagnahary.Fa dre Izy dra nizaka hô:'Zaho gny
Zakan'Agnahary.''''[44]Manahaky anizay koa reo Jiolahy ze nifasihiny niaraky taminazy nizaka fanevateva taminazy
avo koa.[45]Dra nanomboky tamin'gny lera fahaeny dra nandrakosy gny tany aby gny hezy dra hatramin'gny lera
fahasivy.[46]Teo amin'gny lera fahasivy,dra nikoraky tamin'gny feo fatrasy Jesosy dra nanao ho:''Ely,Ely,lama
sabatany?''Zay midika ho:''Zagnahariko,Zagnahariko,nanao akory gny nagnenga Anahy Anao?''|v 47 Gny fa

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

ren'gn'ilany tamin'ereo ze nisanga teo zay,dra ho izy reo:''Mitoka an'i Elia Izy.''[48]Teo no eo dra nilomay gny raiky tamin'ereo dra nangalaky spaonjy, namonto anizay tamy vinaingitra, nametraky anizay tamy tohitohy bararata, dra nagnome anizay anazy ba ho nomy. [49]Gny sasany tamin'ereo nizaka ho: ''Angao Izy. Hitasika eo raha ho avy hamozy anazy Elia. ''[50]Dra nihiaky tamy feo fatrasy draiky Jesosy dra nanolosy gny fagnahiny.[51]Indro, gny lamba gny tempoly nitriasy ro hatragny agn'abo ka hatragny ambany, dra nihorohoro gny tany , dra vaky nisasaky reo vatolapy.[52]Nisokasy reo lolo, dra gny fatin'ereo olon'Agnahary maro ze nimaty dra nasanga .[53]Izy reo dra niboaky laha tao amy lolo tafarany fisanganany tamy maty, nilisy gny tana masy, dra niseho tamy maro.[54]Dra reo Kapiteny vo reo ze nagnety an'i Jesosy fa gny nahita gny horohoro-tany vo reo raha ze niseo , dra lasa natahosy fatrasy dra nanao ho: '' Zanak'Andriamanitra marina itio.''55 Nisy ampela maro ze nagnaraky an'i Jesosy hatragny Galilia ba hikarakara anazy teo nagnety lavisy eny. [56]Tamin'ereo Maria Magdalena, Maria renin'i Jakoba vo Josefa, dra gny renin'ereo zanakilahin'i Zebedio.[57]Fa gny hariva gny andro, dra nisy lelahy raiky mana-karena laha tagny Armatia avy , tokavy ho Josefa, zay pianasin'i Jesosy avo koa. [58]Nagnato an'i Pilato izy dra nangataky gny fatin'i Jesosy . Dra nibakon'i Pilato omena anazy zay.[59]Nangalaky gny faty Josefa, namogno anizay tamy gny lamba rongony malio, [60]dra nampandry anizay tamy lolony vaovao ze nihaliny tamy vatolampy. Dra nasia vato lahibe handrindrigna gny vandrangara gny lolo izy dra niboaky. [61]Maria Magdalena vo reo Maria hafa dra teo. nipetraky teo andafiny gny lolo.[62]Gny andro magnaraky, zay andro afarany Fagnomana, dra niara-niango tamin'i Pilato reo lehibe gny pisoro vo reo Fariseo. [63]Hoy ereo ho:''Topoko, tadidinay fa tamy bo velo igny pamitaky igny, dra hoy Izy ho:'Afarany telo andro, dra hisanga draiky zaho.'[64]Dra noho zay, mandidia ba ho ambena gny lolo hatramy andro fahatelo, raha sy zay reo pianany mety ho avy dra hangalaky anazy dra hizaka amy olo ho: 'Nisanga tamy maty Izy, dra gny fitaky farany dra ho rasy noho gny tamy volohany.''[65]Hoy Pilato tamin'ereo ho: ''Mangala mpiamby. Mandehana dra ambeno soa araky ze vitanandrareo zay. ''[66]Dra nandeha ereo dra niamby gny lolo, nagnisy tombo-kase gny vato dra nametraky gny piamby.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 28

[1]Dra tamy hariva gny Sabata, raha vao nanomboky mangira-drasy gny andro volohany amigny herign'andro , dra
nazary nandeha nagnety gny lolo i Maria Magdalena vo i Maria raiky hafa. [2]Indro, nisy horohoro-tany be , fa gny
azelign'i topo gny nizoso laha tagny an-dagnisy , dra nipetraky teo ambanin'izay.[3]Gny poziny dra manahaky gny
helasy, dra gny akazony dra fosy manaharky gny oram-panala. [4]Dra lasa natahosy reo mpiamby ka nanahaky gny
lelahy maty.[5]Niresaky tamin'ereo ampela gny azely dra nizaka tamin'ereo ho: ''Ka matahosy, fatanao fa mitalia
an'i Jesosy andrareo, izy nifatsihy tamy hazofizalia. [6]Sy ato Izy , fa nitsanga , araky gny fa nizakany. Avia hatio gny
toera ze nandriany topo. [7]Mandehana malaky dra zakao reo mpianany ho: 'Nisanga tamy maty Izy. Indro, fa
nandeha nialoha andrareo agny Galilea Izy. Agny gny hahitandrareo anazy. 'Indro , fa voazaka
tamindrareo.''[8]Niala gny lolo malaky ereo noho gny tahosy vo tamy hafalia lahibe ereo ampela, dra nilomalomay
ba hizaka reo pianany. [9]Indro, nifakahita tamin'ereo Jesosy dra nizaka ho:''Arahaba! ''Nagnato ampela reo, nita
gny tombony dra nidera anazy. [10]Dra laha teo Jesosy nizaka tamin'ereo ho: ''Ka matahosy. Mandehana mizaka
amin'ereo rahalahiko ba hiala dra hita an'i Galilia. Agny gny hahitan'ereo anahy.''[11]Dra raha nandeha igny reo
ampela , indro, gnilany tamin'ereo piamby nangnany amy tana-be dra nizaka tamy lohagny pisoro gny raha iaby
ze niseho. [12]Fa gny nifakahita tamin'ereo loholo gny pisoro dra niresaky momba gny olana tamin'ereo , dra
nagnome vola be an'ereo miaramila ereo [13]dra nizaka anazy reo ho: ''Zakao amin'ereo hafa ho: 'Avy tamy gny
andro hariva reo pianasin'i Jesosy dra nangalasy gny vatany raha bo nandry zahay.'[14]Raha avy agny amy
governora zay tatisy zay , dra handresy lahasy anazy isika dra hangalaky gny ahiahy amindrareo. ''[15]Dra nalany
miaramila gny vola dra nanao araky ze fa nizakany anazy ereo. Dra zay tatisy zay dra nieli- patrana teo
amin'ereo Jiosy dra mitohy mandrak Amizao avo.[16]Fa nagnagny Galilea reo pianasy raiky amby folo, tagny amy
tendrombohisy ze fa natoron'i Jesosy anazy reo.[17]Fa gny nahita anazy ereo, dra nidera anazy, fa gnilany koa
niahiahy.[18]Nagnato anazy reo Jesosy ka niresaky tamin'ereo dra nizaka ho: ''Fa nome anahy gny fahefa iaby agny
an-dagnisy vo eto an-tany. [19]Koa mandehana dra atovy avy mpianaso gny firene-drehetra. Atovy batisa ereo amy
agnarany ray sy gny Zanaka dra fanahy Masina.[20]Ampianaro ereo hakato gny raha iaby ze nandidiako andrareo.
Indro, miaraky amindrareo avo zaho, egny fa na hatramigny fiafaran'izao totolo zao avo.''

# Mark

Chapter 1

[1]Itiho gny fiandohan'gny filazasaran'i Jesosy Kristy , gny Zanak'Agnahary. [2]Araky ze voasorasy ao amin'Isaia
mpaminany ho:''Indro, zaho magniraky gny irako hialoha anao, gny raiky hamboasy gny lalanao. [3]Misy feo ra
mitoka fatrasy agny agn'efisy ho:''Atovy vonona gny lalan'gny Topo; ataovy mahisy gny lala-andehanany.''[4]Avy
Jaona, nanao batisa tagny agn'efisy dra nitory gny batisan'gny fibebaha ho amin'gny famelan-keloky tamy ota.
[5]Gny tanin'i Jodia iaby vo gny mponina ao Jerosalema iaby dra avy nagnato anazy. Nataony batisa tao amin'gny
onin'i Jordana ereo, gny fa nagneky gny fahotany. [6]Jaona dra nagnisy lamba volon-drameva dra nanao fehitroky
holisy teo am-balahany, dra valala vo tately remby gny nihaniny.[7]Nambara izy ho: ''Misy raiky ho avy magnaraky
anahy ze mahery mihoasy anahy, dra sy mendriky zaho na dra gny hamaha gny fehin-kapany avo. [8]Zaho nanao
batisa andrareo tamin'gny rano, fa Izy koa hanao batisa andrareo amin'gny Fagnahy Masy.''[9]Tamin'io andro
nahavian'i Jesosy laha tagny Nazareta tao Galilia gny nisanga zay, dra nataon'i Jaona batisa tao amin'gny onin'i
Jodana Izy. [10]Raha vao niboaky gny rano Jesosy,dra hitany nisokasy gny lagnisy dre nilisy teo aminazy manahaky
gny voromailala gny Fagnahy. [11]Dra nisy feo laha tagny an-dagnisy nanao ho:''Anao gny Zanako malalako . Anao
gny sitrako.''[12]Laha teo dra nitomin'gny Fagnahy ho agny agn'efisy Jesosy. [13]Efapolo andro Izy gny tagny agn'efisy,
nalan'gny satana fagnahy. Nipetraky niaraky tamin'gny bibidia Izy , dra nanompo Anazy gny azely.[14]Dra gny fa
voasambosy Jaona, dra avy tao Gaalilia Jesosy nitory gny filazasaran'Agnahary, [15]dra nizaka ho:''fa avy gny fotoa,
dra fa mariny gny fazakan'Agnahary. Mibebaha dra minoa gny filazasara.''[16]Gny fa nandeha tegny amoron-
dranomasin'i Galilia Izy, dra nahita an'i Simona vo Andrea rahalahan'i Simona nagnarato, satria mpagnarato
ereo. [17]Hoy Jesosy tamin'ereo ho:''Avia, magnaraha anahy, fa ataoko mpagnarato olo andrareo.''[18]Teo no eo dra
nangany gny harato ereo ka nagnaraky Anazy.[19]Gny fa nandeha lavidavisy Jesosy, dra nahita an'i Jakoba zanak'i
Zebedio vo Jaona rahalahyny; ze tao asambokely namboasy gny harosto. [20]Nitoka anazy reo Izy dra nangany tao
asambokely aby hatragny Zebedio rany niaraky tamin'ereo mpikarama, ka nagnaraky Anazy ereo.[21]Laha teo dra
avy tao Kapernaomy ereo, dra tamin'gny andro Sabata, dra nilisy tao amin'gny Synagoga Jesosy dra nampianasy.
[22]Kamo tamy fampianarany ereo, satria nampianasy anazy reo manahaky gny olo mana fahefa Izy fa sy tahaky


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

gny mpanora-dalana.[23]Laha teo nisy lelahy raiky tao amin'gny Synagogan'ereo ze nana fagnahy maloto nihiaky fatrasy, [24]nanao hô:''Ino gny hifandraisanay aminao, ry Jesosy laha tagny Nazareta? Avy hanorotoro anay se anao? Fatako hô izy anao. Anao gny Masin'Agnahary!''[25]Nizaka fatrasy gny devoly Jesosy ka nanao hô:''Ka mareviky dra misokafa aminazy!''[26]Dra gny fagnahy maloto nandavo anazy vô nivoaky taminazy dra nitoka tamin'gny feo fatrasy.[27]Kamo gny olo iaby, dra nifagnontany ereo hô:''Ino itohô? Fampianara vaovao misy fahefa? Bekony dre dra gny fagnahy maloto avo dra magneky Anazy!''[28]Gny vaovao momba Anazy dra niparitaky tegny iaby tao amin'gny farisin'i Galilia raiky iaby.[29]Gny fa baka niboaky gny Synagoga , dra avy tao an-tragnon'i Simona vo Andrea ereo, niaraky tamin'i Jakoba vo Jaona. [30]Dra gny rafozam-bavin'i Simona nandry nararin'gny tazo, ka nizakakn'ereo an'i Jesosy gny momba anazy. [31]Dra nagnato Izy, dra nandramby anazy tamin'gny tagnay , dra nagnomboky nanompo anazy ereo.[32]tamy zao hariva zao, tafaran'gny filetehan'gny masoandro, dra nandesin'ereo teo aminazy ze narary iaby dre misy devoly . [33]Tafavory am-batrangara gny tao an-tana iaby. [34]Nagnasitra olo maro ze nararin'gny arety samihafa Izy dra nandroaky devoly maro, fa sy nangany hizaka gny devoly satria nahafatasy Anazy ereo.[35]Nifoha maraindray be Izy, raha bo mezy gny andro; niala teo Izy dra nandeha tagny amin'gny toera mangigiky dra teo Izy gny nivavaky. [36]Nitalia Anazy Simona vo gny ze niaraky taminazy. [37]Nahita Anazy ereo dra nizaka taminazy ho:''Mitalia Anao gny olo aby.''[38]Ho Izy hô: ''Andeha isika ho agny amin'gny toera-kafa, agny ambaliky ao amin'ireo tana magnodidy , ba hafahako mitory teny agny koa. Fa zay gny atony niboahako tatihô.''[39]Dra nizaka an'i Galilia aby Izy, nitory teny tao amin'gny Synagogan'ereo sady nandroaky devoly maro.[40]Nisy boka raiky avy teo aminazy. Nandohaliky taminazy izy; nandohaliky teo aminahy dra nizaka taminazy ho:''Raha sitrakao, dra afaky magnaligno anahy anao.''[41]Onena Anazy, dra nanondrosy gny tagnany Jesosy dra nikasiky anazy, nanao taminazy ho:''Sitrako. Maliova anao.''[42]Niala taminazy avy hatragny gny haboka, dra nalio izy.[43]Nampitandry fatrasy anazy Jesosy dra nandefa anazy. [44]Ho Izy taminazy ho:''Tandremo sy hizaka dre ino dre ino amin'izao dre amin'iza anao , fa mandeha, asehoy amin'gny mpisoro gny vatanao, dra manova fagnatisy nohon'gny fagnaliova anao araky gny nandidian'i Mosesy , ba ho fizoroa vavolombelo ho anazy reo.[45]Fa niboaky izy dra nanomboky nizaka ta,in'gny olo aby vo nampiely loasy gny zaka dra sy afaky nilisy an-kalalaha tany amin'gny tana aby hitokava Jesosy. Ka nitoesy tagny ambaliky tagny amin'gny toera mitoka Izy dra nagnato Anazy gny olo laha tamin'gny toera iaby.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 2

[1]Fa gny vihery tao Kapernaomy Izy afaky andro kely , dra fa tao an-tragno Izy. [2]Maro toka gny olo nitangoro teo
kay sy nisy toera sasy, dre dra gny teo am-batrangara avo, dra nagnambara gny zaka tamin'ereo Jesosy.[3]Dra nisy
lelahy maromaro nagnato Anazy ze nanday lelahy raiky malemy; ze nizakan'olo efa-dahy. [4]Gny fa sy afaky
nagnato mariny anazy ereo nohon'gny hamaroany gny vahoaky, dra nalan'ereo gny fato-tragno ze teo
agn'ambony'i Jesosy,dra gny fa voasokasin'ereo , dra nampizoson'ereo gny fandria ze nandrian'gny lelahy
malemy.[5]Noho nahita gny finoan'ereo, dra hoy Jesosy tamin'gny lelahy malemy ho:''Anaky, voavela gny
helokao.''[6]Dra nisy gn'ilany tamin'ereo mpanora-dalana nipetraky teo, ka nimenomeno tao am-pon'ereo
ho:''[7]Nanao akory gny ahafahan'io lelahy io mizaka tahaky anizay? Mizaka rasy Izy zao! Fa sy Zagnahary avo se
gny afaky mamela heloky?''[8]Fa Jesosy nahafatasy hatragny tao amin'gny fagnahiny gny raha nieriseretan'ereo.
Dra ho Izy tamin'ereo ho:''Nanao akory andrareo gny mieriserisy anizay raha zay ao am-pondrareo? [9]Ino gny
moramora kokoa gny mizaka amin'gny lelahy malemy ho:''Voavela gny helokao'sa gny hoa:'Misangana, ozony gny
fandrianao, dra mandehana'?[10]Fa ba hahafatarandrareo fa mana fahefa hamela heloky etoho an-tany gny
Zanak'olo,''Ho Izy tamin'gny malemy ho:[11]''Zakao aminao, misangana, ozony gny fandrianao,dra mandehana agny
an-tragnonao''.[12]Dra nisanga izy dra nagnozo gny fandriany laha tao, dra niboaky an'gny tragno manoloa aby, dra
lanazo izy aby dra nagnome voninahisy an'Agnahary, dra hoy ereo ho:''Sy bo nahita raha tahaky anitiho
zahay.''[13]Laha teo niboaky teo amoron-dranomasy draiky Izy,dra nagnato anazy avo koa gny vahoaky, dra
nampianariny ereo. [14]Dra gny fa niriosy Izy,dra nahita an'i Levi zanak'i Alfeo nipetraky teo amin'gny toera
famoroa hetra ka hoy Izy taminazy ho:''Magnaraha Anahy.''Dra nisanga izy ka nagnaraky Anazy.[15]Nisakafo tao
an-tragnon'i Levy Jesosy dra mpamory hetra vo olo mpanota maro gny niara-nihina taminazy vo reo mpianany,
fa maro ereo gny tao dra nagnaraky Anazy.[16]Dra gny mpanora-dalana,ze Fariseo, gny fa nahita an'i Jesosy niara-
nisakafo tamin'ereo olo mpanota vo reo ,pamory hetra,dra nagnotany gny mpianany ho:''Nanao akory gny miara-
mihina amin'gny mpamory hetra vo olo mpanota?''[17]Gny fa nahare anizay Jesosy dra ho Izy tamin'ereo ho:''Sy gny
salama gny mitalia mpisabo;fa ze marary reo avo gny mitalia anizay. Sy avy hitoka gny olo-mary zaho, fa gny olo
mpanota.''[18]Dra nifaly hany gny mpianasin'i Jaona vo reo Fariseo. Lelahy maromaro gny nagnato Anazy nizaka
taminazy ho:''Nanao akory gny mpianasin'i Jaona vo gny mpianasin'ereo Fariseo gny mifaly hany, fa gny
mpianasy koa sy ba mifaly?''[19]Dra ho Jesosy tamin'ereo ho:''Afaky mitalia hany se gny mpagnatriky gny
fampiakara raha bo eo gny mpampakasy? Raha bo miaraky amin'ereo eo gny mpampakasy, dra sy afaky mitalia
hany ereo.[20]Ho avy gny andro hangalaky gny mpangakasy eo amin'ereo,dra amin'izay andro zay,gny hifaly hany
ereo. [21]Sy misy magnapy lamba tonta amin'gny lamba vaovao,raha sy zay dra hiala aminazy gny tapa-damba, gny
vaovao hiala amin'gny taloha,dra vao maiky ho rasy gny fahatriatany.[22]Dra sy misy olo magnisy divay vaovao ao
agnaty holisy tonta, raha sy zay dra ho triasy gny divay gny holisy dra samy ho levo gny divay vo gny siny holisy.
Fa dram divay vaovao atao ao agnaty siny holisy vaovao.''[23]Tamy andro sabata Jesosy nandeha tegny amin'gny
tanimbary maromaro, dra nanomboky nioty salohimbary gny mpianany. [24]Dra hoy reo Fariseo Taminazy:''Hatio,
nanao akory ereo gny manao raha sy araky gny lala gny andro Sabata?''[25]Dra ho Izy tamin'ereo ho:''Bo sy
vakindrareo vasa ze bataon'i Davida gny fa tao agnatin'gny sy fahampiana vo haresea izy vo gny lelahy niaraky
taminazy [26]nanao akory gny fomba nilirany tao an-tragnon'Agnahary tamin'gny andron'i Abiatara mpisorognabe,
dra nihina gny mofon'gny fanatreha, ze sy ara-dala ho an'iza na iza gny mihina anazy afa-sy gny mpisoro avo,dra
bo nagnomezany maromaro gny ze niaraky taminazy avo?''[27]Jesosy nizaka ho:''Gny Sabata dra natao ho an'gny
zanak'olombelo, fa sy gny zanak'olombelo gny ho an'gny Sabata. [28]Noho zay, gny Zanak'olo gny Topo, dre dra
amin'gny Sabata avo.''



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 3

1Dra nandeha tao amin'gny Synagoga draiky Jesosy dra nisy lelahy maty tagna tao. 2Nagnety mariny Anazy gny
olo sasantsasany ba hahita raha hagnasitragna anazy amin'gny Sabata Izy ba afahan'ereo magnahy Anazy.3Hoy
Jesosy tamin'gny lelahy maty tagna ho:''Misanga dra misangana eto agnevon'gny olo-iaby aby.''4Dra nizaka
tamin'gny olo Izy ho:''Ata-dalana se gny manao soa amin'gny andro Sabata sa gny manao rasy; gny mamozy ay, sa
gny mahafaty?''Nefa ereo sy nahaloa-zaka.5Nagnaty gny tamim-pahoria Jesosy , dra nalahelo Izy nohon'gny
hafatram-pon'ereo, dra nizaka tamin'gny lelahy Izy ho:''Ahisio gny tagnanao. ''Dra nahisin'gny lelahy gny tagnany
dra sitrany. 6Niboaky gny Fariseo dra nokonokono malaky niaraky tamin'gny Herodiana hitalia ze fomba
hamonoa Anazy.7Laha teo Jesosy , niaraky tamin'ereo mpianany, nagneo an-dranomasy, dra nisy vahoaky maro
nagnaraky laha tagny Galilia vo kaha tagny Jodia 8dra laha tagny Jerosalemy vo laha tagny Edoma dra hatrany
amin'gny onin'i Jordana vo magnodidy gny Tyra vo Sidona. Gny fa nahare momba gny raha nataony ereo, dra
nisy vahoaky maro nagneo aminazy.Dra nampialy sambokely gny mpianany Jesosy ho anazy nohon'gny hamaroa
gny olo teo, ba sy hifagnosehan'olo Izy. 10Noho Izy nagnasitra olo maro, dra nifandrombaky nagnato Anazy gny
olo-iaby ze nana arety ba hakasika anazy.11Isaky gny mahita Anazy gny fagnahy maloto, dra nandohaliky teo
anoloany dra nikoraky, dra ho ereo ho:''Anao gny Zanak'Agnahary.''12Nizakaky fatrasy gny ba sy hampahafatasy
Anazy.13Niakasy tegny an-dohambohisy Izy, dra nitoka reo ze tiany, dra nagneo aminazy reo. 14Nanendry gny rô
ambinifolo Izy ( Ze nitokavy hô Apostoly), ba hafahan'ereo miaraky aminazy vô hafahany mandefa anazy reo
mitory gny hafasy ,15dra hana fahefa handroaky devoly.16Laha teo dra nanendry reo rô ambinifolo Izy: Simona, ze
nomeny agnara hô Petera;17Jakoba zanak'i zebedio, vô Jaona rahalahiny, ze nomeny gny agnarany hô Boanarijery,
ze mizoso hô, zana-barasy;18dra Andrea, Filipo, Baritolomeo, Matio, Tomasy, Jakoba zanak'i alfeo, Tadeo, Simona
Zelota, 19dra Jodasy Iskariota, Ze hamaliky Anazy.20Dra noly tagny an-tragno Izy, dra niara-kavy draiky gny
vahoaky , kay dra sy afaky nisakafo ereo. 21Gny fa nahare gny momba anizay gny fianakaviany , dra niboaky ereo
hangalaky anazy, satria nizakan'ereo ho:''Levo say Izy.''22Dra gny mpanora-dalana ze nizoso laha tagny Jerosalema
dra nizaka fa :''Ipetraran'i Belzaboba Izy'', ka''Amin'gny alalan'gny mpanapaly gny devoly gny androahany gny
devoly.''23Dra nitokavin'i Jesosy hagneo aminazy reo dra nizaka anazy reo tamin'gny alalan'gny fagnohara
ho:''Nanao akory gny hahafahan'i Satana mandroaky an'i Satana?24Raha misy fazaka mialy an-treagno , dra ho
rava zay. 25Dra raha misy tokan-tragno mialy an-tragno, dra sy haharisy zay tokan-tragno zay.26Raha nisanga
nanohisy gny vatany Satana dra nisaraky, dra sy haharisy, dra hifara. 27Fa sy misy afaky milisy ao amin'gny tragno
lelahy mahery raiky dra mandroba gny fanagnany raha sy mamehy gny mahery aloha , dra handrobaky gny
tragnony aby ereo.28Zakako mary amindrareo, ho voavela avo koa gny heloky gny zanak'olombelo, dre dra zaka
rasy iaby ze aboan'gny vavany avo, 29fa ze mizaka rasy gny Fagnahy masy dra sy ho voavela heloky mandrakizay,
fa ory nohon'gny ota mandrakizay.''30Nagnambara anizay Jesosy nohon'gny fizakan'ereo ho:''Mana fagnahy
maloto Izy.''31Laha teo dra avy gny reniny vo gny rahalahiny dra nisanga ambaliky. Nandefa olo nampahafatasy
Anazy ereo, dra nampitoka Anazy.32Nipetraky magnodidy anazy gny vahoaky dra ho ereo taminazy ho: ''Gny
reninao vo reo rahalahinao dra ao ambaliky ao , dra mitalia anao ereo.''Dra Izy namaly ho:''Iza gny reniko vo gny
rahalahiko?''34Dra nagnety nagnodidy tamin'gny olo nipetraky magnodidy Anazy Izy dra ho Izy ho:''Hatio, tahoky
gny reniko vo gny rahalahiko!35Fa dre iza dre iza manao gny sitrapon'Agnahary, dra zay olo zay gny rahalahiko,
vo anabaviko, dra reniko.''

Chapter 4

[1]Dra nanomboky nampianasy teo amoron'gny ranomasy draiky Izy,dra nisy vahoaky maro be niango nagnodidy
Anazy. Nilisy tao amy sambokely ze teo an-dranomasy Izy,dra nipetraky tao amin'izay. Gny vahoaky aby dra
nizano teo amoron'gny ranomasy. [2]Nampianasy anazy reo raha maro tamin'gny alalan'gny fagnohara Izy,dra tao
amin'gny fampianarany , dra zao gny nizakany tamin'ereo.[3]'' Tenoy, nisy mpamafy handeha hamafy .
[4]Dra raha namafy izy,dra nisy tegnany sasany nikoaky tamin'gny lala,dra bakany gny voro dra nihina anizay. [5]Gny
tegnany sasany gny niraraky tamin'gny tany feno vatovato, ze sy nisy tany firy. Avy dra nisimoky hatrany
ereo,satria sy laliky gny tany nisy anazy.[6]Fa gny nipoaky gny masoandro,dra nahazo ereo,dra satria sy nisy
vahany ereo,dra maiky. [7]Gny tegnany hafa niraraky tamin'gny tany feno raha maragnisy. Dra nisimoky niha-
lahibe gny tsilo reo dra nabehaziny anazy,dra sy namoa tegnany.[8]Gny tegnany hafa niaraky tamin'gny tany soa
dra namokasy tegnany teo am-pitomboa dra nihamaro, dra gn'ilany nitombo avo telopolo heny,gn'ilany
enipolo,dra gn'ilany zato.''[9]Laha teo hoy Izy ho:''Ze mana-sofy andesy hiteno,ao izy hiteno!''[10]Fa Jesosy avo,dra
nagnontany Anazy momba anio fagnohara io gny ze mariny Anazy vo gny moianany rombinifolo. [11]Ho Izy
tamin'ereo ho:''Ho andrareo gny nagnomeza gny raha-mivony gny fazakan'Agnahary. Fa ho an'ireo ze agny
ambaliky dra fagnohara avo koa, [12]ba amin'gny fotoa hagnetian'ereo, egny hagnety ereo,nefa sy hahita,dra ba
amin'gny fotoa hitenoan'ereo, enganie ba hahare ereo,nefa sy hahafatasy anizay,dre koa hiody ereo dra hamindra
fo amin'ereo Zagnahary.''[13]Dra ho izy tamin'ereo ho:''Sy azondrareo se ze fagnohara zay? Nanao akory gny
hahazoandrareo gny fagnohara hafa iaby zay? [14]Gny mpamboly ze mamafy gny tegnany dra gny raiky ze mamafy
gny zakany. [15]Tahoky gny niraraky tegny an-dala ,ze namafaza gny zaka, fa gny ren'ereo zay,dra avy laha tao gny
devoly dra hangalasy gny zaka ze voafafy tamin'ereo.[16]Tahoky gny voafafy tamin'gny tany feno vatovato,zay ,fa
gny nahare gny zaka,dra nandramby anizay hatragny tamim-pifalia. [17]sy misy vahany ao amin'ereo,fa fotoa
maharisy avo. Dra avy gny fahoria dre gny fandrezeha nohon'gny zaka,ka avy hatragny dra lavo ereo.[18]Gny hafa
gny voafafy tamin'gny tany feno vatovato (tsilo). Ren'ereo gny zaka,[19]fa gny fagnahin'izao totolo zao,gny
famitahan'gny harena,vo gny fitaliava gny raha hafa dra tafilisy dra magnalahibe gny zaka,dra sy mamoa vokasy
zay. [20]Dra gny ze voafafy tegny amin'gny tany soa dra reo ze mahare gny zaka dra mandramby anizay, ka namoa
ereo telopolo, dra avo zato henin'izay nafafy.''[21]Jesosy nizaka tamin'ereo ho:''Moa andesinao ao an-tragno se gny
ziro ba ho atao ao agn'abony sobika, na ambanin'gny fandria? Andesinao milisy zay dra hataonao agn'abonin'gny
fipetrara-ziro . [22]Fa sy misy raha -mivony ze sy ho fatasy,dra sy misy siambaratelo ze sy hivoaky. [23]Raha misy
mana-sofy andesi-miteno ,ao izy hiteno!''[24]Ho Izy tamin'ereo ho:''Mitandrema amin'gny zaka ze rendrareo, fa
arakaraky gny ohasy agnoharandrareo avo ,gny agnohara andrareo,dra ho ampiana amindrareo zay. [25]Satria dre
iza dre iza mana,dra home maro izy, dre iza dre iza sy mana, na ze anagnany avo alao aminazy.''[26]Dra ho Izy avo
ho;''Gny fazakan'Agnahary dra tahaky gny olo raiky mamafy gny tegnany amin'gny tany.[27]Mandry izy amin'gny
hariva dra mifoha amin'gny maraindray,dra gny tegnany dra misimoky dra masiry,fa sy fatany ho nanao akory.
[28]Gny tany dra mamoa amin'gny vatany avo, volohany gny rasany,laha teo gny raviny,laha teo gny tegnany hatisy
eo amin'gny raviny. [29]Dra gny fa hatisy gny tegnany dra laha tagny izy dra handefa fanapaha,fa avy gny fotoam-
panapaha.''[30]Dra hoy draiky Izy ho:''Ino gny azosika ampitaha gny fazakan'Agnahary,dre ino gny fagnohara
hampiasasika hagnazava anizay? [31]Zay dra tahaky gny voasinapy zay ,gny fa hafafy,dra izy gny tegnany masaiky
indrindra amin'gny tegnany iaby eto agn'abon'gny tany. [32]Nefa,gny fa voafafy zay,dra misimoky dra lasa lahibe
noho gny hazo aby,dra mamoa rasany bevety,ka azon'gny voromitily hanova gny tragnony eo amin'gny
alokalony.''[33]Dra fagnohara maro manahaky anizay gny nagnambara gny zaka tamin'ereo, araky ze fahazoan'ereo
anazy , [34]dra sy nizaka tamin'ereo afa-sy tamin'gny fagnohara Izy. Saiky gny fa io Izy, dra nihazavany tamin'ereo
mpianany manoka gny raha aby.[35]Tamin'izay andro zay, gny fa avy gny hariva ,dra ho Izy tamin'ereo ho: ''Andeha
isika hita erio am-pita.''[36]Ka niala teo amin'ereo vahoaky ereo, ninday an'i Jessosy niaraky tamin'ereo,raha igny
Izy ,tao agnaty sambokely igny. Nisy sambokely hafa nandeha niaraky taminazy. [37]Laha teo nanomboky nisy tafio-
drivosy be dra gny ozan-drano nagnafosy gny sambokely dra fa saiky feno rano gny sambokely.[38]Dra Jesosy avo
nandry teo afaran'gny sambokely,tambonin'gny onda. Nifohan'ereo Izy,nanao ho:''Mpampianasy o , sy
mampagnino anao se raha ho maty eto isik?'' [39]Dra nifoha , dra nizaka fatrasy tamin'gny sioky , dra nizaka
tamin'gny ranomasy ho:''Misahara! megnena!''Dra nizano gny sioky , ka nisy fizanognany be.[40]Dra ho Izy
tamin'ereo ho:''Nanao akory andrareo gny matahosy? Bo sy manam-pinoa avo se andrareo?''[41]Feno tahosy ereo
dra gny sioky vo gy ranomasy avo magneky Anazy?''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 5

[1]Avy tegny andafin'gny ranomasy ereo,tao amin'gny faris'i Gerasena.[2]Gny fa niala laha tao amin'gny sambolely Jesosy, laha teo dra nisy lelahy raiky azon'gny fagnahy maloto nagnato Anazy laha tegny amin'gny lolo.[3]Nipetraky tegny amin'gny lolo itiho lelahy itiko. sy nisy afaky nita anazy sasy , dre dra tamin'gny ravaky vy avo. [4]Voafehy imaro tamin'gny gadra vy vo ravaky vy izy. Nitapahiny gny ravaky dra nitorotoro gny gadra vy. Sy nisy nana hery nifehy anazy.[5]Isaka hariva vo isan'andro tegny amin'ireo lolo vo tegny an-dohambohisy,dra nikorakoraky izy dra nananga gny tagnany tamin'gny vato maragnisy.[6]Gny fa nahita an'i Jesosy baka lavisy izy,dra nilomalomay nagneo aminazy dra nandohaliky teo alohany.[7]Dra nikoraky tamin'gny feo fatrasy izy ho:''Ino moa gny ifandraisako aminao,ry Jesosy, Zanak'Agnahary abo indrindra? Miangavy anao amin'gny agnaran'Agnahary avo koa zaho, ka mampizaly anahy.''[8]Fa Izy nizaka taminazy ho:''Miboaha amin'io lelahy io,ry fagnahy maloto.''[9]Dra Izy nagnontany anazy ho:''Iza gny agnaranao?''Ka nivaliany ho:''Legiona gny agnarako,satria marobe zahay.''[10]Dra niangavy fatrasy taminazy avo izy sy handroaky anazy reo agny ambaliky farisy.[11]Dra nisy andia-kosa niraoky tegny an-dohambohisy,[12]dra niangavy taminazy ereo,nanao ho:''Alefaso ao amin'ireo koso zahay;angao zahay hilisy ao amin'ireo.''[13]Ka dra nangany ereo;dra niboaky gny fagnahy maloto ka dra nilisy tao amin'ereo koso,dra avy dra nirifasy tegny amin'gny hantsana ho agny an-dranomasy reo, dra koso teo amin'gny ro arivo teo gny maty an-dranomasy.[14]Nisoaky nandosy gny nampihina gny koso dra nitao gny raha-niboaky tao an-tana vo tagny ambanivohisy, dra olo maro gny niboaky hagnety gny raha-niboaky.[15]Laha teo ereo nagneo amin'i Jesosy dra hitan'ereo,gny raiky ze nipetrarany legiona,nipetraky teo ,nagnisy dra vory say;ka dra natahosy ereo.[16]Gny ze nahita gny raha-niseho tamin'gny lelahy nipetraran'gny devoly dra nitatara tamin'ereo gny momba anizay tamin'gny asipiriany,dra nitatara momba gny koso tamin'ereo.[17]Dra nanomboky niangavy Anazy ereo ba hialany eo amin'gny farisin'ereo.[18]Gny fa hiakasy tao amin'gny sambokely izy,dra niangavy taminazy gny lelahy nipetraran'gny devoly ba hiaraky aminazy,[19]Saiky sy nagnenga anazy se Jesosy, fa nanao taminazy ho:''Mandehana moly agny amin'gny tragnonao vo gny fianakavianao dra tatarao tamin'ereo ze nataon'gny Topo taminao,vo gny namindrany fo taminao!''[20]Dra lasa noly izy dra nanomboky nagnambara gny raha-lahibe ze nataon'i Jesosy taminazy tagny Dekapolisy,dra kamo iaby.[21]Dra gny fa nandeha tegny am-pita draiky Jesosy,tamin'gny sambokely,dra tahoky nisy vahoaky maro dra maro niangona nagnodidy Anazy ,raha teo amoron'gny ranomasy igny Izy. [22]Laha teo dra avy gny raiky amin'ereo mpitariky gny synagoga,atao ho Jairo,ka raha vo nahita Anazy,dra niatoraky amy tombony.[23]Nandohaliky hatragny ozy,nanao ho:''Marary fatrasy fa ho maty gny zanako ampela. Mandohaliky aminao zaho,avia dra apetraho aminazy gny tagnanay ba ho sitrany vo ho velo izy.''[24]Dra lasa niaraky taminazy Izy,dra vahoaky maro dra maro gny nagnaraky vo nagnery nagnadidy anazy.[25]Dra nisy ampela raiky teo voanin'gny fahalevogna-dra nandrisy gny roambiny folo tao. [26]Nizaly be tokoa izy dra nitety mpisabo maro vo nandany gny fanagnany aby,nefa sy nahita fahasitrana fa vo maiky avo niharasy. [27]Gny fa nahare gny tatisy momban'i Jesosy izy,dra nagnao afarany tao agnatiny vahoaky izy dra nikasiky gny fiakazoany.[28]Satria ho ereo:''Raha mahakasiky gny lambany avo zaho,dra ho sitrany.''[29]Gny fa nikasiky Anazy izy,dra nizano gny fahaverezan-dra,dra sapany avo agnatiny fa sitrana tamin'gny aretiny izy.[30]Fatasin'i Jesosy niaraky tamin'izay fa nisy hery niala laha taminazy. Nitoliky tagny amin'gny vahoaky Izy dra nizaka ho:''Iza gny nikasika gny ankazony?''[31]Dra namaly Anazy gny mpianany ho:''Hitanao gny vahoaky maro be mifanesy aminao gny dra hoy anao ho:''Iza gny nihasy Anazy.''[32]Fa nagnety gny magnodidy Anazy Jesosy ba hahitany ze nanao anizay.[33]Gny ampela, nahafatasy ze raha nisy taminazy,dra natahosy vo nangitikitiky . Nandeha izy dra niatoraky teo alohan'i Jesosy dra nizaka taminazy gny mary aby. [34]Dra hoy Jesosy taminazy ho:''Anaky,gny finoanao gny nahasitrany anao. Mandehana amin'gny fiadana dra sitra amin'gny aretinao.''[35]Raha bo nizaka Izy,dra avy gny olo gn'ilany laha tagny amin'gny mpitariky gny Synagoga, nanao ho:''Fa maty gny zanakao. Nanao akory gny bo manahira gny mpampianasy avo?''[36]Fa gny nahare ze nizakan'ereo Jesosy, dra ho Izy tamin'gny mpitariky gny synagoga ho:''Ka matahosy . Minoa avo .''[37]Dra sy nisy nangany hiaraky aminazy,afa-sy Petera, Jakoba,dra Jaona,rahalahin'i Jakoba,[38]Avy tagny an-tragnon'gny mpitariky gny synagoga ereo dra nahita olo nikorakoraky fatrasy teo Izy; nitomagny vo nidradradra fatrasy ereo.[39]Gny fa nilisy gny tragno Izy,dra ho Izy tamin'ereo ho:''Nanao akory andrareo gny mikorakoraky vo mitomagny? Sy maty gny zaza fa mandry.''[40]Niomehy Anazy ereo. Nefa naboakiny tagny ambaliky izy aby dra nangalaky gny rany vo renin'gny zaza vo reo ze niaraky taminazy,dra nilisy tao amin'gny efisy nisy gny zaza Izy.[41]Nirambesiny gny tagnan'gny zaza dra nizaka taminazy ho:''Talita, Komy!''ze raha adika dra ho:''Razazavavy, mizaka aminao Zaho, misanga.;;[42]Laha teo sea nisanga razazavavy dra nandeha (satria ro ambiny folo tao izy).Kamo laha teo ereo. [43]Nirarany fatrasy ereo ba sy hisy dre iza dre iza hahafatasy gny momba anizao. Laha teo dra nameny hany gny razavavy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 6

[1]Niriosy any toera io Izy dra namozy gny tanindrazany,dra nagnaraky Anazy reo mpianany. [2]Dra gny fa avy gny
andro sabata,dra nampianasy tao amin'gny synagoga Izy. Maro gny olo nahare Anazy dra gaga ereo. Ho ereo
ho:''Laha teza gny nahazoany gny fampianara reo?''''Ino zao?''Ino gny fahalasa ze nataony tamin'gny tagnany
reo?''[3]''Sy gny mpandrafisy se io,gny zanak'i Maria dra rahalahin'i Jakoba vo Josesy vo Jodasy dra Simona? Sy
miaraky amisika eto se gny anabaviny?'' Tafitohy tamin'i Jesosy ereo.[4]Dra hoy Jesosy tamin'ereo ho:''Sy misy
mpaminany sy omen-kaza,afa-sy ao amin'gny tanindrazany vo ao amin'gny havany mariny dra ao amin'gny
havany manoka avo.''[5]Sy afaky nanao asa mahalasa Izy,afa-sy gny fametrahany tagna amin'gny marary kelikeliky
dra magnasitra anazy reo.[6]Gaga nohon'gny sy finoan'ereo Izy.Laha teo nandeha nagnodidy gny tana Izy
hampianasy.[7]Laha teo dra nitoka gny ro ambinifolo lahy Ozy dra nanomboky nagniraky anazy siroaroa,dra
nomeny fahefa teo amin'gny fagnahy maloto ereo,[8]dra ino amin'gny liany,na mofo,na kitapo,na vola amin'gny
fehi-tron'ereo afa-sy begegy avo [9]fa hanao kapa,dra sy hanao akazo ro.[10]Ho Izy tamin'ereo ho:''Dre ombia dre
ombia andrareo milisy amy tragno raiky,dra mitoera ao mandra-pialandrareo agny.[11]Dra raha misy tana sy
mandray andrareo dre miteno andrareo avo zay ,dra ahisagno gny botany amin'gny tombondrareo ba ho fizoroa
vavolombelo amin'ereo.''[12]Dra niala ereo dra nitory fa gny olo dra tokony hibebaky amin'gny fahotany.
[13]Nandroaky devoly maro ereo,dra nagnososy marary maro tamin'gny dililo dra nagnasitra anazy reo.[14]Ren'i
Heroda Pazaka zay,satria lasa fata-daza gny agnaran'i Jesosy.Gn'ilany nizaka ho:''Nisanga tamin'gny maty Jaona
mpanao batisa dra noho zay,dra miasa ao agnatiny gny hery mahalasa reo.''[15]Fa gn'ilany koa nizaka
ho:''Mpaminany Izy,tahaky gny raiky amin'ereo mpaminany tamin'gny andro taloha.''[16]Fa gny nahare anizay
Heroda dra ho izy ho:''Jaona,gny nitapahiko loha,gny nisanga tamin'gny maty.''[17]Fa Heroda gny nampanambosy
an'i Jaona dra nandefa anazy tagny an-tragnomezy nohon'gny raharaha Herodiasy (valin'i Filipo
rahalahiny),satria nivaliny rapela.[18]Fa Jaona nizaka an'i Heroda ho:''Sy araky gny lalana gny hagnambalianao gny
valin'gny rahalahinao.''[19]Fa ory taminazy Herodiasy dra nitalia ze hamonoa anazy,saiky sy afaky,[20]nohon'gny
fatahoran'i Heroda an'i Jaona; fatany fa olo-mary vo feno fahamasigna izy, dra niaro anazy ,kanefa bo niteno
anazy tamim-pifalia izy.[21]Laha teo nisy irika tamin'gny fisingeregnan'gny tao nahaterahan'i Heroda dra nanao
fanasa ho an;ereo lahibeny,vo gny mpifehiny ,dra gy mpitariky gny Galilia izy. [22]Dra nilisy gny efitragno fasana
gny zanakapelan'i Herodiasy dra nisizaky ho anazy reo,dra nahafalifaly an'i Heroda vo gny vahiny nasay
tamin'gny fisakafoana izy.Hoy gny pazaka tamin-drapela ho:''Angataho aminahy aby ze tianao dra omeko anao
zay.''[23]Dra miniania taminazy izy nanao ho: ''Na ino na ino angatahinao aminahy,dra homeko anao,hatramin'gny
asasaky gny fazakako.''[24]Dra niboaky izy dra nizaka tamin'gny reniny ho:''Ino gny tokony angatahiko
aminazy?''Dra hoy gny reniny ho:''Gny lohan'i Jaona mpanao Batisa.'' [25]Teo no eo dra nihery tagny amin'gny
pazaka izy,dra nangataky,nanao ho:''Tiako omenao anahy, dra zao, eo agn'abony finga gny lohan'i Jaona mpanao
batisa.''[26]Dre dra nampalahelo fatrasy gny pazaka avo zay,dra sy afaky nanda gny fangatahany izy nohon'gny
fininiany nataony vo noho gny vahiny nasany tamin'gny fisakafoana. [27]Noho zay dra nandidy miaramila raiky
laha tamin'gny mpiamby gny pazaka dra nandidy anazy hinday gny lohan'i Jaona ho eo aminazy. Nandeha gny
mpiamby dra nanapaky gny lohany tao an-tragnomezy. [28]Nandesiny teo agn'abo finga gny lohany dra natolony
an-drapela,dra gny zazapela nanolosy anizay an-dreniny,dra avy ereo dra nangalaky gny nofony dra nametraky
anizay tao an-dolo.[30]Nihery tagny amin'i Jesosy gny apostoly dra nitatara taminazy aby ze vitan'ereo vo
nampianarin'ereo. [31]Dra ho Izy tamin'ereo:''Andeha isika ho agny agn'efisy dra hiala sasasy kely.''Fa maro gny olo
gny niherikery,dra sy nanam-potoa hihina sakafo avo ereo. [32]Dra nandeha amy sambokely ereo ba ho agny
amin'gny tany rava.[33]Fa ereo nahita anazy reo nandeha dra maro gny nahafatasy anazy reo,dra niara-
nilomalomay an-tomboky laha tagny amin'gny tana aby ereo,dra avy teo talohan'ereo.[34]Gny fa avy tegny amin'gny
morony ereo,dra nahata vahoaky maro Izy dra onena anazy reo Izy satria tahaky gny agn'ondry sy mana
mpiandry ereo.Dra nanomboky nampianasy raha amro anazy reo Izy.[35]Dra gny fa hariva gny andro,dra nagnato
Anazy reo mpianany dra nanao ho:''Toera rava itiho dra gny andro fa madiva ho hariva sahaly. [36]alefaso ereo ba
handehanany agny amin'ereo vohisy vo tana magnodidy hivily hany ho agny vatan'ereo.''[37]Fa namaly Izy dra
nanao tamin'ereo hô:''Omeondrareo raha hoany ereo.''Dra hô ereo taminazy hô:''Afaky mandeha dra mivily mofo
azin'gny denaria rozato se zahay ka hagnome anizay anazy reo hoany?''[38]Dra hô Izy tamin'ereo hô:''Firy gny mofo
anagnandrareo?Mandehana dra atio.''Gny fa hitany,dra hô ereo hô:''Mofo dimy vo hazandrano rô.''[39]Dra nandidy
gny olo aby ba hipetraky misitokotoko teo amin'gny ahi-meso Izy. [40]Dra nipetraky an-tokony ereo; an-tokony zato
vo dimapolo. [41]Nangalaky gny mofo di,y vo hazandrano ro Izy, niandrandra gny lagnisy dra nisaotra ka
nizarazara gny mofo dra nanolosy anizay tamin'ereo mpianasy ba hpme eo agnolohan'gny olo. Nizarany avo koa
gny hazandrano ro ho an'ereo aby.[42]Dra nihina avo koa ereo aby nandrapahavisy anazy reo.[43]Nalan'ereo gny

sombisombiny mofo,ze nahafeno roambinifolo vaha milopolopo,dra gny ambin'ireo hazandrano.[44]Nisy dimy arivo reo lelahy nihina gny mofo.[45]Teo no ho eo dra nasany niakasy tao asambokely gny mpianany ba hialoha Anazy egny andafiny,ho agny Betsaida,raha nandefa gny vahoaky Izy. [46]Gny fa nandeha ereo,dra niakasy tagny an-dohambohisy Izy ba hivavaky. [47]Avy gny hariva,dra fa teo agnevon'gny ranomasy gny sambokely ,fa io tegny androanga izy.[48]DRa hitany fa sahira fatrasy ereo nivoy gny sambokely,satria nanohisy fatrasy anazy gny sioky . Teo ho eo amin'gny lera fiambena fahefasy gny hariva dra nagneo amin'ereo Izy,nandeha tegny agn'abony ranomasy,dra te-hiriosy teo amin'ereo Izy.[49]Fa gny nahita Anazy nandeha tegny agn'abo ranomasy ereo ,dra niheverin'ereo ho hangasy Izy dra nikoraky ereo,[50]satria nahita Anazy ereo dra lasa natahosy.Teo no eo dra nizaka tamin'ereo Izy dra nizaka anazy gny hô:''Matokia! Zaho avo itihô! Ka matahosy!''[51]Dra nilisy tao amy sambokely niaraky tamin'ereo Izy,dra nizano sy nisioky gny sioky. Dra kamo tateraky ereo.[52]Dra sy takasy gny sain'ereo gny dikan'gny mofo.Fa dra,nihamafy gny fon'ereo.[53]Gny fa tafita ereo,dra avy tao Genesareta gny dra nitokatoka tao. [54]Dra gny fa nizoso laha tao amin'gny sambokely ereo,avy dra fatany gny olo tao Izy,[55]dra nilomalomay nagnera gny farisy aby ereo dra nanomboky ninday gny marary tamin'gny fandriany tagny amin'izay aby ren'ereo misy Anazy.[56]Fa dre teza dre teza nandehanany dre tana-lahibe,dre tegny amin'gny vohisy masaiky,dra napetrak'ereo teo amin'gny kiaza gny marary. Niangavy Anazy ereo ba hagnenga anazy reo hihasy gny rambon'akazony,dra gny maro ze nihasy Anazy dra sitrany.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 7

[1]Gny fariseo vo gny mpanoradalana sasany ze laha tagny Jerosalema dra avy niango nagnodidy Anazy.[2]Dra
hitan'ereo mpianany sasany nihina mofo tamin'gny tagna sy voalio,zay ho, sy voasasa.[3]( Fa gny Faroseo vo gny
Jiosy aby dra sy ba mihina raha sy fa nanasa gny tanin'ereo,satria magnaraky gny fombafomban'ereo loholo.)[4]Dra
gny fa mihery laha tagny asena gny Fariseo,dra sy mihina ereo raha sy baka nandro,dra mitandry fomba maro
hafa fatrasy ereo,tahaky gny fanasa gny kapoaky,vo gny famarana,vo fanaky varahina,dra fandria ze
ihinanan'ereo.)[5]Gny Fariseo vo gny mpanoradalana nagnontany an'gny Jesosy ho:''Nanao akory gny mpianasy gny
sy mandeha araky gny fombafomban'ereo loholo,fa mihina gny mofon'ereo amin'gny tagny sy voasasa?''[6]Nefa ho
Jesosy tamin'ereo : ''Isaia naminany soa momba andrareo mpihasaravelasihy. Nisoratany ho:'Itiho vahoaky itiho
magnaza anahy amin'gny havoany,fa gny fony koa lavisy Anahy.[7]Rava gny fivavaha atolon'ereo Anahy,raha
mampianasy gny fisipik'olombelo ho fampianaran'ereo.[8]Afoindrareo gny didin'Agnahary dra tana fatrasy gny
fomban'olo.''[9]Dra hoy avo koa Izy tamin'ereo;''Nanao akory gny fagnariandrareo gny didin'Agnahary ba
hitandremandrareo gny fomban-drazandrareo! [10]Fa hoy Mosesy:'Magnaza gny ranao vo gny reninao,'dra koa,Ze
mizaka rasy gny rany na gny reniny dra ho maty vatany.'[11]Kanefa andrareo mizaka ho:'Raha misy lelahy raiky
mizaka gny rany na gny reniny ho:''Dre ino dre ino tianao ho azo taminahy dra fa Korbana,''(zay ho:'Nome
an'Agnahary)[12]dra sy angandrareo hanao dre ino dre ino amin'gny rany vo gny reniny sasy izy . [13]Mandrava gny
zakan'Agnahary andrareo noho gny fomban-drazandrareo ze nitanandrareo. Dra raha maro mitovy amin'izay
koa gny ataondrareo.''[14]Dra nitoka gny vahoaky draiky Izy dra nizaka tamin'ereo ho:''Mitenoa Anahy, andrareo
aby,dra fatako. [15]Sy misy raha laha teo ambaliky ze milisy ao agnatin'gny olo dra afaky mahaloto anazy gny fa
milisy ao aminazy. Fa ze mivoaky laha tao agnatin'gny olo gny mahaloto anazy.'' [16][ Gny fandika soa indrindra dra
sy magnisy gny andininy faha 16:Raha misy mana-sofy hiteno,ao izy hiteno.][17]Dra gny fa niala teo amin'gny
vahoaky Jesosy dra nilisy tao an-tragno, gny mpianany nagnontany Anazy momba gny fagnohara. [18]Hoy Jesosy
taminazy:''Iandrareo koa se bo sy mana fahalala? Sy hita andrareo se fa zay aby milisy ao agnatin'gny olo laha
tagny ambaliky dra sy mahaloto anazy,[19]satria sy afa-milisy ao am-pony zay,fa ao an-trony avo dra miboaky agny
amin'gny fiboahany?''Tamin'izay fanambalia zay dra nahavy gny hany aby ho malio i Jesosy.[20]Ho Izy:''Ze miboaky
laha tao amin'gny olo gny mahaloto anazy. [21]Fa laha tao agnatin'olo, laha tao am-pony,gny iboahan'gny say-
rasy,gny fahavetaveta, gny halasy ,gny famonoan'olo,[22]gny fizangazanga, gny fisiririta, gny harasiam-pagnahy,gny
fitaka,gny fizezozezoa,gny fialogna,gny fiampanga vandy,gny avognavo,gny hadala.[23]Zay raha-rasy aby zay gny
miboaky baka ao agnatin'gny olo,dra gny mahaloto anazy.''[24]Niala teo Izy dra nandeha tagny amin'gny farisy Tyro
vo sidona. Nilisy raiky tao an-tragno Izy dra sy tiany ho fatasin'iza na iza fa tao Izy,kanefa sy afaky niery. [25]Kanefa
niaraky tamin'izay dra nisy ampela raiky,ze nisy fagnahy maloto raiky gny zanakapelany masaiky, nahare gny
aminazy,avy, dra nandohaliky teo atombony.[26]Dra Grika gny ampela,Syro-foinika gny niaviany. Niangavy
taminazy izy ba hampiala gny devoly hiala amin'gny zanakapelany.[27]Ho Izy taminazy :''Ao homen-kany aloha gny
zaza. Satria sy mety gny mangalaky gny mofo-zaza dra manoraky anazy ho an'gny amboa.''[28]Nefa namaly izy dra
nanao taminazy ho:''Eka, Topo ,fa gny amboa ao ambany latabasy avo dra ba mihina gny lasalasaky amin'gny
mofo-zaza.''[29]Dra ho Izy taminazy:''Noho zay zakanao zay,afaky mandeha anao. Fa niboaky tamin'gny zanakao
ampela gny devoly''. [30]Dra raha nihery tagny an-tragnony rapela dra nahita gny zaza nandry teo agn'abon'gny
fandria ,dra gny devoly fa niala.[31]Dra Jesosy niboaky draiky niala gny farisy Tyro,dra namaky an'i Sidona
hatragny amin'gny Ranomasin'gny Galilia dra niakasy gny farisy Dekapolisy.[32]Dra nandesin'ereo teo aminazy gny
olo raiky maregny sady sahira raha mizaka,dra nandohaliky Taminazy reo ba hametrahany gny tagnany
aminazy.[33]Ninday an-dralelahy nitoka niala teo amin'gny vahoaky Izy,dra nametraky gny rasa-tagnany tao asofiny
Izy, dra raha baka nandrora,dra nikasiky gny lelany.[34]Dra niandrandra gny lagnisy Izy,dra nisento dra nanao
taminazy ho:''Efata,''zay ho: ''Maladia!''[35]Dra malaky teo gny sofiny dra nalady,dra ze namehy gny lelany dra toro
dra afaky nizaka mazava soa izy.[36]Dra Jesosy nandrara anazy reo sy hizakazaka dre amin'iza dre iza. Kanefa dre
dra nirara avo ereo,vao maiky nampiely anizay avo.[37]Dra gaga tateraky gny olo,dra nizaka ho:''Nataony soa iaby
gny raha aby. Nataony mahare avo gny ,maregny dra mizaka gny moana.''

Chapter 8

[1]Tamin'izay andro zay,dra nisy vahoaky marobe draiky,dra sy nanankohany ereo. DRa nitoka gny mpianany
Jesosy nizaka tamin'ereo ho:''2 Mampahonena Anahy reo gny nanohy niaraky taminahy dra sy manan-kohany.
[3]Raha alefako moly agny an-tragnony sy misakafo reo,dra mety ho safosy an-dala. Gn'ilany amin'ereo dra laha
tagny amin'gny lalan-davisy . ''[4]Namaly Anazy reo mpianany ho:''Eza gny hahazoasika mofo apy hahavoky gny
vahoaky reo etiho an-tany avo manahaky anizao/''[5]Nagnontany anazy Izy ho:''Firy gny mofo
anagnanandrareo?''Ho izy reo ho:''Fito''[6]Nandidy gny vahoaky ba hipetraky amin'gny tany Izy. Nirambesiny gny
mofo fito,dra nisaotra Izy,dra nanapaky reo. Natolony gny mpianany zay ba ho zaran'ereo amin'gny vahoaky ,dra
napetrak'ereo teo alohan'gny vahoaky zay.[7]Dra bo nana hazandrano kelikeliky avo koa ereo,dra gny fa baka
nisaotra ereo,dra nandidy reo mpianasy ba handroso anizay koa Izy.[8]Dra nihina ereo dra voky,dra nalan'ereo gny
sombisombiny tavela,ze nahafeno sobika fito lahibe. [9]Tokony ho efasy arivo teo ho eo gny olo tamin'izay. Bakeo
dra niakasy tao amy sambokely niaraky tamin'ereo mpianany Izy,dra nandeha nagnagny amin'gny faris'i
Dalmanota ereo.Dra niboaky reo fariseo dra nanomboky nifagnakany taminazy . Nitalia famatara laha tagny an-
dagnisy taminazy reo,ba hisapa Anazy. [12]Nihay laliky tagny amin'gny fagnahiny Izy dra nizaka ho:''Nanao akory
gny mitalia famatara itiho taranaky itiho? Nefa zakako mary amindrareo,fa sy misy famatara ome itiho taranaky
itiho zay.''[13]Laha teo niriosy anazy ereo,niakasy tao amy sambokely draiky,dra niala lavisy ho egny andafiny.[14]Dra
adigno gny mpianasy gny ninday mofo niaraky tamin'ereo. Sy nana mihoasy gny raiky ereo tao agnaty sambo.
[15]Dra nampitandry anazy reo Izy dra nizaka ho:''Miambena dra mitandrema amin'gny masirasiran'ereo Fariseo
vo gny masirasiran'i Heroda.''[16]Dra nifagnontany tegna gny mpianasy ho:''Noho isika sy mana mofo zay.''[17]Fatasin'i
Jesosy zay,dra ho Izy tamin'ereo ho:''Nanao akory gny amin'gny sy fanagna mofo gny fisaignandrareo? Bo sy
azondrareo se? Bo sy takasindrareo se? Nazary sy nahay se gny fondrareo?[18]Mana maso andrareo,fa sy mahita
se? Mana-sofy andrareo,fa sy mahare se? Sy tadidindrareo se? [19]Gny fa nanapaky gny mofo dimy ho an'gny olo
dimy arivo zaho,dra sobika firy feno sombisombiny mofo gny navorindrareo?'' Ho ereo taminazy
ho:''Roambinifolo.''[20]Gny fa nanapaky gny mofo fito ho an'gny olo efasy arivo zaho,firy sobika gny ambiny
navorindrareo?''Ho izy reo taminazy ho:''Fito.''[21]Dra ho Izy ho:''Bo sy takasindrareo avo se?''[22]Avy tagny Betsida
ereo. Dra nisy poaky raiky nandesin'olo teo aminazy dra niangavian'ereo Jesosy ba hikasika anazy. [23]Nandesin'i
Jesosy tamin'gny tagnany gny poaky,dra nitariky anazy hiboaky gny tagnany . Gny fa nandrora teo amin'gny
masony Izy dra nametraky gny tagnany teo aminazy ,dra nagnontany anazy ho:''Mahita raha se anao?''[24]Dra
nitraka izy ,dra nizaka ho:''Mahita olo tahaky gny hazo mandehandeha zaho.''[25]Napetrak'i Jesosy teo amin'gny
masony draiky gny tagnany,dra nahirasy gny lelahy gny masony,dra nihery tamin'gny laoniny gny fahaita,dra
nahita mazava soa gny raha aby izy. [26]Dra nalefan'i Jesosy noly izy dra nizakany ho:''Ka milisy ao an-
tana.''[27]Nandeha niboaky Jesosy vo gny mpianany nagnany amin'gny tanan'i Kaisaria Filipo. Tegny an-dala dra
nagnontany gny mpianany Izy ho:''Hataon'gny olo iza moa zaho:''Jaona mpanao batisa . Gny hafa mizaka ho:'Elia'.
dra gny hafa ho:''Raiky amin'ereo mpaminany.''[29]Nagnontany anazy reo Izy ho:''Fa andrareo dra manao Anahy ho
Iza?''Dra namaly Anazy Petera ho:''Anao gny Kristy.'' [30]Nampitandry anazy reo Jesesy sy hizaka gny momba Anazy
na amin'iza na amin'iza.[31]Nanomboky nampianasy anazy Izy fa sy maisy hizaly gny Zanak'Olo, dra handa gny
loholo vo reo lohan'gny mpisoro dra mpanora-dalana,dra ho vonoko ,dra hisanga amin'gny maty afaky telo
andro.[32]Nizakany mazava soa zay. Laha teo nitokavin'i Petera mangingiky Jesosy dra nanomboky nizaka fatrasy
Anazy.[33]Nefa nitoliky Jesosy dra nagnety reo mpianany dra bakeo nizaka fatrasy an'i Petera dra nanao ho:''Miala
lavisy Anahy, ry devoly! Sy ba misay gny rahan'
[34]Laha teo dra nitoka gny vahoaky vo gny mpianany niaraky izy,dra ho Izy tamin'ereo ho:''Raha misy te-
hagnaraky anahy.dra sy maisy manda gny vatany izy, mangalaky gny hazo fizaliany,dra magnaraky Anahy.[35]Dre
iza dre iza te-hamozy gny ay dra hahlevo zay,dra ze mahalevo gny ay noho gny aminahy vo gny filazasara, dra
hahavozy anizay. [36]Fa ino seky gny tombosoa azon'gny olo raiky,raha mahazo anizao totolo zao,dra bakeo levo gny
ainy?[37]Ino gny afaky omen'gny olo raiky ho takalon'gny ainy?[38]Dre iza dre iza megnasy Anahy vo gny zakako eto
amin'itiho taranaky mizangazanga vo mpanota itiho,dra ho megnasy anazy avo koa gny Zanak'olo gny fa avy ao
amin'gny voninahisy gny Rany miaraky amin'ereo azely masy Izy.''

Chapter 9

[1]Ho Izy tamin'ereo ho:''Zakako amindrareo mary tokoa,fa misy amindrareo ze misanga eto gny sy hagnandra
anizay fahafatesa zay mialohan'gny hahitan'ereo gny fazakan'Agnahary ze ho avy amin'gny hery lahibe.''[2]Dra
enina andro tatiho afara ,dra nandesin'i Jesosy niaraky taminazy Petera vo Jakoba dra Jaona tegny amin'gny an-
dohambohisy agn'abo,dra ereo avo gny tagny, bakeo niova tarehy teo anatrehan'ereo Izy.[3]Gny fiankazoany , dra
fosy indrindra,fosy mihoasy gny raha nampamosia indrindra teto agn'abony tany.[4]Baka eo Elia vo Mosesy
niboaky tamin'ereo,sea niresaky tamin'i Jesosy ereo. [5]Petera namaly dra nizaka tamin'i Jesosy ho:''Mpampianasy
o,soa raha mitoesy eto isika,koa andeha hanao gny telo,gny raiky ho anao,gny raiky ho an'i Mosesy ,dra gny raiky
ho an'i Elia.''[6](Fa sy fatany ze tokony ho zakany,satria natahosy fatrasy ereo.)[7]Nisy raho avy dra nanaro anazy rea.
Dra nisy feo niboaky ao agnatin'gny raho ho:' Itiho gny Zanako Malalako. Mitenoa Anazy.''[8]Tapoky teo,raha
nagnety gny magnodidy ereo ,dra sy nahita na iza na iza ,dra sy nahita nre iza dre iza say ,afa sy Jesosy raiky avo.
[9]Raha niboaky laha tagny an-dohambohisy ereo,dra nididiny fatrasy ba sy hizaka dre amin'iza dre amin'iza gny
raha hitan'ereo,raha sy fa misanga amin'gny maty gny Zanak'olo.[10]Dra nitanan'ereo ho anazy reo zay zaka
zay,kanefa nifampagnontany reo gny amin'gny mety ho dikan'izay ''Fisangana amin'gny maty''zay.[11]Nagnontany
Anazy ereo ho:''Nanao akory reo mpanora-dala gny magnambara fa sy maisy ho avy mialoha Elia?''[12]Dra ho Izy
tamin'ereo ho:''Fa avy volohany Elia hagnary gny raha aby . Dra nanao akory gny voasorasy fa gny Zanak'olo dra
hizaly fatrasy amin'gny raha maro dra hatao manahaky gny olo sy misy dikany? [13]nefa zakako amindrareo fa avy
Elia,dra nataon'olo taminazy ze sitraky gny fony,araky ze fa voazakan'gny sorasy Masy momba anazy.''[14]Dra gny
fa nihery teo amin'gny mpianasy ereo,dra nahita vahoaky maro nagnodidy anazy dra reo mpanora-dalana nialy
hevisy taminazy. [15]Raha vao nahita an'i Jesosy ereo,dra nalemy gny vahoaky aby dra raha igny nilomalomay
nagnato Anazy igny ereo dra niarahaba Anazy. [16]Nagnontany reo mpianany Izy ho:''Momba gny ino gny
hialiandrareo hevisy amin'ireo.''[17]Dra nisy raiky tamin'ereo vahoaky namaly Anazy ho:''Mpampianasy o,
nandesiko ho eto aminao gny zanadahiko. Misy fagnahy rasy sy mampizaka anazy izy. [18]Manambosy anazy io dra
mampizerazera anazy dra mandoa vory izy, mikitro-nify,dra nazary miheza izy. Nangataky tamin'ereo
mpianasiko gny vatako ba hamoaky anizay hiala aminazy,kanefa sy vitan'ereo zay.''[19]Dra namaly anazy reo Izy
ho:''Ry taranaky sy mino,mandraky ombiq gny hipetrarako ero amindrareo? Ombia gny handefasako
amindrareo? Andeso etiho aminahy izy.''[20]Dra nandesy teo aminazy gny zazalahy,dra raha vao nahita an'i Jesosy
gny fagnahy rasy,dra nampifanitosito anazy zay. Nilavo tamin'gny tany gny zazalahy dra feno tany gny vavany.
[21]Jesosy nagnontany gny rany hô:''Hafiria gny nahazo anazy manahaky anizao?''Dra hô gny rany hô:''Fa
hatramin'gny fahazazany.''[22]Kindraindraiky io fagnahy rasy io nandavo anazy tagny anaty afo dre tagny agnaty
rano dra nanandra gny hamono anazy.Raha mahay manao gny raha aby anao,dra feregneso zahay dra ampio
zahay.''[23]Jesosy nizaka taminazy ho:''Raha mahay anao?[24]Gny raha aby dra hain'izay mino.''Dra niaraky tamin'izay
gny ran'gny zaza dra nikoraky fatrasy nanao ho:''mino zaho! Apio zaho amin'gny sy finoako!''[25]Gny fa hitan'i
Jesosy reo vahoaky nilomalomay nagnato anazy reo,dra nizakany fatrasy gny fagnahy maloto dra nanao ho:''Ry
fagnahy moa vo maregny, mandidy anao zaho,miboaha aminazy,dra ka mihery milisy ao aminazy
sasy.''[26]Nikoraky fatrasy anizay dra nampifanitony fatrasy gny zazalahy vo bakeo niboaky. Tahaky gny olo maty
gny zazalahy,dra maro gny nizaka ho:''Maty izy.''[27]Fa Jesosy nadray anazy tamin'gny tagnany dra nagnazary
anazy,dra nisanga gny zazalahy.[28]Dra gny fa nilisy tao an-tragno Jesosy,dra nagnontany Anazy manoka reo
mpianany ho:''Nanao akory zahay gny sy nahavoaroaky gny fagnahy rasy?''[29]Ho Izy tamin'ereo ho:''Gny tahaky
anio dra sy afaky roasy afa-sy amin'gny alalan'gny vavaky.''[30]Niala teo ereo dra niriosy tagny Galilia. Sy tiany ho
fatasin'iza dre iza hô teza ereo,[31]fa nampianasy reo mpianany Izy . Hô Izy tamin'ereo hô: ''Gny Zanak'olo dra
hatolosy egny an-tagnan;gny olo,ka ho vonon'ereo Izy. Dra gny fa voavono Izy,dra hisanga amin'gny maty draiky
afaky telo andro.''[32]Fa sy takas'ereo io fagnambara io,dra natahosy ereo hagnontany Anazy.[33]Bakeo avy tao
Kapernaomy ereo. Gny fa baka nilisy tao an-tragno Izy dra nagnontany anazy reo ho:''Ino gny raha
nifampiresahandrareo tegny an-dala?''[34]Fa sy nizaka reo.Satria fa nialy hevisy tegny an-dala ereo gny amin'izay
lahibe indrindra.[35]Nipetraky, dra nitoka reo roambinifolo lahy niaraky Izy dra nizaka tamin'ereo ho:''Raha misy
te-ho volohany ,dra sy maisy farany amin'gny raha aby izy dra ho mpanompon'gny aby.''[36]Nangalaky zazamasaiky
raiky Izy dra nataony teo agnevon'ereo. Nitrotrony tegny amy vatany izy dra nizaka tamin'ereo ho:''Dre iza dre
iza mandramby gny zaza manahaky anizao amin'gny agnarako,dra mandramby Anahy koa, ka misy mandramby
Anahy,drasy mandramby Anahy avo izy,fa gny nagniraky anahy koa.''[38]Ho Jaona taminazy hô:''Mpampianasy
o,nahita olo namoaky devoly tamin'gny agnaranao zahay dra niraranay izy,satria sy magnaraky asika.''[39]Fa Jesosy
nanao hô:''Ka mandrarea anazy,fa sy misy olo hanao asa lahibe amin'gny agnarako nefa selasela afaran'izay avô
dra hizaka raha rasy momba Anahy.[40]Dre iza dre iza manohisy asika dra momba asika.[41]Dre iza dre iza magnome

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

anao rano eran'gny kopy ho nomy satria an'i Kristy anao,dra zakako aminao mary tokoa,fa sy ho levo gny valimpitiany.[42]Fa dre iza dre iza manafitohy gny raiky amin'ereo kely mino Anahy reo,dra soa ho anazy gny agnato vato lahibe fikosoham-bary mifehy eo amin'gny vozony dra hazera agny an-dranomasy. [43]Raha gny tagnano gny mahavy anao ho tafitohy,tapaho zay. Fa soa aminao gny milisy manakandra agny amin'gny fiaigna manahaky ze mana tagna-drô dra handeha agny amin'gny helo,agny amin'gny afo sy mety vono. [44][ Fanamariha :Gny fandika soa indrindra dra sy magnisy gny fehezaka ao amin'gny andininy faha 44 vo 46 hô:''Ze sy maty mihisy gny kakan'ereo dra gny afo sy ho maty mandrakizay.'']][45]Raha gny tombonao gny manafitohy anao,tapaho zay.Soasoa aminao gny milisy mandringa agny amin'gny fiaigna noho gny mana tomboky ro dra haria agny amin'gny helo. [46][ Hatio gny fagnamariha eo amin'gny andininy faha 44][47]Raha gny masonao gny manafitohy anao,alao hiala zay. Soa aminao gny milisy gny fakazakan'Agnahary miaraky amin'gny maso tokona manahaky ze maso ro dra haria agny amin'gny helo , [48]agny amin'gny toera ze sy mahafaty gny kakan'ereo ,dra gny sy mety vono.[49]Fa gny olo aby dra samy ho voasira amin'gny afo. [50]Soa gny sira,fa raha gny sira gny avy masaso,nanao akory gny sira ao amindrareo,dra mihavana amin'gny kirairaiky aby.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 10

[1]Niala teo amin'izay toera zay Jesosy dsra nandeha tagny amin'gny farisin'i ijodia vo tegny amin'gny farisy
ambanin'gny Reniranon'i Jordana ,dra nagneo aminazy ndraiky gny vahoaky.Dra araky gny fanaony,dra
nampianasy anazy reo ndraiky izy. [2]Dra nagnato Anazy reo fariseo ba hisapa Anazy dra dra nagnontany ho:''Ara-
dalana ho an'gny lelahy se gny misaraky amin'gny valiny?''[3]Namaly Izy ho:''Ino gny nandidian'i Mosesy
anadrareo?''[4]Dra ho ereo ho:''Mosesy dra nagnenga gny lelahy raiky hanorasy taratasy fanamarina fisaraham-
panambalia dra mandefa anazy laha teo.''[5]Ho Jesosy tamin'ereo ho :''Nohon'gny hamafin'gny fondrareo gny
nanoratany ho andrareo anizay lalana zay.''[6]Fa tagny am-piandohan'gny famoronona, 'Zagnahary nanao anazy ho
lahy vo ampela.'[7]' amin'izay atony zay dra hagnenga gny rany vô gny reniny gny lahy dra hikamba amin'gny
valiny,[8]dra hazary ho nofo raiky izy rô.' Dra sy ho rô sasy ereo,fa ho nofo raiky avo. [9]Koa ze
nakamban'Agnahary,dra ao sy ho sarahin'olombelo.''[10]Dra gny fa tao an-tragno ereo,dra bo nagnery nagnontany
mikasiky anizay ndraiky reo mpianasy.[11]Ho izy tamin'ereo ho:''Dre iza dre iza lelahy misaraky amin'gny valiny
dra magnakasy ampela hafa dra mizangazanga.[12]Raha misaraky amin'gny valiny gny ampela dra manambaly
lelahy hafa ,dra mizangazanga izy.''[13]Bakeo ereo dra nitindra gny zanak'ereo teo Aminazy ba hametrahany
tagna,fa nihahin'ereo mpianasy ereo. [14] Fa gny nahasikarisy anizay Jesosy, dra ory fatrasy Izy dra nizaka
tamin'ereo ho:''Angao gny zaza hagnato anahy,dra ka rara ereo,fa gny fazakan'Agnahary dra an'ereo ze manahaky
anazy reo.[15]Zakako amindrareo mary tokoa, dre iza dre iza sy mandray gny fazakan'Agnahary tahaky gny
zazamasaiky dra sy hilisy zay amin'izay velively.''[16]Bakeo dra nitrotrony gny zaza dra nisofiny rano sady
nametrahany tagna.[17]Dra gny fa nanomboky gny liany Izy,dra nisy lelahy nilimalomay dra nandohaliky teo
anatrehany ,dra nagnontany ho:''Ry mpampianasy soa,ino gny sy maisy ataoko ba handovako gny fiaigna
mandrakizay?''[18]Jesosy nanao ho:''Nanao akory gny nitokavanao ho soa Zaho?Sy misy soa,afa-sy Zagnahary raiky
avo. [19]Fatanao gny didy ho:'Ka mamono olo,ka mizangazanga,ka mangalasy, ka mizoro ho vavolombelo sy mary,
ka mamitaky ,hazao gny ranao vo gny reninao.'''[20]Dra hoy gny lelahy ho:''Mpampianasy o,fa narahiko
hatramin'gny fahatanorako avo koa reo aby reo.''[21]Nagnety anazy Jesosy dra tia anazy. Dra ho Izy taminazy
ho:''Misy raha banga raiky ao aminao. Sy maisy avilinao aby ze anagnanao dra omeo gny mahatra zay,dra hana
harena agny an-dagnisy anao. Bakeo ,magnaraky Anahy.''[22]fa noho zay filaza zay dra nalahelo izy dra nandeha
nangahiahy,satria nana fanagnm-be tokoa izy.[23]Nagnety gny magnodidy Anazy Jesosy dra nizaka tamin'ereo
mpianany ho:''Tena sarosy ho an'ereo mana harena maro gny milisy gny fazakan'Agnahary!'' [24]Dra gaga tamin'gny
zaka gny mpianasy.Fa hoy draiky Jesosy tamin'ereo hô:''Anaky,sarosy gny filira ao amin'gny fazakan'Agnahary!
[25]Mora koa ho an'gny rameva gny milisy amin'gny fory fanjaisy,noho gny hiliran'gny mpanakarena amin'gny
fazakan'Agnahary.''[26]Dra bo gaga draiky gny mpianasy dra nifagnontany reo hô:''Iza gny afaky gny ho
voavozy?''[27]Nagnety anazy reo Jesosy dra ho Izy hô:''Sy vitan'gny olo zay,fa vitan'Agnahary. Satria gny raha gny fa
dra hain'Agnahary atao.''[28]Dra nanomboky nizaka taminazy i Petera hô:''Hatio, Zahay tahôky dra nahafoy aby dra
nagnaraky Anao.''[29]Dra hoy Jesosy :''Zakako mary amindrareo,sy misy olo ze nagnenga gny tragnony,dre gny
rahalahiny; dre gny rahavaviny,dre gny reniny,dre gny rany,dre gny zanany,dre gny taniny noho gny aminahy,vo
gny filazasara,[30]dra sy nahazo avo zato heny amin'izao taozato amizao zao:dra
tragno,rahalahy,rahavavy,reny,zanaky vo tany,miaraky amin'gny fanendreha,dra amin'gny taozato ho avy,dra gny
fiaigna mandrakizay.[31]Fa maro gny volohany gny ho lasa farany,dra gny farany ho lasa volohany.''[32]Tegny an-dala
ereo,hiakasy ho agny Jerosalema,dra Jesosy nandeha nialoha anazy reo. Gaga reo mpianasy ,dra reo ze
nagnaraky Anazy tafara dra natahosy. Nitokavin'i Jesosy ho eo aminazy draiky izy ro ambinifolo dra nanomboky
nizaka ze raha hihasy aminazy sy ho ela Izy. [33]'' Hatio,miaraky ho agny Jerosalema isika zao,dra gny Zanak'olo dra
atolosy gny mpisom-be vo gny mpanora-dalana. Ho hahin'ereo ho maty Izy dra hatolony amin'gny Zetilisa. [34]Reo
dra hikizaky Anazy,handrora Anazy,hazera Anazy,vo hahafaty Anazy. Fa afaky telo andro dra hisanga amin'gny
maty Izy.''[35]Jakoba vo Jaona,zanak'i Zebedio,nagnato anazy dra nizaka taminazy ho:''Mpampianasy o, ba tianay
raha ba ataonao aby ze angatahanay aminao.''[36]Dra ho Izy tamin'ereo ho:''Dra ho Izy tamin'ereo ho:''Ino gny
tianao ho ataoko ho andrareo?''[37]Ho ereo ho:''Angao zahay hiara-hipetraky aminao ao amin'gny voninahisinao,dra
gny raiky eo an-tagna ankavananao gny raiky eo ankavianao.''[38]Fa Jesosy namaly anazy reo ho:''Sy fatasindrareo
ze angatahindrareo. Andrareo se afaky mino amin'gny kapoaky ze hinomako na hiarisy ho atao batisa amin'izay
hanova batisa Anahy?''[39]Ho ereo Taminazy ho:''Vitanay zay.''Dra nizaka tamin'ereo Jesosy ho:''Gny kapoaky ze
ninomako,dra ho nomandrareo,dra amin'gny batisa ze hanova-batisa Anahy,gny hanova-batisa andrareo koa.[40]Fa
ze hipetraky eo an-tagna ankavanako dre eo ankaviako dra sy miaky aminahy zay,fa zay dra ho an'ereo ze
nagnoma anizay.''[41]Gny fa nahare gny momba anizay reo mpianasy folo hafa,dra nanomboky ory fatrasy tamin'i
Jakoba vo Jaona. [42]Nitokavin'i Jesosy ho eo aminazy ereo dra nizaka ho:''Fatasindreo fa ze haheri ho mpanapaky

gny zetilisa dra mampanompo anazy reo,dra gny lahibe mpifehy anazy reo dra manapasy fahefa amin'ereo.[43]Fa sy tokony hanahaky anizay gny amindrareo. Fa dre iza dre iza magniry ho lahibe amindrareo dra ao izy ho mpanompondrareo, vv 44 dre dra iza dra iza magniry ho volohany amindrareo dra ao izy gny andevondrareo aby. [45]Fa gny Zanak'olo sy avy ba ho topoy,fa ba hanopo.vo hanolosy gny ainy ho takalon'ay ho an'gny maro.''[46]Avy tao Jeriko ereo. Gny fa niboaky gny tana niaraky tamin'gny mpianany vô vahoaky maro be Izy,gny zanak'i Timeo,Bartolomeo,ze mpangataky sady Poaky,nipetraky teo amoron-dala.[47]Gny fa nahare izy fa Jesosy laha tagny Nazareta zay,dra nanomboky nikorakoraky fatrasy izy dra nizaka ho:''Ry Jesosy,Zanak'i Davida ô,mamindra-fo aminahy!''[48]Maro gny nizaka fatrasy gny poaky,nizaka izy nikoraky taminazy ba hangina. Fa vao maiky izy nikoraky fatrasy hô:''Ry Zanak'i Davida ô , mamindra fo aminahy!''[49]Nizano Jesosy dra napitoka anazy. Nitokavin'ereo gny poaky,dra nizakany ho:''Mahereza! Misangana! Mitoka anao Izy.''[50]Nariany gny lambany , dra nisanga,dra nagneo amin'i Jesosy izy.[51]Dra namaly anazy Jesosy dra nizaka ho:''INo gny tianao ataoko aminao?'' Hoy gny lelahy poaky ho:''Mpampianasy o, te-hahirasy zaho.'' [52]Dra hoy Jewsosy taminazy ho:''Mandehana . Gny finoanao gny nahavozy anao.''Dra nahita niaraky tamin'izay gny masony,dra nagnaraky an'i Jesosy tegny an-dala izy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 11

[1]Dra raha nandeha tagny Jerosalema ereo,dra nagneky an'i Betifaga vo Betania,agny an-dohambohisy Oliva, dra
Jesosy nagniraky ro tamin'ereo mpianany [2]dra nizaka tamin'ereo ho:''Mandehana amin'erio vohisy masaiky
manoloa asika riho. Raha vao tafilisy ao andrareo,dra hahita zana-boriky raiky bo sy nitikiran'olo. Hahao izy dra
andeso atiho aminahy.[3]Raha misy olo mizaka amindrareo ho:''Nanao akory andrareo gny manao anizao?' Dra
atovy ho:'Misy taliavin'gny Topo anazy dra hahery malaky atiho izy.''[4]Nandeha niboaky ereo dra nahita zana-
boriky raiky nifehy ambaliky gny tragno teo agnilan'gny vatrangara raiky eo amoron-dala,dra nahan'ereo gny
fehy. [5]Nisy olo sasany nizoro teo dra nizaka tamin'ereo ho:''ino itiho ataondrareo,mamaha io zana-boriky io''?
[6]Dra nizaka anazy reo gny zakan'i Jesosy tamin'ereo,dra nangan'olo handeha amin'gny lalany ereo.[7]Dra
nandesin'ereo mpianasy ro lahy teo amin'i Jesosy gny zana-boriky dra nataony teo agn'abon'izay gny lamban'ereo
dra afaky nitikisy anazy Jesosy. [8]Maro gny olo namelasy gny lambany tegny an-dala,dra gn'ilany koa namelasy
rasa-kazo ze nitapahiny laha tagny an-tanimboly . [9]Reo ze nandeha teo alohany vo reonagnaraky Anazy
nitokatoka ho:''Hosana! Deraina gny ray baka amin'gny agnaran'gny Topo.[10]Deraiy gny fazaka ho an'i Davida
rasika! Hosana agny anin'gny agn'abo indrindra!''[11]Bakeo Jesosy nilisy tao Jerosalema dra nagnao an-kizan'gny
Fiangona dra nilavo gny raha aby.Dra,fa niha-hariva gny andro,dra nagnagny Betania Izy vo reo Roambinifolo
lahy. [12]Gny andro magnaraky,raha nihery bakany Betania ereo ,dra resy Izy.[13]Dra nahita hazon'aviavy raiky
nandravy aby teriho lavidavisy ,dra nagnato Izy hagnety raha misy tegnany teo aminazy,dra gny fa nagnao
amin'izay Izy,dra sy nahita dre ino dre ino afa sy raviny avo,fa sy bo sy fotoany aviavy tamin'io . [14]Dra Izy nizaka
tamin'izay ho:''Sy hisy hihina gny tegnany baka aminao sasy mandrakizay.''Dra mpianany nahare anizay.
[15]Nagnagny Jeresalema ereo,dra nilisy tao an-kiazan'gny fiangona Izy dra nanomboky nandroaky gny mpivarosy
vo gny mpivily tao aby. Nazerany gny latabasin'ereo mpanakalo vola vo gny sezan'ereo mpivarosy voromalala.
[16]Sy nagnenga an'iza dre iza hinday raha ze azo avily hilisy gny kiazan'gny fiangona Izy.[17]Dra nampianasy anazy
reo Izy dra nizaka ho:''Sy fa voasorasy se hô:'Gny tragnoko dra atao hô tragno fivavaha ho an'gny firene-iaby'?
Nefa nataondrareo ho zohy fivonian'gny mpangalasy.''[18]Ren'ereo lohan'gny mpisoro vô reo mpanoradalana ze
nizakany,dra nitalia fomba hamonoa Anazy ereo. Fa natahosy Anazy ereo avô koa satria ereo vahoaky aby dra
nanalahelo tamin'gny fampianarany. [19]Gny fa avy gny hariva,dra niala gny tana ereo.[20]Dra raha nandeha ereo gny
maraindray,dra nahita gny hazon'aviavy nalazo hatramin'gny vahany.[21]Dra Petera nahasiaro dra nizaka
ho:''Mpampianasy o, hatio! Nalazo gny aviavy nozoninao.''[22]Jesosy namaly anazy reo hô:''Mana finoa an'Agnahary.
[23]Zakako amindrareo mary tokoa fa dre iza dre iza mizaka amin'itihô vohisy itihô hô:''Misangana dra milavoa
agny an-dranomasy.'Dra raha sy misy fisalasala ao am-pony fa mino fa hisy aminazy ze nizakany ,dra manahaky
anizay gny hataon'agnahary.[24]Noho zay zaho mizaka amindrareo ho: Zay aby hhivavahandrareo vo
angatahindrareo,minoa fa nandray anizay andrareo,dra ho azondrareo zay. [25]Gny fa mizoro vo mivavaky
andrareo,dra sy maisy mamela ze alahelo aby anagnandrareo amin'iza dre iza andrareo, ba ho avelan'gny
Randrareo ze agny an-dagnisy avo koa gny fahotandrareo. [26][ Fanamariha: Gny Fandika soa indrindra dra sy
magnisy gny ho ( hatio ao amin'gny Mat. 16:15) Mark. 11: 26'' Fa raha sy mamela heloky koa andrareo,dra sy
hamela gny fahotandrareo mihisy koa gny Randrareo Ze agny an-dagnisy.'']
[27]Dra niakasy ho agny Jerosalema
ndraiky ereo. Dra raha nandehandeha tao an-kiazan'gny fiangona Jesosy ,dra avy nangnato Anazy gny
lohandohan'gny mpisoro,gny mpanoradala,dra reo loholona. [28]Ho ereo taminazy ho:''Fahefana aby eza gny
hanovanao anio raha reo,dra iza gny nagnome anao fahefa hanao anio?''[29]Jesosy nizaka tamin'ereo
ho:''Hametraky fagnontania raiky amindrareo zaho. Zakao Aminahy dra ho zakako andrareo ho fahefa baka eza
gny anovako anio raha io.[30]Gny batisan'i Jaona ,laha tagny an-dagnisy se zat sa laha tamin'gny olo? valio
Zaho.''[31]Nifampidiniky miaraky ereo sady nifamaly vo nizaka ho:''Raha mamaly isika ho:''Baka agny an-dagnisy
,'dra hizaka Izy ho:' Fa nanao akory dra gny sy nino anazy andrareo?'[32]Fa raha mamaly koa isika ho:''Laha
tamin'olo,'.......''Natahosy gny olo ereo, satria resy lahasy gny olo-aby fa Jaona dra mpaminany tokoa. [33]Bakeo
namaly an'i Jesosy ereo dra nanao ho:''sy hainay.''Dra hoY Jesosy tamin'ereo ho:''Zaho avo koa sy hizaka
amindrareo ho fahefa laha teza gny hanovako anio raha io.''



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 12

[1]Nanomboky nampianasy anazy reo tamy alalan'gny fagnohara Jesosy. Ho Izy ho:''Nisy lelahy nanao tanim-
boloboky, nagnisy fefy magnodidy anizay, dra nandavaky famiaza. Nananga tililambo izy dra laha teo
nampagnofa gny tanim-boloboky tamy mpamboly voloboky. Dra niala nandeha lavisy izy laha teo. [2]Tamin'gny
fotoa mety ,dra nagniraky mpanompo ho agny amin'gny mpamboly voloboky izy ba hangalaky amin'ereo
gny'ilany amin'ereo ze tokony ho azarany amy vokasin'gny tanim-boloboky. [3]Fa nisamborin'ereo izy, nizerany,dra
niroahiny sy hinday dre ino dre ino.[4]Nagniraky mpanompo hafa ho agny amin'ereo draiky izy,dra rinasin'ereo teo
amy lohany dra nalany baraka. [5]Dra bo nandefa hafa avo izy,dra nivonon'ereo draiky . Nataon'ereo tahaky gny
maro hafa, nizerany gn'ilany dra nivonony gny hafa.[6]Bo nana olo raiky hafa hirahy izy,dra zanaky malala. Izy gny
farany nalefany tagny amin'ereo. Ho Izy ho:''Ba hagnaza gny zanadahiko izy reo.''[7]Nefa nifampizaka reo
mpamboly voloboky ho:''Itiho gny mpandova. Avia, andeha ho vonosika izy,dra ho ho azo sika gny
lova.''[8]Nisamborin'ereo izy,dra nivonony,dra natorany tagny ambalikin'gny tanim-boloboky. [9]Dra ,ino seky gny ho
ataon'gny topon'gny tanim-boloboky? Ho avy izy dra hamono gny mpamboly voloboky dra hagnome gny tanim-
boloboky ho any hafa.[10]Sy nivakindrareo vasa zao sorasy Masy zao? 'Gny vato ze nolavin'gny mpanora-tagno ,gny
natao vato fehizoro. [11]Avy tamy Topo zay,dra mahalasa eo amasosika.''[12]Nitalia gny hanambora an'i Jesosy ereo, fe
natahosy gny borozany,satria fatanereo fa hanohera anazy reo gny nizakany anizay fagnohara zay. Koa dra
nangan'ereo Izy dra lasa nandeha ereo.[13]Dra nagniraky gny Fariseo vo Herodiana sasany ho agny aminazy ba
hamandriky Anazy amy zaka ereo. [14]Fa gny avy ereo,dra ho izy reo taminazy ho:''Mpampianasy o ,fatanay fa sy
miraharaha gny hevisy gny olo anao,dra sy maneho fiangara eo amy olo. Mampianasy mary gny lalan'Agnahary
anao. Ara-dalana se sa sy ara-dalana gny mandoa hetra amin'i Kaisara ? Tokony handoa hetra se zahay sa sy
handoa?''[15]Fa fatasin'i Jesosy gny fiasarambelasihin'ereo ka nizaka anazy reo ho:''Nanao akory andrareo gny
misapa Anahy? Indeso dranaria ereo izaho dra hagnety anizaho.''[16]Dra nandesaniza ihoky vola ireo zesosy.
''endrik'iza ity sary vo sorasy ity?'' Ho izy ereo ho:an'i kaisara.'' [17]Hoy zesosy ho: ''Omeo an'i kaisara ze kaisara, vo
omeo an' agnahary ze zagnahary.'' Dra tozy taminigny izy ereo.[18]Avy eo ereo sadoseo, izy mizaka fa sy misy gny
fisangana amigny maty, dra avy teo amy. Nagnotany anazy ereo, nanao ho: [19]'' mpampianasy o, manorasy zao
hoanay Mosesy ho: 'Raha maty gny rahalahiny raiky dra nagnenga valy izy, nefa sy ba nanazanaka, dra tokony
manambaly gny validrahalahiny gny lelahy ko hana taranaky ho any rahalahiny.'[20]Nisy fito mirahalahy;
nanambaly gny volohany dra maty, sy nanga taraanky.[21]Vo eo nangalaky anazy gny faharo dra maty, sy nanga
taranaky, dra torak' izaho dra gny fahatelo. [22]Sy nisy nanga taranak' izy fito. Gny farany iziaby, maty koa gny
ramatoa.[23]Amigny fisaganany aminigny maty, gnifa nisaga ndraiky izy ereo, dra ho valin' iza izy? Satria samy
nanambaly anazy aby izy fito mirahalahy.''[24]Dra ho Jesosy ho:''Sy zay se gny atony maha-diso hevisy
andrareo,satria sy fatasindrareo dre gny Sorasy Masy dre gny herin'Agnahary? [25]Satria gny fa misanga amin'gny
maty ereo,dra sy hanambaly dre hatolosy amin'gny fanambalia,fa ho tahaky gny azely agny an-dagnisy.[26]Fa
mahasiky gny amin'gny fisangan'gny tegna amin'gny maty,sy nivakindrareo se gny tao amin'gny bokin'i Mosesy,ao
amin'gny andala momba gny voaroy,gny niresahan'Agnahary taminazy dra nizaka ho:''Zaho gny Zagnaharin'i
Abrahama vo Zagnaharin'Isaka dra Zagnaharin'i Jakoba'? [27]Izy dra sy Zagnahary gny maty,fa an'gny velo. Somary
diso hevisy andrareo.''[28]Nisy raiky tamin'ereo mpanora-dala taminazy dra nahare gny resak'ereo; hitany fa
nivalian'i Jesosy soa ereo.Dra nagnontany Anazy izy ho;''Ino gny didy lahibe indrindra amin'izy aby?'' 29 Jesosy
namaly ho:''Gny lahibe indrindra dra gny ho: Mitenoa, gny Topo Zagnaharisika,ry Israely , raiky ao gny Topo.[30]Sy
maisy mitia gny Topo Zagnaharinao amy fonao iaby anao,amy fagnahinao aby,amy sainao aby, o amy herinao
aby.'[31]Itiho gny didy faharo:'Sy maisy mitia gny namanao tahaky gny vatanano anao.'Sy misy didy hafa lahibe
mihoasy noho reo.''[32]Ho gny mpanora-dalana ho:''Soa zay,ry Mpampianasy! Voazakanao mary fa Zagnahary dra
raiky ,sady sy misy afa-sy Izy. [33]Dra gny mitia anazy amy fo aby vo aminigny say aby vo gny hery aby,dra gny
mitia gny nama tahaky gny vata , dra soa lavisy mihoasy gny fagnatisy oroa vo gny soro aby.''[34]Fa gny hitan'i
Jesosy fa nagnome vali-zaka hendry Izy,dra nizaka taminazy Izy ho:''Sy lavisy gny fazakan'Agnahary anao, ''Dra
tafaran'izay ,dra sy nisy olo nahavany nametraky fagnontania tamin'i Jesosy sasy.[35]Namaly Jessosy,raha
nampianasy tao amy fiangona Izy; dra ho Izy ho: ''Nanao akory moa izakan'gny mpanora-dalana fa kristy dra
zanak'i Davida? [36]Davida vatany,tamin'gny Fagnahy Masy,nanao ho:'Gny Topo nizaka tamin'gny Topoko ho :
mipetraha eo an-tagna ankavanako, mandram-panaoko gny fahavalonao ho fipetran'gny tombonao.'[37]Davida
vatany avo nitoka anazy go Topo,'ka dra nanao akory gny maha zanak'i Davida an'i Kristy?''Niteno Anazy tamim-
pifalia reo vahoaky maro be.[38]Tamin'gny fampianarany Jesosy dra nizaka ho: ''Mitandrema amin'ereo mpanora-
dalana,zay tia mandehandeha amy ankajo lava dra tian'ereo gny fiaraba azon'ereo egny antsena [39]dra tian'ereo
gny mahazo gny seza volohany agny amin'gny synagoga vo gny toera volohany agny amy fety . [40]Mandrobaky


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

tragnon'ereo mpinday vata ereo,dra manao vavaky lava be ba ho hitan'olo. Reo lelahy reo dra handray
fanameloha lahibe ."[41]Laha teo Jesosy nipetraky nifanandrify gny vata-drakisy tao amy farisy gny fiangona;
nagnety reo olo aby ze nandrosaky vola tao amy vata-drakisy . Mpanakarena maro gny nandasaky vola be dra be
tao. [42]Dra nisy ampela mahatra panday vata raiky avy nandrosaky farasakely ro, ze masaiky varirotegnany
oharia amy sena.[43]Dra nitokaviny reo mpianany dra ho Izy tamin'ereo ho: "Zakako amindrareo mary tokoa,fa
itiho ampela mizaly minday vata itiho gny nandrosaky maro mihoasy amy olo ze nandrosaky vola tao amy vata-
drakisy.[44]Satria dra nagnome tamy ganagnam-ben'ereo iaby. Fa itiho mpinday vata itiho koa,tamin'gny
fahatrany,dra nandasaky gny vola aby ze tokony hivelomany tao."

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 13

[1]Dra raha niala tao an-kiazan'gny fiangona Jesosy,dra nizaka taminazy gny ray tamin'ereo mpianany
ho:''Mpampianasy o, hatio gny hasoan'gny ato o gny hasoan'gny rafisy!''
[3]Dra raha nipetraky teo an-dohambohisin'Oliva tandrifin'gny fiangona Izy,dra nagnontany Anazy mangingiky
Petera, Jakoba, Jaona vo Andrea ho:''[4]Zakao aminay, ombia gny hisanga zay raha aby zay/ Ino gny famatara gny fa
hisanga reo raha reo?''[5]Dra Jesosy nanomboky nizaka tamin'ereo ho:''Mitandrema ba sy hisy olo hampivily lala
andrareo. [6]Fa maro gny ho avy amin'gny Agnarako vo hizaka ho:'Izaho gny izy,'dra maro gny ho voafitany.[7]Gny fa
mahare aly vo resabe momban'gny aly andrareo,dra ka magnahy ; sy maisy hisanga reo, fa sy bo zay gny farany.
[8]Fa hisy firenena hisanga hamely fazaka. Dra hisy horohoro-tany amy toera maro, sady hisy mosary . Zay gny
fiandohan'gny fahorian'gny fiteraha.[9]Mitandrema andrareo. Ho atolosin'ereo amy Synedriona andrareo,dra ho
zera ao amy Synagona. Hisanga manoloa reo mpanapaky vo reo pazaka noho gny Aminahy andrareo, ho
vavolombelo amin'ereo. [10]Fa gny Filazasara dra sy maisy ho toria agny amy firenena iaby aloha.[11]Fa gny
manambosy vo manolosy andrareo ereo,dra ka magnahy gny amin'izay tokony ho zakandrareo. Fa amy ora
iny,dra home andrareo ze tokony ho zakandrareo; sy andrareo seky gny hizaka , fa gny Fanahy Masy. [12]Gny
rahalahy hanolosy gny rahalahiny ho maty,dra gny rany hanolosy gny zanany . Gny zanaky hisanga hanohisy gny
ray madreniny ka hahafaty anazy reo. [13]Ho halan'olo aby andrareo nohon'gny Agnarako. Fa dre iza dre iza
maharisy hatramin'gny farany,dra ho voavozy zay olo zay.[14]gny hitandrareo nisanganiny eo amigny sy topony
hisanganany gny fahavetavetan' ny fadrava(ao hisaina ze mamaky), dra aoka ze avy amigny jodia aby hilomiy
eny an-tendrombohitra,[15]Ze eo an-tampotrano aoka sy hizoso ao atragno na hamoaky raha avy ao aminizaho,
[16]Dra gny any an-saha aoka sy hihery hangalaky gny lambany.[17]Lozan'ereo ampela bevohoka vô mapinono
amin'izay andro zay! [18]Mivavaha andrareo ba sy ho amy ririgny gny hitrangan'izay . [19]Fa hisy fahoriam-be, ze sy
bô nisy hatraminigny gny volohany, fa gny namoro anizao totolo zao Zagnahary, ka mandrak'amizao, haha, dra
mandrakizay sy hisy sasy zay. [20]Dra raha sy ho nohafohezin'gny Topo zay andro zay,dra sy hisy nofo ho voavozy.
Fa noho gny olom-boafily,ze nifiliny, dra nafohezin'gny isan'izay andro zay.[21]Dra raha misy olo mizaka aminao ho:
'Hatio,atiho gny Kristy!'Dre koa hô: 'Hatio,erio Izy!'dra ka mino anizay. [22]Fa hisy Kristy sandoky vo maminany
sandoky hiseho dra haneho famatara vo fahalasa ,ba hamitaha,dre dra gny olom-boafily avo,raha azo atao.
[23]Miambena! Fa vopazakako tamindrareo mialoha gny fotoan'ereo aby reo.[24]Kanefa tafaran'gny fahorian'ereo
andro reo,dra hihamezy gny masoandro, gny vola sy hagnome gny fazavany, [25]gny vasia hiaraky laha tegny amy
lagnisy ,dra gny hery ze ao an-dagnisy ho hozongozogny. [26]Ka ho hitan'ereo gny Zanak'olo laha tegny amy raho
amy hery lahibe vo voninahisy. [27]Dra hagniraky gny azely Izy ka hamory miaraky gny olom-boafiliny laha tagny
amy vaza-tany efasy,laha tagny amy faran'gny tany dra hatragny amy faran'gny lagnisy.[28]Mangalaky lesona laha
tamin'gny hazon'aviavy. Raha vao manaroky vo mandravy gny rasany, dra fatasindrareo fa mariny gny lohatao.
[29]Manahaky anizay koa,raha vao hitandrareo mitranga zay raha aby zay,dra fatasindrareo fa mariny Izy, mariny
gny vavahady.[30]Zakako amindrareo ,mary tokoa, itiho taranaky itiho dra sy ho lany risy mandra-pitrangan'izay
raha aby zay. [31]Ho levo gny lagnisy vo gny tany, fa gny zakako koa sy ba ho levo mandrakizay. [32]Fa gny mahakasiky
anizay andro na lera zay,dra sy misy mahay,dre dra gny azely agny an-dagnisy koa, dre gny Zanaky ,fa gny Ra
avo.[33]Mitandrema ! Miambena,satria sy fatasindrareo gny lera. ( Fanamariha: tahoky fahefa taloha dra ho:
Mitandrema ! Miambena dra mivavaha, satria...) [34]Zay dra tahaky gny lelahy raiky handeha lavisy niriosy gny
tragnony izy ka reo mpanompony gny nataony niandraikisy gny tragnony, samy amy raharahany avy, dra
nandidy gny mpiamby Izy ba sy handry.[35]Koa miambena, satria sy fatasindrareo ho ombia gny ho avy gny topon-
tragno; mety ho amy hariva zay, na amy sasak'aly , na magneno akoho, na maraindray. [36]Fa raha avy tampoky
izy,dra ka anga hahita andrareo mandry izy. [37]Ze zakako amindrareo dra zakako amy olo aby koa: Miambena!''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 14

[1]Dra rô andro mialohan'gny Paska vo gny Fakalaza gny fihinana gny Mofo sy misy Masirasira tamin'izay. Nitalia
fomba hisambora an'i Jesosy mangingiky gny lohan'gny mpisoro vo gny mpanoradalana dra hamono Anazy
bak'eo. [2]Fa ho izy reo hô: "Aleo sy amy andro fety, ba sy hampitabataba gny olo."[3]Raha tagny Betania tao an-
tragnon'i Simona boka Jesosy, raha nipetraky teo an-databasy Izy, dra nisy ampela raiky nagnato Anazy ninday
tavoara alabastara misy menaky lafo vily, zay narda sy misy fangarony. Nivakiny gny tavoara dra nararany teo
amy lohany zay. [4]Nahahory gny olo gn'ilany zay. Nifampiresaky ereo ka nanao ho:''Ino gny aton'izao
fandanindaniam-poana zao?[5]Io menaky magnisy io dra afaky navily mihoasy gny denaria telozato, dra nome gny
mizaly.'' Dra nihalany gny ampela ereo bak'eo.[6]Nefa hoy Jesosy ho: "Angao izy. Nanao akory andrareo gny manao
ze mampalahelo anazy? Raha soa gny nataony taminahy. [7]Gny mizaly dra eo amindrareo mandrakiriva, dra afaky
ahano asa soa ho anazy reo avo andrareo dre amy fotoa ino dre fotoa ino, fa zaho koa sy hitoesy eo amindrareo
mandrakariva. [8]Nanao ze azony atao izy: Nagnososy gny vatako ho amy fandevegna izy. [9]Zakako mary
amindrareo manera eza hitoria gny Filazasara manera zao totolo zao, dra ho zaka gny nataon'itiho ampela itiho,
ba ho fahasiaro anazy ."[10]Laha teo Jodasy Iskariota, raiky tamin'ereo ro ambinifolo lahy, lasa nangnagny
amin'ereo lohan'gny mpisoro hahafahany manolosy Anazy eo amin'ereo. [11]Gny fa nahare anizay gny lohan'gny
mpisoro,dra faly ereo ka nampanatena hagnome vola anazy. Dra nanomboky nitalia irika hanolora anazy
amin'ereo.[12]Tamy andro volohany'gny fihinana gny mofo sy misy masirasira, gny fa nanao soro gny agn'ondry gny
Paska ereo,dra hoy gny mpianany taminazy ho:''Eza gny tianao andehanay hikarakara sakafo,ba hinananao gny
sakafon'gny Paska?'' [13]Dra nagniraky ro tamin'ereo mpianany Izy ka nizaka tamin'ereo ho:''Mandehana agny an-
tana, dra hisy lelahy minday siny feno rano hifanena amindrareo. Manaraky Anazy.[14]Ze tragno hilirany,
magnaraky anazy dra zakao gny topon'izay tragno zay ho:' Ho gny mpampianasy ho:''Eza gny efitragno
fandraisam-bahiny ahafahako miara-mihina gny Paska amin'ereo mpianasy?'''[15]Hanoro andrareo efitragno lahibe
agn'abo rihana misy fanaky ze fa vonona soa izy. Ao gny ataovy gny fagnomana aby ho asika.''[16]Dra lasa gny
mpianasy dra nihazo ze fa nizakany tamin'ereo gny raha-aby ,dra nagnoma gny sakafon'gny Paska ereo.[17]Gny fa
hariva gny andro, dra avy niaraky tamin'ereo rô ambinifolo lahy Izy. [18]Gny fa nipetraky teo an-databasy vô nihina
ereo,dra ho Jesosy hô: ''Zakako mary amindrareo,fa gny raiky amindrareo ze miara-mihina aminahy eto dra
hamaliky Anahy''. [19]Nalahelo fatrasy izy aby,dra nizaka taminazy gny kiraikiray hô:''Sy zaho seky zay?''[20]Jesosy
namaly dra nizaka anazy gny hô:'' Gny raiky amindrareo rô ambinifolo zay, gny raiky miara-manasoboky mofo
aminahy agnaty finga zao.''[21]Fa gny Zanak'olo dra handeha amy lala ze fa voazakan'gny Sorasy Masy momba
Anazy. Fa loza koa ho an'izay lelahy zay mamaliky gny Zanak'olo zay. Soa ho anazy kokoa avo raha sy teraky
izy.''[22]Raha bo teo am-pihinana ereo, dra nandramby gny mofo i Jesosy, nisaotra, dra nizarazara anizay. Natolony
anazy sady nanao ho: ''Rambeso, itiho gny vatako.''[23]Dra nandray gny kapoaly Izy, nisaotra, dra nanolosy anizay
anazy reo, dra nino tamin'izay izy aby. [24]Dra ho Izy tamin'ereo ho: ''Itiho gny lion'gny fanekem-pihavanako, lio ze
alasaky ho an'gny maro. [25]Zakako mary amindrareo, sy hino itiho vokasy gny voloboky itiho sasy zaho mandra-
pahavin'gny andro ze hinomako anizay draiky agny amy Fazakan'Agnahary.''[26]Gny fa baka nihira fidera ereo,dra
nandeha tegny an-dohambohisin'oliva. [27]Ho Jesosy tamin'ereo ho:''Hagnenga Anahy avokoa andrareo aby, fa
voasorasy ho:''Hamely gny mpiamby agn'ondry zaho dra hiparitaky gny agn'ondry.'[28]Fa gny baka hasanga amy
maty zaho,dra hialoha lala andrareo aop Galilia.''[29]Dra hoy Petera taminazy ho :'' Dre dra hagnenga iaby avokoa ,
izaho sy ba hagnenga.''[30]Ho Jesosy taminazy hô:''Zakako mary aminao, fa amizao hariva, raha bô sy magneno in-
drô avô gny akoho,dra fa handa Anahy in-telo anao.''[31]Fa ho Petera hô:''Dre sy maisy hiara-maty aminao avô
zaho,sy ba handa anao.''Dra samy nampanatena manahaky anizay avoko izy aby.[32]Dra avy tagny amy toera tao ho
Getsemane ereo,dra hoy jesosy tamin-ereo mpianany ho.''Mipetraha eto gny bo mivavaky Zaho.''[33]Dra ninday an'i
Petera, vo Jakoba, dra Jaona niaraky taminazy Izy dra nanomboky nalahelo sady ory tateraky. [34]Dra ho Izy
tamin'ereo ho:''Fadiranova loasy gny Fagnahiko, manahaky gny fa maty. Mitoera eto ka miambena.''[35]Namalavisy
kelikely Jesosy, nandohaliky tamin'gny tagny,dra nivavaky Izy ba gny manahaky ka azo atao,dra hiala Aminazy
zay lera zay. [36] Ho Izy ho:''Aba, Ray o, gny raha aby hainao atao. Alao aminahy itiho kapoaky itiho. Nefa ao sy gny
sitrapoko gny hatao,fa gny Anao.''[37]Nihery Izy dra nahita anazy reo nandry , ka ho Izy tamin'i Petera ho:''Simona,
madry se anao? Sy nahavita niamby lera raiky se anao? [38]Miambena dra mivavaha ba sy hiliranandrareo amy
fakam-pagnahy. Gny fagnahy mety mazoto tokoa, fa gny nofo gny malemy.''[39]Dra lasa draiky Izy nisitaky kely dra
nivavaky ,dra nagnery gny zaka nataony teo aloha avo.[40]Nihery draiky Izy dra nahita anazy reo nandry,fa
navesasy gny torimaso gny mason'ereo dra sy hitan'ereo ze nizaka taminazy. [41]Nagnato fanitelony Izy ka nizaka
gny ho:''Bo mandry vo mangalaky ay avo se andrareo? Apy zay! Fa avy gny fotoa. Hatio! Gny Zanak'olo nivaliha
hatolosy eo an-tagnan'gny mpanota. [42]Misangana; andao andeha isika, Hatio, fa mariny gny hamaliky

Anahy.''[43]Dra raha bo teo am-pizaka Izy,dra avy Jodasy,raiky amin'ereo roambinifolo lahy, niaraky tamy vahoaky maro ze nitarako lefo vo langilangy, laha tamin'ereo lohan'gny mpisoro, gny mpanoradalana,dra gny loholo. [44]Dra gny mpamaliky Anazy nagnome famatara anazy reo, nizaka ho:''Zay horohaiko, Izy gny Izy. Sambory Izy dra ambeno.''[45]Gny fa avy Jodasy,dra nagnato an'i Jesosy avy hatragny izy sady nizaka ho:''Raby, ''dra nagnoroky Anazy izy. [46]Laha teo dra nisamborin'ereo Jesosy.[47]Fa nisy raiky tamin'ereo nisanga teo namoaky gny lefony dra namely gny mpanompon'gny mpisoronabe ka nanapaky gny sofiny. [48]Ho Jesosy tamin'ereo ho: '' Avy dra nanambosy Anahy, manahaky gny nanamborany Jiolahy, miaraky amy lefo vo langilangy se andrareo? [49]Tamin'Izaho teo amindrareo isan'andro vo nampianasy teo amy fiangona, sy nisamborindrareo. Fa natao zao ba hahatateraky gny Sorasy Masy.''[50]Dra niriosy Anazy aby avokoa niaraky tamin'i Jesosy dra niery.[51]Dra nisy zatovo lahy raiky ,sy niakazo afa-sy lamba hariry avo , nagnaraky an'i Jesosy . Gny fa nisamborin'gny olo izy 'v 52 dra nangany teo gny lambany dra lasa nilimay nitazaky izy.[53]Nandesin'ereo tagny amy mpisoronabe Jesosy . Niara-niango taminazy teo aby gny mpisoro aby,vo gny loholo,dra reo mpanora-dalana. [54]Dra Petera nagnaraky Anazy laha tegny lavidavisy egny, hatragny amy tokotanin'gny mpisoronabe. Nipetraky teo amin'ereo mpiamby izy, zay namindro mariny gny afo.[55]Dra gny lohan'gny mpisoro vo gny nedrio Jiosy dra nitalia vavolombelo manohisy an'i Jesosy ba hahafahan'ereo mamono Anazy ho maty. Saiky sy nahita ereo. [56]Fa maro gny niampanga vandy Anazy, nefa dra gny fiampangan'ereo avo sy nitombomona akory.[57]Dra nisy olo sasany nisanga dra niampanga vandy Anazy; Ho izy reo ho:[58]'' Renay Izy nizaka ho:' Ho ravako itiho fiangona natao tagna itiho,dra ao agnatin'gny telo andro zaho dra hananga raiky hafa sy natao-tagna.''[59]Fa bo sy nifagnaraky avo fiampangan'ereo.[60]Dra gny mpisoronabe nisanga teo amin'ereo dra nagnontany an'i Jesosy ho: ''Sy mana-kavaly se Anao? Ino zay hiampangan'itahoky olo tahoky Anao zay?''[61]Fa ningy Izy sady sy namaly dre ino dre ino.Dra bo nangnontany Anazy draiky gny mpisoronabe ka nanao ho:''Anao se gny Kristy, Zanaky gny voatahy?'' [62]Dra hoy Jesosy ho:''Zaho gny Izy; dra ho hitandrareo gny Zanak'olo gny fa mipetraky eo an-tagna ankavanan'gny herin'Agnahary vo laha tegny amy rahon'gny lagnisy.''[63]Dra gny mpisorombe naniasy gny fiakazognany sady nanao ho:''Bo mitalia vavolombelo avo se isika? [64]Fa rendrareo gny fizaka-drasy. Ino gny fanapaha-kevisindrareo?''Izy aby dra samy nagnameloky Anazy aby dra samy nagnahy anazy manahaky gny olo mendriky gno ho maty . [65]Gn'ilany nanomboky nandrora Anazy dra nanarona gny tavany dra nagnenga Anazy dra nanao taminazy ho:''Maminania!''Dra reo manam-boninahisy nangalaky Anazy dra nazera Anazy.[66]Dra raha teo ambany kiaza teo Petera,dra nagnato anazy gny raiky tamin'ereo mpanompo vavin'gny mpisoronabe. [67]Nahita an'i Petera nisanga namindro teo amy afo izy,dra nihisakisahiny mariny. Dra ho ziy taminazy ho:''Anao koa niaraky tamin'gny Nazarena, Jesosy''. [68]Fa izy nanda anizay , nanao ho:''Sy fatako sady sy azoko ze zakanao.''Laha teo lasa niala gny kiaza izy. [Fanamariha : Tahoky fandika sasany magnampy ho:''Dra nagneno gny akoho, ''fa reo fandika taloha soa indrindra dra sy misy an'io zaka io.][69]Fa gny motavavy teo nahita anazy dra nanomboky nizaka tamin'ereo olo nisanga magnodidy draiky ho:''Io lelahy io dra raiky amin'izy reo!''[70]Fa bo nanda anizay draiky izy. Afaky kelikely laha teo dra hoy reo nisanga teo tamin'i Petera ho:''Raiky amin'ereo mihisy anao,satria anao koa dra Galiliana.''[71]Fa nanomboky nagnozom-vata vo niniania izy hô:''Sy fatako zay lelahy zakandrareo zay.''[72]Dra niaraky tamin'izay dra naneno fagnindro gny akoho. Laha teo dra nahasiaro gny zakan'i Jesosy taminazy Petera hô:''Raha sy bo magneno fagnindrony gny akoho, dra handa Anahy intelo anao,''Dra nalahelo fatrasy izy sady nitomagny.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 15

[1]Vomaraim-be, dra nivory gny mpisorombe niaraky tamin'ereo lokolona vo ereo mpanoro-dalana vo gny
Synedriona jiosy ereo manotolo. nifehezen'ereo i jesosy vo nandesin'ereo niboaky. namenizy ereo teo amigny
pilato Izy [2]Nagnotany anazy pilato ho: "Hanao seky gny mpazakan'ny jiosy ?" Niavliny ho: "
voalazanao."[3]nagnome fimpanga maro manda an'ny jesosy ereo lohan'ny mpisoro.[4]Nagnotany anazy draiky pilato
ho: ''Sy magnome vali-zaka se hanao?atio gny hamarany gny fiampanga atian'ereo manda anao!" [5]Fa sy namaly
an'ipilato sasy jesosy, dra nahagaga anazy izaho.[6]Dra tamy andro firavoravoa dra namotosy gadra raiky ho anazy
reo avo Pilato, gadra ze angatahan'ereo. [7]Niaraky tamin'ereo mpikomy tao am-poza, teo amin'ereo mpamono olo
ze voata nohon'gny fandraisan'ereo azara tamin'gny fikomia, dra nisy lelahy raiky tokavy ho Barabasy. [8]Dra
nagneo amin'i Pilato gny vahoaky dra nanomboky nangataky taminazy ba hanao ho anazy reo araky gny fanaony
tagny aloha.[9]Pilato namaly anazy reo dra nanao ho:''Tiandrareo se raha gny Mpazakan'gny Jiosy gny halefako ho
andrareo?''[10]Satria fatany fa fialogna gny nanoloran'gny lohan'gny mpisoro an'i Jesosy taminazy. [11]Fa naneta gny
vahoaky reo lohan'gny mpisoro ba hihiaky fatrasy fa tokony ho Barabasy koa gny havotosy.[12]Dra namaly anazy
ereo draiky pilato dra nanao ho: ''Ino gny natolony ha taoko amy mpazakany jiosy?'' [13]Dra nihiakiaky draiky ereo
ho:''Homboy Izy.''[14]Hoy pilato taminy ereo ho: ''Ino gny rasy nataony?'' Fa nihiaky fatrasy disikagny ereo hon:''
Homboy izy.'' [15]Te-hanao izy mahafa-po anazy ereo pilato, ko dra nafahany ho gnanazy ereo Barabasy. Nizerany
Jesosy dra avy eo natolony mbo homboana.[16]Nandesin'ireo maramila eo akiaza izy (izay ivo-toeran'ny fazakana),
dra nitokavin'ereo avo koa gny toko maramila aby
[18]Dra nanomboky niarahaba anazy izy reo dra nizaka ho: ''Arahaba, dra pazakan'ny Jiosy.[19]Nizeran'ereo tamigny
volotara gny lahany sady nandrora teo aminazy. Dra nandohaliky teo agnatrehany izy reo mody nidera anazy.
[20]Gny fa avy naneso anazy izy reo, dra nalan'ereo taminazy ndraiky gny lamba voloparasy dra nampagnisin'ereo
anazy gny fitafiany manoka, dra nandesin'ereo niboaky izy ba hanomboha anazy. [21]Niteren'izy reo gny mpiriosy
raiky izay avy agnaisagny ba hinday gny hazofizalian'i Jesosy, lelahy raiky tokavy ho Simona Kyreniana baban'i
Aleksandra vo Rofosy.[22]Nandesin'ereo miaramila tagny amy toera atao hô Gologota Jesosy ( zay midika hô
''Toeran'gny karandoha'').[23]Nomen'ereo divay nifangaro miora Izy,fa sy nino anizay Izy. [24]Dra nohomboan'ereo Izy
dra nifampizaran'ereo tamy alalan'gny ankisapaky gny fitiakazoany bâ halala ze ampahany rambesin'gny
miaramila kirairaiky.[25]Tamin'gny lera fahatelo Izy gny nohomboan'ereo . [26]Dra teo amy takelaky hazo raiky gny
nisoratan'ereo gny fiampanga nanohisy Anazy hô: ''Mpazakan'gny Jiosy. ''[27]Jiolahy rô gny niaraky
nohomboan'ereo taminazy, gny raiky teo ankavanany dra gny raiky koa teo ankaviany. [28][ Fagnamariha: Tahoky
fandika taloha soa be dra sy magnisy gny Marka 15: 28 hô: ''Dra tateraky gny sorasy Masy manao hô:'Natao ho
isan'gny mpanota Izy.' ( Ampatahao gny Lioka 22: 35) ][29]Ze niriosy teo dra nazakazaka anazy, nihififikifi-doha dra
nanao ho:''Aha! Anao gny afaky mandrava gny fiangona dra magnory anizay ao agnatin'gny telo andro,[30]vozeo
gny vatano dra milira bak'eo amizao hazofizalia zao !''[31]Gny lohan'gny mpisoro koa dra naneso Anazy tahaky
anizay, niaraky tamin'ereo mpanora-dalana,dra nizaka ho:''Namozy gny hafa Izy ,nefa sy mahavozy gny vatany .
[32]Ao gny kristy, gny Mpazakan'Israely, hizoso bak'eo amy hazofizalia, ba ho hitanay dra hinoanay , ''dra reo
nohomboana niaraky taminazy dra naneso Anazy.[33]Tamy lera faha-enina , dra avy teo amy tany aby gny ezy
hatramin'gny lera fahasivy. [34]Dra tamin'izay lera fahasivy zay dra nikoraky tamy feo mahery Jesosy hô:''Eloy,Eloy,
lama sabaktany?''ze midika ho:''Zagnahariko ô , Zagnahariko ô , nanao akory anao gny nahafo Anahay ?''
[35]Gn'ilany tamin'ereo ze nisanga teo nahare gny zakany dra nizaka hô:''Hatio , mitokava an'i Elia Izy.''[36]Nisy olo
raiky nilimalomay, namonto divay marikivy gny sipozy, dra nandraikisy anizay tamin'gny volotara, dra nagnome
anizay ho nominy. Gny lelahy nizaka hô:''Ao ho hitanay raha ho avy ampizoso Anazy eo Elia.''[37]Bak'eo Jesosy
nihiaky tamy feo fatrasy dra maty. [38]Rôta nizara rô hatragny agn'abo dra hatragny ambany gny lamabn'gny
fiangona.[39]Gny fa hitan'gny kapitany ze nisanga vo nifa natriky tamin'i Jesosy fa maty tamin'izay fomba zay Izy
,dra ho Izy hô:''Tena Zanak'Agnahary m,ary vatany io lelahy io.''[40]Dra nisy ampela koa nagnety tegny lavisy tegny.
Agnatin'izay Maria Magdalena, Maria ( renin'i Jakoba zainy vo Josefa), dra Salome [41]Tamin'Izy tany Galilia dra
nagnaraky anazy vo nanompo Anazy ereo. DRa ampela maro hafa koa gny niara-niakasy taminazy tany
Jerosalema.[42]Gny fa avy gny hariva, satria andro Fiomana, zay hô, andro mialohan'gny lefo io, [43]dra avy teo Josefa
laha tagny Arimatia. Mpikamba hazany ao amy Synedriona izy, ze niamby gny Fazakan'Agnahary. Nanam-
pahavania izy nangnangny amin'i Pilato hangataky gny fatin'i Jesosy. [44]Gaga Pilato hô maty sahaly Jesosy ; dra
nitokaviny gny kapiteny dra nagnontany anazy izy raha maty Jesosy,[45]Gny fa nahazo antoky tamin'gny kapiteny
izy fa maty Jesosy, dra nomeny an'i Josefa gny vata mangasiaky. [46]Dra Josefa nivily hariryb madiniky. Nampizoso
an'i Jososy teo amy gny hazofizalia izy,dra namono hariry madiniky Anazy, dra nametraky Anazy tai amy lolo ze

nilavahany tao amy vatolapy. Bak'eo nanakodia vato teo amy varavaram-dolo izy. [47]Dra hitan'i Maria Magdalena vo Maria renin'i Josesy gny toera nandevegna Anazy.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 16

[1]Gny tapisy gny andron'ny sabata, dra nivily zava-magnisy hosora amigny fatin'ny Jesosy i Maria Magdalena vo
Maria renin'i Jakoba, dra Salome nivily hanitra ba handeha dra nagnososy gny fatin'i Jesosy. [2]Vo maraindraimbe
tamigny andro volohan'ny herignandro, dra nagnegny amigny lolo ereo aby niboaky gny masoandro.[3]Dra
nifampizaka ereo ho: "iza gny hagnakodia gny vato eo amigny vatrangaran-dolo ho asika?" [4]Gny fa nitraka ereo,
dra hitany fa voakodia niala gny vato, izay tena lahibe tokoa.[5]Nilisy tao andolo izy reo dra nahita zatovolahy
nekazo fosy, nitoboky teo akavanana, dra gaga izy reo. [6]Dra hiy izy tamin'ereo ho: "ka matahosy. mitalia an'i
Jesosy handrareo, gny Nazarena, izay nomboa nisanga izy! sy eto izy. Atio gny toera izay nanobohandrareo anazy.
[7]Fa mandehana, zakao reo pianany vo Petera fa hialoha lala andrareo agny Galilia izy. Agny gny hahitandrareo
anazy, araky izay nizakan'ny tamindrareo."[8]Niboaky izy reo dra nilomay niala gny lolo; nangovosy vo talazo izy
reo. Sy nizaka dre ino dre ino tamignolo izy reo satria tena natahosy fatrasy.[9](Fagnamariha: gny fandikany taloha
soa gny mangalaky gny Marka: 16:9-20) vo maray tamigny andro volohan'ny hirignandro, tafaran'ny
nisanganany, dra niseho taminazy Maria Magdalena aloha izy, gny nandroahany demonia fito. [10]Dra nandeha
Maria dra nizaka gny vaovao tamin'ereo nindray tamin'i Jesosy, gny bo nisaona vo nitomagny izy reo. [11]Ren'izy
reo fa velo izy dra nahita anazy izy, fa saiky sy nino izy reo.[12][Gny fandika taloha soa dra ala gny
mark16:920]tafaran'ereo raha reo jesosy dra niseho tamigny andriky hafa tamigny ro tamin' ereo, raha nandeha
ho agny an-tanana ereo.[13]Dra lasa ereo vo nizaka tamin' ereo mpianasy sisa, saingy sy nino ereo[14][fagnamariha:
Gny fadika taloha soa dra mangalaky gny mark16:9-20]tafarany masaisaikky dra niseho tamin' ny iraika ambiny
folo lahy jesosy gny bo teo am-pihinana izy ereo Izy ereo, vo nizaka fatrasy anazy ereo vogny sy finoa vo
hamafiny fon'izy ereo, satria sy nino ereo izay nahita anazy tafarany nisaganany tamin' ny maty izy ereo. [15]Dra ho
izy tamin'ereo ho: "Mandeahna agny amizaho totolo izao, dra torio amigny olo aby gny Filazatsara.[16]Ze mino vo ze
atao batisa gny ho voze, vo izay sy mino dra helohy.[17][fagnamariha: gny fandika taloha soa dra mangalaky gny
mark16:9-20] Ereo famatara ereo dra hagnoriky ereo ze mino: amigny agnarako vo hamoahan' izy ereo demonia.
fizaka aminazy fizaka vaovao izy ereo.18Handramby gny menarana amigny tagnany izy ereo, dra raha nino
rahamahafaty izy ereo dra sy hampagnino an' ereo zay. Hametratagna amigny marary izyereo, dra ho sitrany
ignohagny."
[20]Dra lasa ereo mpianasy nitory teny aziaby tagny, vo gny tompo niaraniasa tamin'izy ereo ary nagnafatrasy gny
teny tamin'ny alalan'ny famatara izaho niaraky tamin'ny ereo

# Luke

Chapter 1

[1] Maro gny niezaky nanorasy tatara mahakasiky gny raha-nisanga ze tateraky teto amisika, [2]araky ze fa
nanoloran'ereo anazy tamisika, ze fa vavolombelo nanatri-maso vo mpanompon'gny tegny hatragny am-
piandoha. [3]Dra aminahy avo koa dra mety-gny fa nanadihady soa gny fandehan'gny raha aby hatramin'gny
volohany gny hanorasy tatisy araky gny filaharany ho anao,ry Teofilo mendriky indrindra. [4]Zay dra hahalalanao
gny mary momba gny raha ze nampianary anao.[5]Tamin'gny andron'i Heroda, Mpazakan'gny Jodia, dra nisy raiky
tamy mpisoro tokavy ho Zakaria, laha tamin'gny antokon'i Abia. Gny valiny dra laha tamin'gny zanakapelan'i
Arona, dra gny agnarany dra Elizabeta. [6]Samy mary teo anatrehan'Agnahary ereo,dra nakato gny didy aby vô gny
fisipiky gny Topo. [7]fa sy nana-zanaky seky ereo,satria momba Elizabeta, dra samy fa tena atisy avo koa izy rô reo
tamin'izay fotoa zay.[8]Dra zay dra mahakasiky an'i Zakaria teo fanatrehan'Agnahary, nagnatateraky gny asan'gny
fisorona araky gny fofandimbiasan'gny isan-tokony. [9]Araky gny fomba fanaon'ereo gny amy fisafiliana mpisoro ze
tokony hanompo, dra voafilin'gny kodia masaiky hilisy hagnoro gny emboky magnisy ao am-fiangona gny Topo
izy. [10]Tamin'gny lera nagnoroa gny emboky magnisy dra nivavaky tegny ambaliky gny vahoaky aby.[11]Dra nisy
azely gny Topo niseho taminazy dra nisanga teo ankavanan'gny alitara nisy gny amboky magnisy. [12]Gny fa nahita
anazy i Zakaria, dra natahosy vo heniky gny tahosy izy. [13]Fa hoy gny azely taminazy:"Ka matahosy , ry Zakaria, fa
nitenoanao gny vavakao. Hitoe-zaza lahy aminao Elizabeta valinao. Jaona gny ataonadrareo agnarany.[14]Hanam-
pifalia vo haravoa anao, dra maro koa gny ho faly amy fahaterahany. [15]Satria ho lahibe izy eo amason'gny Topo.
Sy hino divay dre raha-pinomy mahary mihisy izy, dra ho feno gny Fanahy Masy hatragny an-tron-dreniny izy.
[16]Maro amy vahoakin'Israely gny hitoliky amy Topo Zagnaharin'ereo. [17]Handeha eo alohan'gny tavan'gny Topo
amy fanahy vo gny herin'Elia izy. Zay gny ataony dra gny ba hitolihan'gny fon'gny ray amin'gny zanaky, ba
handehanan'ereo ze sy magneky amy lalan'gny fhendren'gny mary ba hagnoma vahoaky fa vonona ho an'gny

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Topo nohomany ho Anazy.''[18]Dra Zakaria nizaka tamin'gny azely ho:''Nanao akory gny ahalalako anizay? Fa zaho
fa anti-dahy dra gny valiko dra tena fa atisy.''[19]Dra hoy gny azely namaly vo nizaka taminazy:'Izaho gny Gabriela,
gny misanga eo anatrehan'Agnahary. Dra voairaky zaho ba hizaka aminao, hinday anizao vaovao soa zao aminao.
[20]Koa indro! Ho moa anao, dra sy afaky hizaka, mandra-piavin'gny andro hisehoan'ereo raha reo. Satria sy nino
gny zakako anao, zay ho tateraky amy fotoa voafarisy.''[21]Dra gny vahoaky sasa-niamby an'i Zakaria. Gaga
nohon'gny fizanognany maharisy tao anm-piangona ereo. [22]Fa gny niboaky izy , dra sy afaky niresaky tamin'ereo .
Dra fatasin'ereo fa nahita fahita izy tamy tao am-piangona. Nanao baiko moana tamin'ereo izy dra nizano ho
moana. [23]Dra gny fa avy gny andro ahataperan'gny fanompoany, dra lasa noly tagny an-tragnony izy.
[24]Tafaran'ereo andro reo,dra nitoe-zaza Elizabeta dra nivony nandrisy gny dimy vola. Ho izy ho:[25]''Zao gny
nataon'gny Topo ho anahy gny fa nisizo anahy Izy ba hangalaky gny hegnasiko eo anatrehan'gny olo.''[26]Teo amy
faha enim-bola, dra nirahin'Agnahary gny azely Gabriela nagnagny amy tana raiky tao Galilia tokavy hô
Nazareta, [27]ho agny amy veriziny raiky ze fofom-baliny lelahy tokavy hô Josefa. Agnisan'gny taranak'i Davida izy,
dra gny agnaran'gny veriziny dra Maria. [28]Nagneo aminazy izy dra nizaka hô:''Arahaba , gny nohasoavina
indrindra! Gny Topo ho ao aminao.''[29]Fa tegna very hevisy tamin'gny zaka izy nagnotany vata hô karaza fiarahaba
ino se zay.[30]Ho gny azely taminazy:''Ka matahosy, ry Maria, fa nahita sitraky tamin'Agnahary anao. [31]Indro, hitoe-
zaza anao dra hiteraky zazalahy . Dra gny agnarany ho tokavy hô Jesosy.'[32]Ho lahibe Izy dra ho tokavy hô Zanaky
gny Avo Indrindra. Gny Topo Zagnahary hagnome Anazy gny seza fiandrianan'i Davida razambeny. [33]Dra hazaka
mandrakizay amy taranak'i Jakoba izy,dra sy hanam-pahatapera gny fakazany.''[34]Hoy Maria tamin'gny azely
:''Nanao akory gny hisehoan'izay ,fa bo sy niara-nandry tamy lelahy zaho?''[35]Gny azely namaly vo nizaka
taminazy hô:''Hirosaky aminao gny Fanahy Masy , dra gny herin'gny Avo indrindra gny ho avy aminao. Ka gny
masy ho teraky dra ho tokavy hô Zanak'Agnahary.[36]Indro, Elizabeta havanao dra nitoe-zaza lahy avo koa dre dra
tamy fahaterany avo. Fa faha enim-bola gny anazy zao, izy gny nitokavy hô momba. [37]Satria sy misy raha sy ho
azo taterahy amin'Agnahary.'' [38]Ho i Maria:''Tihôky izaho gny mpanompovavin'gny Topo. ao ho tateraky aminahy
zay araky gny hafasinao.'' Dra niala teo aminazy gny azely.[39]Dra tamin'izay andro zay i Maria dra niala dra
nandeha malaky nagnagny amy tany abo, agny amy tanan'i Jodia. [40]Nangnangny amy tragnon'i Zakaria izy dra
niarahaba an'i Elizabeta. [41]Dra nony gny nahare gny fiarahaban'i Maria i Elizabeta,dra nibitaky gny zaza tao an-
trony, dra feno gny Fagnahy Masy Elizabeta.[42]Nampiakam-peo vo nizaka fatrasy izy ho:''Nosoavy noho gny
ampela aby anao, dra nosoavy gny nateraky gny kibonao. [43]Nanao akory zay gny misy aminahy fa gny renin'gny
Topoko gny avy hagnato anahy?[44]Fa ingo, gny fa avy teo asofiko gny fiarahabanao, dra nietan-kafalia gny zaza ato
an-troko. [45]Sambasy izy ze nino fa ho tateraky reo raha ze nizakan'gny Topo taminazy.''[46]Ho i maria: "midera gny
tompo gny fagnahiko,[47]Vo gny fagnahiko nifaly tao amin' andriamanitra mpamoziko.[48]Fa nagnety gny fahanran'
ny mpagnampiny apela Izy.Vo iho, manombokamizaho gny taranakiziaby nitoka anahy ho sambasy.[49]satria nanao
raha lahibe taminahy i mahefa gny raha aby vo masina gny agnarany.[50]Fa maharisy ho agny taranaky
faramandimby ze matahosy vo gny famindram-pony.[51]Nampiseho gny heriny tamigny sandriny izy; dra
namparitaky ereo ze nirehareha tamigny eriseriny gny fon' ereo.[52]Naongany tamigny seza fiandrianany gny
zzanaky lahin' ny mpazaka vo ereo ambany nakalazany.[53]Nataony visy rahasoa ereo resy, fa gny mpanakarena
nampiheregniny sy nanagna ino na ino.[54]Nagnome fagnampia gnan'Israely mpagnampiny Izy, ba hahatriarovany
haneho famindram-po[55](araky gny nizakany tamindrareo rasika) tamign' i abrahama vo gny taranany
mandrakizay.''[56]Nizano nitoesy tao amin'i Elizabeta tokony ho telo vola i Maria dra avy eo nihery noly tagny an-
tragnony. [57]Dra avy gny fotoa hiterahan'i Elizabeta izy. [58]Nahare gny famindram-po lahibe nataon'gny Topo
taminazy gny mpiara-mony aminazy vo reo havany , dra niara-paly taminazy ereo.[59]Dra tamin'gny andro
fahavalo dra avy hamora gny zaza ereo. Saiky ho tokan'ereo hô''Zakaria,'' araky gny agnaran-drany izy. [60]Fa gny
reniny koa namaly dra nizaka hô:''aha. Jaona gny hitokava anazy.''[61]Dra ho ereo taminazy: ''Sy misy amy havanao
tokavy amin'izay agnara zay.''[62]Nanao baiko moa tamy rany ereo gny amy tiany ho atao agnarany. [63]Nangataky
solaisy fanorata gny rany dra nanorasy hô:''Jaona gny agnarany.'' Dra gaga tamin'izay aby izy.[64]Dra niaraky
tamin'izay dra nisokaky gny vavany dra nala gny lelany. Nizaka izy dra nidera an'Agnahary. [65]avy teo amin'ereo
aby nagnodidy anazy gny tahosy. Dra niely eraky gny tana agnevon'i Jodia gny raha-niseho teo aby. [66]Dra reo aby
nahare gny dra mandray anio tao am-pony , dra nizaka ho:''Hazary ino itiho zaza itiho ity?''Fa momba anazy gny
tagnan'gny Topo.[67]Dra feno gny Fanahy masin'i Zakaria rany dra naminany, dra nizaka ho:[68]''Deray seky gny Topo,
Zagnaharin'Israely, fa avy nagnapy vo nagnatateraky gny fagnafaha ho agny vahoaky Izy.[69]Nanandrasy agn'abo
gny tandrom-pagnavota ho asika ao an-tragnon'i Davida mpanompony Izy, [70]tahaky ze nizakany tamy vavan'ereo
mpaminany masy tamy andro taloha tagny. [71]Hinday famoze amy fahavalosika vo amy tagnan'ereo aby malaiky
asika Izy.[72]Zay gny hataony dra gny ba hampisehoa gny famindram-po amin'ereo rasika vo hampasiahiva gny
fanekem-pihavanany Masy, [73]dra gny fianiana nizakany tamin'i Abrahama rasika. [74]Niania gny hahazoasika , fa
gny afaky tamy tagnan'gny fahavalosika, manompo Anazy sy ami-tahosy ,[75]am-pahamasina vo am-pahamarigna


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

eo anatrehany amy androsika aby.[76]Egny , dra anao , ry zaza, dra ho tokavy ho mpaminanign'abo Indrindra, fa handeha hialoha gny tavan'gny Topo anao dra hagnamboasy gny lalany, ba hagnoma dra olo gny amy fiaviany, [77]ba hagnome fahalalam-pamoze ho agny olony amy alalan'gny famela gny helok'ereo.[78]Zay gny hiseho dra nohon'gny famindram-po masin'gny Zagnaharisika, nohon'gny amin'izay gny hiposahan'gny masoandro baka amy avo ba ho avy hagnapy asika,[79]hagnazava an'ereo ze mipetraky ao agnatin'gny hezy vp reo ao agnatin'gny aloky gny fahafatesa. Hataony zay ba hitariha gny tombosika amy lalam-piadagna.''[80]Dra gny zaza dra nitombo dra avy nahery amy fagnahy,dra tagny agn'efisy izy mandra-piavin'gny andro hisehoany ankarihary amin'Israely.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 2

[1]Dra tamizay andro zay, dra nandefa lily mibaiko ze mibaiko eto amizao totolo izao Aogosto Kaisara. [2]Izay gny
fagnisaham-bahoaky natao volohany tamin'i Kyrenio gny panapaky tagny Syria. [3]Noho izay gny olon'aby dra
nagnagny amigny tana nianiany aby ba hisorasy agnara ho anigny fahasolam-bahoaky.[4]Dra nandeha niakasy
boaky a Galilia agny koa, boaky a tanananigy Nazareta agny, ho agny Jodia, tanan'i Davida ze tokavy ho
Betlehema, akory izy boaky amigny tragno vo fianakavian'i Davida. [5]Nandeha tagny izy ba hanorasy agnara
niaraky tamin'i Maria, ze fofom-baliny dra nivesasy izy.[6]Dra raha bo tagny ereo , dra avy gny fotoa hiterahany
gny zanany. [7]Niteraky zaza lahy izy, zanany volohany, dra izy nandrokoky lamba-zaza Anazy vo nampandry
Anazy teo amy fihinanam-bilo, satria sy nisy toera ho anazy reo tao amy hotely.[8]Nisy mpiaraky agn'ondry
tamin'izay farisy zay ze nizano tagny an-tanimboly, niamby gny andianagn'ondry tamy hariva. [9]Nisy azely gny
Topo niseho tamin'ereo, dra gny voninahisy gny Topo namirapirasy magnodidy anazy, dra feno tahosy lahibe
ereo.[10]Dra nizaka tamin'ereo gnmy azely nanao ho:''Ka matahosy, fa hinday vaovao soa ze hinday hafalia lahibe
ho an'gny olo aby zaho. [11]Androany dra nisy mpagnavosy ze teraky ho andrareo agny an-tanan'i Davida! Izy gny
kristy Topo! [12]Zao gny famatara ze home andrareo:Hahita zazakely mirakosy lamba-zaza dra mandry eo amy
fihinanam-bilo andrareo.''[13]Tapoky teo niaraky tamin'gny azely,dra nisy tafiky gny lagnisy lahibe nidera
anagn'Agnahary nanao ho:''[14]Voninahisy ho an'Agnahary agny amy avo indrindra, dra hisy fiadana seky eto an-
tany eo amy olo ze ankasitrahany.''[15]Dra gny fa niala teo amin'ereo nagnagny an-dagnisy gny azely, gny mpiamby
agn'ondry nifampizaka ho:''Andeha isikazao ho agny Betlehema, dra hagnety anizay raha-niseho zay, zay
nampahafatarin'gny Topo asika zay.''[16]Nandeha malaky tagny ereo dra nahita an'i Maria vo Josefa, dra nahita gny
zazakely nandry teo amy fihinanam-bilo.[17]Tafaran'gny nahitan'ereo Anazy,dra nampahafatarin'ereo gny raha aby
nizaka anazy gny momba io zaza io. [18]Zay aby nahare anizay dra gaga gny amy nizakan'gny mpiaraky agn'ondry
tamin'ereo. [19]Fa Maria koa nanohy nieriserisy momba gny raha aby ze reny,dra nitahiry anio tao am-pony.
[20]Nihery gny mpiaraky agn'ondry, nagnome voninahisy vo nankalaza na'Agnahary noho gny raha aby ze ren'ereo
vo hitan'ereo, araky ze nizakany tamin'ereo.[21]Gny fa tapisy gny andro fahavalo, gny fa nofora Izy,dra nome
agnara ho Jesosy , gny agnarany nomen'gny azely Anazy talohan'gny nametraha Anazy tao an-trony.[22]Dra gny fa
dila gny isan'gny andro nitakiny hiliovany, araky gny lalan'i Mosesy, dra ninday Anazy niakasy ho agny am-
piangona tao Jerosalema i Maria vo Josefa ba hanolosy Anazy eo amy Topo.[23]Araky ze voasorasy ao amy lalan'gny
Topo hô:''Gny lahy aby ze voaloha-teraky dra hatoka ho an'gny Topo.''[24]Noho zay dra nanolosy soro araky ze
voazaka ao amin'gny lalan'gny Topo ereo,''damohina rô dre zanaky voromailala rô.''[25]Dra indro, nisy lelahy tagny
Jerosalema, Simona gny agnarany, dra zay lelahy zay dra mary vo mafana fo. Nitalia gny fampionogna an'Israely
izy, dra tao aminazy gny Fanahy Masy. [26]Nagnambaran'gny Fanahy Masy taminazy fa sy hahita fahafatesa
mialohan'gny ahiatany gny kristian'gny Topo izy.[27]Nitarihin'gny Fanahy , nagnagny am-piangona Simona. Fa gny
ninday an'i Jesosy zazakely nilisy gny ray aman-dreniny, ba hanao anazy araky gny fomba ao amy lala, [28]dra
nirambesiny ho egny asandriny Izy sady nidera an'Agnahary dra nanao ho:[29]''Amizao angao andeha am-piadana
gny mpanomponao, ry Topo, araky gny zakanao.[30]Fa gny masoko nahita gny famozenao,[31]zay namaninao teo amy
fanatrehan'olo aby:'v 32 Dra fahazava ho fagnambara ho an'gny zetilisa dra voninahisy ho an'Israely
olonao.''[33]Gny ra vo gny renon'gny zaza dra kamo tamin'gny raha nizakany mahakasiky Anazy. [34]Niso-drano anazy
gny Simona dra nizaka tamin'i Maria reniny ho:''ingo, itiho zaza itihodra voatendry ho amin'gny fandavoa vo
fanandrata gny olon'Israely maro dra ho famatara ze nandagnany [35]dra hisy sabasy handoaky gny fagnahinao ba
ho voambara gny hevisy gny fo maro.'''[36]Nisy mpaminany vavy raiky tokavy ho Ana teo. Zanakapelan'i Fanoela
laha tamin'gny foko Asera izy. Tena atisy izy . Nipetraky niaraky tamin'gny valiny fito tao tafaran'gny nahaviriziny
anazy izy, [37]dra mpinday vata naharisy gny efasy amby valopolo taona. Sy nanga gny tempoly marina izy vo
manompo tamign' ny fifadian-kanina vo vavaky, andro aman'alino.[38]Taminizaho lera izaho dra nagnato mariny
anazy ereo izy vo nanomboky nagnome fisora an'agnahary vo nizaka gny mombanigny zaza tamigny olon'aby ze
nandigny gny fagnavota an'i Jerosalema.[39]Gny fa nahavita gny raha aby napanoviny araky gny lalanigny Topo
ereo, dra nihery ta Galilia agny, agny amigny tanan'ereo a Nazareta agny. [40]Nihalahibe gny zaza dra nihanatazaky,
nitombo fahendrena, dra gny fahasoavan' Agnahary dra tao aminazy.[41]Gny ray aman-dreniny dra nagna
Jerosalema agny isatao hamozy gny firavoravoanigny Paska. [42]Gny fa ro ambinigny folo tao izy, dra nandeha
nagnagny araky gny fomba fanao amigny fety ndraiky ereo. [43]Dra gny fa boaky nitoby tagny nandrisy gny
andronigny fety manotolo ereo, dra nanomboky nihery noly ereo. Fa Jesosy zazalahy nizano ta Jerosalema agny
nefa sy fatasy gny ray aman-dreniny zay. [44]Nataon'ereo fa niaraky tamigny olo niara-dia tamin'ereo izy, dra
nandeha nandrisy gny andro raiky manotolo ereo. Dra boakeo dra nanomboky nitalia anazy tagny amireo
havany vo reo namany ereo.[45]Gny fa sy hitan'ereo Izy, dra nihery ta Jerosalema agny ereo dra nanomboky nitalia

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

anazy tagny. [46]Gny fa ny afaky telo andro, dra hitan'ereo tao atepoly izy, nipetraky teo agnevon'ireo papianasy, niteno anereo vo nametraky fagnotania tamin'ereo. [47]Ze nahare anazy aby dra gaga tamigny fahalalany vo reo valizakany.[48]Gny fa nahita anazy ereo, dra talazo. Gny reniny nizaka taminazy ho: "Zanako, nagnino hanao gny nanao manahaky anizao anahy? Tenoy, izaho vo gny babanao nitalia anao tami-tebiteby." [49]Izy nizaka tamin'ereo ho: "Nagnino handrareo gny nitalia anahy? Sy fatandrareo ra fa sy maisy ho ao atragnonigny Rako zaho?" [50]Fa sy azon'ereo ze tiany hizaka tamin'izay zaka zay.[51]Dra noly niaraky tamin'ereo tagny Nazareta Izy sady nankato anazy reo. Gny reniny dra nitahiry anizay raha aby zay tao am-pony. [52]Fa Jesosy nihanitombo fahendrena vo nitombo vata, dra nitombo fitia tamin'Agnahary vo gny olo.

## Chapter 3

[1]Ramy tao faha dimy ambinifolo nazakan'i Tiberie kaisara-fony pontio Pilato gny goveronoran'i Jodia, Herda dra
mpanapaky tao Galilia, Filipo rahalahiny dra mpanapaky tao amy farisy Itoria vo Trakonitisy , dra Lysania dra
mpanapak'i Abilena, [2]nandrisy gny fisorognam-ben'i Aniasy vo Kaiafa-dra avy tamin'i Jaona zanadahin'i Zakaria
tagny agn'efisy gny zakan'Agnahary.[3]Nandeha tagny amin'ereo farisy aby magnodidy an'gny Jordana Izy, nitory
gny batisan'gny fibebaha ho famelana gny heloky.[4]Araky gny voasorasy ao amin'gny bokin'gny zakan'gny Isaia
mpaminany ho:''Nisy feo raiky nitoka fatrasy laha tagny agn'efisy ho:'Atovy vonona gny lalan'gny Topo, atovy
mahisy gny lalan-kandehany.[5]Gny lohasaha aby ho totofa, dra gny tendrombohisy vo gny havoa hahesy, dra gny
lala miholaky dra amboary hahisy, dra gny toera mikitoatoadra ho atao lala, [6]dra gny nofo aby dra hahita gny
famozenan'Agnahary.''[7]Koa nizaka tamin'ereo vahoaky ze avy ataony batisa i Jaona ho:''Andrareo ry taranaky gny
menarana! Iza gny nampitandry andrareo ba handositry gny fahaoria ze ho avy?[8]Noho zay . mamokara tegnany
mendriky gny fibebaha , dra ka manomboky mizaka ao agnatindrareo ho:''zahay mana an'i Abrahama ho ranay,'
fa mizaka andrareo zaho fa Zagnahary dra afaky mananga zanaky ho an'i Abrahama baka amin'itahoky vato
tahoky.[9]Amizao gny famaky dra mipetraky eo amin'gny fotosy gny hazo. Koa gny hazo aby ze sy mamoa tegnany
soa dra voatapaky dra haria agny amin'gny afo.''[10]Dra gny vahoaky dra nagnontany anazy hatragny , nizaka
ho:''Ino gny ataonay?''[11]Namaly izy dra nizaka tamin'ereo ho:''Raha misy olo mana akazo lava ro, tokony mizara
anizay amy olo raiky ze sy mana izy , dra ze mana sakafo koa dra tokony hanao manahaky anizay.''[12]Reo
mpamory hetra koa dra avy ba hatao batisa, dra nizaka taminazy ho: ''Mpampianasy o, ino gny sy maisy
ataonay?''[13]Izy nizaka anazy reo ho:''Ka mamory vola mihoasy noho ze ampangala andrareo.''[14]Miaramila
maromaro koa nagnontany anazy,nizaka ho:''Nanao akory gny momba anay? Ino gny sy maisy ataonay?'' Izy
nizaka tamin'ereo ho:''Ka mangalaky vola amin'olo an-keriny, dra ka miapanga vandy olo. Mifalia amy
karamandrareo.''[15]Dra raha niamby fatrasy gny fahavian'i Kristy gny vahoaky, dra nagnontany tao am-pony gny
mahakasikan'i Jaona gny kirairaiky, dre mety ho izy dre sy izy gny kristy. [16]Jaona namaly tamy fizaka anazy aby
ho:''Raha gny aminahy, dra manao batisa andrareo amy mahery mihoasy anahy, dra sy mendriky zaho dre dra
hamaha gny fehi-kapany . Hanao batisa anadrareo amy Fanahy Masy vo gny afo Izy.[17]Eo an-tagnany gny
fikororohany ba hagnaliova soa gny ao am-pomoloany vo hanangona gny vary ho agny amy sompiny. Fa ho oroa
amy afo sy mety vono gny lila.''[18]Niaraky tamy fagnanara maro hafa avo koa , Jaona nitory vaovao soa ho agny
vahoaky. [19]Heroda mpanapaky gny fa nanary nohon'gny fanambalia gny valin-drahalahiny Herodiasy, vo
nohon'gny raha rasy hafa aby ze vitany, [20]dra ho fagnampin'izay aby zay. dra niboaky tagny am-poza Jaona.
[21]DRam gny fa vita batisa avo koa gny olo aby,dra natao batisa koa Jesosy , dra raha bo nivavaky izy, dra nisokaky
gny lagnisy, [22]dra gny Fanahy Masy nangalaky endriky ka nizoso teo aminazy tahaky gny voromailala,dra nisy feo
bak'agny an-dagnisy nanao ho:''Anao gny Zanako. malalako. Faly Zaho nohon'gny aminao.''[23]Gny fa nanomboky
gny asa fanompoany Jesosy, dra teo amin'gny telo-polo tao teo nIzy, Izy gny zanadahin'i ( arakky gny fihevera)
Josefa , zanak'i Hely, [24]zanak'i Matata, zanak'i Levy, zanak'i Melky, zanak'i Janay, zanak'i Josefa.[25]Josefa dra zanak'i
Matitia, zanak'i Amosa, zanak'i Nahoma, zanak'i Elsy, zanak'i Nagay, zanak'i Mata,[26]zanak'i Matatia, zanak'i
Semey, zanak'i Joseka, zanak'i Joda.[27]Joda dra zanak'i Joanana, zanak'i Rase, zanak'i Zerobabela, zanak'i Seltiela,
nazak'i Nery, [28]Zanak'i Melky, zanak'i Ady, zanak'i Kosama, zanak'i Elmadama, zanak'i Eliezara, zanak'i Joreima,
zanak'i Matata, zanak'i Levy.[30]Levy dra zanak'i Simeona, zanak'i Joda zanak'i Josefa, zanak'i Jonama, zanak'i
Eliakima, [31]Zanak'i Malea, zanak'i Mena, zanak'i Matata, zanak'i Natana, zanak'i davida, [32]Zanak'i Jese, zanak'i
Obeda, zanak'i boaza, zanak'i Salmona, zanak'i Nahasona.[33]Nahasona dra zanak'i Aminadaba, zanak'i Adimina,
zanak'i Arny, zanak'i Hezrona, zanak'i Fazera, zanak'i Joda, [34]zanak'i Jakoba, zanak'i Isaka, zanak'i Abrahama,
zanak'i Tera , zanak'i Nahora, [35]zanak'i Seroga, zanak'i Reo, zanak'i Palega, zanak'i Ebera, zanak'i Sela.[36]Sela dra
zanak'i Kenana, zanak'i Arpaksada, zanak'i Sema, zanak'i Noa, zanak'i Lameka, zanak'i [37]Metosela, zanak'i Enoka,
zanak'i Jareda, zanak'i Mahalalila, zanak'i Kenana, [38]zanak'i Enosa, zanak'i Seta, zanak'i Adama, zanak'Agnahary.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 4

[1]Tafaran'i Jesosy, gny feno gny fagnahy masy, dra nihery avy tagny amigny reniranon'i Jordana, dar nandesiny
fagnahy masy tagny agnefisy. [2]Izay nangalany devoly fagnahy anazy nandrisy gny efapolo andro. Sy nihina dre
ino dre ino izy nandrisy reo andro reo, tamigny fotoa farany dra resy izy.[3]Gny devoly nizaka taminazy ho: "gny
zanak'i Zagnahary hanao, dra didio ho lasa mofo io vato io." [4]Jesosy namaly anazy ho: "voasorasy ho: "sy gny
mofo avo gny ivelomani gnolo.""[5]Avy eo nandesiny devoluy tegny amigny toera agnabo dra napotorony anazy
malakilaky gny fazakana aby zao totolo zai. [6]Gny devoly nizaka taminazy ho:" homeko anao gny fahefana aby vo
gny famirapiratany aby, satria, fa name anahy reo, dra afaky omeko gny olo izay tiako ome anazy. [7]Noho zay, gny
miakohoky vo manopo anahy hanao, dra ho azonao izay.""[8]Kanefa Jesosy namaly dra nizaka anazy ho:""
Voasorasy ho:" Hidera gny tompo Zagnaharinao hanao, dra izy raiky avo gny ho tompoinao.""[9]Avi eo gny devoly
dra ninday an'i Jesosy tagny Jerosalema dra nataony tegny amigny fara-tampon'ny tempoly, dra nizaka taminazy
ho:"Gny zanak'i Zagnahary hanao, dra azerao avy atiky gny tegnanao. [10]Satria fa voasorasy ho:"hibaiko gny
azileny gny aminao izy, ba hiaro anao, [11]Dra" izy reo hanandrasy anao amigny tagnany, ba sy ho tafitohin'i vato
gny tombokao.""[12]Namaly anazy. Jesosy nizaka ho:" fa zinaka ho:" ka mangalaky gny tompo Zagnaharinao."" [13]Gny
vita gny fangalan'ny devoly fagnahy an'i Jesosy, dra nandeha izy dra nagnenga anazy ambara pahavin'ny fotoa
hafa.[14]Avy eo Jesosy nihery tagny Galilia tamigny herin'ny fagnahy, dra gny vaovao momba anazy dra fa niely
nanera gny farisy magnodidy aby. [15]Dra nanomboky nampianasy tao amigny Synagogan'izy reo izy dra
nideran'ny aby.[16]Nandeha tagny Nazareta izy , gny tana nahalahibe anazy, dra araky gny fomba fanaony, dra
nilisy tao amigny Synagoga tamigny andro Sabata izy dra nisanga ba hamaky teny fatrasy. [17]Natolony anazy gny
horonan-taratasin'Isaia paminany. Nisokafiny gny boky dra hitany gny toera nanoratana anazy,[18]"Gny
fagnahin'ny tompo dra tao aminahy, satria izy nanorasy anahy hizaka gny vaovao mahafaly ho an'ny mahatra.
Izy gny nandeha anahy hizaka fahafahana ho an'ireo babo, dra hagnery gny fahitana ho an'ny zamba, hagnafaky
reo zay apahoria, [19]Hizaka gny taom-pakasitrahana an'i Zagnahary."
[20]Avi eo dra naoriny gny taratasy, naheriny tagny amigny pitandry, dra nitoboky izy. Gny mason'ireo aby tao
amigny Synagoga dra nibazian anazy. [21]Nanomboky nizaka taminazy reo izy ho:" androany itiky sarasy masina
tiky dra tateraky eo apitenoandrareo." [22]Gny aby tao dra nizaka soa gny momba anazy dra gaga tamigny teni-
pahasoava izay naloaky gny vavany izy reo, dra nagnotany izy reo ho:" fa sy gny zanak'i Josefa se tiky?""[23]Izy
nizaka tamin'ereo ho:" azo atoky fa hizaka itiky ahobolana tiky aminahy handrareo ho;" dokotera, satria gny
vatanao. Na ino na ino renay fa nataonao tao Kapernaomy, dra manova manahaky zay agny amigny taninao.""
[24]Nefa nizaka izy ho:" zakako marina amindrareo. si misy mpiaminany voaray ao amigny taniny.[25]Kanefa zakako
marina amindrareo fa marop gny apela pitai-tegna tagny Israely tamigny andron'ny Elia, gny nihily gny lagnisy
mandrisy gny telo tao vo enim-bola, dra nisy mosary lahibe avy teo amigny tany aby. [26]Nefa Elia sy nalefa na
tamin'iray tamin'izy reo aza, fa tao Zerapata agny Sidona avo, tagny amigny pinday tegna izay nitoboky tagny. [27]Fa
maro reo boka tao Israely tamigny andron'i Elia paminany, nefa sy nisy na dre raiky tamin'izy reo aza sitrany afa-
sy Namana gny Syriana.""[28]Gny olo aby tao amigny Synagoga dra heniky gny hatezerana aby nandre reo raha reo.
[29]Nisanga izy reo, nanery anazy hiala gny tanana, dra nandefa anazy tegny an-tepolin'ny havoana izay
nioregnany tagnan'izy reo, ba hazera anazy amigny hasana. [30]Nefa nandeha namakivaky teo agnevon'izy reo dra
lasa nandeha tagny amigny toera-kafa.[31]Avy eo izy dra nizoso tagny Kapernaomy, tanana raiky agny Galilia, dra
nanomboky nampianasy anazy reo tamigny Sabata izy. [32]Izy reo dra nitolagaga tamigny fapianarana nataony,
satria nizaka tamigny fahefana izy.[33]Dra tao amigny Synagoga dra nisy lelahy zay nitobohan'i fagnahy maloton'ny
demonia, dra izy nihikiaka tamigny feo fatrasy ho:" [34]Ah! ino gny ifandresanay aminao, dra Jesosy avy agny
Nazareta? avy ba hamotiky anay se hanao? fataso ho iza hanao-gny raiky masin'iZagnahary!""[35]Jesosy nizaka
fatrasy gny demony, dra nanao ho:" Ka mizaka dra miala ao aminazy!"" Gny nanipy gny lelahy hiazera niala tao
agnevon'ereo gny demony, dra niala tao aminazy, dra sy nandrasy anazy sasy. [36]nitolagaga aby koa gny oloaby, dra
nanohy nifapizaka gny momba izay. Nizaka izy reo ho:" fa zaka manahaky gny eza se zay?" bekoiny amigny
fahefana vo hery gny fagnahy maloto dra miboaky." [37]Noho izay dra nanomboky niely nanera gny farisy
magnodidy gny lazany.[38]Dra nagnenga gny Synagoga Jesosy dra nilisy tao an-tragnon'i Simona. Dra nampizalin'ny
tazo mahery gny rafozambavin'i Simona, dra niangavy taminazy ho nazy izy reo. [39]Dra nizoro teo alihany izy dra
nizaka fatrasy gny tazo, dra niala taminazy izay. Avy hatrany izy dra nisanga dra nanomboky nanompo anazy
reo.[40]Gny fa niletiky gny masoandro, dra ninday gny olo-drehetra nararin'ny arety maro samihafa teo aminy
Jesosy gny olo. Nametra-tagna tamigny kiraikiraiky avy amin[41]Reo demony avo koa dra niala tao amy maro
tamin'ereo, nihiakihaky fatrasy vo nizaka ho:"Anao gny Zanak'Agnahary!" Jesosy nizaka fatrasy gny demonia dra
sy nagnenga anazy gny hizaka,satria fatasin'ereo fa Izy gny Kristy.[42]Vao mangiran-drasy , dra nandeha tagny amy

toera mangingiky Izy. Vahoaky marobe gny nitalia Anazy dra nagnegny amy toera ze nizy Anazy. Izy reo gny niezaky gny nihazo Anazy ba sy hiala eo amin'ereo. [43]Fa Izy nizaka tamin'ereo ho:''Sy maisy mitory gny vaovao mahafaly momba gny fazakan'Agnahary amy tana maro hafa avo koa zaho, satria zay gny atony nagniraha anahy tetiho. [44]Bak'eo Izy dra nanohy nitory tao amin'ereo Synagoga manera an'i Jodia.

 

Chapter 5

[1]Dra zao gny nisy, raha nitangoro nagnodidy an'i Jesosy gny olana dra niteno gny zakan'Agnahary, dra nisanga teo
amoron'gny farihin'i Genesareta Izy.[2]Nahita Sambokely ro nizano teo amoron'gny farihy Izy. fa niboaky tao gny
mpamita dra nanasa gny haratony. [3]Nilisy tao amin'gny raiky tamin'ereo sambokely Jesosy, zay an'i Simona, dra
nangataky anazy ba handefa anizay egny amy rano lavidavisy gny tanety. Bak'eo dra nipetraky Izy dra
nampianasy gny olo tegny ambalikin'gny sambokely.[4]Gny fa nisahatry nizaka Izy, dra nizaka tamin'i Simona Izy
ho:''Andeso gny ho agny amin'gny rano laliky koa gny sambokely dra halasao gny haratondrareo ba
ahazoandrareo hazandrano.''[5]Simona namaly Anazy dra nizaka ho:''Topo o, fa niasa gny hariva totolo zahay, fa sy
nahazo dre ino dre ino, fa nohon'gny zakanao, dra ho halasako gny harato.''[6]Gny fa nataon'ereo zay, dra nahazo
hazandrano maro dra maro ereo,dra nitriasy gny haraton'ereo. [7]Koa nanao fihesiky tamin'ereo namany ze tao
agnatin'gny sambokely raiky hafa ereo fa ereo fa tokony ho avy dra hagnapy anazy reo. Dra avy ereo dra nameno
gny sambokely ro, ka dra nanomboky niletiky ereo.[8]Fa Simona Petera, raha vao nahita anizay, dra nandohaliky
teo an-tombon'i Jesosy, nizaka ho:''Miala aminahy, fa lelahy mpanota zaho.''[9]Fa gaga izy, vo reo zay aby niaraky
taminazy, nohon'gny haben'gny hazandrano ze azon'ereo. [10]Tao agnatin'izay Jakoba vo Jaona, zanak'i Zebedio, zay
mpiara miasa amin'i Simona. Jesosy nizaka tamin'i Simona ho:''Ka matahosy , fa manomboky zao dra hagnarato
olo anao.'' [11]Gny fa nandesin'ereo tegny an-tanety gny sambokelin'ereo, dra nagnenga gny raha aby ereo dra
nagnaraky Anazy.[12]Dra nisanga zao raha bo tao amin'gny raiky tamin'ereo tana Izy,dra nisy lelahy feno haboka
teo. Nony nahita an'i Jesosy izy,dra nandohaliky teo aminazy nitalaho taminazy, nanao ho:''Topo, raha mety anao,
dra afaky magnalio anahy.''[13]Dra nanondrosy gny tagnany Jesosy dra nikasiky anazy, nizaka ho:''Mety zaho.
Maliova.''Teo noho eo dra afaky taminazy gny habokana.[14]Nirarany izy ba sy hizaka dre amin'iza dre amin'iza, fa
nizakany taminazy ho:''Zory gny lalanao, misehoa amin'gny mpisoro dra manolora soro ho an'gny fagnaliova
anao, araky ze nandidian'i Mosesy, ba ho fizoroa vavolombelo amin'ereo.'''[15]Kanefa gny tatisy momba Anazy niely
lavisy be, dra vahoaky maro be gny niara-niavy ba hitenoa Anazy nampianasy dra ba ho sitrany amin'gny
aretin'ereo. [16]Kanefa matetika Izy dra niala nagnagny agny amin'gny tany rava dra nivavaky.[17]Dra tamin'gny
andro raiky tamin'ereo andro nampianarany, dra nisy Fariseho vo mpampiara-dala nipetraky teo ze laha
tamin'gny tana samihafa ao amy farisy Galilia vo Jodia, dra avy ao amy tanan'i Jerosalema. Gny herin'gny Topo
gny tao aminazy ba hagnasitragna.[18]Dra nisy lelahy gn'ilany avy, ninday lelahy raiky ze voan'gny Paralisisa teo
amin'gny fandria, dra ereo dra nitalia fomba hinday anazy ao agnatiny ba hametraha anazy ho eo agnoloan'i
Jesosy. [19]Sy nahita fomba hampilira anazy tao agnatiny ereo noho gny vahoaky, noho zay dra nagnagny amy tafo-
tragno ereo dra nampizoso gny fandrian'gny lelahy bak'eo an-tafo tragno, tamin'gny fandriany, teo agnevon'olo,
teo agnoloan'i Jesosy.[20]Gny fa nahita gny finoan'ereo ,dra hoy Jesosy ho:'Ralelahy, voavela gny
helokao.''[21]Nanomboky nagnontany gny mpanora-dalana vo reo Fariseo, dra nizaka ho:''Iza moa itiho ze mizaka
rasy itiho? Iza gny afaky mamela gny fahota afa-sy Zagnahary raiky avo?'''[22]Fa Jesosy, nahalala ze
nieriseretin'ereo, namaly dra nizaka anazy ho:''Nanao akory andrareo gny magnontany anizay ao am-pondrareo?
[23]Ino gny mora zaka koa:'Voavela gny helokao' sa gny mizaka ho:'Misangana dra mandehana?'[24]Nefa ba
hahafatarandrareo fa gny Zanak'olo dra manam-pahefana hamela heloky eto an-tany , dra zakako aminao,
misangana, andeso gny fandrianao dra mandehana agny an-tragnonao.''[25]Teo noho eo nisanga teo agnoloan'ereo
izy dra nangalaky gny fandria ze nandriany, Bak'eo dra niala nagnagny an-tragnony izy, nagnome voninahisy
an'Agnahary.[26]Talazona aby dra nagnome voninahisy an'Agnahary ereo. Feno tahosy ereo, nizaka ho: ''Nahita
raha-mahagaga isika androany.''[27]Tafaran'gny nisian'ereo raha reo, dra niala teo i Jesosy dra nahita mpamory
hetra raiky ze tokavy hô Levy nipetraky teo amy tragno lain'gny mpamory hetra. Nizaka taminazy Izy
hô:''Magnaraha anahy.''[28]Dra nisanga i Levy dra nagnaraky Anazy, dra nagnenga gny raha_aby.[29]Dra nanao fanasa
lahibe tao an-tragnony ho an'i Jesosy i Levy. Maro gny mpamory hetra vo gny olo hafa ze nipetraky teo amy
latabasy dra nihina niaraky tamin'ereo. [30]Kanefa gny Fariseo vo gny mpanora-dalana dra nitaray tamin'ereo
mpianany, nizaka ho:''Nanao akory anao gny mihina vo mino miaraky amin'ereo mpamory hetra vo gny olo
mpanota hafa?''[31]Namaly anazy Jesosy ho:''Sy mila dokotera gny olo salama hitokava gny olo-mary avo.[32]Sy avy
hitoka gny olo mary ho amin'gny fibebaha Zaho, fa hitoka gny mpanota ho amin'gny fibebaha.''[33]Dra ho ereo
taminazy ho:''Reo mpianasin'i Jaona dra matetiky mifaly hany vo mivavaky, dra gny mpianasin'ereo Fariseo dra
manao manahaky anizay koa. Kanrfa gny mpianasy dra mihina vo mino.''[34]Jesosy nizaka anazy gny ho:''Moa se
misy olo mahavita mampifaly hany gny havan'gny mpagnakasy raha manahaky dra bo mitoesy eo amin'ereo gny
mpagnakasy? [35]Fa ho avy gny andro ze hangala gny mpagnakasy eo amin'ereo , dra amin'izay andro zay dra
hifaly hany ereo.'''[36]Dra nanao fagnohara tamin'ereo koa Jesoay. '' Sy misy olo maniasy tapa-damba baka
tamin'gny lamba vaovao dra mampiasa anizay ba hagnamboasy gny lamab rota. Raha manao anizay izy dra

hanimba gny lamba vaovao, dra gny tapa-damba avy tamin'gny lamba vaovao dra sy hifagnaraky amin'gny lamba rota.[37]Sy misy olo magnisy divay vaovao ao agnatin'gny siny holisy tota. Raha manao anizay izy, dra hampitriasy gny holisy gny divay vaovao, dra ho koaky gny divay, dra ho simba gny siny holisy. [38]Fa gny divay vaovao dra sy maisy atao ao agnatin'gny siny holisy vaovao. [39]Sy misy olo baka nino gny divay taloha ka hagniry gny vaovao , fa hoy izy ho:'Gny taloha gny soa.''

 

## Chapter 6

1Vo tamigny sabata dra nandeha nagnagny an-nibary Jasosy vo ereo mpianasy nangalaky gny salohim-bary,
nikosoka anizaho tamigny tagnan'izy ereo vo nihina gny voa.2Fa gny ilany tamin' ereo Fariseho koa nizaka ho:
"Nagnino handrareo gny manao raha sy ara-dalana gny manao anazy amigny adro Sabata3namaly anazy reo,
Jesosy nizaka ho:"bo sy nivakindrareo kay se izay nataon'i Davida aby izy, izy so reo lelahy izay nindray
taminahy? 4Nandeha nagnao an-tragnon'i Zagnahary izy, dra nangalaky gny mofon'ny fa fagnatreha vo nihina
gny ampahany koa gny lelahy izay nindray taminazy ba hihina, na dre gny pisoro avo koa aza gny araky gny
lalana gny mihina izay." 5Avy eo izy nizaka tamin'ereo reo ho:"Gny zanak'olona dra tompon'ny sabata."6Dra
tamigny Sabata gny dre nandeha tao amigny Synagoga izy dra napianasy gny vahoaky tao. Nisy lelahy raiky maty
tagna havana tao. 7Nagnety mariny anazy soa reo mpanora-dalana vo reo fariseo ba hahata gny hagnasitrana olo
amigny Sababa izy, ba afahan'izy reo mahita atony hiampanga anazy. 8Kanefa fatany izay tao asain'ireo dra
nizaka tamigny lelahy izay maty tanana izy ho:" misangana, dra nandehana eto agnevon'ny olon'aby eto." koa
nisanga gny lelahy dra nisanga teo.9jesosy nizaka tamin'ereo ho:" magnotany andrareo zaho, ara-dalana amigny
Sabata se gny fanova gny soa sa gny mamatoky anazy?" 10Dra nagnety gny magnodidy anazy aby izy dra nizaka
tamigny lelahy ho:"ahiziro gny tagnanao." Nanao izay izy, dra sitrana gny tagnany. 11Nefa feno hatezera izy reo
dra nifampizaka momba izay mety ho hataon'izy reo amin'i Jesosy.12Tamin'izay andro izay dra nandeha nagnagny
an-tendrombohisy izy ba hivavaky. Nitohizany nandrisy gny hariva tontolo gny fivavaha tamin'iZagnahary. 13Gny
fa avy gny andro, nitoka gny pianany ho eo aminazy izy, dra nifily ro ambin'ny folo tamin'ireo izy, izay nitokaviny
avo koa ho Apostoly.14Gny agnaran'ireo Apostoly reo dra Simona (izy izay nitokavy avo koa ho Petera) dra gny
rahalahiny Andrea, Jakoba, Jaona, Filipo, Bartelemeo, 15Matio, Tomasy,Jakoba zanaky lahin'i Aifa, Simona izay
tokavy ho Zelota, 16Jodasy zanak'i Jakoba, dra Jodasy Iskariota, izay avy pamadiky.17Avy eo Jesosy nizoso gny
tendrombohisy nindray ramin'ereo dra nisanga tamigny tany marina nindray tamigny pianany maro vo vahoaky
maro avy agny Jodia vo Jerosalema dra gny sisin-tanin'ny Tyro vo Sidona. 18Avy reo ba hiteno anazy dra ba ho
sitragny amigny aretin'izy reo. Sitrany avo koa gny vahoaky izay korotagnin'ny fagnahy maloto. 19Gny olon'aby
tamin'ireo vahoaky dra niezaky gny hikasiky anazy hatrany satria niboaky avy taminazy gny hery magnasitrany,
dra sitrany aby koa ereo aby.20Dra nagnety gny pianany izy, dra nizaka ho:" sambasy handrareo zay mahatra, fa
andrareo gny fazakan'iZagnahary. 21Sambasy handrareo izay resy amizao, fa ho visy handrareo, Sambasy
handrareo izay mitomagny amizao, fa hihomehy handrareo.22Sambasy handrareo aby malaiky andrareo gny olo
dra gny ahilik'izy reo vo harasin'izy reo handrareo, nohon'ny amigny zanak'olo. 23Mifalia amin'izay andro izay
dra mibitaha akafalia, satria azo atoky fa hahazo valisoa lahibe agny an-dagnisy handrareo, fa mitovy amin'izay
gny nandesan'ny razan'ireo an'ireo paminany.24fa loza ho andrareo izay mana-kerena fa azondrareo izay
mahafam-po andrareo. 25Loza ho andrareo izay visy amizao, fa bo ho resy handrareo agny afara agny.Loza ho
andrareo izay mihomehy akehitriny, fa handala vo hitamagny handrareo agny afara agny.26Loza ho andrareo, aby
mizaka soa momba andrareo gny olon'aby, fa mitovy amin'izay gny natan'ny razan'izy reo tamin'ireo paminany
sandoky.27Fa mizaka amindrareo izay miteno anahy, tiavo gny fahavalondrareo gny soa amin'izay malaiky
andrareo. 28Tahio izay magnozo andrareo dra mivavaha ho an'ireo izay manao sinosino andrareo.29Gny misy
mamelaky gny takolakao raiky, dra omeo anazy koa gny ilany. Gny misy olo mangalaky gny lambanao, ka
rasifagnahy na dre gny akazonao koa aza. 30Omeo izay aby mangataky aminao. Gny misy olo mangalaky gny raha
izay anao, ka mangataky gny hameregnany izay aminao.31Manahaky izay tianao hataon'ny olo aminao, dra
tokony hataondrareo amin'izy reo koa izay. 32Gny izay olo tia anao avo gny tiavinao, ino gny soa ho azonao
amin'izay? fa gny. panota aza ba tia an'izay tia anazy koa. 'v 33Gny amin'izay olo manao soa anao avo koa hanao
gny manao soa, ino gny soa ho azonao amin'izay? fa na gny panota aza dra manao manahaky izay. 34Gny sy
mampindra afasy amin'izay olo holignisa fa hagnery izay aminao avo koa hanao, ino gny soa ho azonao
amin'izay?fa na gny panota aza mampindra gny panota, ba hahazoana manahakan'izay koa.35Fa tiavo gny
fahavalondrareo dra manova gny soa ho nazy reo. Mampindrama dra ka mandigny valiny dra ho lahibe gny
valisoandrareo dra ho zanaky gny avo indrindra handrareo, fa izy tegnany dra soa fagnahy amin'izay sy misaotra
vo gny olo sary fagnahy. 36Manana famin-drapo manahaky gny babandrareo mpamindra fo.37Ka misara, dra sy ho
saraina handrareo. ka magnameloky, dra sy ho melohina handrareo. Mamela gny hafa, dra ho anga handraeo.
38Magnomeza, dra omena andrareo izay. Fahafoeza be_izay atafotafo, miara-voahosana dra mitobaka-gny
hararaky eo am-pofoana. Araky gny famaharandrareo, gny hamaharana andrareo manahaky izay koa.39Avy eo
izy nanao fagnohara tamin'izy reo koa."Moa se gny olo poaky afaky mitariky olo poaky hafa? gny manao izay izy,
dra mety hilasaky agny an-kady izy ro, sa sia? 40Gny pianasy raiky dra sy lahibe noho gny papianany, fa izay aby
nahatateraky gny fiofagna dra hitovy amigny papianany.41fa nanaoakory hanao gny magnety gny sombikazo


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

masaisaiky izay ao agnatin'ny mason'ny rahalahinao, kanefa sy mahasikarisy gny vata-kazo ao agnaty masonao?
[42]Manaoakory gny hizakao gny rahalahinao ho:''ry rahalahy, mamela anahy hangalaky gny sombo-kazo eo amigny akory gny vata-kazo eo amigny masonao? ry piasaravelasihy! alao eo amigny masonao aloha gny vata-kazo, avy eo dra hahita soa handrareo dra afaky hangalaky gny sombin-kazo eo amigny mason'ny rahalahinao.
[43]Fa sy misy hazo soa hamokasy voakazo io, dre ho hazo io hamokasy voakazo soa. [44]Fa gny hazo kirairaiky dra fatasy amy karaza-tegnany ze vokariny. Fa sy afaky gny hioty aviavy amin'gny tsilo gny olo, dre hangalaky voloboky amy hazo voaroy.[45]Gny olo soa mamokasy ze soa avy amin'gny harena soan'gny fony, dra gny olo rasy mamokasy ze rasy laha tamin'gny haren-drasin'gny fony. Fa ze aloaky gny fony gny zakanin'gny vavany.[46]Fa magnino handrareo gny mitoka anahy ho;''tompo, kanefa handrareo sy makato izay raha zakako? [47]Gny olo naby magnotany anahy so mahare gny zakako dra makato izay, dra ho zakako andrareo ho manahaky gny inona izy.
[48]Manahaky gny olo izay nanangana tragno izy, izay nandavaky laliky teo amigny tany dra nagnory gny fototry gny tragno teo agnabony vatolapy, Gny avy gny tondra-drano, dra nandriaky nanohisy izay tragno izay gny rano be, fa sy nampiontsona anazy, satria soa afara gny izy.[49]Dra izay olo mahare gny zakako anefa sy makato izay, dra mitovy amigny olo izay nagnory tragno teo agnabon'ny tany dra sy nagnisy fototra.Gny nandriaky namely io tragno io gny rano be, dra nizera avy hatragny izay, dra rava tanteraky izay tragno izay.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 7

[1]Iziaby nahavita nizaka gny raha aby teo amigny vahoaky Jesosy, dra nidisy tao kspernaomy Izy.[2]Dra nisy
kapiteny raiky nana mpanopo izay tena nazainy, dra narary vo fa mariny ho maty izy. [3]Gny nahare gny momban'i
Jesosy gny kapiteny, dra nagniraky loholon'ny Jiosy ho agny aminazy izy, hangataky anazy ba hoa avy dra
hagnasitrany gny panopony. [4]Dra gny avy teo amin'i Jesosy ereo , dra nangataky fatrasy taminazy, nizaka
ho:''mendriky gny hanovanao izay hon'azy izy, [5]Satria tiany gny firenenay, dra izy gny nagnamboasy gny
Synagoga hon'any.''[6]Dra nanohy gny lalanynindray tamin'izy reo Jesosy. Fa gny bo sy lavisy gny tragno izy, dra
nandfa namana gny kapiteny nizaka taminazy ho:''tompo o,ka manahira-tegna hanao, satri sy mandriky
hidiranao ao ambanin'ny tafo-tragnoko zaho. [7]Noho izay dra sy nihevisy gny tegnako ho mendriky hagneo
aminao zaho. fa mizaka zaka raiky avo dra ho sitrany gny panopoko. [8]Dra satria izao koa dra lelahy izay ambany
fahefa, manana maramila ao ambaniko koa. Hoy zaho amin'ity raiky tiky ho:''mandehana, dra mandehana izy,
dra amigny raiky hafa:''avia, dra tamy izy, dra amigny panopoko ho:'' atovy tiky dra ataony izay.''[9]Gny fa nahare
izay Jesosy, dra talazo taminazy izy, dra nitoliky tamin'ireo vahoaky izay nagnoriky anazy dra nanao ho:''zakako
amindrareo, fa na dre tagny Israely aza sy nahitako finoa manahaky anizao.'' [10]GNy fa nihery tagny an-tragno ireo
izay nirahy, dra nahita fa salama soa gny panopo.[11]Tafaran'izay, dra nandeha tagny amigny tanana atao ho Naina
i Jesosy, dra nindray taminazy reo pianany vo ireo vahoaky maro be. [12]Gny nagneky gny vavahadin'ny tanana izy,
ingo, nisy lelahy raiky fa maty nandesy niboaky, zanaky lahy tokan'ny reniny (izay pindaitegna), dra vahoaky
maro be avy ao amigny tanana gny nindray taminazy. [13]Nony nahita anazy gny tompo, dra hagnome tanteraky
anazy dra nanao taminazy ho:''ka mitomagny.'' [14]Avy eo dra niakasy izy dra nisapa gny vata izay nandesananazy
reo gny raza, dra nizano ireo ninday izay. Hoy izy ho:''Ry tovolahy, hoy zaho aminao, miaregna.'' [15]Dra niary gny
maty dra nanomboky nizaka, dra Jesosy nanolosy anazy amigny reniny.[16]Nandresy anazy aby gny tahosy, dra
nanohy nidera an'i Zagnahary hatragny izy reo, nizaka ho:'' paminany lahibe gny nasanga eto amisika'' dra
''Zagnahary nisizo gny olony.'' [17]Vaovao momban'i Jesosy dra niely nanera an'i Jodia vo ireo farisy magnodidy aby.
[18]Ireo pianasy Jaona nizaka taminazy gny momba ireo raha ireo. [19]Dra nitoka olo ro tamin'ireo pianany Jona dra
nagniraky anazy reo ho agny amigny tompo ba hizaka ho:'' hanao se gny ho avy, sa tokony bo hagnety hafa
izahay?'' [20]Dra gny nagnato mariny an'i Jesosy izy reo, dra hoy reo lelahy ho:'' Jaona panao batisa gny nagniraky
anay atiky aminao hagnotany ho:'' hanao se gny ho avy, sa tokony bo hagnety hafa izahay?''[21]Dra tamin'izay ora
izay dra nahasitrany olo maro tamigny arety vo fahoria dra fanaitay avy amin'ireo fagnahy rasy izy, dra olo
poaky maro gny napahitany. [22]Jesosy namaly dra nizaka tamin'ereo ho:'' gny avy nandeha tamigny lalandrareo
handrareo, tatero amin'i Jaona izay hitandrareo vo rendrareo. Nahirasy gny poaky, nandeha gny malemy, reo
nalio gny boka, nahare gny maregny, nisanga-ko velo velo gny maty, dra nizaka gny filazasara gny olo agnatin'ny
sy fahapia. [23]Sambasy gny olo izay sy misahasy gny mino anahy nohon'ny ataoko.''[24]Dra nony nandeha ereo
irak'iJaona, dra nanomboky nizaka tamigny vahoaky Jesosy gny momban'i Jaona ho:''hagnety ino gny
niboahandrareo tagny agnifisy? volotara nahozongozon'ny rivosy se? [25]Fa hagnety ino gny niboahandrareo
tagny? lelahy mekazo soa se? atio, reo izay mignisy akazo lafo vily vo reo ao amigny lapan'ny pazaka. [26]Fa hagnety
ino gny niboahandrareo tagny? paminany se? egny, hoy zaho amindrareo, dra mihoasy lavisy noho gny
paminany.[27]Izy gny voasorasy ho:''ingo, alefako mialoha anao gny pinday hafaso izay hagnoma gny lalanao
mialoha anao.''[28]Zakako amindrareo, fa amindrareo izay natera-behivavy dra sy misy lahibe noho Jaona. Nefa gny
masaiky indrindra ao amigny fazakan'iZagnahary dra lahibe noho izy.''[29](Gny nahare izay gny olo aby,
agnisan'izay reo pamory hetra, dra nizaka fa marina Zagnahary, satria natao batisa tamigny batisan'i jaona izy
reo.[30]Fa reo fariseo vo reo pahay lalana Jiosy koa nanda gny tazon'iZagnahary ho an'ny tegnan'izy reo, satria sy
nataon'i Jaona batisa.)[31]''Amigny ino, dra gny afahako mapitaha gny olo amigny taranaky tiky? manahaky gny ino
moa izy reo? [32]Manahaky gny mota mihira egny asena izy reo, izay mitoboky vo mifapitoka dra mizaka ho:''
nisoaky sidina ho andrareo izahay, dra sy nisizaky handrareo. Nanao hira fisogan ho andrareo izahay, dra sy
nitomagny handrareo.[33]Fa Jaona mpanao Batisa avy sy nihina mofo dra sy nino divay, dra ho andrareo ho:''Misy
devoly izy.'[34]Gny Zanak'olo avy nihina vo nino , dra ho andrareo ho:''Hatio , fa tia-hany vo mpino Izy, naman'ereo
mpamory hetra vo mpanota!''[35]Fa gny fahendre dra voamary amy zanany aby.''[36]Dra gny raiky tamin'ereo Fariseo
nanasa an'i Josesy hisakafo miaraky taminazy. Dra gny fa baka nilisy tao an-tragnon'gny Fariseo Jesosy, dra
nipetraky hihina teo amy latabasy.[37]Indro, nisy ampela tao an-tana ze mpanota. Dra gny fa nahasikarisy izy fa
nipetraky teo amin'gny latabasy tao an-tragnon'gny Fariseo Izy, dra ninday tavoara alabastara feno menaky
magnisy izy.[38]Dra raha nisanga tafarany mariny teo gny tombony izy,dra nitomagny , dra nanombiky nandeha
gny tombony tamin'gny ranomasony, dra nifafany tamin'gny volo-dohany reo sady nagnoroky gny tombony dra
nagnososy reo tamin'gny menaky magnisy.[39]Gny fa nahita anizay gny Fariseo nanasa an'i Jesosy , dra nieriserisy,


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

nizaka hô:''Raha mpminany ita lelahy itam dra tokony ho fatany hô karaza ampela manao akory io mikitiky Anazy io, fa mpanota io.''[40]Jesosy namaly dra nizaka taminazy hô:''Simona, misy raha ho zakako aminao.''Hô izy ho:''Zakao zay, Mpampianasy o !''[41]Jesosy nizaka hô:''Nisy mpampi-bola nana mpitrosa rô lahy. Gny raiky dra tokony andoa dima-zato denaria, gny raiky dimam-polo.[42]Gny fa sy afaky nandoa anizay taminazy ereo, dra samy nangany izy rô lahy. Noho zay , iza amin'ereo rô lahy gny ho tia Anazy koa?''[43]Simona namaly Anazy dra nizaka hô:''Heveriko fa gny namoizany be.''Dra hô Jesosy taminazy hô:''Mary gny fisaranao.''[44]Dra Jesosy nitoliky tagny ami'gny ampela dra nizaka tamin'i Simona ho:''Hitanao io ampela io. Nilisy tato an-tragnonao Zaho. Sy nagnome rano hanasa gny tombony anao,fa izy nahakosa gny tombony tamin'gny ranomasony dra namafa anazy reo tamy volon-dohany. [45]Sy nagnoroky Anahy anao, fa hatr'izay nilirako tato dra sy nizano nagnoriky gny tombony izy.[46]Sy nosoranao dililo gny lohako, fa izy nagnososy gny tombony tamin'gny menaky magnisy .[47]Noho zay dra mizaka aminao zaho fa , dre fahotany, ze maro, dra voavela-satria izy be fitiavana . Fa ze nanga keliky, dra tena keliky.''[48]Dra ho Izy taminazy ho:''Voavela gny fahotanao.''[49]Reo niara-nipetraky nihina teo dra nanomboky nifampiresaky teo amin'ereo ho:'Iza moa itiho gny dra mamela gny heloky?''[50]Bak'eo hoy Jesosy tamin-dravehivavy ho:''Gny finoa gny nahavozy anao. Mandeha am-piadana.''

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 8

[1]Dra tafarany izay dra nanomboky nandeha nitety tanana vovohisy sambihafa Jesosy, nitory vo nizaka gny
filazasara nahakasiky gny fazakan'iZagnahary. Nindray yaminazy ireo ro ambin'ny folo lahy, [2]Nindray ireo
vehivavy sasany izay sitrany tamigny fagnahy rasy vo gny arety: Maria izay nitokavy ho Magdalena, izay fa
nanokafa demonia fito; [3]Johana, valin'i Koza, izay pitandraharahan'i Heroda, dra Sosona; vo reo maro hafa koa,
izay tamigny fanagnan'izy reo, dra nagnome izay nitaliavin'izy reo.[4]Gny bo nisy vahoaky maro nivory, dra tamy
nagnato anazy ereo olo avy tamigny isatana, Dra nanao fagnohara izy ho: [5]"Nisy mpaboly niboaky mba hamafy
gny tegnany. Raha izy namahery igny, dra voafafy tegny amoron-dala gny ilany dra voahisakisaky izaho, dra
lanin'ny voron'ny lagnisy.[6]Gny ilany koa voafafy tegny amigny vatolampy,dra raha vo nisimoky, dra nalazo izany,
satria sy nisy hamandoana.[7]Vo gn'ilany dra voafafy teo amin'gny raha maragnisy niara-nisiry tamin'gny tegnany
dra nialaibe . [8]Gn'ilany voafafy tegny amin'gny tany lonaky dra namoa vokasy ze soa lavisy avo zato
heny.''Tafaran'i Jesosy nizaka gny raha reo, dra nitoka fatrasy Izy ho:''ze mana-sofy hiteno, ao izy
hiteno.''[9]Nagnontany Anazy gny mpianany gny amy tian'izay fagnohara zay hambara. [10]Ho Izy ho:''Gny fahalala
gny raha-mivony fazakan'Agnahary dra nome andrareo, fa ho an'gny hafa dra miresaha amy fagnohara Zaho, ba
sy ahita ereo dre dra mahita avo, dra sy hahay dre mahare avo.''[11]Vo zao gny dikan'gny fagnohara:gny tegnany
dra gny zakan'Agnahary. [12]Gny voafafy tegny amin'gny romon-dala dra reo ze mahare , saiky bak'eo dra avy gny
devoly dra mangalaky gny zaka tao am-pony, ba sy hino vo ho voavozy ereo. [13]Dra gny teo amin'gny vatolampy
koa dra reo ze , gny fa mahare gny zaka dra mandramby anizay amin-kafalia. Nefa sy misy vahany reo; selasela
avo gny finoan'ereo, dra amin'gny fotoa fisapa dra lavo ereo.[14]Reo tegnany voafafy teo amin'gny silo dra gny olo
mahare gny zaka, fa gny mandeha amy lalany ereo, dra voagezan'gny faahiana vo gny harena dra gny
fahafinaretan'izao fiaigna zao,dra sy hatisy gny tegnany.[15]Fa gny tegnany voafafy tamin'gny tany soa,dra reo gny
,mahare gny zaka tamin'gny fo mary vo soa, dra ereo mita anazy soa dra namoakasy am-pahareta.[16]Dram sy misy
olo, fa gny nandrehisy jiro,dra manafosy anazy amin'gny lombony dre mametraky anizay ao ambany fandria. Fa
dra, mametraky anazy eo amin'gny fanovan-ziro, ba ho hitanolo aby ze milisy gny hazava.[17]Satria sy misy tako ze
sy ho ampahafatary, dre raha mivony ze sy ho fatasy dra hiseho eo amin'gny hazava. [18]Koa miteno soa,ze mana,
dra bo home beba koa, fa ho an'izay sy mana koa,dre zay heveriny hanany avo dra ho ala aminazy.''[19]Bak'eo gny
reniny vo gny rahalahiny nagnato Anazy, nefa sy afaky nagnariny Anazy nohon'gny vahoaky. [20]Nisy nizaka
taminazy ho:''Gny reninao vo gny rahalahinao dra misanga ao ambaliky, te hahita anao.''[21]Fa Jesosy namaly vo
nizaka tamin'ereo ho:''Gny reniko vo gny rahalahiko dra gny ze mahare gny zakan'Agnahary vo manao
anizay.''[22]Vo draiky andro dra nandeha an-tsamo kely Izy niaraky tamin'ereo mpianany, dra Izy nizaka tamin'ereo
ho:''Andeha isika ho egny andafin'gny farihy.''Dra lasa ereo.[23]Fa raha nandeha igny ereo avy dra resi-tory Jesosy.
Dra nisy tafio-sioky avy teo amy farihy, dra feno rano gny sambo kely , dra nitandindon-doza ereo.[24]Bak'eo
nagneo aminazy dra namoha Anazy gny mpianasin'i Jesosy, nanao ho:''Topo o ! Topo o ! Ho maty isika !''Vo nifoha
Izy dra nizaka fatrasy gny sirioky vo gny rano manoza,dra nisahasy reo,dra nisy fitonia teo. [25]Vo nizaka
tamin'ereo Izy ho:''Eza gny finoandrareo?''Vo natahosy fatrasy ereo. Vo natahosy gny sady gaga avo koa ereo, dra
nifampagnontany ho:''Iza moa io,gny mandidy dre gny sioky vo gny rano avo,dra magneky Anazy reo?''[26]Ereo dra
nihazo gny farisin'i Gerasena,ze tandrifin'gny farihin'i Galilea.[27]Vo gny fa niakasy hagnegny an-tanety Jesosy, dra
nifakatozy tamin'gny lelahy raiky avy lahatao an-tana ze nisy devoly. Vo fa ela izy gny sy niakazo, dra sy
nipetraky tao an-tragno fa tegny amin'gny lolo.[28]Gny fa nahita an'i Jesosy izy,dra nihiaky fatrasy vo nandohaliky
teo agnoloany dra nizaka tamin'gny feo fatrasy ho:''Ino gny indresanao aminahy,ry Jesosy, zanak'Agnahary Avo
indrindra o? Miangavy Anao zaho, ka mampizaly anahy.''[29]Fa Jesosy nandidy gny fagnahy maloto hiala tao
amin'gny lelahy. Fa nandrisy gny fotoa maro gny nagnalaibe anazy zay,ka dra nifehiny tamin'gny ravaky vo gadra
vy dra nambenana avo izy dra nitorotorony gny ravany dra nandesiny devoly tagny agnefisy izy.[30]Jesosy
nagnontany anazy ho:''Iza gny Agnaranao? Vo ho izy ho:''Legiona,'' fa maro gny devoly ze fa nilisy tao aminazy.
[31]Ereo niangavy Anazy hatragny ba sy handefa anazy ho agny amin'gny lavaky sy hita resy.[32]Vo nisy andia-koso
maro nihina mariny teo havoa. Ka niangavy Anazy gny devoly ba hagnenga anazy reo ho ao amin'ereo, ka
nagnenga anazy Izy.[33]Koa niboaky tao amin'gny lelahy tao amin'gny lelahy gny devoly dra nifindra tao amin'ireo
koso,dra nitratrevatreva tagny amy hasana nagnao amin'gny farihy gny andia-koso dra maty.[34]Dra nohon'gny
nahita gny raha nisy reo mpiamby gny koso, dra nilomalomay dra nizaka anizay tao an-tana vo tagny an-
tanimboly .[35]Noho zay dra niboaky gny mpony tao an-tana ba hagnety gny raha nisy , vo nagnato an'i Jesosy
ereodra nahita gny lelahy ze niboahan'gny devoly. Dra izy nipetraky teo an-tombon'i Jesosy, nagnisy vo vory say;
dra lasa nataohosy ereo.[36]Bak'eo reo ze nahita anizay nizaka anazy gny fomba nahasitra gny lelahy nazakan'gny .
[37]Vo gny vahoaky aby teo amy faritanin'i Gerasena dra nangataky an'i Jesosy ba hiala eo amin'ereo, satria heniky

gny tahosy fatrasy ereo. Noho anizay dra nandeha asambo kely Izy ba afahan'ereo mihery.[38]Gny lelahy niboahan'gny devoly dra niangavy taminazy ba hamela anazy handeha hiaraky aminazy, fa Jesosy nandefa anazy , nizaka ho:[39]'' Miheregna agny an-tragnonao dra magnomeza taminao.''Vo gny lelahy nandeha tamin'gny lalany, dra nagnambara ,anera gny tana aby ze nataon'i Jesosy taminazy.[40]Dra gny fa nihery Jesosy , dra nandray anazy gny vahoaky, fa ereo dra fa niamby Anazy. [41]Indro, nisy lelahy raiky atao ho Jairo, ze raiky tamin'ereo mpitariky tao amin'gny Synagoga, nagnato vo nandohaliky an-tombon'i Jesosy, dra niangavy anazy ba ho agny an-tragnony, [42]satria gny zanakapelany teo amin'gny ro ambinifolo tao teo ho eo,dra eo ambavahoanan'gny fahafatesa.Raha nandeha tamin'gny lalany Jesosy, dra niara-nifaneritery nagnodidy Anazy gny vahoaky maro be.[43]Vo nisy apela raiky teo ze fa nadeha gny lio nandrisy gny ro ambinifolo taona vo fa nandany gny volany aby, [ Fagnamariha: Tahoky manam-pahaiza dra mizarazara hevisy raha tokony ampiliry eto gny fehezateny ho: ''Nandany gny volany aby izy ]vo sy nisy nahasitra anazy dre iza dre iza. [44]Vo izy dra nagneo tafaran'i Jesosy dra nikasiky gnt rambin-dambany,dra nisahasy aby bak'agny gny liony.[45]Jesosy nizaka ho: "Izy gny nikasiky anahy teo?" Iziaby nanda gniziab, dra hoy Petera ho: "Tompo, magnodidy anao avo gny vahoaky iziaby dra manery Anao."[46]Fa Jesosy nizaka ho: "Nisy nikasiky zaho, satria fatako fa nisy hery niala avy tato aminahy."[47]Gny hitanigny gnapela fa sy tako izy, dra nanaro izy dra niakohoky teo, amigny. Zinakany teo amson'ny ologny atony nikasihany anazy, vo gny fomba nahasitrany anazy avy bokagny.[48]Vo izy nizaka taminazy ho: "Vo zanaky apela, gny finoany dra nahasytrana anao. Mandehana am-piadagna."[49]Bak'eo raha bo nizaka izy,dra nisy olo raiky aby amin'gny tragnon'gny mpitariky synagoga, nanao ho:''Maty gny zanakao ampela. Ka manahira gny mpampianasy sasy.''[50]Fa gny nahare anizay Jesosy, dra namaly an'i Jairp Izy ho:''Ka matahosy ; minoa avo koa,dra ho sitrany izy.''[51]Gny fa nagnao an-tragno Izy, dra sy namela dre dra olo raiky avo hiara-hilisy aminazy akoasin'i Petera vo Jaona vo Jakoba, vo gny ran'gny zaza dra gny reniny. [52]Dra gny aby dra nisaona vo nitomagny anazy,[53]Fa Izy nizaka ho:''Ka mitomagny; sy maty izy fa mandry.''Dra nihimehy Anazy ereo, satria fatasy fa maty gny zaza ampela.[54]Fa nirambesiny tamin'gny tagna izy dra nitoka fatrasy , nizaka ho:''Anaky, misangana!''[55]Dra nihery gny fagnahiny, dra nihazary laha teo izy. Dra nibaiko anazy reo Izy ba hagnome hany ho anazy. [56]Dra gaga gny Ray aman-dreniny, fa Izy koa nandrara anazy reo ba sy hizaka dre amin'iza dre iza gny raha ze nisy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 9

[1]Nitoka gny ro ambinifolo lahy Izy dra nagnome anazy reo gny hery vo fahefana amin'ereo devoly aby dra
hagnasita gny arety.[2]Nalefany ereo hitory gny fazakan'Agnahary vo hagnasitra gny marary.[3]Ho Izy tamin'ereo
ho:''Ka minday dre ino dre ino amy liandrareo sy misy tehina, sy misy kitapom-basy,sy misy mofo,sy misy
vola,dra sy misy akazo fagnapiny. [4]Ze tragno ilindrareo, dra mizano ao mandra-pialandrareo.[5]Dre eza dre eza sy
handraisan'ereo andrareo, gny fa miriosy zay tana zay andrareo,dra ahisagno hiala amin'gny tombondrareo gny
botany ba fizoroa vavolombelo anohera anazy reo.'' [6]Bak'eo dra lasa ereo dra namakivaky gny tana, nitory gny
filazasara vo nagnasitra tegny aby.[7]Dra ren'i Eroda mpanapaky avo koa reo ze nisy aby, dra levo hevisy izy, satria
voalazan'gn'ilany fa Jaona mpanao batisa dra nisanga tamin'gny maty, [8]Dra voalaza fa niseho Elia,dra gn'ilany koa
mizaka fa raiky tamin'ereo mpaminany fahiny gny nisanga tamin'gny maty.[9]Hoy Eroda hô:''Zaho gny nanapa-
doha an'i Jaona, koa iza draiky ze olo andregnesako raha tahaky anizay?''Dra niezaky gny ahita Anazy izy.[10]Gny fa
nihery reo apostoly, dra nitata taminazy gny raha aby vitan'ereo . Laha teo nandesiny niaraky taminazy ereo,dra
nandeha nitoka ho amy tana tokavy hô Betsaida.[11]Fa vao nahare gny momba anizay gny vahoaky, dra nagnaraky
anazy reo gny momban'gny fazakan'Agnahary,dra nagnasitra gny ze nila fagnasitrana Izy.[12]Vo gny fa ho hariva
gny andro, dra nagnato anazy ereo ro ambin'ny folodra nizaka ho: "Alefaso andeha reo vahoaky ba afahan'izy
ereo mandeha agny amin'ereo tana manodidy vo ambanivohisy ba hahita fandria vo sakafo,satria atiky amigny
tany sihisy sika."[13]Fa ho izy tamin'izy reo ho: "Omedrareo raha ho hany izy ereo."Vo nizaka ereo ho: "Sy mana
mihoasy noho nignymofo dimy vo fia ro izahay _ raha sy ho mandeha izahay vo mivily hany ho an'ereo olo naby
ereo."[14](Teo dra nisy teo amigny lelahy dimy arivo teo ho eo). Vo nizaka tamin' ereo mpianany Izy ho: "apetraho
ho vondro dimampolo isan'isany izy ereo."[15]Ko dra nanao izaho ereo, dra napipetraky ereo vahoaky.[16]Nalako reo
mofo dimy vo fia ro, dra niandra gny lagnisy izy, nisaotra ereo dra nizarazarany, dra nagnome ereo mpianasy zao
ba ho tolora ereo vahoaky.[17]Nihina izy aby dra afa-po, dra navory ereo sisa sy lany _ nisy potipotiny ro amdimy
folo taty.[18]Vo Gnifa nivavaky manoka Jesosy, dra niaraky tamin'ereo mpianasy. Dra nagnotany anazy ereo Izy,
nanao ho: "ataon'ereo vahoaky ho izy moa zaho?"[19]Namaly izy ereo ho: "Jaona mpanao batisa. Fa ereo ilany ho
Elia, vo ereo ilany mizaka fa nisanga tamigny maty gny raiky tamin'ereo mpaminany fahiny."[20]Vo nizaka
tamin'azy ereo Izy ho : "Fa ataonao ho izy moa zaho?" Namaly Petera ho: "Gny kristin'andriamanitra.''[22]Nanao ho:
" Gny Zanak'olo dra sy maisy hizano amigny raha maro vo ho nandagnan'ereo loholo vo lohan'ny mpisoro dra
ereo mpanora-dalana, ho vono Izy dra amigny andro fahatelo dra hasangany."[23]Dra ho Izy tamin'ereo aby
ho:''Raha misy te hagnaraky anahy,dra sy maisy manda gny zakany izy vo minday gny hazofizaliany isan'andro
vo magnaraky Anahy.[24]Dre iza dre iza te hagnavosy gny ainy dra hagnary anizay,fa dre ina dre ina magnary gny
ainy noho gny fitiava Anahy dra hagnavosy zay.[25]Ino gny soa azon'gny olo amin'gny fanagna zao totolo zao,
kanefa magnary dre mamotiky gny ainy?[26]Fa dre iza dre iza megnasy gny aminahy vo gny zakako, dra ho
megnasy anazy koa gny Zanak'olo gny fa amin'gny voninahiny, vo gny voninahisy gny ra vo gny azely masy Izy.
[27]Fa zakako mary amindrareo,fa gn'ilany amin'ereo ze misanga eto dra sy hahita fahafatesa mialohan'gny ahitany
gny fazakan'Agnahary.''[28]Dra valo andro teo ho eo tafaran'gny nizakan'i Jesosy gny zaka reo,dra nandesiny
niaraky taminazy Petera vo Jaona dra Jakoba dra niakasy gny loham-bohisy hivavaky. [29]Raha nivavaky igny
Izy,dra niova gny endriky gny tarehiny,dra nivaliky fosy mazelazelasy gny akazony.[30]Indro,nisy ro lahy niresaky
taminazy, Mosesy vo Elisa, [31]ze niseho tamim-boninahisy mamirapirasy. Niresaky momba gny filany Izy,ze ho
andesiny ho taterahy agny Jerosalema.[32]Vo Petera vo gny ze niaraky taminazy dra navesatrin'gny torimaso,fa gny
tena taisy tateraky ereo,dra nahita gny voninahiny vo gny lelahy ro ze nisanga niaraky taminazy.[33]Vo gny fa niala
nagnalavisy an'i Jesosy ereo,dra ho Petera taminazy ho:''Topo, soa amisika gny mizano eto. Angao zahay
hagnamboasy fialofa telo,raiky ho Anao,raiky ho an'i Mosesy, dra raiky ho an'i Elia.''( Sy fatany ze nizakany.)[34]Teo
am-pizakany zay izy,dra nisy raho avy nanarona anazy reo,dra natahosy ereo gny fa nilisy tao amin'gny rahona.
[35]Nisy feo niboaky laha tagny amy rahona, nanao ho:''Itiho gny Zanadahiko ,gny raiky ze voafily; tenoy Izy.''[36]Gny
fa nizaka gny feo,dra Jesosy raiky gny hita teo. Nita gny fahanginany ereo vo sy nizaka tamin'iza dre iza
tamin'izay andro zay gny momba ze hitan'ereo.[37]Vo gny andro magnaraky an'io, gny fa nilisy laha tagny an-
dohambohisy ereo,dra vahoaky maro nifakatozy taminazy. [38]Indro, nisy lelahy raiky laha tao amin'gny vahoaky
gny nihiaky fatrasy ,nanao ho:''Ry mpampianasy o, mitalaho aminao zaho ba hagnety itiho zanadahiko itiho,fa
zanako toka izy.[39]Hitanao, misy fagnahy mibaiko anazy dra mihiaky tapokyizy; mampifanitoa anazy zay dra
mampamoaky roasy gny vavany. Sy miala aminazy zay vo mahatorovana tateraky anazy. [40]Nitalaho tamin'ereo
mpianasinao zaho ba hangalaky anizay, fa sy afak'ereo.''[41]Namaly Jesosy dra nanao ho:''Andrareo sy mpino vo
taranaky rasy fandesa-vata, hafiriana gny sy maisy hipetrarako miaraky amindrareo vo hiaretako miaraky
amindrareo? Andeso etiho gny zanakao lahy.''[42]Gny fa nagnato gny zaza lahy, dra natoran'gny devoly tamin'gny


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

tany izy dra nampihinjitsinjitra anazy. Fa Jesosy nizaka fatrasy gny fagnahy maloto vo nagnasitra gny zaza lahy, dra namery anazy tagny amin'gny rany.[43]Dra bak'eo kamo avo koa izy aby nahita gny halaiben'Agnahary. Raha gaga tamin'gny raha-iaby nataony igny ereo,dra ho Izy tamin'gny mpianany ho:[44]''Angao zaka tahoky ho avy laliky ao asofindrareo:gny Zanak'olo dra ho valiha ho eo an-tagnan'olo.''[45]Fa sy azon'ereo zay fagnambara zay. Zay gny nahazany tamin'ereo,noho zay dra sy azon'ereo gny dikan'izay, dra bo natahosy ereo gny hagnontany gny momba anizay fagnambara anizay.[46]Vo bak'eo dra nisy fifandira nanom-boky teo amin'ereo gny amin'izay ho lahibe indrindra amin'ereo.[47]Fa Jesosy, nahafatara gny fihevisy tagny am-pon'ereo, dra nangalaky zazamasaiky raiky dra napetrany teo agn'ilany [48]dra nizaka tamin'ereo ho:''Fa dre iza mandray itiho zaza itiho amy gny agnarako ,dra mandray Anahy; vo dre iza dre iza nagniraky Anahy. Fa ze masaiky be amindrareo aby gny lahibe.''[49]Jaona namaly ho:''Topo o,nahita olo raiky zahay nangalaky devoly tamin'gny agnaranao dra nisakananay izy, satria izy sy magnara-dia miaraky aminay.''[50]''Ka rara izy,'ho Jesosy , ''satria ze sy manohisy andrareo dra momba andrareo.''[51]Gny fa nagneky gny andro ampiakara Anazy,dra niatriky ho agny Jerosalema Izy. [52]Nanefa mpinday hafasy Izy hialoha Anazy,vo nandeha ereo ka nilisy tao amin'gny tana Samarita raiky ba hagnoma gny raha aby ho Anazy. [53]Fa gny vahoaky tao sy nandray Anazy, satria nitoliky ho agny Jerosalema Izy.[54]Gny fa nahita anizay Jakoba vo Jaona mpianasy,dra ho ereo ho:''Topoko, tianao se zahay raha handefa afo milasaky agny an-dagnisy ba hamotiky anazy anireo?''[55]Fa nitoliky Izy dra nizaka fatrasy tamin'ereo,[56]vo lasa tagny amin'gny tana hafa ereo. [57]Vo gny fa nandeha tegny an-dala izy reo,dra nisy olo raiky nanao taminazy ho:''Hagnaraky Anao zaho dre iza dre iza andehanano.''[58]Jesosy nizaka taminazy ho:''Gny amboahaolo manan-davaky,vo reo voro egny an-dagnisy dra mana gny akaniny,fa gny Zanak'olo sy mana toera asiana gny lohany.''[59]Dra ho Izy tamin'gny hafa ho:''Magnaraha Anahy.''Fa ho izy ho: ''Topoko, angao zaho aloha handeha handevy gny rako.''[60]Fa ho Izy taminazy ho:''Angao gny maty handevy gny maty ao aminazy. Fa ho anao, mandehana dra mitoria agny lavisy agny dra hitaro gny fazakan'Agnahary.''[61] Vo nisy olo hafa nanao ho:''Hagnaraky Anao Zaho, Topo,fa angao zaho aloha hanao veloma gny agny an-tragno.''[62]Jesosy namaly anazy ho:''Sy misy olo mita fangaly dra mihery dra mendriky ho ao amin'gny fazakan'Agnahary.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 10

1Dra tafaran'io raha io,dra nifily fitopolo lahy [ Fagnamariha: Maro amin'ereo fandika taloha soa indrindra gny
mivaky ho:''Fitopolo'',Fa gn'ilany mivaky ho:''Ro ambi-fitopolo.''] hafa gny topo,dra nandefa anazy reo siroaroa
nialoha Anazy tagny amin'gny tana aby vo toera ze fa handehany. 2Ho Izy tamin'ereo ho:''Be gny vokasy,fa keliky
gny mpiasa. Noho zay hangataho gny Topon'gny vokasy ba handefa mpiasa ba ho egny amin'gny vokasy.
3Mandehana amin'gny lalandrareo. Hatio, alefako tahaky gny zanakagn'ondry eo agnevon'gny ambodia andrareo.
4Ka minday fipetraram-bola,dre fipetraran'eta, dre kapa,dra ka miarahaba dre iza dre iza egny an-dala.5Iza tragno
hilindrareo, zakao aloha ho:'Fiadagna seky ho amin'itiho tragno itiho!' 6Raha misy olon'gny fiadagna ao, dra
hitoera aminazy gny fiadagna ze zakandrareo,fa raha sy misy koa,dra hihery amindrareo zay. 7Mitoera ao amin'io
tragno io avo, mihinana vo minoma ze omen'ereo,fa gny mpiasa dra mendriky gny karamany. Ka mifindrafindra
tragno.8Fa amin'izay tana ilirandrareo, dra mandray andrareo, hano ze aroso eo agnoloandrareo,9dra sitrano gny
marary ze ao. Zakao ereo ho:'Fa magneky andrareo gny fakazan'Agnahary.'10Dre ombia dre ombia andrareo gny
milisy tana dra sy mandray andrareo ereo, dra mivoaha egny an-dala dra zakao ho:''11Fa dre dra gny botany gny
tanandrareo ze mipitiky amin'gny tombonay avo dra ho fafanay hanohisy andrareo! Fataro anefa zao:Fa
magneky gny fazakan'Agnahary.'12Zakao amindrareo fa amin'gny andron'gny fisara dra ho az lefery koa gny an'i
Sodoma noho gny an'izay tana anizay.13Loza ho anao, ry Korazina! Loza ho anao,ry Betsaida! Fa raha gny asa
lahibe ze natao tao aminao gny natao tagny Tyro vo Sidona, dra fa ela ereo gny nibebaky, nipetraky tamin'gny
lamba fisaogna vo lavenoky. 14fa ho azo lefery koa gny an'i Tyro vo Sidina amin'gny fisara noho gny amindrareo.
15Anao,ry Kapernaomy, mieriserisy se anao fa ho hasandrasy agny an-dagnisy? aha, ho andesy mizoso agny
amin'gny Hadesy anao.16 Ze miteno andrareo dra mitenoa Anahy,dra ze manda andrareo dra manda Anahy, vi ze
manda Anahy dra manda gny nagniraky Anahy.''17Nihery am-pifalia gny fito-polo. dra nizaka ho:''Topo, dre dra
hmy devoly avo dra nagneky anay tamin'gny agnaranao.''18Jesosy nizaka tamin'ereo ho:''Nagnety an'i Satana
nilasaky laha tagny an-dagnisy manahakay gny helasy Zaho.''19Hatio, fa nomeko andrareo gny fahefa hagnisaky
gny menarana, gny mipozy,dra agn'abon'gny hery fahavalo aby,dra dre ino dre ino dra sy hisy handrasy andrareo
amy fomba aby.20Dra dra zay avo dra ka mifaly avo amin'izay, hagneky andrareo gny fagnahy,fa mifalia koa ho
voasorasy agny an-dagnisy gny agnarandrareo.''21Tamin'io fotoa io avo dra nifily tokoa tao amin'gny Fanahy Masy
izy,vo nizaka ho:''Midera Anao zaho,ry ray, Topon'gny lavisy vo gny tany,fa gny raha navoninao io tamin'gny
hendry vo gny mana-say,vo nambara tamin'ereo sy manam-pahalala,manahaky gny zaza madiniky. Egny , Raiko,
fa ze gny ankasitraha soa eo amasonao.''22Gny raha-iaby dra nakinin'gny Ray taminahy,vo sy misy mahay ho iza
gny Zanaky afa-sy gny Ray, vo sy misy mahay ho iza gny Ray afa-sy gny Zanaky vo ze nisafilian'gny Zanaky
haseho Anazy.''23Bak'eo dra niody teo amin'ereo mpianasy Izy dra nizaka mangingiky ho:''Samasy ze mahita gny
raha ze hitandrrareo.24Zakako amindrareo, mpaminany vo mpazaka maro gny nagniry ahita ze raha
hitandrareo,fa sy hitan'ereo zay,dra aheno gny raha rendrareo,fa sy ren'ereo zay.''25Indro, nisy mpampianasy gny
lalan'gny Jiosy raiky nisanga ba hisapa Anazy,dra nizaka ho:''Mpampianasy o , ino gny sy maisy hataoko ba
handova gny fiaigna mandrakizay?''26Jesosy nizaka taminazy ho:''Ino gny voazorasy ao amin'gny lalana? Nanao
akory gny famakianao zay?''27Nagnome balizaka izy dra nizaka ho:''Tiavo gny Topo Zagnaharinao amin'gny fonao
aby, amin'gny fagnahinao aby, amin'gny herinao aby,dra amin'gny fisainanao aby,dra gny namanao tahaky gny
vatanao.''28Jesosy nizaka taminazy ho:''Mary gny navalinao. Atovy zay,dra ho velo anao.''29Fa gny mpampianasy ,
nagniry hagnamary gny zakany,dra nizaka tamin'i Jesosy ho:''Iza gny namako?''30Namaly anazy Jesosy dra nizaka
ho:''Nisy lelahy raiky nizoso laha tagny Jerosalema ho agny Jeriko. Izy dra azon'ereo mpandroba, ze nandrava gny
fanagna tegny aminazy aby, vo nazera anazy , dra nagnrnga anazy fa ho maty.31Dra sendra nisy mpisoro niriosy
tamin'izay lalana zay,dra nony nahita anazy izy,dra nandeha tegny am-pita.32Manahaky anizay koa gny Levita
raiky , gny fa niriosy tegny andafiny.33Fa nisy Samaritana raiky , gny fa nandeha tamin'gny nandehanany izy, dra
avy teo amin'gny nizy anazy. Gny fa nahita anazy izy ,dra niysetra anazy.34Dra nagnato anazy izy dra namehy gny
ratrany,dra nandraraky menaky vo divay tamin'izay. Nampitikiriny gny bibiny izy,dra nandesiny tagny amy
tragnom-bahiny, dra nikarakarany. 35Gny maray dra nangalaky denaria ro izy,dra nanolosy anizay tamin'gny
mpampianasy. dra nanao ho:''Karakarao izy,dre dra otrino dre otrino laninao mihoasy , gny fa mihery zaho,dra
ho havaiko.'36Iza amin'izy telo reo,araky gny eriserisinao,gny naman'gny azon'gny mpandroba?'' 37Namaly gny
mpampianasy ho:''Gny raiky ze naneho fiatra anazy.''Jesosy nizaka taminazy ho:''Mandehana dra manova
manahaky anizay ko.''38Vo raha niara-nandeha ereo, dra nilisy tao amin'gny tana raiky Izy,vo nisy ampela raiky
tokavy ho Marta nampandroso Anazy tao an-tragnony. 39Nana rahavavy atao ho Maria izy,ze nipetraky teo an-
tombony gny Topo dra nahare gny zakany.40Fa Marta sahira be tamin'gny fikarakara gny sakafo ho aroso. Nagneo
amin'i Jesosy izy,dra nanao ho:''Topo, sy mampagnino Anao se gny nangnangnany rahavaviko anahy hanopo


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

anio?Koa tenoy izy ba hagnapy anahy.''[41]Fa namaly gny Topo dra nanao taminazy ho:''Marta, Marta, magnahy amy raha maro be anao,[42]Kanefa raha raiky avo gny tena taliavy. Maria dra nifily ze soa bemze sy ho ala aminazy.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 11

[1]Dra zao gny nisy gny fa nivavaky tao amin'gny toera raiky Jesosy, nisy raiky tamin'ereo mpianany nizaka
taminazy ho:''Topo, ba hampianaro mivavaky zahay manahaky gny nampianaran'i Jaona gny mpianany.''[2]Hoy
Jesosy tamin'ereo ho:''Gny fa mivavaky andrareo dra zakao ho:''Ray o, ho hamasiny seky gny agnaranao. Ho avy
seky gny fazakanao.[3]Omeo anay gny haninay isan'andro. [4]Angao gny fahontanay, tahaky gny namenay ze ory
taminay. Ka minday anay ho agny amin'gny fakam-pagnahy.''[5]Jesosy nizaka tamin'ereo ho:''Iza amindrareo gny
hana nama,vo handeha ho agny aminazy amin'gny misasakaly, vo hanao aminazy ho:''Ry nama, ba ampindramo
mofo telo zaho,[6]fa misy namako raiky vo avy lavisy,vo sy mana dre ino dre ino haroso anazy zaho.'[7]Dra mety
hamaly anazy gny raiky tao antragno dra hanao ho:'Ka manangnelingnely anahy.'Fa mihily gny vatrangara,vo
gny zanako, fa eo ampandrina, miaraky aminahy. Sy afaky misanga zaho hagnome mofo anao.'[8]Mizaka
amindrareo zaho,fa dre dra sy misanga vo magnome mofo andrareo avo izy satria namany andrareo ,dra
nohon'gny fikirizandrareo sy misy hegnasy,dra hisanga izy vo hagnome andrareo gny mofo aby ze taliavindrareo.
[9]Bo mizaka amindrareo koa zaho, Mangataha,dra home andrareo zay;mitaliava,dra hahita andrareo;pepeo,dra
ho sokafy andrareo.[10]Fa gny olo aby ze mangataky dra mahazo, vo ze mitalia dra mahita;vo ze olo mipaipaiky, dra
ho sokafy.[11]Iza amindrareo raim-pianakavy reo gny raha mangataky fia gny zanakindrareo, dra hagnome anazy
raharaha fa sy fia? [ Fagnamariha:Reo fandika soa be misy vaki-zaka fohy koa,ze arahisika eto. Gny fandika
taloha sasany dra misy vaki-zaka lavalava koa, ze hita ao amin'gny Matio 7:9 avo koa:''Raim-pianakavy iza
amindrareo , raha mangataky mofo gny zanakindrareo, gny hagnome anazy vato? Na fia,dra hagnome anazy
raharaha?''] [12]Na raha mangataky atoly izy,dra homendrareo maingoka se izy?[13]Noho zay,raha andrareo rasy
fagnahy aza mahay magnome fagnomeza soa ho an'gny zanakindrareo,dra ohasin'gny nanao akory gny
halahiben'gny Fanahy Masy homen'gny randrareo ze agny an-dagnisy ho an'ereo ze mangataky aminazy?''[14]Dra
Jesosy nandroaky devoly moa. Gny fa niboaky gny devoly, dra lasa nahay nizaka nizaka gny lelahy ze moana, dra
gaga gny vahoaky. [15]Fa gny olo sasany nizaka fa:''Amin'gny alalan'i Belzeboba, ze mpitariky gny devoly, gny
androahany devoly.''[16]Gn'ilany nisapa Anazy dra nitalia famatara laha tagny an-dagnisy taminazy. [17]Nefa fatrasin'i
Jesosy ze tao asain'ereo dra nizaka tamin'ereo Izy ho:''reo fazaka aby ze mizarazara dra ho rava, dra gny tragno
ze mizarazara dra ho robaky.''[18]Koa raha mialy an-tragno vo devoly nanao akory gny hampaharisy gny fazakany?
Fa ho andrareo ho mandroaky devoly amin'gny alalan'i Belzeboba Zaho.[19]Fa raha mandroaky devoly amin'gny
alalan'i Bezeboba dra zaho, amin'gny alalan'iza koa gny androahan'gny mpagnara-lia andrareo anazy? Noho
zay,dra ereo gny hisara andrareo. [20]Fa raha mandroaky gny devoly amin'gny alalan'gny rasa-tagnan'Agnahary
Zaho, dra avy amindrareo gny fazakan'Agnahary.[21]Gny fa apy fitova soa gny lelahy mahery raiky miamby gny
tragnony,dra voaaro gny hareny,[22]vnefa koa raha mahery noho izy gny lelahy raiky dra mandresy anazy, dra
alan'gny lelahy mahery koa amin'gny lelahy gny fialia,dra ho robainy gny fanagnan'gny lelahy. [23]Ze sy miaraky
aminahy dra manohisy Anahy,dra ze sy miango miaraky aminahy dra misaraky.[24]Gny fa miala amin'olo raiky gny
fanahy rasy,dra lasa izy mamakivaky toera sy misy rano dra mitalia fisahara. Dra gny fa sy mihita, dra ho izy
ho:''Andeha hihery agny amin'gny tragno niaviako zaho.'[25]Gny fa tafahery,izy dra mahita anizay tragno zay voalio
vo voalamy .[26]Bak'eo dra lasa izy dra mangalaky fagnahy hafa rasy mihoasy gny vatany miisa fito miaraky
aminazy izy dra milisy ba hitoera ao izy aby. Ka rasy koa noho gny volohany fiafaran'gny olo zay.''[27]Dra vraha
nizaka gny raha reo Izy,dra nisy apela raiky nanandrasy gny feony tao agnaty vahoaky dra nanao taminazy
ho:''Sambasy gny trony ze niteraky Anao vo gny nono ze ninonoanao.''[28]Fa hoy koa Izy ho:''Sambasy, koa aza, gny
ze miteno gny zakan'Agnahary zay.''[29]Dra raha bo mitombo gny vahoaky,dra nanomboky nizaka Jesosy ho:''Itiho
taranaky itiho dra taranaky rasy. Mitalia famatara izy,nefa sy hisy famatara aseho anazy afa-sy gny famataran'i
Jona. [30]Fa tahaky gny nahavy an'i Jona ho famatara tamin'ereo Ninivita, manahaky anizay koa dra ho famatara
gny Zanak'olo amin'itiho taranaky itiho.[31]Gny Pazaka apelan'gny Asimo dra hisanga amin'gny fisara miaraky
amin'ereo lelahy amin'itiho taranaky itiho dra hagnameloky anazy reo, fa avy laha tagny amy faran'gny tany izy
ba hiteno gny fagendren'i Solomona,vo indro, eto gny olo lahibe noho Solomona.[32]Gny lelahin'i Ninive dra hiara
hisanga amin'itiho taranaky itiho amin'gny fisara vo hagnameloky anazy,satria nibebaky tamin'gny nitorian'i
Jona ereo,vo indro, misy olo lahibe noho Jona eto.[33]Sy misy olo raiky,raha baka nandrehisy ziro,dra mametraky
anizay amin'gny toera tako dre ao ambanin'gny haro,fa atao eo amin'gny fipetrara-jiro, ba ho hitan'izay milisy gny
hazava. [34]Gny masonao gny jiron'gny vata. Gny fa soa gny masonao, dra rakoky hazava gny vatany aby. Fa raha
rasy koa gny mosonaomdra feno hezy gny vatanao.[35]Noho zay,Mitandrema andrareo ba sy ho mezy gny hazava
ao amindrareo. [36]Dra , raha feno hazava vo gny vatanao aby, dra sy misy ampahan'izay ao agnaty hezy , dra ho
tahaky gny jiro ze mampamirasy gny hazavany eo aminao gny vatanao manotolo.[37]Gny fa vita gny resaky,dra nisy
Fariseo nanasa anazy hiara-hisakafo aminazy agny antragnony,dra nilisy Jesosy dra nipetraky. [38]Gaga gny fariseo


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

fa sy nisasa aloha Jesosy alohan'gny hihina.[39]Fa ho gny Topo Taminazy ho:''Amizao, andrareo Fariseo, dra magnalio gny ambalikin'gny kaopy vo gny finga nefa gny ao agnatindrareo dra feno rombaky vo faharasia.''[40]Andrareo gny kely say! Sy nanao ze ao agnatiny avo koa se ze nanao gny ambaliky? [41]Omeo gny mazaly ze ao agnatiny,dra ho malio ho andrareo avo koa gny raha aby.[42]Fa loza ho andrareo ry Fariseo,satria mandoa gny ampahafolon'gny solila vo gny rota vo gny hazo hafa egny an-tanimboly andrareo,nefa sy nidareandrareo gny fahamarigna vo gny fitiavan'Agnahary. Taliavy gny manao gny mary vo mitia an'Agnahary, gny sady sy magnalio gny manao gny raha hafa avo koa.[43]Loza ho andrareo ry Fariseo,fa tiandrareo gny toera volohany egny amin'gny Synagoga vo gny fiarahaba feno fagnaza andrareo egny asena.[44]Loza ho andrareo,fa andrareo dra tahaky gny lolo sy misy famatara ze hisahin'gny olo fa sy fatany zay.[45]Gny raiky tamin'ereo mpampianasy lalana nizaka taminazy ho:''Mpampianasy o, ze zakanao zay dra manirasira anay koa.''[46]Jesosy nizaka ho:''Loza ho andrareo, ry mpampiana-dalana! Fa mampanday eta-mavesasy vo zakan'olo andrareo, nefa sy mikasiky ze eta-mavesasy ze akory dre dra gny rasa-tagnadrareo raiky avo.[47]Loza ho andrareo, satria magnory lolo ho an'ereo mpaminany andrareo, nefa gny razambendrareo gny namono anazy reo.[48]Koa vavolombelo vo magneky gny asan'gny razandrareo andrareo,fa namono anazy tokoa ereo dra andrareo gny magnory gny lolo. [49]Noho zay avo koa ,gny nagnambaran'gny fahendren'Agnahary ho:'Handefa mpaminany vo apostoly amin'ereo Zaho,vo ereo hamono vo hagneziky gn'ilany amin'ereo.''[50]Itiho taranaky itihomzay, gny mpaminany aby nilasaky hatramin'gny naharian'izao totolo zao,[51]nanomboky teo amy lion'i Abela dra hatramin'gny lion'i Zakaria, ze navonony agnelagnelan'gny alitara vo gny fitoera masy. Egny, zakao masy amindrareo, fa itiho taranaky itiho gny ho topon'atoky.[52]Loza ho andrareo ry mpampianasy gny lalan'gny Jiosy, satria nalandrareo gny fagnalahilin'gny fahalala;sy milisy ao gny zakandrareo,dra sakanandrareo gny ze milisy.''[53]Tafaran'gny nialan'i Jesosy teo,dra nanohisy Anazhy gny mpanora-dalana vo gny Fariseo vo nialy hevisy taminazy mahakasiky gny raha maro,[54]sady niezaky gny hamandry Anazy tamin'gny zaka avo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 12

[1]Tamin'izay, gny nindri-nivavaky gny vahoaky agnarivony maro, maro loasy hany farany dra nifagnisa-kitro ereo,
volohany vatany dra nanomboky nizaka tamin'ereo pianany izy ho:'' tandremo gnymasirasiran'ireo Fariseo, izay
fisarambelasihy.[2]Sy misy tokony izay sy haseho, dra sy misy mivony izay sy ho fatasy. [3]Dra na ino na ino
nizakandrareo tao amigny mezy dra ho re ao amigny fahazava, dra izay nizakandrareo teo asofy tao agnaty
afitragno dra hozaka egny atapo-tragno.[4]Mizaka aminadrareo zaho ry namako. ka matahosy ireo izay mamono
gny tegna, dra afaran'izay dra sy misy na ino na ino azony atao sasy. [5]Fa hapitandry andrareo zaho gny amigny
hatahora. Matahosy gny raiky izay, izay gny avy mamono, dra manana gny fahefany gny hagnary agny amigny
helo.Egny, mizaka amindrareo zaho,matahosy anazy.[6]Sy avily farasa masaisaiky ro se gny sisina dimy? kanefa sy
misy raiky amin'ereo izay haligno eo amason'i Zagnahary. [7]Fa gny volon-dohararareo aza dra voaisaky aby koa. Ka
matahosy. fa manalaza mihoasy nohon'ny sisina maro handrareo.[8]Hoy zaho aminadrareo, izay aby magneky
anahy eo agnatrehan'ny olo, gny zanak'olo avo koa dra hagneky anazy eo agnatrehan'ereo azelin'i Zagnahary, [9]Fa
izay manda anahy eo agnatrehan'ereo azelin'i Zagnahary. [10]Izay aby mizaka manohisy gny zanak'olo, dra ho anga
aminazy izay, fa izay aby mizaka rasy manohisy gny fagnahy masy koa, dra sy ho veavela izay.[11]Gny fa minday
andrareo eo agnatrehan'i Synagoga, reo panapaky, vo reo mana-pahefana izy reo, dra ka magnahy gny amin'izay
ho fomba fizakandrareo ho fiarova-tegna, na izay ho zakandrareo, [12]Satria gny fagnahy masy gny hapianasy
andrareo izay tokony ho zakandrareo amin'izay ora izay.''[13]Avy eo nisy olo raiky avy tao amin'ireo vahoaky
nizaka taminazy ho:''ry papianasy, zakao gny rahalahiko ba hizara gny lova aminahy.'' [14]Jesosy nizaka taminahy
ho:'' ralelahy, iza gny nanao anahy ho pisara na pagnelagnela andrareo?'' [15]Hoy izy tamin'izy reo ho:'' Miambena
ba hihazognandrareo gny tegnandrareo lavisy ireo tagniria-drasy aby, satria gny fiaignan'olo raiky sy miaky
amigny fitobaky gny fanagnany.''[16]Avy eo Jesosy nanao fagnohara raiky tamin'ereo, nanao ho:'' namohasy be gny
sahan'ny lelahy panakarena raiky, [17]Dra nagnotany tegna izy, nizaka ho:'' ino gny ho ataoko, fa sy manana toera
hitehiriza ireo vokasy zaho?'' [18]Hoy izy ho:'' izao gny ho ataoko. Hazerako ireo tragno fitoerambokasy dra
hananga lahibe kokoa zaho, dra ao amin'ereo gny hagnorognako gny voako vo reo vokasy hafa. [19]Dra hizaka
amigny fagnahiko zaho ho:' ry fagnahy, hanao dra manana vokasy maro voatahiry ho amigny tao maro. Misahara
soa, mihinana, misaotra, mifalia.'''[20]Fa Zagnahary nizaka taminazy ho:'' ralelahy mola. androany hariva gny
fagnahinao gny hala aminao, dra ireo raha izay namagninao, ho an'iza reo?'' [21]Izay gny olo izay manango harena
ho an'ny tegnany dra sy manakarena manoloana an'i Zagnahary.''[22]Jesosy nizaka tamin'ereo pianany ho:'' noho
izay dra zakako amindrareo, aza magnahy gny amigny aindrareo-izay ho hinindrareo, na gny momban'ny
tegnandrareo izay ho tafindrareo . [23]Fa gny aina dra mihoasy noho gny sakafo, dra gny tegna koa mihoasy noho
reo fitafia.[24]Hevero gny koaky, sy mamafy ireo na miziza.Sy manana fitoboham-bokasy ireo na tragno fitehiriza,
kanefa omen'iZagnahary hanina avo, Manahaky gny akory gny fihoarandrareo laza mihoasy noho reo voro! [25]Iza
amindrareo gny afaky magnapy hakiho raiky gny andro iegnany amigny fagnahia? [26]Koa gny izay raha kasaisaiky
indrindra izay aza sy handrareo atao, akory handrareo gny miahiahi gny amigny sisa?[27]Hevero reo lilia-manao
akory gny fagniriny.Sy miasa izy ireo, na mamoly. Kanefa zakako amindrareo, na Solomona tamigny voninahiny
manotolo aza sy nitafy manahaky gny raiky tamin'ereo. [28]GNy tafin'i Zagnahary manahaky izay ireo ahisy egny
agnaisy, izay eo androany, dra gny maraindray dra aria agnaty fatana, manahaky gny akory gny hanafiany
andrareo mihoasy lavisy noho izay, handrareo ry masaisaiky finoanao![29]Ka mitalia izay ho hanindrareo vo izay
honomindrareo, dra ka miahiahy. [30]Fa ireo ferenena aby eto amin'izao totolo izao ireo dra mitalia ireo raha aby,
dra fatasy gny babandrareo fa mitalia ireo handrareo.[31]Fa kasaho gny fazakany, dra hagnome ho fagnapiny ho
andrareo aby gny raha ireo.
[33]Avilio ireo fagnanarandrareo dra omeo gny mahatra. Manova fitoboha-vola ho an'ny tegnandrareo izay sy mety
ho holavoharena agny an-dagnisy izay sy mety lany, izay sy misy kalalao manola. [34]Fa agny amin'izay
hitobohan'ny harendrareo, dra ho agny avo koa gny fondrareo.[35]Aoka gny akazo lavandrareo ho hagnisiandrareo,
dra aoka gny zirondrareo hirehisy hatragny, [36]DRa manova manahaky reo olo izay mandigny reo topony hihery
avy amigny lanognam-papakara-valy, ba gny avy izy dra mandondona, dra ho afaky hanokaky gny vatrangara
hon'azy avy hatragny ereo.[37]Sambasy reo panopo, izay hitan'ny topony fa niamby gny avy izy. Zakako marina
amindrareo, fa hisiky gny lamba lavany amigny valahany izy, dra hapipetraky anazy reo an-databasy, dra ho avy
izy hanopo anazy reo. [38]GNy ho avy amigny ora faharo amigny hariva gny tompo, na amigny ora fahatelo aza, dra
mahita anazy reo vonona, dra ho sambasy ireo panopo ireo.[39]Ho fagnapin'izay dra fataro izao, fa gny fatasy gny
tompon-tragno gny ora hahavian'ny pangalasy, dra sy hagnenga gny tragnony ho vaky izy. [40]Mivognona avo koa,
fa sy fatasindrareo gny ora hoavian'ny zanak'olo.''[41]Petera nizaka ho:'' tompo o, aminay avo se gny izakanao izay
fagnohara izay, sa amigny olon'aby avo koa?'' [42]Gny tompo nizaka ho:' iza dra gny pitatana vo hendry izay gny

tendren'ny tompony vo agnobn'ireo panopony hafa ba hagnome anazy reo gny azara hanin'izy reo amigny fotoa mety? [43]Sambasy izay panopo izay. izay hitan'ny topony manao izay aby avy izy. [44]Zakako marina amindrareo fa ho tendreny gny fanagnany aby izy.[45]Fa gny mizaka ao am-pony izay panopo izay ho:''nahemosy gny topony gny fiheregnany, dra manomboky mamono reo panopo lahy vo vavy, dra nihina vo mino, dra lasa mamo.[46]Gny topon'izay panopo izay dra ho avy amigny andro sy ampiziny, dra amigny ora sy fatany, dra hanapatapaky anazy dra hagnome toera ho anazy mindray amin'ireo sy mahatoky.[47]Izay panopo izay,nahafatasy gny sitrapon'ny topony, kanefa sy niomana na nanao araky gny sitrapony, dra ho zera amigny fizera maro. [48]Fa izay sy nahafatasy dra nanao izay mendrika ahazoa zera koa, dra ho zera amigny fizera masaisaiky. Fa ireo aby izay name be, dra ho be kokoa gno ho taky aminazy, dra reo izay nagneky be, dra ho be lavisy aza gny hangatahy aminazy.[49]Avy zaho hanoraky afo egny agnabon'ny tany, dra manahaky gny akory gny fagniriako ba hirehetan'izay sahady. [50]Fa manana fanova-batisa ba hanova batisa zaho, dra manahaky gny akory gny fahoriako mandra-pahatataterak'izay! [51]MIhevisy seky drareo fa avy zaho ba hinday fiadagna eto an-tany? Sy, Mizaka amindrareo zaho, fa fisaraha aza. [52]Manomboky izao dra hisy dimy ao amigny tragno raiky izay hisarasaraky olo telo manohisy gny ro, dra olo ro manohisy gny telo. [53]Hisaraky izy reo, gny raiky hanohisy gny zanaky lahy, dra gny zanaky lahy hanohisy gny raiky, gny reny hanohisy gny zanaky vavy dra gny zanaky vavy hanohisy gny reny, gny rafozam-bavy hanohisy gny vinatony vavy, dra gny vinato vavy hanohisy gny rafozam-bavy.''[54]Nizaka tamin'ireo vahoaky koa Jesosy ho:'' gny fa mahita raho miforo egny andrefa handrareo, dra hoy avy hatragny handrareo ho:'' hisy ranon'ora ho avy dra mitranga izay. [55]Gny fa misy rivosy misoka avy agny asimo, dra hoy handrareo ho:'' hisy hafana be ho avy, dra mitranga izay. [56]Ry pisaravelasihy, handrareo gny mandika gny toetoetry gny tany vo gny lagnisy, fa manaoakory gny sy ahezandrareo mamatasy izao andro amizao izao?[57]Nanaoakory handrareo gny sy misara izay marina ho an'ny tegnandrareo? [58]Fa gny mandeha mindray amigny pifanandry amindrareo eo agnatrehan'ny pisara agnabo handrareo, egny an-dala dra miezaha handamy gny olo mindray aminazy ba sy handehanany handrirosy andrareo eo amigny pisara, dra ba sy hanoloran'ny pisara andrareo sgny smigny pamotosy, dra ba sy handefasan'ny pamotosy andrareo agny apoza. [59]Hoy zaho amindrareo, sy ho tafavoaky ao zao handrareo mandra-pandoandrareo gny vola farany izay madiky indrindra.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 13

[1]Tamin'izay andro zay,nisy olo sasany teo nizaka taminazy gny momba reo Galiliana ze gny lion'ereo gny
nafangaron'i Pilato tamin'gny sorony manoka. [2]Namaly Jesosy dra nizaka tamin'ereo ho:''Andrareo se mieriserisy
fa gny Galiliana reo dra mpanota mihoasy noho reo Galiliana hafa aby satria nizaly tahaky anizay?[3]Aha,Zaho
mizaka andrareo. Fa raha sy mibebaky andrareo,aby dra ho maty tahaky anizay.[4]Dre io olo valo ambinifolo tao
Siloama ze nilavoany fiangona dra nahafaty anazy reo, mieriserisy se andrareo fa tena mpanota rasy mihoasy
noho reo lelahy hafa tao Jerosalema io? [5]Aha,ho zaho. Fa andrareo raha sy mibebaky, andrareo aby avo koa dra
ho maty.''[6]Jesosy nanao zao fagnohara zao ho:''Nisy olo nana hazon'Aviavy raiky namboleny teo amy tanim-
bolobony vo avt izy dra nagnety tegna-kazo teo aminazy nefa sy nahita dre ino dre ino. [7]Gny lelahy dra nizaka
tamin'gny mpanao zaridaina ho:'Indro, avy teto zaho nandrisy gny telo taona dra niezaky nitalia tegnany
tamin'itiho hazo aviavy itiho kanefa sy nahita mihisy. Tapao io. Nanao akory io gny anga manimba gny
tany?'[8]Namaly gny mpanao zaridaina dra nizaka ho:''Angao ho eo aloha amin'itiho tao itiho mandra-pihaliko
magnodidy anazy vo hagnasiako zeziky eo aminazy. [9]Raha mamoa izy amin'gny tao magnaraky , soa; fa raha sy
zay,dra tapao izy !''[10]Dra Jesosy nampianasy tao amin'gny raiky tamin'gny Synagogo nandrisy gny Sabasy.
[11]Indro,nisy apela raiky ze nana gny fanahy rasin'gny fahaleme nandrisy gny valo ambinifolo tao teo, dra izy dra
nivokoky dra sy nahavita nijoro soa.[12]Nony nahita anazy Jesosy, dra nitoka anazy dra nizaka ho:''Rapela,afaky
amin'gny fahalemenao anao.''[13]Napetrany teo aminazy gny tagnany, vo niaraky tamin'izay dra nitraka gny apela
dra nihoby an'Agnahary. [14]saiky gny mpanapaky gny Synagoga dra ory noho gny fagnasitrana nataon'i Jesosy
tamin'gny Sabasy. Noho zay dra namaly gny npanapaky vo nizaka tamin'gny vahoaky ho:''Misy enin'andro ze
tokony iasa. Tongava dra sitrana, fa sy amin'gny andro Sabata.''[15]Gny Topo namaly anazy dra nizaka ho:''Ry
mpiasaravelahisy! Moa se sy samy mamaha gny boriky dre gny agn'ombiny ao amin'gny valany andrareo dra
minday anazy hino rano amin'gny Sabasy?[16]Dra manahaky anizay koa itiho zanakapelan'i abrahama, ze
voafehin'i Devoly nandriky gny valo ambinifolo tao itiho, sy tokony ba ho vaha se gny fehiny amin'gny andro
Sabata?''[17]Gny nizaka anizay raha aby zay Izy,dra megnasy reo aby ze nanohisy Anazy,fa gny vahoaky raiky
manotolo dra faly noho reo raha aby malaza nataony.[18]Dra Jesosy nizaka ho:''Manahaky gny ino gny
fazakan'Agnahary, dra manahaky gny ino gny afaky agnoharako anizay?''[19]Zay dra manahaky gny voasinapy ze
nalany vo nafafin'gny lelahy raiky teo azaridainany, dra lasa hazo lahibe raiky, dra gny voron'gny lagnisy dra
nagnamboasy gny tragnony teo amin'ereo rasany.''[20]Bo nizaka avo Izy ho:''Ino gny afaky hampitahako gny
fazakan'Agnahary? [21]Zay dra manahaky gny masirasira ze nalan'gny apela raiky dra nafangarony tamin'gny koba
intelon'gny famatara mandra-piparitahany ao agnatin'gny koba aby.''[22]Jesosy dra nandeha nizaka gny tana vo gny
vohisy kirairaiky tegny an-dala magnagny Jerosalema vo nampianasy anazy reo.[23]Nisy raiky nizaka taminazy
ho:''Topo, moa se keliky gny olo gny ho voze?''Dra ho izy tamin'ereo ho:'v 24 Mialia gny hilisy gny vatrangara tery
andrareo ,satria, zaho mizaka amindrareo, maro gny te-hisofiky, fa sy ho afaky gny hilisy.[25]Gny fa ndray misanga
gny topon-tragno vo magnily gny vatrangara, dra hisanga ao ambaliky eo andrareo dra handondo gny vatrangara
vo hizaka ho:''Topo, Topo, apizosoy zahay.'Izy hamaly dra hizaka amindrareo ho:'Sy fatako andrareo dre gny
fiaviandrareo.'[26]Dra hizaka andrareo ho:'Nihina vo nino teo agnoloanao zahay,dra anao fa nampianasy tegny an-
dalambenay.'[27]Fa Izy dra hamaly ho:'Mizaka amindrareo zaho, sy fatako ze fiaviandrareo. Miala eto aminahy,
andrareo mpanao rasy !'[28]Hisy fitomagnia vo fikitroha-nify gny fa indro andrareo mahita an'i Abrahama, Isaka,
Jakoba, vo gny mpaminany aby ao amin'gny fazakan'Agnahary, fa ho voaroaky agny ambaliky andrareo. [29]Ereo
dra ho avy asignana, andrefa, avarasy, dra asimo dra hipetraky eo amin'gny latabasy gny fazakan'Agnahary.
[30]Fatako zao, reo ze sy dra manan-daja gny ho volohany,vo reo ze tena manan-daja gny farany.''[31]Tafarany
kelin'izay , nisy Fariseo sasany avy vo nizaka taminazy ho:''Mandehana hilomesa eto satria Heroda dra te-
hamono Anao.''[32]Jesosy nizaka zakao zay amboahaolo zay ho:
[33]Dre ino dre ino misanga, raha-lahibe aminahy gny manohy amizao , maray, vo gny andromagnaraky, satria vo
azo eke gny famonoa gny mpaminany lavisy an'i Jerosalema.[34]''Ry Jerosalema , ry Jerosalema , ze mamono gny
mpaminany vo mitora-bato reo ze nirahy tagny amindrareo. Ipy zaho gny nagniry gny hanango gny
zanakindrareo tahaky gny akoho vavy manangona gny zanany ambany elany, kanefa sy nagniry anizay
andrareo. [35]Indro,nangany gny tragnondrareo. Izaho dra mizaka amindrareo,sy ho hitanndrareo Zaho ambar-
pizakandrareo ho:''Sambasy ze avy amin'gny agnaran'gny Topo.'''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 14

1Dra Sabata, gny fa nagnao amin'gny tragnon'gny raiky tamin'ereo mpitariky gny fariseo hihina mofo Izy dra
nagnara-maso mariny Anazy ereo. 2Indro,teo agnoloany nisy lelahy raiky ze nampizalian'gny edema.3Jesosy
nagnontany reo manam-paheza amin'gny lalan'gny Jiosy vo reo Fariseo vo reo Fariseo ho:''Azo atao se gny
magnasitra amin'gny andro Sabata,sa aha?''4Fa ereo dra nangina. Noho zay dra nirambesin'i Jesosy izy,dra
nisitraniny, dra nalefany handeha.5Ho Izy tamin'ereo ho:''Iza amindrareo ze mana-zanaky lahy na agn'omby
tafalasaky agnaty fatsakana amin'gny andro Sabata gny sy hisitina anazy aby hatragny ?''6Ereo dra sy nisy
nahavita nagnome valiny an'ereo raha reo.7Gny fa sikirisin'i Jesosy gny fomba fisafilianan'ereo ze nasa gny
toeram-bonignahisy, nanao fagnohara izy, nizaka tamin'ereo ho:8'' Gny fa asa amin'gny lagnonam-panambalia
andrareo, dra mipetraky eo amin'gny toeram-boninahisy, satria mety nisy olo nasay bo manam-boninahisy noho
andrareo. 9Gny fa avy gny olo ze nanasa andrareo,dra hizaka andrareo izy ho:'Omeo an'itiho olo-kafa itiho gny
toeranao,'vo am-pahamegnara gny andehanandrareo hamozy gny toera,'dra am-pahamegnara gny
andehanandrareo hamozy gny toera ambany indrindra.10Fa gny asa andrareo, mandehana dra mipetraha
amin'gny toera ambany indrindra, amin'izay gny fa mandalo eo gny nanasa anao,dra mety hizaka anao izy ho:'Ry
nama, miakara amin'gny ambonimbony.'Vo avy eo dra homem-boninahisy andrareo eo anatrehan'ereo ze miray
latabasy azy amindrareo.11Da reo ze manandra-tegna dra hahety,dra izy ze manetri-tegna dra
hasandrasy.''12Jesosy avo koa dra nizaka tamin'gny lelahy nanasa Anazy ho:''Gny fa magnome sakafo dre fanasa
anao,dra ka manasa gny namanao dre gny rahalahinao dre gny anao dre gny mpanakarena magnodidy anao,
amin'gny mety hanasany anao koa ho tokalon'izay,dra ho voavaly anao.13Fa gny manao fanasana anao asao gny
mahatra, gny kilemay, gny mandringa, dra gny poaky,14dra ho sambasy anao,satria sy afaky hamaly anao ereo.Fa
anao dra ho voavaly amin'gny fisanganan'gny bmary.''15Gny fa nahere gny raha reo gny raiky tamin'ereo nindray
latabasy tamin'i Jesosy, dra nizaka taminazy izy ho:''Sambasy ze hihina gny mofo ao amin'gny
fazakan'Agnahary!''16Fa Jesosy nizaka taminazy ho:''Nisy lelahy raiky nikarakara sakofo lahibe vo nanasa olo
maro. 17Gny fa voakarakara gny sakafo, dra nagniraky gny mpanompony izy hizaka an'ereo ze nasay
ho:'Mandrosoa, fa gny raha-aby dra fa vonona.''18Izy aby dra nitovy say dra nanomboky nanao fiala-signy. Gny
volohany nizaka taminazy ho:'Nivily tanim-boly zaho,dra tokony hiboaky zaho dra hagnety anizay. Miala signy
zaho.'19 Raiky hafa nizaka ho:'Nivily agn'omby folo zaho,dra andeha hamatasy anazy reo. Miala signy zaho.'
20Bak'eo nisy lelahy raiky hafa nizaka ho:''Vao avy nampiaka-baly zaho,dra noho zay dra sy afaky ho aby
zaho.''21Dra avy gny mpanompo vo nizaka tamin'gny topony reo raha reo . Bak'eo topon-tragno ory dra nizaka
tamin'gny mpanompony ho:''mandehana malaky egny amin'ereo lalambe vo sakelidala eto an-tana dra andeso
atoho gny mahatra,gny mandringa, gny poaky,vo gny kelemaina.'22Nizaka gny mpanompo ho:''Topa, fa vita ze
nobaikonao, fa bo misy toera avo.''23Ho itiho topony tamin'gny mpanompony ho:''Mandehana egny amin'ireo
lalambe vo sisim-boly vo tereo ereo ho avy, amin'izay ho feno gny tragnoko.24Fa zakao amindrareo, sy hisy
hagnandra gny sakafoko gny lelahy ze nasay.'''25Dra vahoaky maro gny nandeha niaraky taminazy, dra nitoliky
Izy dra nizaka anazy reo Ho:''26Raha misy amindrareo magnato Anahy vo sy makahala gny rany, gny reniny, gny
valiny. gny zanany, reo rahalahiny vo reo rahavaviny, vo dre gny fiaignany avo, dra sy afaky gny ho ampianasy
izy. 27Dre iza dre iza sy milaza gny hazofizaliany dra magnaraky Anahy dra sy afaky gny ho ampianasiko.28Fa iza
amindrareo, ze magniry gny hananga tilikambo, gny sy mipetraky aloha dra mikazy gny fandania raha mana ze
taliavy hamita anazy izy? 29Raha sy zay, gny fa nametraky gny fotoa izy nefa sy hahavita anizay avo, dra
hanomboky handasa anazy reo aby ze mahita anizay,30manao ho:''Io lelahy io gny nanomboky nananga kanefa sy
nahavita avo.'31Na koa Pazaka ino,raha handeha hifanehisy amin'gny pazaka hafa amy aly,gny sy hipetraky aloha
dra hangalaky raha miaraky amin'gny lelahy raialy dra afaky hialy amy pazaka hafa ze avy manohisy anazy
miaraky amin'gny lelahy ro aly? 32raha sy zai, raha bo lavisy gny tafiky hafa,dra mandefa atoko izy dra
mangataky fepetra ho amin'gny fihavana.33Ka noho zay,dre iza dre iza amindrareo sy mahafo hanagnany aby dra
sy afaky gny ho mpianasy izy.34Soa gny sira, fa raha levo gny siron'gny sira, nanao akory gny hiheregnany hasira
ndraiky? 35Sy misy taliavin'gny tany anazy dre dra gny zezi-tany avo. Aria avi zay. zay mana-sofy ho andesi-
miteno, ao izy hiteno.''

Chapter 15

1Dra ereo mpamory hetra aby vo gny mpanota dra avy teo amigny Jesosy ba hiteno anazy.2Nifampinononono ereo
Fariseo vo ereo mpanora-dalana, nizaka ho: "Io lelahy ho dra manday mpanota, dra miara-mihina amigny ereo
avo aza."3Jesosy nanao izahoky ho:
5Dra Iziaby hita izy dra apetrany eo asorony dra mifaly izy.6Iziaby avy ao antragno izy dra tokavy avokoa ereo
namany vo ereo mpiaramony amigny mizaka anazy reo ho: 'Mifalia miaraky aminahy, fa hitako gny agnondry
levo. 'Dra izaho koa, mizaka amindrareo zaho, fa hisy fifalia agny andagnisy nahanigny mpanota raiky mibebaky,
mihoasy naho ereo olo-marina sivy amby sivy folo mila mibebaky.8Dre iza gny apela ze mana farasa kely
folo,raha levo gny farantsa raiky, gny sy andrehisy gny jiro, hamafa gny tragno,dra hitalia amim-pahazotoa
mandra-pahitany anizay?9Gny fa hitany zay,dra tokavy avo koa reo namany vo reo mpiara-mony aminazy,dra
hizaka ho:'Mifalia miaraky aminahy, fa itako gny farantsa kely raiky ze levo.'10Manahaky anizay koa, Zaho mizaka
amindrareo, misy fifalia eo anatrehan'gny azelin'Agnahary amin'gny mpanota raiky ze mibebaky."11Bak'eo Jesosy
nizaka ho: "Nisy lelahy raiky nanazanaky ro lahy,12Dra gny faealahy tamin'ereo nizaka tamigny babany izaho
tokony ho: 'Ray o, ameo anahy gny azara aby izy takony ho anahy.' Dra nizarany tamin'ereo gny fanagnany13Sy ela
tafaranigny, gny faralahy nagnavory gny azarany aby dra nandehatamigny firenena reo lavisy teo, dra tagny izy
vo nandrha fahatany ereo harenany aby tamigny fiegna manda.14Dra ereoaby laniny avo gny ereoaby, dra nisy
mosary lahibe niela tamin'io, dra nanoboky tao agnatiny sy fahampia izyNandeha izy dra nikarama tamigniraiky
tamin'erei mponina tao amin'io firenena iho, ze nandeha anazy tagny amigny ilany ba hamaha koso.16Te hihina
fatrasy ereo hany fihaniny koso izy, satria sy nisy olo nagnome anazy vo ino.17Fa gny fa avy say gny faralahy, dra
nizaka izy ho:'Firy amin'ereo manompon'gny raiko gny mana hany mihoasy gny sahaza, dra itiho zaho, matin'gny
hanohana!18Henganao eto dra ho agny amin'gny raiko zaho,dra zaho hizaka aminazy ho:''Ray o, fa nagnota
tamin'gny lagnisy zaho, vo teo amasonao. 19Sy mendriky gny tokony ho zanakao sasy zaho; atovy manahaky gny
raiky amin'ereo mpanomponao zaho.''20Noho zay nandeha gny faralahy dra nagnagny amin'gny rany. Raha bo
lavisy izy, dra hitan'gny rany, dra tohina nangoraky, dra nilomalomay, dra namihina vo nagnoroky anazy. 21Gny
zanadahiny nizaka ho:'Ray o, fa nanota tamin'gny lavisy vo teo amasonao zaho. Sy mendriky gny tokovy ho
zanakao zaho.'22Gny raiky nizaka tamin'gny mpanompony ho:Andeso malaky reo akazo soa indrindra, dra
ampiakazoy anazy,vo asio perasy gny tagnany, vo kapa gny tombony. 23Bak'eo andeso gny zanakagn'omby matavy
ka vonoy zay. Andao isika hakalaza amin'gny lanogna! 24Satria gny zanadahiko dra maty, vo amizao dra hita
ndraiky.' Bak'eo dra nanomboky niresaky ereo.25Dra gny lahimatoany dra tagny an-tanimboly. Nony taminazy vo
nagnato gny tragno izy,dra nahare mozika vo sizaky. 26Nitoka gny raiky tamin'ereo mpanompo izy dra
nagnontany anazy ho mety ho ino zay raha zay. 27Gny mpanompo nizaka taminazy ho:''Nolo ato an-tragno gny
rahalahinao dra nivonon'gny randrareo gny zanakagn'omby matavy, satria avy soa ama-sara izy.'28Ory gny
lahimatoa, dra sy nety nilisy , dra niboaky gny rany, dra niangavy anazy . 29Saiky namaly gny lahimatoa vo nizaka
tamin'gny rany ho:''Hatio , fa an-taonany maro gny nanopoko anao,vo bo sy nandika gny lalanao zaho,vo anao sy
bo nagnome dre dra zanak'osy nafahako nikorona niaraky tamin'ereo namako avo,30kanefa gny fa avy gny
zanakao lahy,ze nandriasy gny fanagnanao tamin'gny mpivaro-tegna,dra nivononao ho anazy gny
zanakagn'omby nafahy.'31Ho gny raiky taminazy ho:'Anaky, anao dra miaraky aminahy avo,zay aby anahy dra
anao.32Kanefa rariny ho asika gny mikorana vo mifaly, satria itiho rahalahinao dra maty, dra amizao dra velo
ndraiky; levo izy,vo amizao dra hita ndraiky.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 16

[1]Dra hoeza koa Jesosy tamin'ereo mpianany ho: ''Nisy lelahy mpanan-karena ereo nana mpitata, dra nitoniny
tagny amigny fa io mpitata io gny nandany gny fanagnany aby.[2]Dra notoka anazy gny lelehy mpana-karena dra
nizaka taminazy ho: 'Ino izaho reko momba anaoizaho? Mgnomeza tatisy momban'ny asa fitatanany, fa hanao sy
ho afaky gny ho mpitadri-panagna avo,'[3]Dra gny mpitadrim-panagna nizaka tagny asainy ho: ''Ino moa gny
tokony ataoko, fa magalaky amigny asa andesiko gny tompoko? Sy mana-kery hiasa tany zaho, dra megnasy gny
ba hangataky zaho.[4]Fatako gny ho ataoko, ba iziaby anga amigny asa fitatagnako zaho, dra hampandroso anahy
ao an-tragnon'izy ereo gny olo.'[5]Avy eo gny pita-draharaha nitoka gny kiraikiraiky tamin'ireo pitrosan'ny
tompony, dra nagnotany gny volohany izy ho: 'Hotrino gny anany tompoko agny aminao?' [6]Nizaka izy ho:'
Menaky oliva zasto litatra.' Nizaka tamy nazy ho: ' Takaro gny taratasinao, mipetraha malaky, dra dimapolo
soratany.' Dra avy eo gny mpitatana gny zakany tamy gniraiky ho:' Hotrino gny trosanao?' Nizaka ho: 'vary zato
famarana.' Nizaka taminazy ho:' Raiso gny taratasinao, dra sorato ho valopolo.'[8]Bak'eo gny topo dra nidera gny
mpitata sy mary satria niasa tamin-kafesena izy. Fa fetsy Koa gny zanak'izao totolo zao gny amin'gny fifagnaraha
amin'izy samy olo noho gny zanaky gny fahazava.[9]Mizaka amindrareo Zaho,mitaliava nama amin'gny alalan'gny
vola sy mary,amin'zay gny fa lany zay,dra mety ho rambesin'ereo ao amy fonena mandrakizay andrareo.[10]Ze
mahatoky amin'gny kely indrindra dra mahatoky amin'gny be koa,vo ze sy mary amin'gny masaiky indrindra dra
sy mary amin'gny be koa. [11]Raha sy mahatoky amy fampiasa vola sy mary andrareo,iza gny hatoky andrareo
amin'gny harena mary?[12]Raha sy mahatoky amy fampiasa gny volan'olo hafa andrareo, iza gny hagnome vola ho
andrareo manoka?[13]Sy misy panopo afaky manopo topo ro,fa dre izy halaiky gny raiky dra ho tia gny raiky,dre
koa izy hanolo-tegna ho an'gny raiky dra hanao sinosino gny hafa. Sy afaky manopo an'Agnahary vo gny hanagna
andrareo.'''[14]Dra gny Fariseo,ze tia vola, gny fa nahare zay raha aby zay,dra nagnamavo Anazy ereo.[15]Nizaka
tamin'ereo Izy ho:''Andrareo dra magnamary gny vatandrareo eo amason'olo,fa Zagnahary mahay gny fondrareo.
Fa ze hasandrasy eo amin'gny olo dra hakany eo amason'Agnahary.[16]Gny lalana vo reo paminany dra nisy
mandra-piavian'i Jaona. Fa hatramin'izay fotoa zay, gny fa nitoria gny filazasaran'gny fazakan'Agnahary,dra gny
kirairaiky dra niezaky nagnisy gny lalany ho amin'izay.[17]Fa moramora koa gny haharava gny lagnisy vo gny tany
noho gny sorosy kely indrindra ao amin'gny lalana ho avy sy mana-kery.[18]Ze misaraky amin'gny valiny dra
mapakasy apela hafa dra mizangazanga,vo ze fa nisara-baly dra mizangazanga.[19]Dra nisy pagnarivo raiky ze
niakazo voloparasy rongony manify dra nagnamamy isan'andro gny harem-beny.[20]Nisy pangalasy raiky tokavy
ho Lazarosy nipetraky teo amy vatrangarany, rakoky fery,[21]dra nagniry ba hiteno ze lasaky bak'eo agn'abo
latabasin'gny lelahy pagnarivo. Fa dre gny aboa avo avy vo nilelasy gny feriny.[22]Dra indro maty gny pangataky
dra nandesin'ireo Azely ho eo agnilan'i Abrahama. Maty avo koa gny pagnarivo dra nalevy,[23]dra tao amin'gny
fahavereza, raha napizaly,dra nanandrasy gny masony izy dra nahita an'i Abrahama tegny alavisy vo Lazarosy
teo agnilany.[24]Koa nihiakiaky fatrasy izy vo nizaka ho:'Abrahama Ray, mamindra fo aminahy dra alefaso
Lazarosy, ba handroboahany gny tendron'gny rasan-tagnany ao agnaty rano vo hapangasiasiaky gny lelako,fa ato
agnatin'gny fangirifiria fatrasy agnatin'itiho afo itiho zaho.'[25]Fa Abrahama nizaka ho:'Anaky, sarovy fa tamin'gny
androm-piaignanao dra nahazo raha soa anao,vo gny an'i Lazarosy koa araha rasy. Fa amizao izy atiho dra
voatambitamby, dra anao ao amin'gny fangirifiria. [26]Akoasy zay aby zay,dra nisy hasa lahibe napetraky , ba sy ho
afaky hiapita ze te-hisaky laha tegny magnrgny amindrareo,vo sy misy afaky hisaky laha tegny hagnetiho
aminay.'[27]Gny lelahy pagnarivo nizaka ho:'Miangavy anao Zaho,ry Abrahama Ray,ba hagnirahanao anazy ho agny
an-tragnon-drako [28]fa mana rahalahy dimy zaho ba afahany mapitandry anazy reo, nohon'gny tahosy gny
hahavian'ereo atiho amin'itiho toeran'gny fizalia itiho avo koa.''[29]Fa Abrahama nizaka ho:'Mana an'i Mosesy vo
gny paminany ereo;ao ereo hiteno anazy reo.'[30]Dra namaly gny lelahy pagna-rivo ho:'Aha,ry Abrahama Ray,fa
raha misy laha tamin'gny maty magnagny amin'ereo,dra hibebaky ereo.'[31]Fa Abrahama koa nizaka
taminazyho:'Raha sy miteno an'i Mosesy vo reo paminany ereo,dra sy ho resy lahasy mihisy dre misy olo
misanga amin'gny maty aza.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 17

[1]Jesosy nizaka tamin'ereo pianany ho:''Azo atoky fa hisy raha afaky hanosiky asika hanota, fa loza ho an'gny olo
ze hiavin'izay![2]Soa ho anazy koa raha asia vato be eo amin'gny vozony dra atoraky an-dranomasy , manahaky ze
hahatafitihy gny raiky amin'ereo madiniky reo.[3]Mitandrema andrareo. Raha manota gny rahalahindrareo, zakao
fatrasy izy,dra raha mibebaky izy, mamela anazy. [4]Raha manota aminao impito ao agnatin'gny andro raiky izy,dra
impito mihery aminao izy, mizaka ho:''Mibebaky zaho,'dra sy maisy mamela anazy anao!''[5]Reo apostoly tamin'gny
Topo ho:''Ampitomboy gny finoanay.''[6]Gny Topo nizaka ho:''Raha mana finoa ohasin'gny voasinapy andrareo,dra
afaky mizaka amin'io voroihazo io ho:'Miongota, vo magniria agny an-dranomasy,'dra hagneky andrareo izy.[7]Fa
iza amindrareo, gny mana panopo miasa tagny dre miamby agn'ondry,dra hizaka aminazy gny fa avy laha tagny
an-tanimboly izy ho:''Avia malaky dra mipetraha ba hihina'? [8]Fa sy hizaka se izy ho:'Hikarakaranao raha
hohaniko zaho,dra asio fehitroky magnodidy gny akazonao dra manopoa anahy mandrapahalanin'gny haniko vo
fisotroako. Dra bak'eo anao mihina vo mino'?[9]Sy misaotra gny panopo izy satria nanao gny ze nibaikoa anazy izy,
sa misaotra se izy? [10]Dre dra andrareo koa aza, gny fa nahavita gny raha aby ze nandidia andrareo andrareo,dra
tokony hizaka ho:''Zahay dra panopo sy mendriky . Ze tokony nataonay avo gny nataonay.''[11]Dra raha nandeha ho
agny Jerosalema Izy,dra nandeha teo amin'gny sisi-tany teo agnelagnelan'i Samaria vo Galilia. [12]Gny fa nilisy tao
amin'gny tana raiky izy,dra nisy boka folo lahy nifakatozy taminazy tao. Nisanga lavisy Anazy ereo [13]dra
nanandrasy abo gny feon'ereo, nizaka ho:''Jesosy, Topo o, mamindra fo aminay.''[14]Gny fa nahita anazy reo Izy,dra
nizaka tamin'ereo ho:''Mandehana dra ampisehoy amin'ireo pisoro gny vatandrareo.''Raha igny lasa igny izy reo
dra nalio.[15]Gny fa nahita gny raiky tamin'ereo fa sitrana izy,dra nihery, niaraky tamin'gny feo abo nakalaza
an'gnahary.[16]Nandohaliky teo atombon'i Jesosy izy, nanolosy fisaora ho Anazy. Izy dra Samaritana.[17]Dra Jesosy
nizaka ho:''Sy fa voalio se izy folo? Fa eza gny sivy?[18]Sy nisy hafa nihery hagnome voninahisy an'Agnahary se,afa-
sy itiho vahiny itiho?''[19]Dra ho Izy taminazy:''Misangana,dra mandehana. Gny finoanao gny mahasitra
anao.''[20]Raha nagnontanin'ereo Fariseo ho ombia gny fazakan'Agnahary gny ho avy,dra namaly anazy reo Jesosy
dra nizaka ho:''Sy hita-maso gny fiavian'gny fazakan'Agnahary. [21]Sy hizaka koa izy reo ho:'Hatio, itiho gny izy!'na
ho:'Iriho gny izy!'Fa indro,gny fazakan'Agnahary dra ao agnatindrareo.''[22]Ho Izy tamin'ereo pianasy :''Avy gny
andro hagniriandrareo gny hahita gny raiky amin'gny andron'gny Zanak'olo,fa sy hahita anizay andrareo.[23]Dra
ereo dra hizaka amindrareo ho:'Hatia, eryho! Hatio, etiho!'Fa ka miboaky dre magneziky anazy reo,[24]fa tahaky
gny selasy mamirasy mazava gny fa mitarasy laha tagny amin'gny gny raiky,dra manahaky anizay gny Zanak'olo
amin'gny androny.[25]Fa volohany dra sy maisy hizaly amin'gny raha maro Izy vo ho lavin'itiho taranaky itiho.
[26]Tahaky ze nisanga tamin'gny andron'i Noa,gny hiboaany koa amy andron'gny Zanak'olo.. [27]Nihina
ereo,nino,nanambaly, natolosy ho ampakary, mandrapihavin'gny andro ze niliran'i Noa tao amin'gny sambofiara
vo avy gny Safo-drano dra nandringa anazy aby.[28]Tahaky ze nisy tamin'gny andron'i Lota nihina sady nino ereo,
nivily vo nivarosy, namboly vo nanao tragno.[29]Fa tamin'gny andro ze niboahan'i Loza laha tao Sodoma,dra afo vo
solifara gny nilasaky laha tagny an-dagnisy dra nandringa anazy aby.[30]Dra ohasin'izay koa gny amin'gny andro
hiboaany gny Zanak'olo. [31]Amin'izay andro zay, ka anga hiboaky hangalaky gny etany ho egny ambaliky gny
tragno ze egny amin'gny tapo-tragno;dra la anga hihery ze agny an-tanimboly.[32]Tadidio gny valin'i Lota.[33]Dre iza
dre iza mitalia hamozy gny ainy dra hahavery anazy, fa dre iza dre iza gny ainy dra hamozy anazy.[34]Mizaka
amindrareo Zaho,fa amin'izay hariva zay dra hisy olo ro eo agn'abony fandria raiky. Gny raiky dra horambesiny,
dra gny raiky ho angao.[35]Dra hisy to vavy miara-mandisa vary. Gny raiky ho rambesy,vo gny raiky ho
anga.''[36][ Fagnamariha:reo fandika taloha soa indrindra dra manala gny andininy faha 36 ho:''Hisy ro lahy agny
an-tanimboly; gny raiky ho rambesy,dra gny raiky ho anga.''] [37]Nagnontany Anazy ereo ho:''Eza, Topo?''dra Izy
nizaka tamin'ereo ho:''Ze hitoeran'gny maty,dra agny koa gny hisy votoro hiara-miango.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 18

[1]Dra Eo izy nizaka fagnohara tamin'ereo gny momba gny tokony hivavahan'ereo mandrakariva, dra sy ho kivy,
[2]Nizaka ho: "Tao amigny tanana ereo dra nisy mpisara ze sy natahosy an'andriamanitra dra sy nanajaolo.[3]Dra
nisy mpandai-tegna ereo tao amin'io tanana iho, dra izy nagnagny aminazy matetiky, nizaka ho:'Apio zaho ba
hahazoako rairiny magnoloa gny fahavaloko.'[4]Fa hatry gny ela izy gny sy vono gny hagnapy anazy, fa tafarany
kelin'izay dra nizaka tamin'gny vatany izy ho:'Dre dra matahosy an'Agnahary avo zaho na sy magnaza olo,[5]fa koa
satria manahira anahy itiho pinday-vaya itiho,dra hagnapy anazy zaho ba hahazoany rariny,ba sy handreraky
anahy nohon'gny fiveziveziny lava atiho sasy izy.''[6]Bak'ereo gny Topo ho:''Tenoy ze ambaran'gny pisara sy mary
[7]dra sy hinday rariny ho an'izay voafiliny ze mitoka fatrasy Anazy aandro amagn'aly koa se Zagnahary?
Hangatak'andro lava amin'ereo se izy? [8]Zakako amindrareo fa hinday rariny malaky amin'ereo izy. Manahaky
anizay hoa,gny fa avy gny Zakan'olo, hahita finoa etiho an-tany tokoa se Izy?''[9]Bak'eo koa Izy nizaka zao
fagnohara zao tamin'gny sasany ze nahatoky gny vatan'ereo fa ho mary vo ze manevateva gny olo hafa:[10]''Nisy ro
lahy niakasy tao am-piangona ba hivavaku gny raiky dra Fariseo dra gny raiky hafa dra mpamory hetra.''[11]Gny
fariseo nisanga vo novavaky raha tahoky momban'gny vatany tahoky ho:'Zagnahary o, misaotra anao zaho fa sy
mitovy aminolo hafa pangalasy ,olo sy mary, pizangazanga tahaky hany itiho pamory hetra itiho avo. [12]Mifaly
hany indro isan-kerignandro zaho. Magnome gny ampahafolon'izay azoko aby zaho'.[13]Fa gny pamory hetra,nijoro
tegny alavisy ,sy nety nanandrasy gny masony tegny amin'gny lagnisy avo ,fa niteha-tratra, nizaka ho:'Zagnahary
o, mamindra fo aminahy, mpanota.' [14]Mizaka amindrareo Zaho,io lelahy io dra nihery niboaaky tagny an-
tragnony voamary noho gny raiky, satria ze manandra-tegna dra hahetry aby,fa ze manetri-tegna gny hasandrasy
aby.''[15]Gny olo koa dra ninday gny zanany kely teo aminazy, ba hikasuhany anazy reo, fa gny nahita anizay gny
mpianasy ,dra nizaka fatrasy anazy , nizaka ho:''angao gny zaza hagnato Anahy ,dra ka rarana ereo. Fa an'gny
manahaky anazy reo gny fazakan'Agnahary.[17]Zakako mary amindrareo, dre iza dre iza sy handray gny
fazakan'Agnahary manahaky gny zaza dra sy hilisy ao amin'izay mihisy.''[18]Dra nisy panapaky raiky nagnontany
Anazy,nanao ho:''Papianasy soa o , ino gny sy maisy hataoko ba handovako gny fiaigna mandrakizay?''[19]Jesosy
nizaka taminazy ho:''Nanao akory Zaho gny tokavinao ho soa? Sy misy olo soa ,afa-sy Zagnahary raiky avo.
[20]Fatanao gny didy ka mizangazanga, ka mamono olo,ka mavandy, magnaza gny ranao vo gny reninao.''[21]Nizaka
gny panapaky ho:''zay aby zay dra fa nakatoaviko hatry zaho bo tanora.''[22]Gny fa napiboaky anizay Jesosy ,dra
nizaka taminazy ho:''Raha raiky gny sy apy aminao. Sy maisy mivarosy ze anagnanao aby anao dra mizara
anizay amin'gny mizaly ,vo hana hanagna agny an-dagnisy anao vo avia, magnaraha Anahy.''[23]Fa gny nahare gny
raha reo gny panapaky ,dra nazary nalahelo loasy,fa nana-karena be izy.[24]Dra Jesosy , nahita anazy, nazary
nalahelo fatrasy [ Fagnamariha:Reo manam-pahaiza dra misara-kevisy tokony ho ampiliriny eto gny zaka ho:[
Izy] dra nazary nalahelo fatrasy . Apitahao gny and 23] vo nizaka ho:''Manao ino gny fahasarotan'gny filira ao
amin'gny fazakan'Agnahary ho an'ereo ze ho pagnarivo! [25]Fa moramora koa ho an'gny rameva gny hilisy amy
forim-pajaisy, nohon'gny hiliran'gny olo pagnarivo raiky ao amin'gny fazakan'Agnahary.''[26]Reo ze nahare anizay
dra nizaka ho:''Iza vo gny afaky voze?''[27]Jesosy namaly ho:''reo raha ze sy hain'olombelo dra
hian'Agnahary.''[28]Petera nizaka ho:''Indro, nagnenga gny raha ze anay zahay aby vo nagnaraky Anazo.''[29]Dra
Jesosy nizaka tamin'ereo ho:''Zakako mary amindrareo,fa sy misy olo ze nahafo tragno,dre valy,dre rahalahy,dre
ray aman-dreny,dre zanaky,nohon'gny fazakan'Agnahary,[30]ze sy hahazo maromaro koa amin'itiho zao totolo zao
itiho,vo amy andro ho avy,dra fiaigna mandrakizay.''[31]Gny fa avy namory gny ro ambinifolo lahy teo Aminazy
Izy,dra ho izy tamin'ereo ho:''Indro, miakasy ho agny Jerosalema isika,dra gny raha aby ze voasorasin'ereo
paminany momban'gny Zanak'olo dra ho tateraky.[32]Fa hatolosy eo amin'ireo zetilisa Izy,dra hihomeheza,vo
hangala baraka, vo ho rorana.[33]Tarafan'gny hazera Anazy,dra ho vonon'ereo Izy vo amin'gny andro fahatelo dra
hisanga ndraiky Izy.''[34]Sy nahatakasy dre ino dre ino tamin'ereo raha reo ereo,dra navoniny tamin'ereo zay zaka
zay,dra sy azon'ereo gny raha ze voazaka.[35]Dra raha nagneky an'i Jeriko i Jesosy,dra nisy lelahy poaky raiky
nipetraky teo asisin-dala nangataky,[36]vo raha nahare gny vahoaky niriosy , dra nagnontany ze raha nisanga izy.
[37]Nizaka taminazy ereo ho nandalo teo Jesosy laha tagny Nazareta.[38]Nitoka fatrasy gny lelahy poaky,nanao
ho:''Jesosy, Zanak'i Davida, mamindra fo aminahy.''[39]Fa reo ze nandeha nialoha dra nizaka fatrasy an'gny lelahy
poaky ,dra nizaka taminazy ba hangina. Fa izy vao maiky niasoasi fatrasy ho:''Ry Zanak'i Davida, mamindra fo
aminahy.''[40]Jesosy nizano vo nandidy gny ba hinday gny lelahy ho eo aminazy. Dra gny fa teo mariny lelahy
poaky,dra nagnontany anazy Jesosy ho:[41]'' Ino gny tianao hataoko ho anao?''Nizaka izy ho:''Topo,te- hahirasy
zaho.''[42]Jesosy nizaka taminazy ho:''Mahirata. Gny finoanao gny nahasitra anao.'' [43]Teo noho eo dra nahirasy izy
dra nagnaraky Anazy, nagnome voninahisy an'Agnahary. Gny olo aby, gny fa nahita anizay,dra nanolosy fidera ho
an'Agnahary.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 19

[1]Nilisy Jesosy vo nandalo an'i Jeriko. [2]Indro, nisy lelahy ze nitokavy ho Zakaiosy teo.Izy dra lahiben'gny pamory
hetra sady manan-karena.[3]Niezaky gny hahita izy ho iza Jesisy ,ka nefa sy afaky nahita tao agnaty vahoaky ,
satria bory izy. [4]Koa nilomalomay nialoha gny olo izy dra nagnaniky hazon'aviavy raiky ba hahita Anazy,satria
hiala amin'izay lala zay Jesosy.[5]Nony avy teo amin'gny toera Jesosy, dra niandrandra Izy dra nizaka taminazy
ho:''Ry Zakaiosy, miboaa malaky , fa amizao dra sy maisy hizano ao an-tragnonao Zaho.''[6]Dra niboaky malaky izy
dra nandray Anazy tamim-pifalia.[7]Gny fa nahita anizay aby dra nitaray avo koa, nizaka ho:''Nilisy hamangy
lelahy ze panota Izy''.[8]Nisanga Zakaiosy dra nizaka tamin'gny Topo ho:''Hatio, ry Topo, gny asaky gny fanagnako
dra omeko ho an'gny mizaly,vo raha manahaky dra nisy raha nagnambakako olo,dra honerako abo efasy
heny.''[9]Jesosy nizaka taminazy ho:''Androany gny famozena gny avy ato amin'itiho tokatragno itiho, satria izy koa
dra zanak'i Abrahama. [10]Fa gny Zanak'olo dra avy ba hitalia vo hamozy gny olo ze levo.''[11]Raha nahare anizay
raha zay ereo,dra nanohy nizaka Izy vo nanao fagnohara raiky , satria teo marin'i Jerosalema Izy,vo ereo
nieriserisy fa hiseho teo noho eo gny fazakan'Agnahary.[12]Noho zay Izy dra nizaka ho:''Nisy tandapa raiky nandeha
tagny an-tany lavisy ba hahazo fazaka ho an'gny vatany dra hihery bak'eo.[13]Nitoka folo lahy tamin'ereo panopony
izy,vo nagnome farantsa folo anazy reo,vo nizaka tamin'ereo ho:'Manova raharaham-barosy mandra-
piheregnako.''[14]Kanefa gny vahoaky nalaiky anazy vo nandefa solotegna nagnaraky anazy , nizaka ho:''Sy
taliavinay gny hazakan'io lelahy io eto aminay.'[15]Dra gny fa nihery draiky izy,aby nadray gny fazaka,dra nandidy
gny mpanopony ze nomeny vola vaho eo aminazy izy,ba hahafatarany ze tombony azon'ereo tamin'gny fanova
raharaham-barosy.[16]Avy teo agnoloany gny volohany, nizaka ho:'Topo, gny farantsnao dra nahazo tombony
farantsa folo mihoasy .'[17]Nizaka anazy gny tandapa ho:''Soa zay,ry panopo soa. Noho anao nahatoky tamin'gny
kely dra kely,dra hanam-pahefa amy tana folo anao.'[18]Avy gny faharo, nizaka ho: 'Gny fa farasinao, Tompo, dra
nahavita farantsa dimy,'[19]Dra nizaka taminazy dra tandapa ho: 'Handrekisy tana dimy hanao.'[20]Avy gny riky hafa,
nizaka ho: 'Tompo, indro gny faratanao, izy ahaza soa tao agnaty lamba,[21]Fa natakosy anao zaho, satria lelahy
masiaky hanao. Mangala inizaho sy nampetrakao, dra miziza izaho sy nafahinao.'[22]Nizaka taminazy gny tandapo
ho: amigny taminao manoka gny hisarako anao, hanao vo mpanompo rasy fagnahy. Fatako fa izaho dra lelahy
masiaky, mangalaky ze sy nafafiko.[23]Konagnino gny sy nampetrako tagny amigny mpitahiry vola gny volako, dra
iziaby nihery zaho dra ho nadraby anizaho tanigny zanany?'[24]Gny tamdapa nizaka tamin'ereo ze nisanga teo
agnilany teo ho: 'Alao aminazy gny farantsa, dra omeo anigny mana gny farantsa folo.'[25]Dra ho ereo taminazy ho:
''Tompo ,mana farantsa folo izy.'[26]'Izaho mizaha amindrareo, fa iziaby mana dra home mihoasy, fa izy sy mana,
dra izay anagnany dra ho alany.[27]Fa ereo fahavaloko, ereo ze sy nisiry anahy hazaka eo amigny ereo ze eto aty izy
ereo vo vono eto aloako.''[28]Iziaby avy nizaka an'ereo raha ereo izy, dra nandeha aloha ho agny Jerosalema[29]Vo
nony avy teo agnilany Betifaga vo Batania Izy, teo amigny tendribohisy tokavo ho Oliva, dra nagniraky gny ro
tan'ereo mpianany Izy,[30]NIzaka ho: "mandehana agny midisy handrareo, dra hahita zana-boriky ereo mbo sy
nitikiran'olo idraiky. Vahao izy dra ento aty aminahy.[31]Raha misy magnotany adrareo ho: 'Nagnino moa
vahadrareo io?' dra zakao ho: 'Misy teliavany Tompo anazy.'[32]Ereo izay niraihina dra nandeha dra nahita gny
zana-boriky araky gny nizakany Jesosy tamin'ereo.[33]Raha teo an-pamahany gny zana-boriky izy ereo dra ho ereo
tompony tamin'izy reo ho: "Ngninogny vahadrereo gny zana-boriky?" [34]Nizaka ereo ho: "Misy teliaviny Tompo
anazy."[35]Nandesiny ereo teo ambaninigny zana-boriky gny lambany dra nametraky an'i Jesosy teo abony.[36]Raha
nandeha egny izy, dra nabelasin'ereo teo amigny lalana gny lamban'izy reo.[37]Dra iziaby nariny any fimpetraha
miroro amigny tedrimbohitr'Oliva izy, dra nanomboky nifaly ereo mpianany maro be dra nidera
an'andriamanitra tamigny feo fatrasy nohonigny asa lahibe aby ze hitan'izy reo,[38]NIzaka ho: "Dera ane gny
mpazaka izay avy amigny agnarany Tompo! Fiadagna agny an-dagnisy dra voninahitra agny amigny avo
indrindra!"Gny fariseho ilany teo amigny vahoaky dra nizaka tamigny ho: "mpampianasy o, zakao fatrasy ereo
mpiamasy o.[40]Namaly Jesosy dra nizaka ho: "Zakako amidrareo fa raha marevoky ereo, dra hikiaky gny vato.
"[41]Iziaby nagnato gny tanana Jesosy, dra nitomagny anazy,[42]Nizaka ho: "Gny ba satanao moa aminizao andro izaho
agny hanao, ereo raha izao minday fiadagna ho anao! Nefa aminizao igny dra miafy amigny masonao[43]Fa ho avy
aminao ereo andro, izay hanaganan'ny fahavalonao manda magnodidy anao, dra hagnodidy anao, dra hanery
anao amigny lafiny aby.[44]Izy ereo dra hampilavo anao amigny tany miaraky amigny zanako. Sy haga dra vato
raiky nifanegy vo izy ereo satria hanao sy nahafatasy izaho fony andriamanitra niezaky gny hamozy
anao."[45]Nidisy tao antragnony Jesosy dra nanomboky nandroaky ereo ze mpamarosy,[46]Nizaka tamin'izy reo ho:
"Fa voasorasy ho: 'Gny tragnoko dra natao tragno fivavahana,' fa drareo koa nanao anazy ho zohy fieren'ereo
Zolahy."[47]Ko dra nampianasy isan'adro tao an-tempoly Jesosy. Ereo lohan'ny mpisoro vo ereo mpanoro-dalana dra


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

ereo mpitariky gny vahoaky dra nitalia hamono anazy,[48]Fa sy nahita fomba hanova izaho izy ereo, satria nazoto niteno anazy avo gny vahoaky aby.

## Chapter 20

[1]Vo andro, raha napianasy gny vahoaky tao amigny tempoliny Jesosy vo nitory gny filazasara, dra nagnato anazy
reo lohan'ny mpisoro vo mpanorandalana niaraky tamin'ereo loholo.[2]Nizaka izy reo, nanao taminazy ho: "zakao
izanay ereo ho amigny fahefa ino gny hanova ereo raha izao fahefa izao?"[3]Namaly Izy dra nizaka ereo ho: "Izaho
koa drahametraky fagnotania amidrareo. Zakao anahy gny mahakasiky[4]Gny batisan'i Jaona. Moa se izaho agny
andagnisy sa amigny olombelo[5]Nialy hevisy izy reo, nizaka ho: "raha hamaly isika ho: 'Vo agny andagnisy dra
hizaka Izy ho: 'Ko nagnino drareo gny sy mino anazy?'[6]Fa raha nizaka isika ho: 'avy amigny olombelo,' dra hitora-
bato asika gny vahoaky aby, satria izy reo dra resy lahasy fa Jaona dra mpaminany ."[7]Noho izaho dra namaly izy
reo fa sy fatas'izy ereo izany gniasiny.[8]Jesosy nizakatam'izy ereo ho: "Izaho koa sy nizaka amidrareo izaho
fahefana hanovako izaho raha aby izaho."[9]Nizakany tamigny vahoaky izao fagnohara izao: "Nisy lelahy raiky
nanao tanim-boaloboky, napagnofa izaho tamigny mpaboly voaloboky, dra nandeha tagny amigny firenena hafa
naharisy gny fotoa ela.[10]Tamigny lera voatodro dra nandefa mpagnampy izy ho agny amin'ereo mpaboly
voaloboky, fa tokony hagnome anazy gny voakazony tanoboly izy reo. nikampohin'ereo mpaboly anefa izy, dra
nalefany nihery tagnam-polo.[11]Avy eo dra nandefa panopo hafa ndraiky izy dra nizeran'ereo avo koa, nalany
baraka, dra nalefan'ereo tagna-polo. [12]Bo nandefa fagnitelony izy dra nirasan'izy reo koa izy, dra niroahiny.[13]Noho
izay dra nizaka gny tomponigny tani-voloboky ho:'' ino gny ho ataoko? halefako agny gny zanaky lahy malalako.
Mety ba ho hazanon'ereo izy.''[14]Fa gny hitan'ereo pamboly voloboky izy, dra nifapizaka ereo, nizaka ho:'' io gny
pandova, Ndeha ho vonosika izy, ba ho lasasika gny lova.[15]Niroahin'ereo niala gny tanim-voloboky izy dra
nivonon'ereo.Ino dra gny ho ataon'ny tomponigny tanimboloboky amin'ereo?[16]Ho avy izy dra hanorotoro reo
pamboly voloboky, dra hagnome gny tanim-voloboky ho an'ny hafa.'' Gny hagnome izay izy dra, nizaka ho:''
sagnatria amin'i Zagnahary!''[17]Fa nagnety anazy reo Jesosy, nizaka ho:''ino gny hevisigny voasorasy ho:''gny vato
izay nandagnan'ereo pagnori-tragno gny avy vato fehizoro? [18]Gny kiraikiraiky izay lavo eo amin'io vato io dra ho
torotoro. Fa na iza na iza ho lavo, dra ho torotoro.''[19]Dra nitalia hanambosy anazy tamin'io ora reo panora-dalana
vo reo pisoro, fa fatas'ereo fa nizakany io fagnohara io hanohisy anazy reo. Kanefa natahosy gny vahoaky ereo.
[20]Teo apandiniha anazy soa, dra nandefa pisikilo moly ho marina ereo, ba afahan'izy reo mahita signy amigny
zakany, dra hagnome anazy eo amigny fanapaha vo gny fahefan'ny governora.[21]Nagnotany anazy ereo, nizaka
ho:'' papianatro o, fatasay hanao fa mizaka vo mapianasy apahamarigna, dra sy voatariky gny hevis'izay na iza,
fa hanao dra mapianasy gny fahamarigna momban'ny lalan'i Zagnahary. [22]Ara-dalana ho anay se gny mandoa
hetra amin'i Kaisara, sa tsia?''[23]Fa Jesosy dra nahatakasy gny fahesen'ereo, dra nizaka tamin'ereo ho:''[24]''Mapotoroa
deraina raiky aminahy. An'iza io sary agnara eo aminazy io?'' Nizaka ereo ho:''An'i Kaisara.''[25]Hoizy taminereo
ho:'' Noho izay omeo an'i Kaisara gny raha izay an'i kaisara, dra an'i zagnahary.'' [26]Sy nahita signy tamizay
nizakany teo anatrehany vahoaky ereo, fa dra nitolagaga taminy valiteniny dra nigy.[27]Raha avy teo aminy gny
ilany taminereo Sadoseo, ereo ze nizaka fa sy misy gny fisanganaamy maty, [28]Nagnotany anazy ereo,
nizakaho:''mpampianaso o, Mosesy dra nanorasy ho asika fa raha maty gny rahalahiny lelahy raiky, manambaly,
dra sy nananganaky, dra tokony hangalaky valy any valy ny rahalahiny, dra hagnome zanaky ho any rahalahiny.
[29]Nisy mpirahalahy fito dra gny volohany nanambaly, dra maty sy nanagnanaky [30]dra gny faharo koa
manahakanizay. [31]Nampiakatra anazy gny fahatelo, dra gny avokoa izy fito samy sy nanagnanaky, dra maty.
[32]Tafarany dra maty ko ampela. [33]Amy fisangana amy maty, ho valiniza izy? Fa samy fa nanambaly anazy
fito.''[34]Jesosy nizaka tamin'ereo ho:'' ireo zanak'izao tontolo izao dra pamaka-valy vo ampiakary. [35]Fa ireo izay
nahita amin'izao andro izao fa mendriky gny handray gny fisangana amigny maty dra sy hapaba-valy na
hapekary. [36]Sy ho maty sasy izy reo, satria mitovy amindrareo azely vo reo zanak'i zagnahary, izay zanaky gny
fisangana amigny maty.[37]Fa fnt maty nasangany, na Mosesy aza dra napiseho, teo amigny toera izay nisy gny
voaroy, izay nitokavany gny tompo ho Zagnaharin'i Abrahama vo Zagnaharindr'Israely dra Zagnaharindr'i
Jakoba. [38]Dra izy sy Zagnahary gny maty, fa gny velo, satria gny aby dra velo ao aminazy.[39]Gny ilany taminereo
mpamoro namaly ho: "[40]Stria sy sahy nametraky hagnotania hafa tanigny sasy izy ereo.[41]Jesosy nizaka anazy reo
ho: "Nagnino gny izaka ereo fa kristy dra zanaka lahin'i Davida?[42]Fa Davida tegnany se nizaka tao amigny
bokin'ny Slamo ho: Gny tompo nizaka tamigny Tompoko ho: 'Mipetraha eo an-tana ankavanako,
[43]Mandrampanovako gny fahavalonao ho hitobokatom-nokao.'[44]Nohoizaho Davida dra nitoka an'i kristy ho:
'Tompo', koa nagnino gny maha zanak'i Davida anazy?"
[46]"Mitandrema amigny mpanora-dalana ze misiry handeha miaraky amigny akazo lava, vo tia fiharaba manoka
egny asena, vo seza volohany ao anaty synagoga, dra mipetraha volohany agny amigny fanasa.[47]Izy io koa dra
mandany gny tragnodrareo pandaitegna, vo manao vavaky ho fisehosehoany. Gny lelahy manahaky anizy dra
hahazo feloky lahibe tokoa."

## Chapter 21

[1]Jesosy nanipy maso dra nahita gny lelahy mana-karena ze nandrosaky gny fagnatisin'izay tao amy fandasahan-
drakisy. [2]Nahita mpinday -vata mizaly raiky nandrosaky farasa ro tao Izy.[3]Dra Izy ho:''Zakako maryy amindrareo ,
itiho mpinday-vata mizaly itiho dra nandasaky maro noho izy aby. [4]Reo aby reo dra nagnome fagnatisy araky gny
haben'gny hareny. Fa itiho mpinday-vata itiho, tamin'gny fahatrany, dra nandasaky gny fivelomany aby.''[5]Raha
nisy maro niresaky momba gny fiangona, fa voaravaky vato soa tarehy vo fagnatisy zay, dra ho Izy ho:[6]'' Fa gny
amin'ereo raha hitandrareo reo, bo ho avy gny andro ze sy hisy dre vato raiky avo hizano amy hafa dra sy ho
rava.''[7]Koa nagnontany Anazy ereo, nanao ho:''Ry mpampianasy, ombia gny raha reo gny hisy? Ino gny famatara
gny fa hisy reo raha reo?''[8]Jesosy namaly ho:''Mitandrema va sy ho voafitaky andrareo. Fa maro gny ho avy amy
agnarako, hanao ho:'Zaho gny izy,'dra'fa mariny fotoa.'Ka magnaraky anazy reo. [9]Gny fa mahare aly vo fikomia
andrareo, dra ka mihorohoro, fa reo raha reo dra sy maisy hisy aloha, fa gny farany dra sy hisy eo noho eo.''[10]Dra
ho Izy tamin'ereo ho:''Gny firenena dra hisanga hanohisy firenena. dra fazaka hanohisy fazaka. [11]Hisy horohoro-
tany lahibe,dra mosary vo areti-mandringa agny amy toera samihafa. Hisy raha mampatahosy dra famatara
lahibe laha tagny an-dagnisy.[12]Fa mialohan'ereo raha aby reo, dra hanambosy andrareo ereo dra hagneziky
andrareo, hanolosy andrareo ao amy synagoga vo gny figadra, hinday andrareo eo agnoloan'ereo pazaka vo reo
mpanapaky nohon'gny agnarako. [13]Zay dra hagnome fahafaha ho amy fizoroandrareo vavolombelo.[14]Noho zay
dra manapaha hevisy ao am-pondrareo ba sy hagnoma gny fiarovandrareo mialohan'gny fotoa, [15]fa Zaho
hagnome zaka vo fahendrena andrareo , ze sy afaky tohery vo handagnan'ereo mpanohisy andrareo.[16]Fa
andrareo koa dra ho atolosy gny ray aman-dreny, reo rahalahy, reo hava vo reo nama, dra ereo dra hamono ho
maty gn'ilany amindrareo. [17]Ho halan'gny kirairaiky noho gny agnarako Andrareo. [18]Fa sy hisy ho levo dre dra
singam-bola raiky eo amy lohandrareo aza. [19]Amin'gny faharetandrareo gny hamozea andrareo gny
fagnahindrareo.[20]Gny fa hitandrareo voadidy miaramila Jerosalema, dra fatako fa mariny gny faharavany. [21]Dra
ao reo ze agny Jodia handositry agny an-dohambohisy , dra ao reo ze agny agnevon'gny tana hiala. dra ka anga
hilisy ao reo ze agny ambanivohisy. [22]Fa reo gny andron'gny valifaty, ba ho tateraky reo raha aby fa voasorasy.
[23]Loza ho an'ereo ze minday vohoky vo ho an'ereo mampinono amin'izay andro zay! Fa hisy fahoria lahibe eo
amin'gny tany, dra hahoria amin'io vahoaky io. [24]Ho lavon'gny lefo ereo dra ho andesy ho babo agny amin'gny
firenena aby, dra Jerosalema dra ho voahosihosin'ereo Zetilisa, mandrapa-tateraly gny andron'gny Zetilisa.[25]Hisy
famatara egny amignymasoan- dro, egny amigny volana, vo egny amigny kitana, dra eto an-tany. Ho tra-pahoria
ereo firenena, haharary nahan'ny eron- dranomasina vo ereo onja.[26]Hisy lelahy ho toran'ny tahosyvo gny
fandignisa an' ereo raha izaho ho avy eto an-tany. Fa ho voahozgozo gny herin' ny lagnisy.[27]Avy eo ho hitanizireo
gny Zanak'Olo avy egny amigny raho miaraky amigny hery vo voninahisy lahibe. [28]Fa gnifa manoboky
gnirahahita reo raha reo, dra misanga vo hakalaza gny lohadrareo, satria fa mariny gny fagnafaha
adrareo."[29]nanao fagnohara tamin'izy ereo Jesosy ho: "Atio gny hazon'aviavy, vo ereo hazo iziaby. [30]Iziaby
magnoroky an'ereo, dra ho hitadrareo manoka fa agnilany gny lohatao.[31]Dra izaho avo koa iziaby hitadrareo
misaga ereo raha reo, dra fatasidrareo fa mariny gny fazakan'agnahary.[32]Zakako amindrareo, marina tokoa, tiky
taranaky dra sy ho maty mandra-pisehoan'ireo raha reo. [33]Gny lagnisy vo gny tany dra ho levo, fa ireo zakako dra
sy ho levo mandrakizay.[34]Fa mitandrema amigny tagnandrareo, ba sy ho vesaran'ny vokasy gny fisotroa vo gny
fahamamoa gny fondrareo, vo reo ahiahin'ny fiaigna, dra avy eo hihily tampoky amindrareo manahaky gny
fandriky izay andro izay. [35]Fa izay dra go avy amigny kiraikiraiky izay miay maneran-tany.[36]Fa ba mailo amigny
fotoa aby, mivavaha ba ho ampy hery handrareo handosira reo raha aby izay hiseho, dra hisangana eo alihan'ny
zanak'Olo."[37]Dra nandrisy andro dra napianasy tao amigny tempoly izy, dra gny hariva nandeha niboaky izy dra
nizano teo an-tendrombohin'iOliva. [38]Ireo vahoaky aby dra avy vo mangiran-drasy ba hiteno anazy tao amigny
tempoly.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 22

[1]Dra fa antomosy gny Firavoravoa amy Mofo sy misy masirasira, zay tokavy ho Pasaky. [2]Nialy hevisy gny
lohan'gny mpisoro vo gny mpanora-dala gny amy fomba afahan'ereo mamono an'i Jesosy, satria natahosy gny olo
ereo.[3]Bak'eo Satana nilisy tamin'i Jodasy Iskariota, ze raiky tamin'ereo ro ambini'gny folo. [4]Jodasy nandeha
nagnagny amin'ereo lohan'gnyb mpisoro vo gny kapiteny dra nialy hevisy tamin'ereo gny amy fomba hamalihany
an'i Jesosy eo amin'ereo .[5]Faly ereo,dra nagneky hagnome vola anazy.[6]Nagneky izy,dra nitalia kendry tohana ba
hanolorany Anazy eo amin'ereo lavisy gny vahoaky.[7]Avy gny andron'gny mofo sy misy masirasira , zay sy maisy
hanova soro gny zanakagn'ondry gny Pasaky. [8]Jesosy nagniraky an'i Petera vo Jaona, nanao ho:''Mandehana dra
homano ho asika gny sakafon'gny Pasaky, ba afahasika mihina anizay.''[9]Izy reo nagnontany Anazy ho:''' Eza gny
tianao hanovanay gny fagnomana?''[10]Namaly anazy reo gny Ho:''Tenoy, gny fa midily gny tana andrareo, dra hisy
lelahy raiky minday sinin-drano hifane amindrareo. Magnaraha anazy agny amin'izay tragno ilirany. [11]Dra zakao
gny topo-tragno ho:''Gny Pampianasy mizaka aminao ho:''Eza gny efi-tragno fandrambesa-bahiny, ze hihinanako
gny sakafon'gny Pasaky miaraky amin'ereo mpianasiko?''''[12]Izy hampiseho andrareo efitragno agn'abo rihana
lahibe misy fanaky. Atovy ao gny fagnomana.''[13]Koa dra handeha ereo, dra nahita gny raha aby araky ze nizakany
tamin'ereo . Dra nagnoma gny sakafon'gny Pasaka ereo.[14]Gny fa avy gny fotoa, dra nipetraky niaraky tamin'ereo
apostoly Izy. [15]Dra nizaka tamin'ereo Izy ho:''Nagniry fatrasy gny hihina itiho Pasaka itiho miaraky amindrareo
Zaho mialohan'gny Hizaliako. [16]Fa zakako amindrareo, sy hihina anitiho sasy Zaho, mandra-pahatateraky anizay
agny amy fazakan'Agnahary.''[17]Dra nandray Kapoaky Jesosy , dra gny fa nisaotra Izy, dra nanao ho:''Rambeso
itiho, dra zarao amindrareo. [18]Fa zakako amindrareo, sy hino gny vokany gny voloboky sasy Zaho, mandra-
pahavian'gny fazakan'Agnahary.''[19]Dra nandray gny mofo Izy, dra gny fa nisaotra, dra nitapahiny zay, dra nomeny
anazy reo, dra nizaka ho:''Itiho gny vatako zay omeko andrareo. Atovy zao ho fahasiarova Anahy.''[20]Nirambesiny
tahaky anizay koa gny kapoaky gny fa vita gny sakafo, dra hoy izy ho:''Itiho kapoaky itiho dra gny faneke vaovao
amy lioko, ze nalasako ho andrareo.[21]Fa mitandrema. Gny raiky ze hamaliky Anahy dra miaraky Aminahy eto an-
databasy. [22]Fa gny Zanak'olo dra mandeha tokoa araky ze voatendry. Fa loza ho an'izay lelahy ze hamaliky Anazy
zay!'' [23]Nanomboky nifapagnontany ereo gny amin'gny raiky amin'ereo zay mety hanao anizay.[24]Dra nisy fifandira
nisy koa teo amin'ereo momba ze hevery ho lahibe indrindra amin'ereo. [25]Nizaka tamin'ereo Izy ho:''Reo Pazaka
gny zetilisa dra topon'ereo, dra reo ze mana fahefa amin'ereo dra atao hanahaky gny ze manao soa ho an'gny
vahoakiny.[26]Fa sy manahaky anizay mihisy gny amindrareo. Mifanohisy amin'izay, ao ze farany lahibe
amindrareo ho lasa manahaky gny masaiky be,dra ao ze mana-daza indrindra ho avy tahaky ze manompo. [27]Fa
iza gny lahibe koa, ze mipetraky amy latabasy, sa ze manompo? Sy zay mipetraky eo amin'gny latabasy se?
Kanefa Izaho eto amindrareo manahaky gny raiky manompo.[28]Fa andrareo gny olo ze nanohy niaraky taminahy
tao amin'gny fakam-pagnahy nisy taminahy. [29]Omeko fazaka andrareo, manahaky gny Rako koa zay nagnome
fakaza ho Anahy, [30]ba ho afaky hihina vo hino eo an-databasiko agny amin'gny fazakako andrareo, dra hipetraky
eo amy seza fiandriana hisara gny fokon'Israely rô ambin'gny folo andrareo.[31]Simona, Simona, mitandrema ,
mitalia gny hahazo andrareo Satana, ba afahany manivana andrareo manahaky gny vary. [32]Fa nivavaky ho anao
Zaho, ba sy ho maty gny finoanao. Tafaran'gny hiharegnanao draiky, dra ampaherezo gny rahalahinao.''[33]Petera
nizaka taminazy hô:''Topo, vonona hiaraky Aminao zaho dre agny ampoza dre ho agny amin'gny
fahafatesa.''[34]Jesosy namaly hõ:''Zakako aminao, ry Petera, sy hagneno gny akoho amin'izay andro zay,
mialohan'gny handavanao Anahy ontelo hô mahafatasy Anahy anao.[35]Dra nizaka tamin'ereo Jesosy ho:''Gny fa
nandeha andrareo sy niaraky tamin'gny fipetraram-bola, kitapom-basy , dre kiraro Zaho, nisy raha sy apy
andrareo se?''Namaly ereo ho:''Sy nisy.''[36]Dra nizaka tamin'ereo Izy ho:''Fa zao ze mana fipetraram-bola, ao izy
hangalaky anizay, dre kitapom-basy avo koa. Zay sy mana sabasy dra tokony hivarosy gny lambany dra hivily
raiky.[37]Fa Izaho mizaka amindrareo , ze voasorasy momba Anahy dra sy maisy tateraky :''Izy dra nirambesy
manahaky gny raiky amin'ereo sy manara-dala.'Fa ze nizakany mialoha momba anahy dra fa ho tateraky ''[38]Dra
nizaka ereo hô:''Topo., hatio! Tahôky misy lefo rô.'' Izy nizaka tamin'ereo hô :''Apy zay.''[39]Tafaran'gny sakafo , dra
nandeha Jesosy, manahaky gny fataony matetiky, tagny an-dohambohisin'Oliva, dra nagnaraky Anazy gny
mpianasy .[40]Gny fa avy ereo, dra ho Izy tamin'ereo:''Mivavaha ba sy hilirandrareo amy fakam-pagnahy.''[41]Niala teo
amin'ereo teo ho eo amy ndraiky mitora-bato Izy, dra nandohaliky Izy dra nivavaky, [42]nanao ho:''Ray o, raha
sitrakao, dra alao aminahy itiho kapoaky itiho. Dre zay avo sy gny sitrako, fa Anao gny hatao.''[43]Dra nisy azely
laha tagny an-dagnisy nideho taminazy, nampahery Anazy. [44]Tao agnatin'gny fangirifiria, nivavaky tamin-
kafanam-po fatrasy Izy, dra gny hasembohany dra nazary gny lio nitete tamin'gny tany.[45]Dra gny fa nisanga baka
nivavaky Izy, dra nangnangny amy mpianasy , dra nahita anazy reo nandry nohon'gny alahelon'ereo ,[46]ka
nagnontany anazy reo ho:''Nanao akory gny mandry andrareo? Misangana dra mivavaham ba sy hilirandrareo

amy fakam-pagnahy.''[47]Raha bo nizaka Izy, indro, nisy vahoaky niseho, niaraky tamin'i Jodasy, raiky amin'ereo ro ambin'gny folo, nitariky anazy reo. Nagneky an'i Jesosy izy ba hagnoroky Anazy, [48]fa Jesosy nizaka taminazy ho:''Jodasy, mamaliky gny Zanak'olo amin'gny oroky se anao?''[49]Gny fa nahita gny raha-nisanga gny ze nagnodidy an'i Jesosy, dra nizaka ereo ho:''Topo, tokony hamely amin'gny sabasy se izahay? [50]Bak'eo gny raiky tamin'ereo namely gny mpanompon'gny mpisoronabe , dra nanapaky gny sofiny havana. [51]Jesosy nizaka ho:''apy zay!''Nikasihiny gny sofiny, dra nisitraniny izy.[52]Jesosy nizaka tamin'gny lohan'gny mpisoro, tamin'ereo kapitenin'gny fiangona, dra tamin'ereo loholo ze avy hanohisy Anazy ho:''Avy manahaky gny hanambosy mpangakasy se andrareo, miaraky amy lefo vo langilangy?[53]Tamin'Izaho niaraky tamindrareo isan'andro tao am-piangona, sy nanambosy Anahy andrareo. Fa zao gny lerandrareo, vo gny fahefan'gny hezina.''[54]Teo am-pisambora Anazy , dra nitarihan'ereo Izy, dra nandesin'ereo tagny an-tragnon'gny mpisoronabe . Fa Petera nagnaraky laha tegny lavidavisy egny.[55]gny fa avy nampirehisy afo teo agnevon'gny tokotany dra niara-nipetraky ereo, dra nipetraky teo agnevon'ereo Petera.[56]Nisy mpanompo ampela raiky nahita anazy raha nipetraky teo amy fahazavan'gny afo izy,dra nagnety mahisy anazy vo nizaka ho:''Itiho lelahy itiho koa niaraky taminazy.''[57]Fa Petera nanda anizay, nizaka ho:''Ry ampela, sy fatako Izy. ''[58]Afaky draindray dra nisy olo hafa nahita anazy , dra nizaka ho:''Anao koa raiky amin'ereo.'' Fa Petera nizaka ho:''Ry lelahy , sy izy zaho.''[59]Nony afaky adiny raiky teo ho eo dra nisy lelahy hafa nagnizingizy vo nizaka ho:''Mary fa niaraky taminazy koa itiho lelahy itiho, fa izy dra Galiliana.''[60]Fa Petera nizaka ho:''Ry lelahy, sy fatako ze zakanao.''Eo no eo,raha bo nizaka izy,dra nisy akoho nagneno.[61]Niherika, gny Topo nagnety an'i Petera, dra Petera nahasiaro gny zakan'gny Topo, tamin'gny zaka taminazy Izy ho:''Alohan'gny hagnenoan'akoho amizao dra handa anahy intelo anao.''[62]Niboaky tagny ambaliky Petera dra nitomagny fatrasy.[63]Dra gny lelahy niamby an'i Jesosy dra nagnahihany dra nizerany Anazy. [64]Nasian'ereo sarona Izy dra nagnontany Anazy ereo, nizaka ho:''Maminania! Iza gny olo ze mazera Anao?''[65]Nizaka raha hafa maro hanohisy an'i Jesosy ereo, nizaka rasy Anazy.[66]Raha vo nazava gny andro , dra niara-niango gny loholo, gny lohan'gny mpisoro vo gny mpanora-dalana. Nandesin'ereo tagny amy Synedriona Izy [67]dra nizaka ho:''Raha anao gny Kristy, dra zakao aminay.''Fa Izy nizaka tamin'ereo ho:''Raha ho zakako amindrareo, dra sy hino andrareo'',[68]dra raha hagnontany andrareo zaho, dra sy hamaly andrareo.[69]Fa manomboky amy zao, gny Zanak'olo dra hipetraky eo an-tagna ankavanan'gny herin'Agnahary.''[70]Izy aby nizaka ho:''Dra Zanak'Agnahary zay anao?''Jesosy nizaka tamin'ereo ho:''Voalazandrareo fa Zaho gny Izy.''[71]Izy gny nizaka ho:''Nanao akory gny bo mila vavolombelo isika? Fa isika mihisy gny nahare baka tamin'gny vavany.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 23

[1]Nisanga gny olo aby tamin'ereo, dra ninday an'i Jesosy teo agnoloan'i Pilato. [2]Nanomboky niampanga Anazy izy
reo, nizaka ho:''Hitanay itiho lelahy itiho nametaveta gny firenenay, nandrara gny hagnomeza gny hetra ho an'i
Kaisara, dra nizaka fa Izy vatany mihisy gny Kristy, Pazaka.''[3]Pilato nagnontany Anazy, nizaka ho:''Anao se gny
pazakan'gny Jiosy?''Jesosy namaly anazy dra nizaka ho:''Voalazanao.''[4]Pilato nizaka tamin'ereo lohan'gny mpisoro
vo gny vahoaky ho:''Sy mahita fahadisoa amin'itiho lelahy itiho zaho.''[5]Fa bo nihizingizy ereo, nizaka
ho:''Magnakorota gny vahoaky io, mampianasy eran'gny Jodia manotolo, manomboky laha tagny Galilia dre
hatratiho amin'itiho toera itiho avo.''[6]Koa gny fa ren'i Pilato zay, dra nangnontany izy raha toa ka Galiliana gny
lelahy. [7]Gny fa hitany fa tao ambany fahefan'i Heroda Izy, dra nalefany Jesosy nagnagny amin'i Heroda, ze tagny
Jerosalema avo koa tamin'izay andro zay.[8]Gny fa hitan'i Heroda Jesosy , dra tena ravoravo izy, satria fa te-hahita
Anazy hatry gny ela. Nahare gny momba Anazy izy dra nanatena gny hahita fahagagana maro nataony. [9]Heroda
nametra-pagnontania an'i Jesosy tamy zaka maro, saiky Jesosy sy namaly dre ino dre ino anazy. [10]Reo lohan'gny
mpisoro vo reo mpanora-dalana nisanga, niampanga fatrasy Anazy.[11]Heroda vo reo miaramilany nanevateva an'i
Jesosy sady nagnesoeso Anazy. Bak'eo dra nampiakazo Anazy lamba soa tarehy ereo dra nalefan'ereo nihery
tagny amin'i Pilato Izy. [12]Fa i Heroda vo Pilato dra lasa mpinama tamin'gny androtr'io ( talohan'izay dra
mpifahavalo ereo).[13]Bak'eo Pilato nitoka gny lohan'gny mpisoro vo gny mpanapaka dra reo vahoaky maro
niaraky , [14]vdra nizaka tamin'ereo ho:''Nandesindrareo teto aminahy itiho lelahy itiho tahaky gny lelahy ze
mitariky gny olo hanao rasy, dra hatio, zaho, raha nametra-pagnontania taminazy teo agnoloandrareo, dra sy
mahita fahadisoa amin'itiho lelahy mahakasiky gny raha ze hiampangandrareo Anazy.[15]Aha, dre dra Heroda aza,
satria nalefany nihery tatiho amisika Izy, dra hatio, sy misy dre ino dre ino ze mendriky fahafatesa vitany. [16]Noho
zay dra ho faiziko Izy, dra ho hatahosy Izy.'' [17][ Fagnamariha : Reo fandika soa indrindra dra sy magnisy gny and
17 ho:Dra Pilato dra voatery namotosy gadra raiky ho an'ereo Jiosy tamin'gny andro firavoravoa.][18]Fa niara-
nihiaky fatrasy ereo, nanao ho:''Andeso agny io lelahy io,dra avosory ho anay Barabasy!''[19]Barabasy dra lelahy
raiky zay nailisy am-poza nohon'gny fikomia maro tao an-tana vo famonoa olo.[20]Dra nizaka tamin'ereo draiky
Pilato, nagniry gny hamotosy an'i Jesosy. [21]Saiky nitabataba fatrasy ereo, nizaka ho:''Homboy Izy, Homboy Izy.''
[22]Nizaka tamin'ereo fagnitelo izy ho:''Nanao akory, fa ino gny rasy vitan'itiho lelahy itiho? Sy nahita dre ino dre
ino ze mendriky sazy famonoa tao aminazy zaho. Noho zay gny fa baka manafay Anazy, dra hamotosy Anazy
zaho.''[23]Fa izy reo nagnizingizy tamigny feo avo, nangataky anazy ba homboana. Gny feon'izy reo dra nandresy
lahasy an'i Pilato.[24]Dra nanapa-kevisy gny hagneky gny fangatahan'izy reo pilato. [25]Navotony gny raiky
nangatahin'ereo izay nalefa tagny apoza nohon'ny fikomiana vo famonoa olo. fa natolony ho amigny sitrapon'izy
reo Jesosy.[26]Dra teo am-pandesa anazy izy reo, dra nitana an'i Simona avy agny Syrenia, izay avy agny
ambanivohisy, dra natobin'izy reo teo aminazy gny hazofizalia ba handesy an'i Jessosy.[27]Maro tamin'ireo vahoaky,
vo reo vehivavy izay nalahelo fatrasy vo nisaona anazy, gny nagnoriky anazy. [28]Fa gny nitoliky tagny amin'izy reo,
dra nizaka Jesosy ho:'' ry zanakavavin'i Jerosalema, aza mitomagny anahy, fa mitomagnia ho an'ny tagnandrareo
vo ho an'ireo zanakindrareo.[29]Fa ingo, ho avy gny andro izay hizakan'izy reo ho:'' sambasy ireo momba vo ireo
kibo izay sy niteraky, dra gny nono izay sy nampinono zaza. [30]Dra hanomboky hizaka amin'ireo tendrombohisy
izy reo ho:'' miazera aminay, dra amigny havoana ho:'' manarona anay.'' [31]Fa gny bo meso gny hazo, ino gny
hitranga gny maiky izay?''[32]Nisy lelahy hafa,olon-drasy rolahy, nandesy taminazy ba ho vono.[33]Gny avy teo
amigny toera raiky izay tokavy ho:'' Ikarandoha'' izy reo dra teo gny nanomboan'izy reo anazy, vo reo olon-drasy-
gny raiky teo amigny akavanany dra gny raiky teo amigny akaviany. [34]Jesosy nizaka ho:''ray o, mamela anazy reo,
fa sy tatan'ereo izay hataony.'' avy eo dra niloka izy reo, nizarazara reo fitafiany.[35]Dra nizoro teo olo gny bo
nagnanihagny anazy koa reo panapaky, nizaka ho:'' namozy ireo hafa izy. angao izy hamozy gny vatany, gny izy
gny kristin'iZagnahary, gny raiky voafily.''[36]Ireo maramila avo koa dra nangala baraka anazy, nagnotany anazy,
nagnome anazy vinaingisy, [37]Dra nizaka ho:''gny hanao gny pazakan'ny Jiosy, vezeo gny vatanao.'' [38]Nisy famatara
avo koa teo agnabony ho:'' izy gny pazakan'i Jiosy.''[39]Gny raiky tamin'ereo olon-drasy izay nihato teo gny
namingavinga anazy tamigny nizakany ho:'' sy hanao se gny Krisy? vezeo gny vatanao vo zahay.'' [40]Fa gny raiky
nizaka fatrasy anazy, nanao ho:'' sy ba matahosy an'i Zagnahary se hanao, gny samy ambanin'ny fanamelohana
mitovy avo? [41]Isika dra eto ara-drariny tokoa, satria mandray izay mendrika gny asasika. Fa izy lelahy sy nanao
raha rasy.''[42]Avy eo nizaka ho:'' Jesosy o, sarovy zaho gny fa avy agny amigny fazakanao hanao.'' [43]Jesosy nizaka
taminazy ho:'' zakako marina aminao, fa amizao hanao dra hindray aminahy agny aparadisa[44]Dra ora faha-enina
teo ho eo tamin'izay, dra gny mezy avy nandrokosy gny tany aby hatramigny ora faha-sivy [45]Gny niha mezy gny
hazavan'ny masoandro. Avy eo gny lamban'ny telopolo dra nizara avy teo agnevony.[46]Nihiaky tamigny fo fatrasy,
Jesosy nizaka ho:'' Ray o, eo an-tagnanao gny ametrahako gny fagnahiko.'' Gny fa avy nizaka izay izy, dra maty .


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

47 Gny hitany kapiteny gny raha nitranga, dra nagnome vonihahisy an'i Zagnahary izy, nizaka ho:'' azo atoky tokoa
fa olo-marina ity lelahy ity.''' 48 Gny fa hitan'ireo vahoaky aby izay nindrai-niavy ho vavolombelo nagna-trimaso
ireo raha nitranga ireo, dra nihery niteha-tratra izy reo. 49 Fa ereo aby izay nahafatasy anazy, vo ireo vehivavy
izay nagnoriky anazy avy agny Galilia, dra nisanga lavidavisy egny nagnety izay raha izay. 50 Dra ingo, nisy lelahy
raiky tokavy ho Jpsefa, izay pikamba tao amigny Synedriona. Olo soa sady marina izy. 51 Io lelahy io dra sy
nagneky gny fanapaha-kevisy gny Synedriona vo gny asan'izy reo. Avy agny amigny tananan'ny Jodiana tagny
Armatia izy, dra nikasaky gny fazakan'iZagnahary. 52 Io lelahy io, gny nagnato an'i Pilato, dra nangataky gny vatan'i
Jesosy. 53 Nalany nizoso izay, nirakofany hariry masaisaiky, dra natobiny tao agnaty lolo raiky izay nivaky tamigny
vatolapy, izay sy bo nisy nalevy ndraiky. 54 Andron'ny fiomana tamin'izay, dra bo nazava rasy gny sabata. 55 Reo
vehivavy, zay nindray tamin'i Jesosy niala tao galilia, dra nagnaraky avy ao afara dra nahita gny lolo vo gny
fomba nametraha gny fatiny. 56 Nehery izy reo, dra nagnoma raha-magnisy vo menaky magnisy. Dra tamigny
sabata dra nisahasy izy reo araky gny didy.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 24

1Vo maraindray tamigny andro volohan'ny herignandro, dra nagnagny amigny olo izy reo, ninday reo raha izy
nikarakaran'ereo. 2Hitan'izy reo nisokaky lavisy gny lolo gny vato. 3Nilisy tao ereo, kanefa sy nahita gny vatan'ny
tompo Jesosy.4Dra gny bo sahira-say momba izay izy reo, tapoky teo, dra nisy lelahy ro nanao fitafia
mamirapirasy nisanga teo agnilan'ereo.5DRa gny feno tahosy reo vehivavy dra niakohoky taminazy tagny, nizaka
tamin'ireo vehivavy izy reo ho:''nanaoakory handrareo gny mitalia gny velo atiky amigny maty?6Sy ato izy, fa
nasanga! tadidio gny nizakany andrareo fony izy bo tagny gfalilia, 7Nizaka fa gny zanak'olo dra sy maisy hanolosy
ho eo atagnany olo panota dra hofasihy eo amigny hazo fizalia, dra amigny andro fahatelo dra hisanga
ndraiky.''8Reo vehivavy dra nahasiaro reo zakany. 9Dra nihery tagny amigny lolo dra nizaka izay raha aby izay
tamin'ireo raiky ambin'ny folo vo gny ambiny aby. 10Dra Mary Magdalena, Johana, Mary renin'i Jakoba, dra reo
vehivavy hafa nindray taminazy dra nitatisy izay raha izay tamin'ireo apostoly.11Fa izay hafasy izay dra
manahaky gny sy nisy dikany tamin'ireo apostily, dra sy nino reo vehivavy izy reo. 12Kanefa nisanga Petrea, dra
nilomay nagnegny amigny lolo, dra niondriky vo nagnety tao, dra nahita reo lambam-paty nitoka. Dra petera
noly tagny atragnony, nagnotany tegna gny amin'izay raha-nitranga.13Ihoky, gny ro tamin'izy reo nandeha
tamin'io andro io ho agny amigny tanana atao ho Emaosy, izay anipolo Stadio miala agny Jerosalela. 14Izy reo dra
nifapizaka momba reo raha aby izay nitranga.15Dra, gny nindrai-nizaka vo nindrai-nampitoby fagnotania izy ro
reo, dra nagnotany vo nandeha nindray tamin'izy reo Jesosy. 16Fa gny mason'izy reo dra nisokafiny ba sy
hhahafatasy anazy.17Jesosy nizaka tamin'ereo ho:''' ino gny zakandrareo ro etiky am-pandehana?'' Dra nizano izy
ro sady nalahelo endriky. 18Gny raiky tamin'ereo reo, nitokavy ho Kleopasy, namaly anazy ho:''hanao raiky se gny
olo tao Jerosalema sy nahafatasy reo raha nitranga tagny tamin'izay andro izay?19Jesosy nizaka tamin'izy reo ho:''
Gny hanao?'' izy reo namaly anazy reo ho:''ireo raha mikasiky an'i Jesosy gny Nazareta, izay paminany, nahery
tamigny asa vo gny tegny teo agnatrehan'iZagnahary vo gny olo naby, 20Dra gny fomba nanoloran'ireo lohan'ny
pisoro vo reo panapakay anazy ba ho melohana ho sy maty vo gny nanomboana anazy teo amigny hazafizalia.
21Kanefa izahay nanatena fa izy gny hagnafaky an'Israely. Egny, dra akoasy zay aby izay, telo andro androany izao
gny nitrangan'izay raha aby izay.22Nefa koa, gny vehivavy sasany tamigny namanay dra nahatama anay, izay
tagny amigny lolo vo maraidray. 23Gny sy nahita gny vatany izy reo, dra tamy, nizaka fa izy reo koa dra nahita
fahitana azely izay nizaka fa velona izy. 'v 24Gny lelahy sasany izay nindray taminay dra nandeha tagny amigny
lolo, dra nahita. Saingy sy nahita anazy izy reo.''25Jesosy nizaka tamin'izy reo ho;''ry lelahy mola vo vosa saina vo
mino ereo aby voazakan'ny paminany! 26Moa se sy nitaliavy ho an'i Kristy gny nizaly tamin'ireo raha reo, dra
hilisy agny amigny voninahisy?'' 27Dra nanomboky tamin'i Mesesy dra hatramin'izao paminany aby, dra nadikan'i
jesosy tamin'izy reo ao amigny sorasy masina gny momba gny tegnany.28Nony nagnariny gny tanana izay
nandehanany izy reo, dra naneho fihesiky manahaky gny ho handeha lavidavisy Jesosy. 29Fa nanery anazy izy
reom nizaka ho:''mizano eto aminay, fa ho hariva izao dra fa hifara gny andro.'' Dra nilisy ba hijano nindray
tamin'izy reo Jesosy.30Dra, gny nitoboky ba hindray hihina tamin'izy reo izy, dra nangalaky gny mofo, nisaotra
izay, vo namaky izay, dra nagnome izay anazy reo. 31Avy eo nisokasy gny mason'izy reo, dra amason'izy reo izy.
32Izy reo nifampizaka ho: ''Moa se gny fosika sy noredareda tao agnatisika, gny nizaka tamisika tegny an-dala izy,
gny nanokasy gny Sorasy tamisika izy?'''33Nisanga izy reo tamin'io ora io, dra nihery tagny Jerosalema. Nahita reo
raiky ambin'ny folo nindrai-nivory izy reo, vo reo izay nindray tamin'izy reo, 34Nizaka ho:''Gny tompo dra nisanga
tokoa, dra niseho tamin'i Simona.'' 35Dra nizakan'ereo izay raha nitranga tegny an-dala, vo gny fomba nisehoan'i
Jesosy tamin'izy reo tamigny fanapaha gny mofo.36Vonizaka anizaho raha izahoky ereo dra nisaga teo agnevon'
ereo Jesosy tamigny, vo nizaka tamin'izy ereo ho: "fiadagna ane ho adrareo. "37Faho nitaisy vo natahosy izy ereo,
vo nihery fa nahita fagnahy.jesosy nizaka tamin'ereo ho: "Nagnino hadrareo matahosy? Nagnino vo misy
fagnotania ao am-podrareo?39Atio gny tagnako vo gny tamboko, fa Izaho tegnako avo. Kasiho zaho vo atio. Fa gny
fagnahy sy mana nofo vo tola, araky gny ahitadrareo anahy ho mana. "40Gny fanizaka anizahoky izy, dra natorony
tamin'ereo gny tagnany vo gny tombony.41Bo si nino izay izy reo nohon'ny hafaliana, dra gaga izy reo, Jesosy
nizaka anazy reo ho:'' manana raha hohany se handrareo?'' 42Namen'izy reo fia vita tono izy, 43Dra nalany izay dra
nihaniny teo alohan'izy reo44Izy nizaka tamin'ereo ho:'' Tamin'Izaho nindray tamindrareo, dra nizaka
tamindrareo fa izy aby voasorasy tao amigny lalan'i Mosesy vo reo paminany dra reo Salamo dra sy maisy ho
tanteraky.''45Dra nisokafiny gny sain'izy reo, ba hazoan'ereo gny sorasy masina. 46Nizaka anazy reo izy ho: ''Izao
gny voasorasy, fa gny Kristy dra hizaly, dra hisanga amigny maty ndraiky amigny andro fahatelo. 47Fibebahana vo
famelan-keloka agny amigny ferenena aby, manomboky ao Jerosalema.48Handrareo gny vavolombelon'ireo raha
reo. 49Ingo, halefako amindrareo izay nampanatenain'ny babako. Kanefa mitoboha ao antana mandra-
pagnisiandrareo gny hery avy agny agnabo.50Dra Jesosy nitariky anazy reo mandra-pahavin'ereo tagny Betania.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Nasandrany gny tagnany, dra nitahiny izy reo. [51]Dra, gny niso-drano anazy reo izy, dra nagnenga anazy reo izy
dra lasa niakasy tagny andagnisy.[52]Dra nidera anazy izy reo, dra nihery tagny Jerosalema tamigny fifalina lahibe.
[53]Nitohy nagnao amigny tepoly izy reo, nakalaza an'iZagnahary.

# John

Chapter 1

[1]Tamigny volohany gny zaka, dra gny zaka tao amin'Agnahary, dra gny zaka dra Zagnahary. [2]Izay dra tao
amin'Agnahary tamigny volohany. [3]Gny raha aby dra avy Aminyzay avokoa, dra gny sy Izy dra sy nisy na ino na
ino.[4]Noho izy gny nisia-piegna, dra io fiegna io gny fahazavanigny olon'aby. Gny hazava dra mamirapirasy ao
agnatinigny mezy, dra gny mezy sy nandresy anizay.[6]Nisy lelahy raiky nirahin'Agnahary, Jaona gny agnarany.
[7]Avy izy ba ho vavolombelo hitalily gny mombanigny fahazava, ba hinoanigny olon'aby amigny alalany. [8]Sy Jaona
gny fahazava, fakoa avy ba hitalily gny momba gny fahazava izy.[9]Gny fahazava mary, ze magnome hazava gny
olon'aby, dra avy eto amizao totolo izao.[10]Teto amizao totolo izao Izy, dra izy gny naharia an'izao totolo izao, dra
izao totolo izao sy nahay anazy. [11]Avy tagny amigny olony Izy, dra gny olo sy nitakasy anazy.[12]Fa reo maro nitakasy
anazy, ze nino gny agnarany, dra nagnome fahefa ho lasa zanan'Agnahary. [13]Reo dra sy nateraky tamigny lio, na
gny sitraponigny nofo, na gny sitraponigny olo, fa gny an'Agnahary.[14]Dra gny zaka lasa nofo dra nagnino teo
amisika. Hitanay gny voninahiny, voninahisy manahaky gny raiky ze avy tamigny Ray, feno fahasoava vo
fahamarigna. [15]Jaona nitalily gny momba anazy dra nihiaky fatrasy, manao anizahoky ho: "Izy raiky ze fa
nizakako ho: 'Izy ze avy afarako dra lahibe noho izao, akory talohako Izy.'"[16]Fa boaky amigny fahafenoany gny
nandresasika aby fahasoava hagnapy fahasoava. [17]Fa gny lala dra name tamigny alalan'i Mosesy. Gny fahasoava
vo gny fahamarigna dra avy tamigny alalan'i Jesosy Kristy. [18]Sy nisy nahita an'Agnahary na ombia na ombia. Fa
gny Zagnahary raiky vo toka avo, izao eo atratranigny Ray, gny napahafatasy Anazy.[19]Dra izao fagnambaran'i
Jaona gny fa nagniraky reo pisoro vo Levita boaky a Jerosalema agny hagneo aminazy reo Jiosy ba hagnotany
anazy ho: "Iza moa hanao?" [20]Nizaka sotra izy, dra sy nanda, fa namaly ho: "Sy Kristy zaho." [21]Dra nagnotany
anazy ereo ho: "Ino hanao za? Elia ra hanao io?" Nizaka izy ho gny paminahy?" Namaly izy ho: "Sy izy
zaho."[22]Boak'eo reo nizaka taminazy ho: "Iza hanao, ba afahanay magnome vati-teny anireo ze nagniraky anay?
Ino gny hozakandrareo mombanigny vatanao?" [23]hoy izy ho: "Izao gny feo, mitoka fatrasy gny agnefisy zaho:
'Atovy mahisy gny lalanigny Topo,' araky gny voazakan'Isaia paminany.[24]Dra nisy iraky ilany boaky amireo
fariseho nalefa, [25]dra nagnotany anazy ereo dra nizaka taminazy ho: "Nagnino seky hanao manao batisa raha sy
Kristy hanao gny sady sy Elia bo sy paminany koa?"[26]Dra i Jaona namaly anereo, manao anizahoky ho: "Manao
batisa amigny rano zaho. Fa eo agnevondrareo eo dra misy olo raiky msanga sy haindrareo. [27]Izy gnyraiky ze avy
boaky afarako, ze sy mendriky anahy gny hamaha gny fehi-kapany." [28]Reo raha aby reo dra natao ta Betania agny
andafin'i Jordana, ze nanovan'i Jaona batisa.[29]Gny mairaindray Jaona nahita an'i Jesosy nagnato anazy dra nizaka
ho: "Atio, ingo gny zanak'Agnondrin'Agnahary ze nangalaky gny fahotan'izao totolo izao! [30]Tihoky gny raiky
nizakako ho: 'Gny raiky ze avy afarako dra lahibe noho izaho, akory talohako Izy,' [31]Dra izaho sy nahay anazy, fa
ba ho voazaka amin'Israely izy gny nihaviako hanao batisa amigny rano."[32]Jaona nitalily, manao anizahoky ho:
"Nahita gny Fagnahy nizoso boak'agny andagnisy manahaky gny voromailala zaho, dra nitoby teo agnaboniny
zay. [33]Sy nahafatasy anazy zaho, fa izy ze nagniraky anahy hanao batisa amigny rano nizaka taminahy ho: 'Eo
ambonize hitanao hizosoanigny Fagnahy vo hitobohany eo aminazy, izy gny raiky manao batisa amigny Fagnahy
masy." [34]Sadynahita zaho gny nitalilia fa izy gny zanan'Agnahary."[35]Gny maraindray, ndraiky, raha nizoro niaraky
tamigny to amireo pianany Jaona, [36]dra nahita an'i Jesosy nandeha ereo, dra hoy Jaona ho: "Atio, gny
zanak'agnondrin'Agnahary!"[37]nahare anazy nizaka anizay reo piananay ro dra nagnaraky an'i Jesosy ereo.
[38]Boak'eo Jesosy nitoliky dra nahita anereo nagnaraky anazy dra nizaka anereo ho: "Ino gny taliavindrareo?"
Namaly reo ho: "Raby (ze midika ho papianasy), eza hanao gny mitoby?" [39]Namaly anereo izy ho: "Magnatogna
dra atio." Dra nagnato ereo dra nahita gny toera ze nonegnany; nitoby niaraky taminazy tao ereo tamin'io andro
io, fa tokony fa ho ora fahafolo tamizay.[40]Raiky tamireo pianasy ro nahare an'i Jaona nizaka dra nagnaraky an'i
Jesosy boak'eo i Andrea, rahalahin'i Simona, Petera. [41]Nitalia an'i Simona rahalaniny aloha izy dra nizaka
taminazy ho: "Hitanay gny Mesia" (Adika ho i Kristy) [42]Ninday anazy tagny amin'i Jesosy izy, dra nagnety anazy
Jesosy dra nizaka ho: "Hanao dra Simona zanak'i Jaona, hanao dra hatao ho i Kefasy" (ze midika ho: i Petera).
[43]Gny maraindray, raha te0hiala ho a Galilia agny Jesosy, dra nahita an'i Filipo Izy dra nizaka taminazy ho:
"Magnaraha anahy." [44]Filipo dra boaky a Betsahida agny, tanan'i Andrea vo i Petera. [45]Nahita an'i Natanaela i
Filipo dra nizaka taminazy ho: "Izy nisoratin'i Mosesy tao amigny lalana, vo reo paminany, hitanay izy, dra Jesosy
zanak'i Josefa, boaky a Nazareta ao.[46]Natanaela nizaka taminazy ho: "Moa hisy raha soa boaky a Nazareta ao?"


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Filipo nizaka taminazy ho: "Magnatogna dra atio." [47]Jesosy nahita an'i Natanaela nagnato anazy dra nizaka reo
mombamomba anazy ho: "Atio, zay gny tena isiraelita, ze sy misy fitaky ao aminazy!" [48]Natanaela nizaka
taminazy ho: "Ino gny fahafatarandrareo anahy?" Jesosy namaly dra nizaka ho: "Talohanigny nitokavan'i Filipo
anao, raha teo ambaninigny hazon'aviavy haano, dra hitako.[49]Natanaela namaly ho: "Raby, Hanao gny
zanan'Agnahary! Hanao gny pazakan'Israely!" [50]Jesosy namaly dra nizaka taminazy ho: "Akory ra zaho nizaka
taminao ho: 'Nahita anao teo ambaninigny hazon'Aviavy zaho,' gny hinoanao? Hahita raha soa mihoasy noho izay
zaho." [51]Boak'eo Izy nizaka ho: "Zakako amindrareo, mary dra marina vatany, fa hahita gny lagnisy hisikaky
handrareo, dra reo azelin'Agnahary hiakasy vo hizoso amboninigny zanak'olo."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 2

1Telo andro taty afara, dra nisy fangala valy tao Kana ao Galilia, dra teo gny renin'i Jesosy. 2Jesosy vo reo pianany
dra nasa tamigny fangala valy.3Gny fa lany gny divay, dra nizaka taminazy gny renin'i Jesosy ho: "Sy mana divay
ereo." 4Dra hoy Jesosy taminazy ho: "Rapela, nagnino hanao magnaminahy atiky io? Bo sy avy gny fotoako." 5Dra
hoy gny reniny tamireo panopo ho: "Na ino na ino zakany amindrareo, dra atovy zay."6Dra nisy siny vato andesy
teo ze piasa amigny andro fisasanigny Jiosy, mahazaka ro hatramigny telo metasy aby. 7Hoy Jesosy tamin'ereo ho:
"Fenoy rano gny siny." Dra nifenon'ereo hatramigny sognony zay. 8Nony boak'eo hoy Izy tamireo panopo ho:
"Manovoza amizay dra andeso agny amigny topon'andrekisy gny fikaraka." Dra nitaterahin'ereo zay.9Zinakanigny
Topon'andrekisigny fikarakara gny rano lasa divay, kanefa sy nahay ze niavian'izay izy (reo panopo ze nanovo
gny rano koa nahafatasy). Boak'eo dra nitoka gny pazaka Izy 10dra nizaka taminazy ho: "Gny olon'aby dra
mandroso gny divay soa aloha ze vo gny divay moramora gny fa mamo ereo. Fa Handrareo koa nitahiny gny
divay soa mandrak'Androany."11Izay gny famatara volohany nataon'i Jesosy tao Kana agny Galilia, dra naneho gny
voninahiny Izy, dra nino anazy reo pianany.12Tafaranizay dra nizoso ho a Kapernaony agny Jesosy, gny reniny, reo
rahalahiny vo reo pianany dra nizano tao andro visivisy ereo.13Dra fa mariny gny Paska gny Jiosy, dra niakasy ta
Jerosalema agny Jesosy. 14Nahita pivarosy agnomby, agnondry vo voromailala tao atepoly izy, nisy panakalo vola
koa.15Noho izay dra namboasy karavasy izy dra nandroaky anazy aby hiboaky gny tepoly, na gny agnondry na
gny agnomby. Nandraraky gny volan'ireo panakalo vola izy dra nandrobaky gny latabas'ereo. 16Dra hoy izy
tamireo pivarosy voromailala ho: "Andeso miboaky lavisy ty toera tihoky reo raha reo. Aoky zay gny fanova gny
tragnon-dRako ho tragno fama rota."17Dra saroan'ireo pianany fa voasorasy ho: "Gny firehetako gny amigny
tragnonao gny handevo anahy." 18Boak'eo namaly reo lohandohanigny pisoro Jiosy dra nanao taminazy ho: "Ino
gny famatara hasehonao anay, mahavy anao manao anireo raha reo?" 19Jesosy namaly ho: "ravao ty tepoly tihoky,
fa hasangako agnatinigny telo andro moza zay."20Dra hoy reo panapaky Jiosy ho: "Enina amby efapolo tao gny
nagnoregna ty tepoly tihoky, dra hanao ra hahasanga anazy ao agnatinigny telo andro?" 21Kanefa, mombanigny
tepolinigny vatany gny nizakany. 22Tafaranigny nisanganany tamigny maty, dra saroan'ireo pianany fa nizaka
anizay izy, dra nino gny Sorasy Masy vo ze zaka nizakan'i Jesosy zay ereo.23Dra gny fa ta Jerosalema ao Izy
tamigny andro firavoravoanigny Paska, dra maro gny nino gny agnarany gny fa nahita reo famatara ze nataony.
24Fa Jesosy koa sy natoky anereo noho Izy nahafatasy soa anazy aby, 25aokory sy nitalia na iza na iza hitalily
aminazy gny mombanigny olo Izy, noho izy nahafatasy gny ao agnatinigny olo.

Chapter 3

[1]Dra nisy Fariseo raiky atao i Nikodemosy, pitariky Jiosy. [2]Nagnato an'i Jesosy tamigny andro hariva io lelahy io
dra nizaka taminazy ho: "Raby , fatasay fa papianasy avy amin'Agnahary hanao, akory sy misy mahavita reo
famatara ataonao raha sy miaraky aminazy Zagnahary."[3]Dra namaly anazy Jesosy nanao anizahoky ho: "Zakako
amindrareo marina fa raha sy ateraky ndraiky gny olo, dra sy hahita gny fazakan'Agnahary izy." [4]Nikodemosy
nizaka taminazy ho: "Amigny fomba ino gny hahataterakу gny olo raiky raha fa atisy izy? Sy afaky hilisy
fagnindrony ao atrondreniny izy dra hateraky, sa afaky?"[5]Namaly Jesosy ho: "Zakako aminao mary, fa raha sy
nateraky tamigny rano vo gny fagnahy gny zanak'olo, dra sy afaky hilisy ao amigny fazakan'Agnahary izy. [6]Izay
ateraky gny nofo dra nofo, dra ze ateraky gny Fagnahy dra fagnahy.[7]Ka gaga amize nizakako hanao ho: 'Sy maisy
hateraky ndraiky handrareo.' [8]Gny rivosy na eza na eza iriny; renao gny feony, fa sy fatasao ze niaviany na ze
andehanany. Manahaky anizay avokoa ze ateraky gny Fagnahy."[9]Namaly Nikodemosy dra nizaka taminazy ho:
"Ino gny fomba hahataterahan'izay raha zay?" [10]Jesosy namaly dra nizaka taminazy ho: "Papianasy an'Israely ra
hanao dra bo sy azonao avo zay raha zay? [11]Zakako aminao, mary fa ze fatasay gny zakanay, dra zahay mitalily
gny momba ze hitanay. Kanefa bo sy magneky gny fagnambaranay handrareo.[12]raha nitalily tamindrareo gny
raha tety atany zaho nefa sy tenoandrareo, amigny fomba ino gny hinoandrareo anahy raha hitatara amindrareo
gny raha misy agny andagnisy agny zaho? [13]Sy nisy niakasy agny andagnisy afa-sy gny nizoso boak'agny avo, dra
gny zanak'olo zay.[14]Dra manahaky gny nanadratan'i Mosesy gny bibilava tagny agnefisy, gny sy maisy hanandrata
gny zanak'olo, [15]ba hana fiegna mandrakizay ze mino anazy aby.[16]Fa tena tian'Agnahary izao totolo izao, dra
nameny gny zanany lahy toka, ba sy ho levo ze olo mino anazy fa hana fiegna mandrakizay. [17]Fa Zagnahary sy
nagniraky gny zanadahiny ho amizao totolo izao ba hasiaky anizao totolo izao, fa ba hamezy anizao totolo izao
amigny alalany. [18]Izay mino anazy dra sy hohelohy, fa ze sy mino koa dra fa voaheloky sahady akory sy nino gny
agnaranigny zanadahiny tokan'Agnahary.[19]Izao gny atonigny fisara: Avy teto amizao totolo izao gny fahazava,
nefa dra naleonigny olombelo gny mazava akory rasy reo asa nataony. [20]Fa ze manao rasy aby dra malaiky gny
mazava dra sy magnato anizay ba sy ho hita miharihary reo asany. [21]Kanefa manao gny mary dra magnato gny
mazana ba ho hita soa reo asany dra natao arakan'Agnahary."[22]Tafaranizay dra nandeha tagny Jodia Jesosy vo reo
gny pianany tamin'ereo fotoa visy tao niaraky tamin'ereo izy dra nanao batisa. [23]Dra Jaona koa nanao batisa ta
Ainona agny agnilan'i Saleima akory maro gny rano tagny. Nagnato anazy gny vahoaky dra natao Batisa, [24]fa sy
bo nalefa agny atragno mezy Jaona.[25]Boak'eo nisy fifandira tamigny ilany amireo pianas'i Jaona vo gny Jiosy raiky
mombanigny andro fisasa. [26]Nagnato an'i Jaona ereo dra nizaka taminazy ho: "Raby, gny raiky niaraky taminao ta
apitanigny reniranon'i Joridana agny, ze zinakanao, ingo manao batisa izy, dra magnatogna anazy avokoa izy
aby."[27]Dra Jaona namaly ho: "Sy afaky mitakasy na ino na ino gny olo raiky raha sy name anazy boaky agny an-
dagnisy zay. [28]Handrareo avo dra fa afaky gny vavolombelo amigny zakako ho: 'Sy gny Kristy zaho,' fa koa:
'Nirahiny talohany.'[29]Gny apekary dra anigny papakasy. Dra gny sakaizanigny papakasy, ze misangana vo mitenoa
anazy, dra mifaly nohonigny amigny fahareza gny feonigny papakasy. Izay, dra gny mameno gny hafaliako. [30]Sy
maisy mitombo Izy, fa izaho koa sy maisy mihena.[31]Izy ze boak'agny agnabo dra amboninigny raha aby. Izy ze avy
eto atany dra avy eto atany dra mizaka mombanigny eto atany. Ze boaky andagnisy agny dra agnabonigny raha
aby. [32]Izy dra mitalily gny gny momba ze hitany vo reo, kanefa dra sy misy mitakasy gny fagnambarany. [33]Ze
nitakasy gny fitalilia koa dra nagnamafy fa mary gny Zagnahary.[34]Fa gny raiky nirahin'Agnahary dra mizaka gny
zakan'Agnahary. Akory sy nasiany fetra gny fagnomeza gny Fagnahy. [35]Gny baba tia gny zanadahiny dra
nametraky gny raha aby teo apela-tagnany. [36]Ze mino gny zanadahiny dra mana gny fiegna mandrakizay, fa ze sy
makato gny zanadahiny koa dra sy hahita fiegna, fa hahazo fahasiaha amin'Agnahary."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 4

[1]Dra gny fa fatas'i Jesosy ho ren'ireo Fariseo fa nahazo vo nanao batisa pianasy maro noho Jaona Izy [2](na dre sy
Jesosy vatany aza gny nanao batisa, fa reo pianany), [3]dra niala tao Jodia Izy dra nihery nagna Galilia agny
ndraiky.[4]Fa taliavy gny mamakivaky an'i Samaria. [5]Dra avy tao amigny tana raiky ao Samaria Izy, atao ho i
Sykara, agnilanigny apaha-tany ze nomen'i Jakoba an'i Josefa zanany.[6]Teo gny fasakan'i Jakoba. Nahasiaro rokaky
tamigny liany Jesosy dra nipetraky teo amigny fasaka. Tokony teo amigny ora fahaenina teo. [7]Nisy apela
samaritana raiky hasaka rano, dra hoy Jesosy taminazy ho: "Ba ameo rano zaho ho nomiko." [8]Fa reo pianany fa
lasa agny atana ba hivily hany.[9]Boak'eo hoy gny apela samaritana igny taminazy ho: "Nagnino hanao, ze Jiosy, gny
mangataky aminahy, zaho apela samaritana, rano ho nomy?" Fa reo Jiosy sy misy hifandresa amigny Samaritana.
[10]Fa Jesosy namaly dra nanao taminazy ho: "Raha fatasao gny fagnomezan'Agnahary, vo ze mizaka aminao ho:
'Ameo anahy ho nomiko,' dra hanao ndraiky gny ho nangataky taminazy, dra dra ameny rano velo."[11]Hoy rapela
taminazy ho: "Topoko, hanao dra sy mana fagnovoza dra gny fasaka laliky. ko eza gny hahazoanao rano velo?
[12]Hanao dra sy lahibe, moa ra, hoy Jakoba razambesika, ze nagnome anay gny fasaka vo nino tamizay gny vatany,
manahaky gny nataon'ireo zanany vo reo bibiny?"[13]Jesosy namaly dra nanao taminazy ho: "Ze olo mino amity
rano tihoky dra bo hangetaheta ndraiky, [14]fa na iza na iza mino amigny rano ze hameko anazy dra sy hangetaheta
mandrakizay. Fa gny rano ze hameko anazy dra ho lasa loharano miboiboiky ao agnatiny, ze minday agny amigny
fiegna mandrakizay."[15]Hoy rapela taminazy ho: "Topoko, ameo anize rano zehoky zaho ba sy hangetaheta vo sy
hasaka eto sasy." [16]Hoy Jesosy tamin-drapela ho: "Manehana, tokavo gny valinao, dra miheregna atiky."[17]Namaly
gny apela igny dra nizaka taminazy ho: "Sy manambaly zaho." Namaly Jesosy ho: "Mary gny zakanao ho: 'Sy
manambaly zaho.' [18]fa nanambaly indimy hanao, dra gny raiky ze hipetrahanao amizao dra bo sy valinao. Mary
ze voazakanao."[19]Hoy rapela taminazy ho: "Topoko, hitako fa paminany hanao. [20]Reo razasika nivavaky teto amity
tendrombohisy tihoky, kanefa handrareo mitalily fa Jerosalema gny toera tokony hivavahanigny olo."[21]Hoy Jesosy
taminazy ho: "Minoa anahy, rapeka, fa ho avy gny andro ze hiderandrareo gny Ray dra sady sy amity
antendrohisy tihoky gny sy a Jerosalema. [22]Fa handrareo mekohoky amize sy fatandrareo. Izay koa mekohoky
amize fatasay, akory gny famozena dra avy amireo Jiosy.[23]Kanefa, ho avy gny andro, dra avy amizao, gny fa
hidera gny Ray amigny fagnahy vo fahamarigna reo tena pivavaky, akory gny Ray dra mitalia olo manahaky
anizay ho pidera anazy. [24]Zagnahary dra Fagnahy, dra gny olo ze midera anazy dra sy maisy midera amigny
fagnahy vo fahamarigna."[25]hoy gny apela igny taminazy ho: "Fataso fa ho avy gny Mesia (gny atao ho i Kristy). Dra
gny fa avy Izy, dra hagnazava amisika gny raha aby." [26]Hoy Jesosy taminazy ho: "Izaho ze mizaka aminao, gny
izy."[27]Tamizay fotoa zay dra nihery reo pianany, dra nagnotany tegna ereo ho nagnino izy gny mizaka amigny
apela io, fa sy nisy nizaka ho: "Ino gny taliavinao?" na ho: Nagnino hanao gny mizaka aminazy?"[28]Noho izay dra
nagnenga gny sininy rapela, dra nandeha nihery tagny atana. dra nizaka tamigny olo ho: [29]"Handeha, hagnety gny
lahahy ze nizaka gny vitako aby. Sy ho atana ereo dra nagneo Aminazy.[31]Nandris'izay, napirisiky anazy reo
pianasy, manao ho: "Raby, mihinana." [32]Fa hoy Izy tamin'ereo ho: "Izaho dra mana haniko hany ze sy
fatandrareo." [33]Dra nifapizaka reo pianasy ho: "Sy nisy olo ninday raha ho hany ho anazy, sa ra nisy?"[34]Hoy Jesosy
tamin'ereo ho: "Gny Haniko dra gny manao gny sitrakigny nagniraky anahy dra manao gny asany. [35]Moa hanao sy
mizaka ho: "Efa-bola sisa dra ho avy gny fararano?' Zakako amindrareo, apagnatio gny masondrareo dra atio gny
egny agnahisy, fa masaky vo ho tapahy reo.' [36]Ze manapaky dra mitakasy karama vo magnangogna vokasy ho
amigny fiegna mandrakizay, dra hiara-paly gny pamafy vo gny piziza.[37]Fa amizay dra mary gny zaka manao
anizahoky ho: 'Gny raiky mamafy, dra gny raiky koa panapaky.' [38]Nagniraky andrareo hanapaky ze sy
nirokafandrareo zaho. Reo hafa gny nirokaky, dra handrareo gny nilisy teo amize nirokafany."[39]Maro tamireo
samaritana tao amizay tana zay gny nino anazy nohonigny tatisigny apela ze nizaka ho: "Nizakany taminahy
avokoa ze nataoko aby." [40]Dra gny fa nagnato anazy reo Samaritana, dra nangataky anazy ba hizano hiaraky
amin'ereo, dra nizano tao ro andro izy.[41]Maro gny nino nohonigny zakany. [42]Hoy ereo tamin-drapela ho: "Sy noho
ze voazakanao sasy gny hinoanay, fa zahay mihisy gny fa nahare, dra fatasy fa izy vatany gny Pamozy an'izao
totolo izao."[43]Tafaran'ireo ro andro reo , dra niala boak'eo Izy nandeha a Galilia agny. [44]Fa jesosy mihisy gny
nitalily fa gny paminany dra sy manan-daza ao amigny taniny manoka. [45]Gny fa avy a Galilia agny Izy, dra
nandray anazy reo Galilia. Ereo dra nahita gny raha aby ze nataony tao aJerosalema tamigny andro firavoravoa,
akory nandeha tagny amigny andro firavoravoa avo koa ereo.[46]Dra avy ta Kana a Galilia ao ndraiky izy, toera
napoliany gny rano ho divay. Nisy tandapa raiky nanagnanaky lelahy marary tao Kepernaony. [47]Gny fa reny fa
avy a Jodia agny handeha a Galilia Jesosy, dra nagneo amin'i Jesosy izy dra nangataky taminazy ba hizoso
vagnasitrany gny zanany lahy, ze fa ho maty.[48]Boak'eo Jesosy nizaka taminazy ho: "Raha sy mahita famata vo
fahagaga handrareo, sr bo hino mihisy." [49]Hoy gny tandapa taminazy ho: "Topoko, mizosoa re melohanigny

hafatesanigny zanako." [50]Hoy Jesosy taminazy ho: "Mandehana. Velomy gny zanakao." Nino gny zaka nizakan'i Jesosy taminazy ralelahy, dra lasa izy.[51]Raha igny izy nizoso igny, dra nisena anereo panopony, nizaka fa velo gny zanany. [52]Dra nagnotany anereo gny ora ze nagnaretany izy. Namaly anazy ereo ho: "Omaly tamigny ora fahafito nialanigny tazo taminazy."[53]Fatasigny ray boak'eo fa tamin'io ora io gny nizakan'i Jiosy anazy ho: "Velo gny zanakao." Dra nino gny vatany vo reo akohonany aby. [54]Izay gny famatara faharo nataon'i Jesosy tamin'izy niala tao Jodia ho agny Galilia agny.

Chapter 5

[1]Tafaranizay dra nisy firavoravoanigny Jiosy, dra niakasy ho a Jerosalema agny Jesosy. [2]Dra ta Jerosalema agny eo
agnilanigny vavahadin'Agnondry, dra nisy farihy, ze nataonigny tamigny Hebreo ho Betesda, dra misy felofa dimy
zay. [3]Maro reo olo marary, poaky, malemy, na sy afamihesiky nandry tao. (Fagnamariha: Gny atota-taratasy taloha
soa dra magnalaky gny fehezateny ho: "Mandigny gny fisehanigny rano"0 [4](Fagnamariha: Gny atota-taratasy
taloha soa dra mangalaky gny and. 4 ho: "Fa nisy azelinigny Topo raiky nizoso dra napihesiky gny rano ndraiky
dre na iza na iza nandroso nagnao gny fa nihesiky gny rano dra sitrany tamireo arety ze naparary anazy na ino
na ino.")[5]Dra nisy lelahy raiky teo ze fa narary valo amby telo-polo tao. [6]Gny fa hitan'i Jesosy nandry teo izy, vo
tafaranigny nahasapany fa ataony mary izy teo, dra hoy Izy taminazy ho: "Te-ho sitrany ra hanao?"[7]Namaly gny
ralelahy marary ho: "Topoko, sy mana na iza na iza zaho handroboky anahy agnatiny farihy ao gny fa mihesiky
gny rano. Gny fa mandeha zaho, dra misy misosoky eo alohako." [8]Hoy Jesosy taminazy ho: "Misangana, andeso
gny fandrianao, dra mandehana."[9]Avy hatragny dra sitrany ralelahy, dra nindesiny gny fandriany dra nandeha
izy. Dra sabata ze andro zay.[10]Dra hoy reo Jiosy tamigny sitrany ho: "Sabana gny andro dra sy mahazo minday gny
fandrianao hanao." [11]Namaly izy ho: "Gny nagnasitra anahy gny nizaka taminahy ho: 'Andeso gny fandrianao dra
mandehana."'[12]Dra nagnotany anazy ereo ho: "Iza gny lelahy nizaka taminao ho: 'Andeso gny fandrianao dra
mandehana?" [13]Kanefa, gny sitrany sy nahay anazy akory niala moramora Jesosy fa nisy vahoaky teo atoera.
[14]Nony boak'eo, hitan'i Jesosy tao atepoly izy dra hoy Izy taminazy ho: "Ingo, sitrany hanao! Ka manota sasy koa,
ba sy hitranga aminao gny raha rasy noho gny teo." [15]Boak'eo dra lasa ralelahy dra nitatisy tamireo Jiosy fa Jesosy
gny nagnasitrany anazy.[16]Dra noho reo raha reo dra nagnitriky an'i Jesosy reo Jiosy, satria nanao reo raha reo
tamigny Sabata Izy. [17]Dra namaly anereo Jesosy ho: "Gny babako dra miasa egny fa na amizao aza, dra miasa."
[18]Noho izay, dra vo maiky te hamono anazy reo Jiosy sy nohonigny fanirasirany vo Sabata avo, fa gny nitokavany
an'Agnahary avo koa ho mitovy amin'Agnahary avo koa ho babany manoka, amano gny vatany ho mitovy
amin'Agnahary.[19]Dra Jesosy namaly anazy reo ho: "Zakako amindrareo mary, dra manao na ino na ino ho anazy,
afa-sy ze hitany ataonigny Ray avo, fa na ino na ino ataonigny Ray, dra ataonigny Zanaky koa reo raha reo. [20]Fa
gny Ray tia gny Zanaky dra naneho anazy gny raha aby ze nataonigny vatany, dra haneho anazy raha lahibe
mihoasy noho reo Izy ba ho gaga handrareo.[21]Fa manahaky gny Ray mananga vo mamelo gny maty, dra
manahaky anizay avo koa gny ameloma gny Zanaky ze tiany. [22]Fa gny Ray dra sy misara na iza na iza, fa nameny
gny zanaky gny fisara aby [23]ba hagnazanigny aby gny zanaky manahaky gny hagnazan'ereo gny Ray. Ze sy
magnaza gny zanaky dra sy magnaza gny Ray nagniraky anazy.[24]Zakako amindrareo mary, fa ze mahare gny
zakako vo mino ze nagniraky anahy dra mana gny fiegna mandrakizay dra sy ho helohy, fa niala tamigny
fahafatesa ho amigny fiegna izy.[25]Zakako amindarreo mary, fa avy gny ora, dra avy zay amizao, gny fa hahare gny
feonigny zanan'Agnahary gny maty, dra ho velo reo ze mahare.[26]Fa manahky gny Ray mana fiegna ao aminazy,
gny nagnomeza gny zanaky avo koa ba hanagnany fiegna ao aminazy, [27]dra namenigny Ray fahefa hisara gny
zanaky noho izy zanak'olo.[28]Ka gaga amizay, fa avy gny andro handresanigny olon'aby agny andolo gny feony
[29]dra hiboaky: reo ze nanao gny soa dra ho agny amigny fisangana ho amigny fiegna, fa reo ze nanao gny rasy koa
dra go ho agny amigny fisangana ho amigny fisara.[30]Sy afaky manao na ino na ino raha Izaho avo. Araky ze reko,
gny isarako, dra gny fisarako dra mary akory sy mitalia gny sitrapoko manoka zaho fa gny sitrapon'Izy ze
manoka Zaho. [31]Raha tokony hitalilia gny mombanigny vatako zaho, dra sy mary gny fitaliliako. [32]Misy raiky hafa
ze mitalily gny momba anahy, dra fataso fa mary gny fitalilia ze zakany momba anahy.[33]Nirahy tagny amin'i Jaona
handrareo, dra nitalily gny mary izy. [34]Kenefa gny fitalilia ze takariko dra sy avy amigny olo. Mizaka anizay raha
zay zaho ba mety ho voavozy handrareo. [35]Jaona dra nizoro nirehisy vo nagnazava tao amigny fahazavany.
[36]Kenefa gny fagnambarako dra bo lahibe noho gny an'i Jaona, fa reo asa namenigny Ray ho taterahiko , reo asa
ze ataoko reo, gny mitalily gny momba anahy fa nirahinigny Ray Zahy. [37]Gny Ray nagniraky anahy mihisy gny
nitalily anahy, Sy bo nahare gny feony gny nahita gny tarehiny handrareo. [38]Dra gny zakany sy ba mitoby ao
agnatrehandrareo, akory sy mino gny nirahiny handrareo.[39]Mitalia gny Sorasy Masy handrareo akory
heverindrareo fa ao amireo gny agnarandrareo fiegna mandrakizay, dra reo Sirasy Masy reo avo gny mitalily
momba anahy, [40]kanefa sy vonona gny hagnato anahy handrareo ba hanagnandrareo fiegna.[41]Sy mitakasy laza
avy amigny olo zaho, [42]akory fa sy misy fitiava an'Agnahary ao amindrareo.[43]Avy amigny agnaranigny babako
Zaho, nefa sy resindrareo. Raha misy hafa avy amigny agnarany manoka, dra ho takarindrareo izy. [44]Ino gny
hinoandrareo, handrareo ze mitakasy laza avy amigny olo-kafa kanefa sy mitalia gny laza ze avy amin'Agnahary
toka?[45]Ka mieriseriky ho Izaho gny hiapanga andrareo agnatrehanigny Ray. Gny raiky miapanga andrareo dra
Mosesy, ze nametrahako gny fanatenandrareo. [46]Raha nino an'i Mosesy handrareo dra tokony hino anahy, akory

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

nanorasy gny momba anay izy. [47]Raha sy mino reo nisoratiny handrareo, dra ataondrareo ino gny hiteno gny zakako?

Chapter 6

[1]Tafaranigny raha reo, dra Lasa nisaky gny ranomasin'i Galilia Jesosy, atao ranomasin'i Taberiasy. [2]Nisy vahoaky
maro nagnaraky anazy soa hitan'ereo gny famatara ze nataony tamireo narary. [3]Niakasy atendrombohisy Jesosy
dra nipetraky tegny niaraky tamireo pianany Izy.[4](Dra gny Paska, gny andro firavoravonigny Jiosy, dra fa mariny)
[5]Gny fa nagnety agnabo Jesosy dra nahita vahoaky maro be nagnaton'Anazy, dra hoy Izy tamin'i Filipo ho: "Eza
gny hiviliasika mofo ba hafahan'ereo mihina?" [6](Fa I Jesosy nizaka anizay ba hisapa an'i Filipo, fa fatany ze
hataony.)[7]Dra Filipo namaly Anazy ho: "na dre mofo rozato dinary aza sy ho apy ho anigny sirairay na dre
masaiky aby aza ko." [8]Raiky tamireo pianasy, Andrea, rahalahin'i Simona Petera, nizaka tamin'i Jesosy ho: [9]"Misy
lelahy raiky eto mana mofo dimy vo fia ro, fa ino reo manoloa any ty olo maro tahoky?"[10]Dra Jesosy nizaka ho:
"Atovy mipetraky gny olo" (dra feno ahisy teo amigny toera) Dra nipetraky reo olo, teo amigny dimy arivo teo gny
isany. [11]Boak'eo jesosy nangalaky reo mofo dra gny fa boaky nisaotra, dra nizara anizay tamireo ze nipetraky teo.
Manahaky anizay avo koa gny nataony tamigny fia igny, maro araky anizay nitalian'ereo. [12]Gny fa visy gny olo,
dra hoy Izy tamireo pianany ho: "Avorio ze tavela sy lany, ba sy hisy ho levo."[13]Dra navorin'ereo ray dra nahafeno
vaha ro ambiny folo gny tavelany mofo dimy sisa nanganize nihina. [14]Boak'eo, gny fa nahita anizay famatara zay
gny olo, dra hoy ereo ho: "Tiky tokony gny paminany avy ho amizao totolo izao zay." [15]Gny fa hitan'i Jesosy fa ho
avy ereo hangalaky anazy vo hanandrasy anazy amizao ho pazaka, dra nihery tegny atendrombohisy raiky
ndraiky Izy.[16]Gny fa nirava gny andro, dra nilisy tegny amigny ranomasy reo pianany. [17]Nagnao agnaty sambo
ereo, dra nisaky gny ranomasy ho a Kapernaomy agny. Fa mezy tamizay, dra Jesosy bo sy avy teo amin'ereo avo
koa. [18]Nisy rivosy fatrasy, dra niha-nahery gny ranomasy.[19]Gny fa nivoy teo amigny dimy amby ropolo na telopolo
stadio teo ereo, dra nahita an'i Jesosy nandeha teo amigny ranomasy dra nagnariny gny sambo, dra natahosy
ereo. [20]Fa hoy Izy tamin'ereo ho: "Izaho avo tiky! Ka matahosy." [21]Boak'eo dra vonona gny hitakasy anazy tao
amigny sambokely ereo, dra teo no eo dra avy tegny amigny toera andehanan'ereo gny sambokely igny.[22]Gny
maraindray, hitan'ireo vahoaky ze nisanga tegny apitanigny ranomasy fa sy nisy sambo hafa teo afa-sy gny raiky
igny avo, dra Jesosy sy nilisy tao niaraky tamireo pianany fa nandeha raiky niviky gny pianany. [23]Kanefa, nisy
sambokely maromaro boaky Tiberiasy agny teo agnilanigny toera ze nihinanan'ereo gny mofo gny fa boaky
nisaotra gny Topo.[24]Gny fa hitanigny vahoaky fa sy teo Jesosy na gny pianany, dra nilisy tao agnaty sambo ao ereo
dra nagna Kapernaomy egny hitalia an'i Jossosy. [25]Gny fa hitan'ereo tegny apitanigny renirano izy, dra hoy ereo
taminazy ho: "Raby, ombia hanao gny avy teto?"[26]Jesosy namaly anereo, nanao anizahoky ho: "Zakako
amindrareo mary fa mitalia anahy handrareo, sy nohonigny nahitandrareo famatara, fa nohonigny
nihanagnandrareo gny mofo dra visy. [27]Ka miasa ho anigny hany maty levo, fa mesa ho anigny hany ze mahary
ho anigny fiegna mandrakizay ze hamenigny zakan'Olo andrareo, akory Zagnahary Ray gny nagnisa tombo-kase
taminazy."[28]Boak'eo dra hoy ereo taminazy ho: "Ino gny sy maisy hataonay, ba hanovanay reo asan'Agnahary
reo.?" [29]Jesosy namaly dra nanao tamin'ereo ho: "Izao gny asan'Agnahary: dra gny hinoandrareo gny ray ze
nirahiny.[30]Dra hoy ereo taminazy ho: "Ino moa gny famatara hataonao, ba hahitanay vo hinoanay anao? Ino gny
hanaonao? [31]Gny raibeko nihina gny mana tany agnefisy, araky gny voasorasy ho: 'Nameny mofo boaky
andagnisy agny ereo hohany."[32]Boak'eo Jesosy namaly anereo ho: :Zakako amindrareo fa sy Mosesy gny nagnome
andrareo gny mofo boaky andagnisy, fa gny Rako gny magnome andrareo gny tena mofo boaky andagnisy agny.
[33]Akory gny mofon'Agnahary dra gny mizoso boaky andagnisy agny dra magnome fiegna ho an'izao totolo izao."
[34]Dra hoy ereo taminazy ho: "Topoko, ameo anay mandrakariva ze mofo zay."[35]Dra hoy Jesosy tamin'ereo ho:
"Izaho gny mofonigny fiegna; ze magnato anahy sy ba ho resy sasy, dra ze mino anahy sy hangetaheta sasy.
[36]Kanefa fa nizakako tamindrareo fa nahita anahy avo handrareo, nefa sy mino. [37]Ze olo mino amenigny Rako
anahy dra hagnato anahy, dra ze magnato anahy dra sy ba hariako.[38]Fa nizoso boaky andagnisy agny zaho, sy ba
hanao gny sitrapoko manoka, fa gny sitrapon'Izy ze nagniraky Anahy. [39]Dra izao gny sitrapon'Izy nagniraky
Anahy, dra gny sy hagnirahako ze nameny anahy aby, fa hananga anereo amigny andro farany. [40]Akory izao gny
sitraponigny Rako, dra gny ba hahazoanigny maro ze mahita gny zanaky vo mino anazy gny fiegna andro farany
Izy.[41]boak'eo nimonomono momna anereo gny Jiosy akory Izy nizaka ho: "Izaho gny mofo nizoso boaka
andagnisy agny." [42]Dra hoy ereo ho: "Sy gny Jososy zanak'i Josefa ra io, fatasika gny ray amandreniny? Ino seky
zakany ho: 'Nizoso boaky andagnisy agny zaho.'[43]Jesosy namaly dra nanao tamin'ereo ho: "Azanogny gny
fimonomonogna eo agnevondrareo. [44]Sy misy olo afaky magnato Anahy raha sy gny Ray ze nagniraky anahy gny
mitao anazy, dra hasangako izy amigny andro farany. [45]Izay dra voasorasy ao amigny bokinigny paminany ho:
'Hapian'Agnahary ereo aby.' Ze nahare vo nianasy tamigny Ray gny magnato Anahy.[46]Sy nisy nahita gny Ray, afa-
sy ze avy amin'Agnahary, izy gny nahita gny Ray. [47]Zakako amindrareo mary, fa ze mino gny mana fiegna
mandrakizay.[48]Izaho gny mofonigny fiegna. [49]Gny Raibendrareo nihina gny mana tany agnefisy, dra maty ereo.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

50 Tihoky gny mofo nizoso boaky andagnisy agny, ba sy ho maty ze mihina amin'izay. 51 Izaho gny mofo velo nizoso
boak'agny andagnisy. Raha misy olo mihina amity mofo tihoky, dra ho velo mandrakizay izy. Gny mofo ze
hameko gny nofoko ho anigny fiegnan'izao totolo izao." 52 Niha-ory reo Jiosy dra nanomboky nialy hevisy, nanao
anizahoky ho: "Ino gny ahafan'io lelahi io magnomeasika gny nofony ino?" Dra Hoy Jesosy tamin'ereo ho:
53 "Zakako amindrareo mary vatany fa raha sy mihina gny nofonigny Zanak'olo handrareo vo mino gny liony, dra
sy hana fiegna ao amindrareo. 54 Na iza na iza mihina gny nofoko vo mino gny lioko dra mana fiegna mandrakizay,
dra hasangako izy amigny andro farany. 55 Fa gny nofoky gny tena fihina, vo gny lioko gny tena finomy. 56 Ze mihina
gny nofoko vo mino gny lioko gny mitoby ao aminahy, dra Izaho ao aminazy. 57 Manahaky gny nagnirahanigny Ray
velo anahy, vo manahaky gny hivelomako nohonigny Ray, ze mihina anahy, dra ho velo avo koa nohonigny
Aminahy. 58 Tihoky gny mofo igny nizoso boaky andagnisy agny, sy manahaky gny Raibe nihina dra maty zay. Ze
mihina ty mofo tihoky dra ho velo mandrakizay." 59 Fa Jesosy nizaka reo raha reo amigny Synagoga gny fa
napianasy tao Kapernaomy Izy. 60 Dra maro tamireo pianany ze nahare anizay gny nizaka ho: "Fapenara sorasy
zao; iza gny afaky hagneky anizay?" 61 Jesosy noho Izy nahay tao aminazy fa nimonomono tamizay reo pianany,
nizaka anereo ho: "Manafitohy andrareo ra zay io?" 62 Ko akory raha tokony hahita gny zanak'olo miakasy agny
amigny nisy anazy taloha handrareo? 63 Gny Fagnahy gny magnome fiegna; gny nofo sy ahazoa na ino na ino. Reo
zaka ze nizakako tamindrareo dra fagnahy, dra fiegna reo. 64 Bo misy ilany amindrareo sy mino." Fa Jesosy fa
nahay hatramigny volohany ze sy hino vo ze hamadiky anazy. 65 Hoy Izy ho: "Noho izay gny nizakako tamindrareo
fa sy misy olo afaky magnato anahy raha sy namenigny Ray Anazy zay." 66 Noho izay, maro tamireo pianany gny
lasa dra sy niara-dia taminazy sasy. 67 Dra Hoy Jesosy tamireo ro ambiny folo lahy ho: "Sy tehandeha ra handrareo
sa handeha?" 68 Dra Simona Petera namaly anazy ho: "Topo ho agny amin'iza moa zahay? Ino gny mana gny
zakanigny fiegna mandrakizay, 69 dra nino zahay dra magnato ba hahay fa hanao gny Masin'Agnahary." 70 Hoy
Jesosy tamin'ereo ho: "Sy Izaho ra gny nifily andrareo, ro ambiny folo, dra gny raiky amindrareo dra devoly?"
71 Dra Jodasy zanak'i Simona Iskariota gny zanany, akory izy, gny raiky amin'izy ro ambiny folo, ze hamadiky an'i
Jesosy.

Chapter 7

[1]Tafaranireo raha reo Jesosy dra nandeha ta Galilia agny, fa sy te-ho a Jodia agny anefa Izy noho reo Jiosy mitalia
hagnome anazy. [2]Dra fa mariny gny andro firavoravoanigny Jiosy gny Tabernakely.[3]Noho izay reo rahalahy
nizaka taminazy ho: "Mela amity toera tihoky dra mandehana a Jodia agny, ba hafahan'ireo pianasao mahita reo
asa ataonao avo koa. [4]Sy misy olo mana raha mivony zao raha izy vatany dra te-ho fatasy apahibemaso. raha
mana reo raha reo hanao, dra misehoa amin'izao totolo izao."[5]Fa na reo rahalahy aza sy nino anazy. [6]Noho izay
Jesosy nizaka anereo ho: "Bo sy avy gny fotoako, fa gny fotoandrareo koa dra vonona lalandava. [7]Sy afaky gny
halaiky andrareo izao totolo izao, fa izaho gny halany akory mitalily fa rasy reo asany.[8]Handrareo miakara agny
amigny firavoravoa, fa Izaho koa sy handeha amizay akory bo sy avy gny fotoako." [9]Tafaranigny nizakany reo
raha reo dra nizano ta Galilia ao Izy.[10]Fa gny fa niakasy tagny amigny firavoravoa reo rahalahiny, dra niakasy
tagny avo koa Izy boak'eo, sy nisehoseho fa nivony izy. Nitalia anazy tagny amigny firavoravoa reo Jiosy dra
nizaka ho: "Eza Izy?"[12]Nisy zaka marobe momba anazy teo agnevin'ireo vahoaky. Gny ilany mizaka fa: "Lelahy soa
Izy." Gny hafa mizaka ho: "Rasy, mitariky gny vahoaky agny amigny fahavereza Izy." [13]Dra sy nisy nahavany
nizaka apahibenaso momba anazy nohonigny fatahora reo Jiosy.[14]Gny fa nisasaky gny firavoravoa, dra niakasy
tagny amigny Tepoly Jesosy dra nanomboky napianasy. [15]Boak'eo dra gaga reo Jiosy, manao anizahoky ho: "Ino
gny hahezan'io lelahy io anizay raha aby zay? Izy sy nandalo fenara mihisy?" [16]Jesosy namaly anereo dra nanao
anizahoky ho: "Sy anahy gny fapenarako, fa boaky amin'Izy nagniraky anahy.[17]Raha misy olo mary hanao gny
sitrapony, dra hahafatasy momban'io fapenara io izy, na boaky amin'Agnahary zay, na Izaho gny mizaka boaky
amigny vatako. [18]Na iza na iza mizaka boaky amigny vatany dra mitalia gny voninahisy gny vatany manoka, fa na
iza na iza mitalia gny voninahisi'ze nagniraky anazy, dra io olo io gny mary, dra sy misy sy fahamarigna ao
aminazy.[19]Sy namen'i Mosesy andrareo ra gny lalana? Kanefa sy misy amindrareo mitandry gny lalana. Nagnino
handrareo tehamono anahy io?" [20]Namaly gny vahoaky ho: Hanao dra misy demonia. Iza koa gny tehamono anao
io?"[21]Jesosy namaly dra nizaka anereo ho: "Asa raiky gny nataoko, dra gaga noho izay avokoa handrareo.
[22]Namen'i Mosesy gny fanapaha handrareo (sy ho avy amin'i Mosesy zay, fa avy amireo raza.) dra amigny Sabata
dra manapaky olo handrareo.[23]Raha amigny Sabata gny anapah gny olo ba sy voadika gny lalan'i Mosesy, dra
nagnino handrareo gny ory aminahy raha nagnasitrany olo raiky tamigny Sabata Zaho? [24]Ka misara amigny
endriky ivelany, fa misara apahamarigna."[25]Nisy ilany tamireo boaky a Jerosalema agny nizaka ho: "Sy tihoky ra
taliavindrareo ho vono io?" [26]Atio, mizaka miharihary Izy, dra sy misy mizaka na ino na ino Anazy ereo. Dra ho
fatasigny pinday vatany ra fa Izy gny Kristy, sa ino? [27]Fa fatasika ho boaky eza lelahy hoky io. Fa gny fa avy gny
Kristy, dra sy hisy hahafatasy ho boaky eza Izy."[28]Boak'eo nikioko fatrasy Jesosy tao atepoly, napianasy dra nizaka
ho: "Handrareo dra samby mahafatasy gny vatako dra mahay gny fitiavako. Sy avy nohonigny vatako manoka
zaho, fa gny nagniraky anahy dra mary, dra sy fatandrareo Izy. [29]fataso Izy akory Izaho dra boaky aminazy dra
Izy nagniraky Anahy.[30]Niezaky gny hanambosy anazy ereo, fa sy nisy nanangatagna taminazy akory bosy avy gny
fotoako. [31]Kanefa mary tamireo vahoako gny nino anazy, dra hoy ereo ho: "Gny fa avy gny Kristy, moa hanao
famatara maro noho gny vitan'io lelahy io ra Izy?" [32]Nahare gny vahoaky nibisibiky reo raha momban'i Jesosy reo
gny Fariseho dra nagniraky piamby raharaha hanambosy anazy.[33]Hoy Jesosy boak'eo ho: "Kely sisa gny fotoa
hiarahako amindrareo, dra handeha ho amigny nagniraky anahy agny zaho. [34]Hitalia anahy handrareo fa sy
hahita Anahy; ze handehanako sy ho azondrareo andehana."[35]Noho izay reo Jiosy dra nifapizaka ho: "Fa handeha
ho eza io lelahy io gny sy ho vitasika gny hitalia anazy? Handeha ho agny amireo ze niparitaky nagna amin'i
Grika agny dra hagnasy reo Grika ra? [36]Dra ino gny dikanigny zaka nizakany ho: 'Hitalia anahy handrareo fa sy
hahita anahy; ze handehanako, sy ho azondrareo andehana?"[37]Dra tamigny farany, andro lahibe amigny
firavoravoa, dra nisanga Jesosy dra nizaka fatrasy, manao anizahoky ho: "Raha misy mandetaheta, angao izy
hagnato anahy dra hino. [38]Ze mino anahy, araky gny voazakanigny Sorasy Masy, dra hikoria boak'ao atrony gny
oninigny rano velo.[39]Fa izao gny zakany mombanigny Fagnahy, reo ze nino anazy gny hitakasy anizay, gny
Fagnahy dra bo sy name akory bo sy nahazo voninahisy Jesosy.[40]Gny ilany tamireo vahoaky, gny fa nahare reo
zaka reo, dra nizaka ho: "41Reo hafa nizaka ho: "Tihoky gny Kristy." Fa gny ilany nizaka ho: "Fa angaha Kristy
boaky a Galilia agny? [42]Sy voazakanigny sorasy masy ra fa Kristy dra ho avy amigny taranak'i Davida dra boaky a
Betlehema ao, gny tana ze nisy an'i Davida?"[43]Dra nisy fizara teo amigny vahoaky noho Izy. [44]Gny ilany tamin;ereo
te-hanambosy aanzy, fa sy nisy nananga tagny taminazy.[45]Boak'eo reo piamby raharaha nihery tagny amireo
lohanigny pisoro vo reo Fariseho, ze nizaka tamin'ereo ho: " Nagnino handrareo gny sy ninday Anazy?" [46]Namaly
reo piamby raharaha ho: "Sy bo nisy nizaka manahaky anizay mihisy."[47]Noho izay reo Fariseho namaly anereo
ho: "Voafily avo koa ra handrareo? [48]Moa nisy tamireo panapaky ba nino anazy, na tamireo Fariseho? [49]Fa reo
vahoaky reo dra sy mahay gny lalan voaozo reo."[50]Nikodemosy (raiky amireo Fariseho, ze avy meloha teo

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

aminazy), nizaka ho: [51]"Moa ra gny lalasika misara olo melohanigny handresa anazy dra ahafatara anize
nataony?" [52]Namaly ereo dra nizaka taminazy ho: "Boaky a Galilia agny koa vasa hanao? Mikaroha dra atio fa sy
misy paminany boaky a Galilia agny."[53](Fagnamariha: Gny dika zaka taloha soa indrindra dra sy ahita gny Jaona
7: 53-8: 11) [Boak'eo gny sirairay nagnagny atragnony aby.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 8

1(Fagnamariha: Atio gny fagnamariha momban'i Jaona 7: 53-8: 11ambany eo) nagnagny atendrombohis'Oliva
Jesosy. 2Vo maray dra nagnegny atendrombohisy ndraiky izy, dra gny olon'aby nagnato anazy; nipetraky Izy dra
napianasy anereo. Reo panora-dalana vo reo Fariseho dra ninday apela raiky trasy nizangazanga. Napetrak'ereo
teo agnevon'ereo eo.4(Fagnamariha: Atio gny fagnamariha momban'i Jaona 7: 53-8: 11 ambany eo) Boak'eo hoy
ereo taminazy ho: "Ry papianasy o, ty apela tihoky dra trasy teo apizangazanga. 5Dra ao amigny lalana, Mosesy
nibaiko anay ba hitora-bato anazy gny olo manahaky anizay; ino gny zakanao momba anazy?" 6Nizakan'ereo
hamandriha anazy avo anefa zay ba afahan'ereo hasiaky Anazy, fa Jesosy koa niondriky dra nanorasy tamigny
tany tamigny tagnany.7(Fagnamariha: Atio gny fagnamariha momban'i Jaona 7: 53-8: 11ambany eo) Gny fa
nametraky fagnotania taminazy hatragny ereo, dra nisanga Izy dra nizaka ereo, dra nisanga Izy nizaka anereo
ho: "Ze sy nanota tamindrareo, aoky izy gny hitora-bato anazy volohany." 8Dra niondriky ndraiky Izy, dra
nanorasy tamigny tany tamigny tagnany.9(Fagnamariha: Atio gny fagnamariha momban'i Jaona 7: 53-8: 11
ambany eo) Gny fa nahare anizay ereo, dra niala siraidraiky, nanomboky tamigny zokiny indrindra. Dra gny
farany dra Jesosy raiky avo sisa tavela teo, niaraky tamigny apela honitorahy igny. 10Nisanga Jesosy dra nizaka
taminazy ho: "Rapela, fa lasa eza reo nasiaky taminao reo? Sy misy misy masiaky anao ra?" 11Hoy izy ho: "Sy misy
, Topoko." Dra hoy Jesosy ho: "Sy masiaky anao zaho. Mandehana ka manota sasy."]12Nizaka tamin'ereo ndraiky
Jesosy manao anizahoky ho: "Izaho gny fahazavan'izao totolo izao; ze magnaraky anahy dra sy handeha amigny
mezy fa hana gny fahazavanigny fiegna." 13Hoy reo fariseho taminazy ho: "Hanao dra mizaka gny vatanao; sy
mary gny zakanao."14Jesosy namaly dra nanao tamin'ereo ho: "na dre mitalily gny vatako aza zaho, dra mary gny
taliliko. Fataso gny nihaviako vo gny lala handehanako, fa handrareo koa sy mahafatasy ze niaviako na ze
handehanako. 15Handrareo dra misara araky gny nofo; fa Zaho sy misara na iza na iza. 16Na dre misara aza zaho;
dra mary gny fisarako akory sy raiky zaho, fa miaraky amigny Ray ze nagniraky anahy.17Eh, dra ao amigny
lalandrareo dra voasorasy fa mary gny fizoroanigny olon-dro vavolombelo. 18Izaho gny mitalily gny vatako, dra
gny Ray ze nagniraky gny vatako, dra gny ze nagniraky anahy avo koa dra mitalily Anahy.19Hoy ereo taminazy ho:
"Eza gny ranao?" Jesosy namaly ho: "Sy fatandrareo na Izaho na gny rako, raha nahafatasy Anahy handrareo, dra
mahafatasy gny rako avo koa." 20Teo agnilanigny fandasahandrakisy Izy gny nizaka anizay zaka zay, raha igny Izy
napianasy teo amigny tepoly igny, dra sy nisy nanambosy anazy akory bo sy avy gny ora.21Dra hoy ndraiky Izy
tamin'ereo ho: "Handeha zaho; hitalia anahy handrareo dra ho maty amigny fahotandrareo. Ze andehanako, dra
sy ho azondrareo handehana." 22Hoy reo Jiosy ho: "Hamono tegna ra Izy? Izay ra gny atony nizakany ho: 'Ze
andehanako, dra sy azondrareo handehana?"23Hoy Jesosy tamin'ereo ho: "Boaky ambany etiky handrareo; Izaho
koa boaky agnabo agny. Avy amin'izao totolo izao handrareo fa Izaho sy avy amin'izao totolo izao. 24Noho izay,
zinakako tamindrareo fa ho maty ao amigny fahotandrareo handrareo. Fa raha sy mino handrareo fa IZAHO GNY
IZY, dra ho maty amigny fahotandrareo handrareo."25Noho izay dra hoy ereo taminazy ho: "Iza moa hanao io?"
Hoy Jesosy tamin'ereo ho: "Araky ze voazako tamindarreo hatragny ambolohany. 26Mana raha maro ho zaka vo
hisara momba andrareo zaho. Kanefa, Izy ze nagniraky anahy dra mary; dra reo raha reo avy taminazy, dra
hozakako amin'izao totolo izao." 27Sy azon'ereo anefa fa izy dra nizaka tamin'ereo momba gny Ray.28Hoy Jesosy ho:
"Gny fa asandrandrareo gny Zanak'Olo, dra ho fatandrareo fa Izaho gny Izy, dra sy manao na ino na ino ho anahy
zaho. Araky gny napenaranigny Ray anahy, gny hizaka reo raha reo. 29Izy ze nagniraky anahy dra miaraky
aminahy, dra sy namaly anahy ho irery Izy, noho izaho manao ze akasitrahany mandrakariva." 30Raha nizaka reo
raha reo Jesosy, dra maro gny nino Anazy.31Jesosy nizaka tamireo Jiosy ze nino anazy ho: "Raha mitoby amigny
zakako handrareo, dra ho tena pianaso; 32dra ho fatandrareo gny mary, dra gny mary hagnafaky andrareo." 33Dra
ereo namaly anazy ho: "Taranak'i Abrahama zahay dra sy bo nandevozin'iza na iza hatrizay; ko ino gny
hizakanao ho: 'Ho afaky handrareo?'34Jesosy namaly anereo ho: "Zakako amindrareo mary fa reo ze manota dra
andevonigny ota. 35Gny andevo dra sy mitoby ao atragno mandrakizay; fa gny zanaky gny mitoby mandrakizay.
36Noho izay, raha gny zanaky gny magnafaky andrareo, dra ho afaky handrareo.37Fataso fa taranak'i Abrahama
handrareo; mitalia ze hahafaty anahy akory sy mana toera ao amindrareo gny zakako. 38Mizaka ze hitako niaraky
tamigny rako zaho, dra handrareo koa manao ze rendrareo tamigny randrareo.39Namaly ereo dra nizaka
taminazy ho: "Abrahama gny ranay." Jesosy nizaka anereo ho: "Raha zanak'i Abrahama handrareo, dra hanao gny
asan'i Abrahama. 40Kanefa, amizao handrareo tehamono anahy, ze lelahy nizaka tamindrareo gny mary reko
tamin'Agnahary. Abrahama sy nanao anizay. 41Handrareo dra manao gny asanigny randrareo." Hoy ereo
taminazy ho: "Sy teraky tamigny fizangazanga zahay; raiky avo gny ranay: Dra i Zagnahary zay.42Jesosy nizaka
anereo ho: "Gny Zagnahary gny randrareo, dra tokony ho tia anahy handrareo, akory avy Tamin'Agnahary gny
niboahako vo nandehanako atiky; fa sy avy ho azy avo zaho, fa Izy gny nagniraky anahy. 43Nagnino gny sy

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

azondrareo gny zakako? Izay dra sy afaky hagneky gny zakako, gny devoly, dra gny tiandrareo atao dra gny filana
ze nataonigny randrareo. pamono olo hatramizay izy dra sy mizoro amigny fahamarigna akory sy misy ao
aminazy. Gny fa mavandy Izy, dra gny toetra fanaony avo gny zakany akory pavandy Izy dra ranigny vandy.
[45]Kanefa, akory , mizaka gny mary zaho, dra sy mino handrareo. [46]IZa amindrareo gny masiaky anahy amigny
fohota? Gny mizaka gny mary Zaho, nagnino gny sy hinoandrareo io? [47]Ze avy amin'Agnahary; sy mahare gny
zakan'Agnahary; sy mahare anizay handrareo akory sy avy amin'Agnahary."[48]Namaly reo Jiosy dra nizaka
taminazy ho: "Moa ra sy mizaka gny mary zahay fa Samaritana Hanao dra misy demonia?" [49]Jesosy namaly ho:
"Sy misy demonia zaho, fa magnome voninahisy gny Rako, dra handrareo sy magnome voninahisy Anahy.[50]Sy
mitalia gny voninahisy Zaho; misy raiky mitalia vo mizaka. [51]Zakako amindrareo mary fa gny misy mitandry gny
zakako, dra sy hahita fahafatesa izy."[52]Hoy reo Jiosy taminazy ho: "Amizao fatasay fa mana demonia Hanao. Fa
maty Abrahama vo reo paminany; kanefa hanao mizaka ho: 'Raha misy mitandry gny zakakao, dra sy hahita
fahafatesa mandrakizay izy.' [53]Sy lahibe noho gny babany Abrahama ze fa maty Hanao, sa lahibe? Reo pianany
avo koa dra maty. Manao gny vatanao ho Iza moa Hanao io?"[54]Jesosy namaly ho: "Raha makalaza gny vatano
zaho, dra sinosino gny voninahiso; gny Babako ze ataondrareo ho zagnahary gny makalaza anahy. [55]Sy fatasao
Izy, fa Izaho mahafatasy Anazy. Raha mizaka zaho ho: 'Sy mahafatasy anazy Zaho,' dra hanahaky andrareo,
pavandy. Kanefa, fataso Izy dra mitandry gny zakany zaho. [56]Gny babandrareo dra nifaly nahita gny androko,
nahita anizay izy dra faly.[57]Hoy reo Jiosy taminazy ho: "Bo sy misy dimapo tao hanao, dra ho fa nahita an'i
Abrahama ra?" [58]Dra hoy Jesosy tamin'ereo ho: "Zakako amindrareo fa talohanigny nahaterahan'i Abrahama, dra
Izaho gny Izy." [59]Boak'eo dra nangalaky vato hatoraky anazy ereo, fa Fesosy koa niery dra niboaky tepoly.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 9

[1]Dra raha nandalo Jesosy, dra nahita lelahy poaky hatramin'izy vo teraky. [2]Nagnotany anereo gny pianany ho:
"Raby, iza re gny nanota, io lelahy io sa gny ray aman-dreniny, gny niteraky poaky manahaky anizao Izy?"[3]Jesosy
namaly ho: "Sy io lelahy io gny nagnota, na gny ray amandreniny, fa natao izao ba hanehoa aminazy gny
asan'Agnahary. [4]Sy maisy manao gny asanize nagniraky anahy isika raha bo mazava. Fa ho avy gny hariva ze sy
afahan'iza na iza miasa sasy. [5]Raha bo eto amin'izao totolo izao zaho, dra Izaho gny fahazavan'izao totolo
izao."[6]Gny fa boaky nizaka anizay Jesosy, dra nandrora tamigny tany, dra nanao feta tamigny rora, dra nanorasy
gny fotaky tamigny masonigny lelahy igny. [7]Hoy izy taminazy ho: "Mandehana, sasao egny amigny ranonigny
Siloama (ze adika ho: nirahy) gny masonao." Dra lasa ralelahy, nana anizay, dra nahita amizay izy.[8]Dra
nifagnotany reo olo pindray rindry tamin-dralelahy vo reo ze nahita anazy nangataky taloha nanao anizahoky
ho: "Sy tihoky ra gny lelahy nipetraky nangataky teto igny moa?" [9]Gny ilany nanao anizahoky ho: "Izy io." Dra gny
hafa nizaka ho: "Sy izy io, fa mitovy aminazy avy." Fa izy koa nanao anizahoky ho: "Izaho tiky."[10]Hoy ereo
taminazy ho: "Ko nagnino hanao nahita koa io?" [11]Namaly izy ho: "Gny lelahy atao i Jesosy igny gny nanao feta
dra nagnososy fotaky gny masoko dra nizaka taminahy izy ho: 'Mandehana agny a Siloama dra sasao gny
masonao.' Dra nandeha zaho vo nanasa gny masoko amizay rano zay, dra nahita." [12]Hoy ereo taminazy ho: "Eza
izy?" Dra nivaliany ho: "Sy fatako."[13]Nandesin'ereo teo amigny fariseho gny lelahy nipoaky igny. [14]Tamigny anndro
Sabata moa gny nanovan'i Jesosy gny feta igny vo napahiratany gny masony. [15]Dra nagnotany anazy ndraiky reo
Fariseho gny amigny fomba nahiratany. Hoy izy tamin'ereo ho: "Nasiany fety gny masoko, nisasako, dra mahita
zaho amizao."[16]Gny ilany tamireo fariseho nizaka ho: "Sy avy amin'Agnahary ty lelahy tihoky akory sy magnaza
gny andro Sabata." Gny hafa nanao anizahoky ho: "Ino gny afahanigny olo panota manao famatara lahibe
manahaky anizao?" DRa nisy fizarazara teo amin'ereo. [17]Dra nihery nagnotany gny lelahy poaky igny ndraiky
ereo ho: "Ino gny hozakanao momba anazy, hatramigny napahiratany gny masonao?" Hoy gny lelahy nipoaky
igny ho: "Paminany izy." [18]Dra bo sy nino gny momba anazy avo reo Jiosy ho izy dra fa poaky dra nahita raha sy
nitoka gny ray aman-dreninigny lelahy nahita ereo.[19]Nagnotany reo ray aman-dreny ereo ho: "Tihoky ra
Zanandrareo atao poaky io?Ko ino gny ahita koa io?" [20]Dra nivalian'ireo ray aman-dreniny ereo ho: "Fatanay fa
zanakay io sady teraky poaky izy. [21]Fe seky gny amigny nahita, sy fatasay, dra ze napahita gny masony, sy fatasay.
Agnotanio anazy, fa lahibe izy io. Afaky mizaka ho anigny vatany izy."[22]Nizaka anizay reo ray aman-dreniny
akory natahosy reo Jiosy ereo. Akory fa nifagneky reo Jiosy fa raha misy magneky anazy ho Kristy, dra ho roahy
hiala amigny Synagoga izy. [23]Nohonigny amizay, gny nizakan'ireo ray aman-dreniny ho: "Fa lahibe izy, Izy gny
agnotanio."[24]Dra nitoka gny lelahy poaky taloha fagnindrony ndraiky ereo dra nizaka taminazy ho: "Omeo
voninahisy Zagnahary." [25]Boak'eo dra namaly gny lelahy igny ho: "Sy fataso aloha raha panota izy. Gny fatako dra
izao: fa poaky zaho taloha, fa amizao zaho fa mahita."[26]Boak'eo dra hoy ereo taminazy ho: "Fa ino gny nataony
taminao? Ino gny fomba napahiratany gny masonao?" [27]Dra namaly izy ho: "Fa zinakako tamindrareo, fa sy
niteno handrareo! Dra nagnino handrareo te-hiteno anizay ndraiky? Te-ho isanigny pianany avo koa handrareo,
sa sy zay?" [28]Nagneso anazy ereo dra nizaka ho: "Hanao gny pianany, fa zahay pianas'i Mosesy. [29]Fatasay fa nizaka
tamin'i Mosesy zagnahary, fa raha ze lelahy zay dra sy fatasay ze niaviany."[30]Dra namaly gny lelahy igny dra
nanao anizahoky amin'ereo ho: "Mahagaga zay, sy fatandrareo ze niaviany, kanefa napahirasy gny masoko Izy.
[31]Fatasika fa sy miteno reo panota Zagnahary, fa raha misy mazoto mivavaky vo manao gny sitrapony, dra
mitenoa anazy Izy.[32]Hatramigny niatombohan'izao totolo izao dra bo sy re mihisy ho nisy napahirasy gny
mason'ize teraky poaky. [33]Ko raha sy avy amin'Agnahary zay lelahy zay, dra sy mahefa na ino na ino." [34]Dra
namaly ereo nanao aminazy ho: "Tena teraky tamigny ota hanao, dra hanao ndraiky ra gny hapianasy anay?"
Boak'eo dra niroahin'ereo hiboaky izy.[35]Ren'i Jesosy fa niroahin'ereo tao amigny Synagoga izy. Dra Izy nahita
anazy dra nizaka ho: "Mino gny zanak'Olo ra Hanao?" [36]Namaly izy ho: "Iza moa gny Izy, Topo, ba hinoako
anazy?" [37]Jesosy nizaka taminazy ho: "Fa nahita anazy hanao, dra gny raiky ze mizaka aminao amizao zay." [38]Hoy
gny lelahy igny ho: "Topo, mino zaho." dra nidera anazy Izy.[39]Jesosy nizaka ho: "Fa fisara gny nahaviako eto
amin'izao totolo izao ba hahita reo ze poaky dra ba ho lasa poaky reo ze mahita." [40]Nahare anizay gny ilany
tamireo Fariseo ze niaraky taminazy dra nagnotany anazy ho: "Zahay koa ra poaky moa?" [41]Fa Jesosy nizaka
tamin'ereo ho: "Raha poaky handrareo, dra sy ho nana-keloky, fa handrareo koa amizao mizaka ho: 'Mahita
zahay,' dra bo mitoby gny siakindrareo."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 10

[1]"Zakako amindrareo mary fa ze sy milisy gny vavahady ho amigny valan'agnondry, fa magnaniky lala hafa, dra
pangalaky vo vavahady koa gny piamby angondry soa.[3]Izy gny vahanigny piamby vavahady. Mahare gny feony
gny agnondry, dra izy mitoka gny agnondriny manoka amigny agnarany dra minday anazy miboaky. [4]Gny fa
namoaky gny anazy aby izy, dra nialoha lala anazy reo, dra magnaraky anazy gny agnondriny, akory mahay gny
feony.[5]Dra sy hagnaraky vshiny ereo fa hienga anazy koa, sy fatany gny feonigny vahiny." [6]Jesosy nizaka anizay
fagnohara zay tamin'ereo, fe seky sy azon'ereo akory reo raha nizaka tamin'ereo.[7]Dra hoy ndraiky Jesosy
tamin'ereo ho: "Zakako amindrareo mary fa Izaho gny vavahadin'Agnondry. Ze avy talohako dra pangalasy aby,
akory sy niteno anereo gny agnondry.[9]Izaho gny vavahady. Raha misy milisy ao amigny alalako, dra ho voavozy
izy hilisy vo hiboaky izy dra hahita gny fihinana. [10]Fa gny pangalasy sy avy raha sy hangalasy vo hamono dra
handrava. Fa Izaho koa avy ba hanagnan'ereo fiegna dra hanagna anizay maro.[11]Izaho gny piamby soa. Gny
piamby soa dra manolosy gny ainy hamoze gny agnondriny. [12]Gny pikarama dra sy piamby vo sy topon'agnondry.
Raha nahita amboa mola magnato izy dra hagnenga gny agnondriny dra hienga, dra gny amboaigny hanambosy
vo hapienga anereo. [13]Mienga izy akory pikarama dra sy midary gny angondriny.[14]Izaho gny piamby agnondry
soa, dra fataso gny anahy, fatany koa zaho. [15]Gny Ray mahafatasy Anahy, zaho mahafatasy gny Ray, dra Izaho
manolosy gny aiko ho anigny agnondry. [16]Mana agnondry hafa sy amity vata tihoky zaho. Sy maisy handesiko avo
koa reo, dra ereo hahare feoko ba ho avy lia raiky vo piamby raiky[17]Izao gny atony hitiavanigny Ray anahy:
mahafo manolosy gny aiko zaho ba handresako anizay ndraiky. [18]Sy misy mangalaky anizay aminahy, fa gny
vatako avo gny manolosy anizay. Mana fahefa hanolosy anizay zaho, dra mana fahefa hangalaky anizay ndraiky
koa. Izay lily zay dra azoko boaky amigny Rako."[19]Nisy fizarazara ndraiky teo amireo Jiosy noho reo zaka reo.
[20]Maro tamin'ereo gny nizaka ho: "Mana demonia Izy dra very say. Nagnino handrareo miteno anazy io?" [21]Gny
ilany nizaka fa ho: "Sy fizakanigny olo misy demonia zao. Moa gny demonia afaky mapahirasy gny masonigny
Poaky?"[22]Boak'eo gny fizakanigny fanokagna ta Jerosalema ao. [23]Ririny tamizay, Jesosy nisanga teo akiazanigny
Tepoly teo amigny felofan'i Solomona. [24]Boak'eo nitangorognan'ireo Jiosy Izy dra nizaka taminazy ho:
"Mandrak'ombia gny hapisalasalanao anay? Raha hanao gny Kristy, dra zakao miharihary."[25]Jesosy namaly
anereo ho: "Fa nizaka andrareo zaho, fa sy nino handrareo. Reo asa ze ataoko amigny agnaranigny Rako, reo gny
nitalily gny mahakasiky anahy. [26]Kanefa handrareo sy mino akory ba agnondriko.[27]Mahare gny feoko gny
agnondriko; fataso ereo, dra magnaraky anahy. [28]Ameko anereo gny fiegna mandrakizay; dra sy ho maty
mandrakizay ereo, dra sy hisy handrobaky anazy eo apelatagnako.[29]Gny rako ze nagnome anireo anahy, dra
lahibe noho gny hafa aby, dra sy misy mahavita mandrobaky anazy eo apelatagnany Ray. [30]Izaho vo gny Ray dra
raiky avo." [31]Boak'eo nangalaky vato ndraiky reo Jiosy hitoraky anahy ndraiky.[32]Jesosy namaly anereo ho: "Maro
gny asa soa nasehoky andrareo boaky tamigny Ray. Ko dra ino tam'io asa io gny hitorahandrareo vato anahy?"
[33]Namaly namaly anahy reo Jiosy ho: "Sy gny asa soa gny hitarahanay vato anao, fa gny fizaka-rasy, fa hanao
olombelo, dra manao gny vatanao ho zagnahary."[34]Namaly anereo Jesosy ho: "Sy fa voasorasy ao amigny
lalandrareo ra ho: "Hoy Zaho ho: "Zagnahary handrareo?" [35]Raha nitoka anireo ho zagnahary izy, dra ho an'iza
gny niavianigny zakan'Agnahary (dra gny sorasy Masy dra sy azo foagna), [36]moa ra gny nihamasininigny Ray gny
nirahy ho amin'izao totolo izao gny ataondrareo ho: 'Mizaka rasy Hanao,' noho izay nizaka ho: 'Izaho gny
zanan'Agnahary'?[37]Raha sy manao reo asan'i Rako zaho, dra ka mino anahy. [38]Fa raha manao anireo zaho, na dre
sy mino anahy handrareo, dra minoa reo asa ba hahafatarandrareo vo hahazoandrareo fa gny Ray dra ato
aminahy vo Izaho ao aminy Ray." [39]Bo nikasa gny hanambosy anazy ndraiky ereo, fa nienga Izy.[40]Dra nagnagny
an-dafin'i Jordana ndraiky Izy ho agny amigny toera ze nanovan'i Jaona batisa volohany, vo nitoby teo. [41]Maro gny
olo magnato anazy dra hoy ereo ho: "Jaona sy ba mana famatara, fa gny raha aby nizakan'i Jaona momba io
lelahy io dra mary." [42]Maro gny olo nino anazy teo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 11

1Dra nisy lelahy raiky narary atao ho i Lazarosy zay. Boaky a Betania ao izy, tanan'i Maria vo i Marta rahavaviny.
2Maria gny nagnososy menaky gny tomony tamigny volony, dra Lazarosy anadahiny gny narary.3Reo pirahavavy
reo nagniraky olo ho agny amin'i Jesosy agny, nizaka fa ho: "Topo, atio, fa marary gny tianao." 4Gny da ren'i Jesosy
zay, dra hoy Izy ho: "Sy fahafatesa gny hiafaran'ty arety tihoky, fa ho fanehoa gny voninahin'i Zagnahary ba
hanandrata gny zanan'Agnahary amigny alalanizay."5Jesosy dra tia an'i Marta vo gny rahavaviny vo i Lazarosy.
6Dra gny fa nahare Jesosy fa marary Lazarosy, dra bo nizano ro andro tao amigny toera nisy anazy izy. 7Dra
tafaran'izay, dra nizaka tamireo pianasy Izy ho: "Handeha isika ho a Jodia agny ndraiky."8Hoy gny pianasy
taminazy ho: "Raby , amin'izao dra mikasa gny hitara-bato anao reo Jiosy, dra bo hihery ho agny ndraiky ra
hanao?" 9Dra namaly Jesosy ho: "Sy ro ambiny folo ora ra gny fahazavanigny andro? Raha misy olo mandeha
amigny andro mazava, dra sy ho tafatohy izy, akory mahita gny fahazavan'izao totolo izao.10Kanefa raha maneha
amigny hariva izy, dra ho tafatohy akory ao aminazy gny fahazava." 11Nizaka reo raha reo Izy, dra tafaran'ireo
raha reo, dra hoy Izy tamin'ereo ho: "Tehandry i Lazarosy namasika, fa handeha Zaho ba hafahako mamoha
anazy amigny torimaso."12Dra hoy reo Pianasy taminazy ho: "Topo raha tafandry izy, dra ho soa." 13Kanefa Jesosy
nizaka gny fahafatesa, feseky niheverin'ereo fa fela-sasasy amigny torimaso gny nizakany. 14Boak'eo Jososy nizaka
sotra tamin'ereo ho: "Maty Lazarosy.15Faly zaho, nohonigny amindrareo, fa sy tagny zaho ba hahavy andrareo
hino. Handeha sika ho aminazy agny." 16Tomasy, ze atao ho Didymo, dra nizaka tamireo pianasy namany ho:
"Handeha koa sika ba hiara-maty amin'i Jesosy."17Gny fa avy Jesosy, dra hitany fa nalevy efas'andro Lazarosy.
18Dra Betania dra fa agnilanigny Jerosalema, eo amigny dimy ambiny folo stadio eo gny elagnelany. 19Maro reo
Jiosy avy tao amin'i Marta vo i Maria, ba hapahery anereo nohonigny fahafatesanigny anadahin'ereo. 20Boak'eo i
Marta, gny fa nahare fa avy Jesosy, dra nandeha nisena anazy, fa Maria nipetraky atragno ao avo.21Dra nizaka
tamin'i Jesosy i Marta ho: "Topo, raha teto hanao, dra sy maty gny anadahiko. 22Nefa na dre amizao aza, dra fataso
fa na ino na ino angatahinao amin'Agnahary, dra homeny anao zay." 23Hoy Jesosy taminazy ho: "Gny anadahinao
dra hasanga-ko velo ndraiky."24Marta nizaka taminazy ho: "Fataso fa hisanga ndraiky izy amigny fingananigny
maty amigny andro farany." 25Dra hoy Jesosy taminazy ho: "Izaho gny fanangana gny maty vo fiegna; ze mino
anahy, na dre maty aza dra ho velo; 26dre na iza na iza velo dra mino anahy dra sy ho maty mandrakizay. Mino
anizay ra hanao?"27Hoy izy taminazy ho: "Eh, Topo mino zahofa Hanao gny Kristy, zanan'Agnahary, gny ho avy eto
amin'izao totolo izao." 28Gny fa voazakany zay, dra nandeha izy nitoka an'i Maria rahavaviny. Hoy izy ho: "Avy gny
papianasy dra mitoka anao izy." 29Gny fa ren'i Maria zay, dra nisanga malaky izy dra nagna aminazy egny.30Jesosy
bo sy niavy ta atana ao fa bo teo amigny toera nahognan'i Marta taminazy eo avo. 31Noho izay reo Jiosy, ze
niaraky taminazy tao atragno vo napahery anazy, gny fa nahita an'i Maria nisanga malaky dra nandeha niboaky,
dra nagnaraky anazy, nihevisy fa handeha hitomagny agny amigny lolo izy. 32Gny fa avy teo amigny toera nisy
an'i Jesosy i Maria dra nahita anazy, dra nekohoky izy dra nizaka taminazy ho: "Topo, raha teto hanao, dra sy
nimaty gny anadahiko."33Gny fa nahita anazy nitomagny Jesosy, dra reo Jiosy niaraky taminazy nitomagny koa,
dra naharary gny fagnahiny dra natahosy Izy; 34dra hoy izy ho: "Teza gny nandevognandrareo anazy?" Dra hoy
ereo taminazy ho: "Topo, avia dra atio." 35Nitomagny koa i Jesosy.36Boak'eo hoy reo Jiosy ho: "Atio gny habenigny
fitiavany an'i Lazarosy!" 37Fa gny ilany tamin'ereo nizaka ho: "Moa ra sy hitanity lelahy tihoky, ze napahirasy gny
masonigny poaky, gny manao anizay sy ho nahafaty ty lelahy tihoky koa.?"38Boak'eo ndraiky Jesosy, raha bo voto
gny fagnahiny, dra nagnegny amigny lolo. Dra zohy zay, dra misy vato manaro anazy. 39Hoy Jesosy ho: "Alao siteo
vato hoky." Marta anabavin'i Lazarosy, maty, nizaka tamin'i Jesosy ho: "Topo, fa membo gny vatany amizao fotoa
zao, fa efas'andro zay gny nahafatesany." 40Jesosy nizaka taminazy ho. "Sy fa nizakako anao ra fa, raha nino
hanao, dra hitanao gny voninahin'Agnahary?"41Dra nalan'ereo gny vato. Jesosy nanandrasy gny masony dra
nizaka ho: "Ray o, misaotra anao Zaho akory niteno Anahy hanao. 42Fataso fa miteno Ahy mandrakariva hanao, fa
nohonigny vahoaky mizoromagnodidy anahy gny nizakako anizay, ba hafahan'ereo mino fa Hanao gny
nagniraky Anahy."43Gny fa boaky nizaka anizay Izy, dra nitoka tamigny fatrasy ho: "Lazarosy, miboaha!"
44Niboaky izy fa maty igny; nisy fehi-paty gny tombony vo gny tagnany, dra voafehy lamba koa gny vatany. Hoy
Jesosy tamin'ereo ho: "Hahao izy dra angao handeha."45Boak'eo mary tamireo Jiosy ze avy tao amin'i Maria vo
nahita gny nataon'i Jesosy, dra nino anazy; 46Fa gny ilany tamin'ereo koa lasa nandeha nagnagny amigny Fariseo
dra nizaka tamin'ereo gny raha nataon'i Jesosy.47Boak'eo gny lohanigny pisoro vo gny Fariseho namory gny
Synedriona niaraky vo nanao anizahoky ho: "aino gny hataosika? Ty lelahy tihoky dra manao famatara maro.
48Raha angasika amin'izao Izy, dra hino anazy gny olon'aby; dra ho avy gny Romana hangalaky gny tanasika vo
gny firenesika."49Kanefa, nisy lelahy raiky tamin'ereo, Kaiafa, pisorombe tamizay tao zay, nanao tamin'ereo ho:
"Handrareo dra sy mahay na ino na ino. 50Sy mieriserisy handrareo fa soa ho andrareo raha lelahy raiky gny

maty ho anigny olo manahaky gny firenena manotolo gny ringa.[51]Dra ze nizakako dra sy nataony ho anazy avo. Fa noho izy pisorombe tamin'io tao io, dra naminany fa tokony ho maty ho anigny firenena Jesosy; [52]dra sy ho anigny firenena avo, fa ba hapiray gny zanan'Agnahary ze niparitaky koa. [53]Dra nanomboky tamin'io andro io dra nanao tetiky gny fomba hamonoa an'i Jesosy ereo.[54]Jesosy sy nandeha niharihary tegny amireo Jiosy sasy, fa niala teo Izy nagna amigny tany agnilanigny efisy ho agny atana atao a Efraima zay. Dra nipetraky tao Izy vo reo pianasy. [55]Dra fa mariny gny Pasky gny Jiosy, dra maro tamireo tagny ivelany tana gny niakasy tao a Jerosalema melohanigny Paska ba hagnalio gny vatan'ereo.[56]Nitalia an'i Jesosy ereo, dra nizoro teo amigny Tepoly nifapizaka ho: "Ino gny eriseretinao? Hoe sy ho avy amigny andro firavoravoa ra Izy?" [57]Dra fa nagnome baiko gny lohanigny pisoro vo gny Fariseho da misy mahay gny misy an'i Jesosy, dar tokony mizaka izy ba hanamboran'ereo anahy.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 12

[1]Enin'andro melohanigny Paska, dra avy ta Betania ao Jesosy, ze nitobian'i Lazarosy, gny fa nasangan'i Jesosy
taminigny maty. [2]Dra nanao hany ho anazy ereo, dra i Marta gny nandrosy anereo, fa i Lazarosy koa dra
agnisan'ireo niara-nipetraky tamin'i Jesosy teo amigny latabasy. [3]Boak'eo Maria nangalaky menaky magnisy litasy
raiky vita tamigny narda sarobily, dra nagnososy gny tobok'i Jesosy tamizay, dra namafa gny tombony tamigny
volony. Feno gny hagnisigny menaky igny gny atragno ao.[4]I Jodasy Iskariota, eay tamireo pianasy avo koa, fe
hamadiky anazy, nanao anizahoky ho: [5]"Nagnino io menakio gny sy avily 300 dinaria dra name gny mahatra?"
[6]Dra izy nizaka anizay, sy nohonigny fiahiany gny mahatra, fa pangalasy izy: tegny aminazy gny pisy vola dra ho
nangalariny ze natao tao.[7]Jesosy nanao anizahoky ho: "Angao izy ba hita ze hanagnany ho amigny andro
hagnandevoza anahy. [8]Ho eo amindrareo mandrakariva gny mahatra, fa Izaho koa sy ho eo amindrareo
mandrakariva."[9]Dra nisy vahoaky maro tamireo Jiosy nahay fa eto Jesosy, dra nagnato anereo, sy ho an'i Jesosy
raiky avo, fa ba hahita an'i Lazarosy avo koa, nasangan'i Jesosy tamigny maty. [10]Reo lohanigny pisoro dra nitetiky
niaraky ba hahafahan'ereo manosiky an'i Lazarosy amigny fahafatesa; [11]akory noho Izy gny nahavy gny
akamaroan'ireo Jiosy handeha nino an'i Jesosy.[12]Gny maraindray dra vahoaky maro gny avy tamigny andro
firavoravoa. Gny fa ren'ereo fa ho avy a Jerosalema ao Jesosy, [13]dra nangalaky sapan-drafia ereo dra niboaky vo
niseza anazy tamigny toka fatrasy ho: "Hosanna! Sambasy anie gny boaky amigny agnaranigny Topo, gny
pazakan'Israely."[14]Jesosy nahita zana-boriky raiky dra nipetraky ta agnabony eo; [15]Araky gny voasorasy ho: "Ka
matahosy, ry zanak'apelan'i Ziona; atio, ingo tamy gny pazakandrareo, ze mipetraky eo agnabonigny zana-boriky.
[16]Sy nahazo reo raha reo gny pianany tamigny volohany; fa gny fa namem-boninahisy Jesosy, dra saroan'ereo fa
voasorasy momba anazy reo raha reo dra fa nataon'ereo taminazy zay.[17]Dra reo vahoaky ze niaraky taminazy
tamigny nitokany an'i Lazarosy hiboaky gny olo igny vo nananga anazy tamigny maty dra samby nizoro
vavolombelo aby. [18]Noho izay atony izay avo koa gny nahavy gny vahoaky hisena anazy, akory ren'ereo fa nanao
anizay famatara zay Izy. [19]Reo Fariseho noho izay nifapizaka ho: "Atio, sy afaky manao na ino na ino handrareo;
ingo, magnaraky anazy izao totolo izao."[20]Dra nisy grika visivisy tamireo ze niakasy hidera agny amigny
firavoravoa. [21]Nagnagny amin'i Filipo ereo, dra boaky a Betsaida agny a Galilia, dra nagnotany anazy, manao
anizahoky ho: "Topoko, ba te-hahita an'i Jesosy zahahy." [22]Dra lasa Filipo dra nizaka tamin'i Andrea; dra lasa
Andrea niaraky tamin'i Filipo, vo nizaka an'i Jesosy ereo.[23]Jesosy namaly anereo dra nanao anizahoky ho: "Fa avy
gny fotoa hagnomezako voninahisy gny Zanak'Olo. [24]Zakako amindrareo mary vatany fa raha sy lasaky amigny
tany gny ihimbary dra maty, dra mitoby amigny vatany raiky zay; fa raha maty zay dra hamokasy marobe.[25]Ze tia
gny fiegnany dra hagnary anizay; fa ze malaiky gny fiegnany eto amin'izao totolo izao koa dra hita anizay ho
agny amigny fiegna mandrakizay. [26]Raha misy manopo anahy, aoky izy hagnaraky anahy; dra ze hitoerako, dra ao
avo koa gny hitoeranigny panopoko. Raha misy manopo anahy, dra hagnome voninahisy anazy gny Ray.[27]Amizao
mangorohoro gny fagnahiko dra ino gny tokony ho zakako? 'Ray o, vozeo amity ora tihoky zaho'? Kanefa noho
izay atony izay gny nahaviako amin'izao fotoa izao. [28]Ray o, hakalazoa gny agnaranao." Boak'eo nisy feo nanako
boaky andagnisy agny nanao anizahoky ho: "Fa nakalazako zay dra bo hakalazako ndraiky." [29]Dra reo vahoaky
nisanga teo vo nahare anizay dra nizaka fa siny kotraky teo. Gny ilany nizaka ho: "Nisy azely nizaka
taminazy."[30]Jessosy namaly dra nizaka ho: "Izay feo zay dra sy avy ho anahy, fa ho andrareo. [31]Avy amizao gny
fisara an'izao totolo izao: Dra ho roahy gny panapaky anizao totolo izao.[32]Gny fa hasandrasy hiala amigny tany
zaho, dra hitao gny sirairay hagnaraky anahy." [33]Nizakany zay ba hanehoa ho karaza fahafatesa manahaky gny
ino gny hafatesany.[34]Reo vahoaky namaly anazy ho: "Renay tamigny lalana fa Kristy dra hizano mandrakizay. Ino
gny hafahanao mizaka ho: 'Gny zanak'Olo dra sy maisy hasandrasy?' Iza ra Zank'Olo zay io?" [35]Boak'eo Jesosy
nizaka anereo ho: "Gny hazava dra bo hiaraky amindrareo mandrisy gny fotoa fohy. Mandehana dieny bo mana
hazava, ba sy hafahanigny mezy mialoha andrareo. Ze mandeha amigny mezy dra sy mahay gny lala
andehanany. [36]Raha bo mana hazava handrareo dra minoa anizay ba ho zanakigny mazava handrareo." Jesosy
nizaka reo raha reo dra boak'eo dra sy hita vo niery anereo.[37]Na dre nanao famatara maro teo agnatrehan'ereo
aza Jesosy, dra sy ninoan'ereo. [38]ba ho tateraky gny zakan'Isaia paminany, ze nizaka fa ho: "Topo, izy gny nino gny
tatisay, vo iza gny nanehoany gny sandrinigny Topo?"[39]Noho izay atony zay dra sy nino ereo, araky gny
voazakan'Isaia hatragny ho: [40]"Nipoahiny gny mason'ereo, dra nihamafisiny gny fon'ereo; mifanohisy amizay ereo
dra te-hatita amigny mason'ereo dra hahazo amigny fon'ereo, dra hitoliky, vo Izaho hagnasitrany anereo.[41]Isaia
nizaka reo raha reo fa hitany gny voninahis'i Jesosy dra nizaka momba anazy. [42]Kanefa na izay aza, dra maro
tamireo pazaka gny nino an'i Jesosy; fa noho reo Fariseo reo, dra sy nagneky anizay ereo ba sy ho voasaka ho ao
amigny Synagoga. [43]Tian'ereo gny fidera boaky amigny olo noho gny fidera avy amin'Agnahary.[44]Jesosy nitoka
fatrasy dra nizaka ho: "Ze raiky mino anahy, ka mino anahy raiky avo fa meraky ze nagniraky anahy koa, [45]dra ze


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

raiky mahita anahy dra mahita anazy ze nagniraky anahy.[46]Izaho dra avy manahaky gny hazava teto amin'izao toto izao, ba sy hitoby ao agnatiny mezy ze mino anahy. [47]Raha misy maneho gny zakako nefa sy mitandry anizay, dra sy hisara anazy zaho; akory zaho sy avy hisara anizao totolo izao, fa hagnavosy anizao totolo izao.[48]Ze manda anahy vo sy mitakasy gny zakaako, dra mana raiky misara anazy. Gny zaka nizakako gny hisara anazy amigny andro farany. [49]Fa izaho sy mizaka ho anazy, fa gny Ray ze nagniraky anahy, ze nagnome anahy gny lily amize ho zaka. [50]Fataso fa gny liliny dra fiegna mandrakizay, ko zezakako_dra zakako araky ze nizakanigny Ray taminahy."

Chapter 13

[1]Dra andro melohanigny firavoravoanigny Paska izao. Fatas'i Jesosy fa avy gny ora hialany eto amin'izao totolo
izao dra handeha agny amigny Ray. Gny fa nitia gny piara-dia taminazy teto amin'izao totolo izao Izy, dra nitia
anereo hatramigny farany. [2]Dra gny devoly dra fa nametraky anizao tao asain'i Jodasy Iskariota zanak'i Simona,
dra gny hamadiany an'i Jesosy.[3]Izy dra nahafatasy fa gny raha aby dra fa napetrakinigny Ray teo apelatagnany
dra Izy avy amin'Agnahary vo hihery agny amin'Agnahary ndraiky. [4]Nisanga Izy teo apihinana dra nangalaky gny
akazony ivelany. Boak'eo Izy nangalaky lamba dra nino anizay. [5]Boak'eo nandraraky rano tao agnaty siny Izy dra
nanomboky nanasa gny tombon'ireo pianany dra namafa anereo tamigny lamba nisalorany.[6]Nagnato an'i Simona
Petera Izy, dra hoy Petera taminazy ho: "Topo hanasa gny tomboko ra hanao io?" [7]Jesosy namaly vo nizaka
taminazy ho: "Ze ataoko dra bo sy ho azonao gny heviny zao, fa ho azonao avo zay afara agny." [8]Hoy Petera
taminazy ho: "Sy hanasa gny tomboko mihisy hanao." Jesosy namaly anazy ho: "Raha sy manasa gny tombokao
zaho, dra sy mana azara ato aminahy hanao." [9]Hoy Simona petera taminazy ho: "Topo, ka gny tomboko avo gny
ho sasa, fa gny tagnako vo gny lohako avo koa."[10]Hoy Jesosy taminazy ho: "Ze fa nandro dra sy mila anizay, afa-sy
gny manasa tomboky avo, fa izy dra fa malio tateraky, hanao dra malio, fa sy gny olon'aby." [11](akory fa fatas'i
Jesosy ho iza gny hamadiky anazy; izay gny atony nizakany ho: "Sy handrareo aby gny malio.")[12]Dra gny fa boaky
nanasa gny tombon'ereo Jesosy vo nangalaky gny lambany dra nipetraky ndraiky, dra hoy Izy tamin'ereo ho:
"Fatandrareo ra gny nataoko ho andrareo? [13]Tokavindrareo zaho ho 'papianasy' vo 'Topo', dra mary gny
voazakandrareo, fa zay vatany zaho. [14]Kanefa raha Izaho, sady Topo gny papianasy, gny nanasa gny
tombondrareo, handrareo avo dra tokony hifanasa gny tombondrareo. [15]Akory fa nagnome ohasy ho andrareo
zaho dra handrareo avo koa handrareo.[16]Zakako amindrareo mary fa gny panopo dra sy lahibe noho gny Topony,
na koa gny pinday hafasy dra sy lahibe noho gny nagniraky anazy. [17]Raha fatandrareo reo raha reo, dra ho tahy
handrareo raha magnatateraky anizay. [18]Sy handrareo aby gny zakako; fataso reo nifiliko__fa izay dra ba
hahatateraky gny Sorasy Masy ho: 'Ze mihina gny mofoko dra nanandrasy gny vohotombony hamadiky
anahy.'[19]Zakako amindrareo melo zay hitrangany ba gny fa mitranga zay, dra mety hino handrareo fa Izaho gny
Izy. [20]Zakako amindrareo mary fa ze mitakasy anizay nirahiko, dra mitakasy anahy, dra ze mitakasy anahy, dra
mitakasy anazy ze nagniraky anahy."[21]Gny fa nizaka anizay Jesosy, dra nangorooro gny fagnahiny. Nitalily Izy dra
nizaka ho: "Zakako amindrareo mary vtany fa hisy raiky amindrareo, dra magniry gny hamadiky anahy."
[22]Nifagnety reo pianany, nagnotany tegna ho iza zay nizakany zay.[23]Nisy raiky tamireo pianany, ze tian'i Jesosy,
nipetraky teo amigny latabasy apitan'i Jesosy. [24]Nagnato io pianasy io Simona Petera dra nizaka ho: "Agnotanio
anazy ho iza zakany zahoky io." [25]Dra nihery niaky tamin'i Jesosy izy dra nizaka ho: "Topo, iza zay io?"[26]Boak'eo
Jesosy namaly ho: "Gny raiky ze hadonako vo hameko ty mofo tihoky." Dra gny fa nilognany gny mofo, dra
nameny an'i Jodasy zanak'i Simona Iskariota zay. [27]Dra tafaranigny mofo igny, dra nilisy tao aminazy satana, dra
hoy Jesosy taminazy ho: "Ze ataonao, atovy malaky zay."[28]Tamizay reo aby teo andatabasy sy nisy nahay gny
atony nizakan'i Jesosy anazy zay. [29]Gny ilany nieriserisy ho, fa akory Jodasy gny nita gny kitapom-bola, gny
nizakan'i Jesosy taminazy ho: "Vilio gny raha aby taliavisika amigny andro firavoravoa," gny ho tokony hagnome
raha ho anigny mahatra izy. [30]Raha vo nahare gny mofo Jodasy, dra lasa niboaky nalaky izy. Hariva gny andro
tamizay.[31]Gny fa lasa Jodasy, dra hoy Jesosy ho: "Amizao dra amem-boninahisy gny Zanak'Olo, i Zagnahary dra
amem-bonihasy ao aminazy ao. [32]Zagnahary dra hagnome voninahisy anazy ao amigny vatany, dra izy hagnome
voninahisy anazy hatragny. [33]Ry zaza madiniky, fotoa fohy sisa gny hiarahako amindrareo. Hitalia anahy
handrareo, dra araky ze nizakako tamigny Jiosy ho: "Ze andehanako, sy azondrareo andehana.' Dra zakako
amindrareo koa zay amizao.[34]Lily vaovao gny ameko andrareo, dra gny hifakatiavandrareo; manahaky gny
nitiavako andrareo koa. [35]Amizay gny hahafataranigny maro fa pianaso handrareo, gny mifakatia."[36]Hoy Simona
Petera taminazy ho: "Topoko, fa handeha ho eza hanao io?" Namaly Jesosy ho: 'Ze andehanako, dra sy afaky
hagnarahandrareo anahy zao, fa hagnaraky handrareo afara agny." [37]Dra hoy Petera taminazy ho: "Topo nagnino
zaho gny sy afaky magnaraky Anao? Hafoko ho anao Gny aiko," [38]Dra namaly Jesosy ho: "Hafonao ho anahy ra
gny ainao? Zakako aminao marina fa bo sy hagneno gny akoho dra fa handa anahy itelo hanao."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 14

[1]"Ka anga hangorohoro gny fondrareo. Mino an'Agnahary handrareo, dra minoa anahy koa. [2]Misy efisy maro ao
atragnonigny Rako. Raha toa ka sy izay, dra fa nizaka tamindrareo zaho, fa hagnome toera ho andrareo. [3]Raha
handeha zaho dra hagnome toera ho andrareo, dra hihery ndraiky zaho dra hitakasy andrareo ato aminahy, dra
ze misy anahy dra hisy andrareo koa.[4]Handrareo mahay ze handehanako." [5]Hoy Tomasy tamin'i Jesosy ho: "Topo,
sy fatasay gny handehananao, ino gny hahafataranay gny lala?" [6]Hoy Jesosy taminazy ho: "Izaho gny lala,
fahamarigna, vo fiegna; sy misy magnato gny Ray raha sy amigny alalako. [7]Raha nahafatasy anahy handrareo,
dra tokony ho nahafatasy gny Rako koa. Manomboky amizao dra fatandrareo Izy dra fa hitandrareo.[8]Hoy Filipo
tamin'i Jesosy ho: "Topo, Asehoy anay gny Ray, dra apy honay zay." [9]Hoy Jesosy taminazy ho: "Fa hatry gny ela gny
niarahako tamindrareo dra bo sy fatandrareo avo zaho, ry Filipo? Na iza na iza nahita anahy dra nahitagny Ray.
Ko ino gny hizakanao ho: 'Atoroy anay gny Ray?[10]Sy mino ra handrareo fa ao amigny Ray zaho dra gny Ray
aminahy? Reo zaka ze nizakako amindrareo dra sy zakako boaky amigny fahefako manoka, fa gny Ray velo ato
agnatiko gny manao gny asany. [11]Minoa anahy fa Izaho dra ao amigny Ray, dra gny Ray aminahy ato, raha sy zay
dra minoa noho reo asa manoka.[12]Zakako amindrareo mary fa ze mino anahy dra hanao asa ze ataoko, dra hanao
asa lahibe noho izao izy fa akory zaho magna amigny Ray. [13]Na ino na ino angatahindrareo amigny Agnarako, dra
hataoko zay ba hagnomezam-boninahisy gny Ray ao amigny Zanaky. [14]Raha misy mangataky raha amigny
agnarako handrareo, dra hataoko zay.[15]Raha tia anahy handrareo, dra hitandry gny liliko, [16]dra hivavaky amigny
ray zaho, dra hagnome andrareo papahery hafa Iza ba ho eo amindrareo mandrakizay izy__[17]gny Fagnahinigny
fahamarigna. Sy afaky mitakasy anazy izao totolo izao fa akory sy mahita na mahafatasy anazy. Fa handrareo
koa mahay anazy, mitoera ao amindrareo izy dra ho ao agnatindrareo.[18]Sy hamela andrareo ho irery zaho; bo
hihery amindrareo atiky zaho. [19]Afaky fotoa visy moza dra sy hahita anahy sasy izao totolo izao, fa handrareo
mahita anahy. Akory velo zaho, dra ho velo avo koa handrareo. [20]Dra amizay andro zay dra ho fatandrareo fa ao
amigny Rako zaho, dra handrareo ato aminahy, dra Izaho ao amindrareo koa.[21]Ze mana reo liliko reo dra
mitandry anireo dra izy gny tia anahy, dra ze tia anahy dra ho tianigny Rako koa, dra Izaho hitia anazy vo hiseho
amindrareo." [22]Hoy Jesosy (sy Iskariota) tamin'i Jesosy ho: "Topo nagnino hanao hiseho aminay fa sy amin'izao
totolo izao.?"[23]Jesosy namaly dra nizaka taminazy ho: "Raha misy olo tia anahy, dra hitandry zakako izy. Hitia
anazy gny Rako, dra ho avy aminazy Izahay dra hamboasy gny fitoerany miaraky aminazy. [24]Fa ze sy tia anahy
dra sy mitandry gny zakako. Gny zaka ze nendrareo dra sy avy aminahy fa avy amigny Rako ze nagniraky anahy.
[25]Fa nizakako tamindrareo reo raha reo, raha bo nizano niaraky tamindarreo zaho. [26]Kanefa gny papahery__ gny
Fagnahy masy, ze hirahinigny Ray amigny agnarako_izy gny hapianasy andrareo gny raha aby vo hapasiahy ze
nizakako tamindrareo aby. [27]Fedagna gny hangako ho andrareo; ameko andrareo gny fedagnako. Sy ameko
ohasinigny fagnomen'Izao totolo izao zay. Ka anga hangorohoro gny fondrareo, dra ka matahosy.[28]Fa rendrareo
zaho nizaka tamindrareo ho: 'Handeha zaho dra hihery amindrareo agny ndriky.' Raha nitia anahy handrareo,
dra tokony hiravorvo akory hagna amigny Rako agny zaho, gny Rako dra lahibe noho Izaho. [29]Dra nizakako
tamindrareo dieny bo sy mitranga zay, ba hino handrareo, gny fa mitranga zay. [30]Sy hizaka maro amindrareo sasy
zaho, fa ho avy gny panapaky anizao totolo izao. Sy mana fahefa aminahy izy, [31]Fa ba hahafataran'izao totolo izao
fa tiako gny Ray, dra ataoko manahaky gny nandidianigny Ray anahy. Handeha hisanga isika dra hiala eto."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 15

[1]"Izaho gny neta voloboky, dra gny rako gny pamboly. [2]Alany boaky aminahy ato gny sapany gny fa sy mamoa, vo
rasagniny gny sapany mamokasy ba hamoa zay.[3]Fa malio handrareo noho gny hafasy ze nizakako tamindrareo.
[4]Mitoboha minahy ato, dra Izaho ao amindrareo ao. Manahky gny sapany sy afaky mamokasy amigny vatany
raha sy mitoby ao amigny voaloboky zay, dra manahaky anizay koa handrareo, raha sy mitoby aminahy ao.[5]Izaho
gny voloboky, handrareo sapany. Ze mitoby aminahy ao dra Zaho koa aminazy ao, dra mamokasy maro izy, fa
raha sy misy anahy dra sy mahefa na ino na ino handrareo. [6]Raha misy olo sy mitoby aminahy ao, dra haria
manahaky gny sapany izy vo halazo, dra ereo mamory gny sapany dra magnary anizay agny amigny afo, dra
maiky io. [7]Raha mitoby aminahy ao handrareo, vo mitoby amindrareo ao koa gny zakako, angataho na ino na ino
irindrareo, dra hataoko aminadreo zay.[8]Gny rako dra amem-bininahisy amizao, dra gny hamokarandrareo maro
dra ho porofo fa pianaso handrareo. [9]Manahaky gny nitiavan'i Ray anahy, gny nitiavako andrareo koa. Mitoboha
ao amigny fitiavako./v 10Raha mitandry gny liliko handrareo, dra hitoby amigny fitiavako, manahaky gny
nitandremako reo didinigny Rako vo gny nitoerako tamigny fitiavany. [11]Nizaka reo raha reo tamindrareo zaho ba
ho ao amindrareo gny fifaliako dra ba ho feno gny fifaliandrareo.[12]Izao gny didiko, dra gny hifakatiavandrareo
manahaky gny nitiavako andrareo koa. [13]Sy misy mana-pitiava lahibe mihoasy noho izao koa, dra gny manolo sy
gny ainy ho an'ireo sakaizany.[14]Namako handrareo raha manao reo raha andidiako andrareo reo. [15]Sy hitoka
andrareo ho panopoko sasy zaho, akory panopo dra sy mahafatasy ze ataonigny topony. Tonokako ho namako
handrareo, akory gny raha aby ze reko tamigny Rako, dra napahafatasy andrareo.[16]Sy nifily anahy handrareo, fa
Izaho gny nifily andrareo dra nanedry andrareo ba handeha dra hamokasy, vo ba tokony hitoby gny
vokasindrareo. Natao zay ba na ino na ino angatahindrareo amigny Ray amigny agnarako, dra homeny andrareo
zay. [17]Reo raha reo gny andidiako andrareo ba hifakatiavandrareo.[18]Raha malaiky andrareo izao totolo izao,
fataro fa nalaiky anahy izy talohanigny nalegnany anahy. [19]Raha avy amin'izao totolo izao handrareo, dra ho
tian'izao totolo izao manahaky gny anazy handrareo. Fa sy an'izao totolo izao handrareo dra nifiliko hiala
amin'izao totolo izao handrareo.[20]Sarovy gny zaka nizakako tamindarreo ho: 'Gny panopo dra sy lahibe noho gny
Topony.' Raha nagneziky anahy ereo, dra hagneziky andrareo koa; raha nitandry gny zakako ereo, dra hitandry
gny andrareo koa. [21]Hanao reo raha reo amindrareo ereo nohonigny Agnarako, akory sy fatan'ereo Izy ze
nagniraky anahy. [22]Raha sy avy vo nizaka tamin'ereo zaho, dra sy ho nanota ereo, fa amizao sy afa-miala amigny
fahotany ereo.[23]Ze malaiky anahy dra malaiky gny Rako koa. [24]Raha sy nahavita reo asa ze sy nataonigny olo-kafa
teo agnevon'ereo zaho, dra sy ho nana-keloky ereo, fa amizao fa sady hitany vo halany Iazho vo gny Rako. [25]Fa
izay dra ba hahatateraky gny zaka ze voasorasy ao amigny lalan'ereo ho: 'Malaiky anahy amigny sy misy atony
ereo.'[26]Gny fa ho avy gny papahery__ze hirahiko amindrareo boaky amigny Ray, gny fagnahinigny fahamarigna,
ze miboaky boaky amigny Ray__dra hitalily gny momba anahy Izy. [27]Handrareo avo koa dra mizoro vavolombelo
akory fa niaraky taminahy hatragny ambolohany handrareo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 16

[1]"Nizakako tamindrareo zay raha aby zay ba sy ho solafaky handrareo. [2]Ho roahin'ereo ao amigny Synagoga
handrareo. Fa avy gny andro gny fa hihevisy ze mamono andrareo aby fa ereo dra manolosy raha soa ho
an'Agnahary.[3]Hataon'ereo zay fa akory sy mahay gny Ray na gny Vatako ereo. [4]Nizakako andrareo reo raha reo ba
gny fa avy gny oran'ereo, dra ho saroandrareo fa nizakako tamindrareo gny momba anereo. Sy zinakako
tamindrareo reo raha reo tagny apiandoha, akory bo teo amindrareo zaho.[5]Fa amizao ho agny amigny nagniraky
Anahy zaho, nefa sy bo nisy nagnotany Anahy handrareo ho: "Handeha ho eza moa hanao io?" [6]Fa nizakako
tamindrareo reo raha reo, dra alahelo gny nameno gny fondrareo. [7]Fa zakako amindrareo soa ho andrareo gny
handehanako. Akory sy mandeha zaho, dra sy ho avy amindrareo gny papahery, fa raha mandeha zaho, dra
handefa anazy ho amindrareo.[8]Gny fa avy izy, dra hagnaporofo amin'izao totolo izao ho diso mombanigny fahota,
gny fahamarigna, dra mombanigny fisara__[9]mombanigny fahota gny papahery, akory sy mino anahy ereo;
[10]mombanigny fahamarigna, akory holy agny amigny Ray zaho, dra sy ho hitandrareo sasy; [11]dra mombanigny
fisara, akory gny panapaky anizao totolo izao dra nisara.[12]Mana raha maro hpzaka amindrareo zaho, fa sy ho
azondrareo gny hevis'ereo. [13]Kanefa, gny fa avy izy, Fagnahiny fahamarigna, dra hitariky andrareo ho amigny
fahamarigna aby, akory sy hizaka amigny vatany izy. Fa hizaka ze reny izy, dra hizaka amindrareo reo raha reo
ho avy. [14]Hagnome voninahisy Anahy izy, akory gny boaky aminazy avo gny hozakako amindrareo koa.[15]Ze
anigny Ray dra Anahy. Noho izay, nizaka Zaho fa gny Fagnahy dra hangalaky amizay zaho dra hizaka anizay
amindrareo. [16]Afaky fotoa fohy dra sy hahita anahy sasy handrareo, dra afaky fotoa fohy hafa dra hahita Anahy
ndraiky handrareo."[17]Boak'eo gny ilany tamireo pianany nifapizaka ho: "Ino raha zakany amisika zahoky ho:
'Afaky fotoa fohy dra sy hahita Anahy sasy handrareo dra afaky fotoa fohy dra hahita anahy ndraiky handraro,'
vo ho: 'Akory ho agny amigny Ray zaho?" [18]Noho izay dra ho ereo ho: "Ino seky raha zakany zahoky: 'afaky fotoa
fohy'? Sy fatasy gny tiany hozaka.[19]Hitan'i Jesosy fa te-hagnatany anazy ereo, dra hoy Izy tamin'ereo ho: "Izao ra
gny agnotaniandrareo vata, dra gny tiako ho zaka amigny firenena ho: 'Fotoa fohy vo gny sy hahita Anahy sasy
handrareo, dra afaky fotoa fohy ndraiky nefa dra hahita anahy hadrareo'?[20]Zakako amindrareo, mary tokoa fa
hitomagny handrareo dra hitaray fa izao totolo izao koa hifaly. Ho feno alahelo handrareo, kanefa ho lasa falifaly
zay alahelondrareo zay. [21]Gny fa mihesi-zaza gny apela raiky dra malahelo akory avy gny fotoany, fa gny fa teraky
koa gny zazakely, dra sy sarosy sasy gny alahelo nohonigny hafaliany fa nisy zazakely teraky eo amizao totolo
izao.[22]Dra malahelo handrareo amizao, kanefa Zaho bo hihao amindrareo ndraiky, dra ho faly gny fondrareo, dra
sy hisy hangalaky zay hafaliandrareo zay amindrareo. [23]Amizay andro zay dra sy hangataky aminahy na ino na
ino handrareo. Zakako amindrareo mary tokoa, raha mangataky na ino na ino amigny Ray amigny agnarako, dra
hame andrareo zay. [24]Hatramin'izao anefa sy bo nangataky na ino tamigny agnarako handrareo. Mangataha, dra
hame handrareo dra ho feno gny hafaliandrareo.[25]Fa nizakako tamindrareo tamigny fagnohara reo raha reo, fa
avy gny ora gny fa sy hizaka amindrareo amigny fagnohara sasy zaho, fa koa nizaka amindrareo mazava gny
mombanigny Ray.[26]Amizay andro zay dra hangataky amigny agnarakohandrareo dra sy hizaka nandrareo Zaho
ho hivavaky amigny Ray ho andrareo, [27]fa gny ray mihisy gny tia andrareo akory nitia Anahy handrareo dra nino
fa avy agny amigny Ray Zaho. [28]Boaky amigny Ray zaho, dra avy teto atany. fa hagnenga anizao totolo izao zaho
dra ho agny amigny Ray.'[29]Hoy gny pianany taminazy ho: "Atio amizao hanao mizaka mazava soa dra sy mapiasa
fagnohara. [30]Fatasay amizao fa mahay gny raha aby hanao, dra sy misy tianao hametraky fagnotania aminao.
Noho izay, dra mino zahay fa avy amin'Agnahary magnisy hanao." [31]Namaly anereo Jesosy ho: "Mino amizay ra
hanao?[32]Ingo, avy zao gny ora, eh avy vatany, gny fa hiparitaky handrareo, gny sirairay samy agny amigny
tragnony aby manoka, dra hangandrareo raiky Zaho. Nefa sy raiky Zaho akory miaraky aminahy gny Ray. [33]Fa
nizakako tamindrareo reo raha reo ba hana fedagna ato aminahy handrareo. Manan'olo handrareo eto amin'izao
totolo izao, nefa mahereza: fa nandresy anizao totolo zao Zaho.

Chapter 17

1Gny fa boaky nizaka reo raha reo Jesosy, dra nanadrasy gny masony ho amigny lagnisy Izy dra nanao anizahoky
ho: "Ray o, avy gny fotoa, makalaza gny zanakao ba hakalazanigny Zanaky Anao_ 2Manahaky gny nagnomezanao
anazy fahefa amboninigny nofo aby ba hagnomeza fiegna mandrakizay ho anize namenao anazy aby.3Izao gny
fiegna mandrakizay: dra gny ahafataran'ereo Anao, gny Zagnahary toka sady mary, dra Izy ze nirahinao, dra
Jesosy Kristy. 4Nakalaza anao zaho teto atany. Fa vitako gny asa ze namenao anahy hataoko. 5Amizao ry ray,
akalazao miaraky amigny vatanao zaho amigny voninahisy ze nanagnako niaraky taminao talohanigny raharia
izao totolo izao.6Napahafatasy gny agnaranao tamigny olo ze namenao anahy boaky amizao totolo izao zaho.
Anao reo, dra namenao anahy, vo nitandremany gny zakanao. 7Amizao fatas'ereo fa gny raha aby ze namenao
anahy dra boaky aminao, 8nameko anereo avokoa gny zaka ze namenao anahy. Nitakarin'ereo reo dra fatany
mary fa boaky taminao zaho, dra nino ereo fa hanao gny nagniraky anahy.9Mivavaky ho anereo zaho. Sy
mivavaky ho an'izao totolo izao zaho fa ho anireo ze namenao anahy, noho ereo Anao. 10Gny raha aby ze anahy
dra anao, vo ze anao dra anahy, dra hakalaza amireo Zaho. 11Sy amizao totolo izao sasy zaho, fa reo olo reo dra
eto amizao totolo zao, dra magnato andrareo zaho. Ray Masy o, Tano amigny agnaranao ze namenao anahy ereo
ba hitambasy ho raiky, manahaky gny maha raiky Antsika.12Raha bo teo amin'ereo zaho, dra nihazo anereo
tamigny agnaranao, ze namenao anahy. Niaro anereo zaho, dra sy nisy levo na dre raiky aza, afa-sy gny zanaky
gny fahavereza avo koa, ba ho tateraky gny Sorasy Masy. 13Dra ho agny aminao zaho, fa mizaka reo raha reo
amizao totolo izao zaho ba hahatateraky gny hafaliako ao amin'ereo. 14Fa nameko anereo gny zakanao, dra
nakalazan'izao totolo izao ereo sy avy amizao totolo izao, manahaky Anahy sy an'izao totolo izao.15Izaho dra sy
mangataky Aminao gny hangalanao anereo amin'izao totolo izao fa gny ba herovanao anereo amigny rasy. 16Ereo
dra syan'izao totolo izao, manahaky anahy sy an'izao totolo izao. 17Hamasigno amigny fahamarigna ereo. Fa gny
vatanao gny fahamarigna.18Manahaky gny nagnirahanao Zaho ho amin'izao totolo zao, gny nagniraky anereo ho
amin'izao totolo izao avo koa. 19Fa nohonigny fitiavako anereo gny nagnamisagnako gny vatako, ba hagnamasy
gny vatan'ereo amigny fahamarigna avo koa.20Izaho dra sy mivavaky ho anireo avo, fa ho anireo ze hino anahy
amigny alalanigny zakan'ereo koa 21ba ho raiky avo izy aby, manahaky anao, ray ato aminahy, dra Izaho ao
aminao. Mivavaky Zaho ba ho ao amisika avo koa ereo ba hinoan'izao totolo izao fa nagniraky Anahy Hanao.
22Gny voninahisy ze namenao anahy, dra nameko anereo, ba ho raiky ereo, manahaky gny maha raiky asika.
23Izaho ao amin'ereo, dra hanao ato aminahy__dra ho tana raiky tateraky vatany ereo, ba ho fatas'izao totolo izao
fa nagniraky Anahy hanao, dra nitia anereo manahaky gny nitiavanao Anahy.24Ray o, reo ze namenao anahy dra
tiako hiaraky aminahy na eza na eza misy anahy, dra hahita gny voninahiso, gny voninahisy ze namenao anahy
akory nahita Anahy Hanao talohanigny naharia anizao totolo izao.25Ray mary o, sy nahay Anao izao totolo izao, fa
Izaho mahay anao; dra ereo mahay fa nagniraky anahy hanao. 26Napahafatariko anereo gny agnaranao, dra bo
ho hapahafatariko anizay ba ho ao amin'ereo gny fitiava ze nitiavanao Anahy, dra Izaho ho ao amin'ereo.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 18

[1]Tafaranigny nizakan'i Jesosy reo zaka reo, dra niboaky niaraky tamireo pianany Izy ho egny apita egny amigny
lohasan-driaky an'i Kidrona, ze nisy saka nilirany vo reo pianany. [2]I Jodasy, ze hamadiky an'i Jesosy, nahafatasy
gny toerako koa, akory nandeha matetiky tegny Jesosy vo reo pianany. [3]Boak'eo Jodasy, niteraky reo vondro
maramila vo reo piamby raharaha ilany boaky amireo lohanigny pisoro vo Fariseho, nandeha tagny niaraky
tamigny Fanilo, fagnala dra fitova felia.[4]Boak'eo Jesosy ze fa nahafatasy gny raha aby hitranga aminazy, nandroso
taloha vo nagnotany anereo ho: "Iza gny taliavindrareo io?" [5]Namaly anazy ereo ho: "Jesosy boaky a Nazareta."
Dra hoy Jesosytamin'ereo ho: "Izaho gny Izy." Jodasy namadiky anazy, dra nisanga niaraky tamireo maramila koa.
[6]Dra gny fa nizaka tamin'ereo Izy ho: "Izaho gny Izy" dra nihemosy ereo dra lavo tamigny tany. [7]Boak'eo ndraiky
dra nagnotany anereo Izy ho: "Iza gny taliavindrareo?" Dra nizaka ndraiky ereo ho: "Jesosy boaky a
Nazareta."[8]Jesosy namaly ho: "Nizaka andrareo zaho fa Izaho gny Izy. Noho izay gny mitalia anahy handrareo,
dra angao tahoky handeha." [9]Izay dra ba hahatateraky gny zaka nizakany ho: "Amireo ze namenao anahy, sy
nasiako levo na raiky aza."[10]Boak'eo Simona Petera, nana mesa, namoaky anizay dra nagnisy gny panoponigny
pisombe dra nanapaky gny sofiny akavana. Dra Malko gny agnaranigny panopo. [11]Hoy Jesosy tamin'i Petera ho:
"Aheregno ao amigny tragnony gny mesanao. Sy tokony hino gny kapoaky ze namenigny Ray anahy ra
zaho?"[12]Noho izay reo vondro maramila vo gny kapiteny, dra reo piamby raharahan'ireo Jiosy, dra nanambosy
an'i Jesosy dra namehy anazy. [13]Nandesin'ireo tagny amin'i Anasy Izy aloha akory izy dra rafozan-dahin'i Kaiafa,
ze pisorombe tamin'io tao io. [14]Dra Kaiafa dra gny nagnome misy olo raiky maty ho anigny vahoaky.[15]Nagnaraky
an'i Jesosy Simona Petera dra nanao manahaky anizao koa gny pianasy raiky hafa. Dra fatasigny pisorombe zay
pianasy zay, dra nilisy niaraky tamin'i Jesosy tao amigny kiazanigny pisorombe izy; [16]fa Petera dra nizano tao
ivelanigny vavahady. Noho izay gny pianasy hafa, ze fatasy gny pisorombe, dra niboaky nizaka tamigny panopo
dra ninday an'i Petera hilisy.[17]Boak'eo gny panopo apela, piamby gny vavahady, nizaka tamin'i Petera ho: "Hanao
koa ra sy raiky amigny pianas'io lelahy ihoky?" Hoy izy ho: "Sy Izy zaho." [18]Dra nizano teo reo panopo vo reo
piambin'aby, akory nangasiaky gny andro; dra nagnafaky gny vatan'ereo. Petera koa niaraky tamin'ereo, nizoro
teo dra nagnafaky gny vatany.[19]Nagnotany an'i Jesosy momba reo pianany vo gny fapenarany gny pisorombe.
[20]Jesosy namaly anazy ho: "Nizaka apahibemaso tamin'izao totolo izao zaho. Napianasy mandrakariva tao amigny
Synagoga vo tao amigny tepoly Zaho ze nifapitaonanigny Jiosy aby. Sy nisy nizakako tamigny tako. [21]Nagnino
hanao nagnotany anahy? Agnotanio an'ireo ze nahare anahy momba ze nizakako. Atio reo olo reo dra mahay ze
nizakako.[22]Gny fa boaky nizaka anizay Jesosy, dra nisy raiky tamireo piamby raharaha nizano teo namelaky
tehamay an'i Jesosy dra nizaka ho: "Izay ra gny fomba hamalianao gny pisorombe?" [23]Jesosy namaly anazy ho:
"Raha nizaka raha diso zaho, mizoroa vavolombelo amizay diso zay, fa raha mary, nagnino hanao gny mamaly
Anazy?" [24]Boak'eo Anasy nandefa anazy mifehy amin'i Kaiafa gny pisorombe.[25]Dra nisanga Petera dra nagnafana
gny vatany. Boak'eo ho reo olo taminazy ho: "Hanao koa ra sy raiky amireo pianany? Nanda anizay izy dra nizaka
ho: "Sy izy zaho." [26]Raiky tamireo panoponigny pisorombe, havanigny lelahy igny nizeran'i Petera gny sofiny,
nizaka ho: "Sy hitako niaraky taminazy tao amigny saka ra hanao?" [27]Boak'eo Petera nanda ndraiky, dra nagneno
gny akoho igny.[28]Boak'eo nandesin'ereo boak'ao amin'i Kaiafa hagnagnaty rova agny Jesosy. Bo maraindray be gny
andro tamizay, dra ereo dra sy nilisy tao agnaty rova ba sy ho voaloty fa hihina gny Paska. [29]Dra niboaky teo
amin'ereo i Pilato dra nizaka ho: "Ino gny fiapanga andesindrareo manohisy ty lelahy tihoky?" [30]Namaly ereo dra
nizaka taminazy ho: "Raha sy panao rasy io lelahy io, dra sy ho natolosay anao."[31]Noho izay Pilato nizaka
tamin'ereo ho: "Handesondrareo izy, dra sarao araky gny lalandrareo." Hoy reo Jiosy taminazy ho: "Sy ara-dalana
ho anay gny manolosy olo ho maty." [32]Nizaka anizay ereo ba hahatateraky gny zakan'i Jesosy ze nizakany ba
hizaka ho karaza fahafatesa manahaky gny ino gny hahafatesany.[33]Boak'eo nilisy tao agnaty rova ndraiky Pilato
dra nitoka an'i Jesosy dra nizaka taminazy ho: "Hanao ra gny pazakanigny Jiosy?" [34]Jesosy namaly ho: "Fagnotania
avy aponao ra zao io, sa nisy hfa nizaka anao momba anahy?" [35]Pilato namaly ho: "Sy Jiosy zaho, sa sy zay?" gny
vahoakinao vo reo lohanigny pisoro gny nanolosy anao taminahy ino gny nataonao?"[36]Jesosy namaly ho: "Gny
fazakako dra sy boaky amizao totolo izao. Fa raha bo ao agnatin'izao totolo izao gny fazakako, dra hialy reo
panopoko ba sy hanolora anahy amireo Jiosy. Fa amizao gny fazakako dra sy boaky eto." [37]Boak'eo i Pilato nizaka
taminazy ho: "Pazaka zany hanao io?" Jesosy namaly ho: "Voalazanao fa pazaka zaho. Fa ho amizay tazona zay
gny nahaterahako, dra ho amizay atony izay gny niaviako eto amizao totolo izao, ba hizoroako vavolombelo
amigny fahamarigna. Reo aby ze anigny fahamarigna dra miteno gny feoko."[38]Pilato nizaka taminazy ho: "Ino gny
atao ho marina?" Gny fa boaky nizaka anizay izy, dra niboaky ndraiky nizaka tamireo Jiosy ho: "Sy mahita heloky
amity lelahy tihoky zaho. [39]Fa handrareo mana fomba ze hagnafahako olo raiky ho amindrareo amigny Paska.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Noho izay tiandrareo ra gny hagnafahako amindrareo gny pazakanigny Jiosy?" [40]Boak'eo reo nikioky fatrasy ndraiky ereo dra nizaka ho: "Sy lelahy ihoky, fa Barnabasy." Dra Barnabasy dra pangalasy.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 19

[1]Boak'eo nandesin'i Pilato Jesosy dra nizerany. [2]Nandrandra satroky silo reo maramila. Natobin'ereo teo amigny
lohan'i Jesosy dra napekazo lamba voloparasy anazy. [3]Nagnato anazy ereo dra nizaka ho: "Arahaba, ry pazakany
Jiosy!" dra nazera anazy ereo.[4]Boak'eo niboaky ndraiky Pilato dra nizaka tamin'ereo ho: "Ingo, andesiko
amindrareo eto ivelany Izy ba hahafatarandrareo fa sy mahita heloky aminazy zaho." [5]Dra niboaky Jesosy, nanao
gny fehilohany silovo gny lamba voloparasy. Hoy Pilato tamin'ereo ho: "Ingo, ty lelahy tihoky!" [6]Gny fa hitanigny
lohanigny pisoro vo gny manambonihisy Jesosy, dra nikioky fatrasy ereo vo nizaka ho: "Homboy izy, zerao izy!"
Dra hoy Pilato tamin'ereoho: "Alaondrareo izy dra homboy, fa zaho sy mahita heloky aminazy."[7]Namaly anereo
Jiosy ho: "Mana lalana isika, dra araky gny lalana dra tokony ho maty Izy akory mizaka tegna ho
Zanan'Agnahary." [8]Gny fa rein'i Pilato zay fagnambara zay, dra natahosy izy, [9]dra nilisy tao amigny lapa-pazaka
ndraiky izy dra nizaka tamin'i Jesosy ho: "Boaky eza gny fevianao?" Sy namaly anazy Jesosy.[10]Boak'eo Pilato
nizaka taminazy ho: "Sy mana manak'avaly aminahy hanao? Sy fatanao ra fa mana fahefa hagnafaky anao
zaho?" [11]Namaly anazy Jesosy ho: "Sy mana fahefa aminahy hanao raha sy name anao boaky ambony agny zay.
Noho izay, izy nanolosy anahy taminao dra mana heloky bebe kokoa."[12]Tamizay valizaka zay, dra niezaky gny
hagnafaky anazy i Pilato, fa nikioky fatrasy reo Jiosy, nanao anizahoky ho: "Raha afahinao io lelahy io, dra sy
nama'i Kaisara hanao. Ze manao gny vatany ho pazaka dra manohisy an'i Kaisara aby." [13]Gny fa ren'i Pilato reo
zaka reo, dra nizaka niboaky Jesosy dra nipetraky teo amigny seza fisara atao "Lapivato" zay, fa amigny zaka
Hebreo ho "Gabata."[14]Dra avy gny andro fagnomagna gny Paska, teo amigny ora faha enina teo. Hoy Pilato
tamireo Jiosy ho: "Ingo, gny pazakandrareo!" [15]Nikioky fatrasy ereo ho: "Angao izy, angao izy; homboy izy!" Hoy
Pilato tamin'ereo ho: "Tokony hagnombo gny pazakandrareo ra zaho?" Namaly reo lohanigny pisoro ho: "Sy mana
pazaka akosin'i Kaisara zahay." [16]Boak'eo dra natolos'i Pilato anereo ho hombo Jesosy.[17]Boak'eo nalan'ereo Jesosy,
dra nandeha niboaky izy, nitarazo gny hazo fizalia, ho amigny toera atao ho: "Toeranigny karandoha zay,"
Amigny Hebreo atao ho "Golgota." [18]Nihombon'ireo tagny Jesosy, dra nisy lelahy ro hafa niaraky taminazy,
agnilany agnilany, dra Jesosy agnevo eo.[19]Nanorasy famatara avo koa Pilato dra nametraky anizay teo amigny
hazofizalia. Izao gny voasorasy teo: JESOSY BOAKYANAZARETA AGNY, GNY PAZAKANIGNY JIOSY. [20]Maro tamireo
Jiosy gny namaky anizay famatara zay akory sy lavisy gny tana gny misy gny toera nagnomboa an'i Jesosy io. Gny
famatara dra nisoraty tamigny Hebreo, Latina, vo Grika.[21]Boak'eo hoy reo lohonigny pisoronigny Jiosy tamin'i
Pilato ho: "Ka soraty ho: 'Gny pazakanigny Jiosy,' fa aleo ho: 'Ty raiky tihoky nizaka fa: "Izaho gny pazakanigny
Jiosy."' [22]Dra namaly Pilato ho: "Ze voasorasy dra voasorasy."[23]Gny fa nihombon'ireo maramila Jesosy, dra
nalan'ereo gny lambany, dra nizaran'ereo efasy, dra samby mana raiky isany ereo; dra gny akazo igny koa. Dra sy
misy gny akazo igny, fa tehy raiky avo. [24]Boak'eo nifapizaka ereo ho: "Aleo sy triatisika tiky, fa aleo ilokasika dra
hohita ze mahazo anazy." Nitranga zay ba hahatateraky gny Sorasy Masy mizaka fa: "Nifapizaran'ereo gny
lambako dra nilokany gny akazoko." Izay gny nataon'ireo maramila.[25]Dra nizoro teo agnilanigny hazofizalian'i
Jesosy gny reniny, gny rahavavin-dreniny, Maria valin'i Klopa, dra Maria Magdalena. [26]Gny fa nahita gny reniny
vo reo pianasy tiany nisanga agnilany ei Jesosy, dra nizaka tamigny reniny Izy ho: "Rapela, ingo gny
zanadahinao!" [27]Boak'eo hoy Izy tamigny pianasy ho: "Ingo, gny renindrareo!" Dra tamizay ora zay dra nalanigny
pianasy ho aminazy agny izy.[28]Tafaranizay, gny fa nahafatasy fa vita gny raha aby dra ba ho tateraky gny Sorasy
Masy, dra hoy Jesosy ho: "Mangetaheta Zaho." [29]Dra nisy tovolahy feno divay marikivy nipetraky teo amin'io toera
io, dra nasian'ereo divay marikivy gny sipozy dra nifaheny tamigny Hysopa dra napetapetany tamigny vavany.
[30]Gny fa nino gny Jesosy, dra hoy Izy ho: "Fa vita." Niondriky izy dra niala gny fagnahiny.[31]Akory andronigny
fiomana tamizay, dra ba sy hizanogna eo amigny hazofizalia mandrisy gny Sabata (akory gny sabata dra andro
manan-daza manoka) reo vata-mangasiaky, dra nangataky tamin'i Pilato vo reo Jiosy boak'eo, gny ba hanapaha
gny tombok'ereo dra hanay anereo. [32]Boak'eo nagnato reo maramila dra nanapaky gny tombokigny lelahy
volohany igny vo gny faha ro niaraky tamin'i Jesosy. [33]Gny fa nagnato an'i Jesosy ereo, dra nahita fa maty izy, dra
sy nitapahin'ereo gny tombony.[34]ZKanefa, nisy maramila raiky nanindro gny lanivoany tamigny lefo, avy
hatragny dra nisy lio vo rano niraraky. [35]Gny raiky ze nahita anizay dra nizoro vavolombelo, dra mary gny
fagnambarany. Famata fa mary ze nizakany ba hanohera avo koa.[36]Fa reo raha reo gny nitranga ba hahateraky
gny Sorasy masy ho: "Sy hisy ho tapaky na dre raiky gny tolany." [37]Dra bo, misy sorasy Masy hafa mizaka ho:
"Ereo dra hagnety ze nilefognin'ereo."[38]Tafaranireo raha reo, Josefa niavy ta Arimatia ao, hatramigny naha-
pianas'i Jososy anazy (fa tao amigny mingikingiky nohonigny fatahora reo Jiosy), nagnotany an'i Pilato vasa afaky
mangalaky gny vatan'i Jesosy izy. Namen'i Pilato lala izy. Dra nalany Josefa gny vata mangasiak'i Jesosy. [39]Avy
tagny avo koa Nikodemosy, izy dra voalahany hagnety an'i Jesosy gny harivanigny. Dra ninday menaky magnisy
vo botela izy, teo amigny zato litasy teo gny farany.[40]Dra nitakarin'ereo gny vatan'i Jesosy dra namogno anizay


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

tamigny lamba-paty vo raha magnisy, araky gny fomba fandevegna Jiosy. [41]Dra teo amigny toera nagnomboa
anazy dra nisy lolo vaovao bo sy nandevegnan'olo ndraiky. [42]Akory andronigny fiomagnan'ireo Jiosy tamizay kory
agny lanigny lolo eo, dra nalevin'ereo tao Jesosy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 20

[1]Dra vo marainigny andro volohanigny harignandro, raha bo mezy igny, dra nagnegny amigny lolo Maria
Magdalenina dra nahita gny vato fa nige lavisy gny lolo izy. [2]Noho izay dra nilomay izy dra nagnato an'i Simona
Petera vo gny pianasy hafa ze tian'i Jesosy, dra hoy izy tamin'ereo ho: "Nalan'ereo tao amigny lolo gny Topo, dra
sy fatasy ze nametrahan'ereo Anazy."[3]Boak'eo nandeha niboaky Petera vo gny pianasy hafa, dra nagnagny
amigny lolo ereo. [4]Samby nilomay ereo, dra nilomay pianasy hafa malaky Petera dra izy gny avy voloha tegny
amigny lolo. [5]Boak'eo niondriky izy, dra nahita gny lamba-paty nipetraky teo, fa sy bo nino tao agnatiny izy.[6]Avy
tafarany boak'eo Simona Petera dra nilisy tao andolo. Hitany nipetraky teo gny lamba-paty [7]vo gny lamba natao
tegny amigny lohany. Sy niara-nipetraky tamigny lamba-paty anefa gny izy fa nivaliky hoazy teo amigny toerany.
[8]Boak'eo gny pianasy raiky hafa, gny raiky avy volohany teo amigny lolo, nilisy tao agnatiny koa, dra nahita vo
nino izy. [9]Fa hatram'io fatoa io ereo dra sy bo nahafatasy gny Sorasy Masy avo fa izy dra sy izy dra sy maisy
hisanga amigny maty. [10]Dra nihery ta atragnony agny ndraiky reo pianasy.[11]Fa Maria dra nizoro nitomagny teo
ivelanigny olo. Izy nitomagny igny, dra niondry tao amigny lolo. [12]Nahita azely ro mikezo lamba fosy nipetraky
izy, gny raiky teo amigny toera nametra gny vatan'i Jesosy. [13]Hoy ereo tamigny ho: "Rapela, nagnigno hanao
tomagny io?" Hoy izy tamin'ereo ho: "Akory nandesin'ereo gny Topoko, dra sy fataso ze nametrahan'ereo
anazy."[14]Gny fa boaky nizaka izy, dra nitoliky dra nahita an'i Jesosy nisanga teo, fa sy fatany anefa ho i Jesosy io.
[15]Hoy Jesosy taminazy ho: "Rapeka, Nagnino hanao tomagny io? Fa iza atianao io?" Niheveriny fa gny piamby
anefa Izy, dra hoy Izy tamigny ho: "Topoko, raha hanao gny nangalaky, dra zakao aminahy gny nametrahanao
anazy, fa halako agny Izy."[16]Hoy Jesosy taminazy ho: "Maria." Nitoliky izy, dra nizaka taminazy tamigny zaka
Hebreo ho: "Rabony" (midika ho: "papianasy.") [17]Hoy Jesosy taminazy ho: "Ka mikasiky anahy, fa sy bo niakasy
tamy babako agny zaho, fa mandehana agny amireo rahalahiko dra zakao anereo fa hiakasy amigny babako agny
zaho, dra gny Zagnahariko vo zagnaharindrareo." [18]Nandeha Maria Magdalenina dra nizaka reo pianasy ho:
"Nahita gny Topozaho," dra raha reo gny nizakany taminazy.[19]Dra hariva tamizay, tamin'io andro io, andro
volohanigny herignandro, dra reo vatrangara ze nisy reo pianasy, dra nihily noho gny fatahora gny Jiosy, nagnato
Jesosy dra nizoro teo agnevon'ereo dra nizaka anereo ho: "Fedagna ho andrareo." [20]Gny fa boaky nizaka anizay
Izy, dra nasehony anereo gny tagnany vo gny lanivoany. Faly reo pianasy gny fa nahita gny Topo.[21]Boak'eo Jesosy
nizaka anereo ho: "Fedagna ho andrareo. Manahaky gny nagnirahanigny Ray anahy, gny hagnirahako andrareo
koa." [22]Gny fa boaky nizaka anizay Jesosy, dra nisioky gny fofon'ay tamin'ereo dra nizaka anereo ho: "Takaro gny
fagnahy mary. [23]Na helok'iza na helik'iza avelandrareo, dra ho voavela ereo; ary na an'iza na an'iza sy
avelandrareo, dra sy avelandrareo ereo.[24]Tomasy, raiky tamireo ro ambiny folo lahy, natao ho i Didymo, dra sy
niaraky tamin'ereo gny fa avy Jesosy. [25]Reo piansy hafa boak'eo nizaka taminazy ho: "Hitanay gny Topo." Hoy izy
tamin'ereo ho: "Raha sy hitako egny amigny tagnany gny loakigny fasiby , dra mametraky gny rasa-tagnako ao
agnatinigny loakigny fasiby zaho, dra mametraky gny tagnako eo amigny laliny, dra sy hino zaho."[26]Valo andro
tafara atiky dra tao ndraiky reo pianany, dra niaraky tamin'ereo Tomasy. Nagnato Jesosy raha nihily gny
vatrangara, dra nizoro niaraky teo amin'ereo, dra nizaka ho: "Fedagna hoandrareo." [27]Boak'eo nizaka an'i Tomasy
izy ho: "Magnatogna etiky miaraky amigny tagnanao dra apetraho eto amigny agnovoako zay. Ka kely finoa, fa
minoa."[28]Tomasy namaly dra nizaka anazy ho: "Topoko vo Zagnahariko." [29]Hoy Jesosy taminazy ho: "Akory nahita
anahy hanao, dra nino. Sambasy reo ze sy nahita, nefa mino.[30]Amizao Jesosy dra nanao famatara maro hafa teo
agnatrehan'ireo pianany, famatara ze sy voasorasy tao agnatity boky tihoky, [31]fa voasorasy ba hafahandrareo
mino fa Jesosy gny Kristy, gny zanan'Agnahary, dra gny fa mino anazy handrareo, dra hahazo gny fiegna amigny
agnarany.

Chapter 21

[1]Tafaran'ireo raha reo Jesosy dra niseho tamireo pinasy ndraiky teo amigny ranomasin'i Tiberiasy. Manahaky
anizao gny fomba nisehoany: [2]Simona Petera dra niaraky tamin'i Tomasy ze atao ho i Didymo, Natanaela boaky a
Kana agny Galilia, reo zanak'i Zebedio, dra pianas'i Jesosy ro hafa. [3]Hoy Simona Petera tamin'ereo ho: "Handeha
hagnarato zaho." Dra hoy ereo taminazy ho: "Zahay, koa, handeha hiaraky aminao." Dra lasa ereo dra nilisy tao
asambokely ao, fa sy nahazo na ino na ino ereo nandrisy gny hariva.[4]Dra raha fa mangiran-drasy sahady gny
andro, nizoro teo andranomasy Jesosy, fa sy fatan'ireo pianasy ho Jesosy io. [5]Dra hoy Jesosy tamin'ereo ho: "Ry
tovolahy sy mana-kohany ra handrareo io?" Namaly anazy ereo ho: "Aha." [6]Hoy izy tamin'ereo ho: "Ario eo
amigny sisiny akavannanigny sambo gny haratondrareo, dra hahazo handrareo." Dra nataon'ereo gny
haraton'ereo dra sy nahavita napiakasy anizay tao nohonigny hamarony gny hazandrano ereo.[7]Boak'eo gny
pianasy ze tian'i Jesosy tamin'i Petera ho: "Gny Topo Io." Gny fa ren'i Simona Petera fa gny Topo op, dra napilisy
gny ambonin'akazony izy (Akory sy nekazo izy) Dra nidikosy tao agnaty ranomasy. [8]Reo pianasy hafa nagnao
asambo (akory ereo sy lavisy gny roanga, teo amigny rozatohakiho teo), dra nisito gny harato feno hazandrano.
[9]Gny fa tafiakasy androanga ereo, dra nahita afon'ary ereo tegny dra hazandrano teo amboniny, miaraky amigny
mofo.[10]Hoy Jesosy tamin'ereo ho: "Mindesa hazandrano maromaro amireo vo azondrareo teo." [11]Dra niakasy
Simona Petera dra nanito androanga gny haratony, feno fia bevety io; 153. tena maro be, kanefa sy nitriasy gny
harato igny.[12]Hoy Jesosy tamin'ereo ho: "Avia hihina maraindray."Sy nisy tamireo pianasy nahavany nagnotany
anazy ho: "Iza moa hanao io?" Fatas'ereo fa gny Topo io. [13]Nagnato Jesosy, nitakasy gny mofo, dra nagnome anizay
anereo, manahaky anizay koa gny fia. [14]Fagnitelony amin'io gny nisehoan'i Jesosy tamireo pianasy tafaranigny
nisanganany tamigny maty.[15]Gny fa boaky nihina gny hany maraindraray igny ereo, dra hoy Jesosy tamin'i
Simona Petera ho: "Simona zanak'i Jaona, tia Anahy mihoasy noho ereo ra hanao?" Hoy Petera tamianzy ho: "E ry
Topo , fatasao fa tia anao zaho." Hoy Jesosy taminazy ho: " Fahano reo agnondrinao." [16]Nizaka taminazy
fagnindrony ndraiky izy ho: "Simona zanak'i Jaona, tia anahy ra hanao io?" Hoy Petera taminazy ho: "E ry Topo,
fatasao fa tia anao zaho." Hoy Jesosy taminazy ho: "Karakarao gny agnondriko.[17]Nizaka taminazy fagnitelony izy
ho: "Simona, zanak'i Jaona, tia anahy ra hanao io?" Dra namaly i Petera akory Jesosy nanao gny telo taminazy ho:
"Tia anahy ra hanao io?" Dra hoy izy taminazy ho: "Topo, Hanao mahay gny raha aby, fatasao fa tia anao zaho."
Hoy Jesosy taminazy ho: "Fahano gny agnondriko." [18]Zakako aminao mary tokoa fa bo tanora hanao dra zara
nangalaky reo akazonao vo nandeha tamize tianao, fa gny fa niha-atisy hanao, dra hagnizisy gny tagnanao, dra
olo-kafa gny hapekazo anao vo hinday anao amize sy tianao andehana.[19]Dra Jesosy nizaka anizay ba hahafatara
ho amigny karaza fahafatesa manahaky gny ino gny hagnomezan'i Petera voninahisy an'Agnahary. Gny fa boaky
nizaka anizay Izy, dra hoy Izy tamin'i Petera ho: "Magnaraha Anahy."[20]Nitoliky Petera dra nahita gny pianasy ze
tian'i Jesosy nagnaraky anereo, gny raiky niaky apitan'i Jesosy avo koa tao amigny fihinana dra nanao anizahoky
ho: "Topo, iza gny hamadiky anao io?" [21]Nahita anazy Petera dra hoy izy boak'eo tamin'i Jesosy ho: "Topo, ino gny
hataon'io lalahy io?"[22]Hoy Jesosy taminazy ho: "Raha tiako hitoby izy mandra-piaviako, dra midika ino izay
amindrareo? Magnaraha anahy." [23]Dra niparitaky teo amireo pirahalahy zay zaka zay, fa sy ho maty io pianasy io.
Nefa Jesosy sy nizaka tamin'i Petera fa sy ho maty gny pianasy hafa, fa ho : "Raha tiako hitoby izy mandra-
piaviko, dra midika ino izay amindrareo?"[24]Izy gny pianasy nizoro vavolombelo momba reo raha reo, vo gny
nanorasy reo raha reo, dra fatasika fa mary gny fizakany. [25]Misy raha maro hafa koa ze nataon'i Jesosy. Raha
voasorasy sirairay aby zay, dra haheriko fa na dre izao totolo izao aza sy ho omby gny boky ze ho soraty.

# Acts

Chapter 1

[1]Gny Boky nisoratiko taloha, ry Teofilo, dra magnambara ze natombok'i Jesosy vo napenariny, [2]hatramigny andro
napekara anazy, boak'eo dra nandidy reo Apostoly ze nifiliny tamigny alalanigny Fagnahy Masy Izy. [3]Tafaranigny
nizaliany, dra naneho gny vatany velo tamin'ereo Izy niaraky tamireo porofo mandresy lahasy maro. NIseho
tamin'ereo Izy nandrisy gny efapolo andro, dra nizaka momba gny fazakan'Agnahary.[4]Gny fa nihao niaraky
tamin'ereo Izy, dra nandidy anereo sy hiala ao Jerosalema, fa handigny gny fapanatenanigny Ray, momba ze,
nizakany ho: "Nahare taminahy handrareo [5]fa nanao batisa tamigny rano vatany i Jaona, fa handrareo dra
tokony hatao batisa amigny Fagnahy Masy ao agnatinigny andro siapy."[6]Gny fa tafavory niaraky ereo dra
nagnotany anazy ereo ho: "Topo, Izao ra gny fotoa hemeregnanao gny fazaka ho an'Israely/" [7]Hoy Izy tamin'ereo
ho: "Sy handrareo gny hahafatasy gny fotoa na reo vanin'andro ze nizakany Ray tamigny fahefany manoka. [8]Fa


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

gny fa avy koa gny Fagnahy Masy dra hahazo hery handrareo, dra ho lasa vavolombelo eranigny Jerosalema vo i
Jodia ray manotolo dra Samaria, vo hatragny aparatany."[9]Gny fa nizaka anizay raha zay i Jesosy Topo, dra
niandrandra ereo, nakary Izy, dra gny raho nanako Anazy teo amason'ereo. [10]Raha bo nibazy gny lagnisy igny
ereo tamigny nandehanany, tapoky teo, nisy rolahy nekazo fosy nisanga teo agnilan'ereo. [11]Nizaka ereo ho: "Ry
lelahy boaky a Galilia agny, magnino handrareo misanga eto magnety gny lagnisy? Igny Jesosy nala tamindrareo
ze napekary agny andagnisy igny, dra hihery manahaky gny nahitandrareo anazy niakasy agny andagnisy teo
igny.[12]Boak'eo ereo dra nihery tagny Jerosalema boak'ao amigny tendrombohis'Olova, ze eo agnilanigny
Jerosalema, mitovy amigny lianigny andro Sabata raiky. [13]Gny fa avy ereo, dra niakasy tao amigny efisy ambony
riha, ze nitoeran'ereo. Izy dra i Petera, Jaona, Jakoba, Andrea, Filipo, Tomasy, Bartolomeo, Matio, Jakoba zanak'i
Alifeo, Simona Zelota, dra Jodasy zanak'i Jakoba. [14]Nitambasy ho raiky izy aby, dra nazoto nivavaky. Agnisanizay
reo apela, Maria renin'i Jesosy, vo reo rahalahiny.[15]Tamizay andro zay i Petera dra nisanga teo agnevon'ireo
rahalahiny, eo amigny olo 120eo, dra nizaka ho: 16: "Ry rahalahy, tena nitaliavy gny fahatatерahanigny Sorasy
Masy, ze zinakanigny Fagnahy Masy meloha tamigny vavan'i Davida momba an'i Jodasy, ze ninday reo olo
nanambosy an'i Jesosy."[17]Fa agnisanigny raiky amisika izy dra nahazo gny azarany tamizao fanopoa anizao."
[18](Amizao io lelahy io dra nivily saka tamigny vola azony tamigny faharasia izy, dra lavo nihohoky teo izy, dra
nisokaky vo nipoaky gny vatany, dra niboaky avokoa gny sanainy. [19]Reo olon'aby tao a Jerosalema ao dra nahare
gny momba anizay, dra nitoka io saka io tamigny fizakan'ereo ho: "Akeldama", zay ho: "Sahan-dra.")[20]Fa voasorasy
ao amigny bokinigny Salamo ho: "Angao ho lao gny sakany, vo ka anga na dre olo raiky hitoby ao'; Angao ho
takarinigny olo-kafa gny andrekiny."[21]Noho izay, dra taliavy, gny raiky amireo lelahy nindray tamisika
nandrisigny fotoa aby niliran'i Jesosy Topo vo gny nisokafany tamisika eto, [22]hatramigny batisan'i Jaona dra
hatramigny andro nekarany teo amisika, dra sy maisy vavolombelo miaraky amisika amigny fisanganany." [23]Dra
nametraky rolahy ereo, dra i Josefa natao ho Barsabasy; na koa atao ho Josta, dra Matia.[24]Nivavaky ereo dra
nizaka ho: "Hanao ry Topo, gny mahay reo fonigny olon'aby, ko zakao ze hifilinao amin'izy rolahy [25]ba hangalaky
gny toerany ato amizao fanopoa zao vo gny maha Apostoly nohonigny fandikandalana ze nataon'i Jodasy
handeha ho agny amigny toerany manoka. [26]Ereo dra niloka ho anereo, dra nilasaky tamin'i Matia gny filoka, dra
voaisa ho Apostoly raiky ambiny folo izy.

Chapter 2

[1]Noho avy gny andrnigny Pantekosta, niango tamigny toera raiky ereo aby. [2]Topoko teo avy agny andagnisy nisy
feo manahaky gny rivosy mahery nifofofofo, dra nagnome gny tragno manotolo ze nipetrahan'ereo zay. [3]Nisy afo
niendriky lela maro ze nizarazara, dra nipetraky teo agnabon'ereo, dra nipetraky teo agnabon'ereo sirairay aby.
[4]Izy aby dra feno gny Fagnahy Masy dra nanomboky nizaka tamigny fizaka maro samy hafa, araky gny
namenigny Fagnahy Masy hizakan'ereo.[5]Dra nisy Jiosy ze nipetraky tao Jerosalema, olon'Agnahary, boaky amigny
firenena aby ambaninigny lagnisy. [6]GNy fa nahare feo zay, dra avy niaraky reo vahoaky sady sahira-say akory
gny sirairay dra samby nahare anereo nizaka tamigny fizakany aby. [7]Ereo dra talazo vo gaga; nizaka ho: "Mary, fa
sy reo mizaka aby reo ra gny Galileanina?[8]Nagnino gny mahare anereo sika, amigny fizakasika aby ze naha
lahibe asika? [9]Partianina vo Medianina dra Elemita, dra reo ze mipetraky agny Mesopotamia, agny Jodia vo
Kapodokia, agny Ponto vo Asia, [10]Frygia vo Pamfylia, agny Egypta dra Libya hatragny amin'i Kyrena, dra reo
pisiliky boaky agny Roma, [11]Jiosy vo Proselyta, Kreatana vo Arabo, dra resika mizaka amigny fizakasika momba
gny asa lahibe ataon'Agnahary."[12]EReo dra gaga vo sahira-say; dra nifapizaka ereo ho: "Ino gny dikan'izay?" [13]Fa
reo ilany naneso sady nizaka ho: 'EReo dra mamonigny divay vaovao."[14]Fa i Petera nisanga niaraky tamin'izy
Raiky ambiny folo, napiakasy gny feony, dra nizaka tamin'ereo ho: "RY lelahin'i Jodea vo handrareo aby ze
mipetraky eto Jerosalema, aoky ho fatandrareo zao, tandremo reo zakako. [15]Ho an'ireo olo sy mamo araky ze
heverinao, fa vo ora fahatelo amigny andro zao.[16]Fa izao gny voazaka tamin'i Joela paminany: [17]'Amigny andro
farany,' Zagnahary mizaka ho: 'Halasako amigny olon'aby gny fagnahiko. Reo zanadahindrareo vo gny
zanakapelandrareo dra haminany, gny zatovondrareo dra hahita fahita, dra gny ati-dahy hagnonofy.[18]Manahaky
anizay koa gny amireo panopoko lahy vo gny panopoko apela amireo andro reo. Halasako gny Fagnahiko, dra
ereo haminany. [19]Izao dra haneho raha-mahagaga egny amigny lagnisy ambony vo famata egny amigny tany
ambany, lio, afo, dra eto-setroky.[20]Gny masoandro dra ho lasa mezy dra gny vola ho lasa lio, melohanigny andro
lahibe vo miavaky hiavianigny Topo. [21]Dra gny olon'aby ze mitoka gny agnaran'Agnahary dra ho voavozy.[22]Ry
olon'Israely, tenoy izao zaka zao: Jesosy boaky agny Nazareta, gny olo nanehoany andrareo tamigny
alalan'Agnahary ba ho mary amireo asa lahibe, reo fahagaga, dra reo famatara ze nataon'Agnahary taminazy teo
agnevondrareo, araky gny fatasigny vatandrareo. [23]Io lelahy io dra natolosy gny drafisin'Agnahary ze fa nomany
meloha vo gny fahalala, dra gny vatanigny pandika lalana vo handrareo, namono anazy tamigny famasika anazy
teo amigny hazo fizalia. [24]Fa Zagnahary nananga anazy, nagnafaky anazy tamireo fanaitaigna fahafatesa, akory
sarosy ho anazy gny niala tamizay.[25]Fa i Davida mizaka momba anazy ho, "Nahita gny Topo teo anoloako
mandrakariva zaho, fa eto atagna-kavanako Izy dra sy tokony hangozohozo zaho. [26]Dra tena faly gny foko dra
niravoravo gny lelako. Dra gny nofoko hehery amigny fahatokia.[27]Fa sy ninganao ho agny amigny fiegna-sy hita
gny fagnahiko ho lo hanao. [28]Napahafatasy anahy reo lalanigny fiegna Hanao; Hanao dra hameno fifalia anahy
amigny endrikao.'[29]Ry rahalahy, afaky mizaka amindrareo apitokia momba an'i Davida Patriarika zaho: Fa maty
izy vo nsngsny, dra gny lolo eto amisika mandrak'Androany. [30]Noho izay, paminany izy dra fatany fa niat
taminazy Zagnahary, fa gny taranany gny ho eo amigny seza fiandriagna. [31]Fa hitany zay dra nizaka mombanigny
fisanganan'i Kristy tamigny fahafatesa,' sady izy sy nanga tao amigny fiegna sy hita, gny sy nanao gny nofony ho
trasinigny fahalova.'[32]Io Jesosy io- Zagnahary gny nananga anazy, dra vavolombelon'izay zahay aby. [33]Noho izay
gny fa nasandrasy gny tagna-kavanan'Agnahary Izy dra nitakasy gny Fagnahy Masy napanatena boaky amigny
Ray, fa narosany zay, ze hitandrareo vo rendrareo.[34]Fa i Davida dra sy niakasy tagny andagnisy, fa izy nizaka ho:
'GNy Topo nizaka tamigny Topoko, "mitoera eto atagna-kavagnako, [35]mandra-panaoko gny fahavalonao ho pisy
tombonao."' [36]Noho izay, aoky ho fatasy gny olon'aby gny tragnon'i Israely fa Zagnahary gny nanao Anazy ho Topo
vo Kristy, gny Jesosy ze nihombondrareo."[37]Gny fa nahare anizay ereo, voasindro gny fon'ereo, dra nizaka tamin'i
Petera vo reo apostoly ambiny ho: "Rahalahy, ino gny tokony hatao?" [38]Boak'eo Petera nizaka tamin'ereo ho:
"Mibebaha manova batisa, handrareo aby, amigny agnaran'i Jesosy Kristy ho famela gny fahotandrareo, vo
handresandrareo gny fagnomezanigny Fagnahy Masy. [39]Fa gny fapanatena dra ho andrareo vo gny zanandrareo
dra vo ze lavisy, dra ho maroreo olo ze ho tokavinigny Topo Zagnahary."[40]Niaraky tamigny zaka maro hafa gny
nizoroany ho vavolombelo vo nandrisihany anereo; nizaka izy ho, "Vozeo gny vatandrareo amity taranaky rasy
fagnahy tihoky." [41]EReo nitakasy gny zakany dra natao batisa, dra tokony fagnahin'olo teo amigny telo arivo teo
ho eo gny napiay tamin'io andro io. [42]Nanohy vo nahita gny asa fitoria vo gny fapenaranigny apostoly ereo, teo
amigny fanapaha gny mofo vo gny fivavaha.[43]Avy teo amigny fagnahinigny sirairay gny tahosy, dra fahagaga vo
famatara maro gny vita tamigny alalanigny apostoly. [44]Reo nino dra niangon'aby vo nana raha mitovy, [45]dra ereo
namarosy gny vatany vo gny fanagnany dra nizara anizay tamin'ereo aby,arakize nitaliaviny aby.[46]Dra isan'andro
isan'andro dra nitohy nanopo tamigny fomba fagnety mitovy tao atepoly ereo, vo nanapaky gny mofo tao


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

atragno, dra nizara hany tami-pifalia vo fo feno fanetre-tegna; [47]Nidera an'Agnahary dra nahazo fakasitraha tamigny olon'aby. Isan'andro gny Topo dra nagnapy gny isanireo ze voavozy.

Chapter 3

[1]Dra i Petera vo i Jaona niakasy tegny amigny tepoly tamigny oranigny fivavaha, gny ora faha sivy. [2]Dra nisy
lelahy raiky namely fa hatragny apiteraha nindesy isan'andro tegny amigny vavahady soa endriky gny Tepoly, ba
hangataky fagnomeza ara-bola agny amireo olo ze magnegny amigny tepoly. [3]Gny fa nahita an'i Petera vo i Jaona
ze handeha hilisy gny tepoly, dra nangataky fagnomeza ara-bola tamin'ereo izy.[4]Nibazy gny masony niaraky
tamin'i Jaona i Petera dra nizaka ho: "Atio zahay". [5]Gny lelahy malemy nagnety anereo, nanategna gny hitakasy
raha boaky agny amin'ereo. [6]Nefa i Petera nizaka ho: "Volafosy vo volamena gny sy anagnako, nefa ze anagnako
gny sy anagnako, nefa ze anagnako, gny homeko anao. Amigny agnaran'i Jesosy Kristy boaky agny Nazareta,
Mandehana."[7]Nitakasy anazy tamigny tagna havana, i Petera nananga anazy, dra avy hatrany dra lasa natazaky
gny tombokigny lelahy vo gny kitrokeliny. [8]Nidikosy, gny lelahy malemy dra nisanga dra nanomboky nandeha;
dra niaraky naheriloha tamin'i Petera vo i Jaona tao atepoly izy, nandeha, nidikosy, dra nidera an'Agnahary.[9]Gny
olon'aby dra nahita anazy nandeha vo nidera an'Agnahary. [10]Sikarin'ereo fa izy gny lelahy nangataky fagnomeza
ara-bola tamireo olo teo amigny vavahady soanigny tepoly; dra tena gaga vo talazo ereo noho gny raha nitranga
taminazy.[11]Dra noho izy nita an'i Petera vo Jaona, gny olon'aby dra nirohasy nagnegny amin'ereo tegny amigny
felofa ze natao ho alokin'i Solomona gny olon'aby, dra tena talazo. [12]Gny fa nahita anizay i Petera dra namaly gny
olo ho: "Handrare ry vahoakin'Israely, nagnino gny talazo handrareo? Nagnino gny masondrareo gny mandiniky
anay, ohasigny ho herinay na fahamasinanay manoka gny napandeha anazy?[13]Gny Zagnaharin'i Abrahama, vo
An'Isaka, dra an'i Jakoba, gny Zagnaharin'ireo rasika, nagnome voninahisy an'i Jesosy panopony. Izy gny
natolondrareo vo nilavindrareo teo anoloan'i Pilato, tamin'izy nanapa-kevisy gny handefa anazy. [14]Nilavindrareo
gny raiky ze Masy vo Mary dra aleondrareo nangataky gny pamono olo ba ho alefa ho andrareo.[15]Nivonondrareo
gny Pagnory gny fiegna, ze nasangan'Agnahary tamigny maty_dra vavolombelon'izay zahay. [16]Amizao, noho gny
finoa amigny agnarany_gny lelahy ze hitandrareo vo fatandrareo_ igny agnara igny avo gny nahavy anazy
hahery. Gny finoa boaky amin'i Jesosy gny nagnome anizao fahasitragna feno zao ho anazy eto agnatrehandrareo
aby.[17]Amizao, ry rahalahy, fataro fa nanao anizay handrareo noho gny sy fahalalandrareo, manahaky gny
nataon'ireo pinday andrareo avo koa. [18]Fa reo raha ze voazakan'Agnahary meloha tamigny vavan'ireo paminany
aby, ho tokony hizaly gny Kristy, fa taterany amizao.[19]Mibebaha, noho izay, dra miheregna, ba ho voavono gny
fahotandrareo, ba ho avy gny fotoa mahavelombelo eo agnatrehanigny Topo; [20]dra ba handefa anigny Kristy ze
voatendry ho anao izy, dra i Jesosy.[21]Izy gny sy maisy ho takarinigny Lagnisy ambara-pahavianigny ora
fagneregna amigny loniny gny raha-aby, mombanize nizakan'Agnahary faela tamigny vavan'ireo paminany masy.
[22]Nizaka vatany i Mosesy ho: 'Gny Topo Zagnahary dra hananga paminany manahaky anahy boaky amireo
rahalahindrareo. Handrareo hiteno gny raha-rasy ze ho zakany amindrareo. [23]Hitranga gny ho, ze olon'aby sy
miteno anizay paminany zay dra ho ringany tateraky sy ho ao amin'olo.'[24]Eh, aza reo paminany aby nanomboky
teo amin'i Samoela vo reo ze avy tafaranay, dra nizaka fatrasy vo nitalily reo andro reo. [25]Handrareo gny
zanak'ireo paminany vo gny fagneke ze nataon'Agnahary tamireo razambe, araky gny nizakany tamin'i
Abrahama ho: 'Ao amigny taranakao dra ho tahy reo fianakavian'aby era-tany.' [26]Tafaranigny
nananganan'Agnahary gny panopony, dra nandefa anazy ho andrareo aloha izy, ba hitia andrareo amigny
fialandrareo amigny fahaserovandrareo."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 4

1Gny fa nizaka tamireo vahoaky i Petera vo i Jaona, dra avy reo pisoro vo gny lahibenigny piamby gny tepoly dra
reo Sadoseo. 2Ory fatrasy ereo noho i Petera vo i Jaona napianasy gny vahoaky vo nitory gny fisangana amigny
maty tamigny alalan'i Jesosy. 3Nisambory ereo dra natao tagny apoza mandrapahavianigny mary, akory fa hariva
gny andro tamizay. 4Kanefa maro tamireo olo ze nahare gny hafasy gny nino; dra gny isan'ireo lelahy ze nino dra
dimy arivo teo ho eo.5DRa nony marainy igny dra niango tao Jerosalema gny panapak'ereo, zokiolo dra reo
panora-dalana. 6Teo i Anasy pisorombe, kaiafa, Jaona, vo i Aleksandro vo ze havanigny pisoron'aby. 7Nony naroso
teo agnevony i Petera vo i Jaona, dra nagnotany anereo ho: "Amigny hery hanao, na amigny agnara ino , gny
nanovandrareo anizay?"8Boak'eo i Petera, feno gny Fagnahy Masy, dra nizaka anereo ho: "Handrareo ry
panapaky gny vahoaky, vo gny loholo, 9gny nagnotania mombanigny asa soa nataonay tamin'io lelahy narary io
zahay tamin'io andro io_tamigny fomba akory gny nahasitrany io lelahy io? 10Dra aoky ho fatandrareo aby vo gny
vahoakin'Israely aby, fa tamigny agnaran'i Jesosy Kristy boaky agny Nazareta, ze nihomboandrareo,
nasangan'Agnahary tamigny maty _tamigny alalany gny izoroanity lelahy tihoky eto amasondrareo."11Jesosy
Kristy dra vato ze nataondrareo pagnoritragno sinosino fe seky fa natao ho lohanigny vato fehizoro. 12Dra sy misy
famozena boaky amigny hafa, fa sy misy agnara hafa ambaninigny lagnisy namenigny olo ze sy maisy hahavozy
asika."13Gny fa nahita gny fahavanian'i Petera vo i Jaona ereo, dra nahasapa fa olo-sotra, olo sy nandia fenara, dra
talazo ereo, nahafatasy fa niaraky tamin'i Jesosy i Petera vo i Jaona. 14Aokry ereo nahita gny lelahy sitrany nizoro
niaraky tamin'ereo, dra sy nahita zinaka hanohera anizay ereo.15Fa gny fa avy nandidy reo apostoly hagnenga
gny fivorianigny fila-kevisy ereo, dra nifapizaka ereo. 16Hoy ereo ho: "Ino gny tokony hatao amity lelahy tahoky?
Noho gny fahagaga vita tamigny alalan'ereo dra fatasireo olon'aby mipetraky eto Jerosalema zay, dra sy azosika
lavy. 17Fa ba sy hiparitahan'izay amigny vahoaky koa, dra ndoa isika hapitandry anereo ba sy hizakan'ereo anizay
agnara zay sasy. 18Tonokany hilisy i Petera vo i Jaona dra nizakany ereo sy hizaka vo sy hapianasy amigny
agnaran'i Jesosy sasy.19Kanefa namaly anereo koa i Petera vo Jaona nizaka ho: "Gny mary eo amason'Agnahary
gny magneky andrareo mihoasy anazy, dra handrareo gny misara. 20Sy afaky gny hizano sy hizaka momba reo
raha hitanay vo renay zahay."21Tafaranigny fapitandrema an'i Petera vo i Jaona, dra nangany nandeha ereo. Fa sy
nahita fomba hagnasazia anereo ereo, akory nidera an'Agnahary reo vahoaky noho gny raha vitany. 22Gny lelahy
ze niay gny fahagaga vo fagnasitragna dra nihoasy gny efa-polo tao.23Tafaranigny nagnafaha anereo, dra avy teo
amigny vahoakyny i Petera vo i Jaona dra nitatarany anereo ze raha nizakanireo lohonigny pisoro vo reo loholo
tamin'ereo. 24Gny fa ren'ereo zay, dra niara-nanandrasy gny feon'ereo ho an'Agnahary ereo dra nizaka ho: "Topo,
hanao gny nanao gny lagnisy vo gny tany vo gny rano masy, vo ze ao aminazy aby. 25Nizaka tamigny alalanigny
Fagnahy Masy tamigny vavanigny panoponao, gny rasika Davida hanao ho: 'Nagnino gny masiaky reo firenena
Jentilisa, vo reo olo mieriserisy raha sy misy ilana azy?'26Handrareo mizaka ho: Reo pazakanigny tany dra
nitambasy, vo reo panapaky dra nivondra hanohisy gny Topo, vo hanohisy gny Kristy.'27Fa i Heroda vo i Pontsy
Pilaty, ze niaraky tamireo jentilisa vo reo vahoakin'i Israely, gny niara-niango tao atana hanohisy an'i Jesosy
panopondrareo, ze nosorandrareo. 28Nindray nivory ereo ba hanao ze nataonigny tagnandrareo vo reo
drafindrareo ze fa nitapahin'ereo hatao meloha.29Amizao, Topo, atio reo fapitandremanereo dra ameo reo
panoponao ba hizakany gny zakanao akavania tateraky. 30Ahiziro gny tagnanao ba hagnasitra, dra hagnome reo
famatara vo fahagaga amigny alalanigny agnaran'i Jesosy panoponao masy." 31Gny fa boaky nivavaky ereo, dra
nihizongozo gny toera ze niarahan'ereo nivory, dra feno gny Fagnahy Masy ereo aby dra nizaka gny
zakan'Agnahary akavania.32Gny akabeazan'ireo ze nino dra fo vo fagnahy raiky. Sy nisy nizaka fa gny raha ze
azony dra anazy manoka, fa raha niarahan'ereo nana. 33Niaraky tamigny hery lahibe gny nagnambaranigny
apostoly gny fizoroan'ereo vavolombelo momba gny fisangana'i Jesosy Topo tamigny maty, dra fahasoava lahibe
gny teo amin'izy aby.34Sy nisy olo nana-zava maha-ory teo amin'ereo, fa ze nana tany aby na tragno dra navily vo
nandesa gny volanigny raha aby ze lafo. 35dra napetraky teo atombok'ireo apostoly, dra nizara tamigny olo
sirairay arakize taliavin'ereo.36Josefa, Levita raiky, lelahy boakagny Sipra ze nataon'ireo apostoly ho Barabasy
(midika ho zanadahinigny Fapahereza), 37nivarosy tany vo ninday gny vola dra nametraky anazy teo
atombok'ireo apostoly.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 5

[1]Fa nisy lelahy raiky natao i Ananisy, niaraky tamin'i Safira valiny, namarosy azara tany, [2]dra nitanany gny ilany
tamireo vola viliny (gny valiny nahay anizay avo koa), dra ninday gny apahany hafa tamizay vo nametraky anazy
teo atombokireo apostoly.[3]Fa Petera nizaka ho: "Ananiasy, nagnino gny nifenon'i Satana vandy gny avo havandy
amigny Fagnahy Masy, vo hita gny apahany tamigny vili-tany? [4]Gny bo sy lafo zay, sy nizano ho fanagnanao
manoka ra zay, dra gny fa lafo zay, sy teo amigny fahefanao ra zay? Nagnino gny nieriseretanao anizay raha zay
teo amigny fonao? Sy navandy tamigny olo hanao, fa tamin'Agnahary." [5]Gny fa nahare reo zaka reo, dra lavo
tamigny tany Ananiasy dra afaky gny ainy, dra tahosy lahibe gny nahazo anize teo rahare anizay. [6]Dra reo
tovolahy dra nisoro dra namogno lamba anazy, dra nandesin'ereo niboaky izy dra nalevy.[7]Tafaranigny ora telo
teo ho eo, dra nilisy gny valiny, bo sy nahafatasy ze nitranga. [8]Petera nizaka taminazy ho: "Zakao anahy raha zay
gny namarotandrareo gny tany." dra hoy izy: "Eh, noho izay."[9]Boak'eo i Petera nizaka anazy ho: "Nagnino
handrareo gny nagneky hiara-hisapa gny Fagnahinigny Topo? Ingo, reo tombon'ireo olo ze nandevy gny valinao
dra eo ambatranga, dra hamoaky anao ereo. [10]Dra lavo teo noho eo teo amigny tombony ze dra afaky gny ainy.
Gny fa nilisy tao reo tovolahy, dra nahita anazy maty, dra ninday anazy niboaky vo nandevy gny fengona
manotolo, vo reo ze nahare anizay raha zay aby.[12]Famatara vo fahagaga maro gny niseho tamireo vahoaky
tamigny alalanigny tagnan'ireo Apostoly. Niaraky teo amigny fialofan'i Salomona ereo. [13]Fa sy nisy olo hafa nana
fahavania hiaraky amin'ereo; kanefa, gny vahoaky dra nanandrasy fakasitraha abo anereo.[14]Dra vo maiky
nihamaro reo pino ze nagnapy isa gny Topo, andian'dehilahy vo apela, [15]dra nandesin'ereo tegny an-dala
hatramigny marary dra napandren'ereo teo agnabony fandria, dra ba gny fa mandalo i Petera, dra mety ba
hagnaloky gny ilany amin'ereo gny alokiny. [16]Teo avo koa dra maro gny vahoaky gny nindray avy boaky ao
amireo tana magnodidy any Jerosalema, ninday gny marary vo reo ze napahorinigny fagnahy maloto, dra sitra
ereo aby.[17]Fa nisanga gny pisorom-be, vo reo ze niaraky taminazy (ze sekta an'ireo Sadoseo); dra feno felogna
ereo [18]dra nanambosy an-keriny reo Apostoly, dra napilisy anereo tagny an-tragno mezy.[19]Dra nandrisy gny
hariva dra nisy azelinigny Topo nanokaky gny vatrangaranigny foza dra namoaky anereo tao, vo nizaka ho:
[20]"Mandehana, misangana amigny ao amigny tepoly vo mizaka amigny olo reo zaka amity fiegna tihoky." [21]Gny fa
nahare anizay ereo, dra nilisy tao amigny tepoly ereo raha vo maray gny andro dra napianasy. Fa avy gny
pisorom-be, vo reo ze niaraky taminazy, dra nitoka gny fila-kevisy aby, reo loholonigny Israely aby, dra nalefa
tagny apoza ba hamoaky reo apostoly.[22]Fa nony avy gny piamby raharaha dra sy nahita anereo tao apoza, dra
nihery ereo vo nitatisy ho: [23]"Nahita gny tragno mezy nihily soa zahay vo gny piamby dra nizoro niamby teo am-
batrangara, fa gny fa nisokafinay zay, sy nahita olo tao agnatiny ao zahay."[24]Dra gny fa nahare gny lahibenigny
piamby gny tepoly vo reo pisorom-be dra very hevisy tateraky ereo nahakasiky gny raha mety hitranga. [25]Fa nisy
olo avy dra nizaka tamin'ereo nanao anizahoky ho: "Reo lelahy ze nataondrareo tao atragno mezy dra nisanga ao
amigny tepoly dra napianasy gny vahoaky."[26]Dra lasa lahibenigny piamby niaraky tamireo piamby raharaha, dra
ninday anereo nihery, fa sy tamigny herisetra, akory natahosy gny vahoaky ereo fa dra ho torahy vato. [27]Gny fa
ninday anereo ereo, dra nandefa anereo teo agnatrehanigny fila-kevisy. Nagnadihady anereo gny pisorom-be,
[28]nizaka ho: "Niraranay fatrasy handrareo ba sy hapianasy amin'io agnara io, kanefa, nifenondrareo gny
fapenarandrareo i Jerosalema, dra tiandrareo ho topon'andrekisy amigny lion'io lelahy io zahay."[29]Fa i Petera vo
reo apostoly namaly ho: "Zahay dra tokony hagneky an'Agkknakhary nohonigny olo. [30]Gny Zagnaharnigny
razanay nananga an'i Jesosy, ze nivonondrareo tamigny fagnatonga anazy teo amigny hazo. [31]Zagnahary
nanandrasy ba ho Topo vo ho pamozy, ba hagnome fibebaha ho an'Israely, vo ho famela gny heloky. [32]Zahay dra
vavolombelo gny amizay raha zay, vo eo avo koa gny Fagnahy Masy, ze namen'Agnahary ho an'ireo magneky
anazy.[33]Raha nahare anizay reo tao amigny fila-kevisy, dra ory ereo vo teho namono reo apostoly. [34]Fa nisy Fariseo
raiky atao i Gamaliela, papiana-dalana, ze nihazanigny olon'aby, nisanga dra nandidy reo apostoly ba hala.[35]Dra
izy nizaka tamin'ereo ho: "Lelahy Israely, tandremo soa gny amigny raha ze hataondrareo miaraky amireo olo
reo. [36]Fa taloha agny, Teodasy nizaka gny vatany hanagnay, dra vondron'olo, tokkny ho efa-zato, nagnoriky anazy.
Nivono izy, dra reo ze nagneky anazy aby dra nipetraky vo lasa sinosino. [37]Boak'eo io lelahy io, Jodasy boaky a
Galilia agny dra nisanga tamigny andronigny fagnisa vo nitao olo maromaro hagnaraky anazy. Izy avo koa dra
nivono, dra reo ze nagneky anazy aby dra niparitaky.[38]Amizao dra zakako amindrareo, magnalavisy anireo lelahy
reo dra angao raiky ereo, fa raha aboaky amigny olo io asa io, dra ho foa zay. [39]Fa raha avy amin'Agnahary koa,
dra sy ho azondrareo foagna reo; mety ho hitandrareo aza fa mialy amin'Agnahary handrareo." Dra resy lahasy
ereo.[40]Dra nitoka anireo apostoly hilisy ereo dra nazera vo nandidy anereo sy hizaka amigny agnaran'i Jesosy, dra
namela anereo handeha. [41]Ereo dra nagnenga gny fila-kevisy tapifalia akory mendriky gny hinday fahafaham-


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

baraka ho anigny Agnara. 42Tao afaran'izay isan'andro, sy nisahasy napianasy vo nitory an'i Jesosy ho Kristy ereo,
teo akiazanigny tepoly vo tamigny tragno maro.

Chapter 6

1 Dra tamizay andro zay, gny fa nihanitombo gny isan'ireo pianasy, dra nanomboky nisy fitaregna nataon'ireo
Jiosy mizaka Grika hanohera reo Hebreo, akory nataon'ereo sinosino reo pitondra-tegnany tamigny fizara hany
isan'andro. 2 Gny ro ambiny folo dra nitoka reo pianasy aby ho agny amin'ereo sady nizaka ho: "Sy mety ho asika
raha magnenga gny zakan'Agnahary ba hikarakara reo latabasy. 3 Noho izay handrareo dra tokony mifily, ry
rahalahy, fito amindrareo, lelahy soa laza, feno gny Fagnahy vo Fahendrena, ba ho tendrenay hikarakara anizay
raharaha zay. 4 Raha gny aminay, dra hanohy hatragny amigny fivavaha vo amigny fapenara gny zaka
zahay." 5 Nahafinarisy gny olon'aby gny zaka nataon'ereo, Dra nifily an'i Stefana ereo, lelahy feno finoa vo Fagnahy
Masy, dra i Filipo, Prokaro, Nikanora, Timona, Parmena vo Nikoleo, proselyta boak'agny Antiokia. 6 Reo pino dra
ninday reo lelahy teo agnatrehanigny Apostoly, ze nivavaky vo nametraky gny tagnany tamin'ereooo. 7 Dra
niparitaky hatragny gny zakan'Agnahary, dra gny isanigny pianasy tao Jerosalema dra nihanitombo be, dra
pisoro maro be koa gny lasa pakato gny finoa. 8 Dra i Stefana, feno fahasoava vo hery, dra nanao fahagaga vo
famatara lahibe teo amigny vahoaky. 9 Fa nisy vahoaky ilany nisanga ze anigny Synagoga ze atao ho gny
Synagoganigny Libertina, vo anigny Kyreniana vo Aleksandriana, dra gny ilany boak'agny Kilikia vo i Azia. Reo
olo reo dra nialy hevisy tamin'i Stefana. 10 Ereo dra sy nahatohisy gny fahendrena vo gny Fagnahy ze nizakany i
Stefana. 11 Boak'eo dra nisy olo nanovan'ereo kolikoly ba hizaka ho: "Fa renay i Stefana nizaka rasy momban'i
Mosesy vo i Zagnahary." 12 Nanaisy gny olo ereo, gny loholo, vo gny panora-dalana, dra nagneo amin'i Stefana ereo
vo nanambosy anazy vo ninday anazy teo agnatrehan'ireo panolosay. 13 Ereo dra ninday fizoroa vavolombelo diso,
dra nizaka ho: "Ty lelahy tahoky dra sy misahasy mizaka rasy ty toera masy tihoky vo gny lalana. 14 Fa zahay dra
nahare anazy nizaka fa i Jesosy boaky a Nazareta agny io dra handrava ty toera tihoky vo hagnova reo fomba ze
natolon' i Mosesy asika." 15 Reo ze nipetraky teo amigny toeranigny panolosay dra nandiniky anazy dra nahita fa
manahaky gny azely gny tarehiny.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 7

[1]Gny pisorom-be nizaka hp: "Mary ra zay raha aby zay?" [2]Stefana nizaka ho: "Ry rahalahy vo ry ray, tenoy zaho:
"Gny Zagnaharinigny voninahisy niseho tamigny raika Abrahama tamin'izy tagny a Mesopotamia, talohanigny
nipetrahany tao Harana; [3]nizaka taminazy iizy ho: "Mela eo amgny taninao hanao vo reo havanao, dra
mandehana agny amigny tana ze asehoko anao."[4]Boak'eo niala anigny taniny Kaldeana izy dra nipetraky tagny
Harena; nanomboky teo, tafaranigny nahafatesanigny babany, nandesin'Agnahary tagny amin'io tany io izy, ze
hipetrahanao amizao. [5]Sy nameny ho lova teo izy, aha, sy apy hapy anobia tomboky. Fa nagnome toky izy_na dre
bo sy nanagnanaky aza i Abrahama fa_ izy dra hagnome gny tany anazy ho fanagnany vo ho anireo taranany
agny afara,[6]Zagnahary dra nizaka taminazy manahaky anizao, fa reo taranany dra hipetraky maharisy agny
amgny tany firene-kafa, dra reo ponona ao dra hinday anereo amigny fagnandevoza vo fapahoria mandrisy gny
efa-zato tao. [7]'Nefa ho sarako gny firenena ze topon'ereo,' hoy zagnahary, dra afaran'izaya dra hagnato vo hidera
anahy eo amin'io toera io ereo. [8]Boak'eo namen'Agnahary an'i Abrahama gny fagneke amigny famora, dra i
Abrahama dra lasa baban'i Isaka dra nanapaky anazy tamigny andro fahavalo; Isaka dra lasa baban'i Jakoba, dra
i Jakoba lasa baba'ireo patriarika ro ambiny folo.[9]Akory reo patriarika dra nialo an'i Josefa, dra navilin'ereo tagny
Egypta izy; fa zagnahary dra niaraky tamintazy [10]dra namozy anazy tamireo olo aby reo. I Josefa dra nameny
fakasitraha vo fahendrena teo agnatrehan'i Farao, pazakan'i Egypta, ze nametraky anazy ho governora
manapaky an'i Egypta vo agnabon'ireo fanagnany gny olon'aby.[11]Dra avy gny mosary nanera an'i Egypta vo i
Kanana, vo fizaliam-be, dra reo razasika dra sy nahita hany ho hany. [12]Fa gny fa nahare i Jakoba fa nisy vary tao
Egypta, dra nandeha reo razasika tamigny lian'ereo volohany izy. [13]Tamigny lian'ereo faharo i Josefa
napahafatasy gny vatany tamireo rahalahiny, dra gny fianakavian'i Josefa dra lasa fatas'i Farao.[14]Josefa dra
nagniraky reo rahalahiny hizaka an'i Jakoba babany ba hoavy agny Egypata, miaraky amireo havany aby, teo
amigny dimy ambiny fitopolo olo raha atambasy. [15]Noho izay Jakoba dra nizoso ta Egypta agny, dra matyy izy, izy
vo reo razasika. [16]Nilaza ho a Sekema agny ereo dra nangany tao amigny lolo ze nivilin'i Abrahama tamigny
volafosy tamireo zanak'i Hamora tagny a Sekema.[17]Gny fa nagneky gny fotoanigny fapanatena, ze
nataon'Agnahary tamin'i Abrahama, dra nihamaro vo nitombo gny olo tao Egypta, [18]mandra-pasangananigny
pazaka hafa tao Egypta, pazaka ze sy nahafatasy gny momba an'i Josefa. [19]Io pazaka io avo gny namitaky gny
vahoasika vo napahory reo razasika, ereo dra nanery gny razasika hagnenga reo zanany ambavan-doza ba sy ho
velo.[20]Tamizay fotoa zay i Mosesy gny niteraky; izy dra soa teo agnatrehan'Agnahary dra niteza telo vola tao an-
tragnonigny Babany. [21]Gny fa naboaky tegny ivelany izy, dra gny zanakapelan'i Farao gny nananga vo niteza
anazy manahaky gny zanadahiny.[22]I Mosesy dra napianasy reo fahendrena aby nanagnanigny Egytiana, izy dra
nahare tamigny zakany vo gny asany. [23]Dra gny fa ho efapolo tao izy, avy tao apony gny hisiliky reo rahalahiny,
zanak'Israely. [24]Nahita Israelita raiky ze napahory dra niaro anazy i Mosesy sady namaly anigny ze napahory
anazy tamigny famonoa gny Egyptianina. [25]Nihevisy izy fa ho azon'ireo rahalahiny fa tamigny alalanigny tagnany
Zagnahary gny nagnavota anereo, nefa dra sy azon'ereo zay.[26]Gny andro magnaraky dra avy tao amireo Israely
ilany izy raha ereo nifalisy; nagnandra gny napitony gny sirairay aby izy, nizaka ho: "Ry lelahy, handrareo dra
pirahalahy, magnino handrareo mifandrasy io?" [27]Fa gny raiky ze nanao sy mety tamigny namany nanosiky
anazy, dra nizaka ho: "Iza gny nanendry anao ho panapaky vo hisara anay? [28]Tianao ra gny hamono anahy,
manahaky gny namonoanao reo Egyptiananina omaly?"[29]Nienga i Mosesy gny fa nahare anizay; lasa piavy izy tao
amigny taninigny Midiana, ze niterahany gny zanany rolahy. [30]Gny fa dila gny efapolo tao, nisy azely raiky
nipotra taminazy tagny agnefisy tegny amin'tendrombohisy Sinay, teo amigny lelafonigny voaroy nirehisy.[31]Gny
fa hitan'i MOsesy gny afo, talazo izy amigny fahita; dra gny fa nagnato izy dra nagnety anazy, ingo boak'agny nisy
feonigny Topo nizaka ho: [32]"Izaho gny zagnaharin'ireo razanao, zagnaharin'i Abrahama, vo Isaka, dra i Jakoba."
Natahosy i Mosesy dra sy nahavany nagnety.[33]Gny Topo nizaka taminazy ho: "Alao gny Kapa egny amigny
tombonao, fa io toera ze hizanognanao io dra tany Masy. [34]Fa hitako gny fizalianigny vahoako ze ao Egypata, reko
gny fitaregnan'ereo, dra fa nizoso nagnavosy anereo zaho; Ko amizao, alefako ho agny Egypta hanao."'[35]Io i
Mosesy ze nilagnin'ereo, gny fa nizaka ereo ho: "Iza gny nanendry anao ho panapaky vo ho pisara?" Izy gny
tokony ze nalefan'Agnahary sady ho panapaky gny pagnavosy. Zagnahary nandefa anazy tamigny alalanigny
tagnanigny azely ze nipoisy tamin'i Mosesy tegny amigny voaroy. [36]Nitariky anereo hiala tao Egypata i Mosesy,
gny fa boaky nanao fahagaga vo famatara mena, dra tegny agnefisy nandrisy gny efapolo tao. [37]Io avo gny i
Mosesy ze nizaka tamigny vahoakin'Israely ho: "Zagnahary dra hananga paminany ho andrareo eo amigny
rahalahindrareo, paminany manahaky anahy."'[38]Izy gny lelahy ze tao apiangona tao agnefisy niaraky tamigny
azely ze nizaka taminazy tegny amin'tendrombohis'i Sinay. Izy gny lelahy niaraky tamireo razasika; izy gny
lelahy ze nandray gny zaka velo zara ho asika. [39]Izy gny lelahy ze sy nakatoavin'ireo razasika; narozin'ereo lavisy


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

anereo ereo, dra agny apon'ereo dra nihery tagny Egypta ereo. [40]Tamin'io fotoa io nizaka tamin'i Arona ereo ho: "hagnova Zagnahary zahay hitariky anahy, manahaky an'i Mosesy, ze nitariky asika hiboaky any Egypta, sy fatasika ze nitranga taminazy."[41]Dra nanao agnomby lahy kely ereo tamizay andro zay dra ninday fagnatisy teo amigny sapy, dra nifaly tamigny asa-tagnany ereo. [42]nitoliky i Zagnahary dra namela anereo ba ho fidera reo kita egny an-dagnisy, araky gny voasorasy tao amigny bokinigny paminany: "Handrareo ra nanolosy anahy biby maty sy fagnatisy nandrisy gny efapolo tao tao agnefisy, tragnonigny Israely?[43]Nekendrareo gny tabernakelin'i Moloka vo gny kitan'Agnahary Refana, vo reo sary ze ataondrareo hidera anazy, dra izaho hinday andrareo agny aakoasin'i Babylona.[44]Reo razasika dra nana tabernakelinigny fizoroa vavolombelo tao an'efisy, araky gny baikon'Agnahary agny fa nizaka tamin'i Mosesy izy, ze tokony ntaony nitovy tamgny fomba fa hitany. [45]Io gny tragnolay ze nalan'ireo razasika, dra nandesiny tao amigny tany niaraky tamin'i Josoa, teo agnatrehan'ireo razasika, reo fagnahinigny firenena ze nandroahan'Agnahary gny tany ze nitakarin'ereo ho fanagnan'ereo manoka, gny tragnolay dra nitoby tao amigny tany nandrisy gny andron'i Davida, [46]dra izy nahazo fakasitraha tao amigny fahitan'Agnahary dra nagnotany raha hahita toera honegna ho an'Agnaharin'i Jakoba.[47]Fa i Salomona gny namboasy gny tragno ho an'Agnahary. [48]Na izay aza, gny Avo indrindra dra sy nipetraky tao amigny tragno vita tamigny tagn, araky gny voazakanigny paminany ho: [49]"Gny lagnisy gny seza fiandriagnako, dra gny tany gny pisy tomboko. Tragno manahaky gny ino gny afaky amboarinao ho anahy? Hoy gny Topo, na toera manahaky gny ino gny hisarako? [50]Sy tanako ra gny nanova reo raha aby reo?[51]Reo olo fatrasy hatoka vo sy voatapaky ao apo vo sofy, handrareo dra manohisy avo gny Fagnahy Masy; handrareo dra manao manahaky ze nataonigny razandrareo. [52]Iza tamireo razandrareo gny sy nagneziky paminany? Nivonon'ereo gny paminany ze niseho talohanigny fiavianigny Fahamarigna, dra amizao handrareo dra lasa pamadiky vo pamono anazy koa, [53]handrareo vahoaky ze nitakasy gny lalana ze napetran'ireo azely, kanefa sy nitanandrareo zay."[54]Dra gny fa nahare reo raha reo gny pikamba ao amigny fila-kevisy, tohy gny fon'ereo, dra nihily vaza ereo tamigny Stefana. [55]Fa izy, ze feno Fagnalhy Masy, nagnety soa gny lagnisy dra nahita gny voninahin'Agnahary, dra nahita an'i jesosy nizoro teo akavanan'Agnahary. [56]Stefana nizaka h: "Atio, hitako misokaky reo lagnisy, dra gny zanak'olo mizoro eo akavanan'Agnahary."[57]Teo amizay dra nitapenan'ireo pikamba ao amigny fila-kevisy gny sofin'ereo, dra nihiaky niaraky tamigny feo fatrasy, nihazakazaky ereo nagnegny aminazy. [58]Nitarihin'ereo ivelanigny tana izy dra nanomboky nitora-bato anazy ereo, dra reo vavolombelo dra nametraky gny akazony teo amigny tombokigny zaza lahy atao i Saoly zay.[59]Gny fa nitora-bato an'i Stefa igny ereo, nitoka fatrasy gny Topo izy dra nizaka ho: "Topo Jesosy, reso gny fagnahiko." [60]Nandohaliky izy dra nitoka tamigny feo fatrasy ho: "Topo, ka tana zao ota zao hanohera anereo." Gny fa boaky nizaka anizay izy dra nitafandry.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 8

1Nagneky gny fahafatesany i Saoly. dra nanomboky tamin'io andro io gny fagnezeha lahibe hanohera gny fengona
ze tao Jerosalema; dra reo pino aby dra nipetraky nanera reo farisy Jodia vo Samaria, akoasy reo Apostoly. 2Reo
lelahy matahosy an'Agnahary dra nandevy an'i Stefana dra nanao hira findala anazy. 3Fa Saoly dra nanola
tateraky gny fengona; nitety tragno izy dra nangalaky reo lelahy vo reo apela, dra nandefa anereo tagny atragno
mezy.4Fa reo poni ze niparitaky dra nandeha nitory gny teny. 5Filipo dra nizoso tagny amigny tanan-dehibenigny
Samaria dra nitory an'i Kristy tamin'ereo .6Gny fa nahare vo nahita reo famatara ze nataon'i Filipo gny vahoaky
maro, dra nifatiky soa tamize zinakany ereo. 7Reo Fagnahy maloto dra niboaky tamireo maro ze nilirany, nihiaky
fatrasy, dra maro tamireo malemy vo kilemay gny nisitrany. 8Noho izay dra nisy fifalia lahibe tao amigny tanan-
dehibe.9Fa nisy lelahy raiky natao ho Simona zay tao amigny tanan-dehibe ao, ze vo sela gny panao olo; matetiky
napitolagaga reo vahoakinigny Samaria izy, gny fa mitalily fa izy dra olo manan-daza. 10Reo Samarita aby,
monomboky amigny maraiky dra hantramigny lahibe indrindra, dra niteno soa anazy, dra hoy ereo ho: "Io lelahy
io dra gny fehefan'Agnahary ze atao ho lahibe." 11Ereo dra niteno anazy, akory izy dra napitolagaga anereo fa
nandrisy gny fotoa ela tamireo oliny.12Fa gny fa nino an'i Filipo ereo noho izy nitory gny filazasara momba gny
fazakan'Agnahary vo gny agnaran'i Jesosy Kristy, dra natao batisa ereo, na lelahy na apela. 13Na i Simona aza dra
nino, dra tafaranigny nanova batisa anazy dra nizano niaraky tamin'i Filipo avo izy. Gny fa nahita reo famatara
vo asa lahibe ze niseho izy, dra gaga.14Dra gny fa renin'reo apostoly ao Jerosalema fa nitakasy gny zakan'Agnahary
Samaria, dra nalefan'ereo tagny amin'ereo i Petera vo i Jaona. 15Gny fa nizoso ereo, dra nivavaky ho anereo ereo,
ba mety hitakaran'ereo gny Fagnahy Masy. 16Fa mandrapahavian'izay fotoa zay, dra bo sy nisy nilasahanigny
Fagnahy mihisy ereo; fa vita batisa tamigny agnaran'i Topo Jesosy avo. 17Boak'eo i Petera vo i Jaona dra
nametraky gny tagnany teo amin'ereo, dra nitakasy gny Fagnahy Masy ereo.18Dra gny fa hitan'i Simona fa gny
Fagnahy Masy dra natolosy teo atagnan'ireo apostoly tamigny alalanigny fametraha-tagna, dra nameny vola ereo.
19Hoy izy ho: "Ameo anahy avo koa zay fahefa zay, dra ze ametrahako tagna dra mety hitakasy gny Fagnahy
Masy."20Fa hoy i Petera taminazy ho: "Ho levo miaraky aminao anie gny volafosinao, akory hanao nieriserisy gny
hahazo gny fagnomezan'Agnahary amigny alalanigny vola. 21Hanao dra sy mana azara na apahany amizay raha
zay, akory gny fonao dra sy mary amin'Agnahary. 22Noho izay mibebaha amigny faharasianao dra mivavaha amy
Topo, so ba mety hamela gny fagnirianigny fonao Izy. 23Fa izaho mahita fa hanao dra voapoizinigny lolo-po vo
voafehiny gny fahota hanao."24Simona namaly dra nizaka ho: "Mivavaha amigny Topo ho anahy, ba sy hisy
hitranga aminahy reo ze nizakanao.25Gny fa nozoro vavolombelo vo nitalily gny zakanigny Topo ereo, dra nihery
tagny aJerosalema agny i Petera vo i Jaona, nitory gny Filazasara tamireo tana maro ao Samaritana.26Dra nisy
azenigny Topo nizaka tamin'i Filipo sady nizako ho: "Misangana vo mandehana magnasimonigny lala mizoso
boaky a Jerosalema magnagny aGaza agny igny." ( Io lala io dra agny agnefisy.) 27Dra nisanga izy vo nandeha.
Ingo, nisy lelahy boak'agny Etiopia, tandapanigny Kandasy, pazaka apelan'ireo Etiopiana. Izy gny nendrekisy gny
raha aby. Avy tagny Jerosalema izy ba hidera. 28Dra noly izy dra nipetraky teo amigny kalesiny, dra namaky gny
zakan'Isaia paminany.29Dra gny fagnahy nizaka tamin'i Filipo ho: "Mandehana dra ka miala lavisy an'io kalesy io."
30dra nihazakazaky nagnato anazy izy, dra nahare anazy namaky gny teny tao amin'Isaia paminany, dra nizaka
ho: "Azona ra raha vakinao hoky io?" 31Nizaka gny Etiopia nanao anizahoky ho: "Ino gny hahafatarako, raha sy
misy olo mitari-dala anahy?" Niangavy an'i Filipo izy ba hagnato gny kalesa dra hipetraky hiaraky aminazy.32Dra
gny andala-sorasy masy ze nivakinigny Etiopiana dra nanao anizahoky ho: "Nindesy ho vono manahaky gny
agnondry izy, dra manahaky gny zanak'agnondry moa, eo anoloanigny pagnety anazy, noho izay dra sy niloa-
bava izy. 33Fa tamigny fagnalam-baraka anazy dra nala taminazy gny rariny. Iza gny afaky hamarisy tateraky reo
taranany? Nohonigny ainy nala teto atany."34Noho izay dra nagnotany anigny tandapa i Filipo, nanao anizahoky
ho: "Mitalao aminao zaho, iza gny zakan'io paminany io, gny vatany avo, sa olo-kafa?" 35Nanomboky nizaka i
Filipo, dra nanomboky tamizay sorasy masy zay gny nitoriny gny filazasara momba an'i Jesosy taminazy.36Gny fa
nandeha tegny an-dala ereo, dra nagnato tegny amize nisy rano ereo dra hoy tandapa ho: "Ingo, misy rano eto.
Ino gny mahakasiky anahy sy atao batisa?" 37(Fagnamarigna: Hoy Filipo ho: "Raha mino amigny fonao manotolo
hanao, dra afaky atao batisa." Gny Etiopia namaly ho: "Mino zaho fa Jesosy kristy gny Zanan'Agnahary."') 38Dra
nasanigny Etiopia nazano gny Kalesa. Nizoso nagnegny amigny rano ereo, i Filipo vo gny tandapa, dra nataon'
Filipo batisa izy.39Gny fa niboakby gny rano ereo, dra nandesinigny Fagnahinigny Topo i Filipo, dra sy hitanigny
tandapa sasy izy, fa nandeha ta-pifalia tegny amigny lalany. 40Fa i Filipo dra niseho tagny Azota dra nitety io farisy
io izy, nitory gny filazasara eraky gny tanan-dehibe aby mandrapahavianigny tany Kaisara.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 9

[1]Fa i Saoly, dra b nizaka fandrahogna avo eh fa dre hatramigny famonoa manohisy reo pianasy gny Topo aza,
nandeha tagny amigny pisorom-be [2]dra nagnotany anereo taratasy ho anireo Synagoga tao Damaskosy, dra gny
mahita na iza na iza eo amigny lalany izy, na lelahy na apela, dra anesiny hifehy agny a Jerosalema agny ereo.
[3]Raha bo nandeha izy, dra izao gny nitranga gny fa avy teo agnilan'i Damaskosy izy, tapoky teo dra nisy hazava
namirapirasy nagnodidy anazy boakagny andagnisy agny; [4]dra nezera tamigny tany izy dra nahare feo nizaka
taminazy ho: "Saoly, Saoly , nagnino hanao magneziky anahy io?"[5]Saoly namaly ho: "Iza hanao io, Topoko?" Hoy
gny Topo: "Zaho gny Jesosy ze azehinao io, [6]fa misangana, milira ao amigny tana, dra ho zaka aminao ze sy maisy
hataonao." [7]Gny lelahy ze niara-dia tamin'i Saoly dra nizoro sy nahazaka, nahare gny feo, fa sy nahita an'iza na
iza.[8]Nisanga i Saoly, dra gny fa nanokaky gny masony izy, dra sy afaky nahita na ino na ino izyyy; dra
nitataran'ereo tamigny tanany izy dra nandesy tagny Damaskosy. [9]Sy nahrasy izy nandrisy gny telo andro, dra sy
nihina izy no sady sy ninorano.[10]Sea nisy pianasy tao Damaskosy atao i Ananiasy zay. Nizaka taminazy tamigny
fahita gny Topo: "Ananiasy!" Hoy izy: "Ingo, tiky zaho, Topo." [11]Nizaka taminazy gny Topo: "Misangana, dra
mandehana agny amigny lala ze atao ho i Mahisy zay, dra gny fa ao atragnon'i Jodasy dra mangataha amigny
lelahy boak'agny Tarsosy atao ho i Saoly, fa mivavaky izy. [12]Fa nahita tamigny fahita gny fihavianigny olo atao ho
Ananiasy ereo hametraky gny tagnany eo aminazy, dra mety hahita ndraiky izy."[13]Fa namaly Ananiasy ho: "Topo,
fa nahare tamigny maro momba io olo io zaho, mahakasiky gny rasy nataony tamigny olonao masy tao
Jerosallema. [14]nana fahefa tamireo lohanigny pisoro izy dra hana,bosy ze mitoka gny agnaranao eto."
[15]Mandehana, fa izy dra fitova nifiliko, ba hinday gny agnarako eo anoloanigny Jentilisa vo reo pazaka dra gny
zanak'Israely; [16]fa hasehoko anazy ho ino gny fizaliany noho gny amigny agnarako."[17]Dra lasa i Ananiasy, dra
nilisy tao amigny tragno. Nametraky gny tagnany teo aminazy, dra nizaka izy ho: "Rahalahy Saoly, gny Topo
Jesosy, ze niseho taminao tegny an-dalan'aby nagnatiky hanao, gny nandefa anahy tatiky ba mety hahiratanao
dra ho feno gny Fagnahy Masy." [18]Teo no ho eo dra raha manahaky gny kira-trotro gny niendaky avy hatragny teo
amigny mason'i Saoly, dra nahirasy izy; nisanga izy dra natao batisa; [19]dra nihina izy dra nahazo hery. Nipetraky
niaraky tamireo pianasy tao Damaskosy nandrisy gny andro maro izy.[20]Avy hatragny dra nitalily an'i Jesosy tao
amigny Synagoga izy, nizaka fa Izy gny Zanan'Agnahary. [21]Ze nahare anazy dra gaga dra nizaka ho: "Sy io olo io ra
gny namono reo tagny Jerosalema ze nitoka tamin'io agnara io? Avy teto izy ba hangalaky anereo ho fahe ho agny
amigny pisorom-be." [22]Fa lasa nihanahery i Saoly, dra napasiaky gny Jiosy ze noni tao Damaskosy dra
nagnaporofo fa Jesosy gny Kristy.[23]Tafaranignyy andro maromaro, nindray nanao drafisy ba hamono anereo
Jiosy. [24]Fa lasa fatras'i Saoly gny tetik'ereo, Dra nandigny gny vavahady andro amn'aly ba hamono anazy ereo. [25]Fa
nangalaky anazy tamigny hariva reo pianany dra nagnenga anazy hizoso tamigny rindry, napizoso anazy tao
agnaty horogna.[26]Gny fa avy teo Jerosalema izy, dra nagnandra gny hagnato reo pianasy i Saoly, nefa natahosy
anazy aby reo, sy nino fa pianasy izy. [27]Fa nangalaky anazy i Barnabasy dra nanday anazy teo amireo Apostoly,
dra nizaka tamireo izy ho ino gny nahitan'i Saoly gny Topo tegny aminazy, dra ino gny nitorian'i Saoly
apahasahiragna tamigny agnaran'i Jesosy tao Damaskosy.[28]Nihao tamin'ereo izy gny fa nilisy dra niboaky an'i
Jerosalema. Nizaka apahavania tamigny agnaran'i Jesosy Topo izy [29]dra nialy hevisy niaraky tamireo Jiosy Grika;
nefa bo niezaky gny hamono anazy avo ereo. [30]Gny fa fatas'ireo rahalahy zay, dra nandesin'ereo nizoso tagny
Kaisaria izy dra nalefany ho agny Torsosy izy.[31]Dra boak'eo, gny fengona nanera an'i Jodia aby, Galilia, dra
Samaria nana fendagna dra voaory; dra, nandeha tami-tahosy gny Topo vo tamigny fapionognanigny Fagnahy
Masy, dra nitombo isa gny fengona. [32]Dra avy zayamizao, raha nandeha nanera gny farisy manotolo Petera, dra
nandeha nizoso tagny amireo pino ze nipetraky tao amigny tanan'i Lyda avo koa izy.[33]Nahita olo atao i Aenasy zay
tao izy, ze fa teo apandriany nandrisy gny valo tao, akory nalemy izy. [34]Petera nizaka taminazy ho: "Aenasy,
magnasitrany anao Jesosy Kristy. Misangana dra amboaro gny fandrianao," dra niaraky tamizay dra nisanga izy.
[35]Fa ze nipetraky tao Lyda vi tao Sarona aby dra nahita gny lelahy dra nitoliky tamigny Topo ereo.
[37]Tamireo andro reo dra narary izy dra maty; gny fa nanasa anazy ereo, dra napetran'ereo tao amigny efitragno
agnabo izy.[38]Akory fa nagnariny an'i Lyda i Jopa, dra nahare reo pianasy fa teo Petera, dra nandefa olo rolahy tao
aminazy ereo, niangavy anazy: "Mevia aminay agny sy misy hatak'andro re." [39]Nisanga Petera dra nandeha
niaraky tamin'ereo. Gny fa avy izy, dra ninday anazy tao amigny efisy agnabo ereo. dra gny pitondrategna aby
nisanga teo agnilany nitomagny, naneho anazy akazo vo gny lamba ze nataon'ireo Dorkasy gny bo izy niaraky
tamin'ereo.[40]Nalefan'i Petera tagny ivelanigny efisy ereo aby, nandohaliky, dra nivavaky; boak'eo, nitoliky tamigny
razany, nizaka izy ho: "Tabita, misangana." Dra nanokaky gny masony izy boak'eo, dra nahta an'i Petera izy dra
niary. [41]Boakk'eo nanolo-tagna anazy Petera dra nananga anazy; dra gny fa nitoka reo pino vo reo pitondra tegna
izy, dra nasehony tamin'ereo gny fahavelomany. [42]Lasa fatasy nanera an'i Jopa aby zay raha zay, dra olo maro gny

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

nino gny Topo. [43]Tamizay Petera dra nipetraky andro maromaro niaraky tamigny lelahy raiky atao i Simona tao Jopa, ze pandoko hodisy.

Chapter 101Dra nisy lelahy raiky tao amigny tananaigny kaisaria, atao i Kornelio, kapitenin'ireo atoko
Miaramila Italiana.

[2]Lelahy pivavaky izy, gny raiky ze midera an'Agnahary miaraky amigny akohonany aby; nagnome vola besaky
anireo ze tao agnatinigny sy fahapia izy, dra nivavaky mandrakariva tamin'Agnahary.[3]Nagnodidy gny tamigny
ora faha sivy mary teo ho eo, nahita mazava tamigny fahita azelin'Agnaha nagnato anazy izy. Gny azely nizaka
taminazy ho: "Ry Kornelio!" [4]Kornelio nibazy gny azely dra tena raiki-tahosy dra nizaka ho: "Fa ino tihoky
topoko?" Gny azely nizaka taminazy ho: "Reo vavakao vo reo fagnomezanao ho anigny mahatra dra tafakasy ho
fagnati-pahasiarova eo agnatrehan'Agnahary. [5]Dra magniraha lelahy hagnagny amigny tananigny Jopa ba
hangalaky gny lelahy raiky atao ho i Somona ze atao ho i Petera. [6]Mipetraky miaraky amigny pandoko holisy atao
ho Simona izy, ze egny amoron-dranosisy gny tragnony."[7]Gny fa lasa gny azely ze nizaka taminazy, dra nitoka
gnyk rolahy tamigny ponopony tao atragno i Kornelio, dra maramila pivavaky raiky tamireo ze nanopo anazy.
[8]Kornelio nizaka tamin'ereo aby nitranga dra nandefa anereo tagny Jopa.[9]Dra gny maraindray nagnodidy gny ora
fahaenia teo, raha bo tegny andala ereo dra nagnotany gny tana, dra niakasy tegny agnabo tafo-tragno i Petrera
ba hivavaky. [10]Nanomboky nihi-hare izy boaky eo nitalia raha ho hany, kanefa raha bo teo apahandroa hany gny
olo, dra nahita fahita izy, [11]dra nahita gny lagnisy nisokasy izy vo fitehiriza raiky nizoso, manahaky gny lamba be
mizoso eto atany, apizosoa amigny zorony efasy. [12]Tao gny nisy karazam-biby mana-tomboky efasy vo raha ze
mandaly aby eto atany, dra gny voronigny lagnisy.[13]Dra nisy feo nizaka taminazy ho: "Misangana, ry Petera,
mamono dra mihina." [14]Fa i Petera nizaka ho: "Aha, Topo; fa bo sy nihina raha ze voarara vo sy malio mihisy
zaho." [15]Feseky avy taminazy fagnindro ndraiky gny feo ho: "Ze niliovin'agnahary, dra sy tokavy ho faly." [16]Niseho
itelo zay; dra boak'eo gny fitehiriza dra nihery niaraky teo no ho eo tagny an-dagnisy.[17]Dra gny fa very hevisy
momba gny dikanigny fahita ze hitany i Petera, dra ingo, reo lelahy ze nalefan'i Kornelio nisanga nagnoloa gny
vavahady, boak'eo ereo dra nagnotany ze lalan'ereo magnao atragno. [18]Dra nitoka ereo dra nagnotany an'i
Simona, natao avo koa ho Petera, ze nizano teo.[19]Raha bo nieriserisy bo gny fahita i Petera, dra nizaka taminazy
gny Fagnahy ho: "Ingo, lelahy telo gny mitalia anao. (Fagnamariha: Gny amigny dika-zaka taloha dra ho: "Lelahy
rolahy gny mitalia anao" na "misy lelahy ilailany mitalia anao.) [20]Misangana dra mizosoa dra miaraha amin'ereo.
Ka misasala miaraky amin'ereo, akory zaho gny nandefa anereo. [21]Dra Petera nizoso tagny amireo lelahy reo dra
nizaka ho: " Izaho gny taliavindrareo. Ino gny atony nahaviandrareo?"[22]Hoy ereo ho: "Gny kapiteny atao i
Kornelio, lelahy mary dra olo ze midera an'Agnahary, dra soa laza agny amigny firenenigny Jiosy aby, ze
nizakanigny azely masin'Agnahary ba hangalaky anao ho atragnony agny, noho izay dra afaky miteno gny hafasy
boaky aminao izy." [23]Dra nanasa anereo hilisy vo hizano hiaraky aminazy Petera. Gny maraindray marainigny
dra nisanga izy dra niaraky tamin'ereo, dra gny ilany tamireo rahalahy boak'agny Joda dra nagnaraky anazy.
[24]Gny andro magnaraky dra nagnao Kaisaria ereo. Kornelio dra nandigny anereo; tonoka miaraky gny havany vo
gny namany mariny anazy.[25]Dra tamizaygny fa nilisy Petera, nifangahita taminazy i Kornelio dra nekohoky teo
atombony ba hidera anazy. [26]Fa Petera nagnapy anazy, nizaka ho: "Misangana! Zaho koa dra olo avo.[27]Raha bo
nizaka niaraky taminazy i Petera, dra nilisy izy dra nahita olo maro be niara-niango. [28]Hoy izy tamin'ereo ho:
"Gny vatandrareo mahay fa sy ara-dala ho anigny Jiosy gny miara-miasa na mamangy olo boaky amigny firenena
hafa. Fa Zagnahary nanehy taminahy fa sy tokony hitoka olo-paly na sy malio zaho. [29]Zay gny atony nahaviako sy
nisy fagnakasaha, gny fa nirahy zaho. Dra magnotany andrareo zaho ho nagnino handrareo gny magniraky ho
anahy."[30]Kornelio nizaka ho: "Afasy andro melohan'izao ora izao indrindra, dra nivavaky tao atragnoko zaho
tamigny ora fahasivy; dra nahita, lelahy raiky nisanga teo anoloako nanao akazo mamira. [31]Hoy izy ho: 'Ry
Kornelio, fa ren'Zagnahary gny vavakao, dra fagnomezanao ho anireo mahatra dra mapasiahy an'Agnahary gny
momba anao. [32]Noho izay dra magniraha olo ho a Jopa agny, dra tokavo magnagny aminao gny lelahy atao i
Simona ze atao ho i Petera. Mitoboha ao atragnon'i Simona pando-kolisy atao ho: Simona izy, ze egny amoron-
dranomasy.' (Fagnamariha: Gny dika-zaka taloha dra nagnapy ho: "Gny fa avy izy, dra hizaka aminao." [33]Dra avy
hatragny dra nalefako hanao. Soa gny fahavianao. Dra amizao, isika aby avy eto amason'Agnahary, ba hiteno ze
nizakanigny Topo andrareo aby gny nizakanao." (Fagnamariha: "Raha tokony ho: "Nizakanigny Topo gny zaka."
gny eo, dra gny dika-zaka taloha dra gny ho: "nizakan'Agnahary gny zaka.")[34]Boak'eo nanokaky gny vavany Petera
dra nizaka: "Mary vatany, fataso fa Zagnahary dra sy miandany na amin'iza na amin'iza. [35]Fa koa, agny amigny
firenena sirairay na iza na iza gny midera vo manao asa mary dra ekeny avokoa.[36]Fatandrareo gny hafasy ze
nalefany ho anigny olon'Israely, gny fa nitalily filazasara momba gny fedagna boaky aminigny alalan'i Jesosy
Kristy izy, ze Toponigny aby- [37]Handrareo vatandrareo dra mahay reo raha niseho, ze tena nitranga tao amigny
toeran'aby tao Jodia, nanomboky tagny Galilia, tafaranigny batisa ze zinakan'i Jaona; [38]reo raha-nitranga mikasiky
an'i Jesosinigny Nazareta anazy tamigny Fagnahy Masy vo tamigny hery. Nandeha nanao sao izy sady

nagnasitragny reo ze voafehinigny devoly aby, akory Zagnahary dra niaraky taminazy.[39]Isika dra
vavolombelon'ireo raha-bitan'i Jesosy aby, tagny amigny taninigny Jiosy vo tany Jerosalema. Nivonon'ereo izy
tamigny haza, [40]fa Zagnahary nananga anazy tamigny andro fahatelo dra nanao ze hahita anazy, [41]sy reo olo aby,
fa reo vavolombelo ze voafilin'Agnahary meloha- tamisik ze nihina vo nino niaraky taminazy tafaranigny
nisanganany tamigny maty.[42]Nandidy anay izy ba hitalily amigny olo vo hizoro vavolombelo fa izy raiky gny
nifilin'Agnahary ho pisaranigny velo vo gny maty. [43]Ho anazy gny hizoroany paminany aby vavolombelo, dra ho
reo ze mino anazy gny hitakasy famela-keloky amigny alalanigny agnarany.[44]Raha bo nizaka anizay raha zay i
Petera, dra nilasaky tamireo ze niteno gny hafany gny Fagnahy Masy. [45]Reo olo tao agnatinigny vondronigny pino
voatapak'ireo ze niaraky tamin'i Petera aby-dra gaga, akory gny fagnomezanigny Fagnahy Masy dra narosaky ho
anigny Jentilisa avo koa.[46]Fa ren'ereo reo Jentilisa ze mizaka amireo fizaka hafa makalaza an'Agnahary. Dra
namaly Petera ho: [47]Moa ra misy olo afaky mita rano ba sy hanova batisa anereo, reo olo ze nitakasy gny Fagnahy
Masy manahaky asika ? [48]Dra nandidy anereo ba hatao batisa amigny agnaran'i Jesosy Kristy izy. Dra nangataky
anazy ereo ba hitoby hiaraky amin'ereo mandrisy gny andro siapy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 11

[1]Dra reo apostoly vo reo rahalahiny ze tagny Jodia nahare fa reo Jentilisa avo koa dra nitakasy gny
Zakan'Agnahary. [2]Gny fa niakasy tagny Jerosalema i Petera, reo ze tao amigny atokon'ireo voatapaky dra
nagnakia anazy; [3]hoy ereo ho: "Hanao nikamba niaraky tamireo lelahy sy tinapaky sady nihina niaraky
tamin'ereo!"[4]Fa Petera nanomboky nagnazava gny raha-nitranga tamin'ereo tamigny asipirihany; hoy izy ho:
[5]"Nivavaky tagny amigny tananigny Jopa zaho, dra nahita fahita gny amigny fisian-draha raiky ze nizoso,
manahaky gny lamba lahibe nahily boak'agny andagnisy tamireo zorony efasy zaho. Nizoso teo aminahy zay.
[6]Nibazy anizay zaho dra nisaisay momba anizay. Nahita reo biby mana-tombony efasy gny tany, reo biby dia, reo
bibi mandaly, vo reo voro egny amigny lagnisy zaho.[7]Boak'eo zaho dra nahare feo nizaka taminahy ho:
"Misangana, ry Petera; mamono dra mihinana." [8]Hoy zaho ho: "Aha, ry Topo; fa sy bo nisy raha sy masy na maloto
mihisy nilisy tato am-bavako." [9]fa gny feo namaly boaky andagnisy agny ho: "Ze zinakan'Agnahary fa malio, aza
ka ato ho maloto." [10]Niseho itelo zay, dra boak'eo dra nalany nihery niakasy tagny andagnisy ndraiky gny raha
aby.[11]Ingo, teo no ho eo dra nisy telo lahy nisanga teo anoloanigny tragno nisy anay; nalefako boak'agny Kaisaria
nagnagny aminahy ereo. [12]Gny Fagnahy dra nandidy anahy hiaraky amin'ereo, dra sy tokony hagnisy fagnatia
tarehy amin'ereo zaho. reo rahalahy enina reo dra nandeha niaraky taminahy, dra nagnao atragnonigny lelahy
zahay. [13]Izy nizaka taminay gny nahita azely raiky nisanga taminay gny nahitany azely raiky nisanga tao
atragnony dra nizaka ho: "Magniraha lelahy agny Jopa dra andeso mihery i Simona ze atao ho i Petera. [14]Izy dra
nizaka hafasy raiky aminao ze havoavozy anao_Hanao vo gny akohonanao aby.[15]Raha vo manomboky nizaka
tamin'ereo zaho, gny Fagnahy masy dra niavy tamin'ereo, manahaky gny nizosoany taminay tagny ambolohany.
[16]Saroako gny zakanigny Topo, gny nizakany ho: "Jaona nanao batisa tamigny rano vatany; fa handrareo dra mila
hatao batisa ao amigny Fagnahy Masy."[17]Ko raha Zagnahary nagnome anereo gny fagnomeza mitovy amize
nameny asika tamy isika nino anigny Topo Jesosy Kristy, iza zaho, gny ho afaky hanohy an'Agnahary?" [18]Gny fa
ren'ereo zay raha zay, sy nizaka na ino na ino hindesi-mamaly ereo, fa nidera an'Agnahary koa ereo dra nizaka
ho: "Dra Zagnahary nameno Fibebaha ho fiegna ho anireo Jentilisa avo koa."[19]Dra reo ze naparitaky noho gny
fagnezeha ze niatomboky tamigny fahafatesan'i Stefana dra niely lavisy tagny Foinika agny, Kyprosy, dra Antioka,
fa ereo dra nizaka gny hafasy momba an'i Jesosy tamireo Jiosy reo avo. [20]Fa gny ilany tamin'ereo, dra lelahy boaky
a Kyprosy agny vo Kyrena agny, dra nandeha tagny Antioka, dra nizaka tamireo Grika avo koa, nizaka tamin'ereo
gny filazasara momba gny Topo Jesosy. [21]Gny tagnanigny Topo dra niaraky tamin'ereo; maro isa gny nino vo
nitoloky tamigny Topo.[22]Reo vaovao momba anereo dra avy egny asofonigny fengona tao a Jerosalema, dra ereo
nagniraky an'i Barnabasy hatragny Antioka. [23]Gny fa avy izy dra nahita gny fagnomezan'Agnahary, dra ravoravo
izy; dra izy napahery anazy aby ba hitoby miaraky amigny Topo amigny fon'ereo aby. [24]Akory izy dra lelahy soa
sady feno gny Fagnahy masy vo Finoa, dra olo maro gny niapy ho anigny Topo.[25]Dra nandeha nagna Tarsosy agny
i Barnabasy ba hitalia an'i Saoly. [26]Gny fa hitany izy, dra nizaka ta Atioka agny. Dra nandrisy gny heritao
magnizisy ereo dra niara-niango niaraky tamigny fengona dra napianasy olo maro. Reo pianasy dra tonoka
volohany ho Kristiana tao Antioka.[27]Dra tamizay andro zay dra nisy paminany maromaro nizoso boak'agny a
Jerosalema agny nagnagny Antioka. [28]Raiky tamin'ereo, i Agabo gny itokava anazy, nisanga dra natoronigny
Fagnahy fa hisy mosary lahibe hitranga manera anizao totolo izao. Nitranga zay tamigny andron'i Klaodio.[29]Noho
izay, reo pianasy, araky gny fahafahanigny sirairay aby, dra nanapakevisy gny handefa fagnapia ho anireo
rahalahy tagny Jodia. [30]Nanao anizay ereo; nandefa vola ho anireo loholo ereo tamigny tagnan'i Barnabasy vo i
Saoly.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 12

[1]Dra tamizay andro zay Heroda pazaka nanambosy reo ilany ze anigny fengona ba hahafahany mapizaly anereo.
[2]Nivonony tamigny mesa Jakoba rahalahin'i Jaona.[3]Dra gny fa hitany fa nahafaly reo Jiosy zay, dra nanao ze
hanambora an'i Petera koa izy. Izay dra nandrisy an'i Petera koa izy. Izay dra nandrisy gny andronigny mofo sy
misy masirasira. [4]Gny fa boaky nisambory izy, dra nataony tagny apoza izy dra nanendry maramila efa-toko
hiamby anazy, nikasa gny hinday anazy eo amigny olo afaranigny Paska izy.[5]Noho izay dra nitanany tao apoza
Petera, fa gny vavaky dra nataon'ireo ze tao apengona fatrasy tamin'Agnahary ho anazy. [6]Gny hariva alohanigny
hindesan'i Heroda anazy hosara, Petera dra nandry teo agnelagnelanigny maramila ro lahy, voafehy tamigny
ravaky rolahy, raha bo nizano niamby gny foza gny piamby teo alohanigny vantrangara.[7]Ingo, nisy azelinigny
Topo niseho tapoky teo agnilany, dra nisy hazava namirasy tao agnatinigny sfisy gny foza. Nazera an'i Petera teo
amigny ilany izy dra nanokaky anazy dra nanao anizahoky ho: "Misangana malaky." dra reo ravany niala
tamigny tagnany. [8]Gny azely nizaka taminazy ho: "Apekazogno gny vatanao dra atovy gny kiraronao." Dra
nataon'i Petera araky anizay. Gny azely nizaka taminazy ho: "Atovy gny akazonao ivelany dra magnaraha
anahy."[9]Dra nagnaraky gny azely igny Petera dra niboaky. Sy fatany fa reo ze nataonigny azely dra tena izy.
Nihevisy izy fa nahita fahita. [10]Gny fa boaky nandalo teo amigny piamby volohany vo faharo ereo, dra avy teo
amigny vavahady vy dra minday magnagny amigny tana; nisokaky ho azy tamin'ereo zay. Niboaky ereo dra
niboaky tamigny lala raiky, dra gny azely nagnenga anazy amizay.[11]Gny fa nihery tamigny vatany Petera nizaka
izy ho: "Amizao dra fataso mary fa gny Topo gny nandefa gny azely dra nagnafaky anahy tamigny tagnan'i
Heroda, vo tamigny raha aby ze nandresanigny Jiosy hiseho. [12]Gny fa tonga say tamizay izy, dra nagnagny amigny
tragnon'i Maria renin'i Jaona, atao i Marka avo koa, ze nisy olo maro nivory vo nivavaky.[13]Gny fa nandondo teo
ambavahady izy, nisy panopo apela raiky atao i Roda zay avy namaly. [14]Gny fa fatany gny feon'i Petera, tamin-
kafalia dra sy nahavita namoha gny vatrangara izy; fa koa, nadeha nihazakazaky nagna atragno agny izy,
nitateriny fa Petera nizoro teo ambavahady. [15]Dra nizaka taminazy ereo ho: "Mola hanao." Fa nagnizingizy izy fa
izahay gny izy. Nizaka ereo ho: "Gny azely zahay."[16]Fa petera nanohy nandondo, dra gny fa nisokafin'ereo gny
vatrangara, dra nahita anazy ereo dra nigaga. [17]Petera nagnesiky gny tagnany tamin'ereo ba hizano, dra nizakany
tamin'ereo gny fomba nindesanigny Topo anazy niboaky gny foza. Hoy izy ho: "Tateraho agny amin'i Jakoba vo
reo rahalahiny zay raha zay. "Dra niala izy dra nandeha tagny atamigny toera hafa.[18]Dra gny fa nazava gny andro,
dra sy nisy fietagnam-po nasaiky teo amireo maramila gny amize nitranga tamin'i Petera. [19]Gny fa boaky nialy
anazy Heroda dra sy nahita anazy, dra nagnadihady gny piamby izy dra nandidy anereo ba hovono. Dra nizoso
boaky a Jodia agny nagna amin'i Kaisaria agny izy dra nitoby tagny.
[21]Tamigny andro voatondro Heroda dra napekazo gny vatany akazo pazaka dra nipetraky teo amigny seza
fiandriagna; nikabaro tamin'ereo izy.[22]Nihiaky gny vahoaky: "Izay dra feon'Agnahary, fa sy an'olo!" [23]Teo noho eo
dra nisy azelinigny Topo namaly anazy; akory sy nagnome voninahisy an'Agnahary izy; nagnino gny kaka izy dra
maty.[24]Fa gny zakan'Agnahary nitombo vo nihamaro. [25]Dra gny fa vitan'i Barnabasy vo i Saoly gny iraky napanovy
anereo, dra nihery boakagny ereo [Gny ilany amireo dika sorasy tranainy mizaka ho: "Ereo dra nihery ta
Jerosalema agny] Jerosalema ereo, ninday an'i Jaona niaraky tamin'ereo, ze atao i Marka avo koa.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 13

1 Dra tao amigny fengona tao Antioka, dra nisy paminany vo papianasy maro tao. Ereo dra Barnabasy, Simona ( Ze
atao ho i NiGera), Lisiosa boaky amin'i Sirena, Manaena ( gny rahalahy ze niolonono tamin'i Heroda pazaka), dra
Saoly. 2 Raha bo nidera gny Topo vo Nifaly hany ereo, gny Fagnahy Masy nizaka ho: "Atokany ho anahy Barnabasy
vo i Saoly, ba hanao gny asa ze nitokavako anereo." 3 Tafaranigny nifilian'ereo hany, vo nivavahany, dra
nametrahan'ereo tagna tamireo lelahy reo, ereo dra nalefan'ereo. 4 Dra nakato gny Fagnahy masy i Barnabasy vo i
Saoly dra nandeha nizoso nagna Selosia agny; boak'egny ereo dra nitikisy sambo ho agny amigny nosinigny
Sipra. 5 Gny fa tao amigny tananigny Salamina ereo, dra nitory gny zakan'Agnahary tao amigny Synagogan'ireo
Jiosy ereo. Dra nana an'i Jaona Marka koa ereo ba ho pagnapy anereo. 6 Dra gny fa nimakivaky gny nosy raiky
manotolo magna Pafosy agny ereom, dra nahita manao aly, ze paminany Jiosy sandoky, gny agnarany dra i Bara
Jesosy. 7 Panao oly ze niara-niasa tamireo governora, Serjio Paolosy, lelahy tena mahay. Nisamborin'io lelahy io
Barnabasy vo i Saoly, akory te hahare gny zakan'Agnahary izy. 8 Fa Elimasy "panao oly" (izay gny nandika gny
agnarny) nanohisy anereo; dra niezaky gny hagnaligno gny governora hiala amigny finoa izy. 9 Fa i Saoly, atao avo
koa ho i Paoly, dra feno gny Fagnahy Masy, dra nandiniky anazy soa. 10 Dra nizaka ho: "Hanao ry zanaky gny
Devoly, hanao dra feno gny karaza-pitaky vo faharasia aby. Fahavalonize mary hanao. Sy hizano gny hame lala-
mahisinigny Topo mihisy hanao, sa sy zay? 11 Fa ingo amizao, gny tagnanigny Topo eo aminao, dra ho lasa poaky
hanao. Dra sy hahita gny masoandro aza hanao. "Teo no ho eo dra nilasaky tao amin'i Elimasy gny fahazavogna
vo gny fahamezigna; nivezivezy nagnataky tamigny olo izy ba hitata anazy amigny tagna. 12 Gny fa boaky nahita
ze raha niseho gny governora, dra nino izy, akory gaga tamigny fapenara momba gny Topo izy. 13 Dra Paoly vo gny
namany dra lasa nitikisy sambo boaly Pafosy nagnagny amigny Perga agny Pafilia. Fa Jaona koa nagnenga anereo
dra nihery ta Jerosalema agny. 14 Paoly vo reo namany dra nandeha boaky a Perga agny dra nagna Antiokian'i
Pisidia, dra tao nandeha nagna amigny Synagoga tamigny andronigny Sabata ereo dra nipetraky. 15 Tafaranigny
famakia gny lala vo gny paminany, dra nandafa hatara tagny ho: "Ry rahalahy, raha manana hafasy fapahereza
ho anigny olo eto handrareo, dra zakao izay." 16 Dra nisanga Paoly dra nanao fihesiky tamigny tagnany, nizaka ho:
"Ry olon'Israely dra handrareo ze magnome voninahisy an'Agnahary, miteno. 17 Gny Zagnahary gny olon'Israely
dra nisafidy gny babasika dra nipetraky tao amigny taninigny Egypta, dra tamigny fanandrata gny sandriny gny
nitarihiny anereo hiboaky tao. 18 Dra nandrisy gny efapolo tao teo ho eo gny nandeferany anereo tagny agnefisy.
(Fagnamariha: Gny dika-zaka taloha dra mivaky manahaky anizao: "Nandrisy gny efapolo tao eo ho eo dra niahy
anereo tagny agnefisy izy.)" 19 Dra gny fa boaky nandrava firenena fito tagny amigny tany Kanana izy, dra nameny
gny vahoakisika gny tanin'ereo ba ho lova. 20 Izay raha zay niseho zay dra fa tamigny faha dimapolo vo efa-zato
tao. tafaran'izay raha zay aby, Zagnahary nagnome pisara anereo mandra-piavin'i Saela paminany. 21 Dra
nangataky pazaka gny oloboak'eo, dra Zagnahary nagnome anazy an'i Saoly zanadahin'i Kisa, lelahy avy amigny
fokon'i Benjamina, ba ho pazaka mandrisy gny efapoly tao. 22 Dra boak'eo Zagnahary nagnalaky anazy teo amigny
fazakany, dra nanadrasy anazy teo amigny fazakany, dra nanandrasy an'i Davida ba ho pazakan'ereo. Fa izay gny
nizakan'Agnahary momba an'i Davida ho: "Fa nahita an'i Davida zanak'i Jesea zaho ba ho olonigny foko, ze hanao
ze toako aby hataony. 23 Fa boaky amigny taranak'io lelahy io gny hindesan'Agnahary panovosy ho an'Israely, dra i
Jesosy, araky ze fa napanatenany hatao. 24 Nanomboky niseho zay, talohanigny nahavian'i Jesosy, Jaona zinaka
volohany tamigny vahoakin'Israely aby momba gny batisanigny fibebaha. 25 Akory i Jaosy fa nahavita gny asany,
dra hoy izy: "Iza gny hieriseretandrareo anahy? Sy izaho gny izy. Fa hiteny, hisy raiky ho avy afarako, dra gny
kiraronigny tombony dra sy hahamendriky anahy gny hamaha anazy. 26 Ry rahalahy, zanakapelany boaky amigny
taranak'i Abrahama, dra ze midera an'Agnahary aby eo amindrareo, ho asika gny nandefasa anizay hafasy
mombanigny fomoze anizay. 27 Fa reo ze mipetraky agny Jerosalema, vo gny pinday anereo, dra sy nahafatasy
anazy, dra taterak'ereo gny voazakanigny paminany ze vakiny isa-sabasy gny amigny fanameloha anazy. 28 Na dre
sy mahisy atony soa hamonoa anazy izy ereo, dra nangataky tamin'i Pilaty avo ba hamono anazy. 29 Gny fa
taterak'ereo gny raha aby ze voasorasy momba anazy, dra napizoson'ereo tegny amigny hazo izy dra
napandriany tao andolo. 30 Fa Zagnahary koa napisanga anazy tamigny maty. 31 Dra hitanireo ze niara-niakasy
taminazy boak'agny Galilia magna gny Jerosalema izy nandrisy gny andro maromaro. Dra amizao dra reo olo reo
gny vavolombelony ho anigny olo. 32 Noho izay zahay mizaka mizaka amindrareo gny fizarasoa ze
napanatenan'Agnahary tamigny babasika ze fa taterany ho asika, 33 zanak'ereo, tamigny nananganany an'i Jesosy.
Arakize fa voasorasy ao amigny salamo faharo ho: 'Zanakao hanao, amizao dra ho lasa babanao zaho.' 34 Gny
atony nanangana anazy tamigny maty dra gny basy hahasola gny vatany, Zagnahary nizaka manahaky anizao:
'Hameko andrareo gny fahita masy vo azo atoky napanatena an'i Davida." 35 Izay koa gny nahavy anazy nizaka tao
amigny salamo hafa ho: "Sy hagnenga gny Masy hahita gny lo hanao." 36 Akory gny fa nagnatateraky reo

fagnirin'Agnahary ho anigny taranany i Davidra dra azo-tory izy, dra napandria niaraky tamireo babany izy dra gny vatany niharanigny fahavalony. [37]Fa izy nasangan'Agnahary dra sy niharanigny faharava.[38]Dra aoky ho fatandrareo anizay, ry rahalahy, fa tamigny alalani'io lelahy io gny nitalilia tamindrareo gny famela gny fahota. [39]Amigny alalany gny olo sirairay ze ze mino dra voamary amigny raha aby ze mety sy ho voamarn'io lalan'i Mosesy io.[40]Dra mitandrema ba sy hiseho amindrareo ze raha nizakanigny paminany ho: [41]"Ingo, handrareo ry paneso sinosino, dra ho gaga dra ho levo. Fa Izaho manao asa amigny androndrereo, Asa ze sy ninoandrareo mihisy, na dra misy olo mitalily anizay amindrareo az."[42]Gny fa lasa i Barnabasy vo i Paoly, dra niangavy anereo gny olo ba hitaragnen'ereo tegny reo avo amigny Sabata magnaraky. [43]Gny fa tapisy gny fivoria tao amigny Synagoga, dra maro tamigny Jiosy vo reo proselita mahafatra-po gny nagnaraky an'i Paoly vo i Barnabasy, ze nizaka tamin'ereo vo napirisiky anazy ba hanohy ao amigny fahasovan'Agnahary.[44]Tamigny mesa magnaraky, dra saiky gny tana manotolo gny niaraky niango ba hahare gny zakany Topo. [45]Gny fa nahita reo vahoaky gny Jiosy, dra feno fialogna ereo dra nizaka nonohisy reo rava ze nizakan'i Paoly vo nagneso anazy.[46]Fa Paoly vo i Barnabasy apahaviahia dra nizaka ho: "Taliavy ho voalaza amizao amindrareo meloha gny zakan'Agnahary. Fa gny fa manosiky anizay handrareo dra mihevisy gny vatandrareo ho sy mendriky gny fiegna madrakizay, dra ingo, hihery agny amigny Jentilisa zahay. [47]Araky ze fa nandidianigny Topo anay, manao anizahoky ho: "Napetrako ba ho fahazavanigny Jentilisa handrareo, zay gny tokony hindesandrareo famozena ho anireo ze agny amigny fara-vaza-tany."[48]Gny fa nahare anizay gny Jentilisa, dra faly vo nidera gny zakanigny Topo. dra maro reo ze voatendry ho amigny finoa gny fiegna mandrakizay gny nino. [49]Dra gny zakanigny Topo dra niely eraky gny farisy manotolo.[50]Fa gny Jiosy koa dra napirisihiny reo apela mahafatra-po vo mana-daza, vo reo lelahy pitariky tao atana. Niteraky fagnezeha ho an'i Paoly vo i Barnabasy zay dra niapy anereo ho agny ivelanigny sisi-taninigny tany. [51]Fa Paoly vo i Barnbasy nagnisa gny botany tamigny tombon'ereo ba hanohera anereo. Dra boak'eo ereo dra nagnagny amigny tagnan'i Ikoniama. [52]Dra gny pianasy dra feno hafalia vo gny Fagnahy Masy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 14

1 Dra tamizay tao Ikonioma Paoly vo i Barnabasy nindray nilisy tao amigny Synagoganigny Jiosy dra nizaka
tapazotoa dra gny vahoaky marobe Jiosy vo Grika dra nino. 2 Fa gny Jiosy ze sy nakato koa dra nagnakorota gny
fisianigny Jentilisa dra nahavy anereo hanohisy reo rahalahy. 3 Dra nitoby ela teo ereoo, nizaka apahavania
niaraky tamigny herinigny Topo, tamigny nagnomeza porofo mahakasiky gny hafasy gny amigny fahasoavany.
Izy nanao anizay tamigny alalanigny famatara vo fahagaga ze natao tamigny alalanigny tagnan'i Poaly vo i
Barnabasy. 4 Fe seky gny akamaroanigny tana dra nizarazara: gny olo ilany niandany niaraky tamireo Jiosy, dra
gny ilany niaraky tamireo apostoly. 5 Gny fa nagnandra nandresy lahasy gny pitariky anereo gny Jentilisa vo gny
Jiosy ba hamono vo hitora-bato an'i Paoly vo i Barnabas, 6 dra nazary nivony ereo dra nienga malaky tao
atananigny Lykaonia, Lystra vo Derbe, vo reo tana magnodidy gny farisy, 7 dra tagny ereo gny nitalily gny
filazasara. 8 Nisy lelahy raiky nipetraky ta Lystra ao, malemy gny tombony, bopaky atrondreniny agny, zefa sy
nandeha hatramizay. 9 Io lelahy io nahare an'i Paoly nizaka. Paoly nagnatriky anazy soa teo amigny masony dra
nahita fa mana finoa gny ho sitrany izy. 10 Ko nizaka taminazy izy tamigny fo mahery ho: "Misangana amigny
tombonao hanao." Gny fa boakeo gny lelahy igny dra nisanga , nidikodikosy dra nandeha teo amigny magnodidy.
11 Gny fa nahita anize nataon'i Paoly reo vahoaky maro be dra nanandrasy gny feony ereo, nizaka tamigny
fizakanigny Lykonia ho: "Nizoso boaky andagnisagny ho amisika amigny endrik'olo gny Zagnahary." 12 Nitoka an'i
Barnabasy ereo ho: "Jopitera" dra i Paoly " Merkory", akory izy gny pandaha-teny. 13 Gny pisoron'i Jopitera, zay gny
tepoly dra teo ivelanigny tana, dra ninday agnomby vo fehiloha vy teo ambavahady; izy vo gny vahoaky maro be
nikasa hagnome soro. 14 Fa gny apostoly, Barnabasy vo i Paoly gny fa nahare anizay dra naniasy gny akazony ereo
dra nandeha malaky ho ao agnatiny gny vahoaky, ntaray vo nizaka ho: 15 "Ry rahalahy, nagnino handrareo gny
manao anizay raha zay? Izahay avo koa dra olombelo mitovy fahasapa amindrareo koa. Izahay minday gny
filazasara ho andrareo, ba hindesandrareo hiala amizao zava-poa zao ho agny amin'Agnahary velo, ze nanao gny
lagnisy, gny tany, dra gny ranomasy vo gny raha aby, Izy dra nagnenga gnyt firenena aby nandeha tamigny lalany
manoka aby. 17 Kanefa, Izy dra sy nagnenga gny vatany sy hisy vavolombelo, tao amizay dra nanao gny soa Izy dra
nagnome andrareo ranon'ora boaky andagnisy agny vo vani-potoa mahavokasy, dra hameno gny fondrareo
amigny hany vo firavoravoa." 18 Fa na dre tamizay zaka zay aza, Paoly vo i Barnabasy dra sy nasahasy nihazo gny
vahoaky maro be sy hanao soro ho anaereo 19 Fa gny Jiosy boaky ao Antiokia vo Ikonioma dra avy dra nandresy
lahasy gny vahoaky. Ereo nitora-bato an'i Paoly vo nitariky anazy hiboaky gny tana, dra nieriserisy fa maty izy.
20 Dra raha bo nizoro nagnodidy anazy teo reo pianasy, dra nisanga izy dra nilisy gny tana. Gny maraindray, dra
nandeha nagna Derbe agny niaraky tamin'i Barnabasy izy. 21 Boak'eo ereo nitalily gny filazasara tao amize tana zay
dra nahazo pianasy maro, nihery ta Lystra ao ereo. ta Ikonioma ao, vo ta Antiokia agny. 22 Ereo dra nanohy
napahery gny fagnahin'ireo pianasy dra napirisiky anazy ba hanohy ao amigny finoa, no sady nizaka fa: "Sy
maisy amigny fahoria maro be gny hilirasika ao amigny fazakan'Agnahary." 23 Gny fa nanendry loholo ho anereo
teo amigny isa-pengona ereo, vo nivavaky tamigny fifaliakany, dra natolon'ereo ho anigny Topo zay, ze
ninoan'ereo. 24 Dra nandalo tamigny Pisidia ereo dra niavy ta Panfilia. 25 Gny fa nitalily gny zaka tao Perga ereo, dra
nandeha nizoso ta Italia agny. 26 Boak'agny ereo gny nitikisy sambo nizoso ho agny Antiokia, ze nahazoanereo
fahasoavan'Agnahary ho anigny asa ze vitan'ereo amizao. 27 Gny fa avy ta Antioka agny ereo dra namory niaraky
gny fengona, dra nitatisy gny raha aby ze vitan'Agnahary tamin'ereo, vo ho ino gny namoahany vatrangaranigny
finoa ho anireo Jentilisa. 28 Dra nizano fotoa ela niaraky tamireo pianasy ereo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 15

[1]Gny olo ilany dra nandeha boaka Jodia agny hatragny Antiokia dra napianasy reo rahalahy, dra nizaka ho: "Raha
sy vita tapaky araky gny fomba fanaon'i Mosesy handrareo, dra sy ho voavozy handrareo." [2]Izay dra ninday an'i
Paoly vo i Barnabasy tao agnaty fifandira vo aly hevisy tamin'ereo. Noho izay i Paoly vo i Barnabasy dra voatery
niaraky tamigny ilany hafa tamin'ereo hiakasy a Jerosalema agny ba hihaogna amireo apostoly vo reo loholo
momba anizay fognotania zay.[3]Noho izay ereo, nalefanigny fengona, dra namakivaky an'i Foinika vo i Samaria
dra nitalily gny fiova-pon'ireo Jentilisa. Ereo dra ninday hafalia lahibe tamireo rahalahy aby. [4]Gny fa avy ta
Jerosalema ao ereo, dra nitakarinigny fengona vo reo apostoly dra reo loholo, dra nitatisy reo raha aby ze
nataon'Agnahary tamin'ereo.[5]Nefa gny olo ilany ze nino, ze tao amigny tarik'ireo Fariseo, dra nisanga vo nizaka
ho: "Taliavy gny manao fanapaha anereo vo gny mibaiko anereo vo gny mibaiko anereo hitandry gny lalan'i
Mosesy." [6]Noho izay reo Apostoly vo reo loholo dra nindray nivory ba handiniky anizay raha-misy zay.
[7]Tafaranigny aly lahibe, nisanga i Petera dra nizaka tamin'ereo ho: "Ry rahaly, fatasao fa taloha ela be Zagnahary
gny nanao safidy teo amindrareo, ba ho amigny alalanigny vavako dra tokony hahare gny zakanigny filazasara
reo Jentilisa, dra hino. [8]Zagnahary ze manahafatasy gny fo, vavolombelo amin'ereo, nagnome gny Fagnahy masy
anereo, Manahaky gny nataony tamisika; [9]dra sy nanao fagnavakavaha tamisika vo tamin'ereo Izy, nagnalio gny
fon'ereo tamigny finoa.[10]Dra noho izay nagnino handrareo gny misapa an'Agnahary, ho tokony hametrahandrareo
zioga eo amigny vozon'ireio pianasy nefa na gny razasika na isika aza sy mahavita milaza? [11]Nefa mino sika fa ho
voavozy amigny alalanigny fahasoavn'i Topo Jesosy, manahaky anereo avo koa.[12]Gny olo aby drasy narevoky
nandrisy gny nitenoan'ereo an'i Barnabasy vo i Paoly mitatisy reo famatara vo reo fahagaga niasan'Agnahary ze
niasa tamireo Jentilisa tamigny alalan'ereo.[13]Gny fa nizano nizaka ereo, dra namaly Jakoba, nizaka ho: "Ry
rahalahy, tenoy zaho. [14]I Simeona dra fa nizaka gny fomba nagnapin'Agnahary ta-pahasoava volohany reo
Jentilisa ba hangalaky amin'ereo olo ho anigny agnarany.[15]Reo zakan'ireo paminany dra momba anizay, araky gny
voasorasy ho: [16]'Afaran'ireo raha reo dra hevero zaho, dra hananga ndraiky gny tragno lain'i Davida zaho, ze fa
nezera; hanambosy vo hagnery amigny loniny ndraiky reo faharavany zaho, [17]ba hitalia gny Topo reo olo sisa
tavela, ao agnatin'izay reo Jentilisa aby ze atao amigny agnarako.' [18]Izao gny zakanigny Topo, reo ze fa nanao reo
raha reo ze fa fatasy tamireo razambe faela. (Fagnamariha: Reo dika-zaka ilany taloha dra mivaky manahaky
amizao: "Izao gny nizakanigny Topo, amireo ze fatasy tamigny andro faela gny ilany aby.[19]Noho izay, gny heviso
dra sy tokony hagnakorota reo boaky amigny Jentilisa ze nitoliky tamin'Agnahary isika. [20]Fa isika dra hanorasy ho
anereo fa sy maisy miala amigny fahalotoan'ireo sapy ereo, amigny fahavetaveta, dra amigny hegnan'ireo biby
vono, vo amigny lio ereo. [21]Akory Mosesy dra fa voazaka tamigny isa-tana tamigny andro faela dra izy vaky ao
amireo Synagoga isaky gny Sabata.[22]Dra tao soa tamireo apostoly vo reo loholo, niaraky tamigny fengona
manotolo, gny hifily an'i Joda ze atao ho i Barnabasy, vo i Silasy, pitariky gny fengona, vo gny handefa anereo
agny Antokia agny miaraky amin'i Paoly vo Barnabasy. [23]Ereo dra nanorasy anitiky: "Hatragny amireo apostoly vo
reo loholo, reo rahalahy boaky a Jentily agny, boaky Antiokia, Siria, vo Kilikia: Arahaba![24]Isika dra fa nahare fa
reo olo ilany dra niala tamisika, sy nisy baiko boaky amisika, dra nagnelingely andrareo tamireo fapenara ze
napikorota gny fagnahindrareo. [25]Izao gny izy, zahay aby dra fa nagneky gny hifily reo lehaly vo handefa anereo
agny amindrareo miaraky amin'i Barnabasy vo i Paoly malalanay, [26]lelahy ze nanao gny ainy sy ho ay ho anigny
agnaran'i josesy Kristy Toposika.[27]Noho izay zahay dra magniraky an'i Joda vo i Silasy, nizaka amindrareo io raha
io avo amigny zakan'ereo manoka. [28]Fa ho soa amigny fagnahy Masy vo aminay, gny sy hapendesa anaereo eta
lahibe noho reo raha tena taliavy reo: [29]ba hialandrareo amireo raha nataondrareo ho fagnatisy amigny sapy, lio,
reo raha nivono, dra avy amigny fahavetaveta. Raha mitandry gny vatandrareo amizay handrareo, dra ho soa
amindrareo zay. Veloma."[30]Noho izay ereo, gny fa voaroaky, dra nizoso ta Antiokia; boak'eo ereo dra namory gny
vahoaky niarak, dra nanolosy gny taratasy ereo. [31]Gny fa voavakin'ereo zay, dra nifaly ereo noho gny fapahereza.
[32]Joda vo i Silasy, paminany koa, dra nakahery reo rahalahiny tamigny zaka maro vo napahery anereo.[33]Gny fa
boaky nizano fotoa visivisy tao ereo, dra nalefa apedagna boaky amireo rahalahy ho agny amigny ze nandefa
anereo ereo. [34][Fagnamariha: Gny dika-zaka tranainy indridra dra mangalaky gny andininy faha34 (Atio gny Asa
15: 40): "Nefa bo satrin'i Silasy gny hizano teo."] [35]Fa i Paoly vo i Barnabasy dra nizano ta Antiokia agny niaraky
tamireo maro hafa, ze napenarin'ereo vo nitalilin'ereo gny zakany Topo.[36]Tafaranigny andro visy i Paoly dra
nizaka tamin'i Barnabasy ho: "Ndao sika hihery fa hamangy reo rahalahy amigny tana ze naizakasika gny
zakanigny Topo agny ndraiky, dra hahita vasa manao akory ereo ao." [37]I Barnabasy dra te hinday an'i Jaona avo
koa atao i Marka hiaraky amin'ereo. [38]Nefa i Paoly nihevisy fa sy soa gny hindesa an'i Marka, ze nagnenga anereo
tagny Panfilia vo sy nanohy niara-niasa tamin'ereo niasa.[39]Boak'eo dra sisy fifandira fatrasy, dra nisaraky ereo,
dra i Barnabasy ninday an'i Marka niaraky taminazy dra nandeha sambo nagna Sipra agny. [40]Fa i Paoly nifily an'i



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Silasy dra nandeha, tafaranigny nagnomezan'ireo rahalahy anazy andrekisy ho anigny fahasoavanigny Topo.
41 Boak'eo izy dra nandeha namakivaky an'i Syria vo i Kilikia, dra napatazaky reo fengona.

Chapter 16

1Avy tagny Derbe vo Lystra avo koa i Paoly, dra ingo, teo gny pianasy raiky atao i Timoty, nazadahiny gny apela
Jiosy ze nino; Grika gny babany. 2Izy dra soa laza tamireo rahalahiny ze tagny Lystra dra Ikonioma. 3Toan'i Paoly
hiara-dia aminazy Izy; dra nalany izy dra nitapahiny noho reo Jiosy ze teo amireo toera reo, akory fatas'ereo aby
fa Grika gny babany.4Raha nandeha namakivaky reo tana maro ereo, dra nanolosy toromariky ho anireo pino ba
hakato gny fapenara, ze nireratinigny Apostoly vo gny loholo tao Jerosalema. 5dra niha-natazakky tamigny finoa
gny fengona dra nitombo isa isan'andro.6Nandeha namakivaky gny farisy gny Frygia vo Galatia Paoly vo gny
namany, akory nagnory gny Fagnahy Masy ereo nitalily gny zaka agny amigny faris'i Azia. 7Gny fa nilisy
nagnaraky an'i Mysia, dra te-handeha ho agny Bitynia ereo, nefa nisakanany Fagnahin'i Jesosy ereo. 8Dra nandalo
tamin'i Mysia, dra nandeha nizoso tagny amigny tana an'i Troasy ereo.9Nahita fahita i Paoly tamigny hariva igny :
Lelahy raiky Makedoniana nisanga teo, nitoka anazy dra nizaka ho: "Avia atiky Makedonkia dra vozeo zahay."
10Gny fa boaky nahita gny fahita i Paoly, dra nandeha hihazo an'i Makedonia avy hatragny zahay, nahasapa fa
zagnahary gny nitoka anay ba hitory gny filazasara amin'ereo.11Nitikisy sambo noho izay boaky aTroasy agny, dra
nizosy mahisy ho agny Samatrakia zahay, dra nihazo an'i Neapolia zahay gny andro magnaraky. 12Boak'eo dra
nandeha nagnagny Filipy zahay, zay isanigny tana Makedonia, ze tana mana-daza indrindra ao amigny farisy vo
gny zana-tany Romana, dra nizano tao amizay tana zay nandrisy gny andro maro zahay. 13Tamigny andronigny
Sabata dra nandeha tagny ivelanigny vavahady agnilanigny renirano zahay, ze nieriseretinay fa misy toera-
pivavaha. Nipetraky zahay dra nizaka tamireo apeka ze nindray avy teo.14Nisy apela raiky atao i Lydia zay,
pivaro-damba voloparasy boaky agny amigny tananan'i Tyatira, ze nanopo an'Agnahary, niteno anazy. Nanokaky
gny fony gny Topo hitandry gny zaka ze nizakan'i Paoly. 15Gny fa vita batisa izy vo gny akohonany, dra napiriky
anay izy, nizaka ho: "Raha nisara anahy ho matoky amigny Topo handrareo, dra milira vo moboha ao atragno."
Dra nandresy lahasy anay izy.
17Nagnaraky anay vo i Paoly boaky afara ao io apela io dra nitoka fatrasy, nanao anizahoky ho: "Reo lelahy reo
dra panopon'Agnahary avo indrindra. Mitalily amindrareo gny lala-pamozena ereo." 18Nanao anizay nandrisy gny
andro maro izy. Fa i Paoly dra nanomboky sososy taminazy dra nitoliky vo nizaka tamigny fagnahy ho: "Mandidy
anao amigny agnaran'i Jesosy Kristy zaho ba hiboaky ao aminazy." Dra niboaky zay.19Gny fa hitan'ireo Topony fa
lasa gny fanatena gny amigny tombony ho anereo, dra nisamborin'ereo i Paoly vo i Silasy dra nitarihiny ereo ho a
sena agny teo anoloan'ireo mana-pahefa. 20Gny fa ninday anereo teo anoloan'ireo pisara ereo, dra nizaka ho:
"Magnakorota gny tanasika ty lelahy tahoky. Jiosy ereo. 21Mizaka fomba ze sy ara-dalana ho anigny Romanina gny
magneky na mapihasy anereo reo.22Dra nisanga gny vahoaky nanohisyan'i Paoly vo i Silasy; nangalaky gny
lamban'ereo gny pisara dra nandidy anereo ba ho zera amigny hazo. 23Gny fa nizera ftarsy ereo, dra nalefan'ereo
agny atragnomezy dra nandidy gny piamby tragnomezy ba hiamby fatrasy anereo. 24Gny fa naharay anizay lily
zay gny piamby, dra nalefany tagny amigny farany laliky amigny foza ereo dra nifaheny teo amigny hazo gny
tombok'ereo.25Nagnodidy gny misasakaly dra nivavaky i Paoly vo i Silasy dra nahita fidera an'Agnahary, dra reo
gadra hafa niteno anereo. 26Tapoky teo dra nisy horohoro tany lahibe, dra napihozongozo gny fotosy gny foza; dra
nisokaky gny vatrangara ao aby, dra nihaha gny fehinigny olon'aby.27Taisy tamigny torimaso gny piamby gny
tragnomezy dra nahita reo vatrangara-poza nisokaky; namoaky gny sabany izy dra te ho namano tegna, akory
nieriseretiny fa nienga reo gadra tao. 28Fa nitoka tamigny feo ftrasy Paoly, nanao anizahoky ho: "Ka mandrasy gny
vatanao, akory atao aby zahay ab."29Napitoka Jiro gny piamby tragnomezy dra nilisy malaky tao agnatiny ao, toro-
hevisy noho gny tahosy, nihohoky teo anoloan'i Paoly vo i Silasy, 30dra ninday anereo niboaky vo nizaka ho:
"Topoko, ino gny sy maisy hataoko ba ho voavozy zaho?" 31Hoy ereo ho: "Minoa an'i Topo Jesosy, dra voavozy
hanao, hanao vo gny havanao."32Nitory gny teniny Topo taminazy ereo, niaraky tamigny olon'aby tao atragnony.
33Boak'eo dra nitakasy anereo tamigny hariva tamigny ora igny avo gny piamby foza. dra nanasa gny ferin'ereo
dra izy vo reo tao amigny tragnony raiky aby manotolo dra natao batisa teo gny ho eo. 34Boak'eo dra nizaka
niarasy teo atragnony i Paoly vo i Silasy dra nandroso hany teo anoloan'ereo izy, dra nifaly vokoa izy niaraky
tamireo ze tao atragnony, fa nino an'Agnahary izy.35Dra gny fa mariny gny andro, dra nandefa zaka tamireo
piamby reo pisara, nizaka ho: " Angao handeha reo lelahy reo." 36Nitatisy anizay zaka zay tamin'i Paoly gny
piamby, nizaka ho: "Napinday zaka taminahy reo pisara ba hagnenga andrareo handeha: noho izay amizao
miboaha, dra mandehana apiadagna."37Fa nizaka tamin'ereo i Paoly ho: "Nazera anay apahibemaso sy nisy fisara
ereo, na dre mizaka gny zopirenena Romanina aza zahay_ dra nalefan'ereo tao apigadra, Amizao dra tian'ereo
halefa asokosoko ra zahay? Aha! aoky gny vatan'ereo gny ho avy eto vo hitariky anay hiboaky." 38Nitatisy anizay
zaka zay tamigny pisara gny piamby, dra raha vo nahare ereo fa romana i Paoly vo i Silasy, dra natahosy ereo.
39Avy vo nialasigny tamin'ereo gny pisara dra ninday anereo niboaky, nangataky anereo ba hiala ao atana.40Dra

niala tao atragnomezy i Paoly vo i Silasy dra nagnao atragnon'i Lydia. Gny fa nahita reo lelahy i Paoly vo i Silasy, dra napahery anereo dra boak'eo dra niala tao atana ereo.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 17

1Dra gny fa nandalo reo tananigny Apostoly vo i Apolonia ereo, dra avy tao amigny tanan'i Tesalonika ereo, ze
nisy Synagogany Jiosy. 2Paoly, araky gny fomba fanaony dra nagneo amin'ereo, dra nialy hevisy niaraky
tamin'ereo aby ao amigny Sorasy Masy nandrisy gny andro Sabata telo.3Nisokafiny gny sorasy Masy dra
nihazavany fa nitalian'i Kristy gny nizaly vo hisanga ndraiky amigny maty. Hoy izy ho: "Ihoky Jesosy ze zakako
amindrareo io gny Kristy." 4Resy lahasy gny ilany tamireo Jiosy dra nagnaraky an'i Paolyvo i Silasy, agnisanizay
reo pivavaky Grika maro agnisa, dra sy keliky gny apela pitariky.5Fa reo Jiosy sy pino nandesy felogna dra
nangalaky reo olo rasy fagnahy aby agny asena reo, namory niaraky gny vahoaky, dra napitabataba gny tana tao.
Nanafiky gny tragnon'i Jasona, te hinday an'i Paoly vo i Silasy hiala gny vahoaky ereo. 6Fa gny fa sy hitany ereo,
dra nitarin'ereo i Jasona vo gny rahalahy hafa ilany ho eo agnoloanigny mana-pahefanigny tana, nitomagny, "Ty
lelahy ze napisimbadiky anizao totolo izao tahoky dra avy eto avo koa. 7Ty lelahy napandroson'i Jasona tahoky
tahoky dra manohisy gny lilin'i Kaisara; mizaka izy fa misy pazaka hafa- dra i Jesosy zay."8Voaelingely gny
vahoaky vo gny mana-pahefa teo amigny tana gny fa nahare anizay raha zay.
10Nalefan'ireo lelahy tagny Beria gny harivanigny i Paoly vo i Silasy. Gny fa avy tagny ereo, dra nilisy tao amigny
Synagoganigny Jiosy. 11Dra reo olooo reo dra mihaza kokoa noho reo agny Tesalonika, fa nitakasy zaka tamim-
pahavonognanigny say aby ereo, nandiniky vo Sorasy Masy isan'andro ba hahita raha tena tokony reo raha reo.
12Noho izay dra maro tamin'ereo gny nino, tao agnkatin'izay gny apela Grika managnanaky lelahy maro.13Fa reo
Jiosinigny Tesalonika gny fa nahare fa i Paoly dra nitalily gny zakan'Agnahary tao Beria avo koa, dra nandeha
tegny ereo dra napitabataba vo nagnorota reo vahoaky. 14Dra avy hatragny, dra nandefa an'i Paoly ho agny an-
dranomasy, fa i Silasy vo i Timoty nizano teo. 15Reo ze nitariky an'i Paoly ninday anazy hatragny amigny tanan'i
Atena. Raha nagnenga an'i Paoly teo ereo, dra nitakasy torolala boaky aminazy ho anigny Silasy vo Timoty ba
hagnagny aminazy malakilaky araky ze azo atao.16Dra nandigny anereo tagny Atena i paoly, dra avy nasiaky tao
agnatiny gny fagnahy raha vo nahita gny tana feno sapy. 17Dra nialy tao amigny Synagoga niaraky tamireo Jiosy
vo reo hafa ze nanopo an'Agnahary izy, manahaky anizay koa gny amigny toeranigny raharaham-barosy niaraky
tamireo ze teo.18Fa gny ilany tamireo filozofa Epikoreana vo Stoika avo koa nifanena taminazy. Gny ilany nizaka
ho: "Ino gny tian'io be rehaky io ho zaka?" Gny hafa nizaka ho: "To ahasigny raiky ze mitoka gny olo hagnaraky
reo zagnahary hafaha izy," akory nitory an'i Jesosy vo gny fisangana amigny maty izy.19Nangalaky an'i Paoly ereo
dra ninday anazy tao amigny Areopago, nizaka ho: "Afaky mamatasy anizay fapenara vaovao ze nizakanao zay ra
zahay? 20Fa manday raha hafahafa sy firenigny sofy hanao. Noho izay, te hahafatasy gny dikan'izay raha zay
zahay." 21(Dra gny Attenina aby vo gny vahiny nipetraky dra nandany gny fotoany tamigny sy nisy fa tamigny
fizaka mombanigny zaha-vaovao.)22Dra nisanga teo agnevonigny Areopago iPaoly dra nizaka ho: "Handrareo
lelahin'i Ateniana, hitaky fa tena reliziozy amigny fomba aby handrareo. 23Fa raha nandalo zaho dra nandiniky
gny tazonigny fomba fanopoa-pivavahandrareo, dra nahita alitara zaho misy ty sorasy tihoky ho: "Ho
an'Agnahary sy fatasy. "Ino noho izay gnyhivavahandrareo ao amigny sy fahafatara, ze nizakako amindrareo.
24Gny Zagnahary ze nanao anizao totolo izao vo gny raha-aby eo aminazy, akory Toponigny lagnisy vo gny tany
Izy, sy mipetraky ao agnaty tepoly voaory tamigny tana. 25Na izy sy nitopo tamigny tagnan'olo, manahaky gny
nitaliava raha izy, akory izy vatany gny magnome fiegna gny olo vo gny fofon'ay dra gny raha hafa aby.26Boaky
amigny olo railky nanovany gny firenena aby ho anigny olo ma hiay eo amininigny tany, namarisy gny
vanipotoan'ereo vo nanendry gny toera-ponegna vo gny andro iegna 27dra ba tokony hitalia an'Agnahary ereo,
gny hoasy mety hahatrasy vo hahita anazy ereo. Kanefa bo sy lavisy asika sirairay aby zay.28Akory isika dra velo
vo mihesiky vo mana gny maha-izy asika, manahaky gny nizakanigny ray amigny panao tonokalondrareo
manoka ho: "Fa taranany avo koa sika." 29Noho izay, akory zanan'Agnahary isika, isika dra sy tokony hieriserisy fa
gny hasoanigny fombany dra mitovy amigny volamena, na volafosy, na rasy-vonga ze niforogny boaky amigny
asa tagna vo ainga-pagnahin'Olombelo.30Noho izay dra nialignon'Agnahary gny fotonigny sy fahalala, fa amizao
mandidy gny olon'aby egny ba hibebaky izy. 31Izay gny izy akory nametraky andro izy ho ombia gny hisara anizao
totolo zao amigny fahamarigna amigny alalanigny olo ze nifiliny. Nagnome porofon'io lelahy io tamigny olo
sirairay tamigny alalanigny fanangana anazy tamigny maty zagnahary.32Dra gny fa nahare gny fisangana amigny
maty gny olon'i Atena, dra nagneso an'i Paoly gny ilany; fa gny ilany nizaka ho: "Hiteno anao ndraiky ze raha
zehoky zahay." 33Tafan'izay, nagnenga anereo i Paoly. 34Fa gny ilany tamigny olo nagnaraky anazy dra nino, tao
agnatin'izay i Dionysio Aeropagita, apela atao ho i Damary zay, dra gny ilany niaraky tamin'ereo.

Chapter 181Dra tao afaranireo raha reo Paoly dra niala tao Atena dra nagna Korinto agny.

[2]Nihao tamina Jiosy natao ho Akoila tao izy, tera-tany Ponto, ze vo avy boak'agny Italia niaraky tamin'i Prisila
valiny, akory i Klaodio nandidy gny Jiosy aby hiala a Roma ao. Paoly nagneo amin'ereo, [3]fa akory varosy mitovy
avo gny hiasany, dra nindray nipetraky tamin'ereo izy dra niasa, fa gny manao lay gny asan'ereo.[4]Dra nialy hevisy
tao amigny Synagoga isika gny Sabata i Paoly. Nandresy lahasy reo Jiosy vo Grika izy. [5]Fa gny fa nizoso boak'agny
Makedonia i Silasy vo i Timoty, dra nitenigny fagnahy hizaka amireo Jiosy fa Jesosy gny Fristy i Paoly. [6]Gny fa
nanohisy vo nagnesoeso anereo gny Jiosy, dra naofaofa gny lambany tagny amin'ereo i Paoly dra nanao ho: "Ho
eo amigny lohandrareo anie gny liondrareo; sy mana-signy zaho. Fa manomboky amizao dra ho agny amigny
Jentilisa zaho."[7]Dra niala teo ereo dra nandeha nagnagny atragnon'i Titosy Josto, lelahy ze manopo an'Agnahary.
Gny tragnony dra agnilanigny Synagoga. [8]Krispo, pitariky gny synagoga, nino gny Topo, niaraky tamireo aby ze
nipetraky tao amigny tragnony; dra maro tamireo Koritiana ze nahare momba anizay gny nino vo natao batisa.
[9]Gny Topo nizaka tamin'i Paoly tamigny fahita gny hariva ho: "Ka matahosy, dra ka makiky fa mizaka. [10]Fa izaho
momba anao, dra sy hisy olo hahazo hanao rasy anao, fa manao olo maro amity tana tihoky zaho." [11]Nitoby tao
heritao vo enim-bola i Paoly dra napianasy gny zakan'Agnahy teo amin'ereo.[12]Fa gny fa lasa governoranigny
Akaia i Galio, dra nindray nisanga reo Jiosy hanohisy an'i Paoly dra ninday anazy teo agnatrehanigny toera-
pisara; [13]nizaka ereo ho: "Io lelahy io dra mandresy lahasy gny vahoaky ba hanopo an'Agnahary ze mifahisy
amigny lala."[14]Dra nandeha hizaka i Paoly, dra nizaka tamigny Jiosy i Galio ho: "Handrareo Jiosy, raha ohasy zaka
raha raha na siaky zay, dra bo azo eriserety gny fifapiraharaha amindrareo." [15]Fa hatrizay nisian'ireo fagnotania
momba reo zaka vo agnara vo lalandrareo manoka reo, alamindrareo zay. Izaho sy magniry gny ho pisara anizay
raharaha zay."[16]Galio nangalaky anereo hiala teo amigny seza-pisara. [17]Dra nanambosy an'i Soatena izy aby, gny
panapaly gny synagoga, dra nazera anazy teo anoloanigny toera-pisara. Fa Galio sy niraharaha ze nataon'ereo.
[18]Paoly, gny fa boaky nipetraky tao nandrisy gny andro maromaro, dra namely reo rahalahiny dra niondra sambo
ho agny Syria niaraky tamin'i Prisila vo Akolia. Talohanigny niegnany teo amigny seragna-sambo dra niheteziny
tao Kenkrea gny volony noho gny voady nataony. [19]Gny fa avy tagny Efesiosy ereo, dra nangan'i paoly teo i Prisila
vo i Akoila, fa izy vatany nilisy tao amigny synagoga dra nialy hevisy tamireo Jiosy.[20]Gny fa nangataky an'i Paoly
ba hizano elaela ereo, dra nanda izy. [21]Fa nagnenga anereo izy, nizaka ho: "Bo hihery atiky zaho raha
eken'Agnahary zay." Dra nitikisy sambo niala teo Efesiosy izy boak'eo.[22]Gny fa niaso tao Kaisaria i Paoly, dra
niakasy izy dra niarahaba gny fengonanigny Jerosalema dra nizoso nagna Anto=ioky agny boak'eo. [23]Gny fa avy
nitoby ora maromaro teo izy, dra nandefa i Paoly dra niteny reo faris'i Galatia vo Frygia dra nakahery gny
pianasy aby.[24]Dra nisy Jiosy raiky natao ho Apostoly, teraky tagny a Aleksandria, avy tao Efesiosy. Izy dra nahay
nandeha tegny sady nahay soa gny Sorasy Masy. [25]Apostoly dra napenariny tamigny fapenaranigny Topo. Mahafa-
po amigny fagnahy, izy nizaka vo napianasy mary reo raha mahakasiky an'i Jesosy, kanefa gny Batisan'i Jaona
avo gny fatany. [26]Apostoly nanomboky nizaka apahasahiragna tao amigny Synagoga. Fa gny fa nahare anazy i
Prisila vo Akoila, dra nangalaky anazy ho egny amigny sisiny dra nagnazava taminazy mary vatany gny
lalan'Agnahary.[27]Gny fa nagniry hamakivaky an'i Akaia izy, dra napahery anereo rahalahiny vo nanorasy ho
anireo pianasy tao Akaia ba handray anazy. Gny fa avy izy dra nagnapy maro reo ze nino tamigny fahasoava.
[28]Apostoly nanohisy fatrasy reo Jiosy tamigny aly hevisy apahabemaso, napiseho tamigny alalanigny sorasy Masy
fa Jesosy gny Kristy.

## Chapter 19

[1]Dra gny bo tagny Korinty i Apolosy, dra nandalo tamigny firenena ambony 'i Paoly dra avy amigny tananigny Afesosy, dra nahita pianasy ilany tao. [2]Hoy Paoly tamin'ereo ho: "Nahazo gny Fagnahy Masy ra handrareo gny fa nino?" Hoy ereo ho taminazy ho: "Oho, bo sy nahare momba gny Fagnahy Masy ndraiky zahay."[3]Paoly nizaka ho: "Tao amigny ino jmoa zay gny nanova batisa andrareo?" Namaly ereo ho: "Tao amigny batisan'i Jaona." [4]Dra namaly Paoly ho: "Jaona manao batisa amigny batisanigny fibebaha. Nizaka tamigny vahoaky izy dra tokony hino gny raiky ze ho avy afara ereo, zay dra ao amin'i Jesosy.[5]Gny fa nahare anizay gny olo, dra natao batisa tamigny agnaranigny Topo Jesosy ereo. [6]Boek'eo gny fa nametraky gny tagnany tamin'ereo i Paoly, dra nilasaky tamin'ereo gny fagnahy masy vo nizaka tamigny fizaka hafa vo naminany ereo. [7]Teo amigny ro ambiny folo teo ho eo izy aby.[8]Nilisy tao amigny sinagoga i Paoly dra nizaka apahavania nandrisy gny telo vola, nandresy lahasy vo napagneky anereo gny momba gny fazakan'Agnahary. [9]Fa gny fa fatra-po vo sy nakato reo Jiosy ilany, dra nanomboky nizaka rasy gny lala teo anoloanigny vahoaky ereo. Dra nangan'i Paoly ereo dra nandesiny reo pianasy, nandresy lahasy anereo isan'andro tao amigny efitragno fapenaranigny Tiraniana. [10]Nitihy nandrisy gny ro tao zay, dra ze nipetraky tao Asia dra nahare gny zakanigny Topo, dra reo Jiosy vo reo Grika.[11]Zagnahary nanao asa mahagaga tamigny alalanigny tagnan'i Paoly, [12]na dre mosoara vo aron'akazo ze nikasiky anazy aza dra natao tamigny marary dra sitrany gny aretin'ereoreo Fagnahy rasy.[13]Fa nisy Jiosy pangala-pagnahy rasy nandeha tegny atoera. Nitoka gny agnaranigny Topo Jesosy ereo ba hanagnan'ereo hery hanohera gny fagnahy rasy aby nizaka ereo ho: "Amigny alalan'i Jesosy ze zinakan'i Paoly, mandidy anao zaho ba hiboaky gny agnarany ho Skeva vo nanagnanaky fito lahy gny nanao anizay.[15]Nisy fagnahy rasy namaly anereo ho: "Fataso Jesosy, dra fataso i Paoly; fa iza handrareo?" [16]Gny fagnahy rasy tao amigny lelahy igny dra nisapy tamireo pandroaky devoly dra nienga tao amigny tragno nifahasy vo narasy. [17]lasa fatasy gny olo aby zay, vo reo Jiosy vo gny Jentilisa, ze nipetraky tagny Efesiosy. Lasa natahosy fatrasy ereo, dra gny agnaranigny Topo Jesosy dra namem-boninahisy. [18]Dra maro tamigny pino gny nagnato vo nibebaky dra nagneky gny raha rasy ze vitan'ereo. [19]Maro reo nihira oly gny nindray ninday gny bokin'ereo vo nagnoro anizay teo amasonigny sirairay. Gny fa nagnisa gny tombom-bilinigny ereo, dra fatasy volafosy dimy aly zay. [20]Dra niely fatrasy tamigny fomba matazaky gny zakanigny Topo. [21]Dra gny fa nahavita gny asa fanopoany tagny Efesiosy i Paoly, dra nanapa-kevisy tamigny fagnahy izy ba handalo an'i Makedonia vo i Akaia tegny andala magna Jerosalema agny, hoy izy: "Gny fa avy agny zaho, dra sy maisy magna Roma agny avo koa." [22]Paoly nandefa tamireo pagnapy anazy ho agny Makedonia, i Timoty vo Erasto, ze nanapaky anazy. Fa izy vatany nizano fotoa fohy tagny Asia.[23]Tamizao fotoa zay ta Efesiosy agny dra nisy fanelingelegna lahibe mahakasiky gny lalana. [24]Fa nisy panefy volafosy raiky atao i Demetrio, nanao gny sary sikosy volafosin'i Diana, napilisy vola be ho anireo panao asa-tagna. [25]Dra nangoniny niaraky reo lelahy miandrekisy an'io asa io dra nizaka ho: "Topoko, fatasao fa amity raharaha tihoky dra mahazo vola be zahay. [26]Hitanao vo renao zay, sy ta Efesiosy agny, fa hony manera an'i Asia raiky manotolo, io Paoly io dra nandresy lahasy vo nahatoa olo maro. Mizaka izy fa sy misy zagnahary vita tamigny tagna. [27]Fa gny loza dra sy ho gny varosika avo gny sy ho ilailany sasy, fa gny tepolinigny andriamanim-bavy lahibe Diana avo koa azo havery ho sy misy dikany. Dra mety ho levom-boninahisy izy boak'eo, izy ze toponigny Asia aby vo izao totolo zao."[28]Gny fa nahare anizay ereo, dra feno hasiaha ereo dra nihiaky fatrasy, nanao ho: "Lahibe i Diana an'i Efesiosy." [29]Feno fifazevogna tao amigny tana raiky manotolo, dra niara-nifagnareseka ho ao amigny tragno fanova fapisehoa asehasy gny vahoaky. Voasambos'ereo reo piara-dia tamin'i Paoly, Gaio vo Aristarko, boaky a Makedonia agny.[30]Te hilisy tao amireo vahoaky maro i Paoly, fa nisakanan'ireo pianasy izy. [31]Gny ilany tamireo mana-pahefa tao amigny faris'i Asia zenamany dra nandefa hafasy nangataky anazy fatrasy sy hilisy ao amigny tragno fanova fapisehoa asehasy. [32]Olo ilailany gny nihiaky raha raiky, dra gny anigny ilany hafa, tao agnaty fifazavogna gny vahoaky. Gny akamaroan'ereo aza sy mahafatasy akory ho nagnino ereo gny nindray avy.[33]Gny ilany tamireo vahoaky gny napahafatasy an'i Aleksandra, ze narozin'ireo vahoaky ho egny aloha, dra nanao fihesiky tamigny tagnany i Aleksandra, te hagnome fagnazava ho anireo ze nivory. [34]Fa gny fa nahafatasy ereo fa Jiosy izy, dra nihiaky fatrasy tamigny feo raiky izy aby teo ho eo amigny ora ro, nanao ho; "Lahibe gny Artemasinigny Efesiana."[35]Gny fa naparevoky gny vavaky gny lahebenigny tana, dra nizaka izy dra: "Hanao olonigny Efesiosy, olo iza gny teo dra sy nahafatasy fa gny tananigny Efesiana dra piamby gny tepolinigny Diana lahibe vo gny sary ze nilasaky boak'agny an-dagnisy? [36]Dra hita boak'eo fa sy azo lavy reo raha reo, dra tokony hizano handrareo dra sy hanao na ino na ino sy apihevera. [37]Fa nandesindrareo ety amigny fisara reo lelahy reo sady sy pandroba tepoly gny sy pizaka rasy gny Zagnaharim-bavisika.[38]Noho izay, gny mana fiapanga manohisy gny sirairay i Demetrio vo reo panao asatagna ze miaraky aminazy, dra misokaky reo fisara dra misy solotegna ao. Angao ereo hifapy apanga. [39]Fa raha mitalia raha momba gny olo hafa handrareo, dra tokony hasanga amigny fivoria ara-


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

dalana zay. [40]Fa indrindra isika dra tandindognyn-doza ho voapanga makasiky an'io andronigny tabataba io. Sy misy atony zay fikorotagna zay, dra sy ho afaky hagnazava anizay sika." [41]Gny fa nizaka anizay izy dra, niravany gny fivoria.

## Chapter 20

[1]Gny fa tapisy gny tabataba, namory reo pianasy i Paoly dra napahery anereo boak'eo, nana veloma anazy dra
lasa ba handeha ho agny Mekedonia. [2]Gny fa nandeha tegny amireo farisy reo izy vo nanao zaka fakahereza
maro anereo, dra avy tagny Gresia izy. [3]Gny fa nizano telo vola tao izy, nisy teti-drasy niforogninireo Jiosy
hagnoregna anazy raha izy handeha hitikisy sambo ho agny Syria igny, dra nanapa-kevisy gny hihery ho agny
Mekedonia izy.[4]Nagnaraky anazy hatragny asia lavisy agny i Sopatera zanadahin'i Pyro voak'agny Beria;
Aristarko vo Sekondo, samby boaky Derbe agny; Tymoty, vo i Tykiko vo i Trofimo boak'agny Asia. [5]Fa reo lelahy
reo fa nialoha anay dra nandigny anay tagny Troasy. [6]Niondra asambo niala tao Filipy zahay tafaranigny andro
fihinana mofo sy masy, dra tao agnatinigny dimy andro dra avy tagny amin'ereo tagny Troasy zahay. Dra nitoby
tao zahay nandrisy gny fito andro.[7]Tamigny andro volohanigny herignandro, gny fa niango niaraky ba hanapaky
gny mofo zahay, dra nizaka tamireo pino i Paoly. Izy dra nikasa handeha hatramigny sasakaly izy. [8]Nisy ziro maro
tao amigny efisy ambony ze nahavianay niaraky.[9]Teo amigny vatrangarakely gny nipetraky ty tovolahy tao
agnaty torimaso laliky. Raha nizaka naharisy i Paoly, io tovolahy io, dra bo nandry, tafalasaky boak'egny amigny
riha fahatelo dra nony nareny izy dra hita fa maty. [10]Fa i Paoly nizoso, dra namehy gny vatany teo aminazy, dra
namehy anazy. Boak'eo izy nizaka ho: "Ka malahelo sasy, fa velo izy."[11]Dra niakasy ndraiky izy boak'eo dra
nanapaky gny mofo vo nihina. Gny fa boaky nizaka eia tamin'ereo hatramigny mangiran-drasy izy, dra nandeha.
[12]Ninday gny tovolahy fa velo nihery ereo dra tena faly dra faly.[13]Isika mihisy gny nandeha nialohan'i Paoly
tamigny sambo dra nitikisy sambo ho agny Aso, fa agny gny kasanay handresa an'i Paoly. Zay gny fagniria izy
vatany hatao, akory nagniry handeha androanga izy. [14]Gny fa nihao taminay ta Aso agny izy, dra nandesiny
tamigny sambo izy dra nangagny Mitylena.[15]Boak'eo nitikisy sambo boak'eo zahay dra avy tao amigny
tandrifinigny nosin'i Kio gny maraindray. Gny andro magnaraky dra nitokavako tao amigny nosinigny Samo
zahay, dra gny marainigny dra avy tao amigny tanan'i Mileto. [16]Fa Paoly nanapa-kevisy gny hitikisy sambo
handalo an'i Efesosy, ba sy handany fotoa ela agny Asia izy; akory izy dra mieky gny ho agny Jerosalema gny
andronigny Pentekosta, raha azony atao gny manao ankikzay.[17]Boak'agny Mileto gny nandefasako lelahy ho agny
Efesiosy dra napitoka gny loholonigny fengona hagneo aminazy. [18]Gny fa avy aminazy ao ereo, dra nizaka
tamin'ereo izy ho: "Handrareo vatandrareo gny mahafatasy, hatramigny andro volohany nagnisahako an'o Asia,
hanahaky gny akory gny nandaniako gny fotoako niaraky tamindrareo. [19]Izaho dra nanopo hatramigny Topo
tamigny fanetre-tegna vo ranomasom, dra tao agnaty fijalia gny nitranga taminahy izay nohonigny teti-drafis'asa
ny Jiosy. [20]Handrareo dra mahafatasy fa sy nita fahangina tamigny fagnambara tamindrareo reo aby ze nalany
zaho, vo gny fomba napenarako andrareo teo amason'olo dra tamigny isan-tragno, [21]nizoroako vavolombelo teo
amireo Jiosy vo reo Jentilisa momba gny fibebaha amin'Agnahary vo gny finoa ao amin'i Jesosy Toposika.[22]Ingo
amizao, ho agny Jerosalema zaho, niterenigny Fagnahy Masy dra sy mahay anize hahazo anahy agny, [23]fa sy ze
hapitandremanigny Fagnahy Masy zaho isaky gny tana-dehibe amireo famahea vo fizalia ze mandigny anahy.
[24]Fa izaho dra sy mihevisy gny fiegnako ho sarobidy amigny hazakako vo gny asa fanopoako ze hazakazakako vo
gny asa fanopoa ze nitakariko baoky amin'i Jesosy Topo zaho, hizaka gny filazasaranigny fahasoan'Agnahary.[25]Dra
ingo amizao, fatasao fa handrareo aby, ze nizakako gny fazaka, gny sy hahita gny tarehiko sasy. [26]Noho izay
zakako amindrareo amity andro tihoky, fa izaho dra sy mana-signy amigny lionigny olo. [27]Fa sy navoniko
tamindrareo gny fagnambara gny sitrapon'Agnahary aby.[28]Noho izay tandremo gny mombanigny vatandrareo, vo
gny momban'ireo agnondry aby ze napandreketinigny fagnahy masy andrareo. Mitandrema amigny piamby
agnondrinigny Fengonan'Agnahary, ze niviliny tamigny liony manoka. (Fagnamariha: raha toaky ka "tamigny
liomanoka" gny amigny atota taratasy faela dra mivaky ho: " Tamigny lionigny zanadahiko manoka.) [29]Fataso fa
afaranigny fandehanako, dra ho avy eo amindrareo gny amboamola masiaky dra sy hiatra anireo agnondry.
[30]Fataso fa nka dre avy amindrareo aza dra hisy olo ho avy dra hagnova gny mary ba hitariky reo pianasy
hagnaraky anereo.[31]Ko membena. Sarovy fa nandrisy gny telo tao zaho gny sy nizano napianasy gny sirairay
boaky amindrareo andro aman'aly tamigny ranomaso. [32]Amizao akiniko amin'Agnahary vo amigny zakanigny
fahasoavany handrareo, ze afaky mananga vo magnome andrareo gny lova eo amireo aby ze nihamasigny.[33]Sy
nisiririsy volafosy, volamena, na lamban'olo zaho. [34]Handrareo vatandrareo gny mahafatasy ze nitaliaviko vo reo
nitaliavin'ereo ze niaraky taminahy. [35]Tamigny raha-haby gny nagnomezako ohasy andrareo gny fomba tokony
hagnapiandrareo reo malemy amigny alalanigny asa, dra gny fomba hitaliabvandrareo gny zakan'i Topo Jesosy,
zaka ze zinakany izy vatany ho: "Mahasambasy kokoa gny magnome noho gny mitakasy."[36]Gny fa nizaka
manahaky anizay izy, dra nandohaliky vo nivavaky niaraky tamin'ereo aby. [37]Nisy fitomagniam-be teo vo namihy
an'i Paoly vo nanoraky anazy ereo. [38]Nalahelo gny maro tamizan'ereo noho ze natenany, ho: ereo dra sy hahita
gny tarehiny sasy. Boak'"eo nagnatisy anazy tegny amigny sambo ereo.

Chapter 21

[1]Gny fa niala teo amin'ereo izahay dra nitikisy sambo, dra nizosy lala-mahisy nagnagny amigny tanan'i Kosy,
nagnagny amigny Tanan'i Rody gny andro magnaraky, vo avy ao dra nagna amigny tanan'i Patara. [2]Gny fa nahita
sambo nisaky Foinika zahay, dra nilisy tao zahay dra nitikisy sambo.[3]GNy fa boaky nahita an'i Kyprosy, dra
nagnenga anizay tegny apitanigny sambo, nitikisy sambo ho agny Syria zahay vo nitikisy sambo ta Tyro ao, toera
ze namohanireo tasambo gny eta tao agnaty sambo ao. [4]Raha vo nahita anireo pianasy zahay, dra nizano tagny
nandrisy gny fito andro. Tamigny alalanigny Fagnahy dra nandresy lahasy an'i Paoly hatragny ereo ba sy
handeha ho a Jerosalema agny.[5]Gny fa tapisy gny andronay tegny, dra niala tao zahay dra nandeha tamigny
lalanay, vo ereo aby, niaraky tamireo valy ama-nanaky, nagnaraky niboaky tao amigny tana. Dra nandohaliky
tegny amorondranomasy dra nivavaky [6]dra nifanao veloma. Dra nilisy tao asambo zahay, dra ereo nihery tagny
atragnony.[7]Gny fa vitanay gny lia tagny Tyro, dra avy a Ptolemaisy agny zahay. Tagny dra nihao tamireo rahalahy
vo nizano andro raiky niaraky tamin'ereo. [8]Gny maraindray dra niala tao zahay dra nandeha tagny Sezarea.
Nilisy gny tragnon'i Filipo isika, evazelista, raiky tamireo fito, dra nizano niaraky taminazy zahay. [9]Amizao io
lelahy io dra nanagnanaky apela virziny efasy ze naminany.[10]Gny fa nizano tao nadrisy gny andro maromaro tao
zahay, dra nisy paminany raiky nizoso boak'agny Jodia natao i Agabo zay. [11]Nagnato anay dra nangalaky
fehitrokin'i Paoly izy. Taminigny gny namotorany gny tombony vo gny tagnany dra nizaka ho: "Hoy gny Fagnahy
Masy,' dra hanahaky anizao gny hamosoran'ireo Jiosy agny Jerosalema gny lelahy ze topon'ity fehitroky tihoky,
dra hanolosy anazy eo agnatrehan'ireo Jentilisa."[12]Gny fa nahare anizay raha zay zahay, dra zahay vo reo olo
mony tao amin'io toera io dra niangavy tamin'i Paoly sy niakasy ho agny Jesosalema. [13]Dra namaly i Paoly nanao
ho: "Ino gny ataondrareo, mitomagny vo mandrasy gny foko? Izaho fa vonona, sy ho fahe fosiny avo, fa ho maty
agny Jerosalema avo koa amigny agnaran'i Topo Jesosy." [14]Akory sy nagniry gny horesen-dahasy i Paoly, dra
nizano nagnandra zahay dra nizaka ho: "Aoky ho tateraky gny sitraponigny Topo."[15]Tao afaran'ireo andro reo, dra
ninday gny kitaponay zahay dra niakasy nagnagny Jerosalema. [16]Dra nisy reo pianasy ilany avo koa boaky agny
Sezarea nagnoriky anay. Ninday lelahy raiky niaraky tamin'ereo natao ho i Menasona, lelahy boaky a Sipra agny,
pianasy mety molaly, ze tokony hindresanay mitoby.[17]Gny fa avy boaky a Jerosalema agny zahay,dra nitakasy
kanay apifalia reo rahalahy reo. [18]Gny maraindray dra nagnaraky anay i Paoly ho agny amin'i Jakoba, dra teo aby
reo loholon'aby. [19]Gny fa boaky niarahaba anereo izy, dra nitatisy siraidraiky reo raha reo aby ze fa
nataon'Agnahary tamireo Jentilisa tamigny alalanigny asa fanopoanay.[20]Gny fa nahare anizay ereo, dra nidera
an'Agnahary, dra nizaka taminazy ho" Hitanao, ry rahalahy, agnarivony firy gny nino tamireo Jiosy. Tapa-kevisy
izy aby hitandry gny lalana. [21]Fa nizakan'ereo gny momba anao, fa hanao dra mapianasy reo Jiosy aby ze mitoby
eo amireo Jentilisa hahafo an'i Mosesy, dra hanao mizaka anereo sy hanapaky gny zanany, dra sy hagnaraky gny
fomba taloha.[22]Ino gny tokony hataosika? Ho ren'ereo tokoa fa avy hanao. [23]Ko atovy ze zakany aminao. Mana
lelahy efasy ze nanao voady zahay. [24]Andeso reo lelahy reo dra liovy miaraky amin'ereo gny vatandrareo, dra
aloavo gny fandanian'ereo, ba hagnarasy gny lohany ereo,. Dra ho fatasy gny olon'aby fa reo raha ze nizaka
momba andrareo dra diso. Ho fatas'ereo fa hanao dra magnaraky lalana avo koa.[25]Fa mikasiky reo Jentilisa ze
nino, zahay dra nanorasy vo nagnome torolala fa tokony hitandry gny vatany amigny raha vita soro ho anigny
sapy ereo, boaky amigny lio, avy amizay nikenda, vo avy amigny fizangazanga. [26]Boak'eo dra nalan'i Paoly reo
lelahy, dra gny maraindray, izy nagnalio gny vatany niaraky tamin'ereo, nivily tao atepoly, nizaka gny
vanipotoanigny andronigny fagnaliova, mandra-pagnatisy gny fagnatisy ho anigny olo sirairay tamin'ereo.[27]Gny
fa ho tapisy gny andro fito, reo Jiosy ilailany boakyb a Asia, nahita an'i Paoly tao atepoly, napikorota reo vahoaky
manotolo, dra nanambosy anazy. [28]Nitabataba ereo ho: "Ry olon'Israely, apio zahay". Io gny lelahy igny ze
napianasy gny olon'aby hatreza reo raha ze manohisy gny olo, gny lalana, vo ty toera tihoky. Fagnapin'izay
ninday Grika tao atepoly avo koa izy dra nandoto aty toera masy tihoky. [29]"Fa ereo teo aloha nahita an'i Trofima
ze Efezianina niaraky taminazy tao atana dra nieriserisy ereo fa i Paoly gny ninday anazy tao atepoly.
[30]Nifagnaritaky gny tana aby, dra niaraky nihazakazaky vo nanambosy an'i Paoly gny olo. Nanito anazy hiboaky
ao amigny tepoly ereo. [31]Raha teo apamonoa anereo izy, dra nisy vaovao avy tagny amigny kapiteninigny piamby
fa mikorota avokoa Jerosalema raiky manotolo.[32]Avy hadragny dra nangalaky maramila vo kapiteny izy dra
nihazakazaky nizoso nagnagny amireo vahoaky. Gny fa nahita gny kapiteny vo reo maramila gny vahoaky, dra
nizano nizera an'i Paoly ereo. [33]Dra nagnato gny kapiteny dra nanambosy an'i Paoly, dra nasany nifahe tamigny
rozo vy ro izy. Dra nagnotany izy ho iza izy ino gny nataony.[34]Gny ilany tamireo vahoaky nitabataba raha raiky vo
raha hafa. Akory sy afaky nizaka na ino na ino gny kapiteny, dra nasany nandesy ho agny amigny rova i Paoly.
[35]Gny fa avy teo amigny tohasy izy, dra nandesinireo maramila izy noho gny herisetranigny vahoaky. [36]Fa
nagnaraky tao afara gny vahoaky be dra nanohy nihorakoraky ho: "Vonoy Izy"[37]Gny fa ho nandesy tao androva


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

igny i Paoly, dra hoy izy tamigny Kapiteny: "Afaky mizaka raha aminao ra zaho?" Hoy gny kapiteny ho: "Mizaka Grika ra hanao? [38]Sy hanao ra gny Egyptiana, ze nitariky fikomia taloha agny vo nitariky reo efasy arivo lahy anigny pamono olo niboaky boaky agny agnefisy?"[39]I Paoly dra nizaka ho: "Izaho dra Jiosy, boaky amigny tanan'i Tarsosy agny Kiliaka. Izaho dra olo-pirenenigny tana manan-daza. Mangataky aminao zaho, angao zaho hizaka amigny olo." [40]Gny fa nagnenga anazy hizaka gny kapiteny, dra nisanga teo amigny tahosy i Paoly dra nanao fihesiky tamigny tanany tamigny vahoaky. Gny fa nisy fahangina, dra nizaka tamin'ereo tamigny fizaka hebreo izy. Hoy izy:

 

## Chapter 22

1"Ry rahalahy vo ry ray, tenoy gny ferovako ze hataoko aminadrareo amizao." 2Gny fa nahare an'i Paoly nizaka
tamigny zaka Hebreo reo vahoaky, dra lasa sinizaka ereo. Hoy izy ho:3" Joisy zaho, teraky tagny Tarsosy agny
Kilikia, fa nilahibe teto amity tana tihoky eto teo amigny tombok'i Gamaliela. Napenary araky gny fomba hetisy
gny lalanireo razasika zaho. Tena mafana fo hoan'Agnahary zaho, manahaky andrareo aby amizao andro izao.
4Nagneziky io lalana io ho amigny fahafatesa zaho, namotosy vo nanolosy anereo hatao atragno mezy na lahy na
vavy. 5dra gny pisorombe vo gny loholon'aby dra afaky mizoro vavolombelo. Nahare taratasy boak'agny
amin'ereo zaho ho anigny rahalahy agny Damaskosy, dra nandeha nagnagny ninday anazy reo nihery bo mifehy
hagna Jerosalema ba hagnasazia anereo.6Izao gny niseho gny fa nandeha vo nagnariny anigny Damasoky zaho,
dra tamigny mitataovovogna teo ho eo dra nisy hazava lahibe boak'agny andagnisy nanomboky namirasy
nagnodidy anahy. 7Lavo tamigny tany zaho dra nahare feo nizaka taminahy ho: 'Saoly, Saoly, nagnino hanao
magneziky anahy io?' 8Namaly zaho ho: 'Iza moa hanao io, Topoko?' Nizaka taminahy Izy ho: 'Izaho Jesosiny
Nazareta, ze ezehinao io.'9Reo ze niaraky taminahy dra nahita gny hazava, fa ereo dra sy nahafatasy gny feony ze
nizaka taminahy. 10Hoy zaho ho: 'Ino gny tokony hataoko, Topoko?' Gny Topo nizaka taminahy ho: 'Misangana vo
midira a Damaskosy agny; agny gny hizaka anao gny raha aby ze tokony hataonao.' 11Sy nahita nohonigny
famirapiratan'izay fahazava zay zaho, dra nitataranireo ze nagniraky taminahy, dra avy tagny a Damaskosy zaho.
12Nihao tamigny lelahy raiky atao i Ananiasy tagny zaho, lelahy matahosy an'Agnahary nagnaraky gny lalana vo
soa laza teo amireo Jiosy aby ze nitoby tao. 13Nagnato anahy izy, nizoro teo agnilako eo, dra nizaka ho: 'Ry
rahalahy Saoly, mahirata.' Tamizay ora zay dra nahita anazy zaho.14Dra nizaka izy ho: 'Gny Zagnaharin'ireo
razasika dra nifily anao ba hahay gny sitrapony, ba hahita gny raiky Mary, dra nahare gny feo aloaky gny vavany.
15Fa ho vavolombelo ho anazy amigny olon'aby momba ze hitanao vo renao hanao. 16Dra magnino hanao gny
mandigny? Misangana, aoky hatao batisa, vo liovy reo fahotanao, mitokava amigny agnarany."17Gny fa boaky
nihery ta Jerosalema agny zaho, dra bo nivavaky tao atepoly, vo nagnonofy zaho. 18Nahita anazy zaho nizaka
taminahy ho: 'Miala a Jesalema ao malaky, fa ereo sy magneky gny fizoroanao vavolombelo momba Anahy.'19Hoy
zaho: 'Topo, ereo dra mahafatasy fa izaho nagnagadra vo nazera reo ze nino anao tao amigny synagoga aby. 20Gny
fa nalasaky gny lion'i Stefana vavolombelo, izaho koa dra ba nisanga teo vo nagneky, dra niamby gny
fekazon'ireo ze namono anazy zaho.' 21Fa nizaka taminahy izy ho: 'Mandehana, akory halefako lavisy anireo
Jentilisa hanao.'"22Niteno anazy ereo mindra-pizakany anizay. Dra nihiaky fatrasy ereo vo nizaka ho: "Vonoy hiala
eto amity tany tihoky gny lelahy manahaky anio, akory sy mendriky gny ho velo izy." 23Gny fa narevoky ereo,
nagnary gny akazony, dra nagnary botany tamigny sioky, 24gny lahibenigny kapiteny dra nandidy an'i Paoly ba
handesy agny amigny lapa. Izy nandidy fa tokony hadigny miaraky amigny zera izy, ka ba izy vatany avo gny
tokony hahay ho nagnino ereo nanohisy anazy manahaky anizay io.25Gny fa namehy anazy tamigny kofehy holisy
ereo, dra hoy Paoly tamigny kapiteny ze nisanga teo: "Ara-dalana ho andrareo ra gny manakaravasy lelahy ze
Romana vo sy bo nisa koa? 26Gny fa nahare anizay gny kapiteny, dra nagnagny amigny lahibenigny kapiteny izy
dra nizaka anazy, nizaho ho: "Ino raha ataonao zao? Fa poninigny Romana lelahy hoky io."27Nagnato gny
lahibenigny Kapiteny, vo nizaka taminazy ho: "Zakao anahy, poniny Romana ra hanao io?" Paoly namaly ho: "Eh."
28Dra namaly gny lahibenigny kapiteny ho: "Tamigny vola be avo gny nahazoako io zopirenena io. Fa i Paoly
nizaka ho: "Nateraky ho poniny Romana zaho." 29Dra nagnenga anazy teo no ho eo gny lelahy nametra-
pagnotania aminazy igny. Natahosy avo koa gny lahibenigny Kapiteny, gny fa fatany fa poniny i Paoly, akory izy
namehy anazy.30Gny maraindray, te hahay gny mary momba reo fagnendrikendrehan'ireo Jiosy nanohisy an'i
Paoly gny lahibenigny kapiteny. Dra vihahany gny fehi vo nibekony gny pisorombe vo reo fila-kevisy aby ba
hivory izy. Dra ninday an'i Paoly nizoso izy dra nametraky anazy teo agnevon'ereo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 23

[1]I Petera dra nagnety tagny amireo pikamba tao amigny fila-kevisy dra nizaka ho: "Ry rahalahy, izaho dra fa niay
teo agnatrehan'Agnahary tamigny fierisereta soa mandraky androany." [2]Gny pisorombe Ananiasy dra nibaiko reo
ze nisanga teo agnilany ba hameleza gny vavany. [3]Boak'eo i Paoly nizaka anazy ho: "Zagnahary dra hazera anao,
hanao ry rindry voaloko fosy. hanao ra dra mipetraky hisara anahy amigny lala, nefa mandidy anahy ba ho zera,
sy araky gny lalana?[4]Reo ze nisanga teo dra nizaka ho: "Izao ra gny fomba hanevatevandrareo gny
pisoromben'Agnahary?" [5]I Paoly nizaka ho: "Sy nahafatasy zaho, ry rahalahy, ho izy gny lahibenigny pisorombe.
Fa voasorasy ho: Sy tokony hizaka rasy gny pitondra gny vahoakinao hanao."[6]Gny fa hitan'i paoly fa gny ilany
tamigny fila-kevisy dra Sadoseo vo gny Fariseo hafa, dra nizaha fatrasy tao amigny fila-kevisy izy ho: "Ry
rahalahy, Izaho dra Fariseo, zanadahin'ireo Fariseo. Izay gny izy akory izaho dra manategna soa gny
fisangananigny maty hisara anahy." [7]Gny fa nizaka anizay izy, dra nanomboky nisy fifandira teo amireo Fariseo
vo reo Sadoseo, dra gny vahoaky dra nizara. [8]Fa gny Sadoseo dra nizaka fa sy misy gny fisangana amigny maty, sy
misy gny azely, vo sy misy gny Fagny, nefa gny Fariseo dra nagneky an'izy aby reo.[9]Noho izay dra nisy fitabataba
fatrasy niseho, dra gny ilany tamireo panora-dalananigny Fariseo dra nisanga vo nialy hevisy, nizaka ho: "Zahay
dra sy mahita raha diso aminy lelahy hoky. Ino raha gny fagnahy na gny azely gny nizaka taminazy?" [10]Nony nisy
fifandira fatrasy teo, gny kapiteny pitariky dra natahosy so ba hifandropahan'ereo i Paoly, noho izay izy dra
nandidy gny maramila ba hizoso vo hangalaky anazy akeriny agny amireo pikamba ao amigny fila-kevisy, vo
hinday anazy agny an-dapa.[11]Gny hariva magnaraky gny Topo dra nizoro teo agnilany vo nizaka ho: "Ka
matahosy, fa manahaky gny nizoroanao vavolombelo momba anahy tagny a Jerosalema, gny sy maisy
hizoroanao vavolombelo agny Roma avo koa."[12]Gny fa ny maray gny andro, gny Jiosy ilany dra namoro tetiky dra
nagnozo gny vatan'ereo miaraky amigny fiegna ba sy hihina na hino na ino na ino mandra-pahavian'ereo i Paoly.
[13]Mihoasy gny efapolo olo ereo ze namoro io tetiky io.[14]Ereo dra nandeha tagny amireo pisorombe vo gny loholo
dra nizaka ho: "Zahay dra fa nanao fagnozogna lahibe tamigny vatanay, ba sy hihinana na ino na ino mandra-
pamonoanay an'i Paoly. [15]Amizao, noho izay, angao gny fila-kevisy hizaka amigny kapiteny pitariky ba hindesa
anazy hizoso eto amindrareo, dra handrareo manahaky gny hanapa-kevisy amigny raha-misy momba anazy
mary kokoa. Fa ho anay, Zahay dra vonona gny hamono anazy alohanigny fahaviany eto."[16]Nefa gny
zanadahinigny anabavin'i Paoly dra nahare fa teo apandignisa gny hamonoa anazy ereo, noho izay izy dra
nandeha vo nilisy gny lapa dra nizaka tamin'i Paoly. [17]I Paoly dra nitoka gny raiky tamireo kapiteny dra nizaka
ho: "Andeso agny amigny kapiteny pitariky ty tovolahy tihoky, fa mana raha zaka aminazy izy."[18]Noho izay gny
kapiteny dra nitakasy gny tovolahy igny vo ninday anazy tagny amigny Kapiteny pitariky dra nizaka ho: "I Paoly
gadra gny nitoka anahy ho aminazy agny, dra nangataky anahy ba hinday ty lelahy tihoky eto aminao izy." [19]Gny
kapiteny pitariky dra nangalaky anazy tamigny tana ho agny amigny toera mitoka dra nagnotany anazy ho: "Ino
zany gny tokony ho zakanao aminahy anizay?"[20]Gny tovolahy nizaka ho: "Reo Jiosy dra fa nagneky gny hangataky
aminao ba hindesa an'i Paoly hizoso agny amigny fila-kevisy maraindray, manahaky gny ho, ereo dra handeha
hagnotany gny momba anazy miaraky. [21]Nefa ka magneky anereo, akory nisy olo mihoasy gny efa-polo ze fa
vonona gny hamono anazy. Nitoka ozo ho anigny vatany ereo, ba sy hihina na hino mandra-pamonoan'ereo
anazy. Fa na dre izao aza dra fa vonona ereo, mandigny fagneke boaky aminao agny."[22]Dra nanganigny kapiteny
pifehy handeha gny tovolahy, tafaranigny nanoroany anazy ho: "Ka mizaka na amin'iza na amin'iza ho nizaka
reo raha reo taminahy hanao." [23]Boak'eo izy dra nitoka ho eo aminazy gny ro tamireo kapiteny dra nizaka ho:
"Alao gny maramila rozato ze vonona gny handeha amy Kaisara agny, vo pitikisy sovala fitopolo avo koa, dra
pinday lefo rozato. Handeha hanao amigny ro fahatelonigny aliny. [24]Izy avo koa dra nandidy anereo ba hagnome
lily ze afaky hitikiran'i Paoly, dra ba hinday anazy soa ama-sara agny amin'i Feliksa gny governora.[25]Boak'eo dra
nanorasy taratasy manahaky anizao izy: [26]"Klaodio Lisia ho an'i Feliksa Governora soa indrindra, arahaba. [27]Io
lelahy io dra nisamborinigny Jiosy dra saiky nivonon'ereo, gny fa avy teo amin'ereo niaraky tamireo miaramila
zaho dra nagnavota anazy, akory nahafatasy zaho fa izy dra olo-pirenena Romana.[28]Izao dra te hahay gny atony
niapangan'ereo anazy, noho izay dra nandesiko nizoso tao amigny fila-kevis'ereo izy. [29]Nahafatasy zaho fa
voapanga tamigny aly hevisy mikasiky gny lalan'ereo manoka izy, nefa sy nisy fiapanga nanohisy anaze ze
mendriky fahafatesa na fagnagadra. [30]Boak'eo dra napahafatary anahy fa nisy tetiky hanohera gny lelahy igny,
noho izay dra nandefa anazy teo noho eo tagny aminao zaho, dra nagnafasy gny piapanga anazy avo koa ba
hinday gny fagnamelohan'anereo anazy eo agnatrehanao. veloma."[31]Dra noho izay reo maramila dra nakato gny
baikon'ereo. Nalan'ereo i Paoly dra nandesiny tamigny hariva igny a Antipatria agny. [32]Gny maraindray, gny
akamaroan'ireo maramila dra nagnenga gny pitikisy sovala ba handeha hiaraky aminazy fa ereo dra nihery
tagny an-dapa. [33]Gny fa avy agny i Kaisara reo pitikisy sovala dra nanolosy gny taratasy igny ho anigny


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

governora, dra nanolosy an'i Paoly taminazy avo koa.[34]Gny fa namaky gny taratasy gny governora, dra nagnotany gny faritany ze niavian'i Paoly izy. Gny fa fatany fa boak'agny Kilikia izy, [35]dra nizaka ho: "Izaho dra hahare tateraky anao gny fa avy eto gny piapanga anao." Dra nasany nitana tao ao amireo foibenigny fazakan'i Heroda izy.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 24

[1]Tafaranigny dimy andro, Ana niasy gny pisoro be, gny loholo ilany, dra pikabaro atao ho Tertylo dra nandeha
tagny . Reo lelahy reo dra ninday fiapanga an'i Paoly teo anoloany governora . [2]GNy fa nisanga teo anoloanigny
governora i Paoly, dra nanomboky niapanga anazy i Tertylo dra nizaka tamigny governora ho: "Noho hanao dra
mana fedagna lahibe zahay, dra gny fahitanao dra minday fanova soa eo amigny firenenay; [3]ko apakasitraha
tateraky gny handresanay gny raha aby ze ataonao, ry Feliksa soa indrindra.[4]Ba sy hitanako andrareo ela loasy,
dra mangataky fotoa fohy amindrareo zaho ba hiteno anahy apahatonia. [5]Fa io lelahy io dra hitanay fa
pagnakorota dra gny raiky ze nitariky gny Jiosy aby manera anizao totolo zao hikomy. Izy gny pitariky gny sekta
gny handoto gny tepoly, dra nisamborinay izy. (Fagnamariha: Reo atota-taratasy taloha araky gny lalanay
izy."')[7](Fagnamariha: Reo atota-taratasy taloha dra ahita ao amigny andininy hafa 7 ho: "Fa Lysia, piandrekisy, avy
dra nangalaky anazy a-keriny teo atagnanay.") [8]Gny fa magnotany an'i Paoly mikasiky reo raha aby reo hanao,
dra ho fatasao momba anazy reo." (Fagnamariha: Reo atotataratasy taloha dra nagnapy ao amigny tapany
volohany amigny andininy faha 8 ho: "Nandefa anay teo aminao.") [9]Reo Jiosy koa dra nagnapy trotraky anireo
fiapanga reo, dra nagnamafy fa mary avokoa reo.[10]Fa gny fa nitondronigny pazaka hizaka i Paoly, dra namaly i
Paoly ho: "Fatasao fa hanao dra fa pisara teto amity firenena tihoky nandrisy gny tao maro, dra faly gny vatako
magnazava aminao. [11]Ho fatanao fa sy bo nihoasy gny ro ambiny folo andro ze gny nekarako nidera ta
Jerosalema agny. [12]Gny fa hitan'ereo tao atepoly zaho, dra sy nialy hevisy na tamin'iza na tamin'iza zaho, dra sy
napirisiky gny vahoaky, na tao amireo Synagoga, na tao atana. [13]Sy afaky magnaporofo aminao gny fiapanga ze
ataony aminahy amizao ereo.[14]Fe seky izaho magneky anizao aminao, araky gny fapenara ze ataon'ereo ho Sekta,
dra manahaky anizay koa gny hanopoako gny Zagnahariny gny razambesika. Izaho dra matoky amize ao amigny
lalan'aby vo reo voasoras'ireo paminany. [15]mana gny fahatokia an'Agnahary manahaky gny fahatokia
an'Agnahary manahaky gny olo reo zaho, fa hisy gny fisangananigny maray vo gny rasy fagnahy amigny maty.
[16]Noho izay zaho dra miezaky mandrakariva ba hana fisegna malio eo agnatrehan'Agnahary vo gny olombelo.
[17]Dra tafaranigny tao maro dra avy zaho hinday fagnapia ho anigny fireneko vo fagnomeza ara-bola. [18]Gny fa
vitako zay, nisy Jiosy visivisy boak'agny Asia nahita anahy tagny amigny fetinigny fagnadiova tao amigny tepoly,
sy niaraky tamigny vahoaky na tabataba. [19]Reo olo reo dra tokony ho eo agnatrehandrareo amizao dra hizaka ze j
hiapangan'ereo anahy, raha mana raha ereo.[20]Na koa, gny olo reo avo koa sy tokony hizaka ze hitan'ereo sy mety
aminahy atiky gny fa nisanga teo anoloanigny fila-kevisy gny Jiosy zaho, [21]raha sy ho momba gny raha raiky ze
nihikiako gny fa teo agnevon'ereo zaho: 'Izay dra mikasiky gny fisangananigny maty ze hisara anahy eto
agnatrehandrareo androany.'[22]Dra Feliksa, ze napahafatary soa momba gny fapenara. Izy dra nizaka ho: "Gny fa
mizoso boak'a Jerosalema agny i Lysia pandidy, dra hanapa-kevisy gny amigny raharahanao zaho." [23]Boak'eo izy
nandidy gny kapiteny fa i Paoly dra tokony hambena, fa ba hisy fahafaha dra sy hisy amireo namany ho sakana
amigny fagnapia ze raha taliaviny.[24]Andro visivisy tafaran'izay, dra nihery niaraky tamin'i Drosila valiny i Feliksa,
ze apelany Jiosy, dra nalefa ho an'i Paoly izy dra nahare taminazy momba gny finoa ao amin'i Kristy Jesosy. [25]Fa
gny fa nialy hevisy niaraky taminazy i Paoly momba gny fahamarigna, fahaonogna tegna, vo gny fisara ho avy,
dra lasa natahosy i Feliksa dra nizaka ho: "Mandehana manomboky amizao. Fa gny fa mana fahafa zaho afara ao,
dra handefa ho anao."[26]Nandris'izay fotoa zay avo koa, dra nanategna izy fa hagnome vola anazy i Paoly, noho
izay dra nandefa ho anazy matetiky izy dra nizaka taminazy. [27]Fa gny fa afaky ro tao, dra lasa governora
nandimby an'i Feliksa i Porsio Fastosy, fe seky Feliksa te hahazo sitraky tamireo Jiosy, dra nangany hambena avo i
Paoly.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 25

[1]Amizao, Festony nilisy tao amigny farisy, vo telo andro tafara atiky, dra niakasy boak'ao Kaiisaria izy hagna
Jerosalema agny. [2]Gny lohanigny pisoro vo reo Jiosy mana-kaza dra niiinday hasiaha an'i Paoly, dra napirisiky
anazy [3]vo nangataky taminazy ereo ba hapidi-doza an'i Paoly_dra mety hapiaso an'i Paoly ho agny Jerosalema
Festosy ba afahan''ereo mamono anazy egny andala.[4]Kanefa Festosy namaly fa gadra ao Kaisaria Paoly, dra izy
vatany dra hihery agny sy ho ela. [5]"Noho izay, reo ze afaky," hoy izy: "dra tokony handeha hiaraky aminay ho
agny. Gny fa nanao raha sy mety gny lelahy, dra tokony hiapanga anereo handrareo."[6]I Festosy dra sy nizano
nihoasy gny valo-polo andro dra boak'eo nizoso nagnagny Kaisara, dra gny andro magnaraky dra nipetraky teo
amigny toeranigny fiseragna izy dra nandidy an'i Paoly ba handesy agny aminazy. [7]Gny fa avy izy, dra nipetraky
teo agnilany teo gny Jiosy boak'agny Jerosalema, dra ninday fiapanga lahibe maro ereo ze sy afaky
niporofon'ereo. [8]Niaro-tegna i Paoly vo nizaka ho: "Sy nanao raha rasy manohisy gny lalanigny Jiosy zaho na
manohisy gny tepoly na manohisy an'i Kaisara."[9]Fe seky nitalia ze ahazoa gny fahasitrahn'ireo Jiosy i Festosy, dra
noho izay dra namaly an'i Paoly izy dra nizaka ho: "Te-hiaka ho agny Jerosalema ra hanao dra ho sarako momba
gny raha tagny reo? [10]Hoy Paoly ho: "Misangana eto nognoloanigny seza fisaran'i Kaisara zaho ze sy maisy hisara
anahy. Sy nanao rasy gny Jiosy zaho, araky gny fa fatasao soa.[11]Kanefa gny nanao rasy zaho dra raha nanao ze
mendriky gny fahafatesa, dra sy manda gny ho maty. Fa gny sy misy reo fiapangan'ereo, dra sy misy olo afaky
minday anahy ho agny amin'ereo. Mangataky an'i Kaisara zaho." [12]Gny fa boaky nizaka tamigny fila-kevisy
Festosy, dra namaly izy ho: "Nangataky an'i Kaisara hanao. Agny amin'i Kaisara gny handehanano.[13]Dra
tafaranigny andro visivisy, dra avy tamin'i Kaisara i Agripa pazaka vo Berenika ba hamangy an'i Festosy.
[14]Tafaranigny naha tao anazy nandrisy gny andro maro, dra natolos'i Festosy teo amigny pazaka gny raharahan'i
Paoly; nizaka izy ho: "Nisy lelahy raiky nangan'i Felix atiky manahaky gny gadra. [15]Gny fa tagny a Jerosalema
zaho, dra ninday fiapanga ty lelahy tihoky taminahy atiky reo lohanigny pisoro vo reo loholonigny Jiosy, dra
nangataky zaka fahasiaha ho anereo reo. [16]Namaly anereo zaho fa sy fombanigny Romana gny manolosy olo
melohanigny hiatrehany reo piapanga anazy vo hanagnany fahafaha hiaro-tegna amireo fiapanga.[17]Noho izay,
gny fa nindray avy teto ereo, dra sy nandigny anahy, fa gny andro magnaraky dra nitoby teo amigny sezanigny
fisara zaho dra nibaiko gny hapidira gny lelahy igny. [18]Gny fa nisanga reo piapanga dra nagnameloky anazy, dra
niheveriko fa sy nisy goava gny fapianga nandesin'ereo ho anazy. [19]Fa nifamaly ereo mahakasiky gny
fivavahan'ereo manoka vo momba anizay Jesosy ze maty zay, ze zinakan'i Jesosy ze maty zay, ze nambaran'i
Paoly gny fa velo. [20]Sy azoko atoko gny fomba hagnadihadia ty tranga tihoky, dra noho zay dra nagnotaniako izy
vasa vonona gny ho agny Jesosalema ba ho sara agny momba gny fiapanga reo.[21]Fa gny fa nangataky gny
hizagnogna ao apoza ba handigny gny fanapaha-kevisy gny Aperora i Paoly, dra nandidy anazy zaho ba ho tana
ao apoza izy mandra-pandefasako anazy agny amin'i Kaisara." [22]Agripa nizaka tamin'i Festosy ho: "Te-hahare ty
lelahy tihoky avo koa zaho." Maraindray, " Hoy Festosy: "Hahare anazy hanao."[23]Dra gny andro magnaraky, dra
avy niaraky tamigny lanona marobe Agripa vo Berenika; nagnao amigny efitragno lahibe niaraky tamireo
maramila pifehy vo reo lelahy manan-kaza teo amigny tana ereo. Gny fa nizaka gny lily Festosy, dra
nandesin'ereo i Paoly. [24]Hoy Festosy ho: "Agripa pazaka, vo handrareo lelahy aby ze miaraky aminay eto,
hitandrareo ty lelahy tihoky; reo vahoakinigny Jiosy aby nifagnaraky taminahy tagny a Jerosalema vo eto avo
koa, dra nitaray taminahy ereo fa sy tokony ho velo sasy izy.[25]Fataro fa sy nanao na ino na ino mendry gny
fahafatesa izy; fa akory nangataky gny Aperora izy, dra nanapa-kevisy zaho gny handefa anazy. [26]Fe seky sy misy
raha manan-daza ho soratiko agny amigny Aperora. Noho izay atony zay, dra nandesiko teo amindrareo izy,
indrindra aminao, Agripa Pazaka, ba afahako mana raha ho soratiko bebe kokoa momba gny raharaha. [27]Akory
ho sy mety aminahy gny mandefa gadra vo sy mizaka ze hiapa anazy koa.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 26

1Noho izay Agripa nizaka tamin'i Paoly ho: "Afaky mizaka ho anigny vatanao hanao." Dra nagnisy gny tagnany
Paoly dra nanao gny ferova-tegnany. 2"Maneho gny vatako manahaky gny lafy zaho, ry Agripa pazaka, ba hinday
gny raha mahazo mahazo anahy eto anoloanao androany manohisy reo fiapanganigny Jiosy aby; 3indrindra,
akory hanao fa matihany amigny fomba ama-panao vo fagnotanianigny Jiosy aby. Noho izay dra mangataky anao
zaho hiteno anahy apahareta.4Marina fa, gny Jiosy aby dra mahafatasy gny fomba fiegnako hatramigny
fahatanorako tagny amigny fireneko manoka vo tao Jerosalema. 5Ereo dra nahafatasy anahy boaky ambolohany
dra tokony hagneky ereo fa Fariseho fiegna zaho, gny hala indrindra amigny atokigny fivavahasika.6Dra mizoro
eto zaho ba ho sara akory te hapanategna ze nataon'Agnahary tamireo razasika zaho. 7Fa tihoky gny fapanatena
natenanigny fokosika roambinifolo ho takary raha nanopo an'Agnahary andro aman'aly vatany ereo. Ho an'Izay
fanatena zay, ry Agripa pazaka, gny hiapangan'ireo Jiosy anahy. 8Nagnino handrareo gny mihevisy fa sy azo inoa
fa mananga gny maty zagnahary?9Nisy fotoa zaho nihevisy tamigny vatako fa tokony hanao raha maro manohisy
gny agnaran'i Jesosy boak'agny Nazareta zaho. 10Nanao anizay tagny Jerosalema zaho. Nagnily maro tamireo pino
tagny apiza tamigny fahefa nitakariko boaky tamireo lohanigny pisoro zaho, dra gny fa voavono ereo dra
nandasaky gny vatoko hanohisy anereo zahoo.
11Nisaziko imaro ereo tagny amireo Synagoga aby dra niezaky gny hanery anereo ba hizaka rasy zaho. Nasiaky
fatrasy tamin'ereo zaho vo nagnitriky anereo na dre tagny amireo tana lavisy agny aza.12Gny bo nanao anizay
zaho, dra nandeha tagny Damaskosy niaraky tamigny fahefa vo reo lily boaky amireo lohanigny pisoro; 13dra
nizaka an-dala nagnagny, tamigny mitataovovogna, ry pazaka, dra nahita hazava noho gny masoandro zaho ze
namirasy noho gny masoandro vo izay dra namirasy nagnodidy anahy vo reo lelahy ze niara-dia taminahy. 14Gny
fa nezera tamigny tany zahay aby, dra nahare feo nizaka taminahy zaho ze nizaka tamigny zaka Hebreo ho:
'Saoly, Saoly, nagnino hanao gny magnitriky anahy? Sarosy ho anao gny hidaka fagnindro.'15Boak'eo nizaka zaho
ho: 'Iza hanao, Topo moa?' Gny Topo namaly ho: 'Izaho gny i Jesosy ze ezehinao. 16Amizao miheregna dra
misangana amigny tombokao; akory noho izao totolo izao gny nisehoako taminao, ba hanendry anao ho panopo
vo ho vavolombelo mahakasiky reo raha ze fatasao momba anahy amizao vo reo raha ze hanehako anao ao afara
kely; 17dra hagnavosy anao ao amigny vahoaky vo reo Jentilisa ze hagnirahako anao zaho, 18ba hanokaky gny
mason'ereo dra hapitoliky anereo hiala amigny mezy hagnagny amigny fahazava dra amigny herinigny Satana
hagnagny amin'Agnahary, ba hafahan'ereo mitakasy boaky amin'Agnahary gny famela-keloky gny fahota vo gny
lova ze ameko anereo ze nihamasigny tamigny finoa anahy.19Noho izay, ry Agripa pazaka, nakatoa gny fitahia
boak'agny andagnisy zaho; 20fa, gny anireo ze tagny Damaskosy aloha, dra boak'eo tagny a Jerosalema, dra nanera
gny taninigny Jodia aby, dra tamireo Jentilisa, nagnome anereo gny fahatra zaho fa tokony hibebaky vo hitoliky
amin'Agnahary ereo, hanao gny asa mendry gny fibebaha. 21Noho izay atony zay gny nanamboranigny Jiosy
anahy tao atepoly vo niezaky hamono anahy.22Nagnapy anahy hatram'izao magnisy, noho zay dra misanga zaho
dra mizoro zaho dra mizoro vavolombelo amigny olo-sotra vo amireo mana-kaza sy hiizaka na ino na ino
mihoasy ze nizakan'ireo paminany vo Mosesy fa hitranga; 23fa sy maisy hiiizaly krity, dra Izy gny ho volohany
hisanga amireo maty ba hisanga vo hisanga vo hitory fahazava ho anireo vahoaky Jiosy vo reo Jentilisa."24Gny fa
vitan'i Paoly gny ferova-tegnany, dra nizaka tamigny feo fatrasy Festosy ho: "Paoly, very say hanao; gny fenaranao
be loasy gny nahavy anao ho very say." 25Fa hoy i Paoly ho: "Sy very say zaho, ry Festosy, fa amigny fahavania
zaho mizaka zakanigny fahamarigna vo fahamatora. 26Fa gny pazaka mahafatasy gny momba anibzay raha zay;
dra noho izay, mizaka akalalaha aminazy zaho, fa resy lahasy fa sy nisy tamizay navony taminazy; akory sy natao
tagny amigny tako anizay.27Mino gny paminany ra hanao, ry Agripa pazaka? Fataso fa mino hanao." 28Agripa
nizaka tamin'i Paoly ho: "Ao agnatinigny fotoa fohy ra gny handresena lahasy anahy vo hanovanao anahy ho
Kristiana?" 29Hoy Paoly ho: "Mivavaky amin'Agnahary zaho, ba ho ao agnatinigny fotoa fohy na fotoa lava, sy
hanao avo, fa gny mahare anahy androany aby, dra hitovy aminahy, fa sy miaraky anireo ravaky reo."30Boakb'eo
nisanga gny pazaka, vo gny governora, vo Berenika avokoa, vo reo ze nipetraky niaraky tamin'ereo; 31gny fa
nagnenga gny tragno fivoria ereo, dra nifapizaka dra nizaka ho: "Ty lelahy tihoky sy manao raha mendriky gny
fahafatesa na famotora." 32Hoy Agripa tamin'i Festosy ho: "Ty lelahy tihoky dra afaky nalefa raha sy tonoka tagny
amin'i Kaisara izy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 27

1 Gny fa tapaky fa tokony hitikisy sambo ho agny Italia zahay, dra natobin'ereo i Paoly vo reo gadra hafa ho eo
ambaninigny fiahianigny kapiteny raiky atao i Jolio zay anigny rezimatany Aperora. 2 Nilisy tagnaty sambo raiky
boak'agny Adramytena zahay, ze hiondra magnaraky gny sisi-taninigny Asia. Dra nandeha an-dranomasy zahay.
Aristarko boak'agny Tesalonika agny Mekedonia dra nandeha niaraky taminay. 3 Gny andro magnaraky dra avy
tao amigny tananinigny Sidona zahay, nandesan'i Jolio an'i Paoly tamigny hasoafagnahy vo nagnenga anazy
handeha ho agny amireo namany hitakasy gny fikarakaran'ereo. 4 Boak'agny zahay gny nandeha andranomasy vo
nitikisy sambo nagnaraky gny moron'i Kyprosy, nagnariny gny nosy, akory nanohisy anay gny rivosy. 5 Boak'eo
nitikisy sambo namakivaky gny ranomasy zahay dra nagnariny gny sisitaninigny kilikia vo i Pamfilia, Boak'ao
Myra zahay, tananigny Lykia. 6 Tagny gny Kapiteny dra nahita sambo raiky boak'agny Aleksandria ze hitikisy
sambo hagna Italia agny. Napetrany tao amizay zahay. 7 GNy fa nitikisy sambo niada nandrisy gny andro maro
zahay dra gny farany avy tapahasahiragna teo agnilanigny kinidio, dra sy nagnenga anay handeha tamizay lala
zay sasy gny rivosy, dra nitikisy sambo nagnaraky gny ilany tako-drivosy gny Kreta zahay, mifanandrify amigny
Salmona. 8 Nagnaraky morony tapahasahiragna zahay, mandrapahavianay tagny amigny toera raiky atao a soa-
fitolia-sambo zay, agnilanigny tananigny Lasea. 9 Dra nandany fotoa maro zahay, fa dila avo koa gny fotoa
fifaliakanin'ireo Jiosy, dra fa lasa napidi-doza gny miondra sambo. Dra napitandry anereo Paoly, 10 dra nizaka ho:
"Ry lelahy, hitako fa ty lia hataosika tihoky dra hisy faharata vo fatiatoky maro, sy ho anigny eta vo gny sambo
avo, fa ho anigny aisika koa." 11 Fa gny kapiteny nagnome laza kokoa gny pinday vo gny toponigny sambo noho
reo raha zinakan'i Paoly. 12 Akory ao amigny sera dra sy mora raha hizano mandrisy gny ririny, dra maro tamireo
pitikisy sambo gny nanoro hevisy gny hiondra hiala eo, dra ba afaky hihazo gny tananigny Foinikasa amigny
fomba aby zahay, ba hitoby agny mandrisy gny ririny. Foiniksa dra serana agny Kreta, dra magnatriky gny
magnavaras-andrefa vo gny magnasomo-andrefa zay. 13 Gny fa nanomboky nisioky malemy gny andro boaky
asimo agny, dra nihevisy reo tasambo fa nana ze nitaliavin'ereo. dra napakasy gny vatofasiky dra niondriky
nagnaraky an'i Kreta ereo, nagnariny gny moron-dranomasy. 14 Fa afaky fotoa fohy dra nisy tafion-drivosy mahery,
natao ho Eoraklydona, nanomboky nameli fatrasy boak'agny amigny nosy. 15 Gny fa trasy gny tafiosy gny sambo
sasy, dra sy maisy nagnome lala gny tafiosy zahay dra nandesinigny rivosy tegny aby. 16 Nitikisy sambo nagnaraky
gny maronigny nosy kely raiky atao ho Kaoda zahay, dra tami-pahasahiragna gny nahafahanay niaro gny laka
famozen'ay. 17 Gny fa napekarin'ereo gny laka famozena ay, dra napesan'ereo gny talin'izay ba hamahea gny
vatanigny sambo. Natahosy ereo fa tokony handeha amboninigny fasy mandrevony Syrtiso, dra nalasak'ereo gny
vatofasiky gny ranomasy dra nandeha ho azy tegna. 18 Trasinigny fameleza mahery vaikanigny tafiosy zahay hany
ka gny andro magnaraky io dra nanomboky nagnary reo eta tagny ivelanigny sambo ereo. 19 Tamigny andro
fahatelo gny tasambo dra nagnary gny etanigny sambo tagny ivelanigny sambo tamigny tanan'ereo manoka.
20 Gny fa sy namirasy taminay nandrisy gny andro maro gny masoandro vo gny kita, dra bo namely anay gny
sioky lahibe, dra levo avokoa gny fanatena gny hahavoavozy anay. 21 Gny fa lasa lavisy sy nisy hany ereo, dra
nisanga teo amireo tasambo Paoly boak'eo dra nizaka ho: "Ry lelahy, tokony niteno anahy handrareo, dra sy
niondra boak'agny Kreta, ho trasin'izao faharata vo fatiatoky zao. 22 Amizao dra mapirisiky andrareo zaho ba
hahery, fa sy hisy fahaverezan'ay eo agnevonireo, fa ba ho gny sambo avy. 23 Fa tamigny hariva dra nisy
azelin'Agnahary ze topoko, ze topoko avo koa_ nisanga teo agnilako gny azeliny 24 dra nizaka ho: 'ka matahosy, ry
paoly. Sy maisy hisanga eo agnatrehan'i Kaisara hanao, dra ingo, Zagnahary ao amigny hasoafagnahiny gny
nagnome anao reo miasambo aby miaraky aminao.' 25 Noho izay mionogna, ry lelahy! Fa mahatoky an'Agnahary
zaho fa hitranga araky ze voazaka taminahy zay. 26 Fe seky sy maisy hidodo aminy nosy maromaro sika." 27 Gny fa
avy gny hariva faha-efasy ambiny folo, fa gny natopatopa tesy sy eroa tao amigny ranomasinigny Adrea zahay,
Tokony ho tamigny sasal'aly dra nihevisy reo tasambo fa nagnariny tagny ereo. 28 Dra nangalaky refin-drano ereo
dra nahita fa efapolo metasy gny halaliny; tafara kelin'izay, dra bo nangalaky refin-drano ndraiky ereo vo nahita
fa telopolo metasy gny halaliny. 29 Natahosy ereo so hidodo amireo vato reo zahay, dra nandasaky vatofasiky efasy
boa'ao afaran'ereo dra nivavaky ba hiavianigny mary sy ho ela. 30 Reo tasambo dra nitalia fomba handoza gny
sambo nandasaky gny laka famoze ay tagny an-dranomasy, dra noly nandasaky gny vatofasiky boak'eo andoha-
sambo ereo. 31 Fa i Paoly nizaka tamigny kapiteny vo reo maramila ho: "Raha sy mizano agnaty sambo reo lelahy
reo, sy ho voavozy handrareo." 32 Boak'eo reo maramila reo nanapaky gny talinigny laka dra vo nagnenga anizay
ho rendriky. 33 Gny fa nanomboky nihazava gny andro, dra napirisiky anereo aby i Paoly ba hangalaky hany
maromaro. Hoy izy ho: "Ty andro tihoky gny andro faha-efasy ambiny folo ze handignisandrareo dra sy
hitenoandrareo; sy nihina na ino na ino handrareo. 34 Noho izay dra mapirisiky andrareo zaho ba hahavelo
andrareo. Fa sy hisy na raiky amindrareo ze ho levo dra gny singam-bolon-dohany aza." 35 Gny fa boaky nandesiny

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

zay izy, dra nangalaky mofo dra nisaotra an'Agnahary teo amasonigny olo aby. Boak'eo izy nizarazara gny mofo dra nanomboky nihinana.[36]Boak'eo dra nahery izy aby dra nangalaky hany avo koa. [37]Olo 276 zahay gny tao agnaty sambo. [38]Gny fa nihina soa ereo, dra nihamevagnin'ereo gny sambo tamigny agnaran'ereo vary tagnaty ranomasy.[39]Gny fa avy gny andro, dra sy fatas'ereo gny tany, fa nahita helon-drano raiky nisy tora-pasy ereo, dra nifadiniky ereo raha afaky hinday gny sambo tegny. [40]Dra nitapahin'ereo vatofasiky dra nangan'ereo tagny an-dranomasy. Niaraky tamize nalasak'ereo gny taly teo amigny famarota vo nasangany gny lay ho eo amigny rivosy; dra niroso nagneo amigny pisy fasy ereo. [41]Fa boak'eo amigny toera raiky ze nisy ranomasy nifanapaky ereo, dra nizoso tamigny tany gny sambo. Dra gny loha-sambo dra nirekisy teo vo nizano sy afa-nihesiky, fa gny foriny koa nanomboky vaky nohonigny herinigny rano.[42]Gny tetik'ireo maramila dra gny hamono reo gadra ba sy ho afaky mienga ereo. [43]Fa gny kapiteny te-hamozy an'i Paoly, dra nazanony gny tetik'ereo; dra nameny baiko reo mahay misiha ba hilasaky ivelanigny sambo aloha vo ho egny angroanga. [44]Boak'eo tokony hagnaraky gny ambinigny lelahy, gny ilany agnabo hazo, dra gny ilany agnabo raha hafa boak'ao amigny sambo. Manahaky anizay gny nitranga dra gny taminay aby dra avy soa ama-sara tegny androanga.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 281Gny fa avy soa ama-sara zahay, dra hitanay fa gny tany dra natao ho Malta.

[2]Reo teratany dra sy nagnome hasoa-fagnahy sotra taminay avo, fa nandrehisy afo ereo dra napandroso anay aby
, nohonigny oram-be vo hasiaky.[3]Fa gny fa nanango hita vo nametraky anizay teo amigny afo Paoly, dra nisy
menarana niboaky nohonigny hafana, vo nifehy tamigny tagnany. [4]Gny fa nahita gny biby nihato teo amigny
tagnany reo teratany, dra nifapizaka ereo ho: "Tena pamono olo ze nienga boak'agny andranomasy io lelahy io,
gny rariny dra sy tokony ho velo izy."[5]Fa boak'eo nagnozongozo gny biby ho agnaty afo izy nefa sy narasy.
[6]Nandigny anazy ba ho voanigny tazo na ho maty tapoky ereo. Fa gny fa boaky nagnety anazy maharisy ereo dra
nahita fa sy nisy raha sy mahazasy nazo anazy, dra niova hevisy ereo vo nizaka fa izy dra zagnahary.[7]Dra
tamigny toera mariny teo nisy reo tany ze anigny lelahy lahibenigny nosy, lelahy atao i Poplio zay. Nitakasy anay
izy vo nagnome hany anay tamigny hasoa-fagnahy nandrisy gny telo andro. [8]Gny baban'i Poplio dra nararinigny
tazo vo mivala lio. Gny fa nagnagny aminazy i Paoly, dra nivavaky izy, nametraky gny tagnany teo aminazy, vo
nagnasitra anazy. [9]Tafaranigny nitrangan'izay, dra nagnato anazy avokoa gny ambinigny vahoaky aby ze narary
teo amigny nosy dra nisitrany. [10]Gny vahoaky avo koa dra nagnome voninahisy anay tamigny voninahisy maro.
Dra gny fa nioma handeha hitikisy sambo zahay, dra nagnome anay ze nitaliavinay ereo.[11]Afaka telo vola zahay
dra nandeha niondra tamigny sambo nizano tao amigny nosy nandrisy gny ririny, sambon'i Aleksandria, misy"'
sarikamban'agnahary" eo anoloanigny sambo. [12]Gny fa avy tamigny tanan'i Sirakosa zahay, dra nitoby tao
nandrisy gny telo andro.[13]Niala boak'eo zahay gny nitikisy sambo tagny amigny tanan'i Regioma. Dra gny fa afaky
andro raiky dra nisy rivosy nisioky boak'agny asimo, dra ro andro zahay vo niavy a tanan'i Potioly ao. [14]Tao gny
nahitanay gny rahalahy ilany vo nanasa anay ba hizano hiaraky amin'ereo mandrisy gny fito andro. Tamigny
alalan'izay gny nahavianay a Roma agny. [15]Boak'egny reo rahalahy, tafaranigny naharezan'ereo gny momba anay,
dra avy niseza anay hatregny amigny senan'i Apio vo reo tragnom-bahiny telo. Gny fa nahita gny rahalahiny
Paoly, dra nisaotra an'Agnahary izy dra nahazo hery.[16]Gny fa nilisy tao Roma zahay, dra nahazo lala hira-hiay
amireo maramila niamby anazy i Paoly. [17]Dra gny fa afaky hateloa tafaranizay dra napitoka gny lelahy vo gny
petarky teo amigny Jiosy rei i Paoly. Gny fa niaraky avy ereo, dra nizaka tamin'ereo izy ho: "Ry rahalahy, na dre sy
nanao raha rasy tamigny olo na gny fomban'ireo razambesika aza zaho, dra natolosy ho gadra ta Jerosalema agny
teo atagnanigny Romana. [18]Gny fa boaky nagnadihady anahy ereo, dra nagniry gny hamono anahy, akory sy nisy
atony tokony hapigadra anahy na hovono.[19]Fa gny fa gni nahisy gny fagnirian'ereo gny Jiosy, dra voatery zaho
napitoka an'i Kaisara, na dre sy manahaky gny ho ninday fiapanga hanohisy gny fireneko aza. [20]Nohonigny
tokako, dra nangataky gny hahita andrareo vo hizaka amindrareo zaho. Izay dra nohonigny fahatokian'Israely
momba gny fahamatora anahy amity ravaky tihoky.[21]Boak'eo dra nizaka taminazy ereo ho: "Bo sy nahare gny
taratasy momba anao boak'a Jodia agny zahay, na na gny rahalahy avy vo nitatisy na nizaka raha rasy momba
anao. [22]Fa tianay ho re aminao gny eriserisao momba anizay sekta zay, akory fatasay fa rasy laza egny amigny
maro egny zay.[23]Gny fa nisafidy andro ho anereo reo, dra maro kokoa reo olo nagnato anazy tagny amigny tragno
nivahiniany. Napahafatasy gny raharaha tamin'ereo izy, dra nizoro vavolombelo mombanigny fazakan'Agnahary.
Niezaky nandresy lahasy anereo gny momba an'i Jesosy izy, na tamigny alalan'i MOsesy zay na tamigny
alalanigny paminany, nanomboky maraindray dra hatramigny hariva. [24]Gny ilany dra resy lahasy tamireo raha
ze nizakany, gny hafa koa dra sy nino.[25]Gny fa synifagnaraky ereo, dra lasa tafaranigny nitalilian'i Paoly ty zaka
raiky tihoky ho: "Gny Fagnahy Masy dra nizaka soa reo razandrareo tamigny alalan'Isaia paminany. [26]Hoy izy ho:
"Mandehana agny amireo vahoaky reo vo zakao ho: "Amigny fitenoa haharezandrareo, fa sy hahatakasy; vo
amigny fahita gny hahitandrareo, fa sy hahita.[27]Fa nihadoto gny fon'ireo olo reo, dra sorasy amigny sofin'ereo gny
hahare, dra nanapiky gny masony ereo. Fa gny sy zay dra mety afaky hahita amigny masony ereo, dra hahare
amigny sofiny, vo hahatakasy amigny fony dra hihery ndraiky, dra hagnasitra anereo zea."'[28]Noho izay, Tokony ho
fatandrareo fa ze famezen'Agnahary zay dra nalefa tamireo Jentilisa, dra hiteno ereo." [29](Fagnamariha egny
amigny farany ambaninigny pezy: Asa 28-29- Gny atotataratasy ilany dra mana gny andininy. 29 ho: "Gny fa
niteno reo raha reo izy, dra lasa gny Josy. Nisy fifandira lahibe teo amin'ereo.")[30]Paoly dra niay nandrisy gny ro
tao magnizisy tao amigny tragnony nihofa manoka, dra nitakasy ze tao aminazy izy. [31]Nagnambara gny
fazakan'Agnahary izy dra napenariny reo raha momban'i Topo Jesosy Kristy tamigny fahavania. Dra sy nisy
nanaka izy.

# Romans

Chapter 1

1 Paoly, panopon'i Jesosy Kristy, dra voatoka ho apostoly, dra voatoka ho pitory gny filazasaran'Agnahary. 2 Io gny
filazasara ze fa napanatenany meloha tamigny alalan'ireo paminany tao amigny Sorasy Masy. 3 Izay dra
mombanigny Zanadahiny, ze teraky boaky amigny taranak'i Davida araky gny nofo. 4 Tamigny fisanga tamigny
maty, dra voazaka ho gny zanaky maherin'Agnahary tamigny herinigny Fagnahinigny fahamasigna Izy_ dra
Jesosy Kristy Toposika. 5 Tamigny alalany gny nandresasika fahasoava vo gny maha-apostoly amigny fakatoava
gny finoa eo amigny firenena aby, noho gny Agnarany. 6 Amigny firenena reo, handrareo avo koa dra voatoka ho
an'i Jesosy Keisty. 7 Ty taratasy tihoky dra ho an'ireo ao Roma aby, ze malalan'Agnahary, ze voatoka ho olo-masy. Ho
amindrareo anie gny fahasoava, vo fedagna avy amin'Agnahary Rasika vo i Jesosy Kristy Topo. 8 Volohany, Isorako
gny zagnahariko amigny alalan'i Jesosy Kristy noho gny amindrareo aby, akory gny finoandrareo dra fa zinaka
manera anizao totolo izao. 9 Fa i Zagnahary gny vavolombelo, ze toposika ao amigny fagnahiko ao amigny
filazasaranigny zanany, fa sy misahasy mizaka andrareo aminazy zaho. 10 Mangataky avo zaho amigny vavaky
ataoky gny ba ahombiazako amigny fomba aby araky gny sitrapon'Agnahary ba ho avy amindrareo. 11 Fa izaho dra
magniry gny hahita andrareo, ba afahako magnome fagnomeza-pagnahy ilailany ho andrareo, ba hapahery
andrareo. 12 Izay, dra magniry zaho gny ba hifakaherezasika eto agnevosika, amigny alalanigny finoanigny
sirairay aby, gny andrareo vo gny anahy. 13 Amizao sy tiako handrareo sy hafatasy, ry rahalahy, ho matetiky zaho
gny mana fikasa hagnato andrareo, (nefa izaho dra vosaka mandrak'amizao), ba hahazoa vokasy eo amindarreo,
manahaky gny fa nahazoako gny ambin'ireo Jentilisa avo koa. 14 Izaho dra pitrosa amireo Grika vo reo vahiny,
amigny hendry vo mola. 15 Noho izay, aminahy dra vonona avo koa zaho hitory gny filazasara ho andrareo ze a
Roma agny. 16 Fa izaho dra sy megnasy amigny filazasara, fa izay gny herin'Agahary ho famozena reo ze mino aby,
ho anigny Jiosy aloha dra ho anigny Grika. 17 Fa amizay gny anehoa gny fahamarignan'Agnahary boaky agny finoa
ho amigny finoa, araky ze voasorasy ho: "Gny mary dra velo amigny finoa." 18 Fa gny fahasiahan'Agnahary dra
naseho boaky andagnisy agny manohisy gny harasia-pagnahy vo gny sy fahamarignanigny olo, ze manaka gny
fahamarigna amigny alalanigny sy fahamarigna. 19 Izay dra ze fatasy momban'Agnahary dra hitan'ereo maso. Fa
nihazavan'Agnahary ereo. 20 Fa reo endriny ze sy hita maso, ze heriny sy misy fetra vo maha-Zagnahary anazy, dra
hita nazava soa, nanomboky tamigny fanapaha anizao totolo izao, tamireo raha ze nitapahy, Noho izay dra sy
mana fela-signy ereo. 21 Izay na dre fa nahafatasy gny momban'Anagnahary aza ereo, dra sy nagnome voninahisy
amigny maha Zagnahary anazy, na koa nisaotra anazy. Fa ko, lasa mola asainy ereo, dra nihamezy gny fo
doton'ereo. 22 Ereo dra nizaka anereo ho hendry, kanefa dra niha-lasa mola. 23 Gny voninahisin'Agnahary sy mety lo
dra natakalon'ereo sarin'endrikolombelo mety lo, voro, biby mana-tomboky efasy, vo reo raha mige. 24 Noho izay
dra natolon'Agnahary ho amigny filanigny fon'ereo ho amigny fahalotoa ereo, ba ho afa-boninahisy eo amin'ereo
avo gny vatan'ereo. 25 Ereo gny nanakalo gny fahamarignan'Agnahary tamigny vandy, dra ze midera vo manopo
gny zava-boahary fa sy gny Nahary, ze dera mandrakizay. Amena. 26 Noho izay, nalosin'Agnahary ho amigny filan-
drasy mamoafaly ereo, fa reo apelan'ereo dra nanakalo reo fifandresa voazagnahary tamireo ze sy voazagnahary.
27 Namahaky anizao koa, reo lelahy dra nagnenga gny fifandresan'ereo voazagnahary miaraky amigny apela dra
napirehetinigny filana ara-nofo ho anigny izy samby izy. Reo dra lelahy ze nanao fihesiky mahamegnasy miaraky
amigny lelahy dra nitakasy tao amin'ereo gny sazy ze mendriky anereo nohonigny fahasoavan'ereo. 28 Akory sy
nagneky gny hana an'Agnahary ao amigny fieriseritany ereo, dra nameny say sy mendriky ereo, ba hanova reo
raha ze sy mety. 29 Ereo dra feno gny sy fahamarigna, faharasia, fisiririta, dra lolopo aby. Ereo dra feno felogna,
famonoa, fifandira, fitaky dra fikasa rasy. 30 Ereo dra pifosa, pagnendrikendriky. dra palaiky an'Agnahary. Ereo dra
mahary setra, miavo, dra mirehareha. Ereo dra pamoro raha rasy, dra ereo dra sy makato gny ray aman-dreniny.
31 Ereo dra sy itokisa, sy misy fitiava viazagnahary, dra sy mamindra fo. 32 Hain'ereo reo gny lalan'Agnahary, fa reo
ze manao raha manahaky anizay dra mendriky gny fahafatesa. Fa sy reo raha reo avo gny ataony, fa magneky
reo hafa ze manao anireo koa.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 2

[1]Noho izay dra sy mana fela-signy hanao ze misara, fa ze isaranao gny hafa gny asiaha gny vatanao. Fa hanao ze
misara dra manao reo avo koa. [2]Nefa fatasika fa gny fisaran'Agnahary dra araky gny mary gny fa mezera amireo
ze manao raha manahaky anireo zay.[3]Fa hevero zao, ry olo, hanao ze misara reo ze manao raha manahaky
anireo na dre manao manahaky anireo koa aza hanao. Hisoaky gny fisaran'Agnahary ra hanao? [4]Da
hamevagninao gny harenigny hasoa-fagnahiny, gny fandeferany, dra gny faharetany? Sy fatasao ra fa gny hasoa-
fagnahy dra natao hitariky anao amigny fibebaha?[5]Fa izay dra ho amigny halahbenigny hamafy vo sy
fibebahanigny fondrareo gny anangonandrareo fahasiaha ho anigny vatandrareo amigny andro fahasiaha, izay
dra gny andonigny fanehoa gny fisara marin'Agnahary. [6]Hamaly gny olon'aby amigny fatra mitovy amireo
nataony Izy: [7]hagnome araky gny fahareta, gny asa soa mitalia dera, voninahisy, gny sy fahafatesa, fiegna
mandrakizay izy.[8]Fa ho anireo ze mitalia ho anigny vatany, ze sy makato gny mary fa makato gny sy fahamarigna,
dra ho avy gny fahasiaha vo gny fasy. [9]Zagnahary dra hinday fahoria vo fahatra amigny fagnahiny gny olon'aby
ze nanao rasy, amigny Jiosy aloha, dra amigny Grika avo koa.[10]Fa dera, laza, dra fedagna gny ho avy amireo ze
manao gny soa, amigny Jiosy aloha, dra amigny Grika avo koa. [11]Fa sy misy fengara miaraky amin'Agnahary. [12]Fa
ze nanota aby sy nana gny lalana dra ho levo sy mana lalana avo koa, dra ze nanoya niaraky tamigny fagnaza
gny lalana dra ho sara araky gny lalana aby.[13]Fa sy reo pahare gny lalana gny mary eo agnatrehan'Agnahary, fa
reo ze mapihasy gny lalana gny nihamarigny. [14]Fa reo Jentilisa, ze sy mana gny lalana, gny fa manao gny raha
mombanigny lalana araky gny voazagnahary, dra ereo gny lalana ho anigny vatany, na dre sy mana gny lalana
aza ereo.[15]Amizay gny anehoan'ereo fa gny asa angatahinigny lalana dra voasorasy ao apon'ereo. Gny
fieriseretan'ereo avo koa dra vavolombelo ho anereo, dra gny fisaignan'ereo manoka na dre masiaky na miaro
anereo amigny vatan'ereo [16]ko amin'Agnahary. Izay dra hitranga amigny andro ze hisaran'Agnahary reo
sembaratelonigny olon'aby, araky gny filazasarako, amigny alalan'i Jesosy Krisy.[17]Fa Raha tao dra Jiosy gny
hitokavanao gny vatanao dra miaky amigny lalana mirehareha ao amin'Agnahary,
[19]dra raha toa ka resy lahasy hanao fa gny vatanao dra pitariky gny poaky, fahazava ho anireo ze ao amigny
mezy, [20]pagnisy gny mola, mapianasy gny zaza, dra nagnanao ao amigny lalana gny endriky gny faheza vo gny
mary, dra ino zay gny fiatraikan'izay amigny fomba hiegnanao gny fiegnanao?[21]Dra hanao ze mapianasy reo
ilany, sy mapianasy gny vatanao ra hanao? Hanao ze mitory manohisy gny halasy, mangalasy ra hanao? [22]Hanao
ze mizaka fa sy tokony hizangazanga, mizangazanga ra hanao io? Hanao ze malaiky gny sapy, mandroa reo
tepoly ra hanao io?[23]Hanao ze faly mirehareha ao amigny lalana, mangala-baraka an'Agnahary ra hanao amin'io
fandikanao gny lalana io? [24]Fa "gny agnaran'Agnahary dra fa afa-baraka teo amireo Jentilisa noho handrareo,"
araky anize fa voasorasy.[25]Fa mahazo tombony amigny fanapaha vatany handrareo raha toa dra makato gny
lalana, fa raha mandika gny lalana handrareo, dra lasa sy voatapaky na dre fa voatapaky aza handrareo.
[26]Arak'izay, raha olo sy voatapaky gny mitandry ze takenigny lalana, sy hatao ho isanigny voatapaky ra izy na dre
sy voatapaky aza? [27]Dra sy ho helohinigny raiky ze sy mitapaky ara-boazagnahary ra handrareo raha toa ka mana
gny lalana izy? Izay dra mana gny lalana voasorasy vo gny fanapaha handrareo, nefa bo mandika gny lalana.[28]Fa
izy dra sy Jiosy amigny endriky ivelany avo; na amigny fanapaha ze miseho amigny endriky ivelanigny nofo avo.
[29]Fa izy dra Jiosy ao agnatiny, dra gny fanapaha ze anigny fo, ao amigny Fagnahy, fa sy ao amigny Sorasy. Gny
fidera gny olo manahaky anizay dra sy avy amigny olo fa avy amin'Agnahary.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 3

[1]Dra ino seky zay gny tombo-soa anagnanigny Jiosy? Dra ino gny tombosoanigny fanapaha? [2]Soa zay amigny
fomba aby. Volohany indrindra, reo Jiosy dra nagnakigna gny fitalilia boaky amin'Agnahary.[3]Fa ino raha sy nana-
pinoa reo Jiosy ilany? Gny sy finoan'ereo ra gny hahavy gny fahatokin'Agnahary sy ho tateraky? [4]Sy hisy mihisy
anie zay. Fa angao ho hita fa mary i Zagnahary, na dre mavandy aza gny olon'aby. Araky gny voasorasy ho:
"Hasehoy amigny zakandrareo fa olo-mary handrareo, dra aseho gny fa avy amigny fisara handrareo."[5]Fa raha
manahaky gny sy fahamarignasika gny maneho gny fahamarignan'Agnahary, ino gny azosika hozaka? Afaky
mizaka ra isika fa sy mary zagnahary amigny famoahany gny siakiny amisika, sa sy zay? (mapiasa
lahatenin'Olombelo zaho.) [6]Sy hisy mihisy anie zay! Aokry amigny fomba akory seky gny hisaran'Agnahary
an'izao totolo izao?[7]Fa raha tao gny fahamarignan'Agnahary dra magnome fidera maro ho anazy amigny
lalanigny vandy, dra nagnino seky zaho gny bo sara ho panota?[8]Fa nagnino gny sy mizaka, araky gny tatisy diso
ze zaka fa zakasika, araky gny fahamafisanigny ilany fa nizakasika ho: "Angao zahay hanao rasy, ba hevianigny
soa"? Rariny gny fisara atao amin'ereo.[9]Ko ino seky? Magnome rariny gny vatasika ra isika? Sy izay mihisy. Fa
isika dra fa nagnameloky gny JIosy vo gny Grika, izy aby, ho panota. [10]Izay dra araky gny voasorasy ho: "Sy misy
olo-mary, na dre raiky aza.[11]Sy misy na dre raiky aza mahafatasy. Sy misy na dre raiky aza mitalia an'Agnahary.
[12]Lasa nihataky avokoa ereo aby. Lasa sy misy taliava anazy ereo aby. Sy misy ba manao gny soa, sy misy na dre
raiky aza.[13]Gny vozon'ereo dra lolo misokaky. Gny lelan'ereo dra mamitaky.Gny poizin'ireo bibilava dra ao
ambaninigny molos'ereo. [14]Gny vavan'ereo dra feno ozo vo olo-po.[15]Gny tombon'ereo dra havana amigny
fandasahan'dio. [16]Gny fanola vo gny fizalia dra egny amigny lalan'ereo. [17]reo olo reo dra sy nahay gny lalanigny
fidagna. [18]Sy ba misy tahosy an'Agnahary eo anoloanigny mason'ereo."[19]Amizao dra fatasika fa na ino na ino
zakanigny lalana, dra meatefa agny amireo ze ambany lalana. Izay dra ba hahavy gny vavanigny sirairay
hangina, dra ba hahazo valiny boaky amin'Agnahary izao totolo izao. [20]Izay dra sy hisy nofo hohamarigny amigny
asanigny lalana eo amasony. Fa amigny alalanigny lalana gny hiavianigny fahalala gny fahota.[21]Fa amizao dra
napahafatary avo koa gny fahamarignan'Agnahary sy amigny lalana. Niporofonigny lalana reo paminany, [22]fa
izay, gny fahamarignan'Agnahary amigny alalanigny finoa an'i Jesosy Kristy ho anize aby mino. Akory sy misy
fagnavahy.[23]Fa nagnato gny olon'aby dra sy mana gny voninahin'Agnahary, [24]dra ereo dra hamarigna
maimaipoana amigny fahasoavany amigny alalanigny fagnavota ze ao amin'i Kristy Jesosy.[25]Fa i Zagnahary
nagnome an'i Kristy Jesosy ho fagnatisy amigny alalanigny finoa gny liony. Natolony ho porofonigny
fahamarignany Kristy, nohonigny sy fagnatiany gny ota taloha [26]amigny faharetany. Nitranga izay aby zay ho
fapisehoa gny fahamarigna amin'izao fotoa izao. Izay dra ba hafahany magnaporofo fa mary gny zakany, dra ba
hanehoa fa izy dra magnamary gny olon'aby noho gny finoa an'I Jesosy.[27]Eza seky zay gny firenena? Voafafa zay.
Fa ino gny atony? Amigny asa ra? Aha, fa nohonigny finoa. [28]Manapa-kevisy zay isika fa gny olo raiky dra
hamarigny araky gny finoa sy misy reo asanigny lalana.[29]Sa Zagnahariny gny Jiosy raiky avo ra gny Zagnahary?
Moa ra sy Zagnaaharin'ireo Jentilisa koa Izy? Eny, anigny Jentilisa koa. [30]Raha raiky vatany gny Zagnahary, dra
hohamarigniny amigny finoa reo voatapakyreo, dra reo sy voatapaky koa amigny alalanigny finoa.[31]Foagnasika
amigny alalanigny finoa seky ra zay gny lalana moa? Sy hisy mihisy anie izay! Fa koa ,makato gny lalana isika.

## Chapter 4

[1]Ino seky gny ho zakasika fa hitan'i Abrahama, rasika taloha agny araky gny nofo sika? [2]Fa raha nihamarigny
tamigny asa i Abrahama, dra nana atony hirehareha izy, nefa sy eo agnatrehan'Agnahary. [3]Fa ino gny zakanigny
Sorasy Masy?" Abrahama dra nino an'Agnahary, dra nisay ho famatara anizay."[4]Dra ho anize miasa, gny
karamany dra sy isahy ho fahasoava, fa hanahaky ze trosa. [5]Fa ho anize sy miasa koa nefa mino anigny raiky ze
magnamary gny panohisy an'Agnahary, dra isahy ho fahamarigna gny finoany.[6]Davida avo koa dra manogno so-
drano amigny olo ze isahin'Agnahary ho mary nefa sy miasa. [7]Hoy izy ho: "Sambasy reo ze voavela gny helony,
dra reo ze voassaro gny fahotany. [8]Sambasy ze sy hisahinigny Topo heloky."[9]Amireo voatapaky avo ragny
hanognona anizay so-drano zay, sa amireo sy voatapaky koa? Fa hoy isika ho: "Gny finoa dra nisahin'i Abrahama
ho fahamarigna." [10]Ko ino seky gny nagnisahany anizay? Tamin'i Abrahama fa voatapaky, sa tamin'izy bo sy
nitapaky? Sy tamin'izy fa voatapaky fa tamin'izy bo sy voatapaky.[11]Abrahama dra nitakasy gny famataranigny
fanapaha. Izay dra mariky gny fahamarignanigny finoa ze fa nanagnany raha bo sy voatapaky izy. Gny valin'izay
famatara zay dra lasa babanize mino aby izy, na dre bo sy voatapaky aza ereo. Midika izay fa gny fahamarigna
dra ho isahy ho anereo. [12]Nidika koa zay fa Abrahama dra lasa reninigny voatapaky sy ho anireo ze voatapaky
avo koa fa ho anireo ze magnaraky gny lianigny finoan'i Abrahama babasika talohanigny sy bo naha-voatapaky
anazy.[13]Fa gny fapanatena tamin'i Abrahama vo reo taranany fa ho pandova anizao totolo izao izy dra sy avy
amigny alalanigny lalana fa avy amigny alalanigny fahamarignanigny finoa. [14]Fa raha reo ze miay amigny lalana
gny panova dra ho foa gny finoa, dra sinosino gny fapanatena. [15]Akory gny lily dra minday amigny fahasiaha, fa
agny amize sy misy lalana, dra sy misy fandika-dalana.[16]Noho izay atony izay dra misehy amigny finoa zay, ba
hipetrahanigny fapanatena amigny fahasoava dra ho azo atoky amireo taranak'i Abrahama aby_ sy ho anireo ze
ambaninigny lalana avo, fa ho anireo ze mizara gny finoan'i Abrahama avo koa. Rasika aby izy, [17]araky gny
voasoraky ho: "Nataoko ho ranigny firenena maro hanao." Teo amigny fagnatrehanigny nitokiany Abrahama, dra
i Zagnahary zay, ze magnome fiegna reo maty dra mitoka reo raha sy misy.[18]Na dre teo aza reo raha mitranga
ivelan, dra natoky tateraky an'Agnahary i Abrahama amigny ho avy. Dra lasa ranigny firenena maro izy, araky ze
fa voalaza ho: "Hanahaky anizay gny taranakao." [19]Sy narefo tamigny finoa izy. Fatas'i Abrahama fa sy afaky gny
mana-gnanaky izy (akory fa teo amigny zato tao teo izy). Nagneky avo koa izy fa gny kibon'i Saraha dra sy afaky
gny hibevoka sasy.[20]Nefa nohonigny fapanatenan'Agnahary, dra sy nisalasalla tamigny sy finoa i Abrahama. Fa
niha-nahery tamigny finoa izy dra nidera an'Agnahary. [21]Resy lahasy tateraky izy fa ze napanatenan'Agnahary dra
afaky taterahiny avo koa. [22]Noho izay dra nisay ho azy ho fahamarigna zay.[23]Dra sy nisoraty ho anigny
tombosoany raiky avy zay, fa nisahy ho anazy zay. [24]Nisoraty ho asika avo koa zay, ho anize hagnisaha anizay,
isika ze mino anazy ze nanaga an'i Jesosyt Toposika tamigny maty. [25]Izy gny raiky natolosy noho reo fahotasika
dra nasanga ba hagnamary asika.

Chapter 5

[1]Akory nihamarigny tamigny finoa isika, dra mana fedagna miraky amin'Agnahary amigny alalanigny Toposika
Jesosy Kristy. [2]Amigny alalany avo koa gny anagnasika lala amigny finoa magnao amizay fahasoava ze izoroasika
zay. Miravoravoa amigny fahatokia amen'Agnahary anay amigny ho avy zahay, fahatokia ze ho zarasika ao
amigny voninahin'Agnahary.[3]Sy amizay avo, fa isika avo koa dra mifaly ao amigny fahoriasika. Fatasika fa gny
fahoria dra mamokasy fahareta. [4]Gny fahareta miteraky fakatoava, dra gny fakatoava mieteraky fahatokia ho
amigny hoavy. [5]Izay toky izay dra sy mandiso fanatena, akory gny fitiavan'Agnahary dra fa narosaky tao aposika
tamigny alalanigny Fagnahy Masy, ze name asika.[6]Fa raha bo nalemy isika, dra maty ara-potoa ho anigny rasy
fagnahy Kristy. [7]Fa sarosy ho anigny olo gny ho maty ho anigny olo-mary. Fa, angamba mety misy olo raiky
nahavany ho maty anigny olo soa.[8]Fa i Zagnahary maneho gny fitiavany manoka ho asika,a kory raha bo panota
isika, dra maty ho asika Kristy. [9]Mihoasy noho izay aza, amizao. Gny fa nihamarigny tamigny liony isika, dra ho
voavozy zay amigny fahasiahan'Agnahary.[10]Fa raha bo fahavalo isika, dra nihava tamin'Aganahary tamigny
alalanigny fahafatesanigny Zanany, dra mihoasy noho izya, gny fa avy napihavagny, dra ho voavozy amigny
alalanigny ainy isika. [11]Dra sy izay avo, fa isika koa dra mifaly ao amin'Agnahary amigny alalan'i Toposika Jesosy
Kristy, ze nahazoasika anizay fihavana zay amizao.[12]Noho izay dra, manahaky gny niliranigny ota tamigny
alalanigny ota. Dra gny fahafatesa dra nely tamigny olon'aby, akory niely tamigny olon'aby, akory samby nagnato
avokoa gny olon'aby. [13]Mandra-pisianigny lalana, dra teto amin'izao totolo izao gny ota, fa sy misy fanisa-keloky
aby sy misy lalana.[14]Nefa na izay aza, gny fahafatesa dra nazaka nanomboky tamin'i Adama dra hatramin'i
Mosesy, na dre reo amireo ze sy nanota manahaky gny sy fakatoavan'i Adama aza, ze tandindonigny ho avy.
[15]Nefa na izay aza, gny fagnomeza dra sy manahaky gny fahadisoa. Fa raha tamigny alalanigny fahadisoanigny
raiky gny nahafaty gny maro, dra mihoasy lavisy gny nataonigny fahasoavan'Agnahary vo gny fagnomeza avy
amigny fahasoavanigny olo ray, Jesosy Kristy, name maro ho anigny maro.[16]Fa gny fagnomeza dra sy manahaky
gny vahoaky boaky amigny raiky ze nanota. Fa amigny lafiny raiky, avy gny fisara ho fagnameloha nohonigny
fahadisonigny olo raiky. Fa amigny lafiny raiky hafa, gny fagnomeza sihita amigny fahadisoa maro. [17]Fa raha
tamigny alalanigny fahadisoanigny raiky, gny hazakanigny fahafatesa amigny raiky, dra mihoasy lavisy noho izay
gny hazakan'ireo ze mitakasy gny habenigny fahasoava vo gny fagnomezanigny fahamarigna amigny alalanigny
fiegnanigny raiky, dra Jesosy Kristy.[18]Noho izay dra, akory tamigny alalanigny fahadisoanigny raiky gny nahavy
gny olo ho amigny fagnameloha, dra amigny alalanigny asanigny fahamarignanigny raiky avo koa gny
hahavianigny fahamarigna gny fiegna ho anigny olon'aby. [19]Fa avy amigny sy fakatoavanigny olo raiky gny
nahavy gny maro ho panota, dra amigny alalanigny fakatoavanigny raiky avo koa gny hahavy gny maro ho mary.
[20]Fa avy tao amizay gny lalana, ba ho lahibe gny fahadisoa. Nefa raha nihalahibe gny fahota, dra vo maiky
nihalahibe gny fahasoava. [21]Nitranga izay ba, mahaky gny nazakanigny fahota tamigny fahafatesa, dra manahaky
anizay koa gny hazakanigny fahasoava amigny alalanigny fahamarigna ho amigny fiegna mandrakizay amigny
alalan'i Jesosy Kristy Toposika.

Chapter 6

1Ino seky gny ho zakasika? Tokony hanohy amigny fahota ra sika ba hitomboanigny fahasoava moa? 2Sy hisy
mihisy anie zay. Isika ze maty gny amigny ota, amigny fomba akory moa gny bo hiaignasika amizay avo? 3Sy
fatandrareo ra fa reo natao batisa aby tao amin'i Kristy Jesosy dra natao batisa tao amigny fahafatesany?4Ko,
voalevy, niaraky taminazy tamigny alalanigny batisa ho amigny fahafatesa sika. Nitranga zay ba hanahaky gny
nanangana an'i Kristy tamigny maty tamigny voninahisy amigny fiegnam-baovao avo koa. 5Fa raha mikamba
Aminazy amigny endriky gny fahafatesa isika, dra hikamba amigny fisanganany avo koa.6Fatasika izay, fa gny
vatasika taloha dra nifasihy niaraky taminazy, ba hamoteha gny vatanigny ota. Nitranga zay ba ho sy
handevozinigny ota sasy isika. 7Izy maty dra zinaka fa mary sady afaky amigny fahota sika.8Fa raha maty niaraky
tamin'i Kristy isika, dra mino ,fa hiara-belo aminazy avo koa. 9Isika dra mahafatasy fa nisanga tamigny maty
Kristy, dra sy maty sasy Izy. Sy mazaka aminazy say gny fahafatesa.10Fa raha momba gny fahafatesa dra maty
nohonigny amigny fahota Izy, maty ndray mandeha ho anigny olon'aby Izy. Kanefa gny fiegna ze hiegna dra
iegnanay ho an'Aagnahary. 11Dra manahaky anizay, sy maisy mihevisy gny vatandrareo ho fa maty amigny fahota
avo koa handrareo, fa velo ho an'Agnahary ao amin'i Kristy Jesosy.12Noho izay ka anga hazaka ao amigny
vatandrareo mety maty gny ota ba hagnarahandrareo gny filan-drasy. 13Ka atolosy ho anigny fahota gny rasam-
batandarreo, ho fitova apesa amigny sy fahamarigna. Fa atolory ho an'Agnahary gny vatandrareo, manahaky gny
nisanganany tamigny maty ho velo amizao. Dra atolory ho an'Agnahary gny rasam-batandrareo ba ho fitova
apesa amigny fahamarigna. 14Ka anga hazaka amindrareo gny ota. Akory sy ambaninigny lalana handrareo, fa
amboninigny fahasoava.15Dra ino seky? Tokony hanota ra isika akory ambaninigny lalana, fa ambaninigny
fahasoava ? Sy hisy mihisy anie zay. 16Sy fatandrareo ra fa gny raiky ze anolorandrareo gny vatandrareo ho
panopo dra gny raiky ze hakatoavindrareo, gny hany sy maisy hakatoavindrareo? Maryu zay agny aponigny
fahota ze mitariky agny amigny fahafatesa handrareo, na panoponigny fakatoava ze mitariky agny amigny
fahamarigna.17Fa isaora i Zagnahary! Akory fa panoponigny fahota handrareo, kanefa nakato tao apondrareo gny
fomba fapenara ze nagnome andrareo. 18Nafahy tamigny ota handrareo, dra natao panoponigny fahamarigna.
19Mizaka manahaky gny olo zaho noho gny fahalemenigny nofondrareo. Akory vatany vo nanolosy gny rasam-
batandrareo ho andevonigny fahota vo gny rasy handrareo, dra manahaky anizay koa izao, atolosy ho
andevonigny fahamarigna ho amigny fahamasigna gny rasam-batandrareo. 20Fa gny handrareo andevozinigny
ota, dra afaky tamigny fahamarigna. 21Main'izao ino seky gny vokasy azondrareo tamigny raha mahamegnasy
andrareo amizao? Akory gny vokasy reo raha reo dra gny fahafatesa.22Fa amizao gny fa nafahy tamigny ota
handrareo dra lasa panopon'Agnahary, dra miziza gny fahamasigna. Gny vokasy dra gny fiegna mandrakizay. 23Fa
gny tambinigny ota dra fahafatesa, fa gny fagnomezan'Agnahary koa dra gny fiegna mandrakizay ao amin'i Kristy
Jesosy Toposika.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 7

1Sa sy fatandreo ry rahalahy (akory mizaka amigny olo mahay gny momba gny lalana zaho), fa gny lalana dra
mibaiko gny olo raiky raha bo velo koa izy?2Fa gny apela ze manambaly dra voafehiny gny lalana amigny valiny
raha bo velo izy, fa raha mty gny valiny, dra afaky amigny lalanigny fanambalia izy. 3Noho izay, raha bo velo gny
valiny, raha toa ka miray amina lelahy hafa izy, dra hatao ho pizangazanga izy. Fa raha maty gny valiny dra afaky
amigny lalana izy, dra sy pizangazanga izy raha miaraky amina lehahy hafa.4Noho izay, ry rahalahiko, dra natao
maty tamigny lalana avo koa handrareo tamigny lalanigny zakan'i Kristy. Natao zay ba hikambagnandrareo
amigny hafa, izany hoe, amin"iza nasanga tamigny maty, ba hafahasika mamokasy voa ho an'Agnahary. 5Fa
tamisika tai amigny nofo, reo filanigny fahota, ze nihesehinigny lalana, dra niasa tao amireo rasasika ba
hamokasy voa ho anigny fahafatesa.6Fa amizao dra nafaha tamigny lalana isika. Maty tamigny namehy asika
isika. Izay dra ba hafahasika manopo amigny havoaza-pagnahy, fa sy amigny fahateranigny sorasy.7Ino seky gny
ho zakasika? Gny lalana mihisy ra gny fahota? Sy hisy mihisy anie izay. Kanefa, sy ho nahay gny fahota mihisy
zaho, raha sy tamigny alalanigny lalana zay. Fa sy ho nahay gny fisiririta zaho raha sy nizaka gny lalana ho: "Ka
misiririsy." 8Fa nangalaky vaha tamigny lily gny fahota dra nahavy gny fisiririta aminahy ato aby. Fa raha sy misy
gny lalana, dra maty gny ota.9Faela zaho dra velo sy nisy gny lalana, fa gny fa avy gny lily, dra velo ndraiky gny
ota, dra maty zaho. 10Gny lily ze tokony hinday fiegna gny nivaliky ho fahafatesa ho anahy.11Fa gny fahota dra
fotosy tamigny lalanigny lily dra namitaky anahy. Tamigny alalanigny lily gny namono anahy. 12Noho izay gny
lalana dra masy vo gny lily dra masy, mary, vo soa.13Moa ra nivaliky fahafatesa ho anahy ze soa? Sy hisy mihisy
anie izay. Fagny ota, ba hafahany hiseho ho fahota amigny alalanize soa, dra ninday fahafatesa aminahy ao. Izay
dra ba ho amigny alalanigny lily, gny fahota dra mety ho lasa tena fahota vatany. 14Fa fatasika fa ara-pagnahy gny
lalana, fa izaho boaky amigny nofo. Fa navily ho ao ambaninigny fanandevozanigny ota zaho.15Fa gny raha
ataoko, dra sy tena azoko soa. Akory tiako atao, dra sy ataoko, dra ze halako, dra ataoko. 16Fa raha manao ze sy
tiako zaho, dra miray hevisy amigny lalana fa soa gny lalana.17Fa amizao dra sy izaho sasy gny manao anizao, fa
gny fahota ze velo aminahy ato. 18Fa fataso fa aminahy ato, ze ato amigny nofoko, dra sy misy raha soa miay. Fa
gny fagniria gny soa dra aminahy ato, feseky sy afa-manao anizay zaho.19Fa gny soa ze tiako dra sy ataoko, fa gny
rasy ze sy tiako, gny ataoko. 20Dra raha manao anize sy tiako atao zaho, dra sy izaho sasy gny miasa anizay, fa gny
fahota ze miay aminahy ato. 21Izaho dra nahita, gny fisipiky aminahy ato fa te hanao soa zaho, feseky gny rasy
gny aminahy ato amizao.22Fa miravoravo ao amigny lalan'Agnahary zahoamigny fagnahy maha olo. 23Kanefa
mahita fisipiky raiky hafa ao amigny momba gny vatako zaho. Izay dra mitalia aminizay fisipiki vaovao ao asaiko
zay. Mita anahy ho babonigny fisipiky gny fahota ze ao amigny momba gny vatako zay.24Olo-mahatra zaho! Iza
gny hagnafaky anahy amity vatanigny fahafatesa tihoky? 25Fa isaora i Zagnahary amigny alalan'i Jesosy Kristy
Toposika! Noho izay, izaho dra manopo gny lalan'Agnahary amigny saiko. Na dre izay aza, dra manopo gny
fisipikigny fahota amigny nofo zaho.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 8

[1]noho izay dra sy misy fagnameloha sasy amizao ho anireo ze ao amin'i Kristy Jesosy. [2]Fa gny Fisipikigny
Fagnahinygny fiegna ao amin'i Jesosy Kristy gny nagnafaky anahy tamigny fisipikigny fahota vo gny fahafatesa.
[3]Fa ze sy afaky nataonigny lala nohonigny fahalemen'izay tamigny nofo, dra nataon'Agnahary. Nandefa gny
zanadahiny Izy tamigny endriky gny nofo feno fahota ba ho fagnatisy ho anigny ota, dra nasiaky gny ota tao
amigny nofo izy. [4]Nataony izay ba ho tateraky ao amisika gny raha takinigny lalana, isika ze mandeha sy araky
gny nofo, fa araky gny Fagnahy,. [5]Reo ze miay araky gny nofo dra mafatoky amireo araky gny Fagnahay dra
mifatoky amireo rahanigny Fagnahy.[6]Akory gny fisaigna miory amigny nofo dra fahafatesa, fa gny fisaigna miory
amigny Fagnahy koa dra fiegna vo fedagna. [7]Gny fisaigna miory amigny nofo dra fandrafia eo
agnatrehan'Agnahary, fa sy mifagnaraky amigny lalan'Agnahary izay, vo sy hainy akory gny manao anizay. [8]Reo
ze ao amigny nofo dra sy afaky gny ho akasitrahan'Agnahary.[9]Kanefa, handrareo dra sy ao amigny nofo fa ao
amigny Fagnahy, raha mary fa miay ao amindrareo gny Fagnahin'Agnahary. Fa raha misy olo sy mana gny
Fagnahin'i Kristy, dra sy anazy izy. [10]Raha ao amindrareo Kristy, dra maty nohonigny fahota gny vatany, fa gny
fagnahy dra velo nohonigny fahamarigna.[11]Raha gny Fagnahinigny nanaga an'i Jesosy tamigny maty gny velo ao
amindrareo, dra Izy ze nananga an'i Kristy tamigny maty gny hagnome fiegna avo koa ho anigny vatandrareo ze
mety maty amigny lalanigny Fagnahiny, ze velo ao amindrareo.[12]Noho izay ry rahalahy, dra pitrosa isika, fa sy ao
amigny nofo ba hiay araky gny nofo. [13]Fa raha magniraky araky gny nofo handrareo, dra ho maty, fa raha amigny
Fagnahy ze amonoandrareo gny asanigny vata, dra ho velo handrareo.[14]Fa manahaky gny olo aby voatariky gny
Fagnahin'Agnahary, ereo gny zanan'Agnahary. [15]Fa sy mitakasy gny fagnahinigny fagnandevoza ndraiky
handrareo dra hatahosy. Fa nitakasy gny fagnahinigny fahangana-zaza handrareo, ze hitokatokavasika ho: "Aba,
Ray o!"[16]Gny Fagnahy Mihisy gny vavolombelo amigny fagnahisika fa zanan'Agnahary isika. [17]Raha zanaka isika,
dra pandova avo koa, pandova an'Agnahary. Dra piray lova ao amin'i Kristy isika, raha tena mizaly miaraky
aminazy toa isika dra amem-bininahisy miaraky Aminazy koa.[18]Fa ataoko fa reo fizalia amin'Izao fotoa izao dra
sy mendriky apitaha amigny voninahisy ze haseho amisika. [19]Fa gny voahary aby ze manatena fatrasy dra
mandigny gny fapisehoa fatrasy dra mandign gny fapisehoa reo zanan'Agnahary[20]Fa gny voahary dra natao ho
zava-poa sy nohonigny sitrapony manoka, fa noho gny nanao anizay. Izay dra ao amigny toky nameny [21]fa reo
voahary mihisy gny hala amigny fagnandevozanigny fahalova, dra hinday amigny fahafaha gny amigny
voninahisy gny zanan'Agnahary zay. [22]Fa fatasika fa gny voahary aby dra miara-miseho vo miara-miasa ao
agnatinigny fanitaigna na amizao aza.[23]Sy izay avo, fa na gny vatasika aza, ze mana gny voaloham-bokasy gny
Fagnahy_na gny vatasika aza dra miseho ao amisika, mandigny gny fanangana ao amisika ho zanaky, dra gny
fagnavota gny vatasika. [24]Fa tamizay toky izay gny namozena asika. Fa ze atokisasika fa hitranga dra bo sy hita, fa
iza gny mandigny apatokia ze fa hitany? [25]Fa raha matoky amizay bo sy hitasika isika, dra mandigny anizay
apahareta.[26]Manahaky anizay koa, gny Fagnahy dra magnapy ao amigny fahalemesika. Fa isika sy mahay ze
vavaky tokony hataosika, fa gny Fagnahy mihisy gny mifona ho asika amigny fisetoa sy hay zaka. [27]Izy mandiniky
gny fo gny mahafatasy gny hevisy gny Fagnahy. akory Izy gny mifona ho anigny pino araky gny
sitrapon'Agnahary.[28]Fatasika fa ho anireo ze tia an'Agnahry, dra miaraky apesany ho amigny soa avokoa gny raha
aby, ([Fagnamariha: raha tokony ho: "Miaraky apiasany ho amigny soa avokoa gny raha aby," dra gny dika-zaka
ilany taloha manao anizahoky ho: "Gny raha aby dra miaraky miasa ho amigny soa."]) ho anireo ze voatoka araky
gny fandaharany. [29]Akory reo ze fatany meloha, dra nitendreny mieloha avo koa ba hitovy endriky amigny
zanany, ba ho lahimatoa eo agnevon'ireo rahalahy maro izy. [30]Reo ze nitendreny meloha, dra natao avo koa. Reo
ze natao, dra nihamarigniny avo koa. Reo ze nihararigniny, dra nameny voninahisy avo koa.[31]Ino sekygny tokony
ho zakasika momba reo raha reo? Raha momba asika i Zagnahary, Iza gny mahatohasy asika? [32]Izy ze sy niaro
gny Zanadahiny toka fa nanolosy anazy ho asika aby, ino gny hagnomezany asika maimaipoana miaraky
aminazy gny raha aby koa.[33]Iza gny hinday fiapanga hanohisy reo olom-boafilin'Agnahary reo? Zagnahary gny
raiky magnary anizay. [34]Iza gny raiky hasiahako? Krusty gny raiky maty ho asika, dra mihiasy mihoasy anizay,
nasanga avo koa Izy. Manapaky miaraky amin'Agnahary eo amigny pisy voninahisy Izy, dra Izy gny mifona ho
asika.[35]Iza gny hagnasaraky asika amigny fitiavan'i Kristy? Fahoria, sa fizalia, sa fagnezeha, sa haresia, sa
fitazaha, sa loza, sa sabasy? [36]Araky gny voasorasy ho: "Noho hanao dra vaovao andro lava zahay. Nitakariny
manahaky gny agnondry ho vono zahay.[37]Ao agnatin'izay raha aby zay dra mihoasy noho gny pandresy zahay
amigny alalanigny raiky tia anay. [38]Fa resy lahasy zaho fa na gny fahafatesa, na gny fiegna , na reo azely, na reo
fazaka, na reo raha amizao, na reo raha hoavy, na reo hery, [39]na gny avo, na gny laliky, na zavaboahary hafa, dra
sy hahasaraky asika amigny fitiavan'Agnahary, ze ao amin'i Kristy Jesosy Toposika.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 9

1Mizaka gny mary ao amin'i Kristy zaho. Sy mavandy zaho, dra gny eriseriso gny vavolombelo miaraky aminahy
ao amigny Fagnahy Masy, 2fa honahy dra misy alahelo lahibe dra fahoria sy misahasy ato apoko.3Fa afaky
nagniraky zaho fa izaho dra ho voaozo dra hiataky amin'i Kristy noho gny amireo rahalahiko, raiky ze fizara
aminahy araky gny nofo. 4Izy reo dra Israelita. Izy reo dra mana fanangana, gny voninahisy, reo fakatoavany, gny
fagnomezanigny lalan, gny fidera an'Agnahary, dra reo faoanatena. 5Gny anereo dra raza ze nahavy an'i Kristy ho
lasa nofo, Izy ze Zagnahary agnabonigny aby. Ho dera mandrakizay anie Izy. Amena.6Fa sy foa reo ze
napanatenan'i Zagnahary. Fa sy ze avy amin'i Israely gny tena anIsraely. 7Na reo taranak'i Abrahama aby gny tena
zanany. Fa: "Amigny alalan'Isaka gny hitokava anireo tateraky."8Izany hoe, zanaky gny nofo dra sy
zanan'Agnahary. Fa reo zanakigny fapanatena gny takary ho taranaky,9Fa manahaky anizao gny zakanigny
fapanatena: "Amin'izay fotoa zay dra ho avy zaho, vo hagnome zanadahy an'i Saraha."10Sy izay avo, fa boak'eo koa
Bebeka hanagnanaky amigny lelahy amin'i Isaka rasika_11fa bo sy teraky aza reo zaza reo dra bo sy nanao
zaraha soa na rasy, ba hanahaky tazon'Agnahary araky gny fisafisiana, sy noho reo asa, fa noho Izy mitoka_
12zinaka tamin-drapela ho: "Gny zokiny dra hanopo gny zaikny." 13Izay dra manahaky gny fa voasorasy ho.
"Jakoba tiako, fa Esao halako."14Ino seky gny ho zakasika? Misy sy fahamarigna ra miaraky amin'Agnahary? 15Sy
hisy mihisy anie zay. Fa hoy Izy tamin'i Mosesy ho: "Hamindra fo amize tiako hamindra fo zaho, dra hangoraky
reo ze tiako hangoraha zaho." 16Noho izay dra sy noho izy mikaea anizay, na noho izy ze mihazakazaky, fa noho i
Zagnahary, ze napiseho gny famin-drapo.17Fa gny Sorasy Masy nizaka tamin'i Farao fa: "Fa noho izay atony izay
gny nanandratako anao, ba hanehoako aminao gny heriko, dra ba hitaliliako gny agnarako era-tany." 18Noho izay,
i Zagnahary dra mamindra fo amize tiany, dra ze tiany, gny ho hamafininy fo.19Boak'eo hizaka aminahy
handrareo ho: "Nagnino gny bo mahita signy avo Izy?" Fa iza gny mahatohisy gny sitrapony?" 20Mifanohisy
amizay, ralelahy, iza moa hanao gny mamaly manohisy an'Agnahary" Moa ze fa nivolavola hizaka amigny
pamolavola anizay ho: "Nagnino gny nataonao manahaky anizao zaho?" 21Moa gny panefy vilagny sy mana zo
amigny tanimanga dra gny vonga raiky avo gny hamboara pisy gny raiky hafa amigny andavanandro?22Nagnino
raha i Zagnahary, tehapiseho gny fahasiahany vo hapahafatara gny fahefany, gny niarasy tami-pahareta reo
fitoeranigny fahasiaha nomany ho amigny fahasona? 23Nagnino raha nataony zay ba hapahafatarany gny
harenanigny voninahisy eo amireo fitoeranigny famindra-po, ze fa nomaniny meloha ho amigny voninahisy?
24Nagnino raha nataony ho asika koa zay, zay fa nataony avo koa, sy ho eo amigny samy Jiosy avo, fa ho eo
amigny Jentilisa avo koa?25Araky ze nizakany tao amin'i Hosea avo koa ho: "Hotokaviko ho oloko ze sy oloko, dra
ho malalany gny sy malala. 26Boak'eo dra agny amize nizaka tamin'ereo ho: 'Sy oloko handrareo,' agny gny
hitokava anereo ho: 'zanan'Agnahary velo."27Isaia nitoka fatrasy gny amigny Israely ho: "Raha manahaky gny fasy
egny amoron-dranomasy gny isanigny zanak"israely, dra ho voavozy ze sisa ambiny, 28fa gny Topo hinday gny
zakany eto atany feno dra sy ho ela." 29Araky gny nizakan'Isaia meloha ho:" Raha gny Topo toponigny maro gny sy
nagnenga taranaky ho asika, dra hanahaky an'i Sodoma isika, dra ho lasa manahaky an'i Gomora."30Ino seky gny
zakasika? Fa reo Jentilisa, se sy nitalia gny fahamarigna, gny nahazo gny fahamarigna, ze fahamarigna avy
tamigny finoa. 31Fa Israely, ze nitalia gny lalanigny fahamarigna dra sy avy tamizay.32Nagnino moa? Fa aokry ereo
sy nitalia anizay tamigny finoa, fa tamigny asa. Tafitohinigny vatonigny fanafitohigna ereo, 33araky ze fa
voasorasy ho: "Atio, a Ziona ao gny anobiako gny vatonigny fanafitohigna vo vatolampinigny fandikan-dalana. Ze
mino anizay dra sy ho magnasy."

Chapter 10

[1]Ry rahalahiko, gny irinigny foko vo gny angatahiko amin'Agnahary ho anereo, dra gny famoze anereo. [2]Fa mizoro
vavolombelo momba anereo zaho fa mafana fo ho an'Agnahary ereo, nefa sy araky gny fahalala. [3]Fa sy
mahafatasy gny fahamarignan'Agnahary reo, dra mitalia hametraky gny fahamarigna'ereo manoka. Sy magneky
gny fahamarignan'Agnahary izy reo.[4]Fa Kristy gny fahatataterahanigny lala ho fahamarigna ho anize aby mino. [5]Fa
i MOsesy manorasy mombanigny fahamarigna ze avy amigny lala ho: "Gny olo ze manao gny fahamarignanigny
lalana dra hiay amizay fahamarigna zay."[6]Fa gny fahamarigna ze avy amigny finoa dra mizaka ho: "Ka mizaka
anizao ao apo ho: 'Iza gny hiakasy andagnisy agny?' (izay dra mapizoro an'i Kristy); [7]dra ka mizaka ho: 'Iza gny
hizoso agny amigny laliky?"' (izay dra, mapiakasy an'i Kristy amigny maty).[8]Fa ino gny ambaran'izay? "Eo
agnilanao gny zaka, ao ambavanao dra ao aponao." Izay gny zakanigny finoa, ze zakany. [9]Fa raha amigny
vavanao gny agnekenao an'i Jesosy ho Topo. Fa raha amigny vavanao gny agnekenao an'i Jesosy ho Topo, dra
mino amigny maty izy, dra ho voze hanao. [10]Fa amigny fo gny inoanigny olo gny fahamarigna, dra amigny vava
gny agneke gny famozena.[11]fa hoy gny Sorasy Masy ho: "Sy ho megnasy ze mino anazy aby izy." [12]Fa sy misy
fahasamihafana eo amigny Jiosy vo gny Grika. Fa Topo raiky avo gny Toponigny maro, dra hare-pahasoava ho
anize mitoka anazy aby izy. [13]Fa ze mitoka gny agnaranigny Topo gny ho voze.[14]Ino seky gny ahafahan'ereo mitoka
anazy ze sy mino? Ino gny ahafahan'ereo mino anazy sy ren'ereo? Ino gny afahan'ereo miteno raha sy misy
pitory? [15]Dra ino gny ahafahan'ereo mitory, raha sy nisy nagniraky? _ araky gny voasorasy ho: "Atio gny
fahasoavanigny tombon'ireo mitalily reo raha soanigny filazasara!"[16]Kanefa sy izy aby gny hiteno gny filazasara.
Fa hoy Isaia ho: "Topo, iza gny nino hafasanay?" [17]Noho izay gny finoa dra avy amigny fihainoa, dra gny fitenoa
boaky amigny zakan'i Kristy.[18]Fa hoy zaho ho: "Moa ra sy nisy nahare ereo?" Eh, tena mary zay. "Gny feon'ereo
dra fa niboaky manera-tany, dra gny zakan'ereo hatragny amigny faran'izao totolo izao."[19]Akoasy ze, hoy zaho ho:
"Moa ra sy nahafatasa gny Israely?" Tamigny volohany Mosesy nizaka ho: "Hataoko saropiaro amize sy firenena
akory handrareo, hataoko avy amigny fahasiaha handrareo.[20]Boak'eo tena nahavany vatany Isaia gny fa nizaka
izy ho: "Hitandrareo ze sy nialy anahy zaho. Niseho tamireo ze sy nagnotany anahy zaho." [21]Fa hoy izy
tamin'Israely ho: "Totolonigny gny nangala gny vatako tamigny olo sy makato vo milisy."

Chapter 11

[1]Dra nizaka zaho, narian'Agnahary ra gny olo? Sagnatria anie zay. Fa izaho avo koa dra Israelita, taranak'i
Abrahama, avy amigny fokon'i Benjamina. [2]Zagnahary dra sy nagnary gny olony, ze fa fatany taloha. Sy fatasao ra
ze voazakanigny Sorasy Masy momba an'i Elia, dra gny fitaregnany tamin'Agnahary namely an'Israely? ho: [3]Topo,
ereo dra nagnome reo paminaninao, namotiky gny alitaranao. Izaho raiky sisa tavela, dra mifofo gny aiko
ereo."[4]Fa ino gny vali-teny zinakan'Agnahary anazy? "Nanoka fito arivo lahy ho anigny vatako zaho ze sy
nandohaliky teo amigny Bala." [5]Dra manahaky anizay, gny amin'izao dra misy sisa avo nohonigny fisafidiana
amigny fahasoava.[6]Fa raha avy amigny fahasoava zay, dra sy avy amigny asa sasy. Fa raha izay dra sy fahasoava
sasy gny fahasoava. ([Fagnamariha: Gny atota-taratasy ilany taloha dra mamaky ho: "Kanefa raha boaky amireo
asa zay, dra sy fahasoava sasy; fa raha izay dra sy asa sasy gny asa."]) [7]Ino tiky? Gny raha ze nitaliavin'Israely, dra
sy azony, fa gny voafily gny nahazo anizay, dra nihamafisy reo ambiny. [8]Izay dra araky gny fa voasorasy ho:
"Zagnahary dra nagnome anereo gny fagnahinigny fitavozavoza, maso ba sy hahitan'ereo, dra sofy ba sy hahare
an'ereo, mandrak'androany."[9]Dra hoy i Davida ho: "Aoky gny latabany ho harato vo fandriky, ho vato mandavo vo
valifaty ho anereo. [10]Aoky gny mason'ereo hohamezigny ba sy hahita, dra aoky hiondriky mandrakizay gny
lamosin'ereo."[11]Dra hoy zaho ho: "Moa ra tafatohy reo ba ho lavo?" Sagnatria anie zay. Fa avy amigny
fahalavoan'ereo, gny nahavianigny fameze teo amireo Jentilisa, ba hapialogna anereo. [12]Dra raha gny falavaan'ny
ereo gny harinizaho totolo izy, vo raha gny fahalevognany ereo gny harenereo zatilisa, dra manao ahoany gny
halahibeny fahatataterafanizaho ereo?[13]Faaminiza dra nirehaky amignareo zatilisa zaho, vo raha mbola aposta-
lin'ereozetilisa zaho,dra makasitraky gny fanompoako. [14]Vasa hampialona ereo izy avo amigny fotoko manoko
manokana zaho. Vasa hamozy gny sasany amignizaho ereo isika.
[16]Raha voatoka gny votrasy volohany dra gny ampahany amigny kobam-bary koa. raha voatika gny fagaalany, dra
toy izaho avo gny ereo rantsany.[17]Fa raha nitapahiny gny rasa ilany, dra raha hanao, sapan'Olivadia, gny
natambasy teo amin'ereo, dra raha nifapizara tamin'ereo gny faka-mamokasy gny hazo Oliva hanao, [18]ka
mirehareha hanao, dra sy hanao gny minday gny fakany, fa gny fakany gny minday anao.[19]Dra hizaka hanao ho:
"Nitapahy hiala reo rasa ba hafahako mifandray aminazy." [20]Mary zay. Nohonigny sy finoan'ereo dra nitapahiny
hiala ereo, fa handrareo dra mizoro soa nohonigny finoandrareo. Ka manao gny vatanao ho agnabo, fa matahora.
[21]Fa raha gny tena sampany aza sy nangan'Agnahary, dra sy ho angany avo koa hanao.[22]Dra, Atio, gny fahamora-
po vo gny fahasora-pon'Agnahary. Andagniny eo gny fahasaro-po dra avy amireo Jiosy ze lavo. Fa akilany koa, gny
hasara-pagnahin'Agnahary dra avy amindrareo, raha maharisy ao amignyhasoa-fagnihiny handrareo. Fa raha sy
izay dra ho tapahy koa handrareo.[23]Na dre reo aza, raha sy manohy amigny sy finoany ereo, dra hatambasy. Fa
Zagnahary dra afaky magnery mitalily anereo ndraiky. [24]Fa raha nitapahy tamigny hazo oliva-dra handrareo, dra
natambasy tamigny hazo Oliva soa, dra manahaky gny akory gny fohoranigny hamaron'ireo Jiosy, ze sapa
voazagnahary, natambasy tamigny hazo Olivan'ereo manoka?[25]Fa sy tiako sy hahafatasy handrareo, ry rahalahy,
gny amin'izay raha mivony zay, ba sy haha-hendry andrareo amigny eriserisao manoka. Izay raha mivony zay
dra fa napaheriloha gny apahany amin'Israely, mandra-piavinigny fahafenoan'ireo Jentilisa.[26]Noho izay dra ho
voze avokoa gny Israely aby, araky gny voasorasy ho: "Hiboaky boaky a Ziona agny gny pagnafaky. Mangalaky
gny harasia-pagnahy amin'i Jakoba Izy, [27]dra izay gny ho fagneke-pihavagna amin'ereo, gny fa hangalaky gny
fahotan'ereo Zaho."[28]Amigny lafiny raiky mahakasiky gny filazasara, dra fahavalo ereo nohonigny amindrareo.
Amigny lafiny raiky hafa araky gny safidin'Agnahary, dra malala ereo noho reo raza. [29]Fa reo fagnomeza vo
tokavin'Agnahary dra sy miova.[30]Fa handrareo dra sy nakato an'Agnahary faela, kanefa amizao handrareo dra
nitakasy gny famindra-po nohonigny sy fakatoavan'ereo. [31]Manahaky anizay koa, amizao reo Jiosy dra sy nakato.
Gny vokany dra tamigny alalanigny famindra-po ze naseho andrareo gny mety handresan'ereo gny famindra-po
avo koa amizao. [32]Fa i Zagnahary fa nagnily gny sy fakatoava aby, ba afahany mapiseho famindra-po amigny
olon'aby.[33]Endrey, gny halanigny rei harenigny fahendrena vo fahalalan'Agnahary! Sy takasy gny saina reo
fisarany, dra reo lalany dra sy hay refesy! [34]"Fa iza gny nahay gny fihevisy gny Topo na iza gny lasa ho panolo-say
anazy?[35]Na iza gny nagnome raha anigny zagnahary aloha, dra sy maisy hanoheran'Agnahary anazy ndray?"[36]Fa
avy aminazy vo amigny alalany dra hoanazy gny raha aby. Ho anazy mandrakariva gny voninahisy. amena.

Chapter 12

[1]Mangataky andrareo zaho noho izay, ry rahalahy, noho reo famindra-pon'Agnahary, ba hanolosy gny
vatandrareo ho soro velo, masy,eken'Agnahary. Izay gny fanopoandrareo araky gny tokony ho izy. [2]Ka mitovy
amin'izao totolo izao, fa miova amigny fanova gny saindrareo. Atovy izao ba ho fatandrareo zay soa, azo eke, dra
gny sitrapo lafas'Agnahary.[3]Fa zakako, nohonigny fahasoava ze name anahy, gny sy tokony hanagnanigny maro
ze eo amindrareo eriserisy hagnambony gny vatany mihoasy ze tokony ho eriseretiny. Fa tokony hieriserisy
apahendrena ereo, manahaky gny nagnomezan'Agnahary fatra-pinoa gny olon'aby.[4]Fa mana rasa maro amigny
vatasika isika, kanefa sy mitovy avokoa gny asan'ireo rasana reo. [5]Mitovy amizay, isika maro be dra raha raiky
avo ao amin'i Kristy, dra rasana manoka amigny sirairay.[6]Mana fagnomeza-pahasoava samby hafa isika araky
gny fahasoava nameny asika. Raha faminania gny fagnomeza-pahasoavanigny raiky, dra aoky atao araky gny
habenigny finoany. [7]Raha fanopoa gny fagnomeza-pahasoavanigny raiky, dra aoky izy hanopo. Raha nisy raiky
nahazo fagnomeza-pahasoava hapianasy, aoky izy hapianasy. [8]Raha fapahereza gny fagnomeza-pahasoavanigny
raiky, aoky izy hapahery. Raha hagnome gny fagnomeza-pahasoavanigny raiky, aoky izy hanao anizay ami-
pahalala-tagna. Raha hitariky gny fagnomeza-pahasoavanigny raiky, aoky zay ho vita apitandrema. Raha haneho
fangoraha-po gny fagnomeza-pahasoavanigny raiky, aoky zay ho vita apiravoravoa.[9]Aoky gny fitiava sy hisy
fihasaram-belasihy. Halagno gny rasy; hazogny fatrasy gny soa. [10]Raha gny momba gny fitiavanigny pirahalahy,
mifakatiava handrareo aby. Raha gny momba gny fagnomezam-boninahisy, mifagnaza.[11]Raha gny momba gny
fikiriza, ka misalasala. Raha gny momba gny Fagnahy, aoky hafana fo. Momba gny Topo, topoy Izy. [12]Mifalia ao
amigny fahatokia ze hanagnanao momba gny ho avy. Mahareta amireo olonao. Mivavaha hatragny. [13]Mifapizara
amize taliavinigny pino. Mitaliava fomba maro hapiatragnoanao olo.[14]Misora reo ze magneziky anao; misora dra
ka magnozo. [15]Miaraha-faly amireo ze mifaly; miaraha-mitomagny amireo ze tomagny. [16]Mitovia fisaigna amigny
sirairay. Ka misaina amigny fomba mirehareha, fa ekeo reo olo ambany. Ka mihevera gny tagnanao ho hendry.
[17]Ka mamaly rasy gny rasy. Manova raha soa maro eo amasonigny olon'aby. [18]Raha mety araky anize azonao atao,
mihavagna amigny olon'aby.[19]Ka mamaly rasy gny vatandrareo, ry malala, fa ameo lalana gny
fahasiahan'Agnahary. Fa voasorasy ho: "Anahy gny vali-faty; Izaho gny hamaly,' hoy gny Topo." [20]Fa raha resy gny
fahavalonao, ameo hany izy. Raha mangetaheta izy, ameo rano honominy izy. Fa gny manao anizay hanao, dra
hamory bak'afo eo amigny lohany." [21]Ka mety ho resinigny rasy, fa reseo amigny soa gny rasy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 13

[1]Aoky gny fagnahy aby hakatoreo mana-pahefa agnabo, fa sy misy fahefa rasy sy avy amin'Agnahary. Dra reo
mana-pahefa misy dra fa voatendrin'Agnahary. [2]Noho izay ze manohisy anizay fahefa zay dra manohisy gny
lilin'Agnahary; dra reo ze manohisy anizay dra hahazo fisara amigny vatan'ereo.[3]Akory reo panapaky dra sy
fapatahora ho anireo asa soa, fa ho anireo asa rasy. Magniry gny sy hatahosy gny raiky ao amigny fahefa ra
handrareo? Manova gny soa, dra ho dera amin'izay hanao. [4]Fa izy dra panopon'Agnahary ho andrareo amigny
soa. Fa raha manao gny rasy hanao, dra matahosy, akory sy minday gny mesa sy amigny atony izy. Fa izy dra
panopon'Agnahary, pamaly gny fahasiaha amigny manao rasy. [5]Noho izay dra tokony hakato handrareo, sy
nohonigny fahasiaha avo, fa nohonigny fierisereta avo koa.[6]Noho izay dra mandoa hetra avo koa handrareo. Fa
panopon'Agnahary reo mana-pahefa, ze mendrekisy anizay raha zay sy akiato. [7]Atovy amigny sirairay ze tokony
ho anereo: mandoava hetra amize tokony handoava anazy; mandoava fadi-seragna amize tokony
handoavan'anazy; matahora anize tokony hatahosy; magnaza anize mendriky anizay.[8]Ka mana trosa na amin'iza
na amin'iza, afa-sy gny fifakatiava avo. Fa ze tia gny magnodidy anazy dra nahatateraky gny lalan: [9]Maro reo lily
reo: "Ka mangala-balin'olo, ka mamono olo, ka mangalasy, ka misiririsy," Dra raha misy lily hafa akoasy reo koa,
dra voafehy amity fehezateny tihoky zay: "Tiavo gny namanao manahaky gny vatanao." [10]Gny fitiava dra sy
mandrasy gny magnodidy; noho izay, gny fitiava gny fahataterahanigny lalana.[11]Noho izay, fatandrareo gny fotoa,
fa fotoa hifohazandrareo amigny torimaso sahady izao. Fa amizao fa magnariny noho ze ninoasika tamigny
volohany gny fagnavota asika. [12]Mandroso gny hariva, dra magnariny gny andro. Noho izay andao haria reo
asanigny mezy, dra ndao sika hitafy gny fialianigny fahazava.[13]Nadoa hizosy amigny lala mihisy, manahaky gny
amigny andro, fa sy manahaky gny amireo firavoravoa sy apahamendreha na koa gny fahamamoa; dra ndao sy
handeha amigny fahavetaveta na amigny fila sy voafehy, dra sy ho amigny fifanohera na fialogna. [14]Fa matafia
an'i Jesosy Kristy Topo, dra ka magnome hiriky ho anigny nofo, ba hagnomeza fahafaha-po gny filany.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 14

1 Takaro na ze olo malemy amigny finoa, ka misara momba gny toha-kevisy. 2 Gny olo raiky dra mana finoa hihina
na ino na ino, fa gny raiky hafa malemy dra sy mihina afa-sy legioma avo. 3 Aoke ze mihina gny raha aby sy
hagnamavo ze sy mihina; dra ze sy mihina gny raha aby koa sy hisara ze mihina. Fa Zagnahary fa nagneky anazy.
4 Iza moa hanao io, hanao misara gny panopon'olo-kafa? Eo agnatrehanigny Topony izy gny mizoro gny magnety.
Fa hasanga izy, akory gny Topo dra afaky manangan'anazy. 5 Gny olo raiky dra mihevisy fa misy gny andro soa
nohonigny andro aby. Gny Hafa koa dra mihevisy fa mitoby gny andro aby. Angao gnolo ho resy lahasy araky gny
sainy aby. 6 Izay mandiniky gny andro, dra mandiniky anizay ho anigny Topo; dra ze mihina, dra mihina ho
anigny Topo, fa misaotra an'Agnahary Izy. Ze sy mihina dra mifaly hany ho anigny Topo, izy avo koa dra misaotra
an'Agnahary. 7 Fa sy misy miay ho anigny vatany isika, dra sy maty ho anigny vatany. 8 Fa raha miay isika, dra miay
ho anigny Topo, dra raha maty isika, dra maty ho anigny Topo. Araky anizay na velo isika na maty, dra anigny
Topo. 9 Fa ho aminize atony zay gny nahafatesan'i Kristy dra nahavelomany ndraiky koa, ba hahavy anazy ho sady
Toponigny maty gny Toponigny velo. 10 Fa hanao, nagnino hanao gny misara gny rahalahiko? Dra hanao, nagnino
hanao malaiky gny rahalahiky io? Fa isika aby dra bo hizoro ho sara eo agnatrehanigny seza fisaran'Agnahary.
11 Fa voasorasy ho: "Raha bo velo koa zaho," Hoy gny Topo," dra hiforisy eo agnatrehako gny lohaliky aby, dra gny
lela aby dra hideraan'Agnahary." 12 Noho izay dra isika aby dra hanao tatisy gny vatany eo amin'Agnahary. 13 Dra,
aoky isika sy hifapisara sasy, fa koa hanapaky anizao, ba sy hisy hametraky vato mahatafatohy na fandriky ho
anigny rahalahy. 14 Mahafatasy zaho vo resy lahasy ao amigny Topo Jesosy, fa sy misy sy malio amigny vatany. Fa
ho anize mitakasy na ino na ino ho sy malio avo, dra sy malio zay ho anazy. 15 Akory raha malahelo nohonigny
amigny sakafo gny rahalahy, dra sy mandeha apitiava sasy hanao. Ka sola nohonigny amigny hanindrareo reo ze
namoizan'i Kristy gny ainy. 16 Ko ka mamela ze heverinao ho soa ho harasy. 17 Fa gny fazakan'Agnahary dra sy
momba gny sakafo vo gny rano honomy, fa momba gny fahamarigna, fedagna, dra fifalia ao amigny Fagnahy
Masy. 18 Fa ze manopo an'i Kristy araky anizay dra akasitrahan'Agnahary vo ekenigny olo. 19 Noho izay, aoky isika
hanohy reo rahanigny fedagna vo reo raha ze manefy gny sirairay aby. 20 Ka sola nohonigny amigny hany gny
asan'Agnahary. Malio vatany gny raha aby , fa rasy ho anigny olo ze mihina anazy dra mahavy anazy ho tafitohy.
21 Soa gny sy minina-kena, na mino divay, na gny raha aby ze mety hanafitohy gny rahalahinao. 22 Gny finoa
anagnandrareo, tehirizo ao aminao vo gny Zagnahary. Sambasy ze sy magnameloky gny vatany amize akeny. 23 Ze
misalasala dra meloky raha mihina, akory sy tamigny finoa zay. Dra na ino na ino sy avy amigny finoa dra fahota.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 15

[1]Dra sika ze matazaky dra tokony handefisy gny fahalemenigny malemy, dra sy tokony hanao ze mahafinarisy
gny vatasika. [2]Aoka sika hanao ze mahafaly gny piara-belo aminazy fa izay gny soa ba hanandrata anazy.[3]Fa gny
Kristy aza nanao ze nahafatarany gny vatany. Fa ko izay dra araky gny fa voasorasy ho: "Gny fanirasisan'ireo ze
manirasira anao dra nizera taminahy." [4]Fa na ino na ino voasorasy taloha dra voasorasy ho fapenara asika, ba
amigny alalanigny fahareta vo amigny alalanigny fapaherezanigny Sorasy Masy gny hanagnasika toky.[5]Dra gny
Zagnahary gny fahareta vo fapahereza anie hagnome fisaigna mitovy ho anigny olo aby araky an'i Kristy Jesosy.
[6]Izy anie hanao ze anizay ba ho amigny fesaigna raiky vo amigny vava raiky avo gny hiderandrareo an'Agnahary
vo gny Rain'i Toposika Jesosy Kristy. [7]Noho izay mifandresa manahaky gny nandresan'i Kristy andrareo avo koa
aza, ho fidera an'Agnahary.[8]Fa zakako fa Kristy dra fa lasa panoponigny voatapaky ho anigny
fahamarignan'Agnahary, ba hahafaha magnamary reo fapanatena ze name gny ray reo, [9]dra ho anireo Jentilisa
ba hagnomezam-boninahisy an'Agnahary nohonigny famindra-pony. Zay dra araky gny fa voasorasy ho: "Noho
izay dra hagnome fidera anao eo amireo Jentilisa Zaho dra hihira fidera gny andrareo.[10]Bo voazaka hatragny ho:
"Miravoravoa, miaraky amigny vahoaky, ry Jentilisa." [11]Na koa ho: "Derao gny Topo, ry Jentilisa aby; angao gny
olon'aby hidera anazy."[12]Hoy ndraiky, Isaia ho: "Hisy fakanigny Jese, dra gny raiky ze hisangana hanapaky eo
amigny Jentilisa. Hana fahatokia aminazy reo Jentilisa."[13]Dra gny Zagnahary gny fahatokisa anie hagnome
andrareo amigny fifalia vo fewdagnan'aby amigny finoa, ba ho feno fahatokisa handrareo, boaky amigny
herinigny Fagnahy Masy.[14]Gny vatako zao avo koa dra resy lahasy gny momba andrareo, ry rahalahy. Resy lahasy
zaho fa handrareo avo koa dra feno fahasoava, feno gny fahalalan'aby. Resy lahasy zaho fa handrareo koa dra
afaky mifagnanasy.[15]Fa manorasy apahavania amindrareo zaho momba reo raha ilany reo ba hapahasarova
andrareo ndraiky, nohonigny fagnomezam-pahasoava ze namen'Agnahary anahy. [16]Izay fagnomeza-pahasoava
zay dra gny tokony ba hanopoako an'i Kristy Jesosy nalefa tamy Jentilisa agny, ba hanolosy manahaky gny soro
gny filazasaran'Agnahary. Tokony hakato anizay dra ho azo ekena gny fagnatis'ireo Jentilisa, voatokanigny
Fagnahy Masy.[17]Noho izay gny hafaliako dra eo amin'i Kristy Jesosy vo reo raha Zagnahary. [18]fa sy ho havany
hizaka na ino na ino afasy reo raha vitan'i Kristy tamigny alalako ho agny fakatoavan'ireo jetilisa zaho. Reo raha
reo dra vita tamigny zaka vo asa. [19]Tamigny herin'ireo famatara vo fahagaga, dra tamigny herin'ny fagnahy masy.
Zay dra ba avy agny jerosalema, vo lavidavisy manahaky an'i Lyrikioma, gny hahafahako magnatateraky gny
filazasaran'u Kristy.[20]Amin'izay, gny fagniriako dra gny hitory gny filazasara, fa sy agny amin'izay ahafatara an'i
Kristy amigny agnara, ba sy hagnoregnako eo amin'izay fa nagnoregnako hafa. [21]Izay dra araky gny voasorasy ho:
''Tamin'ireo zay sy nizaka anazy gny hahita anazy, dra reo zay sy nahare gny hahazo.''[22]Noho zay avo koa dra
voakasa matetiky sy ho agny amindrareo zaho. [23]Fa amizao, sy mana toera amin'ireo farisy reo sasy zaho, dra
taona maro gny fa nagniriako fatrasy ho agny amindrareo.[24]Noho izay na Ombia na ombia andehanako agny
Espana, dra manatena zaho gny hahita andrareo gny fa miriosy, dra haterindrareo agny amigny handehanako,
gny avy tia gny fiarahandrareo selasela zaho. [25]Fa amizao ho agny jerosalema zaho hanopo reo pino.[26]Fa fifalian'i
Makedonia vo Akaia gny hanao Fandresan'azara ho an'ireo mahatra isan'ireo pino zay agny Jerosalema. [27]Egny,
fifalia ho nazy reo zay, dra, pitrosa aminazy tokoa izy reo. Fa gny jetilisa gny nizara tamigny raha masin'izy reo,
dra tokony hanopo anazy reo avo koa izy reo amin'ireo raha ara-materialy.[28]Noho zay, Gny fa nitaterahiko izao
asa izao dra nagnafatrasy fa voarain'izy reo gny vokasy zay nahoro, dra ho any Espaina zaho dra hisiliky
andrareo amigny lalako. . [29]Fataso fa gny magnagny amindrareo zaho dra hilisy amigny fahafeon'ny fitahin'i
Kristy.[30]Akehitriny mapirisiky andrareo zaho, dra rahalahy, amigny Jesosy Kristy toposika, vo amigny fitiavan'ny
fagnahy, ba hindray hialy aminahy handrareo amigny vavaky ataondrareo amin'i Zagnahary ho anahy.
[31]Mivavaky ba ho avosy amin'ireo zay sy makatoa any Jodia zaho, dra ba ho eken'ireo pino gny fanopoako ho an'i
Jerosalema. [32]Mivavaha ba hiaviako amindrareo aminy hafalia amigny sitrapon'i Zagnahary, dra ba hahafahako,
mahita fisahara, mindray amindrareo.[33]Zagnahary gny fiadagna anie homba andrareo aby, Amena.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 16

[1]Akiniko amindrareo i Foiby anabavisika, ze panoponigny fengona a Kenkrea agny, [2]ba handresandrareo anizay
ao amigny Topo. Atovy zay amigny fomba mendriky reo pino, dra magnatreha anazy amize olo mety taliaviny
gny fagnapindrareo. Fa izy vatany avo koa dra lasa pagnapiny gny maro, dra gny vatako avo koa.[3]Manova veloma
an'i Prisila vo i Akoila, piara-miasa aminahy ao amin'i Kristy Jesosy, [4]ze nahafo gny ain'ereo ho anigny aiko.
Misora anereo zaho, dra sy izaho avo, fa reo fengonanigny Jentilisa aby koa. [5]Manova veloma gny fengona ze ao
amigny tragnon'ereo. Manova veloma agny amin'i Epineto malalako, ze voloham-bokas'i Asia ho an'i Kristy.
[6]Manova veloma an'i Maria, niasa fatrasy ho andrareo. [7]Manova veloma an'i Androniko vo i Jonia, havako, dra
nindray nigadra taminahy. Malaza eo agnevon'ireo apostoly ereo, tao amin'i Kristy talohako avo koa. [8]Manova
veloma an'i Apmliato, malalako ao amigny Topo.[9]Manova veloma an'i Orbano, piara-miasa amisika ao amin'i
Kristy, vo Staky, malalako. [10]Arahabao Apela, gny akasitrahana ao amin'i Krysty. Arabao reo izay ao amigny
tokatragnon'i Aristobolo. [11]Manova veloma an'i Herodiona, havako. Manova veloma an'ireo zay ao amigny
tokatragnon'i Narkisa, zay ao amigny topo.[12]Manova veloma an'i Tryfena vo Tryfosa, zay miasa mafatrasy ao
amigny topo. Arabao Perysa malala, zay niasa matrasy tao amin'ny topo. [13]Manova veloma an'i Rofosy, zay voafily
tao amigny topom dra gny reniny vo gny reniko. [14]Manova veloma an'i Asynkrito, Flegona, Hermesy, Patroba,
Herma, dra reo rahalahy zay mindray amin'ereo.[15]Manova veloma an'i Filologia vo Jolia, Nerea vo gny anabaviny,
vo Olimpa, dra reo pino aby mindray amin'izay reo. [16]Mifanova veloma amigny fifaniriha masy. Reo fengonan'i
Kristy aby dra manao veloma andrareo.[17]Akehitriny mapirisiky andrareo zaho, dra rahalahy, ba hihevisy gny
mamba reo zay mahavy gny fizarazara vo gny fagnafitohigna. Izy reo dra mihoasy lavisy gny fapianara izay
nalandrareo . Miala lavisy aza ireo . [18]Fa sy manopon'ni Kristy toposika gny olo manahaky anio, fa gny trony
manoka avo. Amigny zaka malefaky vo mandoka gny amitahan'izy reo gny fon'ny sy manasigny.[19]Fa gny
ohasindrareo amigny fakatoava dra tafita agny amigny kiraikiraiky. Noho izay, mifaly zaho, gny amindrareo, fa
tiako ba ho hendry am'izay soa handrareo, dra sy hanasigny am'izay rasy. [20]Zagnahary gny fiadagna hanorotoro
an'i Satana eo ambanin'ny tombondrareo afaky fotoa boribory. Ho aminadreo anie gny fahasoavan'i toposika
Jesosy Kristy.[21]Timoty, piara-miasa aminahy, dra manao veloma andrareo, vo i Losio, Jaona dra i Sosipatro,
havako. [22]Izaho, Tertio, ze nanorasy ty apistily tihoky, dra manao veloma andrareo ao amigny Topo.[23]Gaio, gny
papianasy anahy vo gny fengona manotolo, dra manao veloma andrareo. Arasto, pitam-bola ao amigny tana, dra
manao veloma andrareo, miaraky amin'i Koarto gny rahalahy. [24][Fagnamariha: Gny fandika taloha soa dra
mangalaky ty andininy tihoky. (atio gny Romana 16: 20). and 24: "Ho amindrareo aby anie gny fahasoavanigny
Toposika Jesosy Kristy. Amena."][25]Dra gny voninahisy dra ho anazy ze mahita mapizoro andrareo araky gny
filazasarako vo gny fitoria an'i Jesosy Kristy, araky gny fagnambara gny misitery ze nitana ho sembaratelo ela be
tagny, 26Kanefa zinaka amizao, dra tamigny alalanigny bokinigny faminania gny napahafatary tamigny firenena
aby, araky gny lilin'agnahary mandrakizay, ho fakatoava gny finoa.[27]Ho anigny Zagnaharinigny fahendrena, anie
gny voninahisy mandrakizay, amigny alalan'i Jesosy Kristy. Amena.

# 1 Corinthians

Chapter 1

[1]Paoly , nitokan'i Jesosy Kristy ba ho Apostoly nohon'gny sitrapon'Agnahary, vo Sostena rahalahisika,[2]ho agny
fiangonan'Agnahary a Korinto, ho an'ereo ze nihamasiny tao amin'i Kristy Jesosy, ze voatoka ho olo masy .
Manorasy ho an'ereo aby ze mitoka gny agnaran'i Jesosy Kristy Toposika amin'gny toera iaby avo koa zahay, dra
Topon'ereo vo asika. [3]Ho amindrareo anie gny fahasoava vo gny fiadana laha tamin'Agnahary Rasika vo Jesosy
Kristy Topo.[4]Izaho dra magnome fisaora ho an'Agnahary ho andrareo avo nohon'gny fahasoavan'Agnahary ze
nomen'i Jesosy Kristy andrareo. [5]Nataony nanankanagna tamin'gny fomba iaby andrareo , tamin'gny fizaka aby
vo gny fahalala aby, [6]raha vao voaporofo teo amindrareo fa mary gny fagnambara momban'i Kristy.[7]Noho zay
andrareo dra sy ory fagnomezam-pahasoava eo am-pandignasandrareo fatrasy gny fagnambara an' i jesosy
Kristy Toposika. [8]Izy avo koa dra hapahery andrareo hatramin'gny farany, ba sy hana-signy andrareo amin'gny
andron'i Jesosy Kristy Toposika . [9]Mahatoky Zagnahary, ze nitoka andrareo ho amin'gny fandresa amy
zanadahiny , Jesosy Kristy Toposika.[10]Amizao dra mampirisika andrareo zaho, ry rahalahy. amin'gny agnaran'i
Jesosy Kristy Toposika, ba hifagnaraky andrareo aby, dra sy hisy fisaraha eo amindrareo. Mampirisiky zaho ba
hikamba amin'gny say mitovy vo tazona mitovy andrareo. [11]Fa natao mazava taminahy , ry rahalahy, tamin'gny
alalan'gny vahoakin'i kloe fa misy fifampiandania eo amindrareo.[12]Gny toako ambara dra zao: Gny kirairaiky


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

amindrareo samy manao ho: ''Izaho miaraky amin'i Paoly,''dre ''Izaho miaraky amin'i Apostoly,''dre ''Izaho
miaraky amin'i Kefasy,''dre ''Izaho miaraky amin'i Kristy.'' [13]Voazarazara se Kristy? Paoly se gny nomboa ho
andrareo? Tamin'gny agnaran'i Paoly se nanova batisa andrareo?[14]Misaotra an'Agnahary zaho fa sy nisy nataoko
batisa andrareo , afa-sy Krispo vo Gaio. [15]Zay dra ba sy hafahan'iza na iza mizaka ho tamin'gny agnarako gny
nanova batisa andrareo. [16]( Zaho avo koa dra nanao batisa gny ankohonan'i Stefanasy, Gny akoasy zay, sy fatako
raha nanao batisa olo hafa zaho.)[17]Fa kristy dra sy nagniraky anahy ba hampanao batisa fa hitory gny filazasara.
Izy sy nandefa anahy hitory amin'gny zakan'gny fahendren'ny olombelo, ba sy ho rava gny herin'gny
hazofizalian'i Kristy.[18]Fa gny hafasy momba gny hazo fizalia dra fahamola amin'ireo ze ho maty. Fa eo amin'ereo
ze ho vozen'Agnahary koa, dra herin'Agnahary zay. [19]Fa voasorasy ho: ''Ho torotoroko gny fahendren'gny hendry.
Ho ravako gny fahalalan'gny mahay.''[20]Eza gny olon-kendry? Eza gny manam-pahaiza? Eza gny pialy hevisy
an'izao totolo zao? Moa sy navalik'Agnahary ho fahamola se gny fahendren'izao totolo zao? [21]Satria sy nahay
an'Agnahary zao totolo zao tao amin'gny fahendreny, dra sitrak'Agnahary gny hamozy reo ze mino amin'gny
alalan'gny fahamolan'gny fitoria.[22]Fa reo Jiosy dra mangataky famatara mahagaga dra reo Grika mikaroly
fahendrena. [23]Fa zahay mitory an'i Kristy voahombo , ze vato fanafitohina ho an'ereo Jiosy dra fahamola ho
an'ereo Grika.[24]Fa ho an'ereo ze nitokan'Agnahary, reo Jiosy vo reo Grika, dra mitory an' i Kristy tahaky gny hery
vo fahendren'Agnahary zahay. [25]Fa gny fahamolan'Agnahary dra hendry noho gny olo, dra gny
fahalemen'Agnahary dra matazaky noho gny olo.[26]Hevero gny fitokava andrareo, ry rahalahy. sy maro
tamindrareo gny hendry raha gny amin'gny maha olombelo. Sy maro tamindrareo gny nahery. Sy maro
tamindrareo gny abo firazagna. [27]Fa Zagnahary dra nisafily reo raha molan'izao totolo zao ba hapahamegnasy
gny hendry . Zagnahary dra nisafily ze malemy eo amin'izao totolo zao ba hapahamegnasy ze matazaky.
[28]Zagnahary dra nisafily ze ambany vo hamavoy eto amin'izao totolo zao. Na Izy avo dra nifily reo raha ze
nihevery ho sinosino , ba hahavy sinosino reo raha ze atao ho mana-daza. [29]Nataony zay ba sy hisy hana atony
hirehareha eo anatrehany.[30]Nohon'gny nataon'Agnahary, amizao andrareo dra ao amin'i Kristy Jesosy, ze lasa
fahendre ho asika laha tamin'Agnahary. Izy dra lasa fahamarinasika, fahamasignasika dra fahafahasika.
[31]Vokasin'izay, araky ze voazakan'gny Sorasy masy ho:''Ao ze mirehareha , hirehareha ao amin'gny Topo.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 2

1Gny fa nagneo amindrareo zaho, ry rahalahy , dra sy avy niaraky tamy lahateny na fahendrena raha
nagnambara gny mistery momban'Agnahary. [ Fanamarigna: Gny dika-zaka maro hafa dra mivaky manahaky
anizao ho: ''Raha nagnambara gny fisangana vavolombelo momban'Agnahary zaho''] Fa nanapa-kevisy sy
hahalala na ino na ino zaho gny teo amindrareo, afa-sy Jesosy Kristy , vo Izy voahombo.3Dra niaraky tamindrareo
zaho teo amin'gny fahalemena , vo teo amin'gny tahosy dra teo amin'gny fangitikitia lahibe. 4Dra gny hadako vo
gny fagnambarako dra sy tamin'gny zaka fandresen-dahasy gny fahendrena. Fa dra, reo dra tamin'gny
fanehoan'gny Fanahy vo hery, 5ba sy ho ao amin'gny fahendren'gny olombelo gny finoandrareo, fa ao amin'gny
herin'Agnahary.6Amizao dra miresaky fahendrena eo amin'ereo matosy isika, fa sy gny fahendren'izao totolo zao ,
na gny ani'ereo mpanapak'izao vaninandro zao, ze miriosy avo. 7Fa dra, mizaka gny fahendren'Agnahary
amin'gny fahamarina mivony isika, gny fahendrena mivony ze nitendren'Agnahary mialoha talohan'ereo
vaninandro aby ho voninahisika.8Sy nisy tamin'ereo mpanapak'izao andro zao gny nahafatasy io fahendrena io,
fa raha nahatakasy anizay ereo tamin'izay fotoa zay, dra sy ho nombon'ereo gny Topon'gny voninahisy. 9Fa araky
ze voasorasy ho:''Reo raha ze sy nisy maso nahita, sy nisy sofy nahare, sy nisy eriserisy nahazo asay, reo raha ze
noman'Agnahary ho an'ereo tia Anazy.''10Reo gny raha nasehon'Agnahary taminay tamin'gny alalan'gny Fagnahy>
Fa gny Fagnahy dra mitalia gny raha iaby, dre dra reo raha lalin'Agnahary avo. 11Fa iza gny mahafatasy gny
fisaignan'gny olo raiky afa-sy gny fanahin'gny olo ao aminazy? Araky zay koa, sy misy mahafatasy reo raha
lalin'Agnahary afa-sy gny Fanahin'Agnahary.12Fa sy nandray gny fagnahin'izao totolo zao isika, fa gny Fagnahy ze
laha tamin'Agnahary, ba hafahasika mahafatasy reo raha ome asika maimaipoa laha tamin'Agnahary. 13Mizaka
momba gny raha reo amin'gny zaka ze hain'gny fahandren'gny olombelo ampianary izahay, fa ze ampianarin'gny
Fagnahy anay. Gny Fagnahy gny mandika gny zaka ara-panahy miaraky amin'gny fahendre ara-pagnahy.14Gny olo
ze sy ara-panahy dra sy mandray gny raha ze agny Fanahin'Agnahary, satria fahadala aminazy io. Sy afa-
mahalala an'io .15Zay ara-pagnahy dra misara gny raha iaby, fa sy iharan'gny fisaran'gny hafa izy. 16''Fa iza gny fa-
mahay gny fisaignan'gny Topo, gny ho afaky hampianasy Anazy?''Fa izahay dra mana gny fisaignan'i Kristy.

Chapter 3

[1]Dra izaho , ry rahalahy, dra sy afaky nizaka tamindrareo tahaky gny olo ze ara-pagnahy, fa dra tahaky gny olo
ara-nofo, tahaky gny zazamasaikyao amin'i Kristy. [2]Nifahanako ronono andrareo, fa sy ventin-kny, satria sy
vonona tamin'izay andrareo; na amizao avo dra bo sy vonona amin'izay andrareo.[3]Satria andrareo bo araky gny
nofo. Fa dre eza misy fahasarotam-piaro vo fifagnakania eo amindrareo, dra sy miay araky gny nofo se andrareo,
dra sy mandeha amin'gny fenitry gny olombelo? [4]Fa gny fa misy raiky mizaka ho:''Izaho magnaraky an'i
Paoly,''dra gny raiky mizaka ho: ''Izaho magnaraky an'i apolosy , ''dra sy miay tahaky gny olombelo avo se
andrareo? [5]Iza gny Apolosy? Iza Paoly? Mpanompo ze tamin'gny alalany gny ninoandrareo, ze nomen'gny Topo
asa aby.[6]Izaho gny namboly , Apolosy gny nanondraky , fa Zagnahary gny nampitombo. [7]Ka noho zay, na iza ze
mamboly na iza ze manondraky dra sy misy dikany. Fa Zagnahary gny mampitombo.[8]Dra izy ze mamboly vo izy
ze manondraky dra raiky, dra gny kirairaiky dra samy hahazo gny karamany aby araky gny asany. [9]Fa izahay dra
mpiara-miasa amin'Agnahary. Andrareo dra sahan'Agnahary, vo tragnon'Agnahary.[10]Araky gny
fahasoavan'Agnahary ze nome anahy tahaky gny mpanao tragno mahay, dra nametraky gny fotoa zahy dra hafa
gny magnory eo agn'abony. Fa ao gny lelahy kirairaiky hitandry gny amin'gny fomba hagnoregnany eo amin'izay.
[11]Fa sy misy olo mametraky fotosy afa-sy gny raiky ze napetraky, zay hô, Jesosy Kristy.[12]Amizao raha misy olo
magnory eo agn'abonin'gny fotosy amin'gny volamena, volafosy , vato sarobidy, hazo , bozaky, na mololo, [13]dra
haseho gny asany , fa gny andro mazava gny haneho anizay. Satria haseho amin'gny afo zay. Gny afo gny hisapa
gny hasaran'gny nataon'gny kirairaiky .[14]Raha mitoesy gny asan'gny olo, dra hahazo valisoa izy; [15]fa raha may gny
asan'gny olo, dra ho fatiatoky izy, fa izy vatany dra ho voze, manahaky gny nipotaky tamin'gny afo avo.[16]Sy
fatasindrareo se fa andrareo dra tragnon'Agnahary dra gny Fagnahin'Agnahary gny mitoesy ao amindrareo?
[17]Raha misy olo manimba gny tragnon'Agnahary , dra hanimba anizay olo zay Zagnahary. Fa masy gny
tragnan'Agnahary, dra manahaky anizay koa andrareo.[18]Ka anga hisy olo hamita-vata . Raha misy olo eo
amindrareo mihevisy fa hendry izy amin'izao vanim-potoa zao, angao izy ho lasa''adala''amin'izay ba mety ho
lasa hendry izy. [19]Fa gny fahendren'izao totolo zao dra fahalala eo amin'Agnahary . Satria voasorasy ho:
''Nahatrasy gny hedry tao amin'gny hafesan'ereo Izy. ''[20]Dra koa ho:''Gny Topo dra mahay fa gny fihevisy gny
hendry dra raha-rava.''[21]Noho zay sy misy firehareha momban'gny olo sasy! Fa gny raha-iaby dra andrareo,[22]na
Paoly , na Apolosy, na Kefasy, na zao totolo zao, na fiaigna, na fahafatesa , na raha amizao, na raha ho avy . Gny
raha-iaby dra andrareo, [23]dra andrareo dra an'i Kristy, dra Kristy dra an'Agnahary.

## Chapter 4

[1]Manahaky anizao gny tokony handrambesan'gny olo asika, tahaky gny mpanompon'i Kristy dra mpitandry gny
misterin'Agnahary. [2]Amiza'izay fifandrambesa zay, dra fepetra takia amin'ereo mpitandry gny maha-mendri-
pitokia anazy reo.[3]Fa aminahy dra raha masaiky dra masaiky gny tokony hisarandrareo na hisaran'olombelo
anahy aby. Fa dre izaho avo sy misara gny vatako. [4]Izaho dra sy mahafatasy ze fiampanga anatao taminahy, fa zay
dra sy midika fa sy mana-signy zaho. Gny Topo gny misara anahy.[5]Noho zay, ka manono fisara momban'gny raha
iaby mialohan'gny fotoa, mialohan'gny hiavian'gny Topo. Izy dra handay raha mihaza amy mezy handesy
amin'gny fahazava dra hampiseho gny fikasan'gny fo. laha teo gny kirairaiky aby dra handramby gny fiderany
laha tamin'Agnahary.[6]Amizao, ry rahalahy, nampihasy gny fisipiky reo taminahy vo tamin'i Apolosy zaho
nohon'gny amindrareo, ba hafahandrareo mianasy laha taminay gny dikan'gny fizaka ho: ''Ka mandeha mihoasy
ze voasorasy.''Zay dra ba sy hisy raiky amindrareo hirehareha gny amin'gny fakasitraha gny raiky noho gny hafa.
[7]Fa iza gny mahita fahasamihafa eo aminddrareo vo reo hafa? Ino gny anagnandrareo dra sy nirambesindrareo
maimaipoa? Raha nandramby anizay maimaipoa andrareo, nanao akory andrareo gny mirehareha manahaky
gny sy nanao manahaky anizay?[8]Fa anagnandrareo iaby ze gny fa taliavindrareo! Fa nazary mpagnarivo
andrareo! Dra fa nanomboky nazaka andrareo-dra zay dra sy avy taminay! zaho dra magniry tokoa gny
nazakandrareo, ba hafahanay mazaka miaraky amindrareo. [9]Fa zaho dra mieriserisy fa Zagnahary dra
nametraky asika ho apostoly miharihary tahaky gny olo voafagnahia ho maty. Izahay dra nazary fampisehoa ho
an'izao totolo zao-ho an'ereo azely, dra gny ho agny olombelo.[10]Izahay dra mola nohon'gny amin'i Kristy, fa
andrareo dra hendry ao amin'i Kristy. Malemy zahay, fa andrareo mahery. Andrareo dra nomem-boninahisy , fa
zahay koa sy nala-baraka. [11]Mandrak'amizao zahay dra resy vo mangetaheta , mizaly akazo, trobaky fatrasy , dra
sy mana-kialofa.[12]Miasa fatrasy zahay, miasa amin'gny alalan'gny tagnanay avo. Gny fa kizahy zahay, dra miarisy.
[13]Gny fa hezehy zahay, dra miso-drano. Gny fa voahendrikendriky zahay, dra mizaka amin-kasaram-pagnahy.
Zahay dra niova, dra bo rambesy ho, fakon'izao totolo zao vo vahan-draha iaby.[14]Zaho dra sy nanorasy gny raha
reo ba hahamegnasy andrareo, fa manisy andrareo manahaky gny zanaky malalako. [15]Fa na dra mana mpiamby
hariva raiky ao amin'i Kristy avo andrareo, dra sy mana raiky maro be. Fa zaho dra nazary randrareo ao amin'i
Kristy Jesosy tamin'gny alalan'gny filazasara. [16]Noho zay dra mampirisiky andrareo zaho ba ho paka-tahaky
anahy.[17]Zay gny nandefasako andrareo an'i Timoty, zanaky malalako sady mahatoky ao amin'gny Topo. Izy dra
hapasiahy andrareo gny lalako ao amin'i Kristy, tahaky gny ampianarako anazy reo dre eza dre eza vo ao
amin'gny fiangona iaby. [18]Amizao dra lasa miavo gn'ilany amindrareo, manao manahaky gny ho sy ho avy agny
amindrareo zaho.[19]Fa ho avy sy ho ela agny amindrareo zaho, raha sitraky gny Topo. Dra sy hahafatasy gny
resak'ereo ze tena miavo avo zaho, fa hahita gny herin'ereo . [20]Satria gny fazakan'Agnahary dra sy mifotosy
amin'gny resaky fa amin'gny hery. [21]Ino gny taliavindrareo? Tokony ho avy agny amindrareo miaraky amin'gny
sorakazo se zaho sa miaraky amin'gny fitiava feno halemem-pagnahy?


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 5

[1]Zahay dra nahare tatisy fa misy fizangazanga eo amindrareo, karaza fandesa-vata sy mendreky ze sy azo atao
akory eo amin'ereo Zetilisa. Gny tatisy dra hô misy raiky amindrareo miaraky mandry amin'gny valin-drany.
[2]Andrareo dra tena miavognavo! Fa sy tokony alahelo se andrareo? Gny raiky ze nanao anizay dra sy maisy ala
eto amindrareo.[3]Fa dre dra sy eo ara-bata avo zaho fa bo eo ara-ppagnahy, dra fa nisara gny raiky ze nanao
anizay avo, manahaky gny hô teo zaho. [4]Gny fa miaraky mivory amin'gny agnaran'i Jesosy Toposika andrareo, dra
gny fanahiko dra eo koa amin'gny herin'i Jesosy Toposika, dra fa nisara anio olo io avo zaho. [5]Nataoko zay ba
hanolora anizay lelahy zay ho agny Satana ho fanorotoroa gny nofo, ba ho voavozy gny fanahiny amin'gny
andron'gny Topo.[6]Sy soa gny fireharehandrareo ! Sy fatasindrareo se fa gny lalivay masaiky dra magnova gny
mofo iaby? [7]Liovy gny vatandrareo amin'gny lalivay taloha ba ho hazary mofo vaovao andrareo, ka ba hazary
mofo sy misy lalivay. Fa kristy, gny Zanak'agn'ondrisika tamin'gny Paska, dra natao soro. [8]Noho zay dra ao isika
hakalaza gny firavoravoa, sy amin'gny lalivay taloha , gny lalivain'gny fandesa-vata rasy vo faharasia. Fa dra, ao
isika hakalaza amin'gny mofo sy misy lavenin'gny fahaliovam-po vo fahamarina.[9]Izaho dra nanorasy ho andrareo
tao amin'gny taratasiko ba sy hiarahandrareo miasa amin'ereo olo pizangazanza. [10]Kanefa gny tiako ambara dra
sy gny olo pizangazanga iaby eto amin'izao totolo zao, na reo sy mahano-vata, na reo pisoloky, na reo panopo
sapy , satria ba hiala amin'ereo dra mila miala amin'izao totolo zao andrareo.[11]Nefa amizao zaho manorasy ho
andrareo ba sy hiara -hiasa miaraky amin'iza na iza ze tokavy hô rahalahy nefa miay ao agnatin'gny
fizangazanga, dre ze sy mahono-tegna, dre panopo sapy, dre pizaka rasy, dre pimamo, dre pisoloky. Ka mihinana
hany miaraky amin'gny olo manahaky anizay avo. [12]Fa nanao akory gny idirako amin'gny fisara reo ze agny
ambalikin'gny fiangona? Mifanohisy amin'izay , andrareo se sy tokony hisara reo ze ao agnatin'gny fiangona? [13]Fa
Zagnahary dra misara reo ze agny ambaliky. ''Alao eo amindrareo gny olo-drasy.''



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 6

[1]Gny fa misy raiky amindrareo mana aly amin'gny raiky hafa, mahavany handeha agny amin'gny fisara eo
anatrehan'gny pisara sy pino se izy, fa sy eo anatrehan'ereo pino? [2]Moa sy fatasindrareo se fa gny pino gny hisara
an'izao totolo zao? Raha zay, andrareo gny hisara an'izao totolo zao, moa sy mahavita mandamy raharaha
maliniky se andrareo? [3]Moa sy fatasindrareo se fa hisara reo Azely isika?Manahaky gny nanao akory, nanao
anizay , gny fihoaran'gny fahafahasika misara gny raharaha amin'itiho fiaigna itiho?[4]Raha manahaky dra ka
afaky misara gny raha ze miseho amin'gny andavanandrom-piaigna anao, nanao akory anao gny mametraky
karaza tranga tahaky anizay eo anatrehan'ereo ze sinosino ao amin'gny fiangona ? [5]Hahamegnasy andrareo gny
hizakako anizay. Moa se sy ba misy apy fahendrena na dra raiky avo eo amindrareo handamy gny disadisa eo
amin'gny pirahalahy? Fa dra , misy pino raiky mandeha mifanatriky amin'gny pino hafa eo amin'gny fisara, dra
zay raharaha zay dra hapetraky eo anatrehan'gny pisara ze sy pino![7]Gny fisan'gny aly eo amindrareo Kristiana ay
dra fa faharese ho andrareo avo. Fa sy aleo se mizaly amin'gny fahadisoa? Fa sy aleo se agna ho voafitaky gny
vatandrareo? [8]Fa andrareo dra nandiso vo namitaky gny hafa , dra rahalahindrareo avo ereo![9]Moa se sy
fatasindrareo fa gny sy mary dra sy handova gny Fazakan'Agnahary? Ka mino vandy. Reo vetaveta, reo panopo
sapy, reo pizangazanga, reo lelahy mpivaro-tegna, reo ze miara-mandry amin'gny samy lelahy,[10]reo mpangalasy,
reo sy mahay zao, reo mpinotoaky, reo mpagnarasy , reo mpandrava-sy misy raiky amin'ereo handova gny
fazakan'Agnahary. [11]Manahaky anizay gn'ilany amindrareo. Fa voalio andrareo, nohamasiny andrareo, dra
voamary teo amin'Agnahary andrareo tamin'gny agnaran'gny Topo Jesosy Kristy vo tamin'gny
Fanahin'Agnahary.''[12]Gny raha iaby dra ara-dala aminahy,''fa sy gny raha iaby gny mahasoa.''Gny raha iaby dra
ara-dala aminahy,''fa sy ho andevozin'gny raiky amin'ereo zaho. [13]''Gny hany dra ho agny troky, dra gny troky
natao ho agny hany,''fa Zagnahary dra handrava anazy ro reo. Gny vata dra sy natao ho agny fizangazanga . fa
dra, gny vata dra natao ho agny Topo, dra gny Topo dra hagnome ho agny vata.[14]Zagnahary dra fa nananga gny
Topo sady hananga asika amin'gny heriny koa. [15]Moa sy fatasindrareo se fa gny vatandrareo dra rasam-batan'i
Kristy? Ka andesiko se gny rasam-vatan'i Kristy dra hampiray anazy reo amin'gny mpivaro-tegna? Sy hisy se zay!
[16]Moa sy fatasindrareo se fa ze miray amin'gny mpivaro-tegna dra lasa nofo raiky aminazy? Tahaky gny
voazakan'gny Sorasy Masy ho:''Ho nofo raiky avo izy ro.'' [17]Fa izy miray amin'gny Topo dra lasa fagnahy raiky
Aminazy.[18]Hialao gny fizangazanga! Gny fahota hafa aby ze ataon'gny olo dra ambaliky gny vata, fa gny olo
pizangazanga dra manota ho amin'gny vatany avo.[19]Moa se sy fatasindrareo fa gny vatandrareo dra
fiangonan'gny Fagnahy masy, ze mony ao agnatindrareo, ze azondrareo lha tamin'Agnahary? Moa sy
fatasindrareo se fa sy andareo vatandrareo? [20]Fa olom-boavily andrareo. Noho zay dra makalaza an'Agnahary
amin'gny vatandrareo. [ Fanamarigna: Gny dika-zaka taloha sasany dra mivaky manahaky anizao hô : ''Noho zay
makalaza an'Agnahary amin'gny vatandrareo vo amin'gny fagnahindrareo, ze an'Agnahary.'' Fa gny dika-zaka soa
indrindra dra sy mivaky manahaky an'io.]


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 7

[1]Dra mahakasiky gny olo ze nosoratindrareo momban'gny ho: "soa ho agny lelahy gny sy mikasiky ampela."[2]Nefa
noho reo fakam-panahy amin'gny fahavetaveta maro isan-karazany, dra tokony hana gny valiny manoka aby gny
lelahy kirairaiky, dra gny ampela kirairaiky dra tokony hana gny valiny manoka aby.[3]Gny lelahy dra tokony
hagnome reo zo ara-panambalia ho agny valiny, dra manahaky anizay koa gn'ampela ho agny valiny. [4]Sy gny
ampela gny mana fahefa amin'gny vatany manoka, fa gny valiny. Manahaky anizay koa, sy gny lelahy gny mana
fahefa amin'gny vatany manoka , fa gny valiny gny mana.[5]Ka mifanakasaka andrareo kirairaiky , afa-sy amin'gny
fifagnaraha nifanova dra amin'gny fotoa voatoka. Atovy zay ba hafahandrareo manoka -tegna amin'gny vavaky.
Laha teo dra tokony hiara-handry draiky andrareo, ba sy hafahan'gny sy fanagnandrareo fifeheza-tegna. [6]Kanefa
zaho dra mizaka gny raha reo amindrareo am-pahalalahana fa sy didy koa. [7]Iriko gny olo iaby hanahaky anahy.
Fa gny kirairaiky dra samy mana gny fagnomezam-pahasoavany manoka laha tamin'Agnahary. Gny raiky mana
anitiho karazam-pagnomezam-pahasoava itiho, dra gny raiky hafa mana karazany hafa koa.[8]Ho an'ereo ze sy
manambaly vo reo pinday vata dra mizaka zaho fa soa ho anazy reo raha mizano vo manambaly ereo, tahaky
anahy. [9]Kanefa ereo raha sy afaky mamehy vata, dra tokony hanambaly. Satria soa ho anazy reo gny manambaly
manahaky ze ampirehetin'gny fila ara-nofo.[10]Dra ho an'ereo ze manambaly dra magnome anizao didy zaho-sy
zaho, fa gny Topo-gny ampela dra sy tokony hisaraky amin'gny valiny, [11]( fa raha manao izy ka misaraky amin'gny
valiny, dra tokony hizano sy hanambaly na koa mihery mihava amin'gny valiny)-dra gny lelahy dra sy tokony
hisaraky amin'gny valiny.[12]Fa ho agny sisa dra mizaka zaho-izaho fa sy gny Topo-hô raha misy rahalahy raiky
mana valy sy mpino, dra raha mahafaly anazy gny miaraky miay aminazyy, dra sy tokony hisaraky amin'gny
valiny izy. [13]Raha gny ampela raiky gny mana valy sy mpino, dra raha mahafaly anazy gny miara-miay aminazy,
dra sy tokony hisaraky amin'gny valiny izy. [14]Satria gny lelahy sy mpino dra natoka noho gny amin'gny valiny, dra
gny ampela sy mpino dra natoka nohn'gny amin'gny rahalahy. Fa raha sy zay dra ho maloto gny zanakindrareo,
nefa raha gny mary dra fa voatoka nereo.[15]Fa raha gny valy sy Kristianiana gny magnenga, angao izy andeha.
amin'gny toe-draha manahaky anizay, gny rahalahy dre gny rahavavy dra sy voafehin'gny voadin'ereo.
Zagnahary dra nitoka asika ba hiay am-piadana. [16]Fa amin'gny fomba manao akory gny ahafataranao, ry ampela ,
raha ho voavozinao gny valinao? Na amin'gny fomba manao akory gny ahazanao , ry lelahy , raha ho voavozinao
gny valinao?[17]Fa angao avo gny kirairaiky aby hiay gny fiaigna ze fa nanendren'gny Topo anazy, dra araky gny fa
nitokavan'agnahary anazy. Io gny fisipiko ao amin'gny fiangona iaby. [18]Fa voafora se gny olo raiky gny fa nitokavy
ba hino? Izy dra sy tokony hiezaky gny hisehoseho tahaky gny sy voafora. Sy voafora se gny olo raiky gny fa
nitokavy ho amin'gny finoa? Sy tokony ho forignesa izy. [19]satria sy gny famora na gny sy famora gny raha-lahibe.
Gny raha-lahibe dra gny fakatoava gny didin'Agnahary.[20]Gny kirairaiky aby dra tokony hizano amin'gny fitokava
ze nisy anazy gny fa nitokavin'Agnahary ba hino izy. [21]Andevo se anao fony Zagnahary nitoka anao? Ka miahiahy
gny amin'izay . Fa raha mety ho afaky anao, dra araraoty zay. [22]Satria gny olo raiky ze nitokavin'gny Topo ho
andevo dra olo afaky gny Topo. Manahaky anizay koa gny olo ze afaky fony izy nitoka ba hino dra andevon'i
Kristy. [23]Andrareo dra voavily, noho zay dra ka avy manahaky gny andevon'olo. [24]Ry rahalahy, dre ino dre ino
fiaigna nisy amisika kirairaiky fony isika nitokavy ba hino, dra ao isika hizono hanahaky anizay.[25]Dra
mahakasiky reo ze sy nanambaly mihisy, izaho dra sy mana didy laha tagny amin'gny Topo. Nefa izaho dra
magnome gny hevisy tahaky gny raiky ze , amin'gny alalan'gny famindram-pon'gny Topo, dra mendri-pitokisa.
[26]Noho zay, mieriserisy zaho fa nohon'gny loza ze ho avy,dra soa ho agny lelahy gny mizano amin'gny izy anazy.
[27]Voafehy amin'gny ampela se andrareo/ Ka mitalia gny ho afaky aminazy. Afaky amin'gny valinao se anao? Ka
mitalia valy. Nefa raha manambaly andrareo, dra sy nanota. [28]Raha gny ampela sy manambaly gny manambaly,
dra sy nanota izy. Nefa gny se manambaly dra hana karazan'olo maro raha bo velo, dra zaho dra te hangalaky
andrareo amin'izay.[29]Fa zao gny zakako , ry rahalahy: Bory gny fotoa. Manomboky zao, aleo reo ze fa manam-baly
hiay ho tahaky gny sy mana. [30]Reo ze mitomagny dra tokony hanao hanahaky gny sy mitomagny , reo ze mifaly
hanahaky gny sy mifaly,dra reo ze mivily hanahaky gny sy mana dre ino dre ino ; [31]dra reo ze mampiasa anizao
totolo zao dra sy tokony hanao tahaky gny mampiasa zay tateraky. Satria zao totolo zao amin'gny endriny amizao
dra ho avy amin'gny fiafara.[32]Tiako andrareo ho afaky amin'ireo ahiahy. Gny lelahy sy manambaly dra miahiahy
gny amin'gny reo raha gny Topo, gny amin'gny fomba hampifalia Anazy. [33]Fa gny lelahy manambaly dra miahiahy
gny amin'gny rahan'izao totolo zao, gny amin'gny fomba hampifalia gny valiny-[34]mizarazara izy. Gny ampela sy
manambaly dre viriziny dra miahiahy gny amin'gny raha gny Topo, gny amin'gny fomba hanokana amin'gny
tegna vo gny fagnahy. Fa gny ampela manambaly dra miahiahy gny amin'gny rahan'izao totolo zao, gny amy
fomba hampifalia gny valiny.[35]Zakako zay ho agny tombosoandrareo manoka, fa sy hametraky anizay iaby
sakasaka eo amindrareo. Mizaka anizay zaho noho zay mary, amin'izay andrareo ba hanolo-vata ho agny Topo sy

misy faneligely.[36]Nefa raha misy olo raiky mihevisy fa sy minday gny fofom-baliny am-pagnaza-raha mihoasy gny taonan'gny fanambalia gny ampela dra sy maisy manahaky anizay-dra tokony hanao ze tiany izy. Sy manota izy. Tokony hivaly ereo. [37]Nefa raha mikasa soa tao am-pony izy, raha toa ka sy ambany faneritere fa afaky mifehy gny sitrapony manoka , dra raha nanapa-kevisy tao am-pony izy gny hanao anizay, ba hitana gny fofombaliny ho viriziny, dra soa gny ataony. [38]Dra ze manambaly gny fofombaliny dra manao gny soa , dra ze misafily gny sy hanambaly dra hanao gny soasoa koa .[39]Gny ampela dra voafehy gny valiny raha bo velo ralehilahy . Fa raha maty gny valiny ,dra malalaky soa izy gny hanambaly ze tiany ho valia, nefa ao amin'gny Topo avo. [40]Nefa amin'gny fisarako dra tokony ho faly avo izy raha miay amin'izao avo. Dra heveroko fa zaho avo koa dra mana gny Fagnahin'Agnahary.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 8

[1]Dra mahakasiky gny hany atao soro ho agny sapy-fatasika fa: ''Isika iaby dra manam-pahalala. ''Gny fahalala
mampirehareha, fa gny fitiava mananga. v 2 Raha misy olo raiky mihevisy gny vatany fa mahadata-draha, dra bo
sy mahafatasy araky ze tokony hahafatarany avo zay olo zay. [3]Fa raha misy olo raiky tia an'Agnahary , dra fatany
ze olo zay.[4]Koa raha gny mahakasiky gny fihinana sakafo natao ho agny sapy -dra fatasika fa '' sapy eto amin'izao
totolo zao dra sinosino''dra ''fa sy misy Zagnahary afa-sy raiky avo.'' [5]Fa mety gny moly agny an-dagnisy dre etiho
an-tany , manahaky gny hamaroan'ereo''zagnahary''vo gny hamaroan'ereo ''topo''. ''6 Fa ho asika, Raiky avo gny
Zagnahary dra gny Ray, ze laha taminazy gny raha iaby,dra Izy gny atony hivelomasika, dra raiky gny Topo Jesosy
Kristy, ze tamin'gny alalany gny nisian'gny raha iaby, dra tamin'gny alalany gny nisiasika.''[7]Na zay avo, zay
fahalala zay dra bo sy ao amin'gny kirairaiky. Fa dra, gn'ilany teo aloha dra nampihasy gny fanopoa-sapy , dra
nihina anizay sakafo zay hanahaky gny ho raha natao soro ho agny sapy zay. Noho zay dra simba gny
fieriseresin'ereo satria malemy zay.[8]Fa sy gny hany gny hanolosy asika eo amin'Agnahary. Fa sy rasy be isika raha
sy mihina , dre koa hô soa be raha sy mihina, na koa hô soa be raha mihina anizay. [9]Tandremo ba sy gny
fahalalandrareo gny atony hahavy reo olo osa ara-pinoa ho tafitohy. [10]Fa atovy manahaky gny hô misy mahita
anao, ze manam-pahaiza, mihina gny hany ao amin'gny fiangonan'gny sapy. Sy gny fahalemen'gny fieriseretany
se gny nahavaniany hihina ze natolosy ho agny sapy?[11]Koa nohon'gny fahalalanao gny toesy mary momba gny
sapy , dra levo gny rahalahy malemy finoa raiky, ze nahafatesan'i Kristy . [12]Noho zay, gny fa manota amin'gny
rahalahindrareo andrareo ka mandrasy gny say malemin'ereo, dra manota manohisy an'i Kristy andrareo. [13]Noho
zay, raha gny sakafo gny mahavy gny rahalahiko ho fatitohy , dra sy hihinan-kana sasy zaho, ba sy laha taminahy
gny hahalavo gny rahalahiko.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 9

1Sy olo afaky se zaho? sy apostoly se zaho? Sy nahita an'i Jesosy Toposika se zaho? Sy asako ao amin'gny Topo se
andrareo? 2Raha sy apostoly ho agny hafa zaho, dra farafaharasiny Apostoly ho andrareo. Fa andrareo gny porofo
amin'gny maha-apostoly anahy ao amin'gny Topo.3Zao gny fiarovako amin'ireo ze manadihady anahy: 4Moa se
zahay sy mahazo alala gny hihina vo hisotro/ 5Moa se izahay sy mahazo minday valy ze mpino, tahaky gny
ataon'ereo apostoly sasany, vo reo rahalahin'gny Topo, dra kefasy? 6Sa Barnabasy vo zaho raiky gny sy maisy
miasa?7Iza gny manao fanopoa miaramila amin'gny fandaniany manoka? Iza gny mamboly voloboky dra sy
mihina gny tegnany? Na iza gny miamby agn'ondry dra sy misotro gny ronono laha tamin'izay ? 8Moa se zaho
mizaka gny raha reo mifotosy amin'gny fahefan'gny olombelo? Sy mizaka anizay koa se gny lalana?9Fa zay dra fa
voasorasy ao amin'gny lalan'i Mosesy ho:''Ka asia fehi-vava gny agn'omby gny fa miely tegnany izy.''Tena gny
agn'omby tokoa se gny hiahian'Agnahary? 10Sy miresaky momba anay se izy? Fa nisorata ho asika , fa ze miasa
tany dra tokony hiasa amin'gny fanatena, dra ze mively dra tokony hively amin'gny fanatena gny hahazo azara
amin'gny vokasy. 11Raha namafy raha ara-pagnahy teo amindrareo zahay. moa be loasy aminay se gny hanapaha
raha ara-materialy aby amindrareo?12Raha mampihasy anizay zo zay avy amindrareo reo hafa, moa se zahay sy
mana mihoasy? Dre dra zay avo, sy nitaky anizay zo zay zahay. Fa dra , naleonay niarisy gny raha iaby manahaky
ze ho saka ho agny filazasaran'i Kristy. 13Moa se sy fatasindrareo fa reo ze manopo ao amin'gny fiangona dra
mahazo gny sakafon'ereo aby ao amin'gny fiangona? Dra moa se sy fatasindrareo fa reo ze manopo egny
amin'gny alitara dra mahazo azara amin'izay natao fagnatisy teo amin'gny Alitara? 14Manahaky anizay koa, gny
Topo dra nandidy fa reo ze mitory gny filazasara dra tokony hahazo gny fiveloman'ereo laha tamin'gny filazasara.
15Nefa sy nitaky gny raiky tamin'ereo zo reo zaho. Dra sy manorasy an'izao zaho ba mety hisy raha hatao ho
anahy. Aleoko maty toy zay hisy olo hikizaky anahy zay rehareha zay. 16Fa raha mitory gny filazasara zaho, dra sy
hisy atony tokony ireharehako, satria sy maisy manao anizay zaho. Dra loza ho anahy raha sy mitory gny
filazasara zaho!17Fa raha manao anizay asitrapo zaho, dra mana valisoa. Fa raha sy asitrapo koa, dra bo mana gny
andraikisy ze nakiny taminahy . 18Ino se gny valisoako? Zay dra gny fa mitory zaho, dra afaky manolosy gny
filazasara sy misy fandoavam-bola ka ba sy hampiasa gny zoko amin'gny filazasara.19Fa na afaky amin'gny raha
iaby avo zaho, dra avy ho mpanompo ho agny iaby, ba hahazoako maromaro . 20Teo amin'gny Jiosy dra lasa
manahaky gny Jiosy zaho, ba hahazoako gny Jiosy. Teo amin'ereo ze ambanin'gny lalana, dra lasa manahaky gny
olo ze ambanin'gny lalana zaho ba hahazoako reo ze ambanin'gny lalana. Nanao anizay zaho na dra sy teo
ambanin'gny lalana avo gny vatako. [ Fanamariha: Gny baiboly ULB vo gny UDB dra mivaky ho:''Nanao anizay
zaho na dre sy teo ambanin'gny lalana avo gny vatako.''Gny dika-zaka taloha sasany dra sy magnisy
anizay.]21Tamin'ereo ze ambaliky gny lalana, dra nazary olo ambaliky gny lalana zaho, dre dra sy ambaliky gny
lalan'Agnahary avo gny vatako, fa ambanin'gny lalan'i Kristy. Nanao anizay zaho ba hahazoako reo ze
ambanin'gny lalana. 22Teo amin'ereo malemy dra lasa malemy zaho, ba hahazoako gny malemy. Avy gny raha
9iaby ho agny olo iaby zaho, ba hamozeko gn'ilany amin'gny fomba iaby. 23Manao gny raha aby zaho ho agny
filazasara, ba hafahako mandramby azara amin'ireo fitahian'izay.24Moa se fatasindrareo fa amin'gny
fahazakazaka raiky gny mpihazakazaky iaby dra manao gny filomelomesa, nefa raiky avo gny mahazo gny loka?
Koa milomelomesa ba hahazo gny loka. 25Gny atileta raiky dra mampihasy gny fifeheza-vata amin'gny fagnazara-
vatany iaby . Manao anizay ereo ba handramby satro-boninahisy ze mety simba, kanefa koa isika milimalomay
ba hahazoasika satro-boninahisy sy mety simba. 26Ka noho zay dra sy milomalomay amin'gny misy atony zaho na
malemy totohondry amin'gny sioky. 27Fa feheziko gny vatako dra ataoko andevo, ba sy handa gny vatako, gny fa
avy nandry tamin'gny hafa zaho.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 10

1Tiako ho fatasindrareo , ry rahalahy , fa gny rasika dra tao amban'gny raho avo koa dra namakivaky gny
ranomasy. 2Dra natao batisa iaby ho amin'i Mosesy tao amin'gny raho vo tao amin'gny ranomasy, 3dra gny iaby
dra samy nihina sakafom-panahy mitovy. Dra nino ranom-panahy mitovy iaby. Fa ereo dra nino tamin'gny
vatolam-pagnahy ze nagnaraky anazy reo, dra Kristy zay vatolampy zay.5Fa Zagnahary dra sy nakasitraky soa gny
ankamaroan'ereo, dra gny fatin'ereo dra naparitsky tagny agn'efisy. 6Amizao reo raha reo dra ohasy ho asika, ba
sy haniriasika raha-rasy manahaky gny nilan'ereo.7Ka mampono sapy, manahaky gn'ilany tamin'ereo. Zay dra
araky ze voasorasy ho:''Reo olo nipetraky ba hihina vo hino, dra nisanga ba hihira.''8Ao isika sy hizangazanga ,
manahaky gny nataon'gny maro tamin'ereo. Tao agnatin'gny andro raiky, dra olo telo arivo vo ro aly gny maty
nohon'gny amin'izay.9Ao avo koa isika sy hisapa an'i Kristy , manahaky gny nataon'gny maro tamin'ereo ka
naringan'ereo manarana. 10Ka mimenomeno avo koa , manahaky gny nataon'gny maro tamin'ereo ka
naringan'gny azelin'gny fahafatesa.11Dra reo raha reo gny nisanga tamin'ereo ba ho ohasy ho asika. Nosorata ba
ho fampianara asika izy io-ho amisika ze niavian'gny faran'andro. 12Noho zay ao ze mieriserisy gny vatany ho fa
misanga mitandry soa ba sy ho lavo. 13Sy nisy fakam-pagnahy nahatrasy andrareo ze sy iresan'olombelo iaby. Fa
dra, Zagnahary dra mahatoky . Sy hamela andrareo ho alam-pagnahy mihoasy ze zakandrareo Izy. Miaraky
amin'gny fakan-pagnahy dra hagnome andrareo gny lala hisoaha avo koa Izy, ba hafahandrareo miarisy zay.
14Noho zay, ry malalako, milomesa lavisy gny fanompoa-sapy . 15Mizaka amindrareo manahaky gny olo mana-say
zaho, ba hafahandrareo misara ze zakako. 16Gny kapoakin'gny fisaora ze isaorasika, moa se zay sy fiombogna
amin'gny ran'i Kristy? Gny mofo ze vakisika, moa se zay sy fiombogna amin'gny vatan'i Kristy? 17Satria raiky avo
gny mofo , isika ze maro dra vata raiky. Isika iaby dra mandramby amin'gny mofo raiky igny.18Hatio reo
vahoakin'Israely: moa se reo ze hinina reo fagnatisy sy mpandray azara eo amin'gny alitara? 19Ino gny ho zakako?
Hô sy misy dikany se gny sapy? Sa gny sakafo ze natao fagnatisy tamin'gny sapy gny sy misy dikany?20Fa miresaky
momban'gny raha ze ataon'ereo zetilisa mpanompo sapy fagnatisy zaho, fa omen'ereo an'ireo demonia reo raha
reo fa sy an'Agnahary. Sy tiako andrareo ho mpiombo amin'gny demonia! 21Sy afaky mino gny kapoakin'gny Topo
vo gny koapoakin'gny demonia andrareo. Sy afaky miray eo amin'gny latabasy gny Topo vo gny latabasin'ereo
demonia andrareo. 22Sa manao ze mahasaro-piaro gny Topo se isika? Mahery noho Izy se isika?''23Gny raha iaby
dra ara-dalana,''fa sy gny raha iaby gny mahasoa. ''Gny raha iaby dra ara-dalana,''fa sy gny raha iaby gny
mampandroso gny olo. 24Sy misy tokony hitalia gny tombosoany manoka. Fa dra, gny kirairaiky dra tokony hitalia
gny tombosoan'gny namany.25Afaky mihina anizay avily iaby egny asena andrareo, fa ka magnontany gny
fieresereta. 26''An'gny Topo gny tany,vo ze misy eo aminazy iaby.''27Raha misy sy mpino manasa andrareo hisakafo,
ka magniry gny handeha andrareo , dra hano ze mipetraky eo anoloandrareo iaby ka mametra-pagnontania gny
amin'gny fieresereta,28Fa raha misy mizaka aminao ho: ''Itiho sakafo itiho dra laha tamin'gny fagnatisy gny
mpanompo saoy,''dra ka mihina anizay. Zay dra agny nampahafatasy andrareo, vo ho agny fieresereta. [
Fanamariha:Gny dika-zaka taloha sasany dra magnapy ho:''Fa gny tany vo gny raha iaby ao aminazy dra an'gny
Topo.''Fa gny dika-zaka soa be dra sy misy zay.] 29Sy mizaka zaho hô gny fiereseretanao manoka, fa gny
fiereseretan'gny olon-kafa. Nanao akory gny fahafahako gny tokony ho sarain'gy fiereseretan'gny hafa? 30Raha
mandray azara amin'gny sakafo am-pakasitraha zaho, nanao akry gny tavetave amin'izay nagnomezako fisaora?
31Noho zay, na mihina na misotro andrareo, na ino na ino ataondrareo, dra ataovy ho voninahisin'Agnahary avo
koa. 32Ka magnome fanafitohy gny Jiosy na gny Grika, na gny fiangonan'Agnahary. 33Miezaky gny hahafaly gny olo-
iaby amin'gny raha iaby zaho. Sy mitalia gny tombosoako zaho, fa gny agny maro. Ataoko anizay ba ho voavozy
ereo.

## Chapter 11

[1]Alao tahaky zaho, manahaky anahy pangalatahaky an'i Kristy. [2]Dra midera andrareo zaho satria mahasiaro
anahy amin'gny raha iaby andrareo. Midera andrareo zaho satria mita fatrasy gny fombafomba araky ze
nanolorako anazy reo teo amindrareo andrareo. [3]Dra tiako ho azondrareo fa Kristy gny lohan'gny lelahy iaby, fa
gny lahy gny lohan'gny ampela, dra Zagnahary gny lohan'i Kristy. [4]Dra mangalaky voninahisy gny lohany reo
lelahy ze mivavaky na maminany ka misaron-doha.[5]Fa mangalaky voninahisy gny lohany reo ampela ze
mivavaky maminany sy misaron-doha. Fa sy hafa dra mitovy amin'gny ho ampela magnarasy gny lohany anizay.
[6]Fa raha sy misaron-doha gny ampela , dra tokony tapahy ho bory gny volony. Raha mahamegnasy gny ampela
gny manapaky gny volony dre gny magnarasy gny lohany , dra ao izy hanaro gny lohany.[7]Fa sy tokony hanaro
gny lohany gny lelahy, satria izy gny sary no voninahiin'Agnahary gny lelahy. [8]Fa gny lelahy dra sy natao laha
tamin'gny ampela. Fa dra, gny ampela gny natao laha tamin'gny lelahy.[9]Fa sy misy lelahy noforogny ho an'gny
ampela . Fa dra, gny ampela gny noforogny ho an'gny lelahy. [10]Zay gny tokony hanagnan'gny ampela gny mariky
gny fahefa eo amin'gny lohany, noho reo azely.[11]Na zay avo, ao amin'gny Topo, sy mahaleo-tegna amin'gny lelahy
gny ampela, na gny lelahy mahavi-vata amin'gny ampela. [12]Fa raha laha tamin'gny lelahy gny ampela, dra gny
lelahy koa dra laha tamin'gny ampela. Dra laha tamin'agnahary gny raha-iaby.[13]Sarao gny vatandrareo: Mety
amin'gny ampela se mivavaky amin'Agnahary sy misaron-doha? [14]Sy gny natiora mihisy avo se gny mampianasy
andrareo fa raha gny lelahy gny lava vola, dra fahafaham-baraka ho anazy avo? [15]Sy mampianasy andrareo se
gny natiora fa raha gny ampela gny lava volo, dra voninahisy ho anazy zay? Fa nome anazy gny volony ba
hanarogna anazy. [16]Fa raha misy te-hialy hevisy amin'izay , dra sy mana fampihara hafa izahay, na reo
fiangonan'Agnahary.[17]Fa agnatin'ereo torolala magnaraky, dra sy midera andrareo zaho. Fa gny miara-kavy
andrareo ,dra sy ho amin'gny soa zay fa ho amin'gny rasy indrindra. [18]Fa tamin'gny volohany be , dra reko fa gny
miaraky miango ao amin'gny fiangona andrareo, dra misy fizarazara eo amindrareo, dra mino anizay amin'gny
ampahany zaho . [19]Fa sy maisy misy fisitokotoka eo amindrareo, ba hakasitraha eo amindrareo ze nagneo.[20]Fa gny
miango andrareo, dra sy gny Fanahin'gny Topo gny hoandrareo . [21]Fa gny mihinana andrareo, dra samy mihina
gny sakafony manoka gny kirairaky alohan'gny hisakafoan'ereo hafa. Resy gny raiky, sady gny hafa nazary
mamo. [22]Sy mana tragno ihinana vo hinoma se andrareo? Ho sinosinondrareo se gny fiangonan'Agnahary ka
hahetrinandrareo ze sy mana dre ino dre ino ? Ino gny tokony ho zakako amindrareo? Tokony andrareo se zaho?
sy hidera andrareo amin'izay zaho![23]Fa nirambesiko laha tamin'gny Topo avo koa ze ampitako andrareo, fa Jesosy
Topo, tamin'gny hariva ze namadiha Anazy, dra nangalaky mofo. [24]Gny fa avy nisaotra Izy ,dra nanapaky anizay
dra nizaka ho: ''Itiho gny vatako, ze ho andrareo . Atovy anizao ho fahasiarova Anahy.''[25]Mitovy amin'izay koa dra
nirambesiny gny kapoaky gny fa avy nisakafo tamy hariva , dra nizaka Izy ho:''Itiho kapoaky itiho gny faneke
vaovao ao amin'gny lioko. Atovy anizao dre ombia dre ombia gny mino, ho ho fahasiarova Anahy.''[26]Amin'gny
fotoa aby ze hinanandrareo itiho fo itiho vo hinomandrareo amin'itiho kapoaky itiho, dra magnambara gny
fahafatesan'gny Topo mandra-piaviny andrareo.[27]Na iza na iza, noho zay, mihinana gny mofo na minoma
amin'gny kapoakin'gny Topo amin'gny fomba sy mendreky, dra ho ory gny amin'gny vata vo gny lion'gny Topo.
[28]Ao handiniky gny vatany aloha gny olo, dra amin'izay dra ao hihina gny mofo dra hino amin'gny kapoaky izy.
[29]Fa ze mihina vo mino dra sy mahafatasy gny vatany, dra mihinana vo minoma fisarea ho an'gny vatany. [30]Zay
gny mahavy gny maro amindrareo ho osa vo marary, dra gn'ilany amindrareo ho maty.[31]Fa raha mandini-vata
isika, dra sy ho saray. [32]Fa gny voasaran'gny Topo isika, dra mpagnara-dala, ba sy ho voaheloky miaraky amin'izao
totolo zao.[33]Noho zay, ry rahalahiko, gny fa miango ba hihina andrareo, dra mifampiandrasa. [34]Raha misy olo
raiky resy, ao izy hihina agny an-tragno, amin'izay gny fa miangona andrareo dra sy ho amin'gny fisara zay. dra
mahakasiky gny raha hafa ze nisoratandrareo, dra hagnome toro-lala zaho gny fa avy.

## Chapter 12

1Momba ngny fagnomezam-pagnahy , ry rahalahy, dra sy tiako sy ahafatasy andrareo. 2Fatasindrareo fa bo
andrareo mpanompo sapy, dra voavily nagnangny amin'ereo sapy sy manam-peo andrareo, tagny amin'izay lala
nitariah'ereo andrareo iaby. 3Noho zay tiako ho fatasindrareo fa sy misy olo ze mizaka amin'gny
Fagnahin'Agnahary afaky mizaka ho:''Jesosy dra voaozo. ''Sy misy afaky mizaka ho: ''Jesaosy dra Topo,'' afa-sy
amin'gny alalan'gny Fagnahy Masy.4Dra misy fagnomezam-pagnahy samihafa, fa Fagnahy mitovy avo, 5Misy
fanompoa samihafa, fa Topo mindray avo; 6dra misy karazan'asa samihafa, fa Zagnahary mitovy avo gny manao
anazy reo ho azo amin'gny kirairaiky.7Dra ho agny kirairaiky gny nome gny fanehoa ambalikin'gny Fagnahy ho
an'gny tombosoa iaby. 8Fa ho an'gny olo raiky dra nome laha tamin'gny Fagnahy gny zakan'gny Fahalala amin'gny
alalan'gny Fagnahy mitovy avo.9Ho an'gny raiky hafa dra nome gny finoa amin'gny alalan'gny Fagnahy mitovy,
dra ho an'gny raiky hafa reo fagnomezam-pahasoava hagnasitrana amin'gny alalan'gny Fagnahy raiky. 10Ho
an'gny raiky hafa dra nome reo asan'gny hery , dra ho an'gny raiky hafa faminania. Ho an'gny raiky hafa dra
nome gny fahafaha magnavaky gny fagnahy, ho an'gny raiky hafa gny karaza fizaka samihafa, dra ho an'gny
raiky hafa gny fandika zaka. 11Fa gny Fagnahy raiky vo mitovy avo gny miasa ao amin'izay iaby zay, magnome gny
fagnomezam-panahy an'gny olo kirairaiky aby, araky ze nifiliny.12Satria gny vata dra raiky sady mana rasany
maro iaby dra rasan'gny vata avo, noho zay dra miaraky amin'i Kristy zay.13Fa tamin'gny alalan'gny Fagnahy raiky
gny nanova batisa asika iaby ho vata raiky, dre gny Jiosy dre gny Grika, dre voafehy dre afaky , iaby dra natao ba
hinoma amin'gny Fagnahy raiky.14Fa gny vata dra sy rasa toka, fa maro.15Gny mizaka gny tomboky ho:''Satria sy
tana zaho, dra sy rasa amin'gny vata zaho,''zay dra sy masaiky amin'gny rasan'gny vata ra.16Dra raha gny sofy gny
hizaka ho: ''Satria sy maso zaho , dra sy rasa amin'gny vata zaho,''zay dra sy masaiky amin'gny rasam-bata avo.
17Raha maso gny vata iaby , dra ho eza gny fahareza? Raha sofy gny vata iaby, dra ho eza gny fanimboloana?18Fa
Zagnahary nandamy gny rasan'gny vata kirairaiky araky gny namorognany anizay. 19Raha rasa mitovy avo izy
iaby, eza gny hisy gny vata? 20Ka zao dra rasa maro ereo, fa vata raiky avo.21Gny maso sy afaky mizaka amin'gny
tagna ho:''Sy misy italiavako anao.''Na gny loha sy hizaka amin'gny tomboky ho:''Sy misy italiavako anao. ''22Fa
gny rasa amin'gny vata ze miboaky ho malemy be dra tena taliavy, 23dra gny rasan'gny vata ze heverisika laza
lahibe reo , dra gny rasasika sy ampiseho dra mana fahamendreha mihoasy . 24Dra gny rasasika favoaky dra sy
mila andesy amin'gny fahamendreha, fa reo dra fa mana fahamendreha , fa reo dra mana fahamendreha. Fa
Zagnahary nampikamba gny rasa iaby miaraky , dra izy nagnome laza an'ereo ze sy apy zay.25Nanao anizay Izy sy
hisy fisaraha eo amin'gny vata, fa ba hifampikarakara amin'gny fitiava mitovy gny rasa. 26Noho zay gny fa mizaly
gny rasa raiky, dra miara-mizaly gny rasa iaby; dre fa gny omen-daza gny rasa raiky, dra miara-mifaly gny rasa
iaby . 27Dra andrareo dra vatan'i Kristy dra rasa amin'izay gny kirairaiky.28Dra Zagnahary nanendry tao amin'gny
fiangona apostoly aloha, faharo reo mpaminany, fahatelo gny mpampianasy, laha teo reo ze manao asa mahalasa
, laha teo fagnomezam-pahasoava hagnasitra, reo ze magnome fagnapia, reo ze manao gny asan'gny fitatanan-
draharaha, dra reo ze mana karaza fizaka samihafa. 29Apostoly se izy iaby? Mpaminany avo koa se?
Mpampianasy avo koa se? Manao asa mahalasa avo koa se iaby?30Mana fagnomezam-pagnahy hanasitra se izy
iaby? Mizaka amin'gny fizaka sy fatasy se izy iaby? Mandika zaka seizy iaby? 31Taliavo fatrasy reo fagnomezam-
pagnahy lahibe . Fa hampiseho andrareo lala soasoa zaho.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 13

[1]Dre dra atao hô mizaka amin'gny fizakan'ereo olo vo reo azely avo zaho. Fa raha sy mana fitiava , dra manahaky
gny vy magneno na kipaso mikarasam-peo zaho. [2]Dre dra atao hô mana fagnomen'gny faminania dra mahafatasy
reo misitery vô fahalala iaby avo zaho, dra mana gny finoa afaha mamindra gny tendrombihizy iaby. Fa raha sy
manam-pitiava, dra sinosino zaho. [3]Dre dra hô magnome anizay iaby anagnako hamahana gny mizaly aza zaho,
dra manolosy gny vatako ho oroa. Fa raha sy manam-pitiava, dra sy mahazo ndre ino dre ino zaho. [Fanamariha:
Gny ULB vo gny UDB dra samy mana dika-zaka maro, mivaky manahaky anizao hô:''Homeko ba ho oroa gny
vatako.''Gny dika-zaka gn'ilany dra mivaky hô:''Homeko gny vatako ba ho reharehako.][4]Gny fitiava dra mahari-po
sady soa fagnahy. Gny fitiava dra sy misiririsy dre mirehareha. Sy miavo [5]na manao ze sy mahamendriky. Sy tia
tegna. Sy mora ory, na mitanisa fahadisoa.[6]Sy mifaly amin'gny sy fahamarigna. Fa dra, mifaly amin'gny
fahamarigna. [7]Gny fitiava dra mandefisy gny raha iaby, mino gny raha iaby, matoky raha iaby, dra maharisy gny
raha iaby.[8]Sy ho tapisy mandrakizay gny fitiava. Raha misy faminania, dra ho levo reo. Raha misy fizaka amin'gny
zaka fahalala, dra ho levo zay. [9]Fa isika dra mahafatasy amin'gny ampahany dra maminany amin'gny ampahany.
[10] Fa gny fa avy gny tena lafasy,dra ho levo ze sy tateraky.[11]Tamy zaho bo zaza, dra niresaky manahaky gny zaza,
nisay manahaky gny zaza. Gny fa lahibe zaho, dra nangako gny fahazaza. [12]Fa amizao isika dra mahita sy mivata
amin'gny fitarasy, fa rahatrisy dra hifagnatri-tava. Amizao zaho dra mahafatasy amin'gny ampahany, fa laha teo
zaho dra hahafatasy tateraky manahaky gny nahafatara anahy tateraky. [13]Fa amizao dra tahoky telo tahoky gny
mitoesy: gny finoa , gny fanatena rahatrazay ,dra gny fitiava. Fa gny lahibe indrindra amin'ereo dra gny fitiava.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 14

1Mitaliava fitiava sady mana zotom-po amin'ereo fagnomezam-pagnahy, indrindra fa gny ba haminaniandrareo.
2Fa ze mizaka amin'gny fizaka sy fatasy dra sy miresaky amin'gny olo fa amin'Agnahary. Fa sy misy mahazo anazy
satria miresaky raha-miafy ao amin'gny Fagnahy izy. 3Fa ze maminany dra miresaky amin'gny olo ba ho
fampioregna anazy reo, ho fampirisiha anazy reo, dra fampionogna anazy reo. 4Ze mizaka amin'gny fizaka sy
fatasy dra magnory gny vatany, fa ze maminany dra magnory gny fiangona.5Amizao dra magniry andrareo iaby
hizaka amin'gny fizaka sy fatasy zaho. Fa bo mihoasy noho zay avo, magniry zaho gny haminaniandrareo. Ze
magniry dra lahibe noho ze mizaka amin'gny fizaka sy fatasy ( raha sy ho misy olo raiky mandika zaka dra ba
mety hioregnan'gny fiangona).6Fa amizao , ry rahalahy, raha avy eo amindrareo amin'gny fizaka sy fatasy zaho,
ino gny tombosoa omeko andrareo amin'izay? Sy afaky zaho, raha sy ho miresaka amindrareo amin'gny
fagnambara, dre fahalala, dre faminania, dre fampianara.7Raha mamoaky feo gny raha-magneno sy managn'ay-
tahaky gny sodina na lokanga-dra sy mamoaky lantom-peo samihafa rep, nanao akory gny hahafataran'gny olo
ze melodia aboakin'gny sodina na gny lokanga? 8Fa raha manao feo hafahafa gny trometra, nanao akory gny
hahafataran'gny olo gny fa fotoa hiomana amin'gny aly? 9Ka manahaky anizay avo koa gny amindrareo. Raha sy
mazava gny zaka zakany gny vavandrareo, nanao akory gny hahafataran'gny olo ze raha zakandrareo? Hizaka
andrareo, dra sy hisy hahazo andrareo.10Misy fizaka maro samihafa eto amin'izao totolo zao, dra sy misy amin'io
gny sy misy dikany. 11Fa raha sy mahafatasy gy dikan'gny fizaka raiky zaho, dra ho vahiny amin'izay zaka zay, dra
ze mizaka ho vahiny aminahy .12Tahaky anizay avo koa gny amindrareo. Satria magniry fatrasy gny fihesehan'gny
Fagnahy drareo, dra mana zotom-po ba hiroborobo amin'gny fagnoregna gny fiangona. 13Noho zay mizaka
amin'gny fizaka sy fatasy dra tokony hivavaky ba hafahany mandika zaka. 14Fa raha mivavaky amin'gny fizaka sy
fatasy zaho,dra mivavaky gny fagnahiko, fa gny saiko sy mamoa.15Ino gny tokony ho ataoko? Hivavaky amin'gny
Fagnahiko zaho, fa hivavaky amin'gny Fgnahiko zaho, dra hihira miaraky amin'gny saiko avo koa. 16Raha sy zay,
raha midera an'Agnahary miaraky amin'gny Fagnahy andrareo, nanao akory gny hizakan'gny vahiny ho:''Ameny''
fa gny magnome fisaora anao raha toa ka sy fatany ze zakanao.17Fa anao dra tena magnome fisaora soa avo , fa
gny olon-kafa sy miory. 18Misaosy an'Agnahary zaho fa mizaka amin'gny fizaka sy fatasy mihoasy noho andrareo
iaby. 19Fe fa agny am-piangona dra aleoko mizaka zaka dimy araky gny fahazoako ba hafahako mampianasy gny
hafa , manahakay anizay zaka hariva raiky amin'gny fizaka sy fatasy.20Ry rahalahy, ka zaza amin'gny fihevisy
drareo. Fa dra , raha amin'gny rasy, dra manova tahaky gny zaza. Fa amin'gny fihevisindrareo dra ao ho matosy
andrareo. 21Ao amin'gny lalana dra voasorasy hô: ''Amin'gny alalan'gny olo hafa fizaka vo amin'gny alalan'gny
sogniny vahiny dra hiresaky amy tahôky olo tahôky zaho. Na dra sy hahare avo ereo,''hoy gny Topo.22Noho zay
gny fizaka sy fatasy dra famatara , sy amin'ereo mpino, fa amin'ereo sy mpino. Fa gny faminaniana koa dra ho
famatara, sy ho an'ereo sy mpino, fa ho an'ereo mpino. 23Noho zay, raha toa ka, miara-miango gny fiangona iaby
sady mizaka amin'gny fizaka sy fatasy avo koa, dra milisy gny vahiny vo sy mpino, sy ho zakan'ereo fa mola se
andrareo?24Fa raha naminany avo koa andrareo iaby ka nisy sy mpino na vahiny nilisy, dra ho resy lahasy
amin'izay aby henony izy. Ho sara amin'gny alalan'izay voazakany iaby izy. 25Ambara gny siambaratelo ao am-
pony. Volasin'izay , handohaliky izy dra hisaoky an'Agnahary, Hagnambara izy fa tena eo amindrareo Zagnahary.
26Ino zay gny magnaraky, ry rahalahy/ Gny fa tafaray andrareo, gny kirairaiky dra mana salamo, fampianara ,
fagnambara, fizaka sy fatasy, na fandika-zaka. Atovy gny raha-iaby ba hagnoregnandrareo gny fiangona. 27Raha
misy mizaka amin'gny fizaka sy fatasy, angao hisy rô na farafahabeny telo eo, dra mandeha kirairaiky, laha teo
dra tokony hisy raiky handika gny zaka ze voaresaky. 28Fa raha sy misy mpandika zaka, angao gny kirairaiky
amin'ereo hiata fahangina ao am-piangona. Angao gny kirairaiky hiresaky mitoka amin'gny vatany vô
amin'Agnahary.29Angao hizaka gny mpaminany ro na telo, dra angao reo hafa hiteno amin'gny fahaiza-
magnavaky ze voazaka. 30Fa raha misy fahita ome ze mipetraky eo amin'gny fanopoa, angao hangina gny raiky ze
nizaka.31Fa gny kirairaky amindrareo dra afaky mifandimby maminany ba hafahan'gny kirairaiky mianasy dra
ba hahery iaby. 32Fa gny fagnahin'ereo mpaminany dra eo ambanin'gny fagnaraha-mason'ireo mpaminany. 33Fa
Zagnahary dra sy Zagnahary gny fikorotagna, fa gny fiadana. Zay gny fisipiky ho an'ereo fiangonan'ereo mpino
iaby.34Gny ampela dra tokony sy hareviky am-piangona,. Satria sy mahazo alala hizaka ereo. Fa dra, tokony
hegneky ereo, tahaky gny ambaran'gny lalana. 35Raha misy irin'ereo hianara, angao hagnontany gny valiny agny
an-tragno ereo. Fa mahamegnasy ho an'gny ampela gny mizaka ao am-piangona. 36Laha tamindrareo se gny
niavian'gny zakan'Agnahary? Andrareo raiky se gny voakasik'izay?37Raha misy mieriserisy gny vatany ho
mpaminany na ara-pagnahy, dra tokony hagneky izy fa reo raha ze nisoratako amindrareo dra didin'gny Topo.
38Fa raha misy sy magneky anizay, dra aleo izy sy ho eke. [Fanamariha: Gny hamaroan'gny dika-zaka, ao
agnatin'izay gny ULB vo UDB, dra mamaky ho:''Fa raha misy sy magneky anizay, dra ao sy ho eke izy.''Gny dika-

zaka sasany taloha manao ho:''Fa raha misy sy mahay anizay , dra ao izy sy hahay anizay.'']<sup>39</sup>Dra amin'izay, ry rahalahy , magniria fatrasy gny haminany, dra ka mandrara an'iza na iza hizaka amin'gny fizaka sy fatasy. [40]Fa angao gny raha-iaby atao araky gny tokony ho izy vo am-pilamina.

## Chapter 15

1Amizao mampahasiahy andrareo zaho, ry rahalahy, gny amin'gny filazasara ze nambarako tamindrareo, ze
nirambesindrareo vo ze hisanganandrareo. 2Amin'gny alalan'izay filazasara zay gny havoavozy andrareo, raha
mihazo fatrasy amin'gny zaka nitoriako tamindrareo andrareo , raha sy ho ninonino avo.3Fa natoloso ho raha-
lahibe volohany ho andrareo ze voaraiko avo koa: fa maty ho an'gny fahotasika Kristy araky gny Sorasy Masy,4dra
nalevy Izy, dra Izy dra nisanga tamin'gny maty tamin'gny andro fahatelo araky gny Sorasy Masy.5Kristy dra
niseho tamin'i Kafasy, dra laha teo tamin'ereo ro ambiny folo;6laha teo dra niseho draiky mandeha tamin'ereo
rahalahy mihoasy gny dimazato Izy. bo velo gny ankamaroan'ereo, fa gn'ilany dra nimaty. 7Laha teo Izy niseho
tamin'i Jakoba, laha teo tamin'ereo apostoly iaby.8Farany indrindra, dra niseho taminahy Izy, manahaky gny hô
tamin'gny zaza vô teraky sy avy vola. 9Fa zaho gny masaiky indrindra amin'ereo apostoly. Zaho dra sy mendriky
gny tokavy hô apostoly satria nagnendriky gny fiangonan'Agnahary .10Fa nohon'gny fahasoavan'Agnahary gny
nahavy anahy , dra sy rava gny fahasoavany ato aminahy. Fa dra, niasa fatrasy noho izy aby . Nefa sy zaho zay, fa
gny fahasoavan'agnahary ze miaraky aminahy. 11Noho zay na zaho na ereo, araky gny nitorianay dra araky zay
gny ninoandrareo.12Amizao raha nambara fa Kristy dra nasanga tamin'gny maty, nanao akory gny
hafahan'gn'ilany amindrareo mizaka fa sy misy gny fisangana amin'gny maty? 13Nefa raha sy misy gny fisangana
amin'gny maty, dra sy nasanga avo Kristy; 14dra raha sy nasanga Kristy, dra rava gny fitorianay, sady rava avo koa
gny finoandrareo.15Koa, dra hita ho vavolombelo diso momban'Agnahary zahay satria nizoro vavolombelo
nanohisy an'Agnahary, nizaka ho nasangany Kristy gny fa sy nanao anizay Izy. 16Raha sy nasanga gny maty, dra
Kristy avo sy nasanga; 17dra raha sy nasanga Kristy, dra rava gny finoandrareo sady dra bo ao amin'gny
fahotandrareo andrareo.18Ze maty iaby ao amin'i Kristy dra fa levo avo koa. 19Raha amin'itiho fiaigna itiho avo gny
anagnasika toky amin'gny ho avy ao amin'i Kristy , dra isika gny mampahonena indrindra amin'gny olo iaby.20Fa
amizao dra fa nasanga tamin'gny maty Kristy, gny voloham-bokasin'ereo ze maty. 21Fa satria avy tamin'gny
alalan'gny olo raiky gny fahafatesa, dra laha tamin'gny alalan'gny olo raiky avo koa gny nihavian'gny fisangana
amin'gny maty.22Fa manahaky gny nahafatign'olo iaby tao amin'i Adama, dra ho velomy ao amin'i Kristy avo koa .
23Kanefa samy ao amin'gny filaharany manoka gny kirairaiky :Kristy , gny voloaham-bokasy, dra laha teo reo ze
an'i Kristy dra atao velo amin'gny fiaviany.24Laha teo dra ho avy gny farany, gny fa homen'i Kristy ho an'Agnahary
Ray gny fazakana. Zay dra gny fa handrava gny fisipiky iaby vo gny fahefa iaby dra gny hery Izy. 25Fa sy maisy
mazaka Izy mandra-pametrany gny fahavalony iaby ao ambanin'gny tombony. 26Gny fahavalo farany ho haringa
dra gny fahafatesa.27Fa ''Napetrany teo ambanin'gny tombony avo koa gny raha iaby.''Fa voazaka fa: ''Izy gny
nametraky gny raha iaby,''dra mazava soa fa sy tafilisy ao agnatin'izay gny raiky nametraky gny raha iaby
hagneky gny vatany. 28Fa gny magneky Anazy gny raha iaby, dra gny zanaky mihisy gny hagneky gny raiky ze
nampagneky gny raha iaby ho Anazy. Hiseo zay ba ho izy aby ao amin'gny Zagnahary Ray .29Na koa ino gny
taliava ze vita batisa ho an'gny maty? Raha sy nasanga mihisy gny maty, nanao akory ereo gny natao batisa ho
an'ereo? 30Nanao akory seky, isika gny am-bavan-doza isan-dera?31Miatriky fahafatesa isan'andro zaho! Zay dra
azo atoky tahaky gny fireharehako gny amindrareo, ze azoko ao amin'i Kristy Jesosy Toposika. 32Ino gny tombony
azoko, laha tamin'gny fomba fagnatian'olombelo, raha nialy tamin'gny biby tao Efesosy zaho, raha sy nasanga gny
maty? ''Ao isika hihina vo hino satria ho maty isika maray.''33Ka mety ho fitahy ho:''Manimba gny fisaigna soa gny
naman-drasy .''34Mandiniha! Miagna am-pahamarigna! Ka manohy manota! Fa gn'ilany amindrareo dra sy mana
fahalala an'Agnahary. Mizaka anizay ho amin'gny fahamegnarandrareo zaho.35Fa gny olo raiky hizaka ho:''Nanao
akory gny nananga gny maty, dra amin'gny karaza vata ino gny hahavian'ereo?''36Sy mahay dre ino dre ino
andrareo! Ze hafafindrareo dra sy hanomboky hitombo raha sy maty zay.37Ze nafafindrareo dra sy gny vata zay
ho ho avy, fa tegnany avo, Zay dra mety hazary vary na raha hafa. 38Fa homen'Agnahary anazy gny vata araky ze
safiliany, dra samy amin'gny vatany aby gny tegnany kirairaiky. 39Sy gny nofon'olombelo, dra hafa gny nofon'ereo
biby, dra nofo hafa gny an'ereo voro, dra hafa gny an'gny hazandrano.40Misy avo koa gny vata agny an-dagnisy vo
reo vatan'gny eto atany. Fa karaza raiky avo gny voninahisy gny vata agny an-dagnisy dra hafa gny voninahisy
gny eto atany. 41Raiky gny voninahisy gny masoandro, dra hafa gny voninahisy gny volana. Fa gny vasia raiky
miavaky amin'gny vasia raiky hafa amin'gny voninahisy.42Manahaky anizay koa gny fisangana amin'gny maty. Ze
afafy dra mety simba, draze asanga dra sy mety simba. 43Afafy tamin'gny fahafafaham-baraka zay; dra nasanga am-
boninahisy. Afafy tamin'gny fahaleme zay; dra nasanga amin'gny hery. 44Afafy amin'gny vata voazagnahary zay;
dra asanga ho vata ara-pagnahy. Raha misy vata voazagnahary, dra misy vata ara-pagnahy avo koa.45Dra fa
voasorasy avo koa fa :''Lasa fagnahy velo Adama gny lelahy volohany''Gny Adama farany dra nazary Fagnahy
magnome fiaigna. 46Fa sy gny ara-pagnahy gny avy volohany fa gny voazagnahary, dra laha teo gny ara-pagnahy.
47Gny olo volohany dra laha tamin'gny tany, namboary tamin'gny botany. Gny olo faharô dra laha tagny an-

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

dagnisy.[48]Tihô gny raiky namboary tamin'gny botany, manahaky anizay koa gny olo agny an-dagnisy, dra tahaky anizay avo koa reo ze laha tagny an-dagnisy. [49]Tihô gny nandesasika gny pozin'gny olon'gny botany, dra hinday gny pozinin'gny olon'gny lagnisy avo koa isika.[50]Dra zao gny zakako, ry rahalahy, fa gny nofo aman-dra dra sy afaky gny handova gny fazakan'Agnahary. Na ze mety simba handova ze sy mety simba. [51]Indro! Raha-mary mivony gny ho zakako andrareo ho: Sy ho maty avo koa isika iaby, fa hovany avo koa isika iaby.[52]Hiova isika amin'gny fotoa raiky, ao agnatin'gny indraiky mipi-maso, amin'gny trompetra farany. Hagneno gny trompetra, dra gny maty dra hasanga ho sy mety, dra hova isika. [53]Fa itiho vata mety simba itiho dra sy maisy hignisy ze sy mety io, dra itiho vata mety maty itiho dra sy maisy hagnisy gny sy fahafatesa.[54]Fa gny magnisy gny sy mety simba itihô vata mety simba itihô, dra gny fa magnisy gny sy fahafatesa itihô vata mety maty itihô, dra ho avy amin'gny zaka ze voasorasy hô,''Voately tamin'gny fandresena gny fahafatesa.''[55]''Ry fahafatesa, eza gny fandresenao? Ry fahafatesa, eza gny fagnindroanao?''[56]Gny ota gny fagnindron'gny fahafatesa, dra gny herin'gny ota dra gny lalana. [57]Fa isaora Zagnahary, ze magnome asika gny fandrese amin'gny alalan'i Jesosy Kristy Toposika![58]Noho zay, ry rahalahy malalko, mioregna soa dra ka miozongozo. Miroboroboa mandrakariva amin'gny asan'gny Topo, satria fatasindrareo fa sy levo maiky gny asandrareo ao amin'gny Topo.

Chapter 16

[1]Dra mahakasiky gny fanangonam-bola ho an'ireo mpino, araky gny nanoroako lala gny fiangonan'i Galatia, dra
manahaky anizay koa gny tokony ataondrareo. [2]Amin'gny andro volohan'gny herignandro, dra tokony hanoka
raha gny kirairaiky amindrareo dra hagnaza anizay araky ze vitandrareo. Manova anizay ba sy hisian'gny
famoriam-bola fa gny avy zaho.[3]Fa gny avy zaho, dre iza dre iza ekendrareo, dra alefako miaraky amin'gny
taratasy ba hanolorako gny fagnatisindrareo ho an'i Jerosalema. [4]Raha mety aminahy avo koa gny mandeha, dra
handeha hiaraky aminahy ereo.[5]Fa ho avy amindrareo zaho gny fa mandalo an'i Makedonia. Fa handalo an'i
Makedonia zaho. [6]Mety afaky hizano miaraky amindrareo zaho na mandrisy gny nara mihisy avo, ba
hahafahandrareo magnapy anahy amin'gny liako, na eza na eza andehanako.[7]Fa sy magniry hahita andrareo
mandrisy gny fotoa bory zao zaho. Fa manatena gny hitoesy maharitrarisy miaraky amindrareo, raha angan'gny
Topo. [8]Fa hizano ao Efesosy zaho mandra-pahavin'gny Pentakosta, [9]fa vatrangara malalaky gny nisokasy ho
anahy, dra misy fahavalo maro.[10]Dra gny fa avy Timoty, dra ezaho ba sy hatahosy izy miaraky amindareo, fa
manao gny asan'gny Topo izy, tahaky gny ataoko. [11]Ka angao hisy olo hanao sinosino anazy. Ampio izy amin'gny
lalany amin'gny fiadabna, ba hafahany magneo aminahy. Fa manatena anazy ba ho avy hiaraky amin'ereo
rahalahy zaho. [12]Dra mahaksiky an'i Apolosy rahalihisika, dra nampirisiky anazy fatrasy zaho ba hamangy
andrareo miaraky amin'ireo rahalahy. Fa bo sy vono tateraky gny ho avy izy zao. Na zay avo, ho avy izy gny fa
mety gny fotoa.[13]Miambena, mizoroa soa amin'gny finoa, miasa tahaky gny lelahy, mahereza.
[15]Fatasindrareo gny fianakavian'i Stefanasy, fa izy reo gny niova fo volohany tao Asaia, dra ereo nametraky gny
vatan'ereo ho amin'gny fanopoa reo mpino. Dra mampirisiky andrareo zaho, ry rahalahy, [16]ba hagneky gny olo
manahaky anizay vo amin'gny olo iaby ze magnapy amin'gny asa vo miasa miaraky aminay.[17]Mifaly amin'gny
fahavian'i Stefanasy, Fortinatasy,dra Akaiosy zaho. Nameno gny sy naha-teo andrareo ereo. [18]Fa namelombelo gny
fagnahiko vo gny andrareo ereo. Ka noho zay, fataro gny olo manahaky anizay.[19]Gny fiangonan'i Asia dra manao
veloma andrareo. Akali vo Pritsila dra manao veloma andrareo ao amin'gny Topo, miaraky amin'gny fiangona ze
ao amy fonenan'ereo. [20]Gny rahalahy iaby manao veloma andrareo. Mifanova veloma amin'gny oroky masina.
[21]Zaho, Paoly, manorasy itiho amin'gny tagnako.[22]Raha misy olo sy tia gny Topo, engania ba ho voaozo izy. Hoavy ,
gny Toposika! [23]Ho amindrareo anie gny fahasoavan'gny Jesosy Topo.[24]Ho amindrareo iaby gny fitiavako ao amin'i
Jesosy Kristy. [Fanamariha:Gny dika-zaka taloha dra magnapy ho:''Ameny''Fa gny vaovaoo maro hafa, ao
agnatin'gny ULB gny UDB, dra mangalaky anizay.]

# 2 Corinthians

Chapter 1

[1]Paoly , Apostoly raiky an'i Kristy Jesosy tamin'gny Sitrapon'Agnahary, vo Timoty rahalahisika, ho agny
fiangonan'Agnahary ze ao amin'gny Korinto, dra ho an'ereo mpino manerana gny farisy Akaia aby. [2]Ho
amindrareo seky gny fahasoava dra gny fiadana laha tamin'Agnahary Rasika vo Topo Jesosy Kristy.[3]Ho dera seky
gny Zagnahary vo gny Ran'gny Toposika Jesosy Kristy. Izy gny Ran'gny famindram-po iaby vo Zagnahary gny
fampionogna aby. [4]Zagnahary dra mampiono asika amin'gny fahoriasika mampiono reo ze ao agnaty fahoria.
Isika dra mampiono reo hafa tahaky gny fampionogna ze nampiasan'Agnahary ampiono asika.[5]Fa tahaky gny
hitomboan'gny fizalian'i Kristy nohon'gny aminay, gny hitomboan'gny fampionogna anay koa amy alalan'i Kristy .
[6]Fa raha nampahoria zahay, zay dra ho agny fampionogna vo famozea andrareo. Dra raha nampionona andrareo.
Gny fampionogna andrareo dra mandaisy gny fa manam-pahareta hizara reo fizalia ze mitovy amin'gny
fizalianay koa. [7]Fa gny fahatokisanay momba andrareo dra azo atoky , satria zahay dra mahafatasy fa andrareo
koa dra mizara reo fizalia, andrareo koa dra mizara fampionogna.[8]Fa sy tianay andrareo sy ahafatasy , ry
rahalahy, gny amn'ireo olana nahazo anay tagny Asia. Zahay dra nivesariny tateraky mihoasin'izay tokony ho
zakanay, maro loasy dra sy nanatena gny hiay ela sasy zahay. [9]Teo aminay vatany gny fagnahia ho maty. Fa zay
gny nahavy anay sy hametraky gny tokinay eo amin'gny vatanay avo , fa dra amin'Agnaharay ze mampisanga gny
maty. [10]Nagnavosy anay tamy loza mahafaty zay Izy,dra bo hagnavosy draiky . Zahay dra nametraky gny tokinay
taminazy fa bo hagnafaky anay draiky Izy.[11]Izy dra hanao anizay satria andrareo koa dra magnapy anay amin'gny
alalan'gny vavakindrareo. Dra maro laha teo gny hagnome fisaora amy agnarany noho gny tombom-pahasoava
nome anay tamin'gny alalan'ireo vavaky gny maro.[12]Zahay dra mirehareha amin'izao: fisangana vavolombelo gny
amy feon'gny fieriseretanay. Fa tamin'gny fikasa malio vo fahasoram-po ze avy amin'Agnahary ze nindesanay gny
vatanay ao amin'izao totolo zao. Zahay dra nahavita anizay aby zay dra gny ankamaroany niaraky tamindrareo-


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

sy tamin'gny fahendren'izao totolo zao, fa tamin'gny fahasoavan'Agnahary. [13]Zahay dra sy nanorasy raha sy ho
voavaky na ho azondrareo. Zaho dra manatena fa, [14]satria andrareo nahazo gny momba anay amin'gny
ampahany, zahay dra ho aton'gny reharehandrareo amy andron'i Toposika Jesosy, tahaky andrareo ho atony
hireharehanay.[15]satria natoky gny momba anizay zaho, dra e ho agny amindrareo aloha, ba hahafahandrareo
mahazo tombony amin'gny fisiliha ro.[16]Nioma gny hagnety andrareo gny fa tegny amin'gny lalako ho agny
Makedonia zaho. Dra laha teo dra bo nagniry hagnety andrareo draiky zaho tamin'gny liako laha tagny
Makedonia, dra gny ba hagnaterandrareo anahy tegny amy lalako ho agny Jodia .[17]Gny fa nieriserisy manahaky
anizao zaho, nisalasala se zaho? Nagnoma gny raha reo araky gny nofo se zaho, ba izakako ''Eka,eka'' vo ''Haha,
haha''amin'gny fotoa raiky avo/ [18]Fa satria Zagnahary dra mahatoky , isika dra sy afaky gny hizaka dre ''Eka''dre
''haha.''[19]Fa gny Zanak'Agnahary, Jesosy Kristy, ze nitorian'i Sylvanosy, Timoty dra zaho tamindrareo, dra sy ''Eka''
dre ''haha''. Fa Izy dra nizaka avo ho ''eka''.[20]Satria gny fampanatenan'Agnahary aby dra ''Eka''avo koa ao aminazy.
Dra amin'gny alalany koa isika dra hizaka ho:''Ameny''ho agny voninahisin'Agnahary.[21]Dra Zagnary ze
magnamafy anay amindrareo ao amin'i Kristy, dra Izy gny nagniraky asika. [22]Izy dra nagnisy tombo-kase tamisika
dra nagnome gny Fanahy ho ao am-posika ho atok'izay bo ho omeny asika afara.[23]Fa nitoka an'Agnahary zaho,
hisanga vavolombelo ho anahy ze atony sy nahaviako tao Korito ba hamindrako fo amindrareo. [24]Zay dra sy
sagnatria noho zahay miezaky gny mamehy ze tokony ho finoandrareo. Fa dra, zahay dra miara-miasa
amindrareo amin'gny fifaliandrareo, satria andrareo misanga ao amin'gny finoandrareo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 2

[1]Fa nanapa-kevisy gny sy agnato andrareo draiky gny vatako amin'gny fotoam-pangirifiria.[2]Raha niteraky alahelo
andrareo zaho, iza gny afaky mampifaly anahy akoasin'izay raiky zay nitrasiriko avo?[3]Nanorasy zaho manahaky
gny nataoko ba sy ho voarasin'ereo ze tokony nampifaly anahy gny fa avy tagny amindrareo. Izaho dra mana
fahatokisa gny amindrareo aby fa gny fifaliako dra fifalia mitovy amin'gny andrareo iaby. [4]Fa nanorasy ho
andrareo zaho laha tamin'gny fahoria lahibe, miaraky amin'gny fangirifirian'gny fo, dra miaraky amin'gny
ranomasom-be. Sy te ampalahelo andrareo zaho. Fa dra, te hampahafatasy andrareo gny alalin'gny fitiava ze
anagnako ho andrareo.[5]Raha nisy olo niteraky alahelo , sy niteraky anizay taminahy avo izy , fa amin'gny endriky
hafa-sy hagnitara loasy anizay-amindrareo aby. [6]Apy gny fagnasazia nataon'gny maro agn'isa io olo io. [7]Dra
amizao raha tokony ho fagnasazia, andrareo dra tokony hamela heloky vo hampiono anazy. Atovy zay ba sy
handifotrs anazy amin'gny alahelo be loasy.[8]Noho zay mankahery andrareo zaho ba hagnamafy ampihibe-maso
gny fitiandrareo anazy. [9]Zay gny atony nanoratako, amin'izay ba mety hisapako andrareo dra ahafatarako na
makato amin'gny raha-iaby andrareo.[10]Raha mamela olo andrareo, mamela anizay olo zay koa zaho. Ze navelako -
raha namela gny raha-iaby zaho-zay famela zay dra fitiava andrareo amin'gny fanatrehan'i Kristy. [11]Zay dra ba sy
hamitahan'gny Devoly anay. Satria zahay dra mahafatasy reo drafiny.[12]Nisokasy ho anahy gny vatrangara
tamin'gny Topo gny fa avy tao amin'gny tana-dehibe an'i Troasy nitory gny filazasara an'i Kristy tagny. [13]DRe zay
aza, sy nana fiadana-say zaho, satria sy nahita gny rahalahiko Titosy tagny . Araky zay, niriosy anereo zaho dra
nandeha nihery tagny Makedonia.[14]Fa fisaora seky ho an'Agnahary, ze ao amin'i Kristy mitariky anay
mandrakariva ao amin'gny fandresena. Amin'gny alalasika dra haeliny na eza na eza gny hagnisy mamin'gny
fahafatara anazy..[15]Fa zahay dra hagnisy mamin'i Kristy an'Agnahary, na teo amin'ereo ze nivoze vo teo amin'ereo
ze ho maty.[16]Ho agny olo ze ho maty, dra hagnisy laha tamin'gny fahafatesa ho amin'gny fahafatesa. Ho agn'ilany
ze nivoze, dra hagnisy laha tamin'gny fiaigna ao amin'gny fiaigna. Iza gny mendriky amin'ereo raha reo? [17]Fa
zahay dra sy mitovy amin'ereo olo maro ze mivarosy gny zakan'Agnahary ba ahazoa tombony. Fa dra,amin'gny
fahaliovam-po, gny hiresahanay amin'i Kristy, satria nalefa laha tamin'Agnahary zahay, tao amin'gny
fahitan'Agnahary.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 3

[1]Hanomboky hidera-vata draiky se zahay? Zahay dra sy mila reo taratasy fanamaria amindrareo na avy
amindrareo , manahaky gny olo sasany, sa sy zay ? [2]Gny vatandrareo gny taratasy fanamaharianay , ze voasorasy
ao am-posika, ze fatasy dra vakin'olo aby .[3]Andrareo dra maneho fa taratasy fagnambara laha tamin'i Kristy ,ze
natolosika . Zay dra sy voasorasy tamin'gny ranomety fa tamin'gny Fagnahin'Agnahary velo. Dra sy voasorosy teo
amin'gny takela-bato, fa teo amin'gny takelaky gny fon'olombelo.[4]Dra zay gny toky anagnasika eo
anatrehan'Agnahary amin'gny alalan'i Kristy. [5]Isika dra sy mahefa amin'gny vatasika ba handray na ino na ino ze
laha tamisika. Fa dra , gny fahefasika dra laha tamin'Agnahary. [6]Zagnahary gny nanao asika ba ho
mpanompon'gny faneke vaovao. Zay dra faneke sy avy amin'gny sorasy fa agny Fanahy. Fa gny sorosy mamono,
dra gny Fanahy magnome ay.[7]Dra gny asa ze niteraky fahafatesa dra voasorasy teo agn'abonin'gny vato dra avy
tamim-boninahisy lahibe dra gny vahoakin'Israely dra sy afaky niteno gny tavan'i Mosesy. Zay dra noho gny
voninahisy gny tavany, gny voninahisy ze nihalevo. [8]Ho vininahisy lahibe manahaky gny nanao akory gny asa ze
ataon'gny Fanahy?Fa raha nana voninahisy gny asan'gny fagnameloha , dra hanao akory gny fitombon'gny
voninahiny gny asan'gny fahamarina! [10]satria ,ze nome voninahisy draiky mandeha dra sy hanam-boninahisy
sasy amin'izay fomba zay, noho gny voninahisy ze mampitombo anizay. [11]Fa raha ze nagnenga avo gny nana
voninahisy , dra sy hana voninahisy mihoasy noho izay se ze maharisy![12]Satria mana toky tahaky anizay isika,
dra mahavany vatany. [13]Isika dra sy tahaky an'i Mosesy, ze nanaro gny tarehiny tamin'gny voaly, ba sy
hahafahan'gny vahoakin'Israely magnety anazy mivata amin'gny fiafaran'gny voninahisy ze nandalovany iaby.
[14]Fa gny sain'ereo dra doto. Dre dra mandrak'amizao zay volay zay dra bo mizano eo amin'gny famakia gny
faneke taloha. Sy misokaky zay, satria ao amin'i Kristy avi zay gny ala. [15]Nefa dre dra amizao avo, dre ombia dre
ombia gny vakia gny lalan'i Mosesy,dra manaro gny fpn'ereo gny voaly. [16]Nefa raha mitoliky amin'gny Topo gny
olo, dra ala gny voaly.[17]Dra gny Topo dra Fagnahy. Ze misy gny Fagnahin'i Topo,dra misy fahafahana. [18]Dra isika
aby, sy misarom-boaly, dra mahita gny voninahiny gny Topo. Isika dra fa voaova ho ao amin'gny voninahisy ho
amin'gny voninahisy, ze laha tamin'gny Topo, ze sy iza fa gny Fanahy.

Chapter 4

[1]Noho zay, satria zahay mana anizay asa fanopoa zay ,dra vao nahazo famindram-po, dra kivy zahay. [2]Fa dra,
nindagnany reo fomba mahamegnasy vo mivony. Sy miay amin'gny fitaky zahay,dra mampiasa mary gny
zakan'Agnahary. Amin'gny fanehoa gny mary,zahay dra mandidy gny vatanay gny amin'gny feon'gny
fieriseretan'olo ba ho andesy eo amason'Agnahary.[3] Fa raha voasaro gny Filazasaranay, dra ho voasoro amin'ireo
ze maty io avo.[4]Amin'gny toe-draha misanga amin'ereo, gny zagnaharin'izao totolo zao nahapoaky reo say sy
minon'ereo. Vokasy zay, sy afaky mahita gny fahazavan'gny filazasaran'gny voninahisin'i Kristy ereo,ze
endrik'Agnahary.[5]Fa zahay sy manambara gny zakanay fa i Kristy Jesosy manahaky gny Topo, dra gny vatanay
manahaky gny panoponondrareo nohon'gny amin'i Jesosy. [6]Fa Zagnahary dra gny raiky ze nizaka ho:''Gny
fahazava hamirasy ao amin'gny mezy.''Izy namirasy tao am-ponay,ba hagnome gny fahazavan'gny fahalalana gny
voninahisi'i Aagnahary eo amin'gny fanatrehan'i Jesosy Kristy.[7]Fa zahay mana anizay hanagna zay ao agnaty
boatela tanimanga, ba hazava fa gny hery lahibe mihoasy lavisy dra agn'Agnahary fa syanay. [8]Ampahoria
amin'gny fomba iaby zahay, fa sy resy. very hevisy zahay fa sy feno famoizam-po. Ezehy zahay fa sy nanga. Vono
zahay fa sy rava. [10]Mandesa eo amin'gny vatanay fgny fahafatesan'i Jesosy hatrany zahay, amin'izay gny fiaignan'i
Jesosy avo koa dra niboaky eo amin'gny vatanay.[11]Zahay ze velo dra manday hatragny ao amin'gny vatanay gny
fahafatesan'i Jesosy, amin'izay gny fiaignan'i Jesosy dra hiboaky eo amy vatanay olombelo. [12]Noho zay gny
fahafatesa dra miasa ao amisika, fa gny fiaigna miasa ao amindrareo.[13]fa zahay mana fagnahin'gny finoa mitovy
araky ze voasorasy ho:[14]''Nino zaho, dra nizaka zaho.''Mino avo koa zahay, dra nizaka avo koa zahay. Fatasinay fa
gny raiky ze nananga gny Topo Jesosy dra hananga gny asika avo koa miaraky amin'i Jesosy. Fatanay fa hinday
anay miaraky amindrareo ao amin'gny fanatrehany Izy. [15]Gny raha-iaby dra ho andrareo ba, araky gny fahasoava
voaparitaky tamign'olo maro, gny hitomboan'gny fagnomezam-pisaora ao amin'gny voninahisin'Agnahary.[16]Noho
zay dra sy ho kivy zahay. Na dra malemy ambaliky avo zahay, dra havaoziny isan'andro isan'andro gny ao
agnatinay. [17]Fa amin'izao andro mandalo zao, gny fahoria meva dra magnoma anay ho amin'gny lazan'gny
voninahisy maharisy mandrakizay ze mihoasy gny fandaza iaby. [18]fa isika sy magnety raha ze hita , fa reo raha sy
hita. Gny raha ze mety hitasika dra sy mmaharisy , fa reo raha ze sy hita dra maharisy mandrakizay.

# Chapter 5

[1]fatasika fa raha rava gny fonena eto an-tany ze ipetrahasika, dra mana tragno laha tamin'Agnahary isika. Zay dra
tragno sy nataon'gny tagnan'olombelo, fa tragno mandrakizay, agnyan-dagnisy .[2]Fa eto amin'itohoky tragno lay
isika gny miseto, magniry fatrasy gny hisikina gny fonenasika agny an-dagnisy . [3]Magniry fatrasy anizay isika
satria amin'gny fanovasika anizay dra sy ho hita mita asika.[4]Fa raha bo eto amin'itiho tragno -lay itiho tokoa isika,
dra miay, mavesas'enta. Sy te hitana asika. Fa dra,te hagnisy isika, ba ho atelin'gny fiaigna ze mety maty. [5]Gny
raiky ze nagnoma asika ho amin'izay raha zay andrindra dra Zagnahary , ze nagnome asika gny Fagnahy ho
fanambara ze ho avy.[6]Noho zay dra matokia hatrany. Tongava say fa gny fa ao antragno amin'gny vata isika, dra
lavisy gny Topo. [7]Fa mandeha amin'gny finoa isika, fa sy amin'gny fahita. [8]Noho zay dra mana fahatokia isika.
Aleosika lavisy gny vata fa ao an-tragno miaraky amin'gny Topo.[9]Dra ataosika tazo zay, na agny an-tragno isika na
lavisy anizay, ba hahafanarisy Anazy. [10]Fa isika aby dra sy maisy hiboaky eo alohan'gny seza fisaran'i Kristy, ba
mety ahazoan'gny kirairaiky ze mifagnaraky amin'ireo raha-vita tao amin'gny vatana, dre ho amin'gny soa na ho
amin'gny rasy.[11]Noho zay, gny fahafatara gny tahosy gny Topo, gny handresesika lahasy gny olo. Gny maha isika
asika dra hitan'Agnahary mazava. Atenaiko fa mazava amin'gny feon'gny fiereseretanareo avo koa zay. [12]Sy
miezaky gny handresy lahasy andrareo draiky zahay ba hagnety anay tahaky gny mahisy fo. Fa dra ,magnome
atony ho andrareo hirehareha nohon'gny aminay izahay, ba hanagnandrareo vali-zaka ho an'ereo ze mirehareha
gny amin'gny endriky ambalikiny fa sy gny amin'izay ao am-po.[13]Fa raha levo lasa say izahay , dra ho
agn'Agnahary zay; dra raha avy tonga say soa izahay, dra ho andrareo zay. [14]Fa gny fitivan'i Kristy gny manery
anay, satria azinay atoky gny ho:nisy olo raiky maty ho agny iaby, dra noho zay dra maty gny olo aby. [15]Maty Izy
ho agny olo iaby, ba sy ho velo ho agny vatan'ereo sasy reo ze velo fa ho Anazy ze maty dra nasanga nohon'gny
fitiava anazy reo.[16]Noho zay atony zay, manomboky zao dra sy misara na iza na iza araky gny fomban'gny
olombelo isika , dre dra fa nagnety an'i Kristy tahaky anizay avo isika taloha. fa amizao isika dra sy misara dre isa
dre isa manahaky anizay sasy. [17]Noho zay, raha misy olo ao amin'i Kristy , dra olom-baovao izy. Fa lasa gny raha
taloha. Indreo, fa avy vaovao ereo.[18]Reo raha aby reo dra laha tamin'Agnahary. Nampihavaniny tamin'gny Vatany
tamin'gny alalan'i Kristy isika, dra nomeny asika gny asa fanompoan'gny fampihavana.[19]Midika ho, ao amin'i
Kristy Zagnahary gny mampihava zao totolo zao amin'gny Vatany, sy magnisa gny fahadisoan'ereo . Nahakiny
taminay gny hafatry gny fampihavana.[20]Dra voatendry ho mpisolon-tegnan'i Kristy izahay , manahaky gny ho
amin'gny alalanay gny hanovan'Agnahary gny fitokavany. Miangavy andrareo zahay , noho i Kristy:''Mihavana
amin'Agnahary!'' [21]Nataony avy soro ho agny fahotasika kristy. Izy gny raiky ze sy nanota mihisy. Nataony ze ba
ho avy fahamarin'Agnahary ao aminazy isika.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 6

[1]Miara-miasa aminazy, zahay avo koa dra mampirisiky andrareo sy handray gny fahasoavan'Agnahary fahatany.
[2]Fa nizaka izy ho:''Tamin'gny fotoa mety dra niteno andrareo zaho, dra tamy andron'gny famozena dra nagnampy
andrareo Zaho. Hatio, amizao gny fotoa mety. Hatio,amizao gny andro gny famozea.[3]Sy mametraky vato
fanafitohina eo alohan'iza na iza zahay, fa zahay sy magniry gny haharasy laza gny asa fanompoanay.[4]Fa dra,
izahay dra magnaporofo gny vatanay amin'gny asanay aby, fa panopon'Agnahary izahay. Izahay gny panopony
amin'gny fiaretam-be, fahoria, fahatera, fahasarota,[5]reo kapoky , fanagadra, fikomia, amin'gny asa fatrasy,
amin'ereo hariva sy misy torimaso, amin'gny hareseha, [6]amin'gny fahaliova, fahalala, fahareta, fahasoram-po,
amin'gny Fanahy Masy, amin'gny tena fitiava. [7]Zahay gny panopony ao amin'gny zakan'gny fahamarina
,aoamin'gny herin'Agnahary. Zahay dra mana gny fiarovan'gny fahamarigna ho agny tagna havana vo gny havia.
[8]Zahay dra miasa amin'gny voninahisy vo amin'gny fahafam-baraka, amin'gny fagnarasia vo gny fidera. Zahay
dra voapanga ho pamitaky kanefa zahay dra mary . [9]Zahay dra miasa manahaky anio sy misy mahafatasy io
kanefa zahay dra bo fata-daza. Miasa manahaky gny ho maty zahay-hatio-bo miay . Miasa izahay manahaky gny
sazia nohon'gny asanay nefa sy manahaky gny ho voaha fagnahia ho maty. [10]Zahay dra miasa manahaky gny
malahelo, kanefa dra mifaly lalandava. Zahay dra miasa manahaky gny mizaly, kanefa dra mampana-karena olo
maro zahay. Miasa manahaky gny sy mana dre ino zahay kanefa manahaky gny mana gny raha iaby.[11]Zahay dra
nizaka gny mary aby tamindrareo, ry Koritiana, dra gny fonay dra mivoha midagnadagna. [12]Gny fondrareo dra sy
nifehezinay, fa andrareo gny namehy reo fiheseham-pondrareo manoka.[13]Dra ho valiny ara-drariny miresaky
amindrareo manahaky gny amin'gny mota zaho-sokafomidagnadagna gny fondrareo.[14]Ka mifamehy amin'ereo sy
mpini. Fa ino gny iraisan'gny fahamarigna vo gny fandikan-dalana? Fa ino gny iarahan'gny mazava amy mezy?
[15]Ino gny mety ho fifagnaraha eo amin'i Kristy vo i Beliala? Dre ino gny tokony azara anagnan'gny mpino raiky vo
amin'gny sy mpino raiky? [16]Dra ino gny fifagnaraha misy eo amin'gny fiangonan'Agnahary vo gny sampy? Fa isika
dra fiangonan'Agnahary velo, araky gny fa nizakan'Agnahary ho: ''Hitoesy eo amin'ereo zaho dra handeha eo
amin'ereo . Zaho dra ho Zagnaharin'ereo dra Izy reo dra ho oloko.''[17]Noho zay,''Miboaha miala eo amin'ereo, dra
mitokana, ''hoy gny Topo . ''Ka mikasiky raha maloto, dra Izaho handramby andrareo. [18]Izaho dra ho raiky
amindrareo, dra andrareo zanadahiko vo ho zanakapelako'', hoy gny Topo sitoha.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

# Chapter 7

Gny malalako, hatramin'gny nanagnasika gny zaka fikasa dra ao isika hagnalio gny vatasika amin'gny raha-iaby ze mahavy fahalotoa eo amin'gny vata vo fanahisika. Ao isika hikasaky gny fahamasigna amin'gny fatahora an'Agnahary.[2]Rambesy zahay ! Fa sy nanao rasy tamin'iza na iza. Sy nandrasy na nagnararaosy andrareo gny hizakako anizao. Fa nizakako fa ato amponay andrareo , fa miara-maty dra miara-velo isika. [4]Mana fahatokia lahibe andrareo zaho, dra mirehareha nohon'gny amindrareo. Feno fampionona zaho. Mitobatobaky gny hafaliako dre dra eo avo gny fampahoria iaby.[5]Gny fa avy tagny Makedonia zahay, sy hanam-pizanogny gny vatanay. Noho zay, ory tamin'gny fomba aby zahay nohon'gny fifagnakania tambaliky agny, vo gny tahosy tao agnatiny. [6]Fa Zagnahary, ze mapahery gny kivy, napahery anay tamin'gny fahavian'i Titosy. [7]Sy tamin'gny alalan'gny fahaviany avo gny hampaherezan'Agnahary asika. Fa tamin'gny fapahereza ze nirambesin'i Titosy avy amindrareo. Mizaka asika izy gny amy haben'gny fitiandrareo, gny alahelondrareo anahy laliky . Ka hifaly mandrakizay zaho.[8]Dra nampalahelo andrareo aza gny taratasiko, dra sy nampanegny anahy zay. Fa nanegny tamin'izay zaho gny fa nahita fa nampalahelo andrareo gny taratasik. Fa nalahelo nandrisy gny fotoa bory andrareo. [9]Amizao dra faly zaho, sy hô satria ory andrareo, fa satria gny alahelondrareo gny ninday andrareo ho amin'gny fibebaha. Andrareo dra niay gny fahoria ao amin'Agnahary, koa sy nisy levo gny nizaliandrareo ho anay. [10]Gny fahoria ao amin'Agnahary dra minday amin'gny fibebaha gny ba hahatateraky gny famozena sy misy fanegnena. Na zay avo, gny alahelon'izao totolo zao, dra minday fahafatesa.[11]Hatio gny vokasin'gny halahiben'gny fikirizandrareo tamy fahoria ao amin'Aagnahary. Lahibe tokoa gny halahiben'gny fikiriza tao amindrareo ba hagnaporofoa fa sy mana-signy andrareo. Lahibe vatany gny halahiben'gny fahoriandrareo, gny tahosindrareo, gny alahelondrareo ahita gny fahamarigna ze tokony atao! Amin'gny raha-iaby dra nagnaporofo tamin'gny vatandrareo andrareo ba sy ho ory amin'izay raharaha zay. [12]Na dra nanorasy tamindrareo avo zaho, Zaho dra sy nanorasy ho an'ereo mpanao rasy, dre ho agny raiky ze miharisy gny rasy. Nanorasy zaho ba tokony hampahafatara gny fahazotoandrareo teo aminay eo anatrehan'Aagnahary.[13]Tamin'gny alalan'izay gny nampahereza anay. Mihoasy nohon'gny fampahereza ze fa anagnanay, nihoa-papa gny fifaliany noho gny fifalian'i Titosy, satria gny fanahiny dra velombelo noho gny amindrareo aby. [14]Raha dra nirehareha taminazy gny momba andrareo zaho, dra sy ba afa-baraka zaho. Mifanohisy amin'izay, reo raha iaby ze nizakanay tamindrareo dra mary avo koa, gny fireharehanay momba andrareo tamin'i Titosy dra voaporofo fa mary.[15]Gny fitiavany andrareo dra lahibe tokoa, manahaky gny nahasiarovany gny fakatoavandrareo aby, Endrey gny fandrambesandrareo anazy tamin'gny tahosy vo mangitikitiky tateraky tamindrareo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 8

1Tianay ho fatasindrareo , ry rahalahy , gny momban'gny fahasoavan'Agnahary ze nome tao amin'ereo fiangonan'i
Makedonia. 2Nandrisy gny fisapa lahibe amin'gny fahoria, gny fitobaky gny hafaliany vo gny fara-fahatran'ereo
dra niteraky hanagnan-dehiben'gny falalan-tagna.3Satria misanga vavolombelo zaho fa nanao be arak'izay vitany
ereo , dra mihoasy an'izay vitany avo. Dra tamin'gny sitrapon'ereo manoka 4vo niaraky tamin'gny fitalahoa
fatrasy gny nangatahan'ereo taminay gny fahafaha ba hana azara amin'itiho asa fanopoa eo amin'ereo mpino
itiho. 5Sy niboaky arak'izay natenay zay. Fa dra, nanolosy gny vatany mialoha tamin'Agnahary ereo. Dra nanolo-
vata ho anay ereo tamin'gny sitrapon'Aagnahary.6Ka nampirisiky an'i Titosy zahay, ze fa nanomboky an'izay asa
zay, ba hagnatateraky gny fahasoava eo amindrareo. 7Fa andrareo koa dra mana-kanagna amin'gny raha iaby,
amin'gny finoa, amin'gny zaka, amin'gny falalana. amin'gny fahazotoa iaby, dra amingny fitiavandrareo anay. Koa
atovy azo atoky ba hana-kanagna amin'izay asa fahasoava andrareo. [ Gny ULB vo gny UDB, miaraky amin'ireo
dika-zaka maro hafa, dra mivaky manahaky anizao:''Ao amin'gny fitiavanao anay.''Gny dika-zaka hafa dra
mivaky manahaky aniza:''Dra ao amin'gny fitiavanay andrareo'']8Sy mizaka manahaky gny didy zaho. Fa dra,
mizaka zaho amin'gny fisangana gny fahamarignan'gny fitiavandrareo amy fampitaha anizay amin'gn zotom-
pon'gny olo hafa . 9Satria fatasindrareo gny fahasoavan'gny Toposika Jesosy Kristy. Ka na nanan-kanagna avo izy,
dra lasa majaly noho andrareo, koa amin'gny alalan'gny fahatra no mety ahazoandrareo hanagna.10Amin'izay
resaky zay dra hagnome toro-hevisy andrareo zaho ze hagnapy andrareo. Heritao lasa zay, dra sy nanomboky
nanao raha avo andrareo, fa nagniry gny manao avo. 11Amizao vitao zay, manahaky gny nisian'gny zotom-po so
gny fagniria hanao anizay , dra enganie hagnatateraky anizay koa andrareo, arak'izay azondrareo hatao. 12Satria
raha magniry fatrasy gny hanao anizay asa zay andrareo dra raha soa vo azo eke zay. Sy maisy mifotosy
amin'izay hanagnan'gny olo raiky zay, fa sy ze sy anagnany.13Fa asa zay dra sy ba hagnameva gny hafa sady
hagnavesasy andrareo. Fa dra, tokony hisy gny rariny. 14Gny hanagnandrareo amin'izao fotoa zao dra hagnome ze
taliavin'ereo .Ka zay koa dra ba hagnomezan'gny hanagnan'ereo ze taliavindrareo. Dra ba agnomezan'ereo gny
rariny 15Araky ze fa voasaorasy ho:''Gny raiky ze nana maro dra sy nana ambiny, dra gny raiky ze nana gny kely
dra sy nana gny sy apy.16Fa an'Agnahary gny fisaora, ze nametraky gny tao am-pon'i Titosy gny fahamatora ze
ananako amindrareo. 17Fa izy sy magneky gny tokasika avo, fa tena matosy gny amin'izay avo koa. Nagnato anao
tamin'gny sitrapony manoka izy.18Nalefafanay izy niaraky tamin'gny rahalahy ze nidera teo agnevon'gny fiangona
aby noho gny asany ze mitory gny filazasara. 19Sy zay avo, fa izy avo koa dra nitendren'ereo fiangona ba handeha
hiaraky aminay hinday zao asan'gny fahalala-tagna zao. Zay dra ho agny voninahisy Topo dra ho agny
fagnirianay hagnapy.20Mitandrina izahay gny amin'gny mety hisian'gny olo mitaray mombanay mahakasiky an'io
asa fahalala-tagna ze hataonay io. 21Ka mila mitandry zahay ba hanao gny mendriky, fa sy eo anatrehan'gny Topo
raiky avo, fa eo alohan'gny olo koa.22Mandefa rahalahy raiky hafa avo koa zahay miaraky amin'ereo. Matetiky
zahay gny nisapa anazy , dra nahita anazy mafana fo tamin'gny asa maro. Mazoto izy zao amizao noho gny
fahatokisa lahibe ze anagnany amindrareo. 23Raha gny amin'i Titosy, izy gny namako vo mpiara-miasa aminahy
ho andrareo. Raha gny amin'gny rahalahinay, dra nalefan'ereo fiangona ereo. Voninahisy ho an'i Kristy ereo. 24Dra
aboao anazy reo gny fitiavandrareo , dra aboao amin'gny fiangona gny aton'gny fireharehanay momba andrareo.

## Chapter 9

[1]Mahasiky gny asa fanopoa ho agny mpino, sy tena taliaviko gny manorasy ho andrareo. [2]Fatako gny momba gny
fagniriandrareo, ze hiresahako amin'gny olon'i Makedonia. Nizakako anazy reo fa Akaia dra fa vonona
nanomboky tamin'gny tao lasa. Gny zotom-pondrareo gny nanosiky gny akamaroan'ereo hiasa.[3]Dra nirahiko gny
rahalahy ba sy ho raha-fahatany gny fireharehasika momba andrareo, dra ba ho vono andrareo, araky gny fa
nizakako ho andrareo. [4]Raha sy zay, raha misy Makedonia maro miaraky aminahy dra mahita andrareo bo sy
vonona, dra ho megnasy isika-sy mizaka dre ino dre ino bo andrareo zaho-noho gny fahatokia andrareo. [5]Dra
mieriserisy zaho fa taliavy gny mampirisiky reo rahalahy hagnagny aminao dra hanao fifagnaraha mialoha gny
amin'gny fagnomeza fa nampanatatenao. Zay dra ahafaha mivonona manahakay gny fitahia , fa sy manahaky
gny raha sy azo eke.[6]Gny tena izy dra itiho: Gny raiky ze mamafy kely dra hiziza gny kely avo koa , dra gny raiky
ze mamafy amin'gny tazom-pitahia dra hanapaky gny fitahia avo koa [7]Angao gny kirairaiky hagnome araky ze fa
nirafetiny tao am-pony. Ka anga magnome fahoria na faneritere izy. Fa gny pagnome am-pifalia gny
tian'Agnahary.[8]Dra Zagnahary dra afaky mampitombo gny fitahia ho anao, ba ,amin'gny raha iaby, dra afaky
hahazo ze taliavindrareo iaby mandrakariva iaignadrareo. Zay gny misy dra ba ahafahandrareo magnatombo
gny asa soa andrareo. [9]Zay dra araky gny voasorasy ho: ''Nizarany reo hanagnany dra nagnome anazy io ho agny
mijaly. Maharisy mandrakizay gny fahamarinany.''[10]Izy zay mamasy tegnany ho agny mpamboly ze mamafy vo
gny mofo ho agny sakafo, dra hamasy vo hampitombo gny voanao avo koa ho amin'gny famafaza. Hampitombo
gny vokasy gny fahamarinanao izy. [11]Hahazo harena amin'gy fomba aby anao ba hahavy anao ho malala-tagna.
Zay dra hinday fanehoam-pisaora an'Agnahary amin'gny alalanay.[12]Gny fanatateraha io asa fanopoa io dra sy
vitan'gny mahafeno gny raha taliavin'gny mpino avo . Mitombo avo koa zay amin'gny asa fagnomezam-pisaora
an'Agnahary maro. [13]Fa noho gny fisapa andrareo ze voaporofo amin'io asa io, dra hagnome vininahisy
an'Agnahary koa andrareo amin'gny fakatoava gny fibabohandrareo amin'gny filazasaran'i Kristy. Dra hagnome
voninahisy an'Agnahary koa andrareo amin'gny fahalalaha-tagnandrareo amin'gny fagnomeza ho an'ereo vo gny
olo-iaby. [14]Magniry anao ereo ,dra mivavaky ho anao ereo. Manao anizay ereo noho gny fahalebiazan'gny
fahasoavan'Agnahary ao aminao. [15]Ho an'Agnahary anie gny saotra noho gny fagnomezany sy hay zaka!

## Chapter 10

[1]Zaho , paoly, miangavy andrareo gny vatako , amin'gny fanetre-tena vo hamorom-pagnahin'i Kristy. Malemy
fagnahy zaho gny fa eo amin'gny fanetrehandrareo, nefa sahy gny amindrareo zah gny fa sy eo. [2]Mangataky
amindrareo zaho, gny fa miaraky amindrareo zaho , sy mila mahavany amin'gny fahatokisa-tegna . Nefa zaho
mieriserisy fa ,ila mahavany manohisy anereo ze mihevisy fa isika dra miay araky gny nofo.[3]Fa na zay avo dra
mandeha araky gny nofo zahay, sy mialy araky gny nofo. [4]Fa gny fialia ze ialianay dra sy ara-nofo. Noho zay,
mana hery laha tagny an-dagnisy reo ba hamoteha gny fagnahy rasy. Fa sy minday na ino na ino gny hevi-
pitak'izay reo.[5]Ho solasika avo koa reo raha abo ze mananga fanohera gny fahalala an'Agnahary. Fa mihevisy gny
ho tiany gny olo kirairaiky amin'gny fakatoava an'i Kristy isika. [6]Dra miomana amin'gny famezigna gny fihesiky
sy fakatoava iaby isika, vatany vo tateraky gny fakatoavandrareo.[7]Hatio mazava ze eo alohandrareo. Fa na iza na
iza gny resy lahasy fa izy gny kristy, ao hampasiahy gny vatany izy fa izy tokoa dra Kristy, dra manahaky anizay
koa isika . [8]Egny fa dre dra mirehareha masaiky avo zaho momban'gny fahafasika ,ze nomen'gny Topo asika ba
hanangana sady sy hanimba andrareo, sy ho megnasy zaho.[9]Sy tiako zay gny hampatahosy andrareo amin'gny
alalan'gny taratasiko. [10]Fa gny olo gn'ilany nizaka ho:''Matosy vo mahery gny taratasiny, nefa malemy ara-bata izy.
Sy mendriky ho tenoy gny zakany.''[11]Ao gny olo tahaky anio ahafatasy fa reo zaka ao amin'gny taratasinay
tamin'gny fotoa sy nahateo anay dra maneho gny asa tokony ho ataonay gny fa avy zahay. [12]Sy mandeha lavisy
zahay na mamitaha gny vatanay amin'ereo ze midoka-tegna. Fa raha mandrefy gny vatany amin'gny hafa ereo
dra mampitaha gny vatany amin'gny hafa, dra sy ho malina.[13]Isika, na hafa avo, sy hirehareha mihoasy gny
tokony ho izy. Fa dra, ataonay avo zay ze misy fetrany araky gny nanendren'Agnahary anay, fetra ze mahakasiky
andrareo. [14]Fa sy mitandry gny vatanay zahay gny fa avy tegny amindrareo. Zahay gny avy volohany hatragny
amindrareo niaraky tamin'gny filazasaran'i Kristy.[15]Sy nirehareha mihoasy gny fetra isika gny momban'gny
asan'gny sasany . Nefa dra, atenainay fa hitombo gny finoandrareo amin'gny asa lahibe miamby gny kirairaiky ,
dra samy amin'gny fetrany aby. [16]Fa zao gny atenainay , ba ahafahanay mitory gny filazasara dre dra agny
amin'gny toera lavisy andrareo avo. Sy hirehareha momban'gny asa fa vita tagny amin'gny farisy hafa isika.
[17]''Nefa ao gny raiky ze mirehareha, hirehareha ao amin'gny Topo.''[18]Fa sy gny raiky ze manolosy gny vatany gny
ankatoavy. Nefa dra, ao gny raiky ze natolosy gny Topo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 11

[1]Magniry zaho ba ahafahandrareo magnenga anahy hanao fahadala kely gn'ilany. Fa tena magnenga anahy tokoa
andrareo! [2]Fa saro-piaro gny momba andrareo zaho. Mana fahasarotam-piaro araky an'Agnahary amindrareo
zaho, hatramin'gny nagnomezako toky andrareo tao amin'gny fanambalia hô agny valy raiky avo. Nagnome toky
zaho gny hanolosy andrareo tahaky gny veriziny malio ho an'i Kristy.[3]Fa matahosy zaho fandrao, tahaky gny
namitahan'gny menarana an'i Eva tamin'gny alalan'gny hafeseny, gny eriserisindreo dra mety hiala amin'gny
fanolora-vata amin-kisim-po vo malio amin'i Kristy. [4]Fa erisereto hô misy olo raiky torisika . Na erisereto hô
mandramby Fagnahy hafa noho ze rambesindrareo andrareo. Na erisereto ho mandray filazasara hafa noho gny
raiky ze nirambesindrareo. Mamela anio raha soa io avo andrareo![5]Satria mieriserisy zaho fa sy farany ambany
noho reo zaka fa hô apostoly agn'abony. [6]Fa dre dra sy nizara nandeha-zaka avo zaho, dra nizara tamin'gny
fahalala. Tamin'gny fomba iaby vo tamin'ereo raha aby dra nataonay ho fatasindrareo zay.[7]Moa nanota se zaho
tamin'gny fanetre-tegnako ba hisandratandrareo? Fa nitory gny filazasaran'Agnahary maimaipoa ho andrareo
zaho. [8]Nandrobaky gny fiangona hafa zaho tamin'gny alalan'gny faneke fanohana laha tamin'ereo ba ahafahako
manopo andrareo. [9]Gny fa niaraky tamindrareo zaho vo nila fagnapia , dra sy nagnavesasy na iza na iza. Fa reo
raha nitaliaviko dra nomen'ereo pirahalahy ze laha tagny Makedonia. Tamin'gny raha iaby dra nitandry gny
vatako sy ho eta-mavesasy amindrareo zaho, dra hanohy hanao anizay.[10]Raha ato aminahy gny fahamarignan'i
Kristy , dra sy hangina zay fireharehako zay agny amin'gny farisin'i Akaia. [11]Nanao akory? Satria sy tiako se
andrareo? Zagnahary mahalala.[12]Dra gny raha ataoko dra bo ho ataoko avo, ba mety ahafahako mangalaky gny
fitaraigna nohon'gny fanakiana anahy vo gny fitaraigna noho reo ze tian'ereo hirehareha-fa ereo dra hita manao
asa mitovy amin'izay ataonay. [13]Fa gny olo tahaky anizay dra apostoly sandoky vo mpiasa mamitaky. Izy reo dra
manao sarisarin'gny vatany tahaky gny apostolin'i Kristy.[14]Dra zay dra sy mahalasa , fa dre gny satana avo
maneho gny vatany tahaky gny azelin'gny fahazava . [15]Sy mahalasa sasy raha mampiboaky gny vatan'ereo tahaky
gny mpanompon'gny fahamarina reo mpanompony. Gny azaran'ereo dra ze mendriky gny asan'ereo.[16]Zakako
draiky hô: ''Ka anga hisy hieriserisy hô mola (adala) zaho. fa raha manao anizay andrareo , dra rambeso tahaky
gny mola zaho dra ba hirehareha kely. [17]Ze zakako momba anitiho dra sy araky gny zakan'gny Topo, fa mizaka
manahaky gny mola zaho. [18]Fa maro gny olo gny mirehareha araky gny nofy, dra hirehareha avo koa zaho.
[19]Nagneky am-pifalia reo mola andrareo. Dra hô hendry gny vatandrareo! [20]Fa mandefisy amin'olo andrareo raha
magnandevo andrareo, mandany andrareo, magnararaosy andrareo, mandramby gny vatany ho agn'abony noho
andrareo, na raha mamely tehamaina andrareo izy. [21]Ho zakako amin'gny fahafaham-barakanay fa mamely loasy
zahay tamin'gny fanova anizay. Raha misy mirehareha -dra miresaky manahaky gny mola zaho-Izaho avo koa
dra hirehareha.[22]Hebreo se ereo? Zaho avo koa. Israelita se ereo? Zaho avo koa. Taranak'i Abrahama se ereo?
Zaho avo koa . [23]Mpanompon'i Kristy se ereo? ( Miresaky manahaky gny olo very say zaho) Mihoasy noho zay
zaho. Bo niasa fatrasy nihoasy noho zay avo zaho, tagny am-ponja matiteky, tamin'gny kapoaky mihoasy gny
fepetra, tamin'gny fiatreha loza maro mahafaty.[24]Laha tamin'gny alalan'ereo Jiosy gny nandresako'' kapoaky
efapolo lasaky raiky''Indimy. [25]Itelo zaho gny nizerany tamin'gny hazo. Indraiky nitorahiny vato zaho. Itelo vaky
sambo zaho. Nandany raihaly vo andro raiky tegny an-dranomasy zaho. [26]Nandeha matetiky zaho, tamin'gny
lozan'ony, tamin'gny lozan'ereo mpandrobaky, tamin'gny lozan'gny oloko, tamin'gny loza tagny amin'gny tana,
tamin'gny loza tagny agn'efisy . tamin'gny loza tagny an-dranomasy , tamin'gny loza laha tamin'ereo rahalahy
sandoky.[27]Fa tamin'gny asa fatrasy vo raha -sarosy zaho, tamin'gny hariva sy misy torimaso, tamin'gny haresia vo
hetaheta, tamin'gny fifalia-kany matetiky, tamin'gny hasiaky vo fitazaha. [28]Akoasy gny raha hafa, misy sindry
isan'andro aminahy nohon'gny fagnahiako amin'gny fiangona aby. [29]Iza gny malemy , ka sy malemy zaho? Iza gny
manafitohy, ka sy mirehisy zaho?[30]Raha sy maisy mirehareha zaho, dra hirehareha momba ze mapiboaky gny
fahalemeko. [31]Gny Zagnahary vo Ran'i Topo Jesosy , gny raiky ze dera mandrakizay , dra mahafatasy fa sy
mavandy zaho![32]Tagny Damaskosy, gny governora ambanon'i Areta Pajaka dra niamby gny tanan'i Damaskosy ba
hanambosy anahy. [33]Fa nampizoso tamin'gny sobika teo amin'gny vatrangara-kely raiky teo ami'gny manda zaho.
ka dra nandositry gny tanany.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 12

[1]Zaho dra sy maisy mirehareha , fa sy misy na ino na ino azo laha tamin'izay. Fa zaho dra hanohy gny amin'ireo
fahita vo reo fagnambara laha tamin'gny Topo. [2]Mahafatasy lelahy ao amin'i Kristy zaho ze efasy ambiny folo tao
lasa zay- na ao amin'gny tegna na ambalikin'gny vata, zaho sy mahafatasy , Zagnahary mahafatasy-nala niakasy
tagny amin'gny lagnisy faha telo.[3]Dra fatako fa io lelahy io- na ao amin'gny vata, na ambalin'gny vata, zaho sy
mahafasy, Zagnahary mahafatasy- [4]dra nala niakasy tao amin'gny paradisa dra nahare raha ze tena masy loasy
amin'gny olo gny hizaka anazy. [5]Amin'gny agnaran'gny olo tahaky anizay dra hirehareha zaho. Fa amin'gny
agnaran'gny vatako dra sy hirehareha zaho, afa-sy gny momba reo fahalemeko .[6]Raha te hirehareha zaho, dra sy
ho mola zaho, fa te hizaka gny mary. Fa hamehy vata amin'gny firehareha zaho, ba sy hisy dre iza dre iza
hihevisy anahy agn'abony noho ze hita aminahy na re avy aminahy. [7]Hamehy vata amin'gny firehareha avo koa
zaho noho reo karaza fagnambara miavaky reo. Noho zay, ba sy ho feno firehareha zaho, dra nasia raha
maragnisy gny nofoko, gny mpinday hafasin'i Satana hanakorota anahy, ba sy hirehareha loasy zaho.[8]Itelo zaho
gny nitalaho tamin'gny Topo gny momba anizay, ba hangala anizay aminahy.[9]Fa ho izy taminahy ho:''Apy ho anao
gny fahasoavako, fa gny hery dra natao ho lafasy ao amin'gny fahaleme.'' Aleoko mirehareha amin'gny
fahalemeko, ba hitoeran'gny herin'i Kristy ato aminahy. [10]Noho zay finarisy noho i Kristy ao amin'gny fagaleme,
amin'gny fanevateva, amin'gny korota, amin'gny fanezeha dra ao amin'gny fotoa-sarosy zaho. Fa dre ombia dre
ombia malemy zaho, dra matazaky.[11]Izaho dra lnazary mola! Andrareo gny nanery anahy amin'izay, fa zaho dra
tokony niderandrareo. Fa zaho dra sy ambany noho reo mihisy , dre dra sinosino avo zaho. [12]Reo famatara mary
gny maha Apostoly dra nitaterahy teo amindrareo tamin'gny fahareta tateraky, famatara vo fahangaga dra asa
mahery. [13]Fa nanao akory andrareo gny sy dra mana-daza noho reo fiangona ilany, akoasy gny sy maha vesasy
anahy ho andrareo? Mamela anahy noho zay fahadisoa zay ![14]Indro! Vonona ho avy fagnitelony agny amindrareo
zaho. Sy ho vesasy ho andrareo zaho, fa izaho dra sy mila ze andrareo. Andrareo gny taliaviko. Fa sy gny zanaky
gny tokony hihary ho an'ereo ray-aman-dreny. Fa dra, reo ray aman-dreny gny tokony hihary ho an'ereo zanaky.
[15]Izaho dra ho faly tateraky handany vo ho lania ho agny fanahindrareo. Raha mitia be andrareo zaho, dra
hotiavy masaiky se zaho?[16]Fa na dra manahaky anizay avo, sy nagnavesasy andrareo zaho. Fa, satria zaho
fesisesy be, dra zaho gny raiky ze nahazo andrareo tamin'gny fitaky. [17]Moa se nagnararaosy andrareo tamin'gny
alalan'gny olo ze nalefako tamindrareo zaho? [18]Nagniraky malaky an'i Titosy ho agny amindrareo zaho, dra
nalefako niaraky taminazy reo rahalahy gn'ilany. Moa se sy mitovy lala isika ? Moa sse sy niray dra isika?[19]Moa se
mieriserisy andrareo fa nandrisy zay fotoa iaby zay dra niaro gny vatanay tamindrareo izahay? Eo
anatrehan'Agnahary, gny izakanay tao amin'i Kristy gny raha iaby ba ho fampahereza andrareo.Fa matahosy
zaho fandrao gny fa avy zaho dra mety sy hahita andrareo araky gny fanatenako. Matahosy zaho vasa sy ho
hitandrareo araky gny fanatenandrareo. Matahosy zaho fa sao dra mety hisy fifagnakania , fialogna, fazekeny
hahoria, fikasa amin'gny fitiava-tegna, fifosa, fieboeboa, dra fikorotagna. [21]Mataohosy zaho vasa gny fa mihery ,
dra hanendry anahy eo anatrehandrareo gny Zagnahariko. Matahosy zaho vasa mety halahelo gny amin'ireo
maro ze nanota teo aloha , dra bo sy nibebaky tamin'gny fahalotoa vo gny fizangazanga dra fizezozezoa feno
fagnirian-drasy ze nataon'ereo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 13

[1]Fagnitelony zao gny nandalovako atiho amindrareo. ''Gny fiampanga aby dra sy maisy miory amin'gny porofo
amin'gny vavolombelo ro na telo.''[2]Fa nizaka tamin'ereo ze nanota zaho taloha vo tamin'ereo ambiny aby gny fa
teo fagnindroany , dra zakako draiky zay:''Gny fa avy draiky zaho, dra sy hiferegnay anazy reo zaho.''[3]Mizaka
andrareo zay zaho satria andrareo dra mtalia porofo fa i Kristy dra mizaka amin'gny alalako. Sy marefo
amindrareo Izy. Fa dra, mahery ao amindrareo Izy. [4]Fa Izy nohomboha amy fahaleme, nefa velo tamin'gny
herin'Agnahary. Fa isika dra marefo ao aminazy , kanefa isika dra miara-miay amin'gny herin'Agnahary eo
agnevondrareo.[5]Diniho gny vatandrareo raha tiandrareo ho hita fa ao amin'gny finoa andrareo . Sapao gny
vatandrareo . Sy bo azondrareo asay se zay momba gny amin'gny vatandrareo fa i Jesosy Kristy dra ao
amindrareo? Raha andrareo dra sy nahomby tamin'gny fisapa. [6]Dra zaho mahatoky fa andrareo dra hagneky fa
isika dra nahomby amin'izay fisapa zay.[7]Amizao isika dra mivavaky amin'Agnahary fa sy afaky gny anao raha
rasy andrareo. Zaho dra sy mivavaky gny afaky ahita fa isika dra nahomby amin'gny fisapa. Fa dra zaho dra
nivavaky gny ba ahafahandrareo manao ze mety kanefa isika dra mety ho hita hanahaky gny sy nahomby
tamin'gny fisapa. [8]Fa isika dra sy afaky gny hanao raha manohisy amin'gny fahamarigna, fa ho agny fahamarina
avo koa.[9]Fa isika dra mifaly gny fa marefo dra fatrasy andrareo. Fa isika avo koa dra mivavaky ba ho ataosika
feno andrareo. [10]Manorasy anitahoky raha tahoky zaho raha magnalavisy andrareo zaho, dra gny fa miaraky
amindrareo zaho dra sy voatery minday andrareo an-kahoria amy fampiasa gny fahefako-ze nomen'gny Topo
anahy , ba anangnanako andrareo, dra sy hanimba andrareo.[11]Farany, ry rahalahy , mifalia! miasa ho amin'gny
famerena ami'gny loniny, mahereza, mifanekea gny kirairaiky , miaigna am-piadana , dra gny Zagnahary gny
fitiava vo gny fiadana dra hiaraky amindrareo. [12]Mifampiarahaba andrareo amin'gny fanorohona Masy.[13]Reo
mpino aby dra manao veloma andrareo. [ Fanamariha: reo dika-zaka gn'ilany dra manambasy gny andininy faha
13 amin'gny andininy faha 12 dra manao gny andininy faha 14 ho andininy faha 13.] [14]Enganie gny fahasoavan'i
Topo Jesosy Kristy, gny fitiavan'Agnahary, vo gny fiaraha amin'gny Fanahy Masy ho ao amindrareo aby.

# Galatians

Chapter 1

[1]Paoly, apostoly _sy apostoly boaky amigny olo na tamigny alalanigny olo, fa avy amin'i Jesosy Kristy vo gny
Zagnahary Ray, ze nananga anazy tamigny maty _ [2]dra reo rahalahy aby miaraky aminahy, ho anireo
fengonanigny Galatiana:[3]Fahasoava ho amindrareo dra fedagna boaky amin'Agnahary Rasika vo Jesosy Kristy
Topo, [4]ze nanolosy gny vatany ho anigny fahotasika ba hahafahany asika amizao andronigny faharasia zao, araky
gny sitrapon'Agnaharisika vo Raika, [5]ho anazy anie gny voninahisy mandrakizay doria. Amena.[6]Gaga zaho ho
niala malaky tamigny nitoka andrareo tamigny fahasoavan'i Kristy hadrareo. Gaga zaho fa mitoliky ho amigny
filazasara hafa hadrareo. [7]Sy midika akory izay fa misy filazasara hafa, fa misy olo mamoro izay minday
fikorotagna ho andrareo dra tehagnova gny filazasaran'i Kristy.[8]Fa na izahay na azely avy agny an-dagnisy aza
gny hitory filazasara hafa amindrareo, dra aoka izy ho voaozo. [9]Araky zay nizakanay taloha, dra amizao zaho
mizaka ndraiky ho: ''Gny misy olo mizaka amindrareo filazasara hafa noho izay niresindrareo, dra aoka zy ho
voaozo.' [10]Moa se izaho amizao mitalia gny fakatoavan'ny olo sa Zagnahary? Moa se zaho mitalia izay hapifaly
gny olo? Gny bo manohy miezaky gny hapifaly olo zaho, dra sy panopon'i Kristy.[11]Fa tiako ho fatasindrareo, ry
rahalahiko, fa gny filazasara izay zinakako dra sy filazasaran'olombelo. [12]Sy nandray izay tamin'olo zaho. na
napianary anahy izay. Fa koa, izay dra fagnambaran'i Kristy jesosy taminahy.[13]Fa handrareo nahare gny amigny
fiegnako taliha tamigny fomba fivavaha Jiosy, vo gny fomnba nagnezehako gny fengonan'i Zagnahary mihoasy
gny tokony ho izy dra gny fiezahako handrava izay. [14]Nandroso tamigny fivavahan'ny Jiosy zaho nihoasy gny
maro tamin'ireo nitovy tao taminahy, avy tamin'ireo raiky ferenena taminahy. Manahaky izay gny fomba
nihazognako fatrasy reo fomban-drazako.[15]Kanefa Zagnahary, ze nanoka anahy hatragny atron-dreniko, dra
nitoka anahy tamigny alalanigny fahasoavany, [16]gny fa faly gny haneho gny zanadahiny taminahy, ba hahafahako
mitalily anazy agny amigny Jentilisa, dra sy nangalaky say tamigny nofo vo lio zaho. [17]Sy niakasy tagny
Jerosalema ho agny amireo fa lasa Apostoly talohako zaho. Fa nandeha tagny Arabia dra boak'eo nihery tagny
Damaskosy Zaho.[18]Dra telo tafara dra niakasy tagny Jerosalema ba hifakafatasy tamin'i Kefasy zaho dra nizano
niaraky taminazy nandrisy gny dimy ambiny folo akoasy an'i Jakoba, gny rahalahinigny Topo. [20]Dra ao amize
soratiko ho andrareo, dra magnome toky andrareo zaho eo agnatrehan'Agnahary, fa sy mavandy zaho.[21]Boak'eo
zaho dra nandeha tagny amigny faris'i Syria vo Kilikia. [22]Sy bo fatasy teo amireo fengonan'i Jodia ze ao amin'i

Kristy zaho. [23]Ren'ereo avo ze voazaka ho: "Gny lelahy ze nagneziky asika faela dra zinaka gny finoa ze niezahany nipotehi taloha." [24]Noho izay ereo dra nidera an'Agnahary noho gny aminahy.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 2

[1]Efasy ambin'ny folo tao tatiky afara dra niakasy tagny Jerosalema mdraiky zaho nindray tamin'i Barnabasy, dra
ninday an'i Titosy niaraky taminahy. [2]Niakasy tagny nohonigny fagnambara raiky zaho dra nametraky teo
amin'ereogny filazasara ze toriko eo amireo Jentilisa. Nizaka mitoka tamireo ze nihevery ho mana-daza zaho, ba
hahazoa atoky fa sy hihazakazaky na fa nihazakazaky_ very may zaho.[3]Fa na Titosy aza, ze niaraky taminahy vo
gny GRika, dra nitere ho voatapaky. [4]Nilisy nangingina reo rahalahy sandoky ba hisikilo gny fahafaha
hanagnanay ao amin'i Kristy Jesosy. Nagniry gny hagnandevo anay ereo, [5]fa sy nimety gny hagneky anereo na dre
fotoa kely aza zahay, ba hitoeranigny fahamarignanigny filazasara amindrareo.[6]Fa reo ze nihevery ho manaa-
daza (na ino na ino ereo dra sy mapagnino anahy, Zagnahary dra sy miangasy)_ Zakao, reo ze hevery ho mana-
daza dra sy nagnapy na ino na ino taminahy. [7]Mifanohisy amizay, hitan'ereo fa nagnaky gny filazasara ho anireo
ze sy voatapaky zaho, manahaky gny nagnakigna an'i Petera gny filazadara ho anireo ze voatapaky. [8]Fa
zagnahary, ze niasa tao amin'i Petera ze voatapaky, dra niasa tato aminahy avo koa ho anireo Jentilisa.[9]I Jakoba,
Kefasy, dra i Jaona, ze fatasy fa agnisan'ireo nagnory gny fengona, gny fa nahay gny fahasoava ze name anahy,
dra nagnome gny tagnany akavananigny fiombona ho anahy vo Barabasy ereo. Nataon'ereo zay ba hahafahanay
magnagny amigny Jentilisa, dra ba hahafahan'ereo magnagny amireo ze voatapaky. [10]Nangataky avo ereo ba
hahaserova gny mahatra zahay, ze raha tiako atao tokoa.[11]Fa gny fa avy tagny Antioka i Kefasy, dra nanohisy
anazy teo amigny tarehiny zaho akory voazaka fa diso izy. [12]Talohanigny nahavavian'ireo lelahy ilany boaky
amin'i Jakoba, dra teo apihinana niaraky tamireo Jentilisa i Kefasy. Fa gny fa avy reo lelahy reo, dra nizano izy
dra niala lavisy an'ireo Jentilisa. Natahosy reo ze nitaky fanapaha izy.[13]Gny sisa tamireo Jiosy dra niray tamizay
fiasara-belasihy zay. Na i Barnabasy aza dra voavily lalana niaraky tamin'ereo tamigny fiasaram-belasihin'ereo.
[14]Fa gny fa hitako fa sy magnaraky gny fahamarinanigny filazasara gny fitondra-tegnan'ereo, dra nizaka tamin'i
Kefasy teo anoloan'ereo aby zaho ho: "Raha Jiosy hanao dra bo miay manahaky gny Jentilisa fa sy manahaky gny
Jiosy, ino gny ahafahanao manery reo Jentilisa hiay manahaky gny Jiosy?"[15]Isika dra Jiosy tamigny alalanigny
fahateraha fa sy panota Jentilisa; [16]fatasika anefa fa sy misy olo hamarininigny asanigny lalana fa amigny
alalanigny finoa an'i Kristy Jesosy. Isika avo koa dra avy tamigny finoa an'i Jesosy Kristy ba ho hamariny amigny
finoa an'i Kristy fa sy amigny asanigny lalana. Fa sy hisy nofo ho hamarigny amigny asanigny lalana.[17]Fa raha
ohasy, mitalia ho hamarigny ao amin'i Kristy isika, isika avo koa, dra hita fa panota, moa mapirisika gny fahota ra
i Kristy? Aha! [18]Fa gny mananga ndraiky reo raha fa niravako taloha zaho, dra magnapofo gny vatako ho pandika
lalana zaho. [19]Fa tamigny lalana gny nahafatesako amigny lalana, ba ho velo ho an'Agnahary zaho.[20]Nihombo
niaraky tamin'i Kristy zaho. Sy izaho sasy gny velo, fa i Kristy gny velo ato agnatiko. Gny fiegna iegnako ao
amigny nofo amizao dra iegnako ao amigny finoa gny Zanan'Agnahary, ze tia anahy dra nanolosy gny vatany ho
anahy. [21]Sy magnilisy gy fahasoavan'Agnahary zaho, fa gny azo amigny lalana gny fahamarigna, dra sy misy
dikany gny nahafatesan'i Kristy!


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 3

[1]Ry Galatiana Adala! Iza gny nagnosavy andrareo? Teo amasondrareo indrindra gny nahareza an'i Jesosy Kristy
voahombo. [2]Izao avo gny raha tiako ianara amindrareo: Nitakasy gny Fagnahy tamigny asanigny lalana sa
tamigny finoa ze rendrareo handrareo? [3]Mola vatany ra handrareo? Netomboky tamigny Fagnahy handrareo, dra
hiafara amigny nofo ra amizao?[4]Moa niarisy raha-maro tamigny sy misy dikany ra handrareo_ fa gny tena raha
foa vatany zay? [5]Moa ra izy ze magnome gny Fagnahy andrareo vo manao asa mahagaga eo amindrareo dra
manao anizay zay amigny asanigny lalana, sa amigny fitenoa amigny finoa?[6]Manahaky an'i Abrahama "nino
an'Agnahary dra nisaina ho fahamarigna anizay," [7]dra manahaky anizay, fataro, fa reo ze amigny finoa dra
zanak'i Abrahama. [8]Gny sarasy masy, nihita meloha fa Zagnahary hagnamarigna reo Jentilisa amigny finoa , dra
nitory gny filazasara meloha tamin'i Abrahama, nizaka ho: "Boaky aminao gny hitahia gny finoa aby." [9]Ko reo ze
amigny finoa dra voatahy miaraky amin'i Abrahama, gny olonigny finoa.[10]Reo ze miaky amigny amigny asanigny
lalana dra eo ambaninigny Ozo; fa voasorasy ho: "Voaozo ze sy magneky gny raha aby voasorasy ao agnatinigny
bokinigny lalan'aby, vo manao anireo." [11]Amizao dra mazava fa sy misy olo ze hamariny eo agnatrehan'Agnahary
amigny alalanigny lalana, akory gny mary dra ho velo amigny finoa. [12]Fa gny lalana dra sy araky gny finoa, fa koa,
"Gny olo ze manao gny asanigny lalana dra sy maisy velo amireo."[13]Kristy nagnavosy asika tamigny azonigny
lalana tamigny nahaviany ho ozo ho asika__fa voasorasy ho: "Voaozo ze mihato amigny hazo" _ 14ba ho avy
amigny Jentilisa gny fitahin'i Abrahama ao amin'i Kristy Jesosy, ba ho amigny finoa gny ahazoasika gny
fapanatenanigny Fagnahy.[15]Ry rahalahy, angao zaho hizaka araky gny fanaonigny olo. Ao amigny fifagnaraha
ataonigny olo, sy misy afaky magnafoa na magnapy ze ao, gny fa tafapetraky gny lalana zay. [16]Dra reo fapanatena
dra nizaka tamin'i Abrahama vo tamin'ireo taranany. Sy mizaka anizay ho: "Ho anigny taranaky," manondro olo
maro, , fa olo raiky avo," ho anigny taranaky," dra i KRisty.[17]Dra izao gny tiako ho zaka: "Gny lalana, ze lasa telo-
polo sy efa-zato tao taty afara, dra sy hahafoa gny fagneke ze fa napetran'Agnahary meloha. [18]Fa gny avy amigny
lalana gny lova, dra sy avy amigny fapanatena sasy zay. Fa Zagnahary nagnome anizay an'i Abrahama tamigny
lalanigny fapanatena.[19]Ino, dra, gny tazonigny lalana? Nasia anizay noho reo fandikan-dalana, mandra-
pahavianigny taranak'i Abrahama eo amize nanova gny fapanatena. Gny lalana dra nataonigny panalalana raiky
ho ho mana-kery tamigny alalanigny azely tamigny alalanigny azely. [20]Fa gny panalalana dra midika olo mihoasy
gny raiky, kanefa zagnahary dra raiky avy.[21]Moa ra gny lalana manohisy reo fapanatenan'Agnahary? Sagnatria
zay! Fa raha nisy lalana name ze afaky magnome fiegna, dra boaky amigny lalana gny fahamarigna. [22]Fa gny
sorasy masy nagnagadra gny raha-aby ambaninigny fahota. Nanao anizay Zagnahary ba hapanatena gny
hagnavota asika amigny lalanigny finoa an'i Jesosy Kristy.[23]Dra talohanigny nahavianigny finoa, isika dra nitana
ho babo tao amininigny lalana, nigandra mandra-pisehonigny finoa. [24]Ko avy eo gny lalana dra lasa piamby asika
mandra-piavian'i Kristy, ba ho voamary amigny finoa isika. [25]Fa izao dra avy zay finoa zay, dra sy eo ambaninigny
piamby sasy isika. [26]Fa handrareo aby dra zanan'Agnahary eo amigny finoa an'i Kristy Jesosy.[27]Fa maro
amindrareo ze natao Batisa tao amin'i Kristy, gny nitakasy an'i Kristy. [28]Dra sy misy sasy na Jiosy na Grika, na
andevo na olon'afaky, na lahy na vavy, fa raiky avo handrareo ao amin'i Kristy. [29]Gny an'i Kristy handrareo, dra
taranak'i Abrahama, vo pandova araky gny fapanatena handrareo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 4

[1]Mizaka zaho fa gny pandova, gny bo zaza izy, dra sy hafa amigny andevo, na dre toponigny raha aby aza. [2]Kanefa
izy dra eo ambany fifehezan'ireo piamby vo reo pitahiry raha sarobily mandra-pahavianigny daty ze napetrany
gny babany.[3]Manahaky anizay avo koa, tamy isika bo ny zaza, dra nandevozin'ireo lalana fisipi-pianaran'izao
totolo izao. [4]Fa gny fa avy gny fahafenoanigny fotoa, dra nandefa gny Zanany Zagnahary, ze nateran-apela,
nateraky tao ambaninigny lalana. [5]Nanao anizay Izy ba hagnavota reo ze ambaninigny lalana, ba hahafatarasika
mitakasy gny fanangana ho zanaky.[6]Dra akory zanaky handrareo, dra nirahin'Agnahary ho ao aposika gny
Fagnahinigny Zanany, ze mitoka ho: "Aba, ray." [7]Noho izay sy andevo, fa zanaky, dra gny raha zanaky, dra
pandova amigny alalan'Agnahary avo koa hanao.[8]Fa tamizay fotoa zay, handrareo bo sy nahay an'Agnahary, dra
natao ho andevon'ireo zay, amigny hery voazagnahary, dra sy zagnahary velively. [9]Fa amizao handrareo dra lasa
nahay an'Agnahary, na koa hoe fatan'Agnahary handrareo, dra akory gny heverindrareo amigny abidim-penara
malemy vo sy misy dikany? Te ho andevozy ndraiky ra handrareo?[10]Mandiniky reo andro vo reo vola vo gny
vani-potoa vo gny tao handrareo! [11]Matahosy gny amindrareo zaho fa soa dra ho zava-poa gny asako teo
amindrareo.[12]Mengavy andrareo zaho, ry rahalahy, manova manahaky anahy, akory zaho avo koa dra fa lasa
manahaky andrareo. Sy nanao rasy taminahy handrareo. [13]Kanefa fatandrareo fa noho gny aretim-batako gny
nignambarako andrareo gny filazasara tamigny volohany. [14]Na dre ninday andrareo tamigny faka-panahy aza gny
toe-batako, dra sy nanao sinosino na nagniliky anahy handrareo. Fa niresindrareo manahaky gny ho
azelin'Agnahary koa zaho, manahaky gny hoe zaho mihisy gny Kristy Jesosy.[15]Eza, noho izay, gny
fahasoavandrareo amizao? Fa mizoro vavolombelo amindrareo zaho fa raha azondrareo atao, dra nalandrareo
gny masondrareo vo namendrareo anahy zay. [16]Dra noho izay, fa lasa fahavalondrareo ra zaho akory mizaka
amindrareo gny mary?[17]Ereo dra mazoto gny hitao andrareo, fa sy amigny sao. Te hagnily andrareo agny ivelany
ereo, ba hanagnandrareo zoto-po ho anereo. [18]Soa avo gny mana zoto-po amigny tazo soa, dra sy gny fa miaraky
amindrareo avo zaho.[19]Ry zanako, bo mizaly amigny fahararianigny fiteraha ho andrareo ndraiky zaho mandra-
piforon'i Kristy ao amindrareo. [20]Magniry zaho ba ho afaky miaraky amindrareo amizao dra hagnova gny feoko,
akory sahira-say noho gny amindrareo zaho.[21]Zakao aminahy, handrareo ze magniry gny ho eo ambaninigny
lalana, moa sy miteno gny lalana ra handrareo? [22]Akory voasorasy fa i Abrahama dra nanagnanaky rolahy, gny
raiky boaky amigny andevo dra gny raiky boaky amigny apela hafa. [23]Fa gny raiky dra nateraky gny andevo apela
araky gny nofo, fa gny raiky koa dra nateraky gny apela tamigny zaka fapanatena.[24]Reo raha reo dra azo resy
manahaky gny fagnohara, akory reo apela reo dra magnambara fagneke ro. GNy raiky amin'ereo dra boaky
amigny tendrombohis'i Sinay dra niteraky zaza andevo izy. Izy io dra i Hagara. [25]Dra i Hagara dra maneho gny
tendrombohis'i Sinay agny Arabia; dra maneho an'i Jerosalema amizao fotoa zao, akory andevozy niaraky
tamireo zanany izy.[26]Fa i Jerosalema ze agny ambony dra afaky, dra izy gny renisika. [27]Akory voasorasy ho:
"Mifalia, hanao ry momba ze sy miteraky. Mitokatokava fatrasy dra manova avo koa fifalia, hanao ze sy mizaly
amigny fahararianigny fiteraha. akory gny zanaky gny apela ze nafoy dra maro noho gny an'ireo apela
manambaly."[28]Fa handrareo, ry rahalahy, manahaky an'i Isika, dra zanaky gny fapanatena. [29]Tamizay fotoa zay
gny olo ze teraky araky gny nofo dra nalaiky ze teraky araky gny fagnahy. Manahaky anizay avo koa gny amizao.
[30]Kanefa ino gny zakanigny sorasy masy? "Alefaso agny gny andevo apela vo gny zanadahiny. Fa gny
zanadahinigny andevo apela dra sy hizara lova miaraky amigny zanadahinigny apela hafa." [31]Noho izay, ry
rahalahy, sy zanaky gny andevo apela sika, fa zanaky gny apela afaky.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 5

[1]Ho amigny fahafaha gny nagnafahan'i Kristy asika. Mioregna soa, noho izay, ka mety ho ao ambaninigny ziogany
fanandevoza ndraiky. [2]Ingo, izaho, Paoly, mizaka amindrareo fa raha mamela gny vatandrareo ho tapahy
handrareo, dra sy hahasoa andrareo amigny fomba aby Kristy.[3]Mizoro vavolombelo amigny olo sirairay ze
mamela gny vatany ho voatapaky ndraiky zaho fa voatery hagnaraky gny lalana aby izy. [4]Tafasaraky tamin'i
Kristy handrareo, ze te ho hamarigny amigny lalana; dra sy maisy fahasoava sasy handrareo.[5]Fa amigny
alalanigny Fagnahy, amigny finoa, gny handignisasika fatrasy gny fanatena gny fahamarigna. [6]Ao amin'i Kristy
Jesosy dra sy midika na ino na ino na votapaky na sy voatapaky, fa gny finoa miasa amigny fitiava avo. [7]Fa
nihazakazaky soa handrareo. Iza gny nisaka andrareo amigny fakatoava gny mary? [8]Zay fandresen-dahasy zay
dra sy avy amigny nitokava andrareo.[9]Lalivay gny mapitombo gny koba aby. [10]Fa matoky gny Topo zaho fa sy
hitakasy fomba fizery hafahafa handrareo. Fa gny raiky ze mapikorota andrareo gny hagnefa gny sazy, na iza na
iza.[11]Ry rahalahy, raha bo mitory gny amigny fanapaha zaho, nagnino zaho gny bo hezehy? Amizay dra ho afaky
gny fahatafitoignanigny hazo fizalia. [12]Fa ho anireo ze magnakorota andrareo, enga anie dra hanapaky gny
vatany ereo![13]Fa tonoka ho amigny fahafaha handrareo, ry rahalahy. Nefa ka apesa ho iriky amigny nofo gny
fahafahandrareo; fa amigny alalanigny fitiava dra tateraky ao amigny alalanigny fitiava dra mifanopoa. [14]Fa gny
lalan'aby dra tateraky ao amigny lily raiky; ao amigny ho: "Sy maisy mitia gny namanao ho: "Sy maisy mitia gny
namanao manahaky gny vatanao hanao." [15]Fa gny mifanifasy vo gny mifapihina handrareo, dra mitandrema soa
hifandringa.[16]Fa hoy zaho, mandehana araky gny Fagnahy dra sy hahatateraky ze filanigny nofo handrareo. [17]Fa
manohisy gny Fagnahy gny filanigny nofo gny fagnirianigny Fagnahy. Fa mifanohisy reo, ba sy hahafahandrareo
manao ze raha tiandrareo. [18]Fa raha tarihinigny Fagnahy handrareo dra sy ho ambaninigny lalana.[19]Amizao dra
miharihary gny asanigny filanigny nofo: Fizangazanga, fahalotoa, fizezozezoa, [20]fanopoa-sapy, fagnosavia,
fakahala, fifandira, fahasarota-piaro, fifandrafia, fizarazara, [21]felogna, fahamamoa, fagnakorotagna, vo gny raha
mitovy amizay. Mapitandry andrareo zaho, manahaky gny fa napitandremako andrareo taloha, fa sy handova
gny fazakan'Agnahary reo ze mapihasy reo raha reo.[22]Fa gny vokasy gny Fagnahy dra fitiava, fifalia, fedagna,
hasoa-fagnahy, fanova-soa, finoa, [23]fahaleme-pagnahy, dra fahafeheza-tegna; sy misy lalana manohisy raha
manahaky anizay. [24]Reo ze an'i Kristy Jesosy dra fa nanombo gny toetra feno fahota niaraky tamigny fahafinareta
vo gny filany.[25]Raha miay amigny Fagnahy isika, aoky handeha amigny Fagnahy avokoa. [26]Aoky isika sy ho lasa
pieboebo, mifandragnisy, dra mifapialo.

Chapter 6

[1]Ry rahalahy, gny misy olo azonigny ota, handrareo ze ara-pagnahy gny tokony hagnery anazy ndraiky amigny
fahamo-rapagnahy. Mihevisy gny vatanao, ba sy ho hala-pagnahy koa hanao. [2]Mifapandesa gny mavesasy, dra
amizay dra tateraho gny lalan'i Kristy.[3]Fa gny misy olo mihevisy gny vatany ho aindraha kanefa sinosino, dra
mamitaky gny vatany izy. [4]Tokony handiniky gny asany aby gny sirairay, ba ho amigny vatany avo koa gny atony
hireharehany fa sy amigny olo-kafa. [5]Fa samby hinday gny vatany aby gny olo sirairay.[6]Gny olo ze napenary gny
zaka dra sy maisy mizara gny raha soa aby amize mapianasy. [7]Ka mety ho fitahy, fa ze ambolenigny olon'aby, gny
ho zizany koa. Ho anize mamboly voa amigny toetrany feno fahota, dra boaky amizay gny hiziza fahasola. [8]Ze
mamboly voa amigny Fagnahy, amigny fagnahy gny hizizany gny fiegna mandrakizay.[9]Aoky sika ba sy ho reraky
amigny fanova-soa, fa hiziza gny vokasy isika amigny fotoa mety, raha sy milavo lefo sika. [10]Noho izay, akory
mana fahafaha isika, dra aoky hanao gny soa amigny olon'aby, indrindra fa amigny fianakavianigny finoa.[11]Atio
gny halahibenigny sorasy ze nisoratinigny tagnako ho andrareo. [12]Reo ze te hiseho ho soa ao amigny nofo gny
miezaky manery andrareo ba hotapahy. Manao anizay ereo ba hiala amigny fagnezeha nohonigny amigny
hazofizalian'i Kristy. [13]Na reo ze sy voatapaky aza dra sy mitandry gny lala, nefa tian'ereo hotapahy handrareo ba
hireharehan'ereo amigny nofondrareo.[14]Nefa sy hirehareha na ombia na ombia afa-sy gny amigny hazofizalian'i
Jososy Kristy Toposika anie zaho, ze nanomboa anizao totolo zao teo aminahy, dra izaho koa teo amizao totolo
izao. [15]Fa gny fanapaha na gny sy fanapaha dra samby sy misy dikany, fa gny fiegnam-baovao gny misy dikany.
[16]Ho anigny ze miay araky anizay fomba zay , dra ho amin'ereo anie gny fedagna vo gny famindra-po, na amigny
Israelin'Agnahary aza.[17]Manomboky amizao dra aoky sy hosy hagnadala anahy, fa minday reo marik'i Jesosy eo
amigny vatako zaho. [18]Ho amigny fagnahindrareo anie gny fahasoavan'i Jesosy Kristy Toposika, ry rahalahy.
Amena.

# Ephesians

Chapter 1

[1]Paoly, apostolin'i Kristy Jesosy araky gny sitrapon'Agnahary, ho an'ireo olo manin'Agnahary agny Efesosy, ze
matoky ao amin'i Kristy Jesosy. [2][Fagnamariha: Misy fandika ilany manglaky gny ho: "Ao Efesosy" Fe seky mety ao
amigny taratasin'i Paoly tamigny volohany zay.] Ho amindrareo gny fahasoava vo gny fedagna
boak'amin'Agnahary raisika vo i Jesosy Kristy Topo.[3]Dera anie gny Zagnahary vo Rain'i Jesosy Kristy Toposika, ze
nitahy asika tao amin'i Kristy tamigny fitahiapagnahy aby boak'agny an-dagnisy ao amin'i Kristy. [4]Zagnahary
nifily asika tao aminazy hatramigny fiatombohan'izao totolo izao, ba ho masy vo sy mana-signy eo agnatrehany
isika.[5]Zagnahary dra nisafidy asika meloha ho amigny fanangana ho zanaky tamigny alalan'i Jesosy Kristy, araky
gny sitrapony. [6]Gny fanangana asika dra minday amigny fidera gny fahasoavany be voninahisy ze nameny asika
maimaipoana tao amigny raiky ze tiany.[7]Ao amin'i Jesosy Kristy dra mahazo fagnavota amigny liony vo gny
famela-keloky isika, araky gny hare-pahasoavany. [8]Narosany tamisika tamigny fahendrena vo fahalala aby zay
fahasoava zay.[9]Nataon'Agnahary fatasy tamisika gny raha mivony sitrapony, araky ze tiany, vo ze nasehony tao
amin'i Kristy, [10]nindray tamigny fandahara raiky amigny fahafenoanigny fotoa, hamoria gny raha aby, eto atany
vo gny agny an-dagnisy, ho loha raiky, na Kristy aza,[11]Ao amin'i Kristy dra voatendry ho pandova isika. Nifiliny
meloha araky fandaharanigny mapiasa gny raha aby araky gny tazonigny sitrapony isika. [12]Zagnahary nanendry
asika ho pandova ba hosika gny mana fahatokisa volohany ao amin'i Kristy, ba ho fidera gny voninahiny isika.
[13]Tao ain'i Kristy, handrareo koa, gny fa nahare gny zakanigny fahamarigna, dra gny filazasaranigny famozena
handrareo, dra nino anazy handrareo dra voatoboky tamigny fagnahy masy napanatenany, [14]ze atoky ho anigny
lovasika madra-pahazoasika tateraky anizay, ho fidera gny voninahiny.[15]Noho izay atony zay, hatramigny
naharezako gny finoandrareo gny Topo Jesosy dra gny fitiavandrareo reo olo-masin'aby, [16]dra sy nisahasy gny
nisaotra an'Agnahary zaho noho gny amindrareo dra saroako am-bavaky handrareo[17]Mivavaky zaho ba gny
Zagnaharin'i Jesosy Kristy Toposika, gny Ranigny voninahisy, hagnome andrareo gny fagnahinigny fahendrena
vo fagnambara amigny fahalala anazy. [18]Mivavaky zaho ba hagnazava gny masonigny fondrareo, ba
hahafatarandrareo gny toky ze nitokavany andrareo vo gny herinigny voninahisy gny lovany eo amireo olo-
masin'Agnahary aby.[19]Ao amigny fivavako dra mangataky zaho ba hahafatarandrareo gny fihoaranigny
halahibenigny heriny ao amisika ze mino, araky gny lolonigny heriny lahibe. [20]Zay hery zay avo koa gny
napesan'Agnahary tao amin'i Kristy gny fa nasangany tamigny maty Izy dra natobiny teo atagnany akavana tagny
andagnisy. [21]Kristy dra natobiny ho amboninigny lalana vo gny fahefa vo gny hery vo fisara, dra gny agnaran'aby

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

ze misy. Hanapaky Kristy, sy ho amizao vani-potoa zao avo, fa ho amigny vani-potoa ho avy koa.
22 Napetran'Agnahary ho ao ambaninigny tombok'i Kristy avokoa gny raha aby dra natolony ho lohanigny raha
aby ao amigny fengona izy. 23 Gny fengona gny vatany, gny fahafenonigny mameno gny raha aby amigny endriny
aby.

 

Chapter 2

[1]Dra gny momba andrareo, dra maty tao agnatinigny fahadisoandrareo vo gny fahotandrareo handrareo. [2]Tao
amireo fahadisoa reo gny niegnandrareo taloha araky gny fomban'izao totolo izao. Niay araky gny panapaky reo
fagnahy ze miasa ao amireo zanaky gny sy fakatoava. [3]Niay teo amireo olo reo avokoa isika taloha, nagnatateraky
reo filan-drasinigny nofosiika, dra nagnatateraky gny fagnirianigny nofo vo gny sainy. Fa voahary ho zanaky gny
fahasiaha, manahaky gny zanak'olombelo sisa isika.[4]Feseky manandraha famindra-po Zagnahary noho gny
fitiava lahibe ze nitiavany asika. [5]Tamisika bo maty tao agnatinigny fahadisoa, dra nivelominy niaraky tamin'i
Kristy _ tamigny fahasoava gny namozeny andrareo. [6]Niara-nametraky tao an-dagnisy ao amin'i Kristy Jesosy, [7]ba
afahany maneho asika amigny vani-potoa ho avy gny halahinenigny hareny fahasoavany ze sy azo refesy aseho
amigny hasoa fagnahiny amisika ao amin'i Kristy Jesosy.[8]Fa tamigny fahasoava gny namoze andrareo tamigny
alalanigny finoa, dra sy avy amindrareo zay, fa fagnomezan'Agnahary. [9]Sy avy amigny asa gny fahasoava ba sy
hisy hirehareha. [10]Fa asan'Agnahary isika, niforogny tao amin'i Kristy Jesosy ba hanao asa ze
fandaharan'Agnahary fa ela ho asika, ba handehanasika ao amireo.[11]Noho izay tadidio fa Jentlisa tao amigny nofo
handrareo taloha. Handrareo dra natao ho: "Sy voatapaky" eo amireo ze atao ho: "voatapaky" ao amigny nofo
nataonigny tagnan'olombelo. [12]Akory bo tafasaraky tamin'i Kristy handrareo tamizay fotoa zay. Pivahiny
handrareo teo amigny vahoakigny Israely. Dra vahiny tamigny fagnekenigny fapanatena handrareo. Sy bo nana
fanatena gny amigny ho avy handrareo. Sy nindray tamin'Agnahary handrareo teto amizao totolo izao.[13]Fa
amizao ao amin'i Kristy Jesosy handrareo ze lavisy an'Agnahary taloha dra napagnarinizy tamigny lion'i Kristy.
[14]Akory Izy gny fivavahasika. Izy gny nahavy gny ro ho raiky. Tamigny nofony gny nandrodagnany gny
rindrinigny fanohera ze napizarazara asika. [15]Izay zany gny nagnafoagnany gny lalananigny lily vo gny fisipiky
ba hanovany olom-bao vao raiky ao aminazy, vo ba hanovany fapihavagna. [16]Kristy dra papihava gny vahoaky ro
tota ho vata raiky amin'Agnahary amigny alalanigny hazofizalia, dra mamono gny fanohera.[17]Fa avy Jesosy dra
nitory fihavana ho andrareo ze lavisy vo fivavaha ho anireo ze mariny. [18]Fa amigny alalan'i Jesosy gny
hanagnasika ro tota fifandresa amigny Fagnahy raiky magnagny amigny Ray.[19]Noho izay, sy vahiny vo pivahiny
sasy handrareo Jentilisa zao. Fa vo maiky aza piray firenena miaraky amireo ze olo-masin'Agnahary handrareo
sady isanigny akohonan'Agnahary. [20]Fa naory teo amigny fotosy fagnoregnan'ireo apostoly vo reo paminany gny
vato fehizoro. [21]Ao aminazy gny hikamnananigny fagnoregna aby vo hitomboany manahaky gy tepoly ao amigny
Topo. [22]Ao aminazy avo koa gny hanangana andrareo ho pisy ho an'Agnahary ao amigny Fagnahy.

## Chapter 3

[1]Noho izay, zaho Paoly, dra gadran'i Kristy Jesosy ho andrareo Jentilisa. [2]Ataoko fa nahare gny fitatara gny
fahasoavan'Agnahary ze name anahy ho andrareo handrareo.[3]Manorasy araky gny fagnambara napahafatary
anahy zaho. Zay gny mary sihita momba ze nisoratiko tamindrareo. [4]Gny fa mamaky anizay handrareo, dra ho
afaky gny hahazo gny fomba fahazoako anizay mary sihita momban'i Kristy zay. [5]Tamireo taranaky hafa dra sy
natao fatasy gny zanak'olombelo zay mary zay. Fa amizao koa zay dra zinaka tamigny alalanigny fagnahy tamireo
Apostoly vo reo paminany ze voatoka ho amity asa tihoky.[6]Izay mary sita zay dra mizaka fa reo Jentlisa dra
mindray mandova, vo piara-miombo amigny vata, dra mizara gny fapanatena ao amin'i Kristy amigny alalanigny
filazasara ereo. [7]Fa lasa panopon'izay filazasara izay zaho tamigny fahasoavan'Agnahary name anahy tamigny
alalanigny fiasanigny heriny.[8]Namen'Agnahary anahy zay fagnomeza zay, na dre zaho aza gny farany masaiky
amireo olo-masin'Agnahary. Zay fagnomeza zay dra gny ba hitoriako amireo jetilisa gny filazasaranigny haren'i
Kristy saro-kasahy. [9]Gny fagnomeza-pahasoavan'Agnahary ho anahy dra gny hindesako fagnazava amigny
olon'aby gny fandaharan'Agnahary. Io fandahara io dra navonin'Agnahary, gny nahary gny raha aby, nandrisy
gny tao maro taloha.[10]Napahafatary tamigny fengona zay fandahara zay ba hahavy reo panapaky vo reo mana-
pahefa agny an-dagnisy hahay gny toetra amigny fahendren'Agnahary. [11]Nitranga araky gny fandahara
mandrakizay ze taterany tao amin'i Kristy Jesosy Toposika zay.[12]Fa ao amin'i Kristy gny anagnasika fahasakia vo
lala apahatokia nohonigny finoasika Anazy. [13]Noho izay mengavy andrareo zaho ba sy ho kivy nohonigny
fizaliako ho andrareo, ze voninahindrareo.[14]Noho izay dra mandohaliky eo agnatrehanigny Ray zah, [15]ze
nagnome andrareo gny fianakavia agny an-dagnisy aby vo eto atany. [16]Mivavaky zaho ba hagnomezany andrareo,
araky gny harenigny voninahiny, b ahatazaky amin-kery amigny alalanigny Fagnahy Masy, ze ao amindrareo.
[17]Mivavaky zaho ba hitoby ao apondrareo amigny finoa Kristy, ba hifotosy vo hiory ao amigny fitiavany
handrareo. [18]Hahazo hery anie handrareo dra ho afa-mahatakasy, miaraky amireo pino aby, gny sakany, gny
halavany, gny haabony, dra gny halaliny, [19]dra ba hahay gny fitiavan'i Kristy, ze mihoasy gny fahezan'aby, dra ba
ho fenonigny fahafenoan'Agnahary aby handrareo.[20]Dra ho anazy ze mahavita manao mihoasy ze angatahisika
aby na eriserisika, araky gny hery ze miasa ao agnatisika, [21]ho anazy gny voninahisy ao amigny fengona dra ao
amin'i Kristy Jesosy hatramigny taranaky aby mandrakizay doria. Amena.

Chapter 4

[1]Noho izay, zaho, amigny maha gadra ho anigny Topo anahy, dra mapirisiky andrareo ba handeha apamendreha
amigny aso ze nitokava andrareo. [2]Mapirisiky andrareo zaho ba hana fanetre-tegna lahibe vo fahasora dra
fahareta, mifandefisy amigny fitiava. [3]Manova ze faranigny herinao ba hitehiriza gny findresanigny fagnahy
amigny fehinigny fihavana.[4]Raiky avo gny vata dra raiky avo gny fagnahy, manahaky gny nitokava andrareo tao
amigny fanatenanigny fitokava andrareo ho raiky avoko. [5]Raiky avo koa gny Topo, raiky gny finoa, raiky gny
batisa, [6]raiky avokoa Zagnahary vo gny ranigny maro, ze agnabonigny raha aby vo amigny alalanigny raha aby
zay.[7]Isika sirairay aby dra name fahasoava araky gny habenigny fagnomezan'i Kristy. [8]Araky gny zakanigny
Sorasy Masy ho: "Gny fa niakasy tagny amigny abo Izy, dra ninday reo babo ho amigny fahababoa, dra nanolosy
fagnomeza ho anigny vahoaky Izy."[9]Ino gny hevisy gny ho: "Niakasy Izy", raha sy ho nozoso tagny amigny farisy
ambaninigny tany avo koa Izy? [10]Izy gny nizoso gny olo niakasy ambony tagny andagnisy, ba afahany mameno
gny raha aby.[11]Kristy dra nanolosy gny ilany ho apostoly, gny ilany ho paminany, gny ilany ho evazelista, dra gny
ilany ho pasitera vo papianasy. [12]Nagnome reo asa reo Izy ba hagnapia reo vahoaky masy ho amigny asa fanopoa,
amigny fagnoregna gny vatan'i Kristy. [13]Manohy magnory gny vatany Izy mandra-pahatrarasika aby gny firesa-
pinoa vo gny faheza gny Zanak'Agnahary, dra ba hahavy asika ho matosy dra ba hahatrasy gny habenigny
fahafenon'i Kristy.[14]Magnory asika Kristy ba sy hanahaky gny zaza ze akopakopanigny oza sasy isika, dra sy
handesin'drivosy gny fapenara vo gny hafesen'ireo olo amigny tetiky feno fitaky. [15]Fa isika koa, amigny filaza gny
fahamarigna amigny fitiava, dra tokony hitombo amigny fomba aby ao amin'Izy ze loha, zany ho, Kristy. [16]Kristy
dra mananga gny zaka aby, dra nakambany vo natambany tamigny isatognony zay, vo gny fa miasa miaraky reo,
dra mahavy gny vatany hitombo ba hapiory gny vatany amigny fitiava.[17]Noho izay, dra mizaka vo manindry
fatrasy anizay ao amigny Topo zaho, ba sy hiay manahaky gny Jentilisa sasy handrareo, amigny fahafoagnanigny
fisaignan'ereo. [18]Mezy gny fahezan'ereo, tafasaraky amigny fiaignan'Agnahary nohonigny sy faheza ao amin'ereo,
nohonigny fahamafisa-pon'ereo. [19]Sy mahay megnasy ereo vo manolosy gny vatan'ereo ho amigny filanigny nofo,
dra manohy manao anizao karaza-pahalotoa aby zao.[20]Fa sy zay gny fomba niegnandrareo gny momban'i Kristy.
[21]Inoako fa nahare gny momba Anazy handrareo, dra napenariny taminazy ao, akory gny fahamarigna dra ao
amin'i Jesosy. [22]Napenariny handrareo ba hagnary gny fomba fiegnandrareo taloha, ba hagnary toera taloha. Gny
toetra taloha ze sola nohonigny fitaky gny filany.[23]Napenary handrareo ba hihavao ao amigny fanahinigny
saindrareo, [24]vo hekazo gny olom-baovao ze nihareny araky gny endrin'Agnahary _ ao amigny tena fahamarigna
vo fahasigna.[25]Noho izay, elao gny vandy, dra aoky gny sirairay amindrareo hifapizaka gny mary amigny namany,
akory samy isanigny rasanigny maro isiky. [26]Miteza fa za manota. Ka anga ho trasinigny masoandro moly gny
fahasiahanao. [27]Ka magnome hiriky ho anigny devoly.[28]Ze nangalasy dra sy tokony hangalasy sasy koa. Sy maisy
miasa izy, manao asa soa amigny tagnany, ba hanagnany raha ho zara ho anireo ao agnatinigny sy fahapia. [29]Ka
anga hisy zaka maloto hiboaky boaky amigny vavandrareo. Mapesa zaka ze taliavy amigny fondrareo gny hafa,
araky ze taliavin'ereo, ba tena hagnapy reo ze miteno andrareo gny zakandrareo. [30]Dra ka mapalahelo gny
Fagnahy Masin'Agnahary, fa avy aminazy gny nanova tombo-kase andrareo ho amigny andronigny fagnavota.
[31]Ialao gny olo-po aby, haromota, gny fahasiahа, gny fifamalia, vo gny fifapzan-drasy, miaraky amireo karazan'asa
rasy aby. [32]Managna fahaleme-pagnahy amigny sirairay aby, fahasora-po, mifamela heloky, manahaky gny
namelan'Agnahary andrareo tao amin'i Kristy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 5

[1]Noho izay aoky ba ho pangalatahaky an'Agnahary, manahaky gny zanaky malala. [2]Dra mandehana amigny
fitiava, araky gny nitiavan'i Kristy asika avo koa vo nagnomeza gny vatany ho asika, fagnatisy mani-pofo vo soro
ho an'Agnahary.[3]Fa sy tokony hisy na dre zaka fizangazanga na kara fahalotoa na sy fahonogna-tegna aza eo
amindrareo, fa sy mendriky gny olo-masin'Agnahary reo. [4]Aoky sy hisy mamoafaly, resaky adaladala, vo
hanihany tafahoasy_fa sy mendriky gny amireo aby. Fa tokony hisy fakasitraha.[5]Fa afaky mahazo atoky gny
amizao handrareo, fa sy hisy pizangazanga, maloto, na gny piery, zany hoe, panopo sapy_mana lova ao amigny
fazakan'i Kristy vo Zagnahary. [6]Aoky sy hisy hamitaky andrareo amigny zaka tena foa, akory noho reo raha reo
dra avy amigny zanaky gny sy fakatoava gny hasiahan'Agnahary amin'ereo.[8]Fa mezy handrareo faela, fa izao
handrareo dra fahazava ao amigny Topo. Mandehana manahaky gny zanaky gny mazava, [9](fa gny vokasy gny
fahazava dra ao amigny fahasoavan'aby, fahisia, vo fahamarigna). [10]Dra taliavo ze mahasoa gny Topo. [11]Ka
mikamba amireo asa sy mamokasy gny mezy, fa apiharihario koa reo. [12]Fa mahamegnasy na dre gny
manognonogno reo raha ataon'ereo agny amigny mivony aza.[13]Fa gny fa hazavanigny fahazava gny raha raiky,
dra lasa miharihary. [14]Fa gny raha aby ze miharihary dra fahazava. Noho izay dra voalaza ho: "Mifohaza, hanao
mandry, dra misangana amigny toeranigny maty, dra hamirasy aminao Kristy."[15]Mitandrema amigny fomba
fiegnanao _sy manahaky gny sy hendry fa manahaky gny hendry. [16]Araroty gny fotoa akory izao andro izao dra
rasy. [17]Noho izay, ka medaladala, fa takaro ho ino gny sitraponigny Topo.[18]Dra ka manao mamonigny divay, fa
mindesa agny amigny fahasola-totra anizay. Fa aoky ho fenonigny Fagnahy Masy, [19]mifapizaka amindrareo dra
hira-pagnahy, mihira dra mikaloa amigny Topo amigny fondrareo aby. [20]Misora mandrakariva amigny raha aby,
amigny agnaran'i Jesosy Kristy Toposika ho an'Agnahary gny Ray, [21]mifanolora tegna ami-pagnaza ho an'i Kristy.
[22]Ry apela, magneke gny valindrareo, manahaky gny amigny Topo. [23]Fa gny lelahy gny lohanigny vavy manahaky
an'i Kristy koa lohanigny fengona, dra Kristy vatany gny pamozy. [24]Fa manahaky gny hagnekenigny fengona an'i
Kristy, dra manahaky anizay koa gny tokony hagnekenigny apela gny valiny amigny raha aby.[25]Ry telahy, tiavo
gny valindrareo, manahaky gny nitiavan'i Kristy gny fengona vo nagnomezany anazy gny ainy. [26]Nanolosy gny
vatany ho anigny fengona Kristy ba afahany magnamasy anazy, tamigny fagnadiova anazy tamigny rano fanasa
amigny zaka, [27]ba afahany maneho anazy ho be voninahisy eo aminazy, sy misy pety na ketro na raha manahaky
anizay, fa masy sady sy misy diso.[28]Manahaky anizay avo koa gny lelahy dra tokony ho tia gny valin'ereo
manahaky gny vatan'ereo. Ze tia gny valiny dra tia gny vatany avokoa. [29]Sy bo nisy mikarakara gny vatany, fa
mamaha vo mikarakara anizay soa, manahaky an'i Kristy mamaha gny fengona vo mikarakara anazy avo koa,
[30]akory isika dra rasam-batany.[31]Noho izay atony zay gny lelahy dra handoa gny ray vo gny reniny dra hikamba
amigny valiny, dra izy ro dra ho lasa nofo raiky avo." [32]Lahibe zay fahamarigna sihita zay_ fa izaho dra mizaka
momban'i Kristy vo gny fengona. [33]Kanefa, gny sirairay amindrareo avo koa dra tokony ho tia gny valiny
manahaky gny vatany, dra gny apela tokony hagnaza gny valiny koa.

Chapter 6

[1]Ry zanaky, magneke gny ray aman-dreninao ao amigny Topo, akory mety zay. [2]"Hazao gny rainao vo gny
reninao" (Izay gny lily volohany misy fapanatena), [3]"ba hahita soa handrareo vo ba ho lava andro iegna eto
amboniny tany."[4]Handrareo ray, ka minday gny zanandrareo. Fa tezao amigny fisipiky vo reo fapenaranigny Topo
ereo.[5]Ry panopo, makatoava gny topondrareo eto atany amigny haza ambony vo fatahory, amigny fahasoranigny
fondrareo. [6]Makatoava sy eo amasonigny topondrareo avo ba hakasitrahan'ereo. Fa makatoava manahaky gny
panopon'i Kristy, ze manao gny sitrak;Agnahary amigny fondrareo manotolo. [7]Manopoa amigny fonadrareo
manotolo, manahaky gny ho manopo gny Topo handrareo fa sy olo, [8]akory farasika fa na ino na inoasa soa vali-
pitia boak'amigny, dra hitakasy vali-pitia boaky amigny Topo izy, na andevo izy na olon'afaky.[9]Handrareo Topo,
manova manahaky reo raha reo avo koa amigny panopondrareo. Ka mapihorohoro anereo. Fataro fa Izy ze sady
Topondrareo gny Topon'ereo dra gany andagnisy, vo sy misy fengara ao aminazy.[10]Farany, mahereza ao amigny
Topo vo amigny tazaky gny heriny. [11]Itafio gny fialian'Agnahary aby, ba afahanao mizoro manohisy reo tetiky gny
devoly.[12]Fa gny andisika dra sy manohisy gny nofo vo lio. Fa manohisy gny fazaka vo gny fahefa ara-pagnahy vo
reo panapaky gny fazakanigny fahamezignan-drasy, manohisy reo fagnahy rasy agny amigny fetoeran-dagnisy.
[13]Noho zay itafio gny fialian'Agnahary aby, ba afahandrareo mizoro amizao andronigny rasy izao, dra gny fa
vitandrareo gny raha aby, dra hahatohisy handrareo.[14]Mizoro, noho izay, gny fa boaky nanao gny fehitronigny
fahamarigna vo gny ferova-trattranigny fahisia handrareo. [15]Dra manahaky gny kiraro ho anigny tombondrareo,
dra hapetaho gny fahavonogna hitory gny filazasaranigny finoa, ze afahandrareo manohisy reo zana-sipiky
mirehis'afomigny rasy.[17]Dra takaro gny fognolohanigny famozena vo gny sabasigny fagnahy, ze zakan'Agnahary.
[18]Amigny vavaky vo fangatahan'aby dra mivavaha amigny fagnahy amigny fotoan'aby. Amizay fomba fesaigna
zay, dra membena hatrany amigny faharetan'aby, raha manolosy vavaky ho anireo olo-masin'Agnahary
handrareo.[19]Dra mivavaha ho anah, ba hisy hafasy home anahy gny fa manokaky gny vavako zaho. Mivavaha ba
afahako mapahafatasy amigny fahavania gny fahamarigna sihita mombanigny filaza sara. [20]Ho anigny filaza sara
gny maha-ambasadaoro voafehy amigny gadra anahy, ba afahako mitalily anizay apahasahia, raha sy maisy hiza
azaho.[21]Tykiko, gny rahalahy malala vo panopo matoky ao amigny Topo, gny hapahafatasy andrareo gny raha
aby, ba hahezandrareo ze ataoko. [22]Nirahiko tamindrareo izy noho io tazona io, ba hahafatarandrareo reo raha
momba anay, dra ba afahany mapahery gny fondrareo[23]Fedagna ho amireo rahalahy, dra gny fitiava miaraky
amigny finoa boaky amin'Agnahary Ray vo gny Topo Jesosy Kristy. [24]Gny fahasoava anie ho amigny maro tia an'i
Jesosy Kristy Toposika amigny fitiava sy maty mandrakizay.

# Philippians

Chapter 1

[1]Paoly vo Timoty, mpanompon'i Jesosy Kristy, ho an'ireo voatoka iaby ho an'i Jesosy Kristy ze agny Filipy, miaraky
amin'ereo mpiandraikisy vo reo diakona . [2]Ho amindrareo seky gny fahasoava vo fiadana laha tamin'Agnahary
Rasika vo Jesosy Kristy Topo.[3]Misaotra gny Zagnahary zaho amin'gny fahasiarovako andrareo. [4]Ao amin'gny
fivavahako ho andrareo aby, dra amy fifalia hatrany gny anovako gny fivavahako. [5]Magnome fisora zaho
nohon'gny amy fiombonandrareo amin'gny filazasara nanomboky tamin'gny andro volohany dra hatramin'izao.
[6]Mahatoky an'izao raha zao zaho, fa Izy ze nanomboky asa soa tamindrareo dra hanohy hagnatateraky anizay
hatramin'gny andron'i Jesosy kristy.[7]Fa soa aminahy gny mahasapa manahaky anizay gny amin'gny momba
andrareo aby satria ato am-poko andrareo. Andrareo aby dra mpiara-miasa taminahy tamy fahasoava na tamy
figadrako vo tamy fiarovako na koa tamin'gny fagnamafisa gny filazasara. [8]Fa Zagnahary gny vavolombeloko, fa
many andrareo fatrasy zaho amin'gny famindram-pon'i Kristy Jesosy.[9]Dra zaho mivavaky an'izao : ba hitombo
hatrany hatrany gny fitiavandrareo amin'gny fahalala vo amin'gny fahazava-say aby. [10]Mivavaky ho an'izay zaho
ba haneky ze soa dra soa andrareo, ba ho so-po vo sy misy signy amin'gny andron'i Kristy. [11]Mivavaky zaho ba ho
fenon'gny vokasy gny fahamarina ze avy amin'i Jesosy Lristy andrareo, ho voninahisy vo fidera an'Agnahary.[12]Dra
tiako ho fatasindrareo, ry rahalahy, fa reo raha ze nisy taminahy dra niasa ho amin'gny fampandrosoa gny
filazasara vatany. [13]Voakasin'izay , nifaheko ao amin'i Kristy dra niharihary mazava nanera reo mpiamby lapa
iaby vo reo olo hafa. [14]Gny akamaroan'ereo rahalahy dra mana toky lahibe ao amin'gny Topo noho gny fehiko, dra
mahavany magnambara sy matahosy gny zaka ereo.[15]Gn'ilany avo dra mandry an'i Kristy amin'gny fialona vo
fifagnakania tokoa, dra reo hafa koa amin'gny sitrapo soa. [16]Tahoky farany dra manao anizay amin'gny fitiava,
mahafatasy fa zaho dra napetraky eto ho fiarova gny filazasara. [17]Fa gny volohany dra mitory an'i Kristy amin'gny

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

fitiava-tegna, fa sy so-po. Izy anio dra mihevisy fa hanakorota anahy raha bo ao amin'gny fifehezako zaho.[18]Ino zay? Amin'gny fomba iaby, dre amin'gny fihasaram-belasihy dre amin'gny fahamarina , Kristy gny tory, dra mifaly gny amin'izay zaho. Eka ho faly zaho, [19]fa fatako fa zay dra hiafara amin'gny fanafaha anahy amin'gny alalan'ereo vavakindrareo vo gny fagnampian'gny Fanahin'i Jesosy Kristy.[20]Zay dra araky gny fiambenako fatrasy vo gny atoky fa zaho dra sy ho megnasy mihisy, dra bo amin'gny fahasahia aby avo,amizao tahaky gny hatrizay , dra hisandrasy ato amin'gny vatako Kristy, na amin'gny fiaigna na amy fahafatesa. [21]Ho anahy gny ho miay dra Kristy dra gny ho maty dra tombony.[22]Fa raha miay amin'gny nofo zaho, dra midika asa mahavokasy ho anahy zay. Kanefa ino gny ho filiko? Sy fatako. [23]Fa voatery fatrasy eo agnelagnelan'izy ro zaho. Gny fagniriako dra gny handeha dra hiaraky amin'i Kristy, ze soa lavisy , [24]kanefa gny mitoesy ao amin'gny nofo dra taliavy noho andrareo.[25]Resy lahasy gny amin'izay, dra fatako fa hitoesy vo hanohy hiaraky amindrareo aby zaho,ho agny fandrosoandrareo vo fifalia ao amin'gny finoa. [26]Ba ho ao aminahy dra hana atony hirehareha ao amin'i Kristy Jesosy andrareo gny fa mihery agny amindrareo draiky zaho. [27]Mindesa vata amin'gny fomba mendriky gny filazasara an'i Kristy ,dra avy hagnety andrareo zaho sre sy eo, dra afaky gny hahare momba andrareo, fa misangana fatrasy amin'gny fanahy raiky andrareo, amin'gny say raiky miara-miezaky ho agny finoa gny filazasara.[28]Dra ka mety ampitahorin'ereo ze fahavalondrareo. Mariky gny fahatorotoran'ereo zay,fa mariky gny famozendrareo koa-dra zay dra laha tamin'Agnahary. [29]Fa nome andrareo zay,ho an'i Kristy , sy ho ba hinoa Anazy avo,fa hizalia ho Anazy koa, [30]fa andrareo dra mana aly mitovy amin'izay hitandrareo taminahy,dra ze renao aminahy amizao.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 2

[1]Raha misy fampahereza ao amin'i Kristy, raha misy fampionona laha tamin'gny fitiavany, raha misy firaisa ao
amin'gny Fanahy, raha misy famindram-po lahibe vo fiatra,[2]dra atovy feno gny fifaliako amin'gny fisaina tahaky
anizay, amin'gny fanagna fitiava mitovy, amin'gny firaisana am-panahy , dra amin'gny fanagna tazo mitovy.[3]Ka
manao dre ino dre ino amin'gny fitiava-tegna na fagnabonia tegna avo. Fa amin'gny fanetre-tegna koa dra
mihevera gny hafa mihoasy gny vatandrareo. [4]Tokony sy hitalia ze mahasoa gny vatandrareo avo gny kirairaiky ,
fa ze mahasoa gny hafa avo koa.[5]Mihevera tahaky gny fisaina ze tao amin'i Kristy Jesosy avo koa. [6]Fa nisy araky
gny endrik'Agnahary Izy,fa sy nihevisy anizay fitoviany amin'Agnahary zay ho raha hipitiany Izy. [7]Gny mifanohisy
amin'izay, niravany gny vatany. Nangalaky gny endriky gny mpanompo Izy. Dra niseho ho tahaky gny olombelo
Izy. Dra hita nitovy tamin'olombelo Izy. [8]Nanetry vata Izy dra avy mpakato hatramin'gny fahafatesa , dra gny
fahafatesan'gny hazofizalia![9]Noho zay dra nasandrasin'Agnahary agn'abo dra agn'abo avo koa Izy. Nomeny gny
agnara ze agn'abonin'gny agnara iaby Izy. [10]Nataony zay ba ho amin'gny Agnahan'i Jesosy gny handohalihan'gny
lohaliky aby, gny lohalik'ereo ze agny an-dagnisy vo etiho an-tany dra agny ambany tany. [11]Nataony zay
haneken'gny lela aby fa i Jesosy Kristy gny Topo, ho voninahisin'Agnahary Ray.[12]Noho zay,ry malalako, tahaky gny
akatoavindrareo hatragny, sy eo amin'gny fanatrehako avo fa mihoasy lavisy avo amizao gny fa sy eo zaho,dra
asehoy amin'gny tahosy vo mangitikitiky gny famozena andrareo. [13]Satria Zagnahary gny miasa ao amindrareo
ba ho vono-kanao gny sady hiasa ho agny fifaliany andrareo.[14]atovy sy am-pitaray na fiadia-hevisy gny raha aby.
[15]Manova manahaky anizay ba ho avy zanak'Agnahary sy misy signy mary, sy misy handrany andrareo. Miasa
manahaky anizay ba hamirapiratandrareo tahaky gny fahazava eo amin'izao totolo zao, eo agnevon'gny taranaky
ory sady maheriloha .[16]Mipitiha fatrasy aminin'gny Zakan'gny fiaigna ba hanagnako atony hirehareha amin'gny
androan'i Kristy . Fa amin'izay dra ho fatako fa s levo maiky gny nilomesako dra sy levo maiky gny niasako.[17]Fa
dre ahizoso ho fagnatisy eo amin'gny soro vo fanompom-pinoa avo zaho, dra mifaly zaho, dra miara-mifaly
amindrareo aby zaho. [18]Dra tahaky anizay koa gny hifaliandrareo, dra miara-mifaly aminahy andrareo.[19]Fa
manatena ao amin'i Topo Jesosy zaho fa handeha an'i Timoty agny amindrareo malaky, ba hahery avo koa zaho
gny fa fatako gny raha momba andrareo.[20]Fa sy mana olo hafa mitovy toe-say aminazy zaho, ze tena magnahy
gny amindrareo. [21]Fa izy aby dra mitalia gny tombosoany, fa sy gny rahan'i Jesosy kristy.[22]Fa fatasindrareo gny
Fahamendrehany, satria tahaky gny zaza manompo gny rany, gny nanompoany niaraky taminahy tao amin'gny
filazasara. [23]Dra manatena gny handefa anazy zaho raha vao hitako ho manao akory gny fandeha-draha atiho
aminahy. [24]Fa matoky gny Topo zaho fa ho laha tagny malaky koa gny vatako.[25]Fa mieritserisy zaho fa taliavy avo
koa gny mampihery an'i Epafrodito agny amindrareo. Ralahiko izy vo mpiara-miasa gny mpiara-mialy, sady
minday hafasinereo izy gny mpanompo amin'izay taliaviko. [26]Fa tra-pahoria fatrasy izy, dra many gny hiaraky
tamindrareo aby izy, satria rendrareo fa narary izy. [27]Fa tena narary izy dra fa saiky maty. Fa namindra fo
taminazy Zagnahary, dra sy taminazy raiky, fa taminahy koa, ba sy hanagnako alahelo agn'abon'gny alahelo.[28]Dra
amim-paharisiha lahibe aby gny handefasako anazy, dra gny fa hahita anazy draiky andrareo dra ba hifaly dra
ho afaky koa amin'gny fanahiako . [29]Reso ao amin'gny Topo Epafrodito miaraky amin'gny fifalia aby. Hazao gny
olo tahaky anazy. [30]Fa ho agny asan'i Kristy gny nanekezany gny fahafatesa. Fa nanao vy levon'gny ay izy
hanompoa anahy ba hagnataterahany ze sy afaky nataondrareo tamin'gny fanompoa taminahy.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 3

[1]Farany, ry rahalahy, mifalia ao amin'gny Topo. Sy manahira anahy gny mamery manorasy anio raha io ho
andrareo. Reo raha reo dra hiaro andrareo. [2]Mitandrema amin'ireo amboa. Mitandrema amin'ireo mpanao rasy.
Mitandrema amin'ereo fanapahana rasa-bata. [3]Fa isika gny voafora . Dra Isika gny manompo amin'gny
Fanahin'Agnahary. Dra isika gny mirehareha ao amin'i Kristy Jesosy, dra sy matoky amin'gny nofo.[4]Dre zay avo,
Zaho vatako dra afaky matoky amin'gny nofo. Raha misy olo mihevisy fa izy dra mana fahatokisa amin'gny nofo
,afaky manao mihoasy noho zay zaho. [5]Nitapahiny tamin'gny andro fahavalo zaho, teraly tao amin'gny
vahoakin'Israely , tao amin'gny fokon'gny Benjamina, Hebreo tao amin'ereo Hebreo zaho; araky gny lalana, dra
Fariseo zaho.[6]Tamin'gny zotom-po, dra nanendriky gny fiangona zaho; Raha gny amin'gny fahamarina
ambanin'gny lalana, dra sy nanasigny zaho. [7]Fa dre ino dre ino tombony ho anahy, dra nirambesiko ho manahaky
gny fatiatoky io noho gny amin'i Kristy.[8]Raha gny zaka izy , nisafiko ho maty atoky avo koa reo taha aby noho gny
halahiben'gny fahalalana an'i Kristy Jesosy Topoko. Noho Izy dra nariako gny raha aby. Heveriko ho fako anio ba
hahazoako an'i Kristy [9]dra ho hita ao Anazy zaho. Sy mana gny fahamarina ho agny vatako laha tagnin'gny lalana
zaho. Fa dra, mana gny fahamarina ze tamin'gny alalan'gny finoa an;i Kristy zaho, fahamarina laha tamin'gny
Zagnahary ze mifotosy amin'gny finoa. [10]Dra amizao dra te hahafatasy Anazy vo gny herin'gny fisanganany
tamin'gny maty dra gny fiombona amin'ireo fizaliany zaho. Te hiova amin'gny alalan'i Kristy zaho ba hagnaraky
gny fahafatesany, [11]ba hahafahako mahasapa gny fisangana amin'gny maty.[12]Sy mary fa nandray reo raha reo
sahaly zaho, dre koa ho avy tateraky zaho. Fa miezaky zaho ba handrombahako gny nandrombahan'i Kristy
Jesosy anahy. [13]Ry rahalahy, sy mieriserisy zaho fa gny vatako dra fa nandromboky anizay. Fa misy raha raiky:
Aligniko ze agny afara dra miezaky ho an'izay eo aloha zaho. [14]Miezaky magnatrasy gny tazony zaho ba hahazo
gny lokan'gny toko laha tagny agn'abony lha tamin'Agnahary ao amin'i Kristy Jesosy.[15]Isika aby ze matosy, ao isika
hieriserisy tahaky anizay; dra raha misy eriserisindreo hafa momba raha iaby,dra ho asehon'Agnahary
amindrareo avo koa zay. [16]Kanefa, dre ino dre ino fa trasisika,ao isika hipitiky amin'izay.[17]Ao ho mpangalaky
tahaky anahy, andrareo ry rahalahy. Diniho soa reo se mandeha araky gny ohasy ze hitandrareo ao aminay.
[18]Maro reo mandeha -reo ze fa nizakako andrareo matetiky, dra amizao zaho mizaka amindrareo
amindranomaso-tahaky gny fahavalon'gny hazofizalian'i Kristy. [19]Fandringana gny fiafaran'ereo. Fa gny trony gny
zagnahariny, dra gny fireharehan'ereo dra ao amin'gny fahamenarany. Mieriserisy gny rahan'izao totolo zao ereo.
[20]Fa agny an-dagnisy gny fazakasika, ze hiambenasika Mpamozy avo koa, dra gny Topo Jesosy Kristy . [21]Izy dra
hagnova gny vatagnasika ze malemy ba ho vata manahaky gny vatany feno voninahisy, ze natao tamin'gny
herin'gny fahefany ba hampaneky gny raha iaby amin'gny vatany.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 4

[1]Noho zay,ry lahalahy malalako ze mahamany anahy, fifaliako vo satroninahiko, amin'izay dra mizoroa soa ao
amin'gny Topo, ry namako malala. [2]Miangavy an'i Eodia zaho,dra miangavy an'i Syntyke, mitovia say ao amin'gny
Topo. [3]Dra, mangataky aminao avo koa zaho, ry namako mpiray zioga: Ampio reo ampela reo. Satria ereo dra
niara-niasa taminahy tamin'gny fampieleza gny Filazasara niaraky tamin'i Klementa vo reo sisa nama mpiara-
miasa aminahy aby, ze fa ao amin'gny Bokin'gny Fiaigna gny agnaran'ereo.[4]Mifalia hatragny ao amin'gny Topo.
Hoy avo koa zaho, mifalia. [5]Angao ho fatasy gny olo gny fahasoram-pondrareo aby. Fa mariny gny Topo. [6]Ka
magnahy dre amin'ino dre amin'ino. Fa dra , amin'gny raha-iaby amin'gny alalany vavaky vo fangataha, miaraky
amin'gny fisaora, angao gny fangatahandrareo ho fatasin'Agnahary. [7]Dra gny fiadanan'Agnahary, ze mihoasy gny
fahalalana aby, hiaro gny fondrareo vo gny fisaignandrareo ao amin'i Kristy Jesosy iaby.[8]Dra farany , ry rahalahy,
dre ino dre ino mary, dre ino dre ino manakaza, dre ino dre ino ara-drariny, dre ino dre ino malio, dre ino dre ino
mahafinarisy , dre ino dre ino nizaka fa soa , raha misy dre ino dre ino tena soa, raha misy dre ino dre ino tokony
ho dera, dra mandiniha an'ereo raha reo. [9]Reo raha ze nianarandrareo vo nirambesindreo vo rendrareo dra
hitandrareo taminahy, atovy reo raha reo, dra gny Zagnahary gny fiadana hiaraky amindrareo.[10]Mifaly be
amin'gny Topo zaho satria nihavaozindreo avo amizao gny fiheverandrareo anahy. Fa nihevisy anahy tokoa
andrareo teo aloha, fa sy nisy fahafafaha ho andrareo ba hagnapy. [11]Sy mizaka anizay zaho satria ao agnatin'gny
sy fahapia. Fa nianasy gny hifaly amin'izay toe-draha -miboaky iaby zaho. [12]Fatako gny ho mahatra dra fatako koa
gny ho manam-be. Amin'gny fomba iaby vo amin'gny raha iaby dra nianasy gny siambaratelon'gny fihinanam-be
vo gny haresea zaho, dra gny ho manam-be vo gny ho ao agnatin'gny sy fahapia. [13]Afaky manao gny raha iaby
zaho amin'gny alalan'gny mapahery anahy.[14]Kanefa, andrareo nanao gny soa taminahy tamin'gny fahavaniako.
[15]Dra andrareo Filipiana mahafatasy fa tamin'gny fiandohan'gny filazasara , gny fa nagnenga an'i Makedonia
zaho, dra sy nisy fiangona nanoha anahy raha gny mahakasiky gny fagnomeza vo fandraisa afa-sy andrareo avo.
[16]Dre tamin'izaho tagny Tesalonika avo, dra nandefa fagnapia ho an'izay nitaliaviko mihoasy gny draiky mandeha
andrareo. [17]Sy ho mitalia fagnomeza zaho. Fa dra, mitalia gny vokasy ze mampiakasy gny voninahindrareo zaho.
[18]Nandramby gny raha aby zaho, dra mana maro dra maro. Fa feno zaho nalako laha tamin'i Epafrodito reo raha
laha tamindrareo. Reo dra hagnisy manam-pofo,ze fagnatisy azo eke vo akasitrahan'Agnahary. [19]vDra gny
Zagnahariko hameno anizay taliavindrareo iaby araky gny hanagnan'gny voninahiny ao amin'i Kristy Jesosy.
[20]Dra ho an'Agnahary sady Rasika seky gny voninahisy mandrakizay doria . Amen.[21]Manova veloma agny mpino
aby ao amin'i Kristy Jesosy. Reo rahalahy ze miaraky aminahy dra manao veloma andrareo.[22]Reo mpino aby ze
eto manao veloma andrareo , indrindra reo ze laha tao amin'gny fokon'i Kaisara. [23]Gny fahasoavan'gny Topo
Jesosy Kristy seky ho amin'gny fagnahindrareo. [ Fanamariha: Misy reo fandika gn'ilany magnapy ho:''Amen.'']

# Colossians

Chapter 1

[1]Paoly, apostolin'i Kristy Jososy amigny alalanigny sitrapon'Agnahary, dra i Timoty rahalahisika, [2]ho an'ireo pino
vo reo rahalahy matoky ao amigny Kristy ze agny Kolosia. Ho amindrareo anie gny fahasoava, vo gny fedagna
boak'amin'Agnahary Rasika. [Hagnamariha ambaninigny pezy: "Dra gny Topo Jesosy Kristy"]. [3]Magnome fisora
an'Agnahary sika, gny Ranigny Toposika Jesosy Kristy, dra mivavaky mandrakariva ho andrareo zahay.[4]Fa renay
gny finoandrareo an'i Kristy Jesosy dra gny fitiava ze anagnandrareo ho anize voatoka ho an'Agnahary aby. [5]Mana
anizay fitiava zay handrareo noho gny fanatena agny andagnisy. Rendrareo gny momba io fanatena azo atoky
iotalohanigny zaka amigny fahamarigna, gny filazasara, [6]ze avy amindrareo. Ty filazasara tihoky dra minday
vokasy vo mitombo eran'izao totolo izao. Izay dra fa nanao anizay taminao avo koa nanomboky tamigny andro
naharezanao anazy dra nianarandrareo gny mombanigny fahasasoavan'Agnahary ao amigny mary.[7]Tihoky gny
filazasara ze araky gny nianarandrareo tamigny Epafra, gny piara-manopo malalasika, ze panopo mahatokin'i
Kristy amigny agnarasika. [Fagnamariha ambaninigny pezy: misy dika-zaka mivaky ho: "Amigny
agnarandrareo"] [8]Napahafatariny Epafra anay gny fitiavandrareo gny Fagnahy.[9]Noho io fitiava io, hatramigny
andro naharezanay anizay dra sy nisahasy nivavaky ho andrareo zahay. Nangataky zahay ba ho feno fahalala
gny sitrapony amigny fahendrena aby vo fahalala ara-pagnahy handrareo. [10]Nivavaky zahay ba
handehanandrareo apahamendreha ao amigny Topo amireo fomba akasitrahan'Agnahary. Nivavaky zahay ba
hamokasy amigny asa soa aby handrareo dra ba hitombo fahalala an'Agnahary.[11]Mivavaky zahay ba hahazo hery
amigny fahezan'aby handrareo araky gny herinigny voninahisy amigny fiareta vo gny fahareta. [12]Mivavaky zahay


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

ba hagnome fisora anigny Rasika apifalia handrareo, ze nahafahandrareo hanana azara amigny lovan'ireo pino amigny fahazava [Fagnamariha ambany pezy: misy dika-zaka ilany mivaky ho: "Ze nahafahasika nanan'azara"]. [13]Namozy asika tamigny fanapahanigny hezy vo namindra asika ho agny amigny fazakanigny zanadahiny malalany Izy. [14]Ao amigny Zanadahiny gny anagnasika gny fagnavota, gny famela reo fahota. [Fagnamariha ambaninigny Pezy: misy dika-zaka ilany mivaky ho: "Ao amigny zanany gny anagnasika fagnavota amigny alalanigny liony, dra gny famela reo fahota."][15]Gny zanadahiny draendrikigny zagnahary sy hita maso. Izy gny teraky volohany tamigny faharia. [16]Fa tamigny alalany gny naharia gny raha aby, reo ze agny andagnisy vo reo ze eto ambaninigny tany, reo raha hita maso vo reo sy hita. Na reo seza fiandriagna, na reo fanapaha, na reo fitondra-pazaka , na reo mana-pahefa, reo raha aby dra nohary tamigny alalany vo ho anazy. [17]Izy gny alohanigny raha aby, dra ao aminazy gny haharetany raha aby.[18]Izy gny lohanigny vata, vo gny fengona. Izy gny fendoha vo teraky volohany boak'eo agnevon'ireo maty, dra izy gny nana toera volohany teo agnevon'ireo raha aby. [19]Akory sitran'Agnahary gny tokony gny hiegnanigny fahasoavany aby ao aminazy, [20]dra ba hapihava amigny alalanigny zanadahiny amigny raha-aby amin'izy vatany. Zagnahary dra nihava tamigny alalanigny lionigny hazo fizalia. Zagnahary gny napihava gny raha-aby tamigny vatany, na gny raha aby eto amboniny tany na reo raha agny andagnisy.[21]Tamigny fotoa raiky, handrareo avo koa, dra vahiny tamin'Agnahary dra fahavalony tao asainy vo tamireo asa rasy. [22]Fa amizao izy gny napiahava andrareo tamigny vatany manotolo tamigny alalanigny fahafatesa. Nataony ze ba hanovany andrareo ho masy, sy hana-pondro eo agnatrehany, dra nangala baraka anazy noho gny fagnarasia, [23]raha manohy amigny finoa handrareo, miory vo fatrasy ory, dra ka mihataky amignyfanatena mahatokiny filazasara ze rendrareo. Tihoky gny filazasara ze zinaka tamigny olon'aby nohary ambaninigny lagnisy. Tihoky gny filazasara ze nahavy anahy, Paoly, ho panopo.[24]Amizao zaho dra faly amigny fizaliako ho andrareo, zaho dra nameno gny nofoko ze sy apy amireo fahorian'i Kristy noho gny vatany, dra gny fengona. [25]Noho gny fengona gny nahapanopo anahy, araky gny andraikisy avy amin'Agnahary ze nameny anahy ho andrareo, ba hahatateraky gny zakan'Agnahary. [26]Io gny mary sihita ze navony nandrisy gny tao maro vo ho anireo taranaky. Fa amizao dra fa niseho zay tamireo ze mino anazy. [27]Tamin'ereo gny tian'Agnahary napahafatary reo harenigny voninahis'ity fahamarigna sihita tihoky teo agnevonigny Jentilisa. Izay dra Kristy gny ao aminao, gny tokinigny voninahisy ho avy.[28]Dra izy gny torinay. Nagnanasy gny olon'aby zahay, dra napenasy gny olon'aby tamigny fahendrena, ba hanolorasika gny olon'aby feno ao amin'i Kristy. [29]Noho izay dra miasa fatrasy zaho vo miezaky araky gny tazany ze miasa ato aminahy amigny hery.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 2

[1]Fa tiako ho fatandrareo gny halahibenigny taloha nataoko hoandrareo, ho anireo agny Laodikia, vo ho anireo
maro bo sy nahita gny tavako tamigny nofo. [2]Miasa zaho ba hapahery gny fon'ereo amigny faperesa anereo
miaraky ao amigny fitiava vo gny harena aby amigny fahalala azo atoky, ho amigny fahalala gny fahamarigna
miafin'Agnahary, zany hoe, i Kristy. [3]Ao aminazy gny harenigny fahendrena vo ze fahalalan'aby gny simisy.
[4]Mizaka anizay zaho ba sy hisy hitariky andrareo amigny lahateny mandresy halasy. [5]Na dre sy miaraky
amindrareo ao amigny nofo aza zaho, dra miaraky amindrareo ao amigny fagnahy. Faly zaho mahita gny
filaminandrareo soa vo gny tazakinigny finoandrareo an'i Kristy.[6]Gny fa nitakasy an'i Kristy an'i Kristy Topo
handrareo dra mandehana ao aminazy. [7]Mifotora fatrasy aminazy, mioregna ao aminazy, mioregna amigny finoa
ze fa napenariny andrareo, dra mazotoa magnome fisora.[8]Mitandrema ba sy hagnenga olo hisambosy andrareo
amigny alalanigny filozofiana gny fitaky araky gny fanaonigny olo, ze magnaraky gny endrik'izao totolo zao, fa
mitoera gny fahasoavanigny vatan'Agnahary aby.[10]Feno handrareo ao aminazy. Izy gny lohanigny hery vo gny
fahefan'aby. [11]Tao aminazy avo koa handrareo gny nitapahy tamigny fanapaha fangala gny nofo amigny vata, fa
tamigny famoran'i Kristy. [12]Nindray nalevy taminazy tamigny batisa handrareo, dra tao aminazy gny nanangana
andrareo tamigny alalanigny finoa maherin'Agnahary, ze nananga anazy tamireo ze maty.[13]Gny handrareo maty
tamireo fahota vo gny sy fahavitanigny nofondrareo fanapaha, izy gny nagnenga andrareo niaraky taminazy vo
nagnenga asika tamireo fahotasika aby. [Fagnamariha: misy dikazaka taloha ilany mivaky ho: "dra nagnenga gny
fahotasika aby"] [14]Nifafany gny rakisorasika gny trosa-pahafaha vo reo fisipiky nifanohisy tamisika. Nalany izy
aby zay dra nifasihiny teo amigny hazo fizalia. [15]Nalany reo hery vo reo fahefa, dra Izy nanao fapisehoa
apahibemaso an'ereo, nandresy mihoasy an'ereo tamigny hazo fizalia.[16]Ka anga hisy hisara andrareo na amigny
fihinana na amigny finoma, na amigny andro fety na amigny volana vaovao, na amigny andro Sabata. [17]Zay gny
alok'ireo raha ho avy, fa gny tena izy dra i Kristy.[18]Ka anga hisy na iza na iza mitalia gny fanetre-tegna vo gny
fideranigny azely hisara andrareo dra sy hahazoandrareo gny lokandrareo. Gny olo manahaky anizay dra milisy
amigny raha hitany dra mazary mieboebo amigny fisaignanigny nofony. [19]Sy mihazo gny lohany izy. Izay dra
boaky amigny loha ze namen'Agnahary gny vata manotolo manera reo vani-tola vo gny hozany ze magnome dra
mihazon'anizaymitambasy; zay dra mitombo miaraky amigny fapitomboa namen'Agnahary.[20]Gny maty niaraky
tamin'i Kristy handrareo tamireo endrik'izao totolo izao, nagnino handrareo gny miay manahaky gny voatery
amigny tany: [21]"Ka mihody, ka magnandra, vo ka mikasiky"? [22]Izay raha aby zay dra ho anigny fahalova, araky
gny torolalala vo gny fapenaran'olombelo. [23]Reo fisipiky reo dra mana fahendrenigny fomba fivavaha, gny
fanetretegna ze nataonigny vatany manoka dra gny fapahoria gny vata. Fa ereo dra sy manan-draza amigny
fanohera gny fandefera gny filanigny nofo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 3

[1]Ko raha zagnahary gny nananga andrareo niaraky tamin'i Kristy, kasaho reo raha agnabo agny, ze ipetrahan'i
Kristy eo atagna-kavanan'Agnahary. [2]Saigno reo raha agny agnabo, fa sy raha eto atany. [3]Fa maty handrareo, dra
gny fiegnandrareo dra sihita miaraky amin'i Kristy ao amin'Agnahary. [4]Gny fa miseho i Kristy, ze fiegnandrareo,
dra handrareo koa hiara-hiseho aminazy amim-boninahisy. [Fagnaariha egny ambaninigny pezy: Reo dika zaka
taloha mizaka ho: "Gny fa miseho Kristy, ze fiegnandrareo, dra handrareo avo koa dra hiara-hiseho miaraky
aminazy amboninahisy.][5]Vonoy, boak'eo, reo pikamba ze eto atany- gny filan-drasy, fahalotoa, firehetanigny fila,
fagniria rasy, dra fahatenda, ze fanopoa-sapy. [6]Noho reo raha reo gny hahavianigny fahasiahan'Agnahary amireo
zanaky gny sy fakatoava. [Fagnamariha egny ambaninigny pezy: Gny dika-zaka taloha mivaky ho: "Noho reo
raha reo mahavy gny fahasiahan'Agnahary."] [7]Tao amireo raha ze nandehanandrareo reo taloha avo koa gny fa
bo niay tao amireo handrareo. [8]Fa amizao handrareo dra sy maisy magnary anireo raha aby reo - fahasiaha reo
fikasan-drasy, reo fanevateva, dra zaka fahavetaveta boaky amigny vavandrareo.[9]Ka mavandy, fa nariandrareo
gny toetra taloha miaraky amireo fapihara anizay, [10]dra nitafindrareo gny toetra vaovao ze nihavaoziny ao
amigny fahalala araky gny endrikize namorogna nizay. [11]Ao amizay dra sy misy Grika vo Jiosy, voatapaky vo gny
sy voatapaky, barbaria, Skytiana, andevo, olon'afaky.[12]Ko, mitafia, araky gny maha-olom-boafilin'Agnahary, masy
vo malala, famindra-po, famindra-po, hasoafagnahy, fanetre-tegna, fahaleme-pagnahy, vo fahareta. [13]Mifapinday
soa. mifamela. Gny misy olo raiky mana fitaregna momba gny olo hafa, mamela manahaky ze nagnanganigny
Topo andrareo. [14]Agnabonireo raha aby reo, mana fitiava, ze mamehy asika amigny fahatateraha.[15]Aoky gny
fedagnan'i Kristy hanapaky ao amigny fondrareo. Fa ho anizay fedagna zay gny nitokava andrareo ho vata raiky.
Dra misora. [16]Aoky gny vatan'i Kristy hanagnandrareo maro. Amigny fahendrena aby mifapenara vo mifagnanara
amireo Salamo vo fihira dra hora ara-pagnahy. Mihira amigny fisora ao apondrareo ho an'Agnahary. [17]Na ino na
ino ataondrareo, na amigny zaka na amigny asa, atovy amigny agnaranigny Topo Jesosy aby. Magnomeza fisora
ho an'Agnahary gny Ray amigny alalany.[18]Ry rapela, magneke gny valinao, fa zay gny mety ao amigny Topo. [19]Ry
lelahy, tiavo gny valindrareo, dra ka masiaky amin'ereo. [20]Ry zanaky, makatoava gny ray aman-drenindrareo
amigny raha aby, fa izay gny akasitraha ao amigny Topo. [21]Ry ray, ka manao ze mapalahelo reo zanandrareo, ba
sy ho kivy ereo.[22]Ry andevo, makatoava gny topondrareo araky gny nofo amireo raha aby, sy amigny asa eo
amaso manahaky gny olo pitalia sitraky, fa amigny fo sotra. Matahora gny Topo. [23]Na ino na ino ataondrareo,
mesa boaky amigny fagnahindrareo manahaky gny ho anigny Topo fa handrareo dra hitakasy gny valisoanigny
lova boaky amigny Topo. Izy gny Topo Kristy ze Topondrareo. [25]Fa ze manao gny sy fahamarigna dra hitakasy gny
seza ho anigny sy fahamarigna ze nataony, dra sy misy fagnatia tarehy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 4

[1]Ry Topo, ameo reo andevo ze mary vo rariny. Fatandrareo fa handrareo avo koa mana topo raiky agny
andagnisy.[2]Mahareta mandrakariva amigny fivavaha. Miambena amize amigny fagnomeza fisora. [3]Miaraha
mivavaky ho anay avo koa, ba hanokafan'Agnahary vatrangara ho anigny zaka, ba hizaka gny fahamarigna
miafin'i Kristy. Nohonigny amizay, dra voafehy zaho. [4]Mivavaha ba ahafahako magnazava anizay, raha tokony
hizaka zaho.[5]Mandehana amigny fahendrena agny amireo ze agny ivelany, dra araroty gny fotoa. Aoky gny
zakandrareo hiaraky amigny fahasoava hatragny. [6]Aoky reo ho voto-sira, ba hahafahandrareo mahay gny fomba
tokony hamaliandrareo gny olo sirairay.[7]Gny reo raha momba anahy, dra i Tykyko gny hapahafatasy anio
amindrareo. Izy dra rahalahy malala, panopo mahatoky, dra piara-manopo ao amin'ny Topo. [8]Nalefako agny
amindrareo izy noho izao, ba ahafahandrareo mahafatasy gny raha momba anay, dra ba ahafahany mapahery
gny fondrareo. [Fagnamariha egny ambanin'ny pezy: reo dika-teny sasany taloha mivaky ho: ''nalefako agny
amindrareo izy noho izao, ba ahafahany mahafatasy reo raha momba andrareo, dra ba ahafahany mapahery gny
fondrareo''.] [9]Nalefako izy nindray tamin'i Onesimosy, gny rahalahy mahatoky sady malala, izay raiky
amindrareo. Izy reo gny hizaka amindrareo gny raha aby izay fa nintranga tatiky.[10]Aristarko, gny mindray
migadra aminahy, dra manao salama andrareo, manahaky izay koa i Marka, havan'i Barnabasy (izay
nahazoandrareo baiko; gny magnagny amindrareo izy, dra rambeso), [11]Dra Jesosy avokoa izay tokavy ho
Josto.Ireo avy amigny voafora reo ho an'ny fazakan'i Zagnahary. Fapionogna hon'ahy izy reo.[12]Epafra dra manao
salama andrareo. Raiky amindrareo izy dra panopon'i Kristy Jesosy. Mitolo am-bavaky ho andrareo foana izy, ba
hahatateraky andrareo dra hahazo atoky tateraky ao amigny sitrapon'i Zagnahary aby. [13]Fa mizoro vavolombelo
hon'azy zaho, fa miasa fatrasy ho andrareo izy, vo ho an'ireo agny Laodika, dra ho an'ireo izay agny Hierapolia.
[14]Lioka gny pisabo malala vo Demasy dra manao salama andrareo.[15]Atovy akory reo rahalahy agny Laodika, vo
NYmfa, dra gny fiangona izay ao atragnony. [16]Gny voavaky eo agnivondrareo itiky taratasy itiky, dra atovy
vakiana ao amigny fengonan'ny Laodikiana avo koa gny taratasy avy agny Laodika. [17]Zakao i Arikipo ho:
''Tandremo gny asa fanopoa izay nalanao tao amigny topo, fa tokony ho taterahinareo izay.''[18]Ty fanovam-beloma
tihoky dra ataonigny tagnako manoka- Paoly. Sarovy gny fifaheko. Ho amindrareo anie gny fahasoava.

# 1 Thessalonians

Chapter 1

[1]Paoly,Silasy,dra Timoty ho agny fiangon'ereo Tesaloniana ao amin'Agnahary Ray vo Jesosy Kristy Topo.Ho
amindrareo seky gny fahasoava vo gny fiadana.[Fanamarigna:reo dika-zaka gn'ilany taloha dra mivaky ho:''Ho
amindrareo seky gny fahasoava vo fiadana laha tamin'Agnahary Ray vo Kesosy kristy Topo.'']<sup></sup>[2]Magnome fisora
an'Agnahary mandrakariva zahay gny amindrareo iaby,dra manogno andrareo amin'gny vavakay.[3]Izahay dra sy
mizano gny mahasiaro andrareo eo anatrehan'Agnahary Rasika gny asan'gny finoandrareo,gny asan'gny
fitiavandrareo,dra fahatokisandrareo maharisy ho agny ho avy ao amin'i Jesosy Kristy Toposika.[4]Ry rahalahy
tian'Agnahary,fatanay Fa Izy dra fa nifily andrareo,[5]satria gny filazasaranay dra avy tamindrareo sy tamin'gny
zaka avo,fa tamin'gny hery avo koa,tamin'gny Fanahy Masy,dra gny fahatokia be.Mitovy amin'izay,andrareo koa
dra mahay ho olo mahalala manao akory teo amindrareo noho gny amindrareo.'v 6 Nazary nanahaky anay vo
gny Topo andrareo,tamin'gny nandrasandrareo gny zaka tamy aly sarosy lahibe vo tamin'gny fifalia laha tamin'i
Fanahy Masy.[7]Vokasin'izay, lnahavy ohasy hon'gny maro ze mino ao Makedonia vo Akaia andrareo.[8]Fa avy
tamindrareo gny nagnenoan'gny zakan'i Topo,dra sy tao Makedinia vo Akaia avo.Fa dra,zaka amy toera nielezany
gny finoandrareo an'Agnahary iaby.Vokasin'izay,dra sy mila mizaka dre ino dre ino isika.[9]Fa ereo avo gny hizaka
ze fandraisa azonay teo amindrareo.Izy reo dra mizaka gny fomba nitolihandrareo tamin'Agnahary dra niala
tamin'ereo sapy ba hanopo an'Agnahary velo vo mary.[10]Ereo dra nitao fa andrareo dra miamby gny Zanany laha
tagny an-dagnisy,ze nasangany tamin'ereo maty.Jesesy zay,ze magnafaky asika amin'gny fahoria ho avy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 2

[1]Fa gny vatandrareo dra mahay ,ry rahalahy,fa gny fahavianay teto amindrareo dra sy rava.[2]Fatasindrareo fa teo
aloha dra nizaly dra nala-baraka tagny Filipy zahay.Zahay dra mahavany tao amin'Agnaharinay hizaka
tamindrareo gny filazaran'Agnahary tao agnatin'gny fanohera lahibe.[3]Satria gny fagnanaranay dra sy laha
tamin'gny fahadisoa,dre laha tamin'gny fahalotoa,dre laha tamin'gny fitaky.[4]Fa dra,araky gny
nakatoavin'Agnahary anay ba hatokisa amin'gny filazasara,noho zay dra mizaka zahay.Mizaka zahay,sy
hampifaly gny olo,fa hampifaly an'Agnahary.Izy gny mahay gny fonay.[5]Satria sy dra napiasa na dre ombia dre
ombia reo zaka fandokafa zahay,araky gny fatasindrareo,na koa ho fiala-signy amin'gny fisiriritamsatria
Zagnahary gny vavolombelo nay.[6]Na koa nitalia gny voninahisy laha tamin'gny olo zahay,na koa laha
tamindrareo na laha tamin'ereo hafa.Zahay dra afaky nitaky reo tombosoa tahaky gny apostolin'i Kristy.[7]Fa
dra,zahay dra sotra teo amindrareo manahaky gny reny makahery gny zanany naterany.[ Fanamariha:Reo dika-
zaka hafa gn'ilany dra mivaky tahaky anizao :''Fa dra,zahay dra tahaky gny zazamasaiky teo amindrareo, gny fa
makahery gny zanany naterany gny reniny.'']][8]Dra manahaky anizay gny nanagnanay fitiava ho andrareo.Faly
zahay mizara amindrareo,sy gny filazasara an'Agnahary avo,fa gny fiaignanay manoka avo koa.Satria andrareo
dra lasa malalanay tokoa.[9]Satria tadidindrareo,ry rahalahy, gny asanay vo gny fisarananay. Andro amagn'aly gny
niasanay ba sy ahafahanay mampinday mavesasy gny raiky amindrareo.Nandrisy anizay fotoa zay,dra nitory gny
filazasaran'Agnahary tamindrareo zahay.[10]Andrareo gny vavolombeno,dra Zagnahary avo koa,fa masy,vo
mary,dra sy manasiny gny fandesa-vatanay teo amindrareo ze mino.[11]Manahaky anizay avo koa dra
fatasindrareo ho tahaky gny ino gny nataony tamindrareo kirairaiky tahaky gny ataon'gny ray amin'gny zanany
naterany,[12]niangavy vo nakahery dra nandrisiky andrareo zahay ba handeha amin'gny fomba ze mendriky
an'Agnahary, ze mitoka andrareo ho ao amy fazakany vo gny voninahiny manoka.[13]Fa ze atony zay gny isoranay
avo koa an'Agnahary mandrakariva.Fa andrareo gny fa nandray laha taminay gny gafasin'Agnahary ze rendrareo
zay sy ho tahaky gny zakan'olo.Fa dra,nirambesindrareo zay araky ze mary,dra gny zakan'Agnahary.Zay zaka zay
avo koa gny miasa eo amindrareo ze mino.[14]Satria andrareo,ry rahalahy,dra lasa tahaky gny fiangonan'Agnahary
agny Jodia ze amin'i Jesosy Kristy.Fa andrareo avo koa dra nijaly tamin'ereo raha reo avo noho gny nataon'ereo
mpiray tanindraza amindrareo,sahala gny nahazo anazy reo koa noho gny nataon'i Joosy taminazy.[15]Reo Jiosy gny
namono na an'i Jesosy Kristy na reo paminany.Reo Jiosy gny nandroaky anay.Sy nakasitraky an'Agnahary ereo.Fa
dra,ereo dra fahavalon'gn'olo aby. [16]Ereo dra nandrara anay sy hizaka amin'ereo zetilisa ba sy hamozena anazy
io.Vokasin'izay dra mameno gny fahotan'gny vatany mandrakariva ereo.Gny fahoria dra sy maisy avy eo
amin'ereo amy farany.[17]Tafasaraky tamindrareo zahay,ry rahalahy,nandrisy gny fotoa fohy,tamin'gny fanatreha fa
sy tamin'gny fo. Tena nazoto fatrasy zahay,nagniry fatrasy,gny hahita gny tarehidreo.[18]Satria nagniry gny ho agny
amindrareo zahay,zaho,Paoly,matetitetiky,nefa nanaka anay i Devoly.[19]Fa ino moa gny fanatena gny ho avy, dre
fifalia,dre satro-boninahisy gny fandresena eo anatrehan'i Jesosy Toposika amy fihaviany?Moa sy andrareo
manahaky gn'ilany hafa koa? [20]Fa andrareo gny voninahisy vo fifalianay.

## Chapter 3

[1]Noho zay,gny fa sy afaky niarisy anizay sasy zahay,dra niesitseretinay fa soa gny mipetraky raiky tao Atena.
[2]Nandefa an'i Timoty zahay,rahalahinay vo mpiara-miasa ho an'Agnahary ao amin'gny filazaran'i Kristy,ba
hanamafy vo hakahery momban'gny finoandrareo.[ Fanamariha: Gny dika-zaka gn'ilany hafa taloha dra mivaky
ho:''Nandefa an'i Timoty zahay,rahalahinay dra panopon'Agnahary ao amin'gny filazasaran'i Kristy.''][3]Nataonay
zay ba sy hisy olo ho taisy noho reo fahoria reo.Fa gny vatandrareo dra mahafatasy fa zay gny nanendre asika.
[4]Mary vatany,gny fa niaraky tamindrareo zahay,dra nizaka mialoha tamindrareo fa isika dra sy maisy
hapahoria,dra nisy zay,araky gny fatandrareo. [5]Noho zay atony zay,gny fa sy naharisy anizay sasy zaho,dra
nagniraky ba ahafatarako gny finoandrareo. Vasa gny mpangalaky fagnahy dra fa nangalaky fagnahy
andrareo,dra ho raha-fahatany gny asasika.[6]Fa avy tatiho aminay laha tagny amindrareo i Timoty dra ninday gny
vaovao mahafalin'gny finoa vo fitiandrareo ho anay.Nizaka taminay izy fa andrareo dra mana fahasarova soa
anay avo,dra andrareo dra magniry fatrasy gny ahita anay tahaky gny fagnirianay ahita andrareo.[7]Noho zay,ry
rahalahy,zahay dra nampaherezindrareo noho gny finoandrareo,tao agnatin'gny fahatahora vo fahorianay aby.
[8]Fa amizao velo zahay,raha mipitiky fatrasy amin'gny Topo andrareo. [9]Fa fisaora manahaky gny nanao akory gny
azonay ome an'Agnahary gny amindrareo, tamin'gny fifalia ze anagnanay aby teo anatrehan'Agnahary noho gny
amindrareo?[10]Mivavaky fatrasy andro maray vo hariva zahay ba mety ahita gny endrikindrareo vo amasy ze sy
apy ao amin'gny finoandrareo.[11]Zagnahary Rasika vatany,dra Jesosy Toposika seky, hagnisy gny lalanay ho
amindrareo.[12]Gny Topo seky hampitombo vo hampandroso amy fifakatiavandrareo amin'gny hafa vo gny olo
iaby,tahaky gny ataonay amindrareo koa. [13]Izy seky hagnamafy gny fondrareo,dra ba sy hanasiny amin'gny
fahamasina ereo eo anatrehan'Agnahary Rasika,amin'gny fihiavin'i Jesosy Toposika bamin'ereo masiny iaby.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 4

[1]Dra farany,ry rahalahy,mampahery vo magnanasy andrareo zahay ao amin'gny Topo Jesosy.Raha nahazo reo
fampianara laha taminay andrareo momban'gny fomba sy maisy handehanandrareo vo hamalifaliandrareo
an'Agnahary, amin'io lala andehana io avo koa, dra ba anovandrareo mihosy anizay.[2]Fa andrareo dra mahafatasy
gny fampianara ze nomenay andrareo tamin'gny alalan'i Jesosy Topo.[3]Fa zao gny sitrapon'Agnahary,dra gny
hanamasigna andrareo,ba hialandrareo amin'gny fizangazanga,[4]ze ahafataran'gny kirairaiky aby amindrareo gny
fomba ahazoa gny eta gny vatany ao amy fahamasina vo voninahisy, [5]sy amy fila-drasy (tahaky gny zetilisa ze sy
mahafatasy an'Agnahary). [6]Ao sy hisy olo handika na hagnarasy gny rahalahiny amin'izay.Fa gny Topo gny
mamaly amin'io raha-iaby io,tahaky gny nampitandremanay mialoha vo nizoroanay vavolombelo tamindrareo.
[7]Fa Zagnahary sy nitoka anay ho amin'gny fahalotoa,fa amin'gny fahamasina.[8]Noho zay, ze manda anizay dra sy
manda olo,fa Zagnahary,ze nagnome gny Fanahiny Masy ho andrareo.[9]Momban'gny fifakatiavan'gny mpiralahy,sy
mila olo hafa andrareo hanorasy ho andrareo,fa andrareo vatandrareo dra nampianarin'Agnahary ba hifakatia.
[10]Ataindrareo vatany zay,ho an'ereo rahalahy iaby ze eran'i Makedonia. Fa zahay dra magnanasy andrareo,ry
rahalahy,ba hanao mihoasy .[11]Magnanasy andrareo avo koa zahay ba hanandra hiay am-pilamina, hisay gny
raharandrareo manoka,dra hiasa amin'gny vatanandrareo,araky gny nandidianay andrareo, [12]ba
hanagnandrareo fandesa-tegna mendriky eo anatrehan'ereo sy mino dra sy hana-raha manakosiky.[13]Fa sy tianay
sy ho fatasindrareo,ry rahalahy,gny momba gny ze maty,ba sy halahelovandrareo tahaky reo ambiny ze sy mana
atoky gny amin'gny ho avy.[14]Fa raha mino isika fa Jesosy dra maty dra nisanga draiky,dra manahaky anizay koa
gny hindesan'Agnahary miaraky amin'i Jesosy reo ze fa nimaty tao aminazy.[15]Fa zao gny zakanay amindrareo
tamin'gny zakan'gny Topo,fa isika ze velo,ze sisa tavela amin'gny fahavian'i Topo,dra sy hialoha vatany gny ze
nimaty.[16]Fa gny tanan'i Topo gny hizoso laha tagny an-dagnisy. Ho avy miaraky amin'gny feo agn'abo Izy,miaraky
amin'gny feon'Arkazely,dra miaraky amin'gny trompetran'Agnahary,dra gny maty ao amin'i Kristy gny hisanga
volohany. [17]Laha teo isika ze velo,ze sisa tavela,hiaraky hiakasy amin'ereo egny amin'gny raho dra hihao amin'gny
Topo egny amin'gny lagnisy.Amin'izay dra hiaraky amin'gny Topo mandrakariva isika. [18]Noho zay,mifakahereza
amin'ereo zaka reo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 5

[1]Amizao mikasiky gny fotoa vo reo vanim-potoa,ry rahalahy,sy mila dre ino dre ino voasorasy ho andrareo
drareo.[2]Fa andrareo vatandrareo mahafatasy soa fa gny andron'gny Topo dra ho avy tahaky gny mpangalasy
amin'gny hariva .[3]Gny fa mizaka ereo,''Miadagna vo milamina,''dra fahatorotoroa tapoky gny ho avy amin'ereo.
Ho tahaky gny fahararian'gny ampela beoka gny fa miteraky zay.Sy ho afa-mandositry mihisy ereo.[4]Fa
andrareo,ry rahalahy,dra sy ao agnatin'gny hezy ka hahatrasy andrareo tapoky tahaky gny mpangalasy gny
andro.[5]Fa andrareo aby dra zanaky gny mazava vo zanaky gny andro. Sy zanaky gny hariva isika na gny hezy.
[6]Noho zay,andeha isika sy handry tahaky gny fataon'gn'ilany.Fa dra,ao isika hiamby vo hamindro.[7]Fa reo ze
mandry dra manao anizay amin'gny hariva,dra reo ze mamo dra manao anizay avo koa amin'gny hariva.[8]Fa raha
bo agny andro isika,dra sy maisy mamindro isika dra misy finoa vo fitiava ho fiarova-tratra,dra gny atoky gny
famozena amin'gny ho avy ho fiarovan-dohasika.[9]Fa Zagnahary sy nanendry asika ho amin'gny fahoria,fa
hahazoa gny famozena amin'gny alalan'i Jesosy Kristy Toposika. [10]Izy gny maty ho asika,dre mifoha isika dre
mandry ,dra afaky miara-miay aminazy.[11]Dra noho zay mifampionona dra mifampahereza andrareo,tahaky gny
fa nataondrareo.[12]Mangataky amindrareo zahay,ry rahalahy,ba hanekendrareo ze mikely ay amindrareo vo
minday andrareo amin'gny Topo dra ze magnanasy andrareo.[13]Mangataky andrarei avo koa zahay ba hagnaza
anazy reo am-pitiava noho gny asan'ereo. Mihavana amin'gny vatandrareo.[14]Magnanasy andrareo zahay,ry
rahalahy :Mampitandrema gny fikorotagna,hapaherezo reo kivy,ampio reo malemy,mahareta amin'gny raha iaby.
[15]Indro sy misy olo mamaly rasy gny rasy dre amin'iza dre iza.Fa dra,mitaliava ze soa ho agny kirairaiky vo ho
agny olo iaby.[16]Mifalia mandrakariva.[17]Ka misahasy mivavaky.[18]Misora amin'gny raha aby.Fa zay gny
sitrapon'Agnahary ao amin'i Kristy Jesosy ho andrareo.[19]Ka mamono gny Fagnahy.[20]Ka manao sinosino reo
faminania.[21]Andramo gny raha-iaby.Mipitia amin'izay soa.[22]Esory reo fisehoan'gny rasy aby.[23]Zagnahary gny
fiadana seky hampamasy anao tateraky.Ao gny fagnahinao manotolo,gny ay ,dra gny vatany dra hahazan'i Jesosy
Kristy Toposika.[24]Mahatoky izy gny mitoka anao,gny raiky ze hanao anizay avo koa.[25]Ry rahalahy,mivavaha avo
koa ho anay.[26]Arahabao amin'gny fanoroha masy gny rahalahy aby.[27]Mangataky amindrareo amin'gny Topo zahy
ba ho vakia amin'gny rahalahy aby itiho taratasy itiho.[28]Ho andrareo seky gny fahasoavan'i Jesosy Kristy
Toposika.

# 2 Thessalonians

Chapter 1

[1]Paoly,vo Silasy,dra Timoty,ho agny amin'gny fiangonan'ereo Tesaloniana ao amin'Agnahary Rasika vo Jesosy
Kristy Topo.[2]Ho amindrareo anie gny fahasoava vo fiadana laha tamin'Agnagary Rasika vo Jesosy Kristy Topo.
[3]Zahay dra tokony hagnome fisora an'Agnahary ho andrareo avo,ry rahalahy.Fa zay gny soa atao,satria tena
mitombo fatrasy gny finoandrareo,dra gny fitiavandrareo kirairaiky dra mitombo ho an'gny hafa.[4]Noho zay dra
zahay vatanay dra mizaka am-pirehareha momba andrareo eo amin'ireo fiangonan'Agnahary.Zahay dra
miresaky gny momban'gny faharetandrareo dra gny finoandrareo tamin'izay nagnendreha andrareo iaby.
Miresaky momban'ereo fahoria ze niaretandrareo.[5]Zay dra famatara gny fisara marin'Agnahary.Gny vokany dra
horesy ho mendriky gny fazakan'Agnahary ze nizaliandrareo .[6]Mary amin'Agnahary gny hamaly fahoria reo ze
napahory andrareo,[7]dra hagnome fisara ho andrareo ze nasiaky niaraky taminay.Ataony zay amin'gny fiboahan'i
Jesosy Topo Laha tagny an-dagnisy miaraky amin'ereo azelin'gny heriny.[8]Ao amy afo miredareda hanovany gny
valifaty amin'ereo ze sy mahay an'Agnahary vo amin'ereo ze sy mamaly gny filazasaran'i Jesosy Toposika.[9]Izy reo
gny lelahy amin'gny famezignan'gny fandringana mandrakizay lavisy gny fanatrehan'gny Topo vo gny voninahisy
gny hery.[10]Hanao anizay izy gny fa avy amin'izay andro zay ba hagnomezan'olony voninahisy anazy vo
higagan'ereo ze nino aby.Fa gny fizoroanay vavolombelo amindrareo dra ninoa.[11]Noho zay dra mivavaky
mandrakariva ho andrareo avo koa zahay.Mivavaky zahay ba ho mendriky gny ho rambesin'Agnaharisika
amin'gny fitokava iaignandrareo.Mivavaky zahay ba ho taterahiny amy heriny gny fagniriandrareo gny fahasara
vo gny asan'gny finoa iaby. [12]Mivavaky ho an'ereo raha reo zahay ba omendrareo voninahisy gny agnaran'i Jesosy
Toposika.Mivavaky zahay ba hagnomezany voninahisy andrareo,nohon'gny fahasoavan'Agnaharisika vo Jesosy
Kristy Topo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 2

1Amizao gny momba gny fiavian'i Jesosy Kristy Toposika vo gny namory asika hiaraky aminazy:Magnotany
andrareo zahay,ry rahalahy,2ba sy ho mora hitakosiky dre hitahosy andrareo,dre amin'gny fagnahy,dre amin'gny
hafasy,dre amin'gny taratasy ze manahaky gny ho hoavy aminay,noho gny vokasy gny fahavian'izay andron'gny
Topo zay.3Ka anga hisy olo hamitaky andrareo dre amy fomba manao akory.Fa sy ho avy zay raha sy tafany
fahavian'gny filavoany,dra gny lelahy pandika lalana dra aboao,gny zanaky gny fahasimba.[ Fanamarigna: Gny
dika-zaka talohan'gn'ilany dra mivaky ho:''dra gny lelahy mpanota dra aboao''].4Izy gny manohisy vo manadrasy
gny vatany amin'izay aby tokavy ho Zagnahary dre ze ivavaha.Vokasin'izay,dra nipetraky tao amin'gny
fiangonan'Agnahary izy dra mampiboaky gny vatany ho tahaky gny Zagnahary.5Sy tadidindrareo se fa fony zaho
niaraky tamindrareo dra fa nizaka reo raha reo?6Amizao fatasindrareo ino gny mita anazy,ba hisehoany
amin'gny foto mety ho raiky avo.7Fa gny raha-mivony gny fandikan-dalana dra fa miasa,misy olo raiky avo
misaka anazy amizao madra-pangala anazy teo amin'gny lala.8Laha teo rena mandiky lalana dra ho aseho,ze
hovonin'i Jesosy Topo amin'gny fofonain'gny vavany.Gny Topo dra hinday anazy amin'gny sy misy dikany
amin'gny alalan'gny fisehoan'gny fiviany.9Gny fiavian'gny tena mpandiky lalana dra noho gny asan'gny devoly
miaraky amin'gny hery ,reo famatara,dra gny fahagaga sy mary,10dra miaraky amin'gny fitaky aby gny amin'gny
sy fahamarigna.Gny raha reo dra ho an'ereo ze levo,satria ereo dra sy nandray gny fitiavan'gny fahamarigna ba
ahavoavozy.11Noho zay atony zay dra mandefa asan'gny fahadisoa Zagnahary ba hinoan'ereo gny vandy.
12Vokasin'izay dra hosara iaby gn'olo,reo ze sy mino gny fahamarigna fa koa mangalaky fahafinareta amin'gny sy
fahamarigna.13Fa zahay dra tokony magnome fosora an'Agnahary avo ho andrareo,ry rahalahy nitiavin'gny
Topo.Fa Zagnahary gny nifily andrareo tahaky reo voloham-bokasy ho agny famozena amin'gny fanamasina gny
Fagnahy vo gny finoa gny fahamarina.[Fanamarigna:Gny dika-zaka dra mivaky tahaky zao:''Fa Zagnahary dra
nifily andrareo hatramin'gny volohany ho agny famozena].14Zay gny nitokavany andrareo tamin'gny alalany
filazasaranay ba ahazoandrareo gny voninahisin'i Jesosy Kristy Toposika.15Dra noho zay,ry rahalahy,mizoroa
fatrasy.Tano reo fahamarigna ze nampianary andrareo .Dre tamin'gny zaka dre tamin'gny taratasinay.16Amizao ao
i Jesosy Kristy Toposika vatany,dra Zagnahary Rasika ze tiasika vo nagnome asika fakahereza mandrakizay vo
gny fahatokisa soa ho agny ho avy amin'gny alalan'gny fahasoava,17hakahery dra hametraky gny fondrareo
amin'gny asa soa iaby vi gny zaka.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 3

[1]Amizao,ry rahalahy,mivavaha ho anay,ba ho dera vo homem-boninahisy gny zakan'i Topo,dra manahak'izay avo
koa gny amindrareo.[2]Mivavaha ba ho afaky amin'ereo rasy fagnahy vo olo-drasy zahay,fa sy gny mana-pinoa iaby.
[3]Fa gny Topo dra mahatoky,ze magnamafy orina vo miamby andrareo amin'gny rasy.[4]Mana fahatokia amin'i Topo
momba andrareo zahay,ba hanovandrareo gny hanohizandrareo gny raha ze nandia anay andrareo.[5]Gny Topo
seky hitariky gny fondrareo ho amin'gny fitiavan'Agnahary vo gny fiaretan'i Kristy.[6]Amizao mandidy andrareo
zahay,ry rahalahy,amin'gny agnaran'i Jesosy Kristy Toposika,ba hiala amin'ereo rahalahy aby ze miay ao
agnatin'gny hakamoa vo sy araky reo fomandraza ze nirambesinereo taminay.[7]Fa andrareo vatandrareo dra
mahafatasy fa mety amindrareo gny mangalaky tahaky anay.Sy niay teo agnevondrareo tahaky reo ze ay nana
fisipiky zahay.[8]Sy nihina hanin'olo sy naloa vola zahay.Fa dra ,niasa andro amak'aly tamin'gny asa sarosy vo gny
raha-sarosy zahay,ba sy ho eta-mavesasy ho agny kirairaiky amindrareo.[9]Sy ho nohon'gny sy fanagna fahefa gny
nanovanay anizay.Fa koa,nanao anizay zahay ba ho fankatahaky ho andrareo,ka ba hanahaky anay andrareo.
[10]Gny fa niaraky tamindrareo zahay,dra nandidy andrareo ho:''Raha misy raiky sy te hiasa,dra sy tokony hihina
izy.''[11]Fa mahare zahay f miraviravy tagna gn'ilany amindareo.Sy miasa ereo fa pisabaky.[12]Amizao gn'olo tahaky
anizay dra didinay vo hanarinay amin'i Jesosy Kristy Topo, ba hiasa am-pahangina vo hihina gny hanin'ereo
manoka.[13]Fa andrareo,ry rahalahy,ka mamoy fo amin'gny fanova ze mary.[14]Raha misy sy makato gny zakasika
amin'itiho taratasy itiho,mariho eo amason'olo izy dra ka mana fifandraisa aminazy,dra mety ho megnasy izy.[15]Ka
resy ho fahavalo izy,fa hanaro hanahaky gny rahalahy.[16]Fa gny Topon'gny fiadana seky hagnome fiadana
andrareo amin'ereo fotoa vo amin'ereo fomba aby.Ho amindrareo aby seky gny Topo.[17]Itiho gny fanovako
velo,zaho Paoly,tamin'gny tagnako,ze famatara amin'gny taratasy iaby.Zao gny sorako.[18]Gny fahasoavan'i Jesosy
Kristy Toposika seky ho amindrareo aby.

# 1 Timothy

Chapter 1

[1]Paoly, Apostolin'i Kristy Jesosy araky gny didin'Agnahry pamozy asika vo i Kristy tokisika, [2]ho an'i Timoty,
zanadahy marina eo amigny finoa: Fahasoava, famindra-po, dra fiadagna boakamin'Agnahary Ray vo i Kristy
Jesosy Toposika.[3]Araky gny nangatahiko fatrasy hataonao gny fa niala tao Makedonia zaho, mitoboha ao Efesosy
ba hahafahanao mibaiko reo olo ilany sy hapianasy foto-fapianara hafa [4]Sy tokony hitandry reo tatara vo tetiara
sy misy fiafarany ereo. Reo dra niteraky alihevisy fa sy magnapy gny drafis'Agnahary, ze amigny alalanigny finoa.
[5]Dra gny tazonigny didy dra fitiava boak'amigny fo malio, avy amigny feonigny fierisereta soa, dra avy amigny
finoa sy mihasaravelatsihy. [6]Gny olo ilany dra sy nahatrasy gny tazony dra niala tamireo raha reo ho agny amigny
lahazaka molamola. [7]Ereo dra te ho papiana-dalana, kanefa ereo sy mahazo ze zakany vo hizingizin'ereo. [8]Fa isika
dra mahafatasy fa gny lalana dra soa ra misy raiky mapiasa anazy amigny ara-dalana.[9]Isika dra mahafatasy
anizay, fa gny lalana dra sy natao ho anigny olo-mary, fa ho anigny pandika lalana vo olo pikomy, ho anireo rasy
fagnahy vo gny pagnota, dra ho anireo zagnahary sizy vo sy masy. Izay dra natao ho anireo ze mamono gny
reniny amin-drany, ho anireo pamono olo, [10]ho anireo sodomita, ho anireo pangalaky akeriny olo ba ho
andevoziny, ho anireo pavandy, ho anireo vavolombelo sy mary, dre na ino na ino hafa manohisy gny fapenara
mahatoky. [11]Io fapenara mahatoky amigny filazasaranigny voninahinigny Zagnahary voatahy ze akiny taninahy.
[12]Isaorako i Kristy Jesosy Tposika. Napahery anahy Izy, Fa nataony mahatoky Zaho, dra nanendry anahy ho
amigny fanopoa Izy. [13]Izaho dra pizaka rasy, pagnarasy, dra lelahy masiaky. Kanefa nanazo famindra- po zaho
akory tamigny sy faheza gny nanovako anizay noho gny sy finoa. [14]Fa gny fahasoavanigny Toposika gny
nandrakosy tamigny finoa vo gny fitiava ze ao amin'i Kristy Jesosy.[15]Izao hafasy izao dra azo atoky vo mendriky
gny fagneke aby, fa i Kristy Jesosy dra avy teto atany hamozy reo panota. Izaho gny rasy indrindra tamireo. [16]Fa
noho izay atony izay gny namindra fo taminahy, ba amigny alalako, gny lahibe indrindra, i Kristy Jesosy dra mety
haneho gny faharetan'aby. Nanao anizay Izy ho hoasy ho anireo ze magniry hatoky Anazy ho anigny fiegna
mandrakizay. [17]Dra ho anigny pazakanigny tao, sy mety maty, sy hita maso, gny Zagnahary toka, anie gny laza sy
voninahisy mandrakizay doria. Amena.[18]Izao didy izao gny ameko anao, Timoty, zanako, araky reo faminania
natao momba anao tagny aloha, fa hanao dra mety hialy gny aly soa, [19]gny fiazogna gny finoa vo gny feonigny
fierisereta soa. Tamigny fandava zay, misy gny nanao sambo vaky gny finoany. [20]Manahaky an'i Hymeneo vo
Aleksandro, ze natolotro ho an'i Satana ba apianara anereo sy hizaka rasy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 2

[1]Volohany noho izay, dra mapirisiky zaho reo fangataha, vavaky, fifina, dra fisora dra natao ho anigny olon'aby,
[2]ho an'ireo pazaka vo reo eo amigny fahefa aby, ba ahafahasika miay apiadagna vo miay apilamina amigny toe-
pagnahy araky an'Agnahary vo fahamendreha aby. [3]Izay dra soa vo azo eke eo agnatrehan'Agnahry pamozisika.
[4]Reo ba hoveze aby gny olon'aby dra ho avy amigny fahalalaha gny mary.[5]Fa raiky avo gny Zagnahary, dra raiky
avo koa gny pagnelagnela an'Agnahry vo gny olo, dra gny lelahy Kristy Jesosy. [6]Izy nagnome gny vatany ho vilim-
pagnavota ho anigny maro, manahaky gny fizoroa vavolombelo amigny fotoa tokony ho Izy. [7]Fa amizay fagniria
zay, Zaho, gny vatako, dra natao ho pitory vo ho apostoly. Mizaka gny mary zaho. Sy mavandy zaho. Papianasy
an'ireo zetilisa amigny finoa vo fahamarigna zaho.[8]Noho izay, tiako gny lelahy na eza na eza ba hivavaky vo
hanandra-tegna masy sy apahasiaha na amigny fifandira. [9]Manahaky anizay koa, taiko gny apela ba hekazo
akazo mendriky gny vatako, amigny fahamotigna vo fahafeheza-tegna. Sy tokony hanao volomitaly, na volamena,
na voangy, na akazo lafo vily. [10]Tiako ereohiakazo amize mety ho an'ireoapela ze maneho teo-pagnahy araky
an'Agnahary amigny alalan'ireo asa soa.[11]Gny apela dra tokony hianasy apahangina dra hagneky tateraky. [12]Sy
angako hapianasy gny apela na hapihasy amigny lelahy, fa hizano ao agnaty fahangina.[13]Fa Adama gny noforogny
volohany, boak'eo i Eva. [14]Adama dra sy voafitaky, fa gny apela gny voafitaky tateraky tamigny fandikan-dalana
izy amigny alalanigny fiteraha-zaza, raha mitohy amigny finoa vo fitiava dra fahamasigna miaraky amigny
fahonogna tegna.

## Chapter 3

[1]Matokia anizao zaka zao: Raha misy olo raiky magniry gny ho pendrekisy, dra magniry asa soa izy. [2]Noho izay
dra gny pendrekisy dra sy maisy sy mana-signy. Sy maisy manambaly apela toka izy. Izy dra tokony hahay
handazalasa, hendry, tia filamina, tia mitakasy olo. Sy maisy mahay mapianasy izy. [3]Sy tokony za-drasy amigny
divay izy, sy tia aly, fa koa, malemy fagnahy, feno fedagna-po. Izy dra sy tokony ho tia vola.[4]Tokony hitatara soa
gny tokatragnony izy, dra reo zanany dra tokony hagnely anazy apagnaza tateraky. [5]Fa raha sy mahay mitatara
gny tokatragnony izy, dra ino gny ho karakarany gny fengonan'Agnahary?[6]Sy tokony ho olo vo niova fo izy, ba sy
hiebo ebo dra ho lavo amigny fahasiaha manahaky gny devoly. [7]Izy avo koa dra sy maisy soa laza amireo olo egny
ivelany, ba sy ho lavo agnaty fahafaham-baraka vo gny fandriky gny devoly.[8]Reo Diakona, manahaky anizay avo
koa, dra tokony hino divay maro loasy na sy mahay ono ara-salafo. [9]Tokony hita gny fahamarignanigny finoa
zinakany mindray amigny feonigny fierisereta malio. [10]Ereo avo koa dra tokony ho sedra meloha, boak'eo dra
tokony hanopo akory manasigny ereo.[11]Reo apela avo koa dra tokony ho mendriky anizay. Sy tokony ho
pagnendrijendriky ereo. Tokony hahay handazalaza dra mahatoky amigny raha aby. [12]Reo Diakona, dra tokony
hanambaly apela raiky. sy maisy mitatara soa reo zanany vo gny tokatragnony ereo. [13]Fa reo ze nanopo soa dra
hitakasy gny laza soa vo fahatokisa lahibe amigny finoa ho anigny vatan'ereo ao amin'i Jesosy Jesosy.[14]Manorasy
any ty raha tahoky aminao zaho, dra manatena gny ho avt sy ho ela agny aminao zaho. [15]Fa raha soa zaho, dra
manorasy ba hahafataranadrareo gny fitondrategna ao amigny tokatragnon'Agnahary, ze fengonan'Agnahary
velo, gny vato fehizoro vo fiorenanigny fahamarigna.[16]Sy azo lavisy fa gny fahamarina zinaka anizay araky
an'Agnahary dra lahibe: "Izy dra niseho tamigny nofo, nihamarininigny fagnahy, hitanigny azely, zinaka teo
agnevonigny ferenena, ninoan'izao totolo izao, dra nasandrasy tamim-boninahisy."

## Chapter 4

[1]Amizao mizaka mazava soa gny fagnahy fa amigny fotoa agny afara agny dra hiala amigny finoa gny olo ilany
dra mitandrema soa gny amireo fagnahy pamitaky vo reo fapenaran'ireo demonia [2]amigny fihasambelasihinigny
pavandy. Fa voamariky amigny vy ma gny feonigny fieriseretan'ereo.[3]Ho raran'ereo gny manambaly vo gny
mitakasy reo hany ze nifognin'agnahary ho zara miaraky amigny fisora eo amireo ze mino vo ze mahafatasy gny
mary. [4]Fa gny raha aby ze niforognin'Agnahary dra soa. Sy misy ho lavy gny raha nitakarisika tami-pisora. [5]Fa
nihamasiny tamigny zakan'Agnahary vo gny vavaky zay.[6]Raha atobindrareo eo anoloan'ireo rahalahy reo raha
reo, dra ho panopo soan'i Jesosy Kristy handrareo. Fa niteza tamireo zakanigny finoa vo tamigny fapenara soa ze
narahindrareo handrareo. [7]Fa lavo gny vandy tataranigny apela atisy. Fa koa, tariho hagnome voninahisy
an'Agnahary gny vatandrareo. [8]Fa gny vata ho fany dra masaiky avo gny azo apiasa anazy, nefa fapesa amigny
raha aby gny toesy araky an'agnahary. Mihazo gny fapanatena ami'ty fiegna amizao tihoky vo gny fiegnako aby.
[9]Ty hafasy tihoky dra mendri-pitokisa vo mendriky gny fahafenonigny fagneke. [10]Fa noho izay dra hitolo vo hiasa
fatrasy sika. Fa matoky ao amin'Agnahary velo isika, ze pamozy gny olon'aby, indrindra reo ze mino.[11]Talilio vo
apenaro reo raha reo. [12]Aoky sy hisy olo hanao sinosino gny fahatanoranao. Fa koa, aoky ho ohasy ho an'ireo ze
mino, amigny fizaka, fitondra-tegna, fitiava, finoa, dra fahadiova. [13]Mandra-pahaviko, tohizo gny famakia, gny
fagnanara, vo gny fapenara.[14]Ka atao sinosino gny fagnomeza-pahasoava ze ao aminao, ze name anao tamigny
alalanigny faminania, nindray tamigny fametraha-tagnan'ireo loholo. [15]Arovy reo raha reo. Meteza ho ao
amin'ereo, ba hiharihary amigny olon'aby gny fandrosoanao. [16]Tandremo soa gny vatanao vo gny fapenara.
Tohizo reo raha reo. Fa raha manao manahaky anizay, dra ho vozenao gny vatanao vo reo miteno anao.

Chapter 5

[1]Ka masiaky gny olon'atisy. Fa koa, anaro manahaky gny ray izy. Anaro manahaky gny rahalahy reo lelahy tanora.
[2]Anaro manahaky gny reny reo apela atisy, dra reo apela manahaky anabavy ao amigny fahaliovan'aby.[3]Magnaza
reo pinday vata. [4]Fa raha managnanaky na zafy gny pinday vata raiky, dra angao ereo hianasy haneho fagnaza ao
amigny tokatragnony. Aoky ereo hamaly babe reo ray aman-dreniny, akory akasitrahan'Agnahary zay.[5]Fa gny
tena pinday vata dra nanga raiky. Mametraky gny fitokiany amin'Agnahary izy. Mitoby hatragny amireo
fangataha vo vavaky ando aman'aly. [6]Na izay aza, gny apela ze miay ho anigny fahafinareta dra maty, na dre bo
velo aza izy.[7]Toria zay raha zay ba sy anagnanereo signy. [8]Fa raha misy olo sy magnome ho an'ireo ze ao amigny
akohonany, dra nanda gny finoa anazy dra rasy lavisy noho gny sy pino.[9]Aoky hosoraty ho pitonddra tegna gny
apela ze sy lasaky gny enipolo tao, apela raiky ze valinigny lelahy raiky. [10]Tokony ho fatasy noho reo asa soa izy,
na nikarakara reo zaza, na avokoa napetragno reo pivahiny, na nanasa gny tombok'ireo pino, na nagnameva gny
ory, na nanolo-bata tamigny asa soa aby.[11]Fa ho anireo pinday vatan bo tanora koa, dra ka magneky gny hanorasy
anereo ao agnaty lisita. Fa gny fa milavo-lefo amigny falanigny nofo hanohisy an'i Kristy ereo, drate-hanambaly.
[12]Amizay ereo dra hahazo fagnameloha akory namadiky gny fanoloram-batany volohany. [13]Dra lasa zasy malaiky
koa ereo. Mandehana mitety tragno. Sy mazary halaiky avo ereo, fa lasa pisiko vo tialy avo koa ereo. Mizaka raha
ze sy tokony ho zakany ereo.[14]Noho izay dra tiako hanambaly reo apela bo tanora reo, hiteraky, hikarakara
tokatragno, ba sy ahafahany magnome iriky gny fahavalo hangalasy anay ho nanao rasy. [15]Fa gny ilany fa nivily
hagnaraky an'i Satana. [16]Raha misy apela mino mana pitondra, aoky izy hagnapy anereo, ba sy hamesasy gny
fengona, ba hahafahany magnapy reo tena pitondra tegna mary.[17]Aoky reo loholo ze manapaky soa ba ho takary
ho mendri-boninahisy miapy ro heny, indrindra reo ze miasa miaraky amigny zaka vo amigny fapenara. [18]Fa hoy
gny Sorasy Masy ho: "Sy tokony hagnisy fehiny gny vavanigny gny agnomby hanao raha bo mively vao izy." dra:
"Gny piasa dra mendriky gny karamany."[19]Ka mitakasy fiapanga manohisy gny loholo raiky raha sy misy
vavolombelo ro na telo. [20]Ahisio eo agnatrehanigny maro reo panota ba hatahosy gny ambiny hafa.[21]Mididy anao
fatrasy zaho eo agnatrehan'Agnahary vo eo agnatrehan'i Kristy Jesosy dra reo azely voafily, ba hihazognanao reo
lily reo sy misy fizakazaka vo ba sy hanovanao na ino na ino amigny fiandania. [22]Ka meky manoby tagna amin'iza
na iza. Ka mindray ao amigny fahotanigny olo-kafa. Tokony hita gny vatanao halio hanao.[23]Tokony sy hino rano
sasy hanao. Fa koa, tokony hitakasy divay kely hanao ho anigny vavony vo reo aretinao mateti-pitranga. [24]Gny
fahotanireo olo ilany dra fatasy miharihary, dra ereo mandeha alohanireo ao amigny fisara. Fa gny ota ilagny
mindray avy boaky afara. [25]Manahaky anizay avokoa, misy asa soa fatasy miharihary, fe seky reo ilany aza dra
siazo avony.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 6

[1]Aoky reo aby ze ao ambaninigny zioga manahaky reo devoly ba hanao gny topony ho mendriky gny haza aby.
Ereo dra tokony hanao anizay ba sy hizaka rasy gny agnaran'Agnahary vo gny fapenara. [2]Reo andevo ze mana
topo mino dra sy tokony hanao sinosino anereo akory pirahalahy aminazy. Fa koa, ereo dra tokony hanopo
anireo hatragny hatragny. Fa reo topo ze napia tamigny asan'ereo dra pino vo tia. Apianaro vo talilio reo raha
reo.[3]Hevero fa gny olo dra mapianasy amigny fomba hafa vo sy magneky gny fanoroasika ara-pinoa, ze, zakan'i
Jesosy Kristy Toposika. Hevero fa ereo dra sy magneky gny fapenara ze minday agny amigny toera araky
an'Agnahary. [4]Ze olo zehoky dra merehareha vo sy mahalala na ino na ino. Fa koa, izy dra molan'ireo alihevisy vo
reo fandresen-dahasy momba anireo zaka reo. Reo zaka reo dra miteraky felogna, fanevateva, ahiahy rasy, [5]dra
gny fifandogna eo amireo olo maloto fandinia. Miala amigny mary ereo. Mihevisy izy fa toetra araky an'Agnahary
gny fomba ahavia ho panandraha. [Fagnamariha: Gny fandika taloha ilany dra magnapy ho: "Mela amigny raha
manahaky anizay". Fa gny fandika taloha soa dra sy magnapy izay.][6]Dra gny tora araky an'Agnahary miaraky
amigny fahafaha-po dra tombony lahibe. [7]Akory isika dra sy ninday na ino na ino amizao totolo izao. Sy hahavita
hinday na ino na ino isika. [8]Fa koa, aoky isika ho afa-po amigny hany vo gny fekazoa.[9]Dra reo ze te ho lasa panan-
draha dra lasaky ao agnatinigny faka-panahy, ao agnatinigny fandriky. Lasaky tao agnatinigny hamola vo reo
filana mapidi-doza maro ereo, vo meraky reo hafa mandetiky reo olo ao amigny faharava vo gny fandringa.
[10]Akory fotos'ireo karaza-drasy aby magniry anizay dra fa voavily niala tamigny finoa dra nanindro gny
vatan'ereo fahoria lahibe.[11]Fa hanao, ry lelahin'Agnahary, mienga reo raha reo. Miezaky mitalia gny fahamarigna,
gny toetra araky an'Agnahary, gny fahareta dra gny hasoafagnahy. [12]Mialia gny aly soanigny finoa. Hazogny gny
fiegna mandrakizay fa ho amizay gny nitokava anao. Izay dra momba gny nizoroanao vavolombelo gny amizay
hanao teo agnatrehan'ireo vavolombelo maro tamize soa.[13]Izaho dra magnome anao ize lily zay eto
agnoloan'Agnahary, ze nahavy gny raha aby ho velo, dra eo agnatrehan'i Kristy jesosy, ze nizaka gny mary teo
agnatrehan'i Pontio pilato: [14]Tehirizo soa gny lily, simana-signy, mandra-pisehonigny toposika Jesosy Kristy.[15]Gny
zagnahary dra maneho gny hisehoany amigny fotoa tokony ho izy_ Zagnahary, gny ray ze nitahy, gny hery toka,
gny pazaka ze mazaka, dra gny Topo ze manapaky. [16]Ereo avo gny mana gny sy fahafatesa dra mitoby eo amigny
hazava sy azo hagnatogna. Sy misy olombelo mahita anazy na afaky magnety anazy. Ho anazy anie gny
voninahisy vo gny hery mandrakizay. Amena[17]Zakao gny panan-draha amizao totolo zao ba sy hirehareha, vo
manategna gny vara, ze sy azo atoky. Fa koa, tokony hanategna an'Agnahary ereo. Magnome asika gny hareny
mary aby Izy ba hifaliasika. [18]Zakao ereo ba hanao gny sao, ba hanandraha amigny asa soa, ba halala-tagna, dra
vonona hagnome. [19]Amizay fomba zay, dra ho tehirizin'ereo gny fotosy soa ho anigny vatany amize hoavy, dra
hihazognany gny zaka fiegna.[20]Ry Timoty, arovy ze natolosy anao. Ialao gny zaka mola vo gny fandresen-dahasy
minohisy momba gny fitokava sy izy gny amizao atao ho fahalala.[21]Gny olo ilany dra mitalily an'ze raha zay ko
dra sy nahasiaro gny ninoany ereo. Ho amindrareo anie gny fahasoava.

# 2 Timothy

Chapter 1

[1]Paoly, apostolin'i Kristy Jesosy tamigny alalanigny sitrapon'Agnahary, araky gny fapanatenanigny fiegna ze ao
amin'i Kristy Jesosy, [2]an'i Timoty, zanaky tia: Fahasoava, fiatra, dra fedagna boak'amin'Agnahary gny Ray vo i
Kristy Jesosy Toposika.[3]Misaotra an'Agnahary zaho, ze Topoko boak'amireo razambeko, miaraky amigny feonigny
fierisereta malio, manahaky gny hahasiarovako anao mandrakariva amigny fivavahako andro aman'aly.
[4]Manahaky gny hahasiarovako reo ranomasonao, magniry fatrasy gny hahita anao zaho, dra mety ho feno hafalia
zaho. [5]Napahasiahivy taminahy gny finoanao mary, ze niay volohany tao amigny renibenao Loisa vo gny reninao
Eonisa, dra resy lahasy zaho zao fa miay ao aminao avo koa.[6]Izay gny tokony apahasiahiviho anao ba hapesanao
ndraiky gny fagnomezan'Agnahary aminao amigny alalanigny fametrahako tagna. [7]Fa Zagnahary sy nagnome
fagnahinigny tahisy asika, fa gny hary vo fitiava dra fifeheza-tegna.[8]Ka megnasy amigny fizoroa vavolombelo
mombanigny Toposika, na aninahy, Paoly, gny gadrany. Fa koa, mizara amigny fahoria gny filazasara araky gny
herin'Agnahary. [9]Fa Zagnahary gny namozy asika vo nitoka asika tamigny toka masy. Nanao anizay Izy, sy noho
reo asasika, fa nohonigny drafisy ze fa nataony vo gny fahasoavany. Na dre bo sy niandoha aza gny fotoa dra fa
nagnome asika anireo raha reo tao amin'i Kristy Jesosy Izy. [10]Fa amizao gny famozen'Agnahary dra zinaka
tamigny alalanigny fesehoan'i Kristy Jesosy pagnavosy asika. Kristy ze nagnafoa gny fahafatesa vo nianday fiegna
ze sy ho tapisy mandrakizay ba hagnazava amigny alalanigny filazasara. [11]Noho izay, dra voatondro ho pitory

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

teny zaho, ho apostoly, dra ho papianasy. [Fagnamariha: Reo dika zaka ilany dra magnapy ho: "Ho anigny
Jentilisa."][12]Fa noho izay atony zay dra mizaly amireo raha reo avo koa zaho. Fa sy megnasy zaho, akory fataso Izy
gny ninoako. Resy lahasy zaho fa afaky mita ze fa nakiniki taminazy Izy mandra-pahavian'izay andro zay. [13]Tano
gny ohasy momba reo hafasy gny finoa ze rendrareo vo gny fitiava ze ao amin'i Kristy Jesosy. [14]Gny raha soa ze
nataon'Agnahary taminao, ambeno amigny alalanigny Fagnahy Masy zay, ze miay ao amisika.[15]Fasao zay, fa ze
nitoby tagny Azia aby dra nivadiky taminazy. Ao amin'io fikambagna io reo Fizelio vo reo Hermozena. [16]Enga anie
gny Topo hagnome famindra-po amigny tokatragnon'i Onesiforo, akory namelombelo anahy matetiky izy dra sy
megnasy tamigny gadrako. [17]Fa koa, gny fa tagny Roma izy, dra nitalia anahy fatrasy, dra nahita anahy izy. [18]Gny
Topo anie haneho anazy dra hahita gny famindra-po boaky aminazy amizay andro zay. Reo fomba aby
nagnapiany anahy tao Efesosy, dra fatandrareo soa.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 2

[1]Noho izay hanao, ry zanako, mahereza ao amigny fahasoava ze ao amin'i Jesosy Kristy. [2]Reo raha rendrareo
boaky aminahy teo agnatrehanigny vavolombelo maro, dra akino amigny olo matoky ze afaky hapianasy gny
ilany koa.[3]Miareta raha sarosy miaraky aminahy, manahaky gny maramila soan'i Jesosy Kristy. [4]Sy misy maramila
manopo raha bo voafandik'ireo rahaharan'izao fiegna zao, ba hafahany mapifaly gny lehibeny. [5]Raha misy olo
mifanina manahaky gny atleta, dra mitakasy gny satro-boninahisy izy raha sy mifanina amigny alalan'ireo
fisipiky.[6]Taliavy gny fandresanigny pamboly ze miasa fatrasy gny azara vokasy volohany. [7]Saigno gny momba ze
zakako, fa gny Topo gny hagnome andrareo gny fahatakara amigny raha aby.[8]Sarovy Jesosy Kristy, boaky amigny
taranak'i Davita, ze nasanga tamireo maty. Izay dra araky gny hafasy gny filazasarako, [9]ze mapizaly anahy gny
amigny famehea manahaky gny panopo olo. Fa gny zakan'Agnahary dra sy voafehy. [10]Noho izay hiaretako gny
raha aby ho an'ireo voafily, ba ho amin'i Kristy Jesosy avo koa ereo, miaraky amigny voninahisy mandrakizay.[11]Ty
tany tihoky dra mendri-pitokisa: "Raha maty nindray taminazy isika, dra ho velo hindray aminazy avo koa.
[12]Raha miarisy isika, dra hagnaza hiaraky aminazy avo koa. Raha manda anazy isika, dra handa asika vo koa Izy.
[13]Raha sy mahatoky isika, dra hahatoky avo izy, akory sy afaky manda gny vatany Izy."[14]Apahasiahivo anereo
hatragny reo raha reo. Apitandremo eo agnatrehan'Agnahary ereo ba sy hifamaly momba reo zaka reo. Noho io
dra sy misy raha taliavy. Noho io dra misy fahasola ho an'ireo ze miteno. [Fagnamariha: gny dika zaka ilany dra
mivaky ho: "Apitandremo eo agnatrehan'Agnahary ereo] [15]Ameo gny soa boak'aminao ba hanoloranao vata ho
an'Agnahary manahaky gny akatoavy, piasa ze sy mana atony hahamegnasy, ze mapianasy gny zakany
fahamarigna amigny tokony ho izy.[16]Ialao gny zaka rasy, ze minday sikelikeky agny amigny faharasia-pagnahy.
[17]Gny zakan'ereo dra hiely manahaky gny fery mandoaky. Eo agnevon'ireo Hymeneo vo Fileto. [18]Ereo gny lelahy sy
ba nahay gny mary. Mizaka ereo fa gny fisanga amigny maty dra fa niboaky. Solan'ereo gny finoanigny ilany.[19]Na
dre izay aza, gny fotosy fatrasy orin'Agnahary dra mizoro. Mana ty sorasy tihoky: "Gny Topo dra mahafatasy reo
ze anazy." vo "Ze manogno gny agnaranigny Topo aby dra sy maisy miala amigny sy fahamarigna." [20]Ao amigny
tragnonigny panan-draha, dra sy reo pisy volamena vo volafosy avo koa gny ao. Misy avo koa reo pisy hazo vo
tanimanga. Gny ilany amireo dra hapesa amim-boninahisy, dra gny ilany ho amigny fangalam-baraka. [21]Raha
misy olo magnalio gny vatany ho afaky amigny fahafaham-baraka, dra fitoboha mana-kaza izy. Izy dra voatoka,
taliavinigny Topony, dra voaoma amigny asa soa aby.[22]Menga an'ireo filanigny tanora. Mikasaha fahamarigna,
finoa, fitiava, dra fihavagna miaraky amireo ze mitoka gny Topo amigny fo malio. [23]Fe seky melegna reo
fagnotania molamola vo sy misy fotony. Fatasao fa miteraky aly reo.[24]Gny panoponigny Topo dra sy tokony
mifalisy. Fa koa sy maisy malemy fagnahy amigny raha aby izy, mahay mapianasy, vo maharin-draha. [25]Sy maisy
ao amigny fahaleme-pagnahy gny apenarany reo ze manohisy anazy. Fa vasa i Zagnahary mety hagnome anereo
fibebaha ho anigny fahalala gny mary. [26]Mety holy ndraiky gny fisaignan'ereo dra hagnenga gny fandriky gny
devoly, gny fa avy nisamboriny tamigny sitrapony.

Chapter 3

[1]Fa fataro zao: amireo andro farany dra sy hisy reo fotoa-sarosy. [2]Akory gny olo ho tia tegna, tia vola, ho
pirehareha, ho pandoka tegna, ho panevateva an'Agnahary, sy manoa ray amn-dreny, sy misaotra, vo sy masy. [3]Sy
hana-pitiava gny fianakavia ereo, panohitohisy, ho pagnendrikendriky, sy hahafehy tegna, hahery setra, sy ho tia
gny soa. [4]ho pamadiky ereo, sy misy eriserisy, pagnambony tegna, tia fahafinareta mihoasy noho reo tia
an'Agnahary.[5]Hana gny toetra manahaky an'Agnahary ereo, kanefa dra handa gny heriny. Miala amireo olo reo.
[6]Akory gny ilany tamireo olo reo dra reo lelahy ze milisy ao atokatragno dra mahababo reo apela mola. Reo gny
apela ze sy afaky amigny fahota vo voatariky amireo fila samihafa. [7]Reo apela reo dra mianasy avo, kanefa sy ho
avy amigny fahafatara gny fahamarigna mihisy.[8]Manahaky anizay avo koa i Jana vo i Jambra nisanga nanohisy
an'i Mosesy. Tamizay dra nisanga avo koa reo papianasy sandoky reo hanohisy gny mary. EReo dra lelahy sy
salama say, sy akasitrahany tamigny finoa. [9]Fa sy handroso lavisy ereo. Akory gny hamolany dra ho hita mazava
amigny olon'aby, manahky gny anireo lelahy reo.[10]Fa raha handrareo koa, dra fa nagnaraky gny fapenarako, gny
fitondra, gny fikasa, gny finoa, gny fahareta-po, gny fitiava, gny fahareta, [11]reo fagnezeha, reo fizalia, vo ze
nitranga taminahy tagny Antiokia, tagny Ikonioma dra tagny Lystra. Niarisy reo fagnezeha zaho. Boaky amireo
aby reo, dra namozy anahy gny Topo. [12]Ze tehiay araky gny fomban'Agnahary ao amin'i Kristy Jesosy dra ho kinia.
[13]Reo olon-drasy vo reo pisandoky dra ho agny amigny rasy hatragny. Ereo dra hitariky reo olo-kafa ho agny
amigny lalan-diso. Dra ereo vatany dra ho voatariky amizay koa.[14]Fa raha handrareo koa, mitoby ao amireo raha
ze fa nianarandrareo vo ze fa ninoandrareo fatrasy ho avy amin'iza gny fa nianarandrareo. [15]Fatandrareo fa
hatramigny fahazaza dra fa nahay reo asa sarasy masy handrareo. Reo dra hahavita hahahendry andrareo ho
amigny famezena amigny alalanigny finoa an'i Jesosy Kristy.[16]Gny sorasy Masy aby dra avy amigny
sindrimandrin'Agnahary. Izay dra tomony ho anigny foto-papianara, ho anigny fanondroa reo diso, ho anigny
fagnisia, dra ho anigny fapiofagna amigny fahamarigna. [17]Izay dra ba hahaavy gny lelahin'Agnahary hahay gny
soa, vo ho voaoma tateraky amigny asa soa aby.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 4

1Izaho dra magnome ty lily sarosy tihoky eo agnatrehan'Agnahary vo Jesosy Kristy, ze hisara gny velo vo gny
fazaka: 2Mitoria gny zaka. Mivonogna na amigny fotoa na sy amigny fotoa na tsy amigny fotoa. Magnanara,
mizaka mafy, mapirisiha, ami-pahareta vo gny fapianara aby.3Akory ho avy gny fotoa ze sy hazakanigny olo gny
feonigny fapianara. Fa koa, ereo dra hisafidy papianasy ho anazy araky reo fagniriany manoka. Reo dra
hagnitikitiky gny sofin'ereo. 4Hangalaky gny fitenoan'ereo amigny fahamarigna reo, dra hivily ho agny amireo
vandy. 5Kanefa handrareo, erisereto soa gny raha aby. Hiareto gny raha sosotra; atovy gny asanigny evazelista;
tateraho gny fanopoandrareo.6Akory fa hatolosy sahady zaho. Fa avy gny fotoa hialako. 7Izaho dra fa nahavita
gny aly soa; fa nahavita gny hazakazaky zaho; fa nitanako gny finoa. 8Gny satro-bononahisy gny fahamarigna dra
fa voatoka ho anahy, ze hamenigny Topo, gny pisara mary, ho anahy amizay andro zay, dra sy ho anahy raiky avo,
fa ho anireo ze fa nitia gny fesehoany aby.9Ameo ze soa aby boaky aminao ba handehana aminahy atiky malaky.
10Akory i DEmasy fa nagnenga anahy. Tiany zao totolo zao dra fa nandeha tagny Tesalonika izy. Kreska dra
nagnagny Galatia, dra Titosy agnagny Dalmatia.11Lioka raiky avo gny mindray aminahy. Alao i Marka dra andeso
izy miaraky aminao akory taliaviko amigny asa izy. 12Tykiko dra nalefako tagny Efesosy. 13Gny lamba ze nangako
tao Troasy miaraky amigny Karpo, andeso igny gny fa avy hanao, dra reo boky, indrindra reo mifogno holisy.
14Alksandro gny panefy varahy dra napiharihary asa rasy maro taminahy. Gny Topo dra hamaly anazy araky reo
asany. 15Hanao avo koa dra tokony hitandry gny vatanao aminazy, akory izy dra manohisy fatrasy reo zakanay.
16Tamigny ferova-tegnako volohany, sy nisy nanoha anahy. Nefa koa, gny olon'aby nagnenga anahy. Aoky ba sy ho
voaheloky amizay ereo.17Fa gny Topo dra nisanga teo agnilako dra nakahery anahy omba maigny alalako, gny
fagnambara dra afaky taterahy tateraky, dra ba afaky hahare reo Jentilisa aby. Izaho dra avosy tamigny
vavanigny lio. 18Gny topo dra hagnavosy anahy amigny asa rasy aby dra hamozy anahy amigny fazakany agny an-
dagnisy. Ho anazy anie gny voninahisy mandrakizay doria. Amena.19Atovy veloma i Prisila, i Akoila, dra reo
akohonan'i Onesiforosy. 20Erasto dra nitoby tao Korinto, fa i Trofimo dra nengako fa narary ao Mileto. 21Omeo ze
soa boaky aminao ba ahaviako alohanigny riririniny. Manao veloma anao i Eolobolo, dra Poda avo koa, Lino,
Klaodio, dra reo rahalahy aby. 22Hindray amigny fagnahinao anie gny Topo. Ho amindrareo anie gny fahasoava.

# Titus

## Chapter 1

1Paoly,mpanompon'Agnahary dra Apostolin'i Jesosy Kristy,hagnamafy gny finoan'gny olom-boafilin'Agnahary vo
gny fahalala gny mary ze magnaraky gny toe-pagnahy araky an'Agnahary, 2amin'gny fahatokisa gny fiaigna
mandrakizay,ze nampanatenain'Agnahary,gny sy mavandy,fony fahagola.3Tamin'gny fotoa voatondro,dra
nasehony gny zakany tamin'gny hafasy ze natokisany ho ampitako.Nataoko zay araky gny didin'Agnahary gny
Mpamizy asika.4Ho an'i Titosy,zanaky mary ao amin'gny finoa hiombognasika.Fahasoava vo fiadana laha
tamin'Agnahary gny Ray vo Jesosy Kristy Mpamozy asika.5Noho zao atony zao gny nagnangako anao tagny
Kreta,dra gny ba handaminanao reo raha bp sy vita vo hanendry loholo isaky gny tana araky ze fa nandidiako
anao.6Gny loholo dra sy tokony hanasigny mihisy,valin'gny ampela raiky,mana zanaky mino sy voapanga ho
manara-po amin'gny rasy dre milisy.7Gny taliavin'gny pitandry,amin'gny maha-panao gny asan'Agnahary,gny sy
fanagna-siny.Sy tokony hahery fizaka dre mirehareha. Sy tokony ho mora ory,sy mpimamo,sy tialy,dra sy olo tia
vola.8Fa dra,tokony hampiatragno izy,sakaizany ze soa.Sy maisy mahonovata,mary, masy ,dra mahafehy vata.
10Fa maro gny olo mpitraboky,indrindra reo ze voafora.Sy misy lazany gny zakan'ereo.Mandiso fanatena vo
mitariky gny olo agny amin'gny lala-diso ereo. 11Taliavy gny manaka anazy io. Mampianasy gny sy tokony
hampianary ereo ba ahazoa harena maloto dra mandrava gny fianakavia manotolo.12Nisy raiky tamin'ereo,ze
lelahy hendrin'ereo,nilaza ho:''Gny Kretana dra mpavandy mandrakariva,rasy dra biby mandoza,kamo be tia
hany.''13Mary zay voazaka zay,noho zay anaro fatrasy ereo ba hatazaky amin'gny finoa.14Ka miraharaha gny
tafasiran'i Jiosy dre gny didin'gny olo ze niala tamin'gny fahamarigna.15Ho an'ereo ze malio,dra malio gny raha
iaby.Fa ho an'ereo ze voaloto vo sy mino koa,dra sy misy malio dre ino dre ino.Noho gny say vo gny fieritseretany
fa voaloto.16Mety fa mahay an'Agnahary ereo,kanefa manda Anazy amin'ereo asany. Mpalaiky vo mandika lalana
ereo.Sy mahavita asa dre ino dre ino.

## Chapter 2

1 Fa anao dra,mizaka ze mifagnaraky amin'gny Fapianara mary.2 Reo lelahy fa nahazo tao dra sy maisy mahay
minday vata,motina,mahono-tena,matazaky amin'gny finoa, amin'gny fitiava, dra amin'gny fahareta.3 Manahaky
anizay gny ampela fa nahazo tao dra tokony hapiseho hatrany gny vatan'ereo ho soa fandesa,fa sy pifosa. Sy
tokony ho andevozin'gny divay be ereo.Tokony hampianasy ze soa ereo 4 ba hampiofa reo ampela tanora ho tena
tia gny valy vo gny zanany manoka. 5 Tokony hampianasy anazy reo hahono-tena, halio hikarakara tokatrano
soa,dra hakato gny valiny ereo.Tokony hanao anizay raha iaby zay ereo ba sy ho voaheso gny zakan'Agnahary.
6 Tahaky anizay,ampaherezo reo lelahy bo tanora ba hahono-tegna. 7 Amin'gny fomba aby dra asehoy gny vatanao
ho modelin'ereo asa soa; dra gny fa mapianasy anao,dra manehoa fahisia vo fahamendreha.8 Mizaka hafasy
salama vo sy misy signy,ba ho megnasy ze manohisy dre iza dre iza, satria sy mana dre ino dre ino rasy ho zaka
momba asika izy.9 Reo mpanompo dra tokony hakato gny topony amin'gny raha-iaby. Hanao ze sitrapony fa sy
hifamaly aminazy. 10 Sy tokony hangalangalasy ereo. Fa dra,tokony haneho gny finoa soa iaby ereo,ba
hampahamendriky gny fampianarasika momba an'Agnahary pamozy asika amin'gny lafiny aby.11 Fa niboaky
tamin'gny olo-iaby gny fahasoavan'Agnahary.12 Mampianasy asika handa gny toesy st araky aAgnahary vo gny
filan'izao totolo zao .Mampianasy asika hiay am-pihonogna, ampahamarigna,dra araky gny lalan'Agnahary
amin'izao vanim-potoa zao zay 13 eo am-pembenasika gny fanatena mahafinarisy,gny fisehoan'gny voninahisy gny
Zagnaharisika lahibe vo Mpamozy Jesosy Kristy.14 Jesosy dra nanolosy gny vatany ho asika ba hagnavosy asika
hiala amin'gny sy fagnarahan-dala iaby vo hagnaliova,ho agny vatany,olo raiky manoka ze tena mazoto hanao
asa soa.15 Ambarao dra andeso ampaherezina reo raha reo. Magnomeza fagnisia amin'gny fahefa iaby.Ka anga
hisy olo hanao sinosino anao.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 3

[1]Ampaherezo ereo haneky reo mpanapaky vo reo manam-pahefa,hakato anazy reo,ho vono amin'gny asa soa aby.
[2]Ampasiahivo ereo sy hikizaky na iza na iza, hiala amin'gny alihevisy,hamela gny hafa hagnaraky gny lalany,dra
hapiseho fanetre-tegna amin'olo iaby.[3]Fa teo aloha gny vatasika dra sy nanasigny dra sy tia. Voatariky tamin'gny
lala-diso isika dra nandevosin'gny fitaliava vo gny fahafinareta samihafa. Niay tao amin'gny faharasia vo gny
fialogna isika.Niala zahay dra nifakalaiky isika.[4]Fa gny niboaky gny hasoam-pagnahin'Agnahary mpamozy asika
vo gny fitiavany gny olombelo, [5]dra sy tamin'gny asa gny fahamarigna nataosika zay,fa tamin'gny famindram-
pony gny namozeny asika. Izy dra namozy asika tamin'gny alalan'gny fanaliovan'gny fahateraham-baovao vo gny
fanavaoza tamin'gny Fanahy Masy.[6]Zagnahary nandrosaky maro tamisika gny Fanahy Masy tamin'gny alaln'i
Jesosy Kristy Mpamozy asika. [7]Nataony zay ba,ho voamary tamin'gny fahasoava,dra ho avy mpandova isika
amin'gny alalany fahatokisa gny fiaigna mandrakizay.[8]Ze hafasy zay dra mendri-pitokisa .Tiako hizaka momba
anizay raha zay am-pahatokisa andrareo, ba reo ze mahatoky an'Agnahary dra hikasa hanao reo asa soa ze fa
napetrany teo alohan'ereo.Zay raha zay dra sady soa gny mahasoa ho agny olo iaby.[9]Fa hialao gny alihevisy sy
mazary vo gny tataram-pirazagna dra gny fifagnakania vo gny aly momban'gny lalana.Reo raha reo dra rava-
fahatany vo sy mahasoa. [10]Manda ze olo miteraky fizarazara eo agnevondrareo aby,tafarany fampitandrema
draiky na ro,[11]dra fataro gny olo ohasin'izay dra niala tamin'gny lala mary dra manota vo magnameloky gny
vatany.[12]Gny fa magniraky an'i Artema na Tykiko agny amindrareo zaho,dra malakia dra mandehana agny
aminahy agny Nikopolia, ze nanapahako hevisy andania gny ririna. [13]Malakia dra alefaso Zena,gny mpahay
lalana,vo Apolosy, ba sy hana-raha mahory ereo.[14]Gny olosika dra sy maisy mianasy manao asa soa ze taliavy
meky ba sy ahavy anazy reo sy hamokasy.[15]Reo aby miaraky aminahy dra manao veloma andrareo. Manova
veloma reo ze tia asika amin'gny finoa . HO amindrareo aby seky gny fahasoava.

# Philemon

Chapter 1

[1]Paoly, voagadra an'i Jesosy Kristy, vo gny rahalahy Timoty ho an'i Filemona, hava malalanay vo piara-miasa
aminay, [2]dra ho an'i Apia anabaviny, vo Arkipo maramila havanay, dra ho anigny fengona ze miango ao
atragnonao. [3]Ho amindrareo anie gny fahasoava vo gny fedagna boak'amin'Agnahary raisika vo i Jesosy Kristy
Topo.[4]Misaosy gny Zagnahariko hatragny zaho. [5]Manogno anao zaho amigny fivavahako. Fa nahare gny amigny
fitiava vo gny finoa ze anagnanao ao amin'i Jesosy Topo dra ho an'ireo pino aby zaho. [6]Mivavaky zaho ba hahavy
gny fiombogna amigny finoanao hahomby amigny fahalala gny raha soa aby ze eo amisika ao amin'i Kristy. [7]Fa
nana fifalia vo fionogna lahibe zaho nohonigny fitiavanao, akory gny fon'ireo pino dra nivelombelomy tamigny
alalanao, ry rahalahy.[8]Noho izay, na dre mana fahavania ao amin'i Kristy aza zaho nandidy anao ba hanao ze
tokony hataonao, [9]nefa nohonigny fitiava, dra mitoka anao koa zaho- izaho, Paoly, lelahy atisy, dra amizao gadra
ho an'i Jesosy Kristy.[10]Mangataky anao zaho gny amigny zanako Onesimosy, ze naterako tamigny fehiko. [11]Fa izy
dra sy nahasoa anao teo aloha, fa amizao izy dra mahasoa anao vo i zaho. [12]Nalefako nihery ho agny aminao izy,
izy gny tiako vatany. [13]Magniry gny hita anazy hiaraky aminahy zaho, ba hahafahany manopo anahy ho anao,
raha bo voafehy nohonigny fizakasoa zaho.[14]Nefa sy te hanao na ino na ino raha sy misy gny fagnekenao zaho. Sy
tiako ho akatere gny asa soa ataonao fa asitrapo. [15]Vasa noho izay gny nisarahany taminao nandrisy gny fotoa
fohy, ba hanagnanao anazy mandrakizay. [16]Sy ho andevo sasy izy, fa soa mihoasy noho gny andevo, dra rahalahy
malala. Izy gny malala indrindra aminahy, dra mihiasy lavisy ho anao, na ao amigny nofo na ao amigny Topo.[17]Ko
rah mana anahy ho piara-miasa hanao, dra takaro manahaky anahy izy. [18]Raha manao gny sy mety izy na mitrosa
na ino na ino aminao, dra atovy ho anahy zay. Izaho, Paoly, manorasy anizao amigny tagnako: [19]Izaho gny handoa
aminao. Sy mizaka aminao ho mitrosa gny vatanao aminahy hanao. [20]Eh, ry rahalahy, atovy mahazo tombony ao
amigny Topo zaho; ameo fisahara gny foko ao amin'i Kristy.[21]Gny toky momba gny fakatoavanao, gny soratagnako
ho anao. Fataso fa hanao mihoasy noho ze angatahiko hanao. [22]Mandrisy anizay fotoa zay avo koa, omano ho
anahy gny efisy fandresam-bahiny, fa manategna zaho fa amigny alalanigny vavakao dra hahery aminao ndraiky
zaho.[23]Epefra, namako mindary gadra ao amin'i Jesosy Kristy, manao veloma anao. [24]Manahaky anizay koa i
Marka, Aristarko, Demasy dra Lioka, piara-miasa aminahy. [25]Ho amigny fagnahindrareo anie gny fahasoavan'i
Jesosy Kristy Toposika. Amena.

# Hebrews

Chapter 1

[1]Taloha ela be Zagnahary dra nizaka tamigny razambesika tamigny alalan'ireo paminany tamigny fotoa maro vo
tamigny fomba maro. [2]Fa amizao andro farany izao, dra nisaraky tamisika tamigny alalanigny zanadahiny Izy,
Zay nitendreny ho pandova gny raha aby. Tamigny alalany avo koa gny naharian'Agnahary anizao totolo izao.
[3]Izy gny famirapiratanigny voninahin'Agnahary, gny endrikiny gny vatany aby. Na gny raha aby aza dra
hazogniny hindray amigny alalanigny herinigny vatany. Tafaranigny nagnaliovany reo fahota, dra nitoby teo
ambaninigny tagnan'akavananigny Lahibe agny amigny avo izy.[4]Lasa ambony manahaky reo azely Izy, akory gny
agnara nilovany dra soa lavisy noho gny agnaran'ereo. [5]Fa iza tamireo azely gny ba nizakan'Agnahary ho:
"Zanako hanao, zaho lasa babanao androany" Dra indraiky ho: "Ho ray ho anazy zaho, dra izy ho zanako ho
anahy"?[6]Dra gny fa ninday gny lahimatoa teto amin'izao totolo izao Zagnahary, dra nizaka Izy ho: "Reo
azelin'Agnahary aby dra sy maisy midera anazy." [7]Momba reo azely dra nizaka Izy ho: "Izy gny raiky nanao reo
azeliny ho fagnahy, dra reo panopony nataony lelan'afo."[8]Fa mombanigny Zanaky dra hoy Izy ho: "Gny seza
fiandriananao, ry Zagnahary, dra mandrakizay dra ho doria. Gny tehinigny fazakanao dra tehinigny fisara. [9]Nitia
gny fahamarigna hanao dra nalaiky gny fandikan-dalana. Noho izay zagnahary, zagnaharinao, dra nanososy
anao tamigny menaky gny hafalia mihoasy noho reo piara-dia aminao."[10]"Tagny amboloahany, ry Topo, Ianao gny
namoro gny fotosy gny tany. Reo lagnisy dra asanigny tagnanao. [11]Ho levo ereo, fa Hanao hanohy. Ho rota
manahaky gny tapa-damba ereo. [12]Hamorisy anereo manahaky gny fekazoa hanao, dra hova manahaky gny poti-
damba ereo. Fa hanao dra manahaky anizay, dra gny taonao dra sy hana-pahatapera."[13]Fa iza tamin'ireo azely
gny nizakan'Agnahary taminigny fotoa ho: "Mipetraha eo amigny tagna akavanako mandra-panovako reo
fahavalonao ho seza ho anigny tombokao"? [14]Moa ra reo azely aby sy fagnahy manopo, vo nalefa hiahy reo ze
handova gny famozena?


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 2

[1]Noho izay isika dra sy maisy mitandry bebe kokoa amize resika, ba sy hagnara-drenirano amizay isika.[2]Fa raha
mary gny hafasy ze nizaka tamigny alalan'ireo azely, dra gny fandika-dalana aby vo gny sy fakatoava dra
mitakasy sazy ara-drariny, [3]dra ino amizay gny hafahasika mienga raha sy miraharaha anizay famozena lahibe
loasy zay sika? Io gny famozena ze zinakanigny Topo volohany vo nihamafisin'ireo ze nahare anizay tamisika.
[4]Tamin'io fotoa io avo Zagnahary dra nagnaporofo anizay tamigny famatara, fahagaga, dra asa mahery samihafa,
dra tamigny fizara reo fagnomeza-pahasoavanigny Fagnahy Masy araky gny sitrapony.[5]Fa sy tamigny azely gny
napagneken'Agnahary anizao totolo izao ho avy, momba ze zakasika. [6]Fa koa, nisy olo nizoro vavolombelo an'izay
tagny ho agny, manao anizahoky ho: "Ino gny olo, gny mandiniky anazy hanao? Na gny zanak'olo, gny
mikarakara anazy hanao?[7]Hanao dra nanao gny olo ambany noho reo azely; nisatrohinao satro-boninahisy
tamigny voninahisy vo dera izy. [Fagnamariha: Gny dika-zaka ilany taloha dra miapy ho: "Dra hanao nametraky
anazy agnabon'ireo asany tagnanao."] [8]Gny raha aby dra napagnekenao eo ambaninigny tombony." Fa ho anazy
gny napagneken'Agnahary gny raha aby. Sy nagnenga na ino na ino izy dra sy napagneke anazy. Fa amizao isika
dra sy bo mahita gny raha aby napagneke anazy.[9]Fa isika mahita gny raiky ze nataony ambany noho reo azely
nandrisy gny fotoa siapy: Jesosy, ze nohonigny fizaliany vo gny fahafatesany, dra nisatrohy satro-boninahisy
tamigny voninahisy vo dera. Dra amizao tamigny alalanigny fahasoavan'Agnahary, gny nagnandramany gny
fahafatesa ho anigny olon'aby. [10]Fa mety amin'Agnahary zay, akory gny raha aby dra misy ho anazy vo amigny
alalany, ba hinday zanaky maro ho agny amigny voninahisy. Mety aminazy gny hahaavy gny pitariky gny famoze
anereo ho feno amigny alalanigny fizalia.[11]Fa na gny olo ze magnamasy na reo ze voamasy dra mana loharano
raiky. Noho izay dra sy megnasy mitoka anaereo ho rahalahy izy. [12]Hoy Izy ho: " Hitalily gny agnaranao amireo
rahalahiko zaho, hihira gny momba anao aboak'ao agnatinigny fivondrogna zaho."[13]Dra koa, " Hatoky anazy
zaho." Dra: "Indro, andeso zaho vo reo zanaky ze namen'Agnahary anahy." [14]Noho izay, akory nofo aman-dio reo
zanan'agnahary, dra nizara raha manahaky anizay nindray tamin'ereo avo koa Jesosy , ba ho amigny alalanigny
fahafatesa gny fahafoagnany gny raiky ze mana gny herinigny fahafatesa, dra gny devoly zay. [15]Izay dra ba
hagnafahany reo aby ze nohonigny tahosy gny fahafatesa dra niay gny fiegnan'izy aby reo Tao amigny
fagnandevoza.[16]Fa mazava ho azy fa sy azely gny vozeny; fa koa, gny taranak' i Abrahama. [17]Noho izay dra
mendriky anazy gny atao manahaky anireo rahalahy amigny fomba aby, ba ho pisorom-be feno famindra-po vo
fahatokisa Izy amigny fifandresa amireo rahan'Agnahary, dra ba hinday momba gny famela reo fahotanigny olo.
[18]Akory Jesosy mihisy gny nizaly vo nala fagnahy, dra afaky magnapy reo ze ala-pagnahyIzy.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 3

[1]Noho izay, ry rahalahy masy, nizara gny tokanigny lagnisy handrareo. Diniho gny momban'i Jesosy, gny apostoly
vo pisorom-be ze ekesika. [2]Izy dra natoky an'Agnahary, ze nanendry anazy, manahaky an'i Mosesy ze nahatoky
tao at-tragnon'Agnahary avo koa. [3]Fa Jesosy dra fa niresy mendriky gny voninahisy lahibe noho Mosesy, akory ze
magnory gny tragno gny mazaka bebe kokoa noho gny targno. [4]Fa gny tragno aby dra nisy olo nagnory, fa gny
raiky ze nagnory gny raha aby dra Zagnahary.[5]Amigny lafi ny raiky, Mosesy dra natokisa manahaky panopo tao
an-tragnon'Agnahary raiky manotolo. Izy gny vavolombelo momba anireo raha ze tokony fa nizaka amigny ho
avy. [6]Fa Kristy gny Zanaky miandraikisy gny tragnon'Agnahary. Isika gny tragnony raha ohasy mihazo fatrasy gny
hare-po vo gny fahatokisasika isika.[7]Noho izay, izay dra manahakigny zakanigny Fagnahy masy ho: "Amiza, raha
mahare gny feony handrareo [8]dra ka magnamafy manahaky gny amigny fikomia, amigny fotoanigny fisapa agny
agnefisy.[9]Manahaky anizay gny razambendrareo aby nikomy tamigny alalanigny fisapa anahy, dra gny fa,
nandrisy gny efapolo tao, dra hitan'ereo gny asako. [10]Noho izay dra sy faly zaho amin'io taranak'io. [11]Hoy zaho ho:
'Iza reo dra voatariky mandrakariva agny amigny lalandiso ao am-pony. Sy nahafatasy gny lalako ereo.
Manahaky anizay gny nianiagnako tamigny fahoriako ho: 'Sy hilisy ao amigny fisaharako velively
ereo.'"[12]Mitandrema, ry rahalahy, ba sy hisy dre raiky amindrareo aza gny hana fo rasinigny sifinoa, fo ze miala
amin'Agnahary velo. [13]Fa koa, mifapahereza isan'andro, raha bo misy gny atao ho: 'Amizao" ,ba sy hisy
amindrareo ho fatra-po amigny alalanigny fitaky gny fahota.[14]Fa isika dra lasa piara-miasa amin'i Kristy raha toa
ka mihazo fatrasy gny fahatokisasika anazy hatragny apiandoha dra hatragny amigny fiafarany. [15]Fa gny momba
anizay dra fa voazaka ho: "Amizao, raha mahare gny feony handrareo, dra ka magnamafy gny fondrareo,
manahaky gny amigny fikomia."[16]Iza ze fa nandre an'Agnahary dra nikomy? Fa sy reo ze niboaky boak'agny
Egypta tamigny alalan'i Mosesy aby ra zay? [17]Iza gny nahaory anazy nandrisy gny efapolo tao? Sy reo ze nanota
ra, ze lavo tagny agnefisy gny ekazoan'ereo? [18]Ho an'iza gny nianiagnany fa sy hilisy ao amigny fisaharany ereo,
raha sy ho an'ireo ze sy nakato anazy? [19]Hitasika fa sy afaky nilisy tao amigny fisaharany ereo nohonigny sy finoa.

Chapter 4

[1]Noho izay, aoky hitandry soa sika ba sy hisy amindrare gny sy afaky hahatrasy gny zaka fapanatena nagna ho
andrareo ba hilirandrareo ao amigny fisaharan'Agnahary. [2]Fa isika dra nitalily gny vaovao mahafaly manahaky
anereo. Fa izay hafasy izay dra sy nisy tombony ho an'ireo ze sy nitambasy tao amigny finoa nindray tamireo ze
nakato. ('Fagnamaria: gny dikazaka ilany dra mivaky manahaky anizahoky:" Fa izay hafasy zay dra sy nisy
tombony ho anireo ze nahare anazy tamigny sy finoa.")[3]Fa isika ze nino dra reo ze hilisy amizay fisahara zay,
araky ze fa nizakany ho: "Manahaky gny nianianako tamigny fahaoriako, dra sy hilisy velively ao amigny
fisaharako ereo." Fa na izay koa aza, gny asa famorognany dra vita tamigny fagnoregna anizao totolo izao. [4]Fa izy
nizaka tagny ho agny mombanigny andro fahafito ho: "Zagnahary nisahasy tamigny andro faha-fito tamigny asa
aby." [5]Dra bo nizaka ndraiky izy ho: " Ereo dra sy hilisy velively ao amigny fisaharako."[6]Noho izay, aoky bo
voatoka ho anigny ilany gny fidira ao amigny fisaharany, dra akory maro reo Israelita nahare gny vaovao
mahafaly sy nilisy tao nohonigny sy fakatoava, [7]dra nametraky andro raiky ndraiky atao anizahoky ho:
"Androany" Zagnahary. Tafaranigny andro maro, dra nizaka tamigny alalan'i Davida Izy, manahaky anize
voazaka meloha ho: "Amizao raha mahare gny feony handrareo, dra ka magnamafy gny fondrareo."[8]Fa raha
Josoa gny nagnome fisahara aereo, dra sy nizaka mombanigny andro raiky hafa zagnahary. [9]Noho izay dra bo
misy sabata fisahara voatoka ho anigny vahoakin'Agnahary. [10]Fa ze milisy ao amigny fisaharan'Agnahary dra
nisahasy tamigny asany avokoa, manahaky gny nataon'Agnahary tamigny anazy. [11]Noho izay aoky isika hazoto
hilisy amizay fisahara zay, ba sy hisy dre raiky aza ho tafalasaky amigny karaza sy fakatoava ze nataon'ereo.[12]Fa
gny zakan'Agnahary dra velo vo mandaisy dra maragnisy noho gny mesa ro lela. Izay dra manindro
hatraminigny fagnasaraha gny ay amigny fagnahy, vo gny togno amigny soky mihisy aza. DRa afaky fatary gny
eriserisy gny fo vo reo fikasa. [13]Sy nisy famorogna nivony teo agnatrehan'Agnahary. Fa koa, gny raha aby dra
miharihary vo misokaky eo amasonigny raiky ze sy maisy hapamoahisika.[14]Noho izay, akory isika dra mana
pisorom-be lahibe lasa namaky gny lagnisy, Jesosy Zanan'Agnahary, dra andeha isika hifikisy fatrasy amigny
finoasika. [15]Fa isika dra sy mana pisorombe ze sy mahasapa fangoraha amigny fahalemesika. Fa koa, isika dra
mana olo raiky ze fa nala-pagnahy taminigny fomba aby manahaky asika, fe seky izy sy misy ota nataony. [16]Aoky
isika andeha amigny fahatokia ho agny amigny seza fiandriananigny fahasoava, ba handresasika gny famindra-
po vo hahita fahasoava hagnapy amigny fotoa italianan'anazy.

## Chapter 5

1Fa gny pisorombe aby, voafily boak'amigny olo, dra nitendre ba hiasa amigny agnaranigny olo amireo raha
mahakasiky an'agnahary, dra ba hanolorany fagnomeza vo fagnatisy ho anigny ota. 2Izy dra afaky mifagnaraky
mora amigny sy mahalala vo gny maniasia akory izy vatany avokoa dra voadidinigny fahaleme. 3Noho izay, izy
avokoa dra nitake hanolosy soro ho anireo otany manoka, manahaky gny nataony ho an'ireo otanigny olo.4Sy ho
anigny vatany gny handresanigny olo anizay voninahisy zay. Fa koa, izy dra nataon'Agnahary, manahaky an'i
Arona. 5Dra manahaky anizay, Kristy sy ba nagnome haza gny vatany mihisy taminigny fanovany gny vatany ho
pisorombe. Fa koa, gny raiky nizaka taminazy nizaka ho: "Zanako hanao; amizao dra lasa babanao
Zaho."6Manahaky anizay avo koa gny nizakany tagny amigny toera hafa ho: "Hanao dra pisoro mandrakizay
araky gny fomban'i Melkizedeka."7Nandris'ireo andronigny nofony, Kristy nanolosy vavaky vo fangataha nindray
tamigny hiaky fatrasy vo ranomaso an'Agnahary, gny raiky ze afaky mamozy anazy amigny fahafatesa. Re Izy
nohonigny fangorahany. 8Na dre zanaky aza Izy, dra nianasy fakatova tamireo raha ze niaretany.9Natao ho tonga
lafasy Izy dra avy, ho anigny olon'aby ze makato anazy, gny loharanonigny famozena mandrakizay. 10Dra
nitendren'Agnahary manahaky gny pisorombe Izy araky gny fomban'i Melkizedeka. 11Mana-kambara maro
momban'i Jesosy zahay, fa sarosy gny magnazava anizay hatramigny naha-lalindalova gny fandresendrareo.12Fa
amizao fotoa zao dra tokony ho papianasy handrareo, handrareo dra bo mitalia olo hapianasy andrareo reo
fisipiky fotosy gny hafasin'Agnahary. Ronono gny taliavindrareo, fa sy vati-kany! 13Fa gny olo ze mino ronono
fosiny dra sy apy traikefa amigny hafasy gny fahamarigna, akory izy dra bo zaza masaiky. 14Fa gny veti-kany dra
ho an'ireo lahibe. Reo dra ze voahofa tamigny fagnavaha gny soa amigny rasy gny fahatakarany nohonigny
fahamatoran'ereo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 6

[1]Noho izay, andeha hangasika gny fetombohanigny hafas'i Kristy dra handroso amigny fahamatora. Andeha isika
sy hamnoby ndraiky gny fotosy gny fibebaha nohonigny asanigny maty vo gny finoa an'Agnahary, [2]na gny
fotosygny fapianara mombanigny batisa, gny fametraha-tagna, gny fisanganan'ireo olo maty, dra gny fisara
mandrakizay. [3]Hanao anizay avo koa isika raha angan'Agnahary.[4]Fa sy hay atao ho an'ireo ze fa nihazava indray
mandeha zay, ze nagnandra gny fagnomeza boak'agny an-dagnisy, ze nitakasy gny Fagnahy Masy, [5]dra ze
nagnandra gny zaka soan'Agnahary vo reo herinigny vanipotoa ho avy, [6]fe seky boak'eo dra lavo__sy hay gny
magnery anereo amigny fibebaha ndraiky. Izay gny nagnombon'ereo ho anigny vatan'ereo ho anigny vatanereo
ndraiky gny zanan'Agnahary, dra nalany baraka apahabemaso.[7]Fa gny tany ze mahazo gny ora matetiky avy
aminizay, vo gny mamokasy reo raha magniry taliavin'ireo olo ze niasa gny tany__ io gny tany ze mitakasy fitahia
boak'amin'Agnahary. [8]Fa raha mamokasy silo izay, dra sy misy italiava anazy fa agnilanigny fagnozogna. Gny
fiafaran'izay dra amigny fireheta.[9]Fa izahay dra resy lahasy gny amireo raha soa momba andrareo, ry malala,
raha raiky mahakasiky gny famezena, na dre mizaka manahaky anizay aza zahay. [10]Fa i Zagnahary dra sy ba sy
marina dra hagnaligno gny asandrareo vo gny fitiava ze nasehondrareo vo gny fitiava ze nasehondrareo
nohonigny agnarany, akory handrareo dra nanopo reo pino bo manopo anereo avo.[11]Magniry fatrasy izahay ba
haneho fahazotoa manakahy anizay hatramigny farany gny sirairay amindrareo ho anigny atoky gny fahatokia
feno. [12]Izay dra ba sy lasa kamo handrareo, fa ho pangala-tahaky an'ireo ze mandova reo fapanatena amigny
finoa vo fahareta.[13]Fa tamin'Agnahary nanao gny fapanatenany tamin'i Abrahama, dra niania tamigny Vatany Izy,
gny fa sy afaky niania tamigny olo lahibe. [14]Hoy Izy ho: " Izaho dra hitahy anao vatany, dra tena hahamaro anao."
[15]Tamizay fomba zay, dra nahazo ze napanatena tafaranigny nandignisany taminy fahareta Abrahama.[16]Fa gny
olo dra miania amigny olo ze lahibe vatany noho gny vatan'ereo. Isakigny tapisy gny fifamalian'ereo, dra misy
voady raiky natao ho fagnamafisa. [17]Gny fa nanapa-kevisy gny hapiseho mazava tamin'ireo pandovanigny
fapanatena gny sy fiovanigny kalitaonigny fagniriany Zagnahary, dra nameny atoky tamigny voady zay. [18]Nataony
izay ba ho amigny alalanigny raha sy azo ova ro lahy__ze sy hain'Agnahary gny mavandy amizay__dra hana
fapahereza matazaky ba hihazo fatrasy gny fahatokia ze napetrany teo anoloasika, isika, ze nienga ba hana
felofa.[19]Mana anizay toky zay isika ho aro vo vato fasy azo hiakigna ho anigny fagnahisika, fahatokia ze milisy ao
amigny fitoera agnatiny ao ambaliky gny lamba. [20]Jesosy nilisy tao amizay fitoera zay manahaky gny pialoha lala
ho asika, dra lasa pisorombe mandrakizay magnaraky gny fomban'i Melkizedeka.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 7

[1]Melkizedekaizay, pazakan'i Salema, pisoron'Agnahary faratapony, ze nifera tamin'i Abrahama gny fa nihery
boaky nandresy reo pazaka dra nitahy anazy. [2]Izy gny namen'i Abrahama gny apahafolonigny raha aby. Gny
agnarany ho "Melkizedeka" dra midika ho "pazakanigny fahamarigna." Gny agnarany hafa dra " pazakan'i
Salema," izay dra: "Pazakanigny fuiadagna." [3]Izy dra sy mana-baba, sy manan-dreny, sy mana razambe, dra sy
mana fiatombohan'ireo andro reo vo sy mana fiafaranigny fiegna. Fa koa, mitovy amigny Zanan'Agnahary izy,
akory mitoby ho pisoro mandrakizay.[4]Atio gny halahiben'io lelahy io. Gny razambesika Abrahama dra nagnome
gny apahafolon'ireo raha ze azony tamigny aly. [5]Amigny lafiny raiky. reo zanadahin'i Levy ze mitakasy gny fisora
dra mana baiko boak'amigny lala ba hamory gny apahafolo-karena boak'agny amireo olo, izay dra,
boak'amin'ireo rahalahin'ereo, na izay aza ereo, avoko, dra avy amigny vatan'i Abrahama. [6]Fa amigny lafiny
raiky, Melkizedeka, ze sy voasorisy boak'amin'ereo gny taranany, dra nitakasy apahafolo-karena boaka amin'i
Abrahama, dra nagnome so-drano anazy, gny raiky ze nana reo fapanatena.[7]Sy misy fandava fa gny olo ambany
dra amenigny olo ambony so-drano. [8]Amizay tranga izay, gny olo mety maty dra mitakasy apahafolo-karena, fa
ami-ty tranga tihoky dra voaporofo fa bo velo izy. [9]Dra, amigny fomba fizaka, Levy, ze nitakasy apahafolo-karena,
dra nandoa apahafolo-karena tamigny alalan'i Abrahama avo koa, [10]akory Levy dra tao agnatinigny vatanigny
razambeny gny fa nihaina tamin'i Abrahama i Melkizedeka.[11]Amizao raha azo atao amigny alalanigny fisorogna
levitika gny fahatateraha (fa tao ambanin'izay gny olo gny nitakasy gny lalana), dra fila bebe dra ho ino gny mety
nisy ho anigny pisoro hafa ba hisangana araky gny fomban'i Melkizedeka, dra sy takary araky gny fomban'i
Arona? [12]Fa gny fa nova gny fisorogna, dra sy maisy hova avo koa gny lalana.[13]Fa gny raiky ze nizaka gny
momban'ireo raha reo dra anigny foko hafa, ze sy misy olo manopo eo amigny alitara mihisy. [14]Fa mazava
amizao, fa avy amin'i Joda gny nahaterahanigny Toposika, Foko ze sy nizakan'i Mosesy mihisy gny mahakasiky
reo pisoro.[15]Ze zakasika dra fa mazava avokoa raha misy pisoro hafa misanga amigny endrik'i Melkizedeka. [16]Sy
avy tamigny fotosy gny lalanigny taranaky gny nofo gny nahavy anazy ho pisoro, fa avy tamigny fotosy gny
herinigny fiegna sy mety levo. [17]Fa gny Sorasy Masy dra mizoro vavolombelo momba anazy ho: "Hanao dra pisoro
mandrakizay araky gny fomban'i Melkizedeka.[18]Fa nisy fagnafoagna gny didy teo aloha akory nalemy sy nisy
dikany zay. [19]Fa sy nisy raha nataonigny lalana tonga lafasy. Kanefa, misy gny fapidira fahatokia soa ho anigny
hoavy ze hagnatonasika an'Agnahary.[20]Sy nitranga izay raha sy nisy gny fandresa fiegna. Amigny lafiny raiky, reo
hafa reo dra lasa pisoro sy nitalia fiegna. [21]Fa amigny lafiny raiky hafa, ty raiky tihoky, Jesosy, dra lasa pisoro
tamigny alalanigny fianiagna nataonigny nizaka taminazy ho: "Gny Topo dra niania dra sy hiova amigny heviny
ho: 'Hanao dra pisoro mandrakizay.'"[22]Tamigny alalan'izay avo koa Jesosy gny nagnome atoky gny fagneke-
pihavana soa koa. [23]Amigny lafiny raiky, maro gny lasa pisoro akory gny fahafatesa gny manaka anereo hanohy.
[24]Amigny lafiny raiky hafa, akory Jesosy mitoby mandrakizay, dra mana fisorogna mandrakizay izy.[25]Noho izay izy
avo koa dra afaky mamozy tateraky reo ze magnato an'Agnahary amigny alalany, akory izy dra miay avo ba
hagnelagnela ho anereo. [26]Fa gny pisorombe manahky anizay dra mety ho asika. Izy dra sy mana-pahota, sy
mana-signy, malio, nisarahy tamireo panota, dra lasa agnabo noho reo lagnisy.[27]Sy mitalia izy, sy manahaky reo
pisorombe, hanolosy soro isan'andro, gny volohany ho an'ireo fahotany manoka, dra boak'eo ho an'ireo
fahotanigny olo. Fa nanao anizay indray mandeha ho anigny olo aby izy, gny fa nanolosy gny vatany. [28]Fa gny
lalana manondro gny olo ze mana fahaleme ho pisoro. Fa gny zakanigny fiegna, ze avy tafaranigny lala, dra
nitakasy zanadahy, ze natao ho soa mandrakizay.

Chapter 8

[1]Dra gny fotosy gny raha zakanay dra izao: Isika dra mana pisorombe ze nitoby teo atagna akavananigny seza
fiandriagnanigny be voninahisy agny an-dagnisy. [2]Izy dra panopo ao amigny toera masy, gny tabernakely mary
zay gny Topo, fa sy gny olo, gny nagnorin'anazy.[3]Fa gny pisorombe aby dra nitendre hanolosy fagnomeza vo soro.
Noho izay dra taliavy gny mana raha hatolosy.
[5]Ereo dra, manopo ao amigny tabernakely ze tandindo vo aloky gny raha agny andagnisy, Izay dra manahaky gny
napitandreman'Agnahary an'i Mosesy raha izy handeha hamboasy tabernakely: Hoy Zagnahary ho: "Atio ba
hataonao araky gny modely ze fa naseho anao tegny atendrombohisy gny raha aby."[6]Fa amizao Kristy dra
nitakasy asa fanopoa soa lavisy. Izay dra noho izy pagnelagnela avo koa amigny fagnekena soa, ze mifehy amigny
fapanatena soa koa. [7]Fa raha sy nana-signy zay fagneke volohany zay, dra sy nisy nitaliava fagneke faharo koa.[8]Fa
gny fa nahita tamigny olo Zagnahary, dra hoy Izy ho: "Ingo, ho avy gny andro__hoy gny Topo__gny fa hanao
fagneke vaovao amigny olon'Israely vo gny olon'i Joda Zaho. [9]Dra sy hanahaky gny fagneke ze nataoko nindray
tamigny razan'ereo tamigny andro ze nindesako anereo tamigny tanany hoiala boaky aminy tany Egypta zay. Fa
ereo dra sy nitoby tao amigny fagnekeko, dra Izaho sy niraharaha anereo__hoy gny Topo.[10]Fa izao gny fagneke ze
hataoko amigny olon'Israely afaran'ireo andro reo__hoy gny Topo. Hataoko ao asain'ereo gny lalako, dra ho
soratiko ao apon'ereo avo koa zay. Ho Zagnaharin'ereo Zaho, dra ereo ho oloko.[11]Ereo dra sy hapianasy gny
piaramony dra gny rahalahiny aby, hizaka anizahoky ho: 'Fataro gny Topo.' Fa hahafatasy Anahy gny olon'aby,
manomboky amigny masaiky dra hatramigny lahibe amin'ereo. [12]Fa izaho dra hamindra fo amigny sy
fahamarignan'ereo, dra sy hahasiaro reo fahotany sasy."[13]Amigny fizaka ho " Vaovao", dra nanao gny fagneke
volohany ho taloha izy, dra ze fa lany andro vo atisy dra fa mariny ho velo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 9

[1]Na dre gny fagneke volohany aza dra nana fisipi-pivavaha vo fitoera masy eto atany.
[3]Ao ambaliky gny lamba faharoa dra nisy efisy raiky hafa, atao ho toera masy faratapony. [4]Nisy alitara volamena
ho anigny didi-kazo magnisy zay. Nisy gny fiaranigny fagneke avo koa, ze rakosy volamena tateraky. Tao
agnatinin'izay dra nisy volamena maro gny mana, gny tehin'i Arona ze nagniry, dra vato pisaky gny fagneke, dra
kerobima be voninahisy maro gny magnaloky gny lombony fandombofa anazy, ze sy afaky zakanay amigny
asipiriany amizao.[6]Gny fa voaoma reo raha reo, dra nilisy tao amigny efisy ivelanigny tabernakely avo reo pisoro
ba hanao gny fanopoan'ereo. [7]Fa gny pisorombe avo gny nilisy ndray mandeha isatao tao amigny efisy faharo, dra
nindray tamigny lio ze natolony ho anigny vatany vo ho anireo fahota sy ninian'ireo olo.[8]Nasehonigny Fagnahy
Masy fa gny lala magnao amigny toera masy indrindra dra bo sy naseho raha bo misanga gny tabernakely
volohany. [9]Izay dra fagnohara ho an'izao fotoa amizao. Reo fagnomeza vo reo soro ze atolosy amizao dra samby
sy afaky hahatateraky gny fieriseretanigny pivavaky raiky. [10]Mifatoky amigny hany vo raha nomy vo karaza-
pomba filiova maro avo reo. Reo aby reo dra fisipiky ho anigny nofo avokoa ze name mandra-pagnamboara gny
fandamigna vaovao.[11]Kristy dra niavy manahky gny pisoronamben'ireo raha soa ze avy. Nandeha tamigny
alalanigny tabernakely lahibe vo lafasy ze sy an'izao totolo voahary izao. [Fagnamariha: Reo dika zaka ilany dra
mivaky manahaky anizahoky: "Jesosy dra avy manahaky gny pisoromben'ireo raha soa ze ho avy."] [12]Sy tamigny
lion'ireo osy lahy vo vatos'agnomby vaviny zay, fa tamigny liony manoka ze nilisy tao amigny toera masy
faratapony ndray mandeha ho anigny niaro gny famozesika aby mandrakizay.[13]Fa raha gny lion'ireo osy vo reo
agnomby lahy dra gny famafaza gny lavenoky gny vatos'agnomby vavy eo amireo ze lasa maloto gny manoka
anereo eo amin'agnahary ho fagnaliova gny nofon'ereo, [14]manahaky akory gny fihiasigny lion'i Kristy, ze nanolosy
gny Vatany sy misy kilema ho an'Agnahary tamigny alalanigny Fagnahy mandrakizay, hagnalio gny
fieriseretasika hiala amigny asa maty ba hanopoa gny Zagnahary velo? [15]Noho ixzay atony izay, dra Izy gny
pagnalala gny fagneke vaovao. Izay dra, akory nisy fahatesa indray niseho ba hagnafaky reo ze ambaninigny
fagneke volohany amigny fahotan'ereo, dra hitakasy gny fapanatenanigny lova mandrakizay reo ze voatoka.[16]Fa
raha misy didi-panagna, gny fahafatesanigny olo ze nanao anizay dra sy maisy voaporofo. [17]Fa gny fa misy
fahafatesa avo koa mana-kery gny didi-panagna, akory sy mana-kery izay raha ohasy bo velo gny olo ze nanao
anizay.[18]Koa na dre gny fagneke volohany aza sy natao raha sy nisy lio. [19]Fa gny fa nagnome tamireo olon'aby i
Mosesy, dra nangalaky gny lionigny agnomby vo gny osy, nindray tamigny rano, volon'agnondry zaky mena, vo
hysopa izy, dra namafy teo amigny boky vo gny olon'aby. [20]Dra izy nizaka ho: "Tihoky gny lionigny fagneke ze
nandidian'Agnahary ho andrareo."[21]Manahky anizay koa, dra namafy gny liopny teo amigny tabernakely vo reo
pisy raha aby hapesa amigny fanopoa izy. [22]Araky gny lalana, dra saiky gny raha aby gny ho ny voalio taminigny
lio. Raha sy misy fandasahan-dio dra sy misy famela-kelok.[23]Noho izay dra nitaliavy gny tandindo'ireo raha agny
an-dagnisy ba ho voalionigny soron'ireo biby reo. Na izay aza, reo raha gny lagnisy mihisy gny tokony ho ny liovy
tamigny soro soa. [24]Fa Kristy dra sy nilisy tao amigny toera masy ze nataonigny tagna, ze tandindinigny raiky ze
tena izy avo koa. Fa nilisy tagny an-dagnisy mihisy Izy, ba hiseho eo amigny fagnatrehan'Agnahary ho asika
amizao.[25]Sy nandeha tao ba hanolosy gny tagnany imaro Izy, manahaky gny fanaonigny pisorombe, ze milisy ao
amigny toera masy indrindra isatao niaraky tamigny lionigny hafa. [26]Fa raha izay gny raha niseho, dra tokony
nizaly maro nanomboky tamigny fagnoregna anizao totolo izao Izy. Fa amizao dra indray mandeha avo gny
fahota amigny alalanigny soronigny vatany avo.[27]Fa natao ho maty ndray mandeha gny olon'aby, dra afaran'izay
gny ho avy gny fisara. [28]Manahaky anizay avo koa, Kristy, ze natolosy ndray mandeha ba hangala reo fahotanigny
maro, dra hiseho fagnindrony, sy handraraha gny ota, fa ho anigny famoze reo ze mandigny anazy ami-pahareta.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 10

[1]Fa gny lalana dra alok'ireo raha soa ho avy avo, fa sy tena endrik'ireo raha reo. Ireo ze magnotany an'Agnahary
dra sy afaky gny ho lafasy amigny alalanigny soro mitovy amize andesin'ireo pisoro isa-tao. [2]Raha izay sy fa
nisahasy gny nanolosy anireo soro reo ra ereo? Amizay tranga zay, raha fa nilioviny ndray mandeha ereo, dra sy
ba hahafatasy gny ota sasy reo pivavaky. [3]Fa amireo soro reo dra misy fapasiahiva reo ota isa-tao. [4]Akory gny
lionigny agnomby lahy vo osy lahy dra sy mahavita mangalaky reo ota.[5]Gny fa avy teto amizao totolo izao Kristy,
dra nizaka Izy ho: "Sy soro na koa fagnatisy gny nirindrareo. Fa koa, vata ze fa nomanindrareo ho anihy. [6]Gny
fagnatisy noroa na soro ho anigny ota dra sy nifalianao. [7]Dra hoy Zaho ho: "Atio, tihoky zaho, araky ze voasorasy
momba Anahy ao amigny Sorasy masy ba hanao gny sitrandrareo.[8]Volohany nizaka izy ho: "Sy soro, na koa
fagnatisy, na fagnatisy oroa, na soro ho anigny ota gny nirindrareo. Dra Hanao sy nifaly tao amin'ereo." Reo dra
soro ze atolosy araky gny lala. [9]Dra nizaka izy ho: "Atio, zaho hanao gny sitrandrareo." Izy dra nangalaky fapihara
volohany ba hametraha gny fapihara faharo. [10]Tamizay sitraky zay, isika dra nihamasigny tamigny alalanigny
fagnatisy gny vatan'i Jesosy Kristy ndray mandeha.[11]Amigny lafiny raiky, gny pisoron'aby dra mizoro isan'andro
manopo an'Agnahary. Izy dra manolosy soro mitovy avo, na izay aza ereo dra sy afaky mangalaky reo ota mihisy.
[12]Amigny lafiny raiky hafa, Kristy dra nanolosy soro raiky ho anigny ota mandrakizay, nitoby teo
atagnakavanan'Agnahary Izy. [13]Izy dra mandigny mandra-panova reo fahavalony ho pisy tomboky ho anigny
tombony. [14]Fa tamigny fagnatisy raiky izy dra nahalavorary mandrakizay reo ze nihamasiny.[15]Gny Fagnahy Masy
ho dra mizoro vavolombelo ho asika. Fa tamigny volohany Izy nizaka ho: [16]"Tihoky gny fagneke ze hataoky
miaraky amindrareo afaran'ireo andro reo, hoy gny Topo. Hatobiko ao apondrareo gny lalako, dra hanorasy
anizay ao asain'ereo zaho.[17]Sy hahasiaro gny ota vo reo helok'ereo sasy zaho." [18]Dre na eza misy famela anizay,
dra sy misy soro ho anigny ota sasy.[19]Noho izay, ry rahalahy, isika dra mana fahatokia gny hilisy ao amigny toera
masy faratapony tamigny lion'i Jesosy. [20]Izay gny lalana vaovao sady velo ze nisokafiny ho asika tamigny
alalanigny lamba, izay ho, tamigny alalanigny nofony. [21]Akory isika dra mana pisoro lahibe mitandry gny
tragnon'agnahary, [22]aoky isika hagnato amigny fo malio amigny finia feno fahatokia, ba hanagnasika fo voalio
amigny fierisereta rasy dra hanagnasika vatan voalio tamigny rano malio.[23]Aoky isika hihazo fatrasy gny fagneke
gny fiandradra mahatokisika, sy apihozongozo, akory Zagnahary, ze napanatena, dra mahatoky. [24]Aoky isika
handiniky gny fomba handrisiha gny sirairay amigny fitiava vo reo asa soa. [25]Aoky isika sy hagnazano gny fiaraha
miango, manahaky gny nataonigny ialany. Fa koa, mifakahereza hatragny hatragny, vo somandraky fa
hitandrareo fa magneky gny andro.[26]Fa raha toa isika mekendry manota gny fa avy nitakasy gny fahalala gny
mary, dra sy misy fagnatisy ho anigny ota sasy. [27]Fa koa, toka avo gny fandignisa mahatahosy gny fisara, dra
fahoria mirehisy ze hamotiky reo fahavalon'Agnahary.[28]Na iza na iza nanda gny lalan'i Mosesy dra ho maty sy
misy indrafo amigny fizoroa vavolombelon'ireo ro na telo ze nagnatri-maso. [29]Fagnasazia rasy lavisy manahaky
gny akory gny eriseretindrareo fa mendriky reo ze nagnisaky gny Zanan'Agnahary, ze nanao gny lionigny
fifagneke ho sy masy__Gny lio ze nagnamasy Anazy__dra nanirasira gny fagnahinigny fahasoava?[30]Fa isika
mahafatasy gny raiky nizaka ho: "Anahy gny valifaty; Izaho gny hamaly." vo dra: "Gny Topo dra hisara gny olony."
[31]Raha mapatahosy gny hilasaky eo atagnan'Agnahry velo![32]Fa tadidio reo andro taloha, gny fa nihazavany
handrareo, gny fomba niaretandrareo gny aly fatrasy tamigny fizalia. [33]Handrareo dra nafahy
barakaapahibemaso tamigny fagnarasia vo tamigny fagnezeha, dra handrareo nindray nizaratamireo ze nandalo
fizalia manahaky anizay. [34]Akory handrareo dra nana fangoraha-po tamireo ze voagadra, dra handrareo nagneky
tami-pifalia gny fangala gny fanagnandrareo. Dra nahafatasy handrareo fa gny vatandrareo mana fanagna soa
vo maharisy mandrakizay. [Fagnamariha: Gny dika zaka taloha dra sy hahita gny fehezateny ho: "Fa handrareo
dra nana fangoraha-po tamigny gadrako."][35]Noho izay dra ka aria gny fahatisandrareo, ze mana valisoa lahibe.
[36]Fa handrareo dra mila fahareta, ba hahazoandrareo ze napanatenan'Agnahary, gny fa nanao gny sitrapony
handrareo. [37]Fa sy ho ela, gny raiky ze ho avy dra ho avy vatany dra sy ho ela.[38]Gny oloko mary dra hivelo amigny
finoa. Raha mihemosy izy, Izaho dra sy ho faly aminazy." [39]Fa isika dra sy agnisan'ireo ze mihemosy ho amigny
faharava. Fa koa, isika dra agnisan'ireo ze mana finoa ho amigny fahazoa gny fagnahisika.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 11

[1]Dra gny finoa gny atoky amireo raha linigny tami-pahatokisa, Io gny hita. [2]Fa noho izay reo razambe dra
nakatoavy nohonigny finoan'ereo. [3]Amigny finoa gny hahafatarasika fa gny didin'Agnahary gny namorogna
anizao totolo izao, dra ze hita maso dra sy natao tamigny raha ze hita maso.[4]Tamigny finoa gny nanoloran'i Abela
fagnatisy soa kokoa ho an'Agnahary noho gny an'i Kaina, tamigny alalan'izay gny nitaliliany anazy ho marina, dra
Zagnahary nizaka soa anazy noho reo fagnatisy, dra amigny finoa gny bo hizakan'i Abela, na dre fa maty aza izy.
[5]Tamigny finoa gny namindra an'i Enoka ba sy ahitany gny fahafatesa. "Sy hita izy, akory nalan'Agnahary." Fa
talohanigny nangala anazy, dra nizoro vavolombelo fa akasitrahan'Agnahary izy. [6]DRa gny fa sy nahita finoa dra
sy mety hekasitrahany. akory taliavy ho ze magnato an'Agnahary dra sy maisy mino fa misy Izy dra Izy gny
mamaly soa anireo ze mitalia anazy.[7]Tamigny finoa Noa, gny nagnome gny hafasy boak'amin'Agnahary momba
anireo raha ze sy bo hita, nindray tamigny fagnaza an'Agnahary gny nagnamboarany gny sambo ze namozeny
gny akohonany. Fa tamigny fanova anizay, gny nasiaha anizao totolo izao vo nahaviany ho pandova gny
hafamarigna araky gny finoa.[8]Tamigny finoa Abrahama, gny fa tonoka, gny nakato vo nandeha nagnagny amigny
toera ze hahazoany ho lova. Nandeha izy, sy nahay ze tany nombany. [9]Tamigny finoa gny niaignany tagny amigny
tany napanatena manahaky gny vahiny. Niay tao agnatinigny tragno lay izy nindray tamin'Isaka vo i Jakoba, reo
piara-mandova amigny fapanatena mitovy. [10]Fa izy nitalia gny tana ze mana anireo fagnoregna, gny tana ze
Zagnahary gny pamari-tragno vo pagnori-trgno.[11]Tamigny finoa, na dre Saraha Izy vatany ze sy miteraky aza, gny
nahazoan'i Abrahama gny fahafaha ho ray. Nitragna izay na dre fa tena atisy aza izy, akory niheveriny hanahaky
gny matoky name gny fapanatena izy. [Fagnamariha: Misy fagnotania mombanigny ho gny finoan'i Abrahama sa
gny finoan'i Saraha gny navohitra. " Tamigny finoan'i Saraha, na dre fa atisy aza izy, gny nahazoany gny hery
hanagnanaky, na dre fa tena atisy aza izy hinday zaza, akory nihevisy gny nagnome gny fapanatena anazy ho
matoky."] [12]Noho izay, avy amizay lelahy zay, ze fa ho maty, gny nahaterahan'ireo ze manahaky anireo kita egny
an-dagnisy gny hamaroany vo manahky gny fasy magnamoro gny ranomasy, ze sy voaisa.[13]Tao amigny finoa reo
gny fa reo gny maty sy nitakasy reo fapanatena. Fa koa, tafaranigny nahita vo niarahaba anereo boaky lavisy
egny, dra nagneky ereo fa vahiny vo sesi-tany eto atany. [14]Ho an'ireoze mizaka manahaky anizay raha zay dra
magnazava fa mitalia tanindraza ereo.[15]Raha nieriserisy gny firenena ze nialany ereo, dra mety nana fahafa
hihery. [16]Fa manahaky anizay, nagniry firenena soasoa ereo, dra izay, gny agny an-dagnisy. Noho izay sy
mahamegnasy an'Agnahary gny voatoka ho Zagnaharin'ereo, dra nagnoma tana ho anereo Izy.[17]Tamigny finoa
Abdrahama, gny fa nosapa, dra nanolosy an'Isaka. Io gny zanadahiny toka ze natolony, izy gny nahazo anireo
fapanatena. [18]Tamin'i Abrahama gny nizaka ho : " Amigny alalan'Isaka gny hanondroa anireo taranako."
[19]Abrahama dra nihevisy fa Zagnahary dra hahavita hananga an'Isaka amireo maty, dra amigny heviny amigny
ohasy, boaky amin'ereo gny hahazoany anazy ndraiky.[20]Tamigny finoa momban'ireo raha ho avy koa gny
nisofan'Isaka rano an'i Jakoba vo i Esao. [21]Tamigny finoa Jakoba, tamin'izy fa ho maty, gny nison-drano anireo
zanak'i Josefa sirairay aby. Nivavaky Jakoba, nitehy tamigny lohanigny tehiny. [22]Tamigny finoa Josefa, gny fa
nagnariny gny fiafarany, gny nizaka gny fialanigny zanak'Isaely boak'agny Egypta dra nagnafarany gny amigny
tolany.[23]Tamigny finoa Mosesy, gny teraky izy, dra navonin'ireo ray aman-dreniny nandrisy gny telo vola akory
hitan'ereo fa zaza soa izy. Ay natahosy gny didinigny pazaka ereo. [24]Tamigny finoa Mosesy, tafaranigny
nahalahibr anazy, gny nanda gny hitokava anazy ho zanadahinigny zanakapelan'i Farao, [25]Fa koa, nisafidy gny
hizaly niaraky tamigny vahoakin'Agnahary izy, toy izay hotia reo fahafinaretanigny fahota mandrisy gny fitoa sy
apy. [26]Nizaka izy ho gny fahafaham-baraka amigny fagnaraha an'i Kristy dra harena lahibe noho reo haren'i
Egypta. Akory napifatoky reo masony tamigny valisoa izy.[27]Tamigny finoa gny nialan'i Mosesy tagny Egypta. Sy
natahosy gny fahasiahanigny pazaka izy, fa niarisy anizay manahaky gny nahitany gny sy hita maso. [28]Tamigny
finoa gny nitandremany gny Paska vo gny famafaza gny lio, ba sy hikasiky gny zanaky lahitkan'ireo Israely gny
pandringa gny zanako lahitoka.[29]Tamigny finoa gny nisahan'ereo gny Ranomasy Mena manahky gny magnisaky
tany sy misy rano. Gny fa nagnandra nanao anizay reo Egyptiana, dra voately ereo. [30]Tamigny finoa gny
nirodagnanigny mandan'i Jeriko, gny fa boaky nohodidy nandrisy gny fito andro ereo. [31]Tamigny finoa gny sy
nahafaty an'i Rahaba gny pivarotegna nindray tamireo paniasia, akory nitakasy reo psafo tany tamigny fedagna
izy.[32]Ino avo koa gny afaky ho zakako? Fa ho lany gny fotoako raha mizaka momban'i Gideona, Baraka, Samsona,
Jefta, Davida, Samoela, dra momban'ireo paminany zaho. [33]Tamigny alalanigny finoa gny nahazoan'ereo gny
fazaka, niasa ara-drariny, dra nitakasy reo fapanatena. Nagnakombo gny vavan'ireo liona ereo, [34]namono gny
herinigny afo, nilomay gny lela mesa, akory tamireo arety, lasa nahery agnaly, dra nandresy reo tafiky vahiny.
[35]Nisanga tamigny maty taminigny fanangana-ko velo reo apela. Reo hafa dra napizaly, taminigny sy fagneke gny
famosora ba hahazoan'ereo fisangana soa kokoa. [36]Gny hafa dra nisapany tamigny fanesoa vo reo fizera, eh fa na


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

dre gny fotosy vo gny fagnagadra aza. [37]Nitorahim-bato ereo. Nisofa hizara ro ereo. Nivono tamigny mesa ereo. nirerirery tamigny holis'agnondry vo holis'osy ereo. Sy nana ereo, napihorohoro, napahory. [Fagnamaria: gny dika-zaka ilany taliha dra mivaky manao anizahoky ho: "Nitorahim-bato ereo. Nisofa hizara ro. Napandalovy fisapa. nivono tamigny mesa."] [38]Izao totolo izao dra sy mendriky anereo. Nirerirery tagny agnefisy, tagny amireo. Tendrombohisy, tagny amireo lava-bato, dra tagny amireo lavaky ambaninigny tany ereo.[39]Kanefa reo olon'aby reo dra neken'Agnahary nohonigny finoan'ereo, sy nitakasy gny fapanatena ereo. [40]Nagnoma raha soa ho asika Zagnahary, ba sy ho lavorary ereo, raha sy misy asika.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 12

[1]Noho izay, akory isika voadidy vavolombelo maro be manahaky gny raho, dra handeha isika hamela gny vesasy
aby vo gny fahota maro magnodidy asika. Handeha isika hihazakazaky apahareta gny fihazakazaha ze natoby
teo alohasika. [2]Handeha isika hitandry amin'i Jesosy, gny papiatomboky vo pagnatateraky gny finoa. Fa
nohonigny hafalia ze napetraky teo anolohany, dra niarisy gny hazofizalia Izy, sy niraharaha gny hegnasizay, dra
nitoby teo atagna-kavananigny seza fiandriagnan'Agnahary. [3]Noho izay erisereto gny momba anazy, gny raiky ze
niarisy fanohera manahaky anizay boak'amin'ireo panota hanohisy gny vatany, ba sy ho reraky ao apondrareo
handrareo dra hilavo lefo.[4]Sy bo nanohisy handrareo na niezaky hanohisy gny fahota hatramigny fahalahan-dio,
[5]dra halignondrareo gny fapahereza ze napenary andrareo manahaky gny amireo zanaky ho: "Ry zanako lahy, ka
magnameva gny fisipiky gny Topo, na mihareraky raha ahisiny handrareo." [6]Fa gny Topo magnafay gny tany aby,
dra Izy magnasazy gny zanaky aby ze sy takariny.[7]Miareta fizalia manahaky gny fisipiky. Zagnahary dra minday
andrareo manahaky gny zanaky. Fa zanaky ino gny teo dra sy nifaizinigny babany? [8]Fa raha sy mana fisipiky
handrareo, se anagnanigny olo aby, dra zazasary fa sy zanany.[9]Dra nana gny baba ara-nofo manahaky gny
pagnafay isika, dra nagnaza anireo sika. Sy tokony hakato gny rainigny fagnahy ra isika dra ho velo? [10]Fa esy
andagniny gny andro araky ze marina tamin'ereo. [11]Nefa esy akilany, Zagnahary nanao anizay ho ani'ze soa ho
asika ba hafahasika mana azara amigny fahamasignany. Sy misy famaiza mitranga ho soa, fa manaitay aza.
Kanefa izay afara kely dra mamokasy gny vikasy feno fedagnanigny fahamarigna ho an'ireo ze nizary taminizay.
[12]Noho izay hatazaho reo tagnandrareo ze miraviravy vo reo lohalindrareo malemy. [13]Manova lala mahisy ho
anigny tombondrareo, ba ze malemy dra sy hiala fa ho soa aza.[14]Magnezeha fiadagna miaraky amigny olon'aby,
dra gny fahamasigna avo koa ze sy hahitan'iza iza gny Topo raha sy miaraky amizay. [15]Mitandrema ba sy hisy na
iza na iza sy hana gny fahasoavan'Agnahary, dra sy hisy afaky gny fahararainy, mitombo hiteraky korota, ba sy ho
maro gny lasa voaloto amizay. [16]Mitandrema ba sy hisy fizangazanga na olo sy zagnahary manahaky an'i Esao, ze
namarosy gny fizokiany ho anigny hany raiky. [17]Fa handrareo mahafatasy gny fa afaky izay, gny fa nagniry gny
handova gny fitahia izy, dra nilavy, akory sy nahita hiriky amigny fibebaha izy, na dre nikasaky anizay tamin-
dranomaso aza.[18]Fa handrareo sy avy teo amigny tendrombohisy ze sy azo kasihy, tendrombohisy gny afo
magnoro, mezy, fahamezigna, dra tafiosy. [19]Handrareo dra sy avy teo amigny tropetra magneno fatrasy, na teo
amigny feo ze mizaka reo zaka zay gny piteno anizay dra nangataky ba sy hisy zaka hafa ho zaka amin'ereo. [20]Fa
ereo sy afaky niarisy ze nididy ho: "Fa na dre gny biby makasiky gny tendrombohisy aza, dra sy maisy ho
torahim-bato izay." [ Fagnamariha: Reo dika zaka ilany taloha dra mivaky manahaky anizahoky ho: ""Fa na dre
biby raiky ze mikasiky gny tendrombohisy igny aza, dra sy maisy ho torahim-bato izay na ho vono amigny zana-
sipiky.""] [21]Fa mapatahosy loasy gny fahita ze nizakan'i Mosesy ho: "Mihorohoro zaho dra matahosy."[22]Fa
handrareo koa, dra avy boak'eo amigny tendrombohisy Ziona dra teo amigny tanan'Agnahary velo, gny
Jeresalema agny an-dagnisy, dra teo amireo azely agnalignaliny tamigny fakalaza. [23]Handrareo dra avy boakeo
amigny atokon'olonigny voloha-teraky, ze voasorasy agnara agny an-dagnisy. Handrareo dra avy teo
amin'Agnahary, gny pisara gny olon'aby, dra teo amireo fagnahin'ireo olonigny fahamarigna ze natao tonga
lafasy. [24]Handrareo dra avy boak'eo amin'i Jesosy, gny pagnalala gny fagnekena vaovao, dra teo amigny lio lasaky
ze soa kokoa noho gny lion'i Abela.[25]Aoky handrareo sy handa gny raiky ze mizaka. Fa raha sy hienga ereo
tamin'ereo nanda gny raiky napitandry anereo teto atany, dra nasaiky kokoa gny hengasika raha mihody amigny
raiky ze mapitandry asika boak'agny an-dagnisy isika. [26]Tamigny fotoa raiky, gny feony nagnozongozogna gny
tany. Fa amizao Izy napanatena vo nizaka ho: "Bo hagnozongozo indray mandeha zaho, sy tany avo fa gny lagnisy
koa."[27]Ireo zaka reo, " Indray mandeha koa", dra midika gny famindra reoraha ze afaky hozongozogny, izay dra
raha ze nohary, ba hitoby reo raha ze sy azo hozongozogny.



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 13

[1]Aoky hitohy gny fitiava ara-pirahalahia. [2]Ka magnaligno gny fapiatragnoa reo vahiny. Fa tamigny alalan'izay, gny
naharezanigny ilany fapiatragnoa reo azely nefa sy fatany zay.[3]Tadidio reo voafoza, manahky gny ho nindray
nifehy tamin'ereo handrareo. Sarovy reo ze napahoria, manahaky gny ho ereo avo koa handrareo amigny vatany.
[4]Aoky ho hazanigny sirairay gny fanambalia. Aoky gny fandrianigny fanambalia ba halio, fa Zagnahary dra
hisara reo pangala-balin'olo vo reo pizangazanga.[5]Angao gny fitondra-tegnandrareo ho afaky amigny fitiavam-
bola. Mifalia amireo raha ze hanagnandrareo, akory Zagnahary vatany dra nizaka ho: "Izaho dra sy handoa
andrareo mihisy, na hahafo andrareo koa." [6]Aleo isika ho faly ba hahavany hizaka ho: " Gny Topo gny pamoziko;
dra sy hatahosy zaho. Ino gny azonigny olo atao aminahy?"[7]Hevero reo pitariky andrareo, reo ze nizaka gny
Zakan'agnahary tamindrareo, dra hevero gny vokasigny fihesik'ereo. Aleo manahaky gny finoan'ereo. [8]Jesosy
Kristy dra sy miova omaly, vo amizao, vo ho mandrakizay.[9]Ka magneky toniny amireo karaza fapenara hafahafa.
fa soa raha tokony hamafisy amigny ze fahasoava gny fo, fa sy amigny hany ze sy magnapy reo ze mandeha
miaraky amin'ereo. [10]Isika dra mana alitara ze sy anagnan'ireo ze manopo gny tabernakely fahefa hihinana. [11]Fa
gny lionigny biby nivono atao fagnatisy ho anigny ota dra nandesiny pisorombe tao amigny toera masy,
nandris'izay gny vatan'ereo dra noroa tagny ivelany toby.[12]Noho izay Jesosy avo koa dra nizaly tagny ivelanigny
tana. ba hagnamasy reo vahoaky amigny alalanigny liony manoka. [13]Andeha isika noho izay ho agny aminazy
agny ivelanigny toby, hinday gny fahafaham-baraka. [14]Fa sy mana tana maharisy isika eto. Fa kosa, mandigny gny
raiky ze ho avy isika.[15]Amigny alalany, dra andao isika hanolosy reo fagnati-pidera ho an'Agnahary hatrany,
fidera vokasy gny maloto ze magneky gny agnarany. [16]Aleo sy alignosika gny manao gny soa vo magnapy gny
olon'isany, fa amigny fagnatisy manahaky anizay gny tena mahafaly an'Agnahary. [17]Makatoava vo magneke reo
pitariky andrareo, fa ereo gny miahy gny fagnahindrareo, manahaky reo ze hanao tatisy. Makatoava ba hanao
anizay apifalia reo pitondra andrareo, fasy apisetoy, ze lasa sy misy dikany.[18]Mivavaha ho anay, fa izahay dra
nino fa mana feonigny fierisereta malio dra magniry hiay apahamarigna gny raha aby. [19]Manosiky andrareo bebe
kokoa aza zaho ba hanao anizay, dra ba hihery malaky amindrareo zaho.[20]Dra gny Zagnahary gny fiadagna, ze
nananga tamigny maty gny piamby agnondry lahibe, gny Toposika Jesosy, taminigny alalanigny ranigny fagneke
mandrakizay, [21]dra hagnasoa andrareo amigny asa soa ba hanova gny sitrapony aby. Izy anie hiasa ao agnatisika
ze tena akasitrahany eo agnatrehany, amigny alalan'i Jesosy Kristy, ze hame gny voninahisy mandrakizay.
Amena.[22]Dra makahery andrareo zaho, ry rahalahy, ba hiarisy gny zakanigny fapahereza ze nisoratiko bory ho
andrareo. [23]Fataro fa nahafahy Timoty rahalahisika, ze hindray aminahy hagnety andrareo raha avy aloha izy.
[24]Atovy veloma reo pitariky andrareo aby vo reo pino aby. Reo ze boak'agny Italia dra manao veloma andrareo.

# James

Chapter 1

[1]Jakoba, panopon'agnahary vô Topo Jesosy Kristy, ho anireo foko ro ambiny folo nibarakay: arahaba. [2]Rambeso ho
fifalia avokoa zay,rahalahy, gny misy olana samihafa iandrareo. [3]Fatasindrareo fa gny fisapa gny finoandrareo
dra mahavy fahareta.[4]Angao gny fahareta hahatateraky gny asany, ba tena hiboaky vo ho feno tateraky
handrareo, dra sy ho ory na ino na ino. [5]Fa raha misy amindrareo mitalia fahendrena, aoky izy hangataky anizay
amin'agnahary, gny raiky ze magnome asitra-po vo sy mandasa ze mangataky aby, vo ameny anazy zay.[6]Fa enga
izy hangataky amigny finoa ,sy misalasala Amin'ino dre ino . Fa ze misalasala dra tahaky gny ozan_dranomasy ze
andesihoky vô mitopatopa.[7]Fa ze olo zay dra sy tokony nieriserisy gny handray dre ino dre ino baka amy Topo.
[8]Gny olo manahaky anizay dra miroa say,miovaova amigny lalany iaby.[9]Aoka gny rahalahy mahatra hanao gny
fisandratany ho reharehany , [10]fa gny olo manan-kanagna amigny fietreny ,satria izy dra hilofika manahaky gny
Ravi-kazo dra egny amigny ahisy. [11]Fa gny masoandro dra miboaky amigny hafana may dra magnamaiky gny
ahisy . Gny ravikazo dra mihisa ,sady gny hasarany dra ho levo. Manahaky anizay koa ,gny olo manakanagna dra
halazo egny amigny asasany gny liany.[12]Sambasy gny olo ze miarisy fisapana .Satria gny baka nandalo fisapa
izy,dra handramby gny satro-boninahisy gny fiaigna , ze napanatena tamin'ereo ze tia agn'Agnahary. [13]Gny misy
halam-pagnahy dra ao izy sy hizaka hô:'' Zagnahary gny nangalaky fagnahy anahy,'' satria Zagnahary sy azon'gny
rasy ala fagnahy ,sady sy bâ mangalaky fagnahy dre aniza dre aniza.[14]Fa samy ala-pagnahy amigny fagniriany
manoka gny olo kirairaiky ,ze mapiemosy vô mandresy anazy.[15]Gny fa torotoro gny fagniria , dramiteraky fahota .
Dra gny mitombo tateraky gny ota ,dra miteraky fahafatesa. [16]Ka mety ho fitahy ,ry rahalahy malalako.[17]Gny
fagnomeza soa iaby vô gny fagnomeza avy lafasy aby dra bak'agny agn'abo . Zay dra mizoso baka amigny

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Ragn'gny fahazava . Miaraky amigny dra sy misy fitova dre aloky nohon'gny fiodigna. [18]Zagnahary dra nifily gny hagnome fahateraha asika amigny zaka fahamarigna ,bâ ho karaza voloham-bokasin'ereo aby ze nofononiny isika.[19]Fatasindrareo zay,ry rahalahy malalako : aoka gny olo aby halaky hiteno ,sy hizaka ho ôry. [20]Fa gny hahoriagn'olo dra sy ahefa gny fahamarignan'Agnahary. [21]Koa alao gny fahalotoa iaby vô gny faharasia iaby .Ami-panetre tegna dra rambeso dra rambeso gny zaka fa napetraky ,ze afaky mamozy gny fagnahindrareo.[22]aoka ho pakato gny zaka handrareo fa sy ho piteno avo, la mamitaky gny vatandrareo. [23]Fa raha misy piteno gny zaka nefa sy pakato, dra manahaky gny olo ze mandiniky gny tarehiny voazagnahary agnaty fitarasy izy. [24]Mandiniky gny vatany izy dra mandeha boakeo dra magnaligno momba anazy. [25]Fa gny olo ze mandiniky soa gny lalanigny fahafaha tonga lafasy, vo manohy manao anizay, fa sy ho piteno fosiny ze magnaligno, dra ho tahy amireo asany zay olo zay.[26]Raha misy mihevi-bata ho pivavaky ,nefa sy mifehy gny lelany ,dra mamitaky gny fony izy zay ,dra sy misy viliny gny fivavahany . [27]Gny fivavaha malio vô sy misy pety eo agnoloan'agnaharisika vô gny Rasika dra zao: hagnapy reo kamboty vô reo pinday vata amigny fahotan'ereo, dra miaro gny vata bâ sy hisy petina baka amizao totolo zao.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 2

[1]Ry rahalahy , ka mihazo gny finoa an'i Toposika Jesosy Kristy, gny topogn'gny voninahisy ,amigny fiagara amigny
olo sasany .[2]Ataovy hô misy olo milisy ao amigny fivoriandrareo manao banga volamena vô ankazo soa,dra misy
lelahy mizaly avô koa milisy manao akazo maloto.[3]Raha magnety gny olo miakazo soa anao dra mizaka hô:
''Azafady mitoera eto amigny toera soa ,''fa hizaka amigny lelahy mizaly koa hô: '' Misangana anao erihô,''dre hô :
''Mipetraha eto antomboko,'' [4]moa sy micapisara amindrareo reo ? Moa sy lasa pisara amigny eritreri-drasy
andrareo?[5]Mitenoa , ry rahalahy malalako ,sy fa nofilin'Agnahary se gny mahatran'izao totolo zao bâ hanakarena
amigny finoa vô bâ ho pandova gny fazakana ze napanatenana reo ze tia Anazy ? [6]Fa andrareo dra nangalaky
baraka gny mizaly ! Moa sy ereo gny mapahôry andrareo ? Moa sy ereo se gny mitariky andrareo ho eo amigny
fisarana ? [7]Moa sy ereo seky gny magnarasy gny agnara soa ze andrareo?[8]Dre zay aza ,raha magnatateraky gny
lalagn'gny pazaka andrareo ,araky gny sorasy masy hô:''Tiavo gny namanao tahaky gny vatanao ,''dra manao gny
sitraky gny olo sasany koa andrareo ,dra manota , ka voafagnahia mitovy gny pandika lalàna.[10]Fa dre iza dre iza
matia gny lalana iaby ,kanefa lavo amigny lala raiky avô, dra ho ôry amigny lalàna iaby.[11]Fa gny nizaka hô:'' ka
mizangazanga,''dra nizaka avô koa hô: ''ka mamono olo.''Raha sy mizangazanga andrareo ,kanefa mamono
olo,dra lasa pandika lalàna.[12]Noho zay mizaka vô manova mitovy amy ze ho sara amigny lalagn'gny fahafahana.
[13]Fa gny fisara dra avy sy misy famindram-po amin'ereo ze sy naharé famindram-po.Dra gny famindram-po dra
mandresy gny fisara.[14]Ino gny soa , ry rahalahiko , raha milaza gny olo raiky fa manam-pinoa izy ,kanefa sy misy
asa ? Afaky hamozy anazy seky zay finoa zay ? [15]Atovy hô misy rahalahy na anabavy rasy fitafy vô sy ampy hany
isan'andro . [16]Atôvy hô misy raiky amindrareo mizaka amin'ereo hô:'' Mandehana am-pilaminana ,manova
mafana ary mivokisa.''Raha sy magnome anazy reo gny raha taliaviny ho agn'gny vata andrareo , ino gny
mahasoa anizay ? [17]Dra mitovy amizay koa gny finoa ,raha sy misy asa zay ,dra maty.[18]Nefa mety misy olo mizaka
hô: '' Mana-pinoa anao ,dra zaho manan'asa .''Asehoy anahy gny finoanao sy misy asa ,dra asehoko anao koa gny
finoako amigny lalagn'gny asako.[19]Ianao dra mino fa raiky avô gny Zagnahary; soa ze ataonao zay . Fa na reo
devoly reo aza mino anizay ,ka dra Mangitikitiky ereo . [20]Tiandrareo ho fatasy se , gny lelahy mola ,fa gny finoa sy
misy taliava anazy ? [ Fanamarihana: Gny dika-zaka taloha gn'ilany dra mamaky hô: '' Tiandrareo ho fatasy seky ,
ry lelahy mola ,hô nanao akory gny finoa ta hisy asa gny maty ?'']Sy tamigny asa koa seky gny nagnamariha an'i
Abrahama rasika gny nanolosy an'Isaka zanandahiny teo amigny alitara izy? [22]Hitanao fa gny finoa dra niasa
niaraky tamigny asany , dra amy asa dra niboaky tateraky gny finoany . [23]Dra tateraky gny Sorasy Masy se mizaka
hô: ''Abrahama nino an'Agnahary ,ka nisafy tamigny ho fahamarigna zay ,'' dra izy nitokavy hô
sakaizan'Agnahary .[24]Hitatandrareo zao fa amign'gny asa gny hagnamary gny olo,fa sy amigny finoa avô.[25]Mitovy
amizay koa , Rahaba pivaro-tegna sy nohamarigny tamigny asa koa se izy, gny nandray reo iraky vô nandefa
anazy reo tamigny lala-kafa? [26]Fa maty gny vata raha misaraky amigny fagnahy ,dra mitovy amizay koa ,gny finoa
sy misy asa dra maty.

Chapter 3

[1]Sy olo maro gny tokony ho lasa papianasy ,ry rahalahiko . Fatasika fa handramby fisara fatrasy isika .[2]Fa isika
iaby dra tafitohy amign'gny fomba maro . Raha misy sy tafitohy amin'ereo tegny ,dra lelahy matosy tateraky izy
,afaky mifehy na dre gny vatany raiky manotolo avô.[3]Gny raha asika lamboridy eo ambavan'ereo sovaly bâ
hakatoavin'ereo asika,dra afaky minday gny vatan'ereo raiky manotolo avô koa isika . [4]Hatio avô koa fa reo
sambo ,dre dra lahibe tokoa aza izy reo dra andesigny sihoky mahery, dra voavilign'gny familia vatâ masaiky
agny aby amin'izay tiagn'gny panamory.[5]Mitovy amizay koa gny lela dra rasa masaiky amign'gny vata ,kanefa izy
dra mihambo-draha maro . Hatio avô koa gny hasaikign'gny afo zay fe magnoro ala be . [6]Gny lela avô koa dra afo ,
totologn'gny rasam-batasika. Zay dra magnisy petipety gny vata raiky manotolo dra magnoro gny lalam-piagna .
Arehisign'gny helo gny vatany .[7]Fa gny karaza-biby aby ,voro,biby mandaly ,dra zava-boaharin-dranomasy dra
folaky sady nofolahign'gny olombelo. [8]Fa momban'gny lela ,sy misy olo mahavita mamolaky anizay. Io dra rasy sy
hay fehezina ,feno poizy mahafaty.[9]Amizao gny hiderasika gny Topo vô gny Ra , dra amizao gny hagnozognasika
olo, ze natao nitovy tamin'Agnahary. [10]Baka amigny vava avô gny niboahan'gny fitahia vô fagnozogna. Ry
rahalahiko,sy tokony hisy reo raha reo.[11]Moa gny loharano se mamoaky rano mamy vô mafaisy baka amigny
fiboahany ? [12]Moa gny hazogn'gny aviavy se ,ry rahalahiko, mamoa oliva ? Dre gny voloboky, mamoa aviavy? Gny
rano masira koa dra sy afaky hagnome rano mamy .[13]Iza gny hendry vô mahay eo agnevondrareo? Angao ze olo
zay hapiboaky fiaigna soa amigny asany amigny fanetre-tegnagn'gny fahendrena.[14]Fa raha mana fialogna rasy
andrareo dra ragnirian-daza ao am-pondrareo ,dra ka mihambo na mavandy manohisy gny mary.[15]Zay dra sy
fahendrena ze nizoso bak'agny agn'abo.Fa avy amigny tany ,gny sy ara-pagnahy , gny devoly zay. [16]Fa agny
amin'izay misy fialogna sy fagniria-daza, dra misy fifanjevona vô fanaova gny rasy aby. [17]Fa gny fahendrena
bak'agny agn'abo dra malio aloha , Bak'eo feno fiadana , malemy fagnahy m mihevisy gny hafa ,feno famindram-
po vô vokasy soa , sy malemy , dra sotra . [18]Gny vokasy gny fahamarigna dra voafafy am-piadana eo agnevon'ereo
ze mapihava.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 4

[1]Bak'eza gny niavian'ereo aly vô reo fifandira eo aminereo? Moa se reo sy avy amigny fagniriandrareo ze mialy amigny pikamba eo agnevondrareo? [2]Magniry andrareo ,nefa sy mana .Mamono vô magniry andrareo , nefa sy afaky gny ahazo. Mialy vô mifagnakany andrareo . Sy mana andrareo satria sy mangataky .[3]Mangataha andrareo nefa sy mahazo satria rasy fangataky , bâ ahafahandrareo mapiasa anizay ho amigny fagniriandrareo.[4]Andrareo ry pizangazanga! Moa sy fatasindrareo se fa gny fisakaizana amin'izao totolo zao dra fandrafia manohisy an'Agnahary? Koa dre iza dre iza te -ho sakaizan'izao rotolo zao dra manao gny vatany ho fahavalon'agnahary. [5]Sa andrareo se mieriserisy fa gny Sarosy Masy dra mizaka raha- fahatany hô:'' Gny fagnahy ze nataony niania tao amisika dra saro-piaro loasy''?[6]Fa Zagnahary magnome fahasoava maro tokoa , noho izay dra hô gny sorasy masy hô: '' Zagnahary manohisy gny pirehareha,fa magnome fahasoava gny mpanetry tegna ' [7]ka magneky an'Agnahary. Tohero gny devoly ,dra hilomay andrareo izy .[8]Magnarignia an'Agnahary, dra hagneky andrareo izy.Liovy gny tagnandrareo, ry mpanota, dra liovy gny fondrareo,ry piroa say.[9]Malahelova , mandalà, dra mitomagnia! Aoka gny fiomehezandrareo holy fitomagnia, dra gny fifaliandrareo ho fazoreta.[10]Manetre-tegna eo agnatrehan'i topo, dra hanandrasy andrareo Izy.[11]ka mifagnarasy andrareo ,ry rahalahy .Gny olo ze magnarasy gny rahalahy na misara gny rahalahy dra manohisy gny lalàna. Raha misara gny lalàna andrareo ,dra sy pakato gny lalàna ,fa pisara . [12]Raiky avô gny magnome lalàna vô misara.Izy avô gny raiky afaky mamozy vô mamono . Iza moa anao, ze misara gny namanao?[13]Dra mitenoa ,andrareo ze mizaka hô:'' Amizao na maray filirany ato Amin'itihô tana itihô isika , heritao hizano agny ,hanao varosy ,dra hangalaky tombony .''[14]Iza gny mahay ze raha hisy maray ,dra ino gny fiaignandrareo? Fa zavona miboaky malaky andrareo sady Bak'eo dra levo.[15]Fa dra , tokony hizaka amindrareo hô : '' Raha sitraky gny Topo, dra ho velo isika dra hanao agn'isy na hanao anindrahôky. ''[16]Fa amizao andrareo dra mirehareha amin'ereo tetiky boaboa. Gny fireharehany aby mitovy dra rasy. [17]Ka ho an'izay mahay aby manao gny soa nefa sy manao anizay ,dra ôry ho anazy .



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 5

[1]Avia, andrareo ze mpana-karena, mitomagnia vô midradradradrà noho reo fahoria avy amindrareo .[2]Gny
fanagnandrareo fa hô lo, dra gny fiakazognandrareo fa lanign'gny kalalao.[3]Gny volamenandreao vô gny
volafosindrareo dra fa heriky .Gny heriky dra ho vavolombelo havandy amindrareo.Hagnoro gny nofondrareo
manahaky gny afo zay . Nahazanereo gny hanagnandrareo ho amigny reo andro farany .[4]Indro, gny
karaman'ereo piasa dra mitaray gny karama ze nihazon'ereo sy ho an'ereo ze namokasy gny tanimboly drareo ,
dra reo fitaraignagn'gny mpijinja dra fa avy agny sofiny topogn'gny maro .[5]Niay tamign'gny harena teto an-tany
andrareo sady nagnara-po tamign'gny vatandrareo . Natavezindrareo gny fondrareo ho agny andro famonoa.
[6]Nagnahy vô namono gny olo-mary andrareo . Sy nanohisy andrareo izy.[7]Koa mahareta, rahalahy,
mandrapiavign'gny Topo. indro, gny pamboly miamby gny vokasy sarobily baka amigny tany.Miamby amim-
pahareta anizay izy , mandra-pahazoan'izay gny volohany vô gny fara-ora.[8]Andrareo ,avô Koa, mahareta .
Hatazaho gny fondrareo, satria fa mariny gny fiaviagn'gny Topo.[9]Ka mifapitaray, rahalahiko,bâ sy ho sara
andrareo .Indro,gny pisara misanga eo am-baravara.
[11]Indro, ataosika mitovy manahaky gny sambasy reo ze fa miharisy . Fa rendrareo gny fiaretan'i Joba , dra
fatasindrareo gny tazogn'gny topo,gny maha -feno fangoraha vô famindram-po anazy.[12]Fa agn'abony iaby ,
rahalahiko ,ka mianiana ,dre amigny lagnisy dre amigny tany ndre amigny fiaigna hafa. Fa dra,aoka gny
zakandrareo hô: ''Eny'' ho ''Eny'' dra gny ''ahaha ''ho ''ahaha'',bâ sy hilisy amigny fisara andrareo .[13]Misy olo
mizaly se eo amindrareo amigny aly sarosy? Ao izy hivavaky.Misy olo faly se ? Aona izy hiatsa fiderana .[14]Misy
marary se eo agnevondrareo ? Aoka izy hitoka gny lohologn'gny fiangona ,dra ao izy reo hivavaky ho anazy .
Aoka ereo hagnososy menaky anazy amigny agnarany topo.[15]Gny fivavaky gny finoa gny hagnasitrana gny olo
marary,dra gny Topo hananga anazy . Raha nanota izy , dra hamela anazy Zagnahary.[16]Koa mifaneke heloky
andrareo, dra mifapivavaha, bâ ho afaky andrareo . Gny vavaky ataogn'gny olo-marina dra tena matazaky
amigny fiasany . [18]Bak'eo nivavaky draiky Elia . Gny lagnisy dra nagnome ranon'ora, dra gny tany namoa gny
vokany .[19]Ry rahalahiko ,raha misy eo amindrareo miala amigny fahamarigna ,dra misy raiky koa mampihery
anazy, [20]dra tokony ho fatasy hô olo hô fa dre iza dre iza mangalaky gny panota raiky amigny lala-diso dra
hamozy anazy amigny fahafatesa,dra hanafosy fahota marobe.

# 1 Peter

Chapter 1

[1]Petera, apostolon'i Jesosy kristy, ho an'ireo zanakapelany, reo ze voafily, manera an'i Ponto, Galitia, Kapadokia,
Asia, dra Bitynia. [2]Zay dra araky gny fatasy zagnahary ray aloha, voatokan'ny fagnahy ho fakatoava vo ho
famafaza gny lion'i Jesosy Kristy. Ho amindrareo anie gny fahasoava, dra hitombo anie gny fiadagnandrareo.[3]Ho
tahiny Zagnahary vo baban'i Jesosy Kristy toposika. Tamigny famindra_pony, gny nagnomezany asika
fahaterahana vaovao ho an'ny fahatokisan'ny lova. Izay lova zay dra tamigny alalan'ny fisanganan'i Jesosy Kristy
tamigny maty. [4]Zay dra ho an'ny lova zay sy ho maty, sy ho sola, dra sy ho levo. Zay dra voatoka ho andrareo agny
an-dagnisy. [5]Handrareo dra arovan'ny herin'i Zagnahary amigny alalan'ny finoa, ho an'ny famozena zay fa
vonona ho zaka amigny fotoa farany.[6]Tena falifaly momba izay handrareo, na dre taliavindrareo aza gny
hahasiaro malahelo amigny ola maro samy hafa amizao. [7]Zay dra ho an'ny fagnaporofoa gny finoandrareo, zay
sarobidy loasy nohonigny volamena zay sola, na dre noroa tamigny afo aza. Miboaky zay ba ho hita gny vakany
gny finoandrareo amigny fiderana, vaninahisy, dra haza amigny hiboahan'i Jesosy Kristy.[8]Sy nahita anazy
handrareo, nefa tia anazy. Sy mahita anazy handrareo amizao, kanefa mino anazy dra tena falifaly amigny fifalia
sy hay zaka, mahafinarisy. [9]Resindrareo amizao gny vokany gny finoandrareo, dra gny famozena gny
fagnahindrareo. [10]Reo paminany dra nikaroky vo nagnotany soa gny momba izay famozena izay, gny momba gny
fahasoava izay ho andrareo.[11]Izy reo dra nitalia gny hahafatasy gny momban'ny ho iza vo ombia gny fagnahin'i
Kristy ao amin'ereo gny nizaka tamin'ereo. Izay dra niseho manahaky gny zinakany anazy reo taloha momba reo
fizalian'i Kristy vo gny vaninahisy magnoriky izay. [12]Nizaka tamin'ereo zay ba sy hanopo gny vatany ereo, fa
handrareo, aby nizaka anio raha io voazaka tamindrareo amizao izy reo tamigny alalan'ireo izay nitory gny
filazasara tamindrareo tamigny alalan'i fagnahy masy nalefa avy agny an-dagnisy--Gny raha tian'ireo azely ho
fatasy.[13]Noho izay omano gny saindrareo. Mahognona tegna.Manobia fitikia amigny fahasoava zay handesy eo
amindrareo amigny hisehoan'i Jesosy Kristy. [14]Amigny maha-zanaky pakato, aza mapifagnaraky gny
tegnandrareo am'ireo fagniria izay narahindrareo tamigny bo sy nahay andrareo.[15]Fa manahaky gny raiky izay


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

nitoka andrareo ho masina, handrareo, avo koa, aoka ho masy amigny fitondra-tegnandrareo aby. [16]Fa voasorasy ho: "Aoka ho masy, satria masina zaho." [17]Dra gny mitoka gny raiky zay mizaka sy misy fagnavakavaha araky gny asan'olo kiraikiraiky aby ho: "Ray" handrareo, dra handany gny fotoan'androndrareo amigny fanehoha fagnaza. [18]Fatasindrareo fa sy avy tamigny volafosyna volamena mety levo gny nagnavotany andrareo tamigny fitondra-tegna mola izay nianarandrareo tamigny razandrareo. [19]Fa koa, navota tamigny lio sarobidin'i Kristy handrareo, zay manahaky gny zanak'agnondry sy misy kilema dre raiky.[20]Voafily talohan'ny nanangana an'izao totolo izao Kristy, fa amizao dra tamin'ireo fotoa farany gny nizaka anazy tamindrareo. [21]Amigny alalan'ny gny hiniandrareo anazy tamigny maty vo tam'ireo nameny vaninahisy ba ho ao amin'i Zagnahary gny finoa vo gny fahatokiandrareo.[22]Nagnaligno gny fagnahindrareo tamigny fakatoava gny fahamarina handrareo. Izay dra ho an'ny fitiava ara_pirahalahia malio; noho izay mifakatiava fatrasy amigny fo. [ fagnamariha: reo dika-teny sasany dra mivaky ho: ''nagnalio gny fagnahindrareo tamigny fakatoava gny fahamarinandrareo tamigny alalan'i fagnahy handrareo"] [23]Nateraky ndraiky handrereo, sy avy amigny voa mety maty, fa avy amigny zakan'i Zagnahary velo vo mitoboky.[24]Fa ''gny nofo aby dra manahaky gny ahisy, dra gny voninahiny aby dra manahaky gny vonikazon'ny ahisy. Maiky gny ahisy, dra malazo gny raviny, [25]Fa gny zakan'ny tompo dra mitoboky mandrakizay.'' Izay gny vaovao mahafaly zay zinaka tamindrareo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 2

[1]Noho zay ario gny rasy aby, gny fahadisoa-fanatenana aby, gny fihasara-velasihy, gny fagniria, dra gny
fagnendrikendreha aby. [2]Manahaky gny raha vo teraky, magniry ronono ara-fagnahy malio, ba hahafahandrareo
mitombo ao amigny famozena amigny alalan'ny, raha nahasapa handrareo fa soa fagnahy gny tompo.
[4]Magnaton'anazy gny vato velo zay narian'olo, fa voafilin'i Zagnahary ho mana-laza aminazy. [5]nHandrareo avo
koa dra manahaky reo vato velo zay voaory ho tragno ara-pagnahy, ba ho pisoro masy zay manolosy gny soro
ara-pagnahy amizao amigny alalan'i Jesosy Kristy.[6]Gny sorasy masy dra ahita izao: ''Ingo, zaho mitoboky amigny
ziona vato fehizoro, voafoly vo mana-laza. Izay aby mino amazy dra sy megnasy.''[7]Gny vaninahisy noho izay dra
ho anao izay mino. Kanefa, ''gny vato narian'ireo pagnori-tragno, zay dra avy lohan'ny fehizoro''- [8]Dra, vato
mahatagatoy vo vatolapy mahalavo. Tafatoy ereo sy nakato gny zakany, izay voatoka ho anazy ereo koa.[9]Fa hanao
dra olo-voafoly, pisoron'ny pazaka, ferenena masy, olo ho an'ny fanagnan'i Zagnahary, ba ho afaky hizaka gny
hasoan'ireo asany ray izay nitoka anao avy tao amigny mezy hagnao amigny hazavany mahatalazo hanao.
[10]Taloha hanao si olo, kanefa amizao hanao dra olon'i Zagnahary, Sy nandray famindram-po hanao, fa amizao
hanao nandray famindram-po.[11]Ry malala, mitoka andrareo manahaky gny vahiny vo pirerirery zaho ba hifaly
gny filan'ny nofo, zay mahavy aly manohisy gny fagnahindrareo. [12]Tokony gny mana fitondra-tegna soa
handrareo eo am'ireo zetilisa, ba ho, raha mizaka momba amdrareo ho nanao reo asa rasy izy reo, dra tokony
hahita reo asa soa ndrareo vo hakalaza an'i Zagnahary amigny andro zay hahaviany.[13]Akatoavo gny fahefan'ny
olombelo aby noho gny amigny tompo. Akatovo manahaky gny agnabo indrindra gny pazaka, [14]Vo reo Goverinora
avo koa, zay nalefa ba hagnasazy reo panao rasy vo hakalaza reo panao gny soa. [15]Fa zay gny sitrapon'i
Zagnahary, amigny fanova gny soa andrareo dra mapigy gny zaka sy mahalala fomban'ny olo mola. [16]Manahaky
gny maha-olon'afaky, aza apiasa ho manahaky gny fandombofa fahalemea gny fahafahanao , fa aoka hanamaky
gny fahafahanao, fa aoka hanahaky gny panopon'i Zagnahary. [17]Omeo voninahisy gny olon'aby. Tiavo gny
firahalahia. matahora an'i Zagnahary. Omeo voninahisy gny pazaka.[18]Ry panopo, meteza hagnagny hagneky gny
topondrareo amigny fagnaza aby. Ka magneky ho ponopon'ny soa vo gny topo so fagnahy, fa ho an'ireo rasy
toetra avo koa. [19]Satria mendri-piderana izay raha misy miarisy manaitay aby mizaly amigny sy rariny noho gny
fanatenany an' zagnahary. [20]Fa hotrino gny vola raha manota hanao dra miarisy mandrisy gny fagnasazia anao
lateo? fa gny nanao gny soa hanao dra miarisy mandrisy gny fagnasazia anao, dra memdri-piderana amin'i
Zagnahary izay.[21]Fa noho itihiky gny nitokava anao, satria Kristy avo koa dra azely ho nao. Nagnenga ohasy ho
nao izy ba hagnoroha ireo lalany. [22]Sy nanota izy, na hoe nisy fitaky teo am-bavany. [23]Gny nizaka rasy izy, dra sy
ba namaly rasy. Gny nizaly izy, dra sy nandraho, fa nagnome gny vatany tamigny rai izay pisara apahamarina.
[24]Izy vatany dra ninday reo fahotasika tao amigny vatany ho eo agnabo hazo, ba sy hana azara amigny fahota
sasy sika, dra ba hiay ho an'ny fahamarina. Tamigny alalan'ny rasany gny nahasitrany andrareo. [25]Nirerirery
manahaky gny agnondry levo handrareo aby, fa amizao handrareo nihery tamigny piamby agnondry gny
fagnahindrareo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 3

[1]Amin'izay fomba izay, handrareo apela dra tokony hagneky gny valindrareo. Atovy na dre misy lelahy maro aza
sy tia gny zaka, dra mety ho azo reo na sy misy aza gny zaka, amigny alalan'ny fitondra-tegnany valin'izy reo. [2]Fa
izy reo dra hahita gny fitondra-tegna mendrikandrareo a-pagnaza.[3]Aoka izay ho tateraky sy mindray amin'ireo
hengo: randram-bolo, firavaky vilamena, na akazo lamody. [4]Fa koa, aoka izay ho tateraky mindray amin'izy ao a-
pony olo, vo gny hasoa maharisin'ny fagnahy soa vo simizaka, izay sarobidy eo agnatrehan'i Zagnahary.[5]Fa reo
apela masy taloha g ny nandravaky gny vatan'izy reo manahaky izay. Nana fahatokia an'i Zagnahary izy reo dra
nagneky gny valiny aby. [6]Manahaky izay fomba izay gny nitian'i Abrahama an'i Saraha vo nitokavany anazy ho
topony. Handrareo dra zanany amizao gny manao izay soa vo sy matahosy olo handrareo.[7]Manahaky izay avo,
handrareo lelahy dra tokony miay mindray amigny valindrareo araky gny fahazava-say, manahaky gny fanaky
malemy kokoa, gny apela, Tokony amendrareo voninahisy izy reo manahaky gny piara-mandova izay ba sy ho
voasaka gny vavakindrareo.[8]Farany, handrareo aby, aoka hindray say, hangoraky, hifakatia manahaky gny
pirahalahy, ho so-po, dra hanetri-tegna. [9]Ka mamaly rasy gny sary na manevateva gny pagnavetaveta. Mifanohisy
amin'izay aza, mitahia hatragny, fa noho izay gny nitokava andrareo, ba hahafahandrareo mandova gny fitahia.
[10]"Gny raiky izay te hakafy gny fiegna vo te hahita andro soa dra tokony hagnasahasy gny lelany amigny rasy vo
gny molony amigny fizaka fitaky. [11]Aoka izy hiala amigny atao hoe rasy dra hanao izay soa. Aoka izy hitalia
fiadagna vo hitaky izay. [12]Gny mason'ny topo mahita gny marina, dra gny sofiny mahare reo fangatahan'izy reo. fa
gny tavan'ny topo dra manohisy reo izay manao rasy.''[13]Iza gny raiky izay hagnahy andrareo raha magniry gny
hanao gny soa handrareo? [14]Nefa gny mizaly nohon'ny fahamarira handrareo, dra sambasy, Ka matahosy izay
hatahoran'izy reo. Ka mangorohoro.[15]Fa koa, atokano manahaky gny masy ao apondrareo gny topo Kristy.
mivono hatragny hamaly gny olo aby izay magnotany andrareo gny atony hatokindrareo an'i Zagnahary. Atovy
amigny haleme-pagnahy vo fagnaza izay. [16]Mana feon'ny fierisereta malio ba gny olo izay manevateva gny fiaigna
soandrareo ao amin'i Kristy dra mety megnasy satria mizaka manohisy andrareo izy reo manahaky gny ho panao
rasy handrareo. [17]Soa kokoa, gny Zagnahary gny magniry, fa mizaly handrareo amigny fanova gny soa nohon'ny
fanova gny rasy.[18]Fa nizaly nohon'ny fahota avo koa i Kristy. Izy zay marina dra nizaly ho asika, zay sy marina, ba
handesany asika eo amin'i Zagnahary. Nivono tamigny nofo izy, fa nivelomin'ny fagnahy. [19]Tamigny alalan'ny
fagnahy, dra nandeha izy dra nitory ho an'ireo fagnahy izay agny apigadra amizao. [20]Sy nakato izy reo gny
nindray gny faharetan'i Zagnahary tamigny andron'i Noa, tamigny andron'ny fanangana sambofiara, dra
Zagnahary namozy olo kelikeliky_ fagnahy valo_ tamigny rano.[21]Izay gny famatara gny batisa izay mamozy
andrareo amizao_ sy manahaky gny fagnadiova gny loto amigny vatany, fa manahakay gny ason'ny feon'ny
fierisereta ho amin'i Zagnahary_ tamigny alalan'ny fisangan'i Jesosy tamigny maty. [22]Kristy dra eo atagna
akavian'i Zagnahary. Niakasy agny an-dagnisy izy. Ireo azely, reo mana-pahefana, dra gny hery sy maisy magneky
anazy.

## Chapter 4

[1]Noho izay, satria nizaly tamigny nofo i Kristy, dra atovy fialian'ny vatandrareo izay tazona izay. Fa izay aby
nizaly tamigny nofo dra nisahasy tamigny fahota. [2]Vokas'izay, gny olo manahaky izay, mandrisy gny fotoa sisa
hiegnany, dra sy hiay ho agny fagnirian'ny olo sasy, fa ho an'ny sitrapon'i Zagnahary.[3]Fa apy izay gny fotoa lasa
nanova izay tian'ny Zetilisa atao-hafalian'ny nofo, fizezozezoa, fimamao, fitondra-tegna mahamegnasy, fihira
rasy, dra reo asan'ny fanopoa sapy mapangelakelaky. [4]Ataon'izy reo fa hafahafa satria sy mikamba amin'izy reo
ao amin'izay fagnaragna-po be izay handrareo, noho izay dra hizaka rasy momba andrareo izy reo. [5]Hamaly gny
ray izay vonona hisara gny velo vo gny maty izy reo. [6]Noho izay atony izay gny nitoria gny vaovao mahafaly
tamin'ireo maty avo koa, ba, na dre nisara tamigny nofo manahaky gny olo aza izy reo, dra hiay manahaky an'i
Zagnahary.[7]Magnariny gny faran'ny raha aby. Noho izay miavia say, dra mahonogna tegna amigny
ariserisindrareo ho an'ny fitiavam-bavaky. [8]Agnabony raha aby, mana fitiava feno ho an'ny kiraikiraiky avy, fa
gny fitiava mandrakosy fahota maro. [9]Mifapitragnoa sy a-pitaregna.[10]Fa gny kiraikiraiky amindrareo dra nandray
fagnomeza-pahasoava, apesao hofanopoa izay. Manova izay manahaky gny pita-raharahan'ny fagnomeza-
pahasoava maro maimaipoana an'i Zagnahary. [11]Gny misy mizaka, aoka izy hanao manahaky gny ray mizaka gny
zakan'i Zagnahary. Gny misy manopo, aoka izay ho avy amigny hery izay vasian'i Zagnahary. Manova reo raha
reo ba home- voninahisy amigny alalan'i Jesosy Kristy amigny fomba aby Zagnahary. Aoka ho an'i Jesosy Kristy
gny voninahitra vo gny hery mandrakizay doria. Amena.[12]Ry malala, ka ala ho hafahafa gny fisapa amigny afo
izay nitranga tamindrareo, manahaky gny ho nisy raha hafahafa nitranga tamindrareo. [13]fa koa, na dre maro aza
gny hiegnandrareo reo fizalian'i Kristy, mifalia, ba ho afaky avo koa handrareo dra ho falifaly amigny fizakany
gny voninahiny. [14]Gny nitevatevany noho agnaran'i Kristy handrareo, dra voatahy, satria gny fagnahin'ny
voninahisy vo gny fagnahin'i Zagnahary dra mitoboky ao amindrareo.[15]Fa aoka sy hisy na iza na iza amindrareo
hizaly namahaky gny panopo olo, mangalasy, panao rasy ,na piraharaha gny an'ny hafa. [16]Fa gny misy mizaly fa
kristiana, aoka izy tsy ho megnasy; fa koa aoka hagnome voninahitra an'iZagnahary amin'izay agnara izay izy.[17]Fa
fotoa izao hanomboha gny fisara mindray amigny akohonan'ny Zagnahary. Gny manomboky amisika izay, ino
gny ho vokasy ho an'ireo izay sy makato gny an'ireo zay sy makato gny filazasaran'i Zagnahary? [18]Dra gny'' gny
olo mary aza sy ho voavozy, amigny fomba manaoakory gny hiboahany olo sy an' Zagnahary vo gny panota?''
[19]Noho izay aoka izay mizaly noho gny sitrapon'i Zagnahary hagneky gny fagnahin'ny reo amigny pamoro matoky
amigny fanova soa.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 5

[1]Magnanasy reo loholo amindrareo zaho, izaho, izay loholo namana. Izaho avo koa dra vavolombelon'ireo
fizalian'i Kristy, dra izay koa pikamba ao amigny voninahisy izay fa haseho. [2]Noho izay, magnanasy andrareo
zaho, dra loholo, ligniso gny agnondrin'i Zagnahary izay eo amindrareo. Oriho maso izy reo, sy amigny vola
maloto, fa asitrapo. [3]Aza mazakazaka amigny olo izay tandremandrareo. Fa koa, aoka ho fitarasy ho an'ny
agnondry. [4]Dra gny miseho gny lohan'ny piambin'agnondry, dra hahazo satro-voninahisy sy mety sola handrareo.
[5]Manahaky izay koa, handrareo tanora fagnahy, magneke gny olo lahibe, Handrareo aby, tafio fanetre-tegna gny
vatandrareo dra mifanopoa. Fa Zagnahary manohisy gny pirehareha, fa magnome fahasoava gny panetry tegna.
[6]Noho izay manetre tegna eo ambanin'ny tagna-maherin'i Zagnahary ba hanandratany andrareo amin'izay fotoa
izay. [7]Atobeo eo amigny fagnahindrareo aby, satria izy miahy andrareo.[8]Mahognona tegna, miambena. Gny
fahavalondrareo, dra gny devoly, magnodidy manahaky gny liona mierona, mitalia izay olo ho arapany.
[9]Magnohera anazy. mieregna amigny finoandrareo. Fatasindrareo fa izay fahoria izay dra mazo gny firaisan'ireo
pino manera an'izao totolo izao avo koa.[10]Gny avy mizaly nandrisy gny fotoa boribory handrareo, gny Zagnahary
gny fahasoava aby, izay nitoka andrareo hoa amigny voninahiny mandrakyzay ao amin'i kristy, dra hahatateraky
andrareo, hananga andrareo, dra hapahery andrareo. [11]Ho izy anie gny fazaka mandrakizay mandrakizay.
Amena.[12]Alako manahaky gny rahalahy matoky i Silasy, dra nanorasy zaka boribory ho angdrareo tamigny
alalany zaho. Magnanasy andraeo zaho dra mizaka andrareo fa izay nisoratiko dra fahasoava marin'i Zagnahary.
Mizoroa amin'izay. [13]Gny apela izay agny Babylina, izay voafily nindray tamindrareo, manao velo andrareo. dra
koa i Marka, zanako lahy, manao velo andrareo. [14]Mifanova velo amigny fanoroa-pitiava. Ho amindrareo aby anie
gny fiadagna izay ao amin'i kristy.

# 2 Peter

Chapter 1

[1]Simona Petera, panopo vo apostolin'i Jesosy Kristy, ho an'ireo zay nahazo gny finoa sarobidy manahaky izay
nalanay, finoa ao amigny fahamarinan'ny Zagnaharisika vo Jesosy Kristy pamozy. [2]Hapitombo anie gny fahasoa
vo fiadagna nohon'ny fahalala an'i Zagnahary vo Jesosy toposika.[3]Reo raha aby mahakasiky gny herin'i
Zagnahary ho an'ny fiaigna vo toe-pagnahy dra name asika tamigny alalan'ny fahalala an'i Zagnahary, zay nitoka
asika tamigny alalan'ny voninahisy vo gny fahasoavany manoka. [4]Tamigny alalan'ireo, nameny zaka fikasa
soaisika, ba ho lasa pizara amigny fomban'Agnahary handrareo, fa gny mienga gny fahalotoa eto atany noho reo
filan-drasy.[5]Noho izay, manova gny soa ba hagnapia fahasoava amigny alalanigny finoandrareo, dra amigny
alalanigny fahasoavandrareo, gny fahalala. [6]Amigny alalanigny fahalalandrareo, magnapia fahonogna-po, vo
amigny alalanigny fahonogna-pondrareo, magnapia fereta, dra amigny alalanigny fiaretandrareo, magnapia toe-
pagnahy. [7]Amigny alalanigny toe-pagnahindrareo, magnapia fitiava rahalahy, dra amigny alalanigny fitiava
rahalahy, magnapia fitiava.[8]Raha ao amindrareo reo dra mitombo ao amindrareo, dra sy hamoa na sy hamokasy
amigny fahalala an'i Jesosy Kristy Toposika handrareo. [9]Fa na iza na iza sy apy reo raha reo dra sy mahita afa-sy
ze mariny avo; poaky izy. Nihalignoiny gny fagnaliova anazy tamireo fahota taloha.[10]Noho izay, ry rahalahy, atovy
gny ba hahazoa atoky gny fienga vo gny fifilia andrareo aby. Raha manao reo raha reo handrareo, dra sy ho
voafinga. [11]Amizay dra malalako ho andrareo gny fidira amigny fazaka mandrakizay ze anigny Toposika vo i
Jesosy Kristy pamozy.[12]Noho izay dra vonona avo zaho hapasiaro andrareo reo raha reo, na dre fatandrareo aza
reo, na dre matazaky ao amigny mary aza handrareo amizao. [13]Izaho mieriserisy fa rariny aminahy gny mamoha
andrareo amigny fapahasiahiva reo raha reo, gny bo eto amy ty tragno-lay tihoky zaho. [14]Akory fataso fa sy ho ela
dre halako gny tragno-laiko, manahaky ze nasehon'i Jesosy Kristy Toposika anahy. [15]Dra hataoko ze farany vitako
ba hahasiarovandrareo mandrakariva reo raha reo gny fa lasa zaho.[16]Fa zahay dra sy nagnoriky angano soa
rafisy ze niforogny gny fa nizaka tamindrareo gny mombanigny hery vo gny nisehoan'i Jesosy Kristy Toposika. Fa
koa, zahay dra vavolombelo nahita gny fiandrianany. [17]Fa izy dra naharay laza amam-boninahisy
boak'amin'Agnahary Ray gny fa nisy feo avy teo aminazy tamigny voninahisy lahibe ho: "Tihoky gny zanako
malalako, ze sitrako indrindra." [18]Nahare anizay feo boak'agny andagnisy zay zahay, gny fa niaraky taminazy
tegny atendrombohisy masy.[19]Isika dra mana ty zaka faminania dra fa fatrasy ory tihoky. Tokony hitandry anizay
soa handrareo. Izay dra manahaky gny ziro mazava ao agnatinigny mezy mandra-piavinigny maray vo gny
kitanigny maray miboaky ao apondrareo. [20]Fataro aloha zao, fa sy misy faminania boak'amigny famoahakevisy

gny olo. [21]Fa sy misy faminania boak'amigny sitraponigny olo. Fa koa, nitarihinigny Fagnahy Masy ereo ba hizaka ze nizakan'Agnahary.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 2

[1]Gny paminany sandoky dra teo amigny olo, dra gny papianasy sandoky avo koa dra ho avy eo amindrareo.
Hinday asokosoko sain-diso mamotiky anereo, dra handa gny Topo ze nivily anereo. Ereo dra mitay fahapoteha
malaky amin'ereo. [2]Maro gny hagnoriky gny fizezozezon'ereo, dra amigny alalanireo gny hizaka rasy gny
lalanigny famarigna. [3]Amigny fiheregna gny hagnararotany andrareo miaraky amigny zaka mamitaky. Sy ho ela
gny fagnameloha an'ereo reo; sy mandry gny fahapotehan'ereo.[4]Fa Zagnahary sy namindra fo reo azely ze
nanota. Fa koa natolony ho amigny vilany tany ereo ba ho voata amigny gadranigny fahamezigna mandra-
piavinigny fisara. (Fagnamariha: Gny dika-zaka taloha ilany dra mivaky manahaky anizao: "Ba ho fahe ao
amigny lavaky gny fahamezigna mandrapiavinigny fisara.") [5]Dra sy nagnenga anizao totolo izao taloha izy. Fa
namozy an'i Noah, ze mitory gny fahamarigna, miaraky amigny fito hafa, gny fa ninday gny safo-drano tamigny
rasy fagnahy teto amizao totolo izao izy. [6]Zagnahary avo koa dra nanao reo tanan'i Sadoma vo gny Gomora ho
levogny vo nasiaky anereo ho amigny fahapoteha, hanahaky gny ohasy amizay hitranga amigny rasy fagnahy.[7]Fa
i Lota mary, ze napahory tamigny fitondra-tegnan'ireo olo sy ara-dala tamigny fizezozezoa, dra nivozen'Agnahary.
[8]Fa izay lelahy mary zay, ze niay niaraky tamin'ereo isan'andro, dra faloranova tamigny fagnahinigny
fahamarinany noho ze hitany. [9]Fatasy gny Topo gny fomba hamoze reo olo soa fagnahy amireo fisapa, vo gny
fomba hitana reo olo sy mary ho amigny famaiza amigny andronigny fisara.[10]Marina zay ho an'ireo ze manohy
amigny fagniria rasinigny nofo vo manao sinosino gny fahefa. Mitopo teny fatrasy ereo. Ereo dra sy matahosy
hizaka rasy gny be voninahisy. [11]Reo azely dra mana hery vo fahefa lahibe, fa ereo dra sy minday fisara
manirasira manohisy anereo amigny Topo.[12]Fa reo biby sy mana-say reo dra natao ho sambory vo ho potehy. Sy
fatas'ereo ze sirasiran'ereo. Ho potiky ereo. [13]Hitakasy gny valisoanigny raha rasy nataony ereo. Mieriserisy ereo
fa gny sy fiafia mandrisy gny andro dra fahafinareta. Ereo dra be signy. Tian'ereo gny asa famitahan'ereo gny fa
mihina miaraky amindrareo. (Fagnamariha: Reo dika zaka ilany dra mivaky manahaky anizao: "Tian' ereo gny
asan'ereo gny fa mihina miaraky amindrareo amigny hani-pianakavia.") [14]Mola amigny apela mizangazanga ereo;
sy afa-po amigny fahota mihisy ereo. Mitariky fagnahy sy mety maty ho amigny fanovandrasy ereo, dra mana fo
voaofa amigny fisiririta ereo. Zanaky gny fagnozogna ereo reo![15]Niala tamigny lala-maihisy ereo. Dra nagnaraky
gny lalan'i Balama zanak'i Beora, ze tia gny tambinigny fahamarina. (Fagnamariha: "Reo dika zaka ilany dra
mivaky manahaky anizao: "Balama, zanak'i Bosora.")[16]Fa nahazo zaka fatrasy izy nohonigny fandikan-dalana
manoka. Nisy boriky moa nizaka tamigny feon'olombelo nagnazano gny adalanigny paminany.[17]Reo olo reo dra
manahaky gny lihatao sy misy ora. Manahaky gny raho andesinigny tafio-drivosy ereo. Natoka ho anereo gny
mezy matevy. [18]Mizaka sy apihevera ereo. Mitao gny olo amigny alalanigny filanigny nofo ereo. Ereo dra mitao
gny olo ze miezaky mienga reo ze miay amigny fahadisoa. [19]Ereo dra mapanatena fahafaha ho anereo, kanefa izy
vatany dra andevonigny fahalotoa. Fa gny olo dra andevon'ize raha maharesy anazy.[20]Na iza na iza afaky amireo
fahalotoan'izao totolo izao amigny alalanigny fahalala gny Topo vo i Jesosy Kristy pamozy, dra boak'eo mihery
amireo fahalotoa ndraiky, dra hazary rasy noho gny toe-draha volohany gny toe-draha farany. [21]Soa ho anereo
gny sy mahafatasy gny lalanigny fahamarigna nohonigny fahafatara anizay dra hivaliky amigny lily masy
natolosy anereo. [22]Marina ho anereo ty ohabola tihoky ho: "Gny amboa gny mihery amigny naloany. Gny kosoa fa
nisasa mihery mihoso-potaky."

Chapter 3

[1]Amizao, ry malala, manorasy ty taratasy faharo tihoky ho andrareo zaho ho fapahasiahiva andesy hapirisiha
gny saindrareo malio, [2]ba hahaserovandrareo reo zaka nizakanigny paminany masy taloha vo gny lilinigny Topo
vo gny pamozy asika ze namen'ireo apostolindrareo.[3]Fataro aloha zao, fa gny panirasira dra ho avy amigny andro
farany. Ereo dra hagneso vo handeha araky gny filan'ereo manoka. [4]Ereo dra hizaka ho: "Eza gny fapanatena gny
amigny fiheregnany? Fa hatrizay nolianigny razambe mandry, dra sy niova gny raha aby, eh fa hatramigny
fiatombohan'izao totolo izao aza."[5]Ereo dra minia magnaligno fa gny lagnisy vo gny tany dra nisy boak'amigny
rano vo tamigny alalanigny rano, fotoa ela, [6]nohonigny lilin'Agnahary, dra tamigny alalan'ireo raha reo, gny
nandrava gny totolo tamizay fotoa zay, tamigny tondradrano. [7]Fa amizao gny lagnisy vo gny tany dra natoka ho
anigny afo amigny alalan'io lily io avo koa. Ereo dra voatoka ho amigny andronigny fisara vo gny fandringana
gny olo rasy fagnahy.[8]Aoky sy ho halignondrareo, ry malala, fa gny andro raiky amigny Topo dra manahaky gny
arivo tao, dra gny arivo tao manahaky gny andro raiky. [9]Gny Topo dra sy ela amigny fagnatateraha reo
fapanatenany, araky ze zakanigny ilany ho fahelany. Fa ko, Izy dra maharisy amindrareo. Sy tiany hisy ho levo
handrareo, fa ba ho avy amigny fibebaha gny olon'aby.[10]Na izay aza, ho avy manahaky gny pangalasy gny
andronigny Topo: Gny lagnisy dra hazavo miaraky amigny feo fatrasy. Gny raha aby dra ho amigny afo, dra gny
tany vo asa ao aminazy dra hotalily. (Fagnamariha: Reo dika-zaka ilany dra mivaky manahaky anizao: "Gny raha
aby dra ho manigny afo, dra gny tany vo gny asa ao aminazy dra horoa.")[11]Ko gny ho levo manahaky anizay zao
raha aby zao, dra tokony ho olo manao akory handrareo? Tokony hiay amigny fahamasinga vo gny fiegna araky
an'Agnahary handrareo. [12]Tokony haneta vo hagnalaky gny fiavianigny andron'Agnahary handrareo. Amizay
andro zay, gny lagnisy aby dra ho levonigny afo, dra gny raha avy dra hiepo amigny hafanam-be. [13]Fa araky gny
fapanatena, dra mandigny gny lagnisy vaovao vo tany vaovao sika, ze hisy gny fahamarigna.[14]Noho izay, ry
malala, akory magneta anizay raha zay handrareo, manova gny soa boak'amindrareo ba sy hisy pety vo sy
hanasigny eo agnatrehany, apiadagna. [15]Dra erisereto avo koa gny faharetanigny Toposika amigny famozena,
manahaky gny nisoratin'i Paoly rahalahiny malalasika tamindrareo, araky gny fahendre ze name anazy. [16]Paoly
dra mizaka anizay raha zay ao amigny taratasiny aby, ze misy sorasy takary. Olo sy misy fahalala vo sy miory gny
magnova reo raha reo, manahaky gny hanovany reo sorasy masy hafa avo koa, dra mahavy fahalevogna ho
anigny vatany.[17]Noho izay, ry malala, akory fatandrareo zay raha zay, dra tandremo gny vatandrareo ba sy ho
voafandriky gny fitakigny olo rasy fagnahy dra ho levo gny fahamarignandrareo. [18]Fa mitomboa amigny
fahasoava vo gny fahalala gny Toposika vo i Jesosy Kristy Pamozy asika. Ho anazy gny voninahisy amizao dra ho
mandrakizay. Amena.

# 1 John

Chapter 1

[1]Nanomboky amy fiandohant zay fa renay,ze fa hitanay tamin'ereo masonay,ze fa natianay ,dra ze fa
nikasihan'gny tagnany-zay dra momba gny Zaka fiaigna.[2]Manahaky anizay avo koa ,gny fiaigna dra
nampahafatary ,dra fa hitanay zay,dra misanga vavolombelo amin'izay zahay. Zahay dra manambrara
amindrareo gny fiaigna mandrakizay,ze tao amin'gny Ray,dra ze fa nampahafatary anay.[3]Ze fa hitanay vo renay
dra ambaranay amindrareo avo koa,ba hanagnandrareo fifandraisa aminay avo koa. Gny fifandraisa misy eo
aminay dra amin'gny Ray vo amin'gny Zanany, Jesosy Kristy. [4]Manahaky anizay zvo koa, manorasy reo raha reo
ho andrareo zahay ba ho tateraky gny fifaliasika . [ Fanamarigna: Reo dika-zaka taloha gn'ilany dra mivaky
manahaky izao:''Dra manorasy reo raha reo zahay ba ho tateraky gny fifaliandrareo.''][5]Zao gny hafasy ze renay
laha taminazy dra ambaranay amindrareo: Zagnahary dra fahazava,dra ao Aminazy dra sy misy hezy mihizy.
[6]Raha mizaka isika fa mana fifandraisa Aminazy dra mandeha ao agnatin'gny Hezy dra mavandy isika dra sy
manao gny mary. [7]Kanefa fa raha mandeha ao amin'gny fahazava isika tahaky Anazy ao amin'gny fahazava,dra
mana fifandraisa amin'gny kirairaiky aby isika,dra gny lion'i Jesosy Zanany gny magnalio asika amin'gny fahota
aby.[8]Raha mizaka isika fa sy manam-pahota,dra mamitaky gny vatasika isika,dra gny fahamarigna dra sy ao
amisika. [9]Nefa raha miaiky reo fahotasika isika,Izy dra mahatoky vo mary amin'gny famelana reo fahotasika dra
magnalio asika amy sy fahamarigna iaby.[10]Raha mizaka isika fa sy bo nanota,dra manao Anazy ho mpavandy, dra
sy ao amisika gny zakany.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 2

1Anaka,manorasy anitahoky raha tahoky zaho ba sy hanoratandrareo. Kanefa raha misy manota,dra mana
mpisolo vava isika miaraky amin'gny Ray,Jesosy Kristy, gny mary. 2Izy gny fanavota an'ireo fahotasika, dra sy gny
asika avo ,fa gny an'izao totolo zao iaby avo koa . 3Amin'izay gny ahafatarasika fa mahafatasy Anazy isika : raha
mitandina reo didiny isika.4Gny mizaka ho:''Mahafatasy an'Agnahary zaho'', fa sy mitandry reo didiny , dra
mpavandy, dra gny mary dra sy ao aminazy. 5Fa dre iza dre iza mitandry gny zakany, mary tokoa, dra ao
amin'izay olo zay gny nagnatateraha gny fitiavan'Agnahary. Amin'izay gny ahafatarasika fa ao aminazy isika.
6Gny raiky ze mizaka fa mitoesy ao amin'Agnahary dra tokony andeha avo koa izy tahaky gny nandehanan'i
Jesosy Kristy.7Ry malala, sy manorasy didy vaovao ho andrareo zaho, fa didy taloha ze fa nanagnadrareo
hatramin'gny fiandohany. Gny didy taliha dra gny zaka ze renandrareo. 8Fa manorasy didy vaovao ho andrareo
zaho, ze mary ao amin'i Kristy vo ao amindrareo, satria gny hezy dra mandalo , fa gny fahazava mary dra fa
mamirasy .9Gny raiky ze mizaka fa ao amin'gny mazava izy dra malaiky gny rahalahiny dra ao agnaty hezy
hatramin'izao. 10Gny raiky ze mitia gny rahalahiny dra mitoesy ao amin'gny mazava dra sy hisy fotoa hanafitihina
anazy . 11Fa gny raiky ze malaiky gny rahalahiny ao amin'gny fahalotoa dra mandeha ao amy mezy; izy dra sy
mahafatasy ze andehanany ,satria gny hezy dra fa nahapoaky gny masony.12Manorasy ho andrareo zaho,ry
zanaka malala , satria reo fahotandrareo dra voavela noho gny agnarany. 13manorasy ho andrareo zaho ,ry
ray,satria fatasindrareo gny raiky laha tamin'gny fiandohana. Manorasy ho andrareo zaho,ry zatovo, satria
niresahindrareo gny rasy. Fa nanorasy ho andrareo zaho, ry zaza maliniky , satria andrareo dra mahafatasy gny
Ray. 14Fa nanorasy ho andrareo zaho, ry ray, satria fatasindrareo ho avy amin'gny fiandohany . Fa nanorasy ho
andrareo zaho, ry zatovo, satria fatrasy andrareo, dra gny zakan'Agnahary dra mitoesy ao amindrareo, dra
andrareo dra fa nandresy gny rasy.15Ka mitia na ani'izao totolo zao na reo raha eo aminazy. Raha misy mitia
ani'izao totolo zao,dra sy ao aminazy gny fitiavan'gny Ray. 16Fa gny raha aby ze ao amin'izao totolo zao dra gny
filan'gny nofo, gny filan'gny maso,dra gny fieboebon'gny fiagna-ze sy avy amin'gny Ray fa avy amin'izao totplo
zao. 17zao totolo zao vo gny fagniriany dra mandalo. Fa dre iza dre iza manao gny sitrapon'Agnahary dra hitoesy
mandrakizay.18Ry mota, itiho lera farany. Manahaky gny fa rendrareo fa ho avy gny atikristy, amizao maro reo
atikristy ze fa avy. Amin'izay gny ahafatarasika fa itiho gny lera farany. 19Niala tamisika ereo, kanefa sy laha
tamisika. Fa raha tamisika ereo dra nitoesy niaraky tamisika. Fa gny niala ereo,dra nampiboaky fa sy tamisika.
20Fa mana fanosora laha tamy Raiky Masy andrareo, dra fatasindrareo aby gny mary. { Fanamariha: Misy dika-
zaka hafa gn'ilany vaovao ze mivaky ho:''mana gny fahalala aby andrareo.''Gny dika-zaka gn'ilany taloha dra
mivaky ho:''dra fatasindrareo gny raha aby.''] 21Sy nanorasy ho andrareo zaho satria andrareo dra sy mahay gny
mary, fa satria fatasindrareo zay dra sy misy vandy laha tamy mary.22Iza gny mpavandy fa sy gny raiky ze manda
fa i Jesosy gny Kristy? Zay olo zay dra gny atikristy, gny fa manda gny Ra vo gny Zanaky izy. 23Sy misy olo ze
manda gny Zanaky dra hana gny Ra. Dre iza dre iza maneky gny Zanaky avo koa dra mana gny Ray.24Fa ho
andrareo , ao ze rendrareo hatramin'gny fiandohana hitoesy ao amindrareo. Raha ze rendrareo hatramin'gny
fiandoha gny mitoesy ao amindrareo, dra hitoesy ao amy Zanaky vo ao amin'gny Ray avo koa andrareo. 25Zay gny
fampanatena nomeny asika : dra gny fiaigna mandrakizay. 26Fa nanorasy anizay raha zay ho andrareo zaho
momban'ereo ze hinday andrareo amin'gny lala-diso.27Fa ho andrareo, gny hososy ze nirambesindrareo laha
taminazy dra hitoesy ao amindrareo, dra andrareo dra sy mila olo mampianasy andrareo. Fa manahaky ze
nampianarign'ny fagnosora andrareo gny raha aby dra mary dra sy vandy,dra manahaky ze fa nampianarin'izay
andrareo, dra mitoera ao Aminazy. 28Amizao,ry zanaky malala Izy,dra hana fahasahia isika dra sy ho megnasy eo
anatrehany amin'gny fiaviany. 29Raha fatasindrareo fa izy gny mary, fatasindrareo fa ze manao gny maty dra
teraky taminazy aby.

Chapter 3

[1]Indro tahaky gny ino gny fitiava nomen'gny Ray asika,ba hitokava asika ho Zanak'Agnahary, dra zay isika. Noho
zay atony zay, zao totolo zao dra sy mahafatsy asika, satria sy mahafatasy anazy zay. [ Fanamariha : gny dika-
zaka taloha dra sy magnisy ho:''Dra izay isika.''] [2]Ry malala, zanak'Agnahary isika amizao, dra zay dra bo sy
nambara ho hanahaky gny ino isika . Isika dra mahafatasy fa gny miseho i Kristy,dra ho tahaky Anazy isika,
satria hahita Anazy manahaky Anazy isika. [3]Gny ze mana anizay fahatokisa momba gny ho avy mifotosy aminazy
zay dra magnalio gny vatany ba halio tahaky Anazy.[4]Zay manota iaby dra manao ze sy ara-dalana; fa gny fahota
dra sy ara-dalana. [5]Andrareo dra mahafatasy fa i Kristy dra nambara ba hangalaky reo fahota, dra ao aminazy
dra sy misy fahota. [6]Sy misy olo ze mitoesy ao aminazy dra bo manota nahita anazy dre nahafatasy anazy.[7]Ry
zanaky malala, ka anga hisy olo hamitaky andrareo, gny raiky ze manao gny fahamarigna dra mary,tahaky gny
mahamarigna an'i Kristy. [8]Gny raiky ze manota dra laha tamin'gny devoly,fa gny devoly dra nanota hatragny am-
bolohany. Noho zay atony zay gny Zanak'Agnahary dra naseho, ba hahafahany mandrava reo asan'gny devoly.
[9]Dre iza dre iza naterak'Agnahary dra sy hanohy gny fahota satria gny tegnany laha tamin'Agnahary dra mitoesy
ao aminazy. Sy afaky manohy gny fahota izy satria naterak 'Agnahary. [10]Ao amin'izay gny hampiboahany reo
zanak'Agnahary vo reo zanaky gny devoly. Dre iza dre iza sy manao gny mary dra sy laha tamin'Agnahary; dre
gny raiky ze sy tia gny rahalahiny avo koa .[11]Fa zay gny hafasy ze fa rendrareo hatragny am-piboahany: fa isika
dra tokony mifakatia, [12]fa sy manahaky an'i Kaina, ze laha tamin'gny rasy vo namono gny rahalahiny. Fa nanao
akory izy gny namono anazy? Satria reo asany dra rasy , dra gny agny rahalahiny dra mary.[13]Ka gaga,ry
rahalahiko,raha malaiky andrareo gny tany. [14]Fatasika fa niala tamin'gny fahafatesa magnagny ami fiaigna isika
satria tia an'ereo rahalahiny isika. Zay sy tia dra mitoesy agny amy fahafatesa. [15]Ze malaiky gny rahalahiny dra
mpamono olo. Fatasindrareo fa sy misy mpamono olo mana fiaigna mandrakizay mitoesy ao aminazy.[16]Amin'izay
gny hahafatarasika gny fitiava, satria Kristy nanolosy gny ainy hi asika. Isika avo koa dra tokony manolosy gny
aisika ho an'ireo rahalahy.[17]Fa dre iza dre iza mana gny hanagnan'izao totolo zao zao, dra mahita gny
fahasahiragnan'gny rahalahiny, dra mandrindry gny fony fangorahany anazy, amin'gny fomba manao akory gny
hipetraran'gny fitiavan'Agnahary ao aminazy? [18]Ry zanako malalako, ao isika sy hitia amin'gny zaka dre koa amy
vava, fa amin'gny asa vo fahamarigna.[19]Avy amin'izay gny hahafatarasika fa avy amin'gny fahamarina isika, dra
mampatoky gny fosika eo anatrehany isika. [20]Fa raha magnahy asika gny fosika, Zagnahary dra lahibe noho gny
fosika,dra mahafatasy gny raha-iaby Izy. [21]Ry malala, raha sy magnahy asika gny fosika, dra mana fahatokisa
amin'Agnahary isika. [22]Dre ino dre ino angatahisika dra ho azosika laha taminazy, satria isika mitandry reo didiny
vo manao ze tiany eo anatrehany.[23]Zao gny didiny: tokony mino gny agnaran'gny Zanany Jesosy Kristy dra
mifakatia isika, tahaky gny fa nagnomezany asika ze didy zay. [24]Gny raiky ze mita reo didin'Agnahary dra mitoesy
ao aminazy, dra Zagnahary mitoesy ao aminazy. Amin'izay gny hahafatarasika fa izy dra mitoera ao amisika,
amin'gny Fagnahy ze nomeny asika.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 4

[1]Ry Malala, ka mino gny fanahy aby. Fa dra, misapa reo fagnahy ba hahita fa laha tamin'Agnahary ereo, Satria
mpaminany sandoky maro gny fa niala tamin'izao totolo zao. [2]Amin'izay gny ahafatarandrareo gny
Fanahin'Agnahary-gny fanahy iaby ze maneky f ai Jesosy Kristy ze avy nofo dra laha tamin'Agnahary, [3]dra gny
fanahy aby ze sy maneky fa Jesosy dra sy laha tamin'Agnahary. Dra zay gny fanahin'gny atikristy, zay fa
rendrareo fa ho avy, dra amizao gny fa eto an-tany. [ Fanamariha :misy dika-zaka taloha gn'ilany dra mivaky
ho:''Dra gny fanahy aby ze sy maneky fa i Jesosy avy nofo dra sy avy amin'Agnahary. Zay dra fanahin'gny
atikristy,ze fa rendrareo fa ho avy , dra amizao dra fa eto an-tany .][4]Andrareo dra laha tamin'Agnahary, ry zanaka
malala, dra fa nandresy anazy reo, satria gny raiky ze ao amindrareo dra lahibe mihoasy noho gny raiky ze eto
amizao totolo zao. [5]Ereo dra laha tamin'izao totolo zao; noho zay ze zakan'ereo dra avy amizao totolo zao, dra zao
totolo zao dra miteno an'ereo. [6]Laha tamin'Agnahary isika. Ze mahafatasy gny Topo dra mahare asika. Izy zay sy
avy amin'Agnahary dra sy mahare asika. Amin'izay gny ahafatarasika gny fanahin'gny fahamarina vo gny
fanahin'gny fahadisoa.[7]Ry malala, ao isika hifakatia, fa gny fitiava dra laha tamin'Agnahary, dra zay aby mitia dra
nanterak'Agnahary vo mahafatasy an'Agnahary. [8]Gny olo ze sy mitia dra sy mahafatasy an'Agnahary, satria
Zagnahary dra fitiava.[9]Noho zay gny fitiavan'Agnahary dra nambara tamisika , fa Zagnahary dra nandefa gny
Zanany lahitoka ho an'izao totolo zao ba ho velo noho Izy isika. [10]Ao amin'izay fitiava zay , sy gny nitiavasika
an'Agnahary, fa gny nitiavany asika, dra gny nandefasany gny Zanany lahy ho fagnavota reo fahotasika.[11]Ry
malala,raha tia loasy asika Zagnahary , dra tokony hifakatia avo koa isika. [12]Sy bo nisy nahita an'Agnahary
mipetraky ao amisika Zagnahary dra gny fitiavany dra tateraky ao amisika. [13]Amin'izay gny ahafatarasika fa
mipetraky ao aminazy isika dra izy ao amisika, satria izy dra nagnome asika gn'ilany amin'gny Fanahiny. [14]Dra fa
nahita isika vo fa misanga vavolombelo fa gny Ray dra fa nandefa gny Zanadahiny ho Mpamozy an'izao totolo
zao.[15]Dre iza dre iza maneky fa Jesosy dra Zanadahin'Agnahary, dra mipetraky ao aminazy Zagnahary dra izy ao
amin'Agnahary. [16]Isika avo koa dra nahafatasy dra nino gny fitiava ze fa nanagnan'Agnahary ho asika. Zagnahary
dra fitiava,dra gny raiky dra mipetraky ao amin'Agnahary,dra Zagnahary dra mipetraky ao aminazy.[17]Noho
zay,fitiava zay dra nitaterahy tamisika , ba hanagnasika fahatokisa amin'gny andron'gny fisara, satria manahaky
anazy, dra manahaky anizay avo koa isika eto amin'itiho tany itiho. [18]Sy misy tahosy ao amin;gny fitiava. Fa dra,
gny fitiava tateraky dra mangalaky gny tahosy, satria gny tahosy dra sy maisy miaraky amin'gny sazy. Fa gny
raiky ze matahosy dra sy natao ho tateraky ao amin'gny fitiava.[19]Mitia isika satria Zagnahary nitia asika volohany.
[20]Raha misy olo mizaka ho:''Tiako Zagnahary'' nefa malaiky gny rahalahiny , dra mpavandy izy. Fa gny raiky zesy
mitia gny rahlahiny, ze hitany, dra sy afaky gny hitia an 'Agnahary,ze sy hitany. [21]Dra, zay avo koa gny didy ze
anagnasika laha taminazy: Dre iza dre iza mitia an'Agnahary dra sy maisy mitia gny rahalahiny avo koa.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 5

[1]Dre iza dre iza mino fa i Jesosy gny Kristy dra naterak'Agnahary, dre iza dre iza tia gny Ray avo koa dra tia gny
Zanaky naterany. [2]Noho zay gny ahafatarasika fa tiasika reo Zanak'Agnahary: gny fa tia an'Agnahary vo
manatateraky reo didiny isika . [3]Satria zay gny fitiava ho an'Agnahary: dra gny hanataterahasika gny didiny . Dra
reo didiny dra sy mavesasy.[4]Fa gny olo aby ze naterak 'Agnahary dra mandresy an'izao totolo zao. Dra zay dra
fandrese ze fa nandresy an'izao totolo zao: gny finoasika . [5]Iza gny raiky ze mandresy an'izao totolo zao? Gny
raiky ze mino fa i Jesosy dra Zanak'Agnahary.[6]Zay dra gny raiky avy tamin'gny rano vo lio: Jesosy Kristy . Izy dra
avy sy tamin'gny rano avo,fa tamin'gny rano vo lio. [7]Fa misy telo ze misanga vavolombelo:[8]gny fanahy , gny rano,
dra gny lio. Reo telo reo dra mifagnaraky . [Fanamariha : Gny diza-zaka taloha gn'ilany ze misanga manahaky
anizao:''Fa misy telo ze misanga vavolombelo agny an-dagnisy: gny Ray, vo gny Zaka,dra gny Fanahy Masy;dra
reo telo reo dra raiky. Dra misy telo ze misanga vavolombelo eto agn'abonin'gny tany :gny Fanahy, gny rano, dra
gny lio; dra telo reo dra manahaky gny raiky.''Dre zay avo,dre dika-zaka soa indrindra dra sy mivaky manahaky
anizay.][9]Raha mandray gny fisangana vavolombelon'olo isika, dra ho lahibe tokoa gny fisangana
vavolombelon'Agnahary. Fa gny fisangana vavolombelon'Agnahary dra zao: izy dra misanga vavolombelo
mahakasiky gny Zanany. [10]Dre iza dre iza mino gny Zanak'Agnahary dra mana fisanga vavolombelo ao aminazy
vatany.Zay sy mino an'Agnahary dra manao Anazy ho mpavandy, satria izy dra sy mino gny fisanga vavolombelo
ze fa nimen'Agnahary mahakasika gny Zanany.[11]Dra gny fisangana vavolombelo dra zao: Zagnahary dra nagnome
asika fiaigna mandrakizay, dra zay fiaigna zay dra ao amin'gny Zanany. [12]Gny raiky ze mana gny Zanaky dra
mana gny fiaigna . Gny olo ze sy mana gny Zanak'Agnahary dra sy mana fiaigna.[13]Fa nanorasy tahoky raha tahoky
ho andrareo zaho ba hahafatarandrareo fa mana gny fiaigna mandrakizay andrareo ho andrareo ze mino gny
agnaran'gny Zanak'Agnahary. [14]Manahaky anizay avo koa, izao gny fifaneke ze anagnasika eo anatrehany, fa dre
ino dre ino angatahisika araky gny strapony, dra mahare asika Izy. [15]Manahaky anizay avo koa , raha fatasika fa
mahare asika Izy-dre ino dre ino angatahisika Aminazy dra fatasika fa azosika zay nangatahisika taminazy iaby.
[16]Raha misy olo raiky mahita gny rahalahiny manao fahota ze sy miteraky fahafatesa , sy maisy mahavy
fahafatesa , sy maisy mivavaky izy, dra Zagnahary dra hagnome fiaigna ho anazy. Zaho dra mampitaha reo ze
mana fahota sy mahavy fahafatesa. Misy fahota ze mahay fahafatesa; sy mizaka zaho ho tokony hivavaky
amin'izay izy. [17]Gny sy fahamarigna dra fahota iaby, nefa misy fahota sy mahavy fahafatesa.[18]Fatasika fa dre iza
dre iza naterak 'Agnahary dra sy manota. Nefa gny raiky ze naterak'Agnahary dra miaro gny vatany, dra gny rasy
dra sy afaky gny ahakasiky anazy. [19]Fatasika fa avy amin'Agnahary isika,dra zao totolo zao dra mipetraky ao
amin'gny rasy.[20]Kanefa fatasika fa gny Zanak'Agnahary dra fa avy dra fa nagnome asika fahazava-say ba
ahafatarasika gny raiky ze tena mary. Manahaky anizay avo koa,isika dra ao amy raiky ze mary, ao amin'i Jesosy
kristy Zanany. Izy gny Zagnahary mary dra fiaigna mandrakizay. [21]Anaka, arovy amin'ireo sapy gny vatandrareo.

# 2 John

## Chapter 1

[1]Laha tamin'gny loholo dra hatrany amin'gny ampela voafily vo reo zanany, ze tiako amin'gny fahamarigna-dra sy
zaho avo, fa reo aby ze nahafatasy gny mary avo koa-[2]nohon'gny fahamarina ze mipetraky ao agnatisika dra
hiaraky amisika mandrakizay. [3]Ho amisika seky gny fahasoava, gny famindram-po, gny fiadana laha
tamin'Agnahary Ray vo laha tamin'i Jesosy Kristy , Znaky gny Ray, amin'gny fahamarina vo fitiava.[4]Faly be zaho
satria nahita gn'ilany amin'ireo zanakao mandeha amin'gny fahamarigna, manahaky gny nandresasika anizay
didy zay laha tamin'gny Ray. [5]Dra mangataky aminao zaho, rapela-sy hanahaky gny manorasy didy vaovao
aminao zaho, fa ze nanagnasika hatramin'gny volohany-dra gny tokony hifakatiavasika samy isika. [6]Zao gny
fitiava , dra gny ba handehanasika araky reo didiny. Zao gny didy, araky gny rendrareo hatramy volohany, dra
gny tokony handehandrareo amin'izay.[7]Fa maro reo mpamitaky fa lasa agny amin'izao totolo zao,dra ereo dra sy
maneky fa Jesosy kristy dra avy tamy nofo. Zay gny mpamitaky vo atikristy. [8]Hatio gny vatandrareo, ba sy
hahalevo reo raha ze fa vitasika aby, fa handraisandrareo valim-pitia feno.[9]DRe iza dre iza mandeha eo aloha dra
sy mipetraky ao amin'gny fampianaran'i Kristy dra sy mana an'Agnahary. Gny raiky ze mipetraky ao amin'gny
fampianara, ze raiky zay dra mana gny Ray vo gny Zanaky. [10]Raha misy olo avy eo aminao dra sy minday anizay
fampianara zay,dra ka mandray anazy ho ao an-tragnonao dra ka miarahaba anazy. [11]Fa ze miarahaba anazy dra
miombo amy rasy ataony.[12]Mana raha maro ho sorata amindrareo zaho, nefa zaho sy magniry hanorasy anizay


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

amy taratasy vo ranomety. Dre zay avo, manatena gny ho avy agny amindrareo zaho dra fifaliandrareo. 13Manao
veloma anao reo zanaky gny rahavavinao voafily.

# 3 John

Chapter 1

1Zaho loholo mamangy an'i Galo malala, gny tiako amin'gny fahamarigna. 2Ry malala, mivavaky zaho ba
hambininy amy raha iaby anao dra ho salama, manahaky gny hanambina gny fanahinao. 3Fa nifaly be zaho tamy
nisy rahalahy avy dra nisanga vavolombelo tamin'gny fahamarinanao. tahaky gny andehananao amy mary. 4Sy
mana hafalia be noho itiho zaho, dra gny mahare fa mandeha amin'gny fahamarina reo zanako.5Ry malala,
manao asa mahatoky anao amy ino na ino asa ataonao ho an'ereo rahalahy vo reo vahiny,6ze nisanga
vavolombelo gny fitiavanao teo anatrehan'gny fiangona. Soa gny ataonao raha alefanao mandeha amin'gny
fomba mendriky an'Agnahary ereo, 7satria noho gny agnara gny nialany, sy ninday dre ino dre ino aby laha
tamin'ereo zetilisa. 8Noho zay isika dra ho mpiara-miasa amy fahamarina isika.9Nanorasy raha tamin'gny
fiangona zaho, kanefa diotrefa, gny te-ho lohany amin'ereo,dra sy nandray anay. 10Noho zay,raha avy zaho,dra ho
saroako reo asa ze nataony, gny fomba nizakany raha mahasosotry manohisy anay miaraky amin'gny zaka rasy.
sy afa-po tamin'ereo asa,dra sy nandramby reo rahalahy izy. Nandrara anereo ze te-hanao manahaky anizay izy
dra nandroaky anazy reo hiboaky gny fiangona.11Ry malala, ka mangalatahaky ze rasy fa ze soa. Gny raiky ze
manao gny soa dra an'Agnahary; gny raiky ze manao gny rasy dra sy nahita an'Agnahary. 12Gny sy fahamarina
aby dra vavolombelo magnambara an'i Demetrio. Zahay avo koa dra misanga vavolombelo ,dra fatasinao fa mary
gny fanambaranay.13Nana raha maro ho soraty amindrareo zaho, fa sy magniry hanorasy reo amindrareo
ami'gny peny vo ranomety zaho. 14kanefa zaho manatena hahita andrareo sy ho ela, dra hiresaky mivata isika.
15Ho amindrareo seky gny fiadana . Manao veloma anao reo sakaiza atiho. Veloma agny amin'ireo sakaiza
kirairaiky araky gny agnarany aby.

# Jude

Chapter 1

1Joda, panopon'i Jesosy Kristy raiky, rahalahin'i Jakoba, ho anireo ze atao ho, malala ao amin' Andriamanitra gny
Ray, Vo voatahiry ho an'i Jesosy Kristy: 2Hapitombo ho amindrareo anie gny famindra-po vo gny fedagna dra gny
fitiava.3Ry malala, Raha gny nanao ezaky aby hanorasy ho andrareo gny mahakasiky gny famozena asika igny
zaho, dra nanorasy ho andrareo zaho, dra nanorasy ho andrareo zaho ba handrozy andrareo hialy fatrasy ho
anigny finoa ze fa natolosy indray mandeha ho anireo pino. 4Fa ho anigny olo ilany nizezy asokosoka eo
amindrareo. Reo dra olo voamariky ho anigny fagnameloha. Reo dra olo rasy fagnahy zay manevateva gny
fahasoavan'Agnahaey ho agny amigny fizezozezoa, vo dra manda gny andriana vo gny Topo tokasika, Jesosy
Kristy.5Amizao zaho dra te hapahasiaro andrareo_na dre fa fatandrareo tateraky aza zay_ fa gny Topo dra
nagnavosy gny olo boak'ao amigny tany Egypta, fa tafaranizay dra naringany ze sy nino aby. 6Dra reo azely sy
nita gny fahefany ze napetraky tamin'iereo, Fa ze nandoa gny fonegnan'ireo _ Zagnahary dra namehy anereo
tamigny fehy mandrakizay, ao amigny mezikitroky tateraky, ho amigny andronigny fisara lahibe.7Manahaky an'i
Sodoma vo Gomora vo reo tana magnodidy anereo, ze nanolosy gny vatan'ereo ho amigny fizangazanga vo gny
fanova filana sy ara-boazagnahary. Dra natao ohasy amireo ze mizaly amigny fagnasazia agny amigny afo
mandrakizay ereo. 8Kanefa manahaky anizay avo koa, reo panofinofy reo dra mandoto avo koa gny vatan;ereo,
dra mizaka raha rasy manohisy reo manam-boninahisy.9Fa na dre Mikaela arikazely aza, gny fa nialy tamigny
devoly vo nifandisy taminazy gny amigny fatin'i Mosesy, dra sy nahavany nizaka rasy hasiaky anazy. Fa hoy koa
izy: "Hagnasy anao anie gny Topo!" 10Fa reo olo reo dra mizaka rasy gny raha rasy sy fatany aby. Dra ze
fatany_manahaky gny fahafataranigny biby sy mana-say_izay gny manola anereo. 11Loza ho anereo! Fa raha
nandeha tao amigny tananan'i Kaina ereo, dra nagnaraky gny fahadisoan'i Balama hahazoa tambiny. Dra naringa
tao amigny fikomian'i Kora ereo.12Reo dra gny olo ze harambato mivony ao amigny sakafo-pitiavandrareo. Mihina
a-pahamegnara, mamisy gny vatan'ereo avo. Ereo dra raho sy misy tegnany_ indro maty, niala fakany. 13Ereo dra
ozan-dranomasy mahery mitopatopa mamorivory gny fahamegnaran'ereo. Kitana mirenireny ereo, dra
voatahiry ho anazy mandrakizay gny fahametisanigny mezy.14DRa Enoka, gny faha fitin'i Adama, dra fa
naminany momba anireo, nizaka ho: "Indro! Ho avy gny Topo miaraky amireo masiny amy harivariva. 15Ho avy

Izy ba hagnatateraky gny fisara gny olon' aby. Ho avy izy hapiaiky gny olo rasy fagnahy aby tamigny asa vitany
tamigny harasia-pagnahy, dra reo zaka fatrasy aby ze nizakanigny olo rasy fagnahy hanohisy anazy." [16]Reo dra
pimonomono, vo pimenimeny, ze magnaraky gny filan-drasin'ereo. Ereo dra pieboebo fatrasy, zay, nohonigny
tombosoan'ereo manoka, dra mandoka gny hafa.[17]Fa handrareo, ry malala, tadidio reo zaka ze nizakan'ireo
apostolin'i Jesosy Kristy Toposika faela. [18]Hoy ereo tamindrareo: "Fa amigny andro farany dra hisy panirasira ze
hagnaraky gny filanigny harasia-pagnahy." [19]Reo olo reo dra mitariky fisaraha. Izy reo dra olo araky gny nofo, dra
sy mana gny Fagnahy.[20]Fa handrareo, ry malala, mioregna soa eo amigny finoandrareo masy indrindra, dra
mivavaha amigny fagnahy Masy. [21]Mitoera handrareo ao amigny fitiavan'Agnahary, dra ligniso gny famindra-
pon'i Jesosy Kristy Toposika ze minday anao ho amigny fiegna mandrakizay.[22]Mamindra fo amindrareo ze
misalasala. [23]Vozeo dra tariho hiala amigny afo gny olo ilany. Dra gny ilany ndraiky amindrao fo amitahosy.
Malaiky na dre hatramigny akazo nilotonigny nofo aza.[24]Dra ho an'izay miaro andrareo ba sy ho tafitohy, dra
hahavy anao hozoro eo agnatrehanigny voninahiny, sy misy signy dra apifalia lahibe, [25]amin'agnahary toka
pamozisika tamigny alalan'i Jesosy Kristy Toposika anie, gny voninahiny, gny fahalahibeny, gny fahefany, gny
hery, talohanigny fota aby, amizao, dra zisiky mandrakizay. Amen.

# Revelation

Chapter 1

[1]Itihoky gny talilin'i Jesosy Kristy ze nomen'Agnahary anazy hanehoany anireo panopony gny raha sy maisy
hitranga. Napahafatariny izay tamigny alalanigny fandefasany gny azeliny ho an'i Jaona panopony.[2]I Jaona dra
magnamary gny mombanigny zakan'Agnahary vo reo fizoroa vavolombelo mahakasiky an'i Jesosy Kristy, vo gny
raha hitany aby. [3]Sambasy izy ze mamaky amigny feo fatrasy, vo ze miteno gny zakan'izay faminania zay, vo ze
mitandry ze voasorasy ao aminazy, akory fa mariny gny fotoa.[4]I Jaona nagna amireo fengona fito tagny Asia: Ho
amindrareo anie gny fahasoava vo gny fedagna avy amizao, gny taloha, vo gny hoavy, vo avy amireo fagnahy fito
ze eo agnatrehan'gny seza fiandriana, [5]dra boaky amin'i Jesosy Kristy, vavolombelo mary, lahitoka amigny maty,
dra lahibenigny pazakanigny tany. Ho anigny tia asika gny nagnafaky asika tamin' ereo fahotasika tamigny
rany__[6]Izy dra nanao asika ho fazaka, pisoro ho an'Agnahary vo gny Rany ___ ho anazy avo anie gny voninahisy
vo gny fahefa mandrakizay doria. Amena[7]Indro, boaky amigny raho izy; dra gny maso aby hahita anazy, na dre
reo nandefo anazy aza. Gny firenena aby amboninigny tany hitomagny Anazy. Eny, Amena. [8]"Izaho gny Alfa vo i
Omega," hoy gny Tompo Zagnahary, "gny amizao, vo gny taloha, dra gny ho avy, dra gny sitoha." (Fagnamariha:
gny dika-zaka hafa taloha dra mivaky manao anizahoky ho: "Izaho gn'I Alfa vo I Omega, gny fiandoha vo fiafara,"
hoy gny Tompo Zagnahary.[9]Izaho,I Jaona ___ rahalahindrareo vo gny raiky ze nizara tamindrareo tao agnatinigny
fizalia vo fazaka dra gny fahareta ao amin'i Jesosy Kristy __ dra tao amigny nosy atao ho i Patmo noho gny
zakan'Agnahary vo gny fizoroa vavolombelo gny mahakasiky an'i Jesosy. [10]Izaho dra nitarihinigny fagnahy
tamigny andron'gny Topo. Nahare feo mahery manahaky gny trompetra tafarako ao zaho. [11]Nanao anizahoky ho:
" sorato ao amigny boky ze hitanao, ko alefaso agny amireo fengona fito __ ho anigny Efesosy, Smyrna,
Pergamosy, Tyatira, Sardisy, Filadelfia, dra Loadikia."[12]Nagnety gny magnodidy zaho nitalia ho feon'iza nizaka
taminahy zay, dra gny fa nitoliky zaho dra nahita fanova-ziro volamena fito. [13]Dra teo agnevonigny fanova-ziro
nisy raiky manahaky gny zanak'olo, nekazo lava zisiky amigny tombony, dra fehi-troky volamena magnodidy gny
tratrany.[14]Gny lohana vo gny volony dra fosy manahaky gny volon'agnondry __ fosy manahaky gny lelan-afo.
[15]Gny tombony mangira manahaky gny varahy, manahaky gny varahy voalio teo amigny laforo, dra gny feony
manahaky gny feona rano be mikoria. [16]Dra nana kita fito tegny an-tagnany ankavana Izy, dra sabasy ro lela
maragnisy niboaky boak'ao amigny vavany. Gny tarehiny dra nazava manahaky gny masoandro gny fa
miredareda.[17]Gny fa nahita anazy zaho, dra nendavo teo amigny tombony manahaky gny olo maty. Nanendry
anahy tamigny tagnany akavana izy dra nanao anizahoky ho: "Ka matahosy. Izaho gny volohany sy farany, [18]dra
gny raiky ze velo. Fa maty zaho, fa indro, velo mandrakizay! Dra Izaho mana gny fagnalahinigny vo gny fiaigna-
sy hita.[19]Noho izay serato ze hitanao, ze amizao, vo ze hitranga afaran'izao. [20]Manahaky gny raha mivony
mahakasiky reo kita fito ze hitanao tegny an-tagna-kavanako, vo gny fanova ziro volamena fito: "gny kita fito dra
reo azelinigny fengona fito, dra gny fanova ziro fito dra reo fengona fito."

Chapter 2

1Sarosy ho anigny azelinigny fengona ao Efesosy ho: "Tahoky gny zaka boaky amigny raiky ze mita gny kita fito
amigny tagna-kavana dra mandeha eo amireo fanova-ziro volamena fito, 2"Fataso ze fa vitanao vo gny asa fatrasy
ataonao vo gny fiaretanao maharisy. Fataso fa sy afaky handefisy amigny olon-drasy hanao. Fataso fa nisapanao
reo ze mizaka anereo ho apostoly, nefa sy izy, dra hitanao ereo fa sandoky.3Fataso fa mana fahareta hanao, dra
nizaly nohonigny amigny agnarako, dra sy nilavo lefo hanao. 4Nefa nanohisy anao zaho akory nagnenga gny
fitiavako volohany hanao. 5Sarovy noho izay gny toera ze nahalavo anao. Mibebaha vo Manova gny raha ze
nataony volohany. Fa raha sy mibebaky hanao, dra ho avy aminao agny zaho dra hangalaky reo fava-zironao
amigny fitoerany.6Kanefa izao gny ataonao: "Halanao gny raha vitanigny Nikolaita, dra halako avo koa. 7Aoka ze
mana sofy hiteno ze zakanigny Fagnahy ho anireo fengona. Ho anigny raiky ze maharesy dra hameko alala
hihina amigny hazonigny fiegna, ze ao amigny paradisan'Agnahary."""8Sorato ho anigny azelinigny fengona
Smyrna agny ho: "Tahoky gny zakanigny raiky volohany vo gny farany, gny raiky ze fa maty nefa velo ndraiky:
"Fataso reo fahorianao vo gny fahatranao, nefa mana-draha hanao. Fataso gny fizakan-drasy ho anireo ze mizaka
gny vatany fa Jiosy, kanefa sy izy. Synagogan'i Satana ereo.10Ka matahosy gny amize fa hiaretanao. Ingo! Gny
devoly dra hagnary gny ilany amindrareo agny amigny tragnomezy ba ho sapa handrareo, dra hizaly mandrisy
gny folo andro handrareo. Matokia mandra-pahafaty, dra hameko andrareo gny satro-boninahisy gny fiegna. 11Ze
mana-sofy aoky izy hiteno ze zakanigny fagnahy ho an'ireo fengona. Gny raiky ze maharesy dra sy ho solanigny
fahafatesa faharo."""12Sarosy ho anigny azelinigny fengona agny Pergamosy ho: "Tahoky gny zakanigny raiky ze
mana sabasy ro lela: 13"Fataso ze onegnanao, dra ao aminazy gny hitnoeranigny seza fiandrianan'i Satana. Dra
amizao mita fatrasy gny agnarako hanao. Fataso fa sy nanda gny finoanao gny aminahy hanao, na dre tamireo
andron'i Antipasy vavolombeloko aza, ze natoky anahy, ze nivono teo amindrareo, tao amigny fonegnan'i Satana.
14Fa mana-zaka aminao zaho: "Misy ilany amindrareo mita fatrasy gny fapenaranigny Balama, ze napianasy an'i
Balaka hametraky fanafitohigna eo anoloanigny zanak'Israely, ba hihinanan'ereo gny hany natao soro ho anigny
sapy dra ho fizangazanga. 15Manahaky anizay avo koa, misy ilany amindrareo ze mita fatrasy gny fapenaran'ireo
Nikolaita.16Mibebaha, noho izay! fa raha sy izay, dra ho avy malaky agny amindrareo zaho, dra hifanandry
amin'ereo zaho miaraky amigny sabasy gny vavako. 17Aoky ze mana-sofy hiteno ze zakanigny fagnahy ho anireo
fengona. Ho anireo ze maharesy, hameko gny ilany amireo mana mivony, dra hameko vato fosy miaraky amigny
agnaram- baovao voasorasy eo amigny vato, agnara ze sy fatas'olo afa-sy ze nitakasy ze mitakasy anazy
avo."""18Soraty ho anigny azelinigny fengona ao Tyatira ho: 'Tahoky gny zakan'Agnahary, ze mana maso
manahaky gny lelan'afo dra tomboky manahaky gny varahy mangira: 19"Fataso ze vitanao: Gny fitiavanao vo gny
faharetanao. Fataso fa ze vitanao farany dra maro noho ze vitanao volohany.20Kanefa izao gny hanoherako anao:
Leferinao gny apela zezebela, ze manao gny vatany ho paminany apela. Amigny alalanigny fapenarany dra
mamitaky reo panopoko izy ba hizangazanga vo hihina hany boaky amigny soro boaky amigny sapy. 21Nagnome
fotoa ba hibebahany zaho, kanefa sy mety hibebaky gny amigny fizangazangany izy.22Ingo! Hataoko marary eo
apandria izy, dra reo ze mizangazanga miaraky aminazy dra hapahoriko fatrasy, raha sy mibebaky amigny asa
rasinigny apela ereo. 23Ho vonoko ho maty reo zanany, dra reo fengonan-aby dra hahay fa Izaho gny mahita gny
fierisereta vo fiheseha-po. Hameko araky gny asandrareo aby handrareo siraindraiky.24Fa gny amindrareo ze sisa
ao Tyatira, ze sy mita anizao fapenara zao aby, vo sy mahay ze tokavinigny ilany ho sain-dalik'i Satana __ Izao gny
zakako amindrareo ho: "Sy vesariko eta hafa handrareo." 25Na izay aza, sy maisy mita fatrasy gny finoandrareo
handrareo mandra-piaviko.26Gny raiky ze maharesy vo ze manao ze fa vitako hatramigny farany, dra hameko
anazy gny fahefa amigny firenena aby. 27'Hanapaky eo amin'ereo miaraky amigny tekim-by izy, manahaky gny
fanorotoroa vilagny tany gny hagnapoteha anereo.'
29Aoky gny raiky ze mana-sofy hiteno ze zakanigny fagnahy ho an'ireo fengona."""


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 3

[1]Sorato ho anigny azelinigny fengona agny Sardisy ho: 'Izao gny zakanigny mitàna gny Fagnahy fiton'Agnahary vo
reo kita fito. ''Fataso ze nataonao. Malaza ho velo hanao, nefa hanao maty. [2]Mifohaza vo hatazaho ze tavela, fa ho
maty, akory sy hitako tateraky reo asanao eo amason'Agnahary.[3]Tadidio, noho izay, ze nitakarindrareo vo
rendrareo. Akatoavo zay, dra mibebaha. Fa raha sy mifoha handrareo, dra ho avy manahaky gny pangalasy zaho,
dra sy ho fatandrareo gny ora heviako amindrareo. [4]Fa misy agnaran'olo visivisy agny Sardisy ze sy nandoto gny
akazon'ereo. Handeha hiaraky aminahy ereo, mekazo fosy, akory mendriky.[5]Gny raiky ze maharesy dra hapekazo
fosy,dra sy hamafa gny agnarany ao amigny Bokinigny fiegna mihisy zaho, dra hizaka gny agnarany eo
agnatrehanigny Rako, vo eo agnatrehan'ireo azeliny. [6]Aoky ze mana-sofy hiteno ze zakanigny Fagnahy amireo
fengona.''''[7]''Soraty ho agny azelign'gny fiangonana agny Filadelfia hô: ' Izao gny zakagn'ny raiky ze masy vô mary
izy gny mità gny fanalahilign'gny Davida, izy gny mamoha sady sy misy dre iza dre iza magnily ,izy gny magnily
dra sy misy dre iza dre iza afaky mamoha . [8]'' Fatasiko ze vatandrareo. Indro , nametrahako vatrangara mivoha
eo agnoloandrareo ze sy afaky hilin'iza dre iza . Fatako fa mana hery andrareo ,ka nagneky gny zakako sy sady sy
nandà gny agnarako.[9]Indro ! reo ze agny synagogagn'ny Satana, reo ze mizaka fa Jiosy ereo nefa sy izy akory;fa
mavandy koa ereo . Hataoko avy dra handohaliky eo antombonao ereo ,dra ho avy ereo ,dra ho avy ereo bâ
ahafatasy fa nitia anao zaho.[10]Satria fa nitandry gny didiko tamign'ny fahareta andrareo , dra hiaro andrareo
amigny andro fisapa ze fa ho avy amin'izao totolo zao iaby avô koa zaho, bâ hisapa reo ze miay eo agn'abony
tany. [11]Ho avy sy ho ela zaho.Tano fatrasy ze hanagnanao bâ schist afaky hangalaky gny satro-boninahinao.
[12]Ataoko andry eo amign'ny fiangonagn'Agnahariko ze mandresy,dra sy hiala eo mihisy izy . Ho soratako eo
aminazy gny agnaran'Agnahary , gny agnaran'ny tanan'agnahary ( gny Jerosalema vaovao ,zay bak'any andagnisy
baka amigny zagnahariko),vô gny agnarako vaovao. [13]Aoka ze mana-sofy hiteno ze zakagn'ny Fagnahy amin'ereo
fiangona.''''[14]'' Sorato ho agny azelign'gny fiangonana agny Laodikia hô: '' Izao gny zakagn'ny Amena, gny
vavolombelo mahatoky vô mary ,gny panapaky gny raha-boaarin'agnahary. [15]'' Fatako ze nataon'ereo, dra sy
mangasiaky na mafana andrareo . Magniry zaho bâ ho mangasiaky na mafana andrareo ! [16]Noho zay ,satria
andrareo matimaty -sady sy mafana gny sy mangasiaky dra fa laloagn'ny vavako andrareo.[17]Fa hô andrareo hô:
'Mana-karena zaho,nana fitaova maro ,ka sy mila na ino na ino . ' Saiky sy fatasindrareo fa andrareo gny tena ôry
,mampahonena, mizaly , poaky sady mitazaky .[18]Tenoy gny torohevisiko: Miviliana volamena voalio tamign'ny afo
aminahy bâ ho avy pagnarivo andrareo ,sady akazo fosy manjopiaka bâ ho afaky mampiakazo gny vatandrareo
andrareo ka sy hapiboaky gny hegnasy gny fitanandrareo,dra hagnososy gny masondrareo bâ hahitandrareo.
[19]Apiofagniko gny sirairay ze tiako aby, dra hapenariko anereo gny fomba tokony hiegnan'ereo. Noho izay,
mazotoa vo mibebaha. [20]Ingo, mizoro eto amigny vatrangara zaho dra mandondo. Raha misy mahare gny feoko
dra mamoha gny vatrangara, dra ho avy ao atragnony zaho dra hihina miaraky aminazy, dra izy miaraky
aminahy.[21]Gny raiky ze mandresy, hatoloso anazy gny zo hipetraky miaraky aminahy eo amigny seza
fiandrianako, manahaky gny nandresako koa dra nipetrahako niaraky tamigny Rako teo amigny seza
fiandrianany. [22]Aoky ze mana-sofy hiteno ze zakanigny fagnahy amireo fengona.''''

Chapter 4

[1]Tafaran'izay raha zay dra nagnety zaho,dra nahita vatrangara raiky nisokasy tegny amigny lagnisy . Gny feo volohany ze reko dra niresaky taminahy manahaky gny trompetra ,nanao hô: '' Miakara etihô,dra ho aboako anao ze sy maisy hisy afaran'ereo .''[2]Nisy fotoa zaho voatariky gny fagnahy,dra nahita fa nisy seza fiandriana nipetraky tegny amigny lagnisy ,nisy olo nipetraky teo agn'abonin'izay. [3]Gny raiky ze nipetraky teo agn'abony dra miendriky tahaky gny jaspa vô karneola. Nisy avana nagnodidy gny seza fiandriana , Gny avana dra miendriky manahaky gny emeraoda.[4]Nisy seza fiandriana efasy amby rôpolo nagnodidy gny seza fiandriana ,dra loholo efasy amby rôpolo gny nipetraky teo agn'abon'ereo seza fiandriana,niakazo fosy,niaraky tamigny satro-boninahisy volamena tegny amigny lohan'ereo .[5]Baka tamigny seza fiandriana gny nisy helasy fahazava, kotroka, dra kotro-barasy . Nisy ziro fito nirehisy teo alohany seza fiandriana ,ziro ze fagnahy fiton'agnahary[6]Teo alohagn'ny seza fiandriana dra nisy ranomasy fitarasy ,manahaky gny kristaly. Reo raha-managn'ay efasy dra teo agnevogn'ny seza fiandriana vô nagnodidy anizay ,feno maso ,teo agnoloany vô tao an-damosiny.[7]Gny raha-managn'ay volohany dra manahaky gny liona ,gny raha -mahagn'ay faharô manahaky gny zanak'ambomby,gny raha managn'ay fahatelo dra manahaky gny olo,dra gny raha managn'ay fahefasy manahaky gny voro-mahery mitily. [8]Reo raha-managn'ay efasy dra samy mana elasy enina aby, feno maso gny agn'abony vô gny ambany. Andro vô hariva ereo dra sy mizano mizaka hô:'' Masy ,masy, masy gny Topo zagnary sitoha ze nisy, vô misy, dra bô ho avy.''[9]Dre ombia dre ombia gny raha managn'ay dra hagnome voninahisy ,laza,dra fisaora agny raiky ze mipetraky eo amigny seza fiandrianana , gny raiky ze velo mandrakizay doria,[10]reo loholo efasy amby rôpolo dra nampiankohoky gny vatan'ereo eo anoloagn'ny raiky ze mipetraky eo amigny seza fiandrianana. Mandohaliky eo amign'ny ze velo mandrakizay doria ereo, sady nanoraky gny satro-boninahisin'ereo teo agnoloagn'ny seza fiandrianana, mazaka hô: [11]'' Mendriky anao,toponay vô Zagnahary, handray gny voninahisy vô gny laza sady gny hery . Fa anao gny namoro gny raha iaby,sady tamign'ny alalagn'ny sitraponao,dra nisy tinezà nereo.''



generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 5

[1]Dra nahita gny tagna-kavanagn'ny raiky ze nipetraky teo amigny seza fiandriana zaho, horo-taratasy voasorasy
eo agnoloa vô ao afara.Dra nifeheziny tamign'ny tombo-kase fito zay .[2]Nahita azely mahery nagnambara
tamign'ny feo fatrasy zaho ,nizaka hô: '' Iza gny mendriky gny hanokasy gny horogna-taratasy dra hamoha gny
tombo-kasen'izay?''[3]Sy misy olo baka andagnisy na eto an-tany na ambanin'gny tany ka afaky hanokasy gny
horonan-taratasy dre hamaky anizay. [4] Nitomagny fatrasy zaho satria sy nisy olo hita mendriky gny hanokaky
gny horogna taratasy na hamaky izay. [5]Kanefa gny raiky tamin'ere nizaka taminahy ho :"la mitomagny. ingo! gny
liony fokon'i Joda, gny solofon'I Davida, dra nandresy. Afaky gny hanokaky gny horogna taratasy vo reo tombo
Kasey fito izy .[6] Nahita zanak'agnondry misanga eo agnelagnelan'NY seza fiandrianana vo reo raha managn'ay
efasy dra eo agnevon'ereo loholona zaho. Manahaky gny olo vono izy. Nana tandroky fito voo maso fito izy;izy
reo gny fagnahy fiton'Andriamanitra nalefa nanera gny tany. [7]Nandeha izy dra nangalaky gny horogna taratasy
tegny amigny tagna-kavananigny daily izy nitoboky teo amigny seza fiandrianana.[8]Gny fa tinakany gny
zanak'agnondry gny horogna-taratasy, reo raha-managnay efasy vo reo loholony. Samy nana lokanga vo
ampondra volamena feno emboky magnisy avy gny kiraikiraiky tamigny reo, izzy vavak'ireo mpino.[9]Nihira hira
vaovao izy reo:"Mendriky gny handray gny horogna-taratasy hanao dra hanokaky gny tombo-kasen'izay.Fa hanao
dra nivono, dra tamigny lionel gny miviliana an'ireo olon'izagnahary avy tamigny foko, fizaka, olo, dra firenena
aby. [10]Nataaonao fanjakana co pisoro izy reo ba hanompo an'i Zagnahary, dra hazaka eto vatany."[11]Avy eo zaho
dra nahita vo nahare feon'azely maro nagnodidy gny seza fiandrianana vo ireo raha-managnay dra reo loholona.
Gny fitambaran'ny izy reo dra amihariva. [12]Nizaka tamigny feo fatrasy izy reo ho:"Mendriky anie gny
zanak'agnondry izay nivono ba handray fahefana, harena, fahendrena, hery,laza,voninahisy, dra dera."Nahare
reo raha voafora aby izay tagny an-dagnisy vo teto atany dra an-dranomasina zaho- gny raha aby tao
agnatin'ireo-nizaka ho:"Ho any iray izay nitoboky eo amigny seza fiandrianana vo ho any zanak'agnondry, anie
gny dera, gny laza,gny voninahisy,dra gny fahefana hikomandy, mandrakizay doria." [14]Ireo raha-managnay efasy,
nizaka ho:"Amena!"dra reo loholona niakohoky vo nivavaky.[fagnamariha:Gny sasany amin'ereo dika-zaka
taloha dra mivaky ho:"Ireo loholo ro amby efa polo dra niakohoky vo nanompo any izay velo mandrakizay
doria."]


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 6

[1]Gny hanokaky gny raiky tamin'ireo tombo-kase fito gny Zanak'agnondry dra nagnety zaho, dra nahare gny raiky
tamin'ireo raha-managnay efasy tamigny feo manahaky gny hotriky zaho nizaka ho:"Avia! [2]Nagnety zaho dra nisy
sovala fosy teo. Gny pitikisy izay dra nita sipiky, dra name satro-boninahisy izy. Niboaky manahaky gny
mandresy izy ba handresy.[3]Gny fa nanokaky gny tombo-kase faharo gny Zanak'agnondry, dra nahare gny raha-
managnay faharo zaho nizaka ho:" Avia!"
[5]Gny fa hanokaky gny tombo-kase fahatelo gny zanak'agnondry, dra nahare gny raha-managnay fahatelo zaho
ho:" Avia!" Nahita sovala mety zaho, dra gny mpitikisy izay dra nita mizana tegny atany. [6]Nahare manahaky gny
feotamigjy raha- managn'ay efasy zaho nizaka ho:" Gny vary toran'NY fatra-bary ho an'ny denaria raiky, era gny
hordea itelon'NY fatra-bary ho an'ny denaria raiky. Fa ka manoka gny menaky vo gny divay."[7]Gny fa hanokaky
gny tombo-kase fahefasy gny zanak'agnondry, dra nahare gny feon'ny raha- managn'ay fahefasy zaho nizaka ho:"
Avia! [8]Dra nahita sovala hasasa zaho. Gny mpitikisy izay dra nitokavy ho Faty, dra ireo lolo dra nagnoriky anazy.
Name fahefana amigny ampaha- efasy gny tany izy reo, ba hagnome sabasy, hanohagna co arety, dra amin'ireo
bibidian'NY tang.[9]Gny fa hanokaky gny zanak'agnondry, dra hitako tao ambany alitara ireo fagnahin'ireo izay
nivono noho gny zakan'Izagnahary vo gny fizoroa vavolombelo izay nizakan'ereo. [11]Dra nagnome akazolava gny
kiraikiraiky avy tamigny ireo, dra nizakany izy ireo fa tokony nandigny selasela mandra-pahaloany gny isa
fenon'ireo piaramanompon'izy oreo vo ireo rahalahy vo anabavin'izy reo izy tokony hovono izy reo, manahaky
gny hamonoa anazy reo.[12]Gny fa hanokaky gny tombo-kase fahangina gny zanak'agnondry, dra nagnety zaho dra
nisy horohoro- tang lahibe. Lasa mety manahaky gny lamba fandala gny masoandro, dra gny vola fagmomana
era lasa manahaky gny lio. [13]Reo vasia tegny amigny lagnisy dra nilavo tetiky atany, manahaky gny aviavy
magnisa gny tegnany mata gny fa fihesiky gny rivosy mahery. [14]Gny lagnisy dra nazavo manahaky gny horogna-
taratasy izay nagnorogna. gny tendrombohisy co gny nisy aby dra nala teo amigny toerany.[15]Avy eo ereo
mpazakagn'NY tany vo gny olo manan-daza, vo ireo generally, gny mpana-karena, gny mahery, dra gny hafa aby,
andevo vo afaky, novotny tao agnatin'ereo lava-bato vô tamin'ereo vatolapinign'ny vohisy.[16]Nizaka tamin'ereo
vohisy vô tamin'ereo vatolapy ereo hô: '' Milavoa aminay ! Ahazaho amign'ny tavagny raiky ze mipetreky eo
amigny seza fiandria vô amigny fahahiriagn'ny zanak'agnondry zahay.[17]Fa avy gny andro lahibegn'ny
fahorian'ereo. Iza gny hahavita haiharisy?

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 7

[1]Tarafan'izay dra nahita azely nisanga teo amy zoro tany efasy zaho, nagnohisy fatrasy gny sioky efasy gny
tany,bâ sy hisy sioky amigny tany ,amigny ranomasy, na hifanohisy amy hazo aby.[2]Nahita azely hafa zaho niakasy
baka amy tany asignana, ze nana gny tombo-kasen'agnahary velo. Nikoraky tamigny feo fatrasy tamin'ereo azely
efasy ze nahazo alala hanimba gny tany vô gny ranomasy izy hô: [3]''Ka simba gny tany ,gny ranomasy,dre reo hazo
mandra-panisisika gny tombo-kase eo amigny handrin'ereo panopon'agnaharisika."[4]Nahare gny isan'ereo ze
voatombo-kase zaho: 144,000,gny voatombo-kase tamign'ny fokogny olon'Israely iaby: Rôa arivo vô ray aly gny
voatombo-kase baka tamigny fokon'i Joda ,rôa arivo vô ray aly baka tamigny fokon'i Robena,rôa arivo vô ray aly
baka tamigny fokon'i Gada, [6]rôa arivo vô ray aly baka tamigny fokon'i Asera,rôa arivo vô ray aly baka tamigny
fokon'i Naftaly,rôa arivo vô ray aly baka tamigny fokon'i Manase.[7]rôa arivo vô ray aly baka tamigny fokon'i
Simeona, rôa arivo vô ray aly baka tamigny fokon'i Levy ,rôa arivo vô ray aly baka tamigny fokon'i Isakara,[8]rôa
arivo vô ray aly baka fokon'i Zebolona, rôa arivo vô ray aly baka tamigny fokon'i Josefa,dra rôa arivo vô ray aly
baka tamigny fokon'i Benjamina gny voatombo_kase.[9]Tafaran'ereo raha reo dra nagnety zaho ,dra nisy olo maro
be ze sy tambo isaky avy tamigny firenena,foko ,olo,dra fizaka iaby nisanga teo alohany seza fiandriana vô teo
alohany zanak'agnondry. Nanao akazo lava fosy vô mita sapa-drofia tegny amigny tagnan'ereo, [10]dra nitoka
fatrasy tamigny feo mahery ereo nanao hô: ''Gny famozena dra an'Agnaharisika ze mipetraky eo agn'abony seza
fiandriana, vô agny zanak'agnondry! "[11]Gny azeliny any nisanga magnodidy gny seza fiandriana vô magnodidy
reo loholo vô gny raha-managnay efasy ,dra ereo dra napandohaliky gny tavan'ereo teo alohany seza fiandriana.
Nivavaky tamin'Agnahary ereo [12]nanao hô :'' Ameny !Dera ,voninahisy ,fahendrena,fisaora,fahefa,dra gny hery
anie ho an'agnaharisika mandrakizay doria! ameny !"[13]Bak'eo gny raiky tamin'ereo loholo nagnontany anahy hô:
''Iza reo,mekazo akazolava fosy,dra bak'eza ereo ?'' [14]Hô zaho taminazy : ''Topoko,anao mahafatasy ,'' dra hô izy
taminahy:'' Reo gny hiboaky baka amigny Fahoria lahibe .Nisasan'ereo gny akazolavany dra nifosiany tamigny
liogn'ny zanak'agnondry.[15]Noho zay atony zay,dra alohan'gny seza eo fiandrian'agnahary ereo ,vô mivavaky
aminy andro vô hariva ao amign'gny fiangonany. Gny raiky ze nipetraky teo amigny seza fiandriana dra
hamelasy gny fandriany amin'ereo.[16]Sy ho resy sasy ereo ,dre hangetaheta draiky.Sy hamely anazy gny
masoandro,dre gny hafana magnoro.[17]Fa gny Zanak'agnondry eo agnevogn'ny seza fiandriana gny ho piamby
anazy reo vô hitari-dala anazy reo agny amigny loharanogn'ny rani velo,dra hofafan'agnahary gny ranomaso
amign'ereo aby.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 8

[1]Gny fa nivahany zanak'agnondry gny tombo-kase fahafito, dra nisy fahangina tagny andagnisy teo amy asasaky gn'ora teo .[2]Bak'eo dra hitako reo azely fito ze nisanga teo alohan'agnahary, dra nome trompetra fito ereo.[3]Nisy azely hafa avy,nita finga volamena fagnoroa litin-kazo magnisy, nisanga teo agn'abony gny alitara. Litin-kazo magnisy maro gny nome anazy bâ hanolorany anizay bâmign'ny vavaky gny pino eo agn'abony alitara volamena fagnoroa litin_kazo magnisy eo alohany seza-boninahisy.[4]Gny setroky gny ditin-kazo magnisy ,bâmbagny vavak'ereo pino,dra niakasy teo alohan'agnahary baka amigny azely.[5]Nangalaky gny finga fagnoroa litin-kazo magnisy gny azely dra nameno ze tamigny afo Bak'eo amigny alitara. Bak'eo natorany tamigny tany, dra nisy kotro- barsky, helasy mdra horohoro-tany.[6]Reo azely ze nana reo trompetra fito dra nioma hisioky anizay.[7]Nisioky gny trompetra gny azely volohany ,dra nisy havandra vô afo mifangaro lio. Natorany tegny atany ze bâ ho may gny apahatelon'izay ,may gny apahatelogn'ny hazo,dra may avôkoa reo ahi-meso . ( fanamariha : Gn'ilany amin'ereo litin-kazo taloha dra mangalaky gny hô: '' bâ ho may gny apahatelon'izay.'')[8]Nisioky gny trompetranygny azely faharô,dra nisy raha manahaky gny vohisy lahibe nirehis'afo natoraky tany an-dranomasy. Lasa ra gny apahatelogny raha-managn'ay tao an-dranomasy, dra rava gny apahatelon'ereo sambo.[10]Nisioky gny trompetrany gny azely fahatelo ,dra nisy vasia lahibe nilasaky bak'agny andagnisy, mirehisy manahaky gny fanilo, tamigny apahatelon'ereo ony vô loharano.[11]Raha mafaisy gny agnarany vasia.Lasa mafaisy apahatelogn'ny rano ,dra olo maro gny maty tamigny rano ze lasa nafaisy .[12]Nisioky gny trompetra gny azely faha-efasy,dra niova gny apahatelogny masoandro ,manahaky gny apahatelogny vola vô gny apahatelon'ereo vasia.Noho zay dra lasa mezy gny apahatelon'ereo ; sy nisy hazava gny apahatelogny andro vô gny apahatelogny hariva.[13]Nagnety zaho ,dra nahare voro-mahery ze nitily tegny agnevogn'ny lagnisy,nitoka tamigny feo fatrasy hô: ''' Loza, loza , loza , ho an'ereo ze mony egny amigny tany,nohogn'ny feony trompetra sisa ze fa ho sorfin'ereo azely telo.''


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 9

[1]Napagneno gny trompetrany gny azely fahadimy.Nahita vasia bak'agny andagnisy zaho ze nilasaky tegny atany.
Gny vasia gny nome gny fanalahilign'ny lavaky sy hita resy.[2]Nisofafiny gny lavaky sy hita resy,dra niakasy gny
setroky niboaky tao amigny lavaky mitovy gny setroky bak'ao amy lafory lahibe. Nivaliky maloky gny masoandro
vô gny sioky nohogn'ny setroky niboaky tao andavaky.[3]Baka amigny setroky gny nahavian'ireo valala teto
agn'abony tany,dra nome hery tahaky gny agny maingoka teto agn'abony tany izy reo. [4]Nizaka ereo sy hanimba
gny ahisy teto agn'abony tany na reo raha misiry meso na hazo,fa reo olo ze sy mana tombo-kasen'agnahary eo
amigny handrin'ereo avô.[5]Sy nahazo alala gny hamono reo olo reo ereo ,fa hapizaly anazy reo mandrisy gny dimy
vola avô. Gny fahatahoran'ereo dra ho tahaky gny sindrogn'ny maingoka gny fa mamely olo.[6]Amin'ireo andro reo
dra hitalia fahafatesa gny olo,fa sy hahita anizay. Hagniry gny ho maty ereo,neda handositry anazy reo gny
fahafatesa.[7]Mitovy gny sovala nomany tamigny aly reo valala. Tamigny lohan'ireo dra nisy raha mitovy gny satro-
boninahisy volamena, dra gny vatan'ireo dra mitovy gny tarehin'olombelo. [8]Nana volo mitovy gny volonapela
ereo, dra gny nifin'ireo dra manahaky nifin'ireo liona. [9]Nana fiarova-tratra mitovy gny fiarova-tratra vy ereo,dra
gny feony elasin'ireo dra mitovy gny feony kalesy vô sovaly maro milomay ho agny amigny aly.[10]Nana rambo nisy
fanindroma manahaky gny maingoka ereo ; ao amigny rambon'ireo gny misy gny hery hanimba gny olo
mandrisy gny dimy vola.[11]Nana Pajaza ereo dra gny azelign'gny lavaky sy hita resy . Gny agnarany tamigny zaka
Hebreo dra Abadona,dra gny agnarany tamigny zaka gruka dra i Apolyona .[12]Lasa gny loza volohany.Indro !
tafaran'izao dra bô hisy loza rô ho avy.[13]Napagneno gny trompetrany ilay anjely fahaenina, dra nahare gny
feoniboaky tamigny tandroky gny alitara volamena ze fa nisy teto anatrehan'andriamanitra zaho.
[16]Gny isan'ereo miaramila nitikisy sovala dra 200,000,000. Nahere gny isa reo zaho.[17]Manahaky anizay gny fomba
fahitako gny reo sovaly tao amigny fahitako vô reo ze nitikisy teo amin'ireo: Reo fiarova-tratran'ereo dra mirehisy
mena, manga antisy dra solifara mavo.Nitovy tamigny lohan'ereo liona hmu lohan'ereo sovala ,dra gny niboaky
boak'ao am-aban'ireo dra afo ,setroky,dra solifara.[18]Dra gny apahatelon'ereo olo dra matin'ireo Loza telo: gny
afo,gny setroky ,dra gny solifara ze niboaky bak'ato ambavan'ereo. [19]Fa gny herin'ereo sovaly dra bak'ao amigny
vatan'ireo vô tamigny rambon'ireo fa gny rambon'ireo dra manahaky gny bibilava,dra nana loha ze afaky
mandrasy olo ereo.[20]Gny ambin'ereo olombelo ,reo ze sy matin'ereo Loza reo ,dra sy nibebaky Tamin'asa ze
vitan'ereo ,na nizano nanopo gny devoly vô sapy volamena,volafosy,varahana, vato,dra hazo-nireo raha ze sy hita
maso ,re,dre mandeha .[21]Ereo dra bô sy nibebaky tamigny asa famonoa,gny famosavinereo ,gny fizangazanga dra
reo asa fangalaran'ereo.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 10

1 Avy eo dra nahita azely mahery hafa nizoso avy agny an-dagnisy. Tao agnaty raho izy, dra nisy avana teo
agnabony lohany. Gny tarehiny dra mendriky masoandro dra gny tombony manahaky gny andrin'afo. 2 Mita
horogna-taratasy masaisaiky amigny tagnany izy, dra nanoby gny tombony havana amigny ranomasy vogny
tombony havoa amigny tany. 3 Bak'eo izy dra nikoraky tamigny feo fatrasy tahaky gny feogn'ny liona.Gny fa
nikoraky izy ,dra nikotroka fatrasy tamigny feony gny hotriky fito, dra teo andalam-panorata zaho, fa nahare feo
avy agny an-dagnisy zaho nizaka ho:"Tano ho siambaratelo izay nizakan'ny hotriky fito. Ka soraty izay." 5 Avy eo
gny azely hitako nisanga teo agnabony ranomasy vo teo amigny tany, nanandrasy gny tany havana tagny an-
dagnisy. 6 Izy niania tamigny ray zay velo mandrakizay doria, izzy namoro gny lagnisy vo izay rehetra ao
agnatin'izay, dra gny ranomasy vo izay aby ao agnatin'izay, dra gny azely nizaka ho:"Sy hisy fiandriana sasy . 7 Fa
amy andro raiky gny fa hapagneno gny trompetrany gny azely fahafito,dra ho tateraky gny misteran'Agnahary,
tahaky gny nagnambarany tamin'ereo paminany panopony." 8 Gny feo ze reko bak'ao andagnisy nizaka taminahy
draiky hô:" Mandehana,alao gny horogna-taratasy mibelasy ze egny an-tanagn'ny azely misangana eo agn'abony
ranomasy vô agn'abonin'gny tany. 9 "Bak'eo dra lasa nagnagny amigny azely zaho dra nizaka taminazy bâ
hagnome anahy gny horogna-taratasy masaiky. Hô izy taminahy :" Rambeso gny horogna-taratasy dra hano.
Hamparary gny ao atronao zay ,fa ao am_bavanao dra ho mamy tahaky gny tately zay ." 10 Nalako tamign'ny
tagnany azely gny horogna-taratasy masaiky dra nihaniky zay.Mamy tahaky gny tately tao ambavako zay, fa
tafarany nihinanako anazy ,dra lasa malailay gny troko. 11 Bak'eo nisy olo raiky nizaka taminahy hô: '' Sy maisy
maminany draiky anao momban'ireo olo maro, reo firenena,reo fizaka,dra reo pazaka."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 11

[1]Name volotara ba hapesa manahaky gny they zaho. Nizaka taminahy ho:"Misangana era refeso gny
tempolin'izagnahary vo gny alitara, dra reo izay mivavaky ao. fa ka refesy gny kiaza eo ambaliky gny tempoly, fa
name an'ereo zetilisa izay. Hagnisaky gny tana masy mandrisy gny ro amby efapolo volohany izy reo.[3]Hameko
reo vavolombelo ro gny fahefana naminany gny 1,260 andro, nagnisy lamba fandala." [4]Reo vavolombelo reo dra
hazon'oliva roa vo gny fittboha-ziro roa izay nisanga teo agnatrehany tompon'ny.[5]Gny misy olo misafily handrasy
anazy reo, dra miboaky afo gny vavan'izy reo. Na iza na iza magniry gny handrasy anazy reo dra sy maisy
hovono Amin'izay fomba izay.[6]Reo vavolombelo reo dra mana fahefa hagnisy gny lagnisy ba sy hilasahany ora
mandrisy gny andro haminanian'izy reo.Manafahefa izy reo hagnova gny rano ho lio vo hamely gny tany
aminigny karazany loza aby na ombia na ombia irin'ereo. [7]Gny ho vita gny fizaroan'izy reo vavolombelo, dra
miakasy avy agny agnaty lavaky sy hita resiresy gny bibidia hialy hanohisy anazy reo. Handresy anazy reo izy
dra hamono anazy reo.[8]Hiampasy egny amigny lalan'ny raha-lahibe gny fatin'izy reo (izy tokavy avo koa ho
Sodoma vo Egypta) izzy namasiha gny tompon'izy reo. [9]Hagnety gny fatin'izy reo mandrisy gny telo andro vo
tapany gny olo, gny foko, fizaka, dra gny firenena aby. Sy ho angan'ero hametraky ao an-dolo se.[10]Ireo izy miay eo
agnabony tany dra hifaly amin'ereo dra hakalaza. Hifandefa fagnomeza vatany aza ereo satria mampifaly reo zay
miay agnabony tany reo zay paminany ro reo. [11]Fa afaky telo andro go tapany dra hilisy ao amin'ereo gny
fofogn'ainy avy Amin'izagnahary, dra nizoro amigny tombony izy reo. Nilasaky amin'ereo izay mahita anazy reo
gny tahosy lahibe. [12]Avy eo dra Handre feo mahery avy agny an-dagnisy izy reo mizaka anazy reo ho:"Magnaniha
eto!"Avy do dra hiakasy ho agny an-dagnisy so agnaty raho izy reo, gny bo magnety tany reo fahavalon'izy reo.
[13]Amizay ora izay dra hisy horohoro-tany fatrasy, dra hosola gny ampahafolon'ny tana.Fito rivo gny olo ho maty
amigny horohoro-tany, dra ho hatahosy reo olo sisa sy maty dra hame voninahisy an'i Zagnahary gny lagnisy.
[14]Lasa gny loza faharo. Ingo! avy malaky gny loza fahatelo.[15]Avy eo dra nampagneno gny trompetra gny azely
fahafito, dra nisy feo fatrasy nizaka tagny an-dagnisy nanao ho:" Ho lasa fazakan'ny Toposika vo gny Kristiny gny
fazakan'izao rotolo zao. Izy gny hazaka mandrakizay doria."[16]Avy eo ereo loholo efasy amby ropolo izay nitoboky
teo amigny seza fiandrian'ereo teo agnatrehan'izagnahary dra nampiankohoky gny vavan'izy reo. Nakalaza
an'iZagnanahary izy reo. [17]Hoy izy reo:"Magnome fisora Anao izahay, ry tompo Zagnahary sitoha, gny amizao vo
taloha, satria nangalaky gny herinao lahibe hanao dra nanomboky nazaka.(fagnamariha:Gny sasany amin'ireo
dika-teny taloha dra mivaky ho:" gny panapaky gny aby, gny amizao vo taloha, dra gny ho avy, fa gny dika-teny
amizao fotoa sy manahaky izay.)[18] Ory fatrasy reo firenena, kanefa avy gny fahorianao. Avy gny fotoa hisara gny
maty vo hamalianao soa reo paminany panoponao, reo izay pino, vo reo izay natahosy gny agnaranao, na gny sy
manalaza na gny mahery. Avy gny fotoa handringananao reo izay manoka gny tany."[19]Bak'eo dra Nisioky gny
fiangonan'Agnahary tagny andagnisy dra hita gny fiarany fanekeny ao agnatin'gny fiangonany.Nisy hela-
panazavana,hotroky,orambe, horohorotany,dra havandra lahibe ato.

## Chapter 12

[1]Famatara lahibe gny hita tagny an-dagnisy: apela nagnisy gny masoandro, va gny volana teo ambanin'ny
tombony, vo gny satro-boninahisy vita tamign'ny vasia ro ambin'ny gny teo amigny lohany.[2]Bevoka izy, vo nihiaky
fatrasy fa ho teraky ao agnatiny fihesehan- jaza.[3]Dra eo nisy famatara hafa niseho tagny an-dagnisy: Indro! Nisy
dragona mena goavam-be izay nana loha fito vo tandroka fola, Vo nisy satro-boninahisy fito teo amin'ireo lohany.
[4]Gny hoiny dra nifaoky gny ampahatelon'ny kitana tagny an-dagnisy sady nagnabitrosy anazy ereo tegny amigny
tany.Gny dragona nisanga teo alohany apela faho teraky, gny fa teraky izy, dra afaky hamono gny zanany izy.
[5]Niteraky zazalahy izy, izy hanapaky firenena aby mindray amigny tehiny.Gny zanany dra nala amizao ho egny
Amin'izagnahary vo ho eo amigny seza fiandrianany, [6]Dra gny apela nandososy nagnagny agnefisy, say nisy toera
fa nomagnin'iZagnahary ho anazy, dra ho voakarakara mandrisy gny 1260 andro izy.[7]Dra nisy aly an-dagnisy.
Mikaela co reo azely dra nialy tamigny dragona; dra gny dragona vo gny azely dra namaly aly. [8]Fa sy matazaky
gny dragona dra sy maharesy. dra sy nisy toera ho nazy vo reo azely sasy tagny an-dagnisy. [9]Gny dragona
lahibe____izay menarana fahiny nitokavy hoe devoly na Satana, gny namitaky an'izao totolo zao___ dra natoraky
egny agnabony tany, dra reo azely dra natoraky nindray taminazy[10]Avy nahare feo fatrasy avy agny an-dagnisy
zaho:" amizao dra avy gny famozena, gny hery, gny fazakan'izagnaharisika dra gny fahefan'I Kristiny. Fa gny
mpiampanga gny rahalahisika dra natoraky tagny ambany, gny raiky izay miampanga anazy reo andro
amihariva eo agnatrehan'izagnahary.[11]Izy reo dra maharesy anazy tamign'ny liony Zanak'agnodry vo tamigny
zaka fizoroan'ereo vavolombelo, fa sy nagnamamy gny fiaignany sasy izy reo ba dre ho maty aza. [12]Noho izay,
mifalia, handrareo ry lagnisy, izay aby toboky ao aminazy. Fa mitandrema gny amigny tany vo gny ranomasina
satria gny devoly dra nizoso tegny amindrareo. Feno fahatezera izy, satria fatany fa fotoana boribory sisa gny
hanagnany.[13]Gny fa nahafatasy gny dragona fa nalavo tamigny tany izy, dra nagnoriky gny apela niteraky
zazalahy izy. [14]Fa gny apela dra name elasy Ron'ny voromahery lahibe, dra afaky nitily nagnagny amigny toera
nikarakarany ho nazy agnefisy. Io gny toerana hisizova anazy, mandrisy gny telo tao vo tapany___ ba sy ho
hitan'ny menarana.[15]Nagnaboaky rano manahaky gny renirano tamign'ny vavany gny menarana, izay handay
andrapela. [16]Fa guy tany nagnampy andrapela. Nisokafiny tagny gny vavany dra natolony izay naboakin'NY
vavanigny dragons. [17]Dra ory tamin-dravehivavy gny dragona dra niala nitalia aly tamigny sisan'ireo taranany,
izay makato gny didin'izagnaharu dra mita gny fizoroa vavolombelo momba an'i Jesosy. Avy eo nisanga teo
agnabony fasy gny ranomasy gny dragona.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 13

[1]Dra nahita bibi-dia zaho niakasy avy tamigny ranomasina. Nanana tandroky folo zay dra loha fito. Teo amigny tandrony dra nisy diadema folo, dra teo amigny lohany dra nisy agnara fizaka-drasy avy.[2]Gny bibi-dia ze hitako dra manahaky gny leoparda. Dra tombony dra manahakigny vavan'ny liona. Gny dragona nagnome anazy gny heriny, gny seza fiandrianany, dra gny fahefany lahibe hanapaky.[3]Gny lohanigny bibi-dia raiky dra toa fa maty, kanefa sitrany gny marasy faho mahafaty anazy. Dra gaga gny tany aby dra nagnoroky gny bibi-dia.[4]Dra gny niondriky koa teo amign'ny bibi-dia, dra, izy reo nizaka ho: "Iza gny manahaky gny bibi-dia?" dra"Iza gny afaky mialy aminazy?"[5]Name vava afaky hizaka firehafa vo fizakan-drasy gny bibi-dia. Nome alalana izy mba hampihasy fahefa zisikagny efesy ambi-efapolo volana.[6]Dra 6Dra namoaky gny vavany hizaka rasy an'Andriamanitra gny bibi-dia: nizaka rasy gny agnarany, gny tany ze hipetrahany dra reo izay mipetraky ao an-dagnisy.[7]Nangany hitalia tamin'ereo mpino dra handresy anazy reo gny bibi-dia. Dra koa, gny fahefa dra name anazy menara gny foko, gny olo fizaka, dra gny firenena aby. [8]Handohaliky eo aminazy reo aby izay mitoboky agnabony tany, reo zay sy voasorasy agnara, mandrisigny famorogna izao totolo izao, so amigny Bokin'ny Fiegna, izzy an'ny zanak'agnondry, izay fa nivono.[9]Gny misy manasfy, angao izy hizaka. [10]Gny misy nala babo, dra handeha amigny fahababoana izy. Gny misy nivono tamigny sabasy, amigny sabasy gny hamonoa anazy. itiky guy aso ho an'ny fahareta dra finoa ho an'ereo izay masy.[11]Dra nahita bibi-dia hafa zaho niakasy avy tamigny tany. izay dra nana tandroky to manahakigny zanak'agnondry., dra nizaka manahaky dragona. [12]Napihariny aby gny fahefa aby an'gny bibi-dia volohany eo agnatrehany, dra gny tany vo reo izay mitoboky eo aminazy dra asny mandohaliky eo amigny bibi-dia volohany___ gny raiky izay sitrany tamigny rasy saiky nahafaty anazy.[13]Nanao fahagaga maro lahibe izy. Nampizoso ago avy agny an-dagnisy ho amigny tany teo alohany olo. [14]Tmigny alalan'ny famatara dra name alalana anao izay, namitaky an'ireo izay mitoboky agnabony tany izay. Nizaka tamin'ereo izy ba hagnamboasy sary ho voninahisy gny bibi-dia izay voasorasy gny sabasy nefa velo.[15]Nanga hasina at gny tamin'ny bibi-dia ba ahafahanigny sary mizaka dra izay aby sy magneky mandohaliky amigny bibi-dia dra nivono. Nanery gny kiraikiraiky avo koa izy, na gny masaisaiky na gny lahibe, na gny manakarena na gny mahatra, na gny sy andevo na gny andevo, dra mandry gny mary eo amigny tana akavana na eo amigny handriany.
[18]Izao dra miaraky fahendre. Gny misy olo manan-say,aoka izy hagnysaky gny hitanigny gny bibi-dia. Fa izao dra isanigny olo. Izao isa said 666.

 generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 14

[1]Nagnety zahi dra nahita gny zanak'agnondry misanga teo amigny tendrombohisy Ziona. Nindray taminazy reo
144. olo izay nana gny agnarany vo gny agnaran'ny babany voasorasy eo amigny handriany ereo. Nahare reo avy
agny an-dagnisy manahaky gny firohorohony rano maro vo kotroky fatrasy zaho. Gny feo avo koa dra manahaky
gny mpitandry lokanga mitandry gny lokanga.[3]Niihira hira vaovao teo alohany seza fiandriana vo teo
alohanyn'ireo zava- managnay efasy vo ireo loholo izy reo. Sy nisy na iza na iza afaky mianasy gny hira afa-sy reo
144. olo izay niviliny avy teo atany avo. [4]Reo dra olo izay sy nandoto gny vatany reo tamigny apela, fa nihazo gny
vatany malio ara-nofo ereo. Izay dra nagnoriky gny zanak'agnondry na eza na eza handehanany. Izy raiky avo
dra nivily avy tamigny olombelo manahaky gny voloham-bokasy ho an'izagnahary vo ho an'ny zanak'agnondry.
[5]Sy nisy vandy hita eo amigny fagnevany ereo, sy manasigny ereo.[Fagnamariha:Gny dika-teny sasany magnampy
ho:"teo alohany seza fiandrianan'izagnahary"][6]Nahita azely hafa nitily agnabo zaho, izzy nana gny hafasy
mandrakizain'ny vaovao mahafaly hozaka amin'ereo miay agnabony tany amigny firenena, foko, fizaka, dra gny
olo aby. [7]Nitoka tamigny feo fatrasy izy ho:"Matahora an'iZagnahary dra magnomeza voninahisy anazy. Fa avy
gny lelany fiarany. Mivavaha aminazy, gny raiky izay nanao gny lagnisy, gny tany, gny ranomasy, dra gny
loharano."[8]Nidy azely hafa-NY azely faharo nagnoriky nizaka ho:"Nilavo, nilavo Babylona lahibe, izzy nandresy
lahasy reo firenena aby ba hino gny divain'NY fitondra-tegna malotony."[9]Nisy azely hafa- azely fahatelo
nagnoriky anazy ereo, nizaka tamigny feo fatrasy ho:"Gny misy mivavaky amigny bibidia vo gny sariny dra
mangalaky gny mariky eo amigny handriany na eo amigny tagnany. [10]Dra hino gny sasany amigny divain'NY
fahorian'iZagnahary avo koa izy, divay sy miharo izay nandrosaky tao agnatiny kapoakiny Harris. Gny olo izay
mino izay dra ho apizaly amigny afo avo solifara eo alohan'ereo azely masin'iZagnahary vo eo alohany
Zanak'agnondry.[11]Gny hoto avy amigny fifalian'ereo dra miakasy mandrakizay doria dra sy mana-pisahara andro
vo hariva ereo, dra gny olon'aby izay mangalaky gny mariky gny agnarany.
[13]Nahare feo avy agny an-dagnisy zaho nizaka ho:"Sorato izao:Sambasy gny maty izay maty ao amin'ny tompo."
"ie", hoy gny fagnahy, " ba hahafahan'ereo miala sasasy amigny asan'ereo, fa gny vitan'ereo dra magnoriky anazy
avo".[14]Nagnety zaho, dra nisy raho fosy. Nitoboky eo amigny raho gny raiky manahaky gny Zanak'olo. Nana satro-
boninahisy volamena teo amigny lohany vo fiziza maragnisy egny atagnany izy. [15]Dra nisy azely hafa niboaky gny
tepoly dra nitoka tamigny feo fatrasy gny mitoboky eo amigny raho nanao ho:"Takaro gny fiziza dra manomboky
miziza. Fa avy gny fotoa hiziza, satria masaky gny vokasy gny tany." [16]Dra gny raiky izay nitoboky teo amigny
raho hampandroso gny fiziza teto an-tany, dra miziza gny tany.[17]Nisy azely niboaky avy ao tepoly tagny an-
dagnisy; nana fizalia maragnisy avo koa izay. [18]Bo nisy azely hafa koa niboaky gny alitara fagnoroa ditin-kazo
magnisy, izy nana fahefana amigny afo. Nitoka tamigny feo mahery an'ereo izay nana fizalia maragnisy izy
ho:"Takaro gny fizalia maragnisy dra dragona reo sapa-voloboky avy amigny voloboky gny tany, fa reo voloboky
dra fa masaky izao."[19]Napandroso gny fizalia tamigny tany gny azely dra nagnoro gny vokasy gny voloboky gny
tany. Natoraky ao agnaty famiaza-voloboky lahiben'gny Zagnahary izay. [20]Gny famiaza-voloboky dra nihisahy
tagny ambalikin'gny tana igny, dra gny lio niily avy eo amizay dra avy hatragny amigny haabony lamboridy-
sovala, izzy 1.600 stadio.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

Chapter 15

[1]Avy so dra nahita famatara hafa tegny amigny lagnisy zaho, lahibe vo mahatama:Nisy azely fito mindray amigny
Loza fito, izzy Liza farany indrindra, fa amin'ereo gny hahatateraky gny fahorian'iZagnahary.[2]Nahita izzy niseho
tamigny ranomasy fitarasy napetrany tamigny afo zaho. Nisanga teo agnilany ranomasy reo zay nandresy an'i
bibi-dia vo gny sariny, co gny isa maneho gny agnarany. Izy reo dra nita harpa namen'iZagnahary anazy reo.[3]Izy
dra nihira gny hitan'NY Mosesy, gny panopon'izafgnahary, gny hitan'NY Zanak'agnondry ho:" Lahibe vl mahagaga
reo asanao, Topo Zagnahary, gny avo indrindra. Marina co mahisy reo lalanao, gny mpazakan'ereo firenena. [4]Iza
gny sy hatahosy Anao, ry Topo, co hagnome voninahisy gny agnaranao? Fa hanao raiky gny masy. Gny firenena
aby ho avy vo hivavaky eo agnatrehany satria gny asanao mary dra fa zinaka."[5]Tafaran'izay raha reo dra nagnety
nisokaky tagny amigny lagnisy gny tepoly izay mana gny fizoroa vavolombelo. [6]Niboaky avy ao amigny toera
masy indrindra reo azely fito mita reo loza fito. Izy reo dra mahazo malio lamba zanaka manorasy vo misy fehi-
troky volamena magnodidy gny tratran'ereo reo.[7]Gny raiky tamin'ireo raha- managnay efasy name an igny azely
fito ampondra volamena fito maro gny fahorian'iZagnahary, gny velo mandrakizay doria. [8]Feno hoto avy amigny
heriny gny tepoly. Sy misy na iza na iza afaky milisy ao mandra-pahatateraky gny loza fiton'ireo azely fito.

Chapter 16

[1]Nahare feo fatrasy avy ao tepoly zaho dra nizaka tamin'ereo azely fito ho:"Mandehana atondraho amigny tany
reo ampondra feno gny fahorian'iZagnahary."[2]Nandeha gny azely volohany dra Nandraraky gny ao agnampondra
tamigny tany; raha rasy mahafaty gny avy tamigny olo izay nana gny mariky gny bibi-dia, reo zay nakalaza gny
sariny.[3]Gny azely faharo Nandraraky gny ao agnapondra tamigny ranomasy. Nazary lip, manahaky gny lio maty,
era Mary gny raha-managnay aby tao an-dranomasy.[4]Gny azely fahatelo Nandraraky gny ao agnapondra
tamin'ireo vo loharano, dra nazary lip. [5]Reko gny azelign'gny rani manao ho:"Marina Hanao__gny amizao vo
taloha gny raiky Masy_satria fa nisara reo raha reo Hanao. (Fagnamaria:Gny atota-taratasy sasany taloha dra
mamaky ho:"Marina Hanao. Topo_gny amizao vo taloha dra ho avy, satria fa nisara reo raha reo raha reo
hanao.") [6]Satria gny liony mpino vo paminany gny nalasak'ereo, dra namanao lio ho nomy ereo; izay gny
mendriky anazy reo." [7]Feko gny alitara namaly ho:" Ie, Topo Zagnahary lahibe, reo fisarana dra marina vo
mahisy."[8]Gny azely fahefasy Nandraraky gny ao agnapondra tamigny masoandro, dra nahazo Normandy hagnoro
gny olo amigny afo izay. [9]Manigny Havana be ereo, dra nizaka rasy gny agnaran'iZagnahary, izay mana gny
fahefana amigny loza reo. Sy nibebaky ereo na nagnome voninahisy Anazy.[10]Avy gny azely fahadimy Nandraraky
gny ao agnapondra tamigny seza fiandrianany bibidia, dra mandrakoky gny fazakany gny hariva. Nihina gny
lalan'ereo nohogny fahoria. [11]Nizaka easy gny Zagnahariny gny lagnisy ereo nohogny fahoria vo tamin'ereo, dra
bo nanda gny hibebahany amigny vitan'ereo avo ereo.[12]Gny azely fahaenina Nandraraky gny ao agnapondra
tamigny ony lahibe, gny Eotrata. Noritina say ba hagnoma gny lalana hany pazaka izay ho avy agny asignana.
[13]Nahita fagnahy maloto zaho izay gniendriky saboketra miboaky avy agny am-bavany dragona, avy agny am-
bavany bibidia, dra avy amigny vavany paminany sandoky. [14]Fa fagnahiny demonia manao famatara mahagaga
ereo. Nagnagny amireo pazakanizao totolo izao ereo ba hagnoro anazy reo mindray ho an'ny valiny andro
lahiben'iZagnahary Avo indrindra.[15](Ingo!avy manahaky pangalasy Zaho! Sambasy izay miamby, miaro reo
fitafiany ba sy hiboaky mita izy dra hitan'ereo gny fahamegnarany.") [16]Nandesin'ereo nindray tagny amigny toera
izay tokavy ho Hara-megedona amigny Hedreo ereo.[17]Avy eo gny azely fahafito Nandraraky gny ao agnapondra
tamigny rivosy. Dra nisy feo fatrasy niboaky avy tao tepoly vo avy tamigny seza fiandrianana, manao ho:"Vita
izy!" [18]Nisy helasy, hotriky, kotro-barasy, dra horohoro-tany fatrasy_horohoro-tany lahibe noho izay fa nitranga
hatramigny isan'olo teto an-tany dra fatrasy izay horohoro-tany izay. [19]Vaky ho fizara telo gny tana lahibe, dra
rava gny tanan'ereo firenena. Avy eo Zagnahary nitoka ba hahasiaro an'Babylona lahibe, dra namany izay tana
izay gny kapoaky feno divay avy amigny firehetany fahoriany.[20]Nazavo gny nisy aby, dra sy hita sasy reo
tendrombohisy. [21]Nisy handrava bevety, milaza eo amigny taleta raiky eo, nizoso avy agny an-dagnisy ho amigny
olo. Nagnozo an'iZagnahary izy reo nohony loza avy tamigny havandra satria tena fatrasy loasy izay loza izay.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 17

[1]Gny raiky tamigny azely fito izay nita reo ampondra fito vo nizaka taminahy ho:"Avia, ho apotoroko anao gny
zakan'NY pizangazanga lahibe izay mitoboky agnabo rano maro. [2]Nindray taminazy gny napizangazanga anireo
pazakan'NY tany. Gny divain'ny fizangazangany gny nahamamo reo pitoboky atany."[3]Avy gny azely ninday anahy
tamigny fagnahy amigny tany karakaina, dra nahita apela nitoboky eo agnabo bibi-dia mena izay feno agnara
zaka rasy zaho. Gny bibi-dia dra mana lola fito vo tandroky folo. [4]Gn6 apela dra nekazo voloparasy vo mena dra
voaravaky volamena, Cato sarobidy, dra vato soa. Izy dra nita tamigny tagnany kapoaky volamena feno reo raha
maharikoriko vo reo sy fahaliovan'ny fizangazangany. [5]Teo amigny handriny gny nisy agnara mana dikany
mivony voasorasy ho:"Babilona lahibe, gang renin'ireo pizangazanga vo gny raha mapangelakelakigny
tany."[6]Nahita zaho fa gny apela dra tamin'NY lion'ireo pono vo gny lion'ireo martiry ho an'i Jesosy. Gny fa nahita
anazy zaho, dra tena Rama. [7]Fa gny azely nizaka taminahy ho:"Magnino gny tam hanao? ho zakako anao gny
dikany apela vo gny bibi-dia izay minday anazy, gny bibi-dia izay mana loha fito vo tandroky folo.[8]Gny bibi-dia ze
hitanao dra misy, fa sy misy ankehitriny, fa andalam-piakara avy agny amign'ny farany ambani'ny lavaky sy hita
sasy. Avy eo dra nandeha amigny fahasola azaho. Reo ze miay abony tany, reo ze sy voasorasy ao amign'ny
Bokin'ny fiegna hatramin'gny namorogna an'izao totolo izao gny agnarany- ho gaga izy reo aby hahita hahita fa
gny bibi-dia dra misy, fa sy misy sasy amizao, faandalam-pihaviana.[9]Mitoka saina ze manam-pahedrena zao. Reo
loha fito dra vohisy fito ze nipetrahanigny ampela.[10]Izy reo avo koa dra mpanjaka fito. Mpanjaka dimy vo lavo,
raiky gny misy, dra gny hafa dra bo sy avy; aby avy izy, dra fe-potoa keliky avo gny hipetrahany.[11]Gny bibi-dia zay
misy, fa sy misy amizao, pazaka fahavalo izy; kanefa raiky amin'ereo pazaka fito izy, dra hagnagny amigny
fahasola.[12]Reo tandroky folo zay hitanao dra pazaka folo zay bo sy nangalaky fazakana, fa hahazo fahefana
manahaky gny pazaka mindray amigny bibi-dia mandrisy gny valiny raiky ereo. [13]Fitovia-loha zay, dra reo
hagnome gny hery vo gny fahefan'izy reo amigny zanak'agnondry ereo. Fa gny zanak'agnondry gny handresy
anazy reo satria izy gny Topon'ny Topo, dra pazakan'ny pazaka dra mindray aminazy reo voatoka, reo voafily, dra
reo mana-pinoa."[15]Ho gny anjely taminahy: "Reo rano ze hitanao, teo amigny nipetrahanigny mpinjanganjanga,vo
olo, vondron'olo, firenena,dra fizaka.[16]Reo tandroky folo hitana-izy reo vo gny bibi-dia dra hakalaza anigny
mpijangajanga. Ho ataon'izy reo lao vo mita izy, hanataky gny nofony ze ereo. dra handaro anazy tateraky
amin'gny afo.[17]Fa Andriamanitra fa nametraky anizao tao am-pon'izy reo mba hagnatateraky gny fikasany
amin'gny fagneken'izy reo hagnome gny herin'izy reo handesa gny bibi-dia mandram-pahantateraky gny
Zak'Andriamanitra.[18]Dra rapela, gny hitanao vo tana lahibe izay Mazaka amigny mpanjkan'ny tany."


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

# Chapter 18

[1]Tafaran'izay raha ihoky dra nahita azely hafa zay nizoso avy agny an-dagnisy zaho. Nana fahefana lahibe izy, dra
namirapirasy nohon'ny voninahiny gny tany. [2]Nihiaky tamigny feo mahery izy, nizaka ho:"Nilavo, nilavo gny
Babylona lahibe! dra avy toera-pitobohany debolt, fialofany ho an'ireo fagnahy maloto dra fialofany ho an'ny reo
voro maloto vo mapangelakelaky aby. [3]Fa gny firebena aby dra nino gny divain'ny fandesategna malotony. Reo
pazakan'ny tany dra nanao fandesa-regny maloto taminazy. Reo pamarosy gny tany dra avy panandraha tamigny
alalany fomba fiaignany amigny nofo."[4]Avy eo dra nahare feo avy agny an-dagnisy zaho, mizaka jo:"Miala
Aminazy, ri oloko, ba sy hizarany gny fahotany ndrareo lohany. [5]Fa nihangona manahaky gny ahabon'ny lagnisy
gny fahotany, dra Zagnahary mahasiaro reo asa trasiny. [6]Mamalia anazy manahaky gny namalian'NY hafa, dra
valio avy ro heny zay fa vitany;tao almighty kapoaky zay fa nifeheny, dra fonao avo ro heny hon'azy.[7]Manahaky
izy nagnome voninahisy gny tegnany vo niay tamigny sy fiaigna, omeo anazy gny fizalia vo gny alahelo tandrify
anazy. Fa izy nizaka tao am-pony nanao ho:"Nitoboky manahaky gny pazaka apela zaho. Sy maty valy zaho, dra
sy handala mandrakizay.' [8]Noho zay dra ho vay amigny andro raiky reo areti-mandringany: gny fahafatesa, gny
fandala,dra gny mosary. Horoan'ny afo izy, fa gny Topo Zagnahary dra mahery, dra izy gny pisara anazy."[9]Reo
pazakan'ny tany zay mizangazanga vo nandeha sy am-pierisereta nindray taminazy dra nitomagny dra
handohaliky eo agnatrehany aby hahita gny hoto gny fahamezany izy reo. [10]Hizoro lavisy izy reo, natahosy gny
fizalia, hizaka ho:"Loza ho anigny tana lahibe, Babylona, gny tana mahery,fa amigny ora raiky ho avy gny
azondrareo."[11]Reo pamarosy gny tany dra mitomagny vo mandala hon'azy, satria sy nisi olo nialy carosy hon'azy
sasy. [12]Varosy volamena, volafosy, Cato sarobidy, firavaky, lamba-drangony tena soa, boloparasy, landy, mena,reo
karazany hazo ala, gny fanaky ivoara, gny tanaky aby vita avy amigny hazo sarobily, barahona, vy, Barbra,
[13]Kanelina, zava-magnisy, ditin-kazo , miora, hanitra, divay, menaky, kononoky spa lisa, vary, biby fiopy dra
agnondry vo kalesy, reo andevo vo fagnahin'olo.[14]Gny vokasy zay tianao tamigny herinao aby dra hiala aminao.
Gny etanao lafo vily vo reo namirapirasy dra nazavo, dra sy ho hita sasy mandrakizay.[15]Gny pamarosy eta zay avy
panambola noho zay dra hiala aminazy lavisy nohon'ny fatahorany gny fizalia, hitomagny vo handala fatrasy.
[16]Hizaka ereo ho:"Loza, Liza go amigny tana lahibe zay nekazo tamigny lamba-dragony tena soa, voloparasy, co
mena, dra niravahany tamigny volamena, firavaky sarobily, dra valisoa! [17]Agnatiny lera raiky dra ho foagna say
aby zay."Reo kapiteni-sambo album reo mandeha egny agnabony ranomasy aby, tasambo, co zay aby mitoboky
an-dranomasy, era hisanga lavisy.[18]Nihiaky ereo gny fa nahita amigny hoton'NY fahama. Nizaka ereo uo:"Tana ino
manahaky gny tana lahibe?" [19]Nagnatoraky vovoky egny an-dohany izy dra nikoraky fatrasy, nitomagny, co
mandala, nanao ho:"Liza, Liza go amigny tana lahibe zay hisy Amin'ireo aby nana reo sambo an-dranomasy gny
avy panandraha avy amigny harenany. Fa tao agnaty lera raiky dra sola izay." [20]"Mifalia aminazy, ry lagnisy,
handrareo pino, apostoky, era paminany, fa Zagnahary ninday gny fitaraindrareo tami azy"![21]Azely mahery raiky
nangalaky vato manahaky gny vato lahibe dra natorany zay tagny an-dranomasy, dra nizaka ho:"Amizay combs
zay, Babylona, gny tana lahibe,harodana arching herisetra, dra sy hita sasy. [22]Gny feo nataon'gny lokanga,
pitendry mozika, pisioky sodina, vo trompetra dra sy ho re ao aminao sasy. Reo panao asa-tagna isa-karazany dra
sy hita ao aminao sasy. Sy hisy feon'ny vato fikosoha-vary ho re sasy eo aminao.[23]Gny fahazavan'gny ziro,dra sy
namirapirasy ao aminao sasy.Reo feon'ny pagnakasy vo apekary dra sy ho re aminao sasy, fa gny pamarosy reo
gny andriany tany, dra reo firenena dra voaisaky tamigny fagnosaviandrareo. [24]Tao aminazy gny nahita gny
lion'ny paminany, go reo pino, dra gny lion'ireo aby zay voavono teto an-tany. "

## Chapter 19

[1]Tafaran'ny raha zay dra nahare zay manahaky gny feo fatrasigny vahoaky maro isa tagny an-dagnisy zaho
nanao ho:"Aleloia, Gny famozena, gny voninahisy, dra gny hery an'Izagnahary. [2]Reo fisarany dra marina vo
mahisy, fa nisara gny pivaro-tegna lahibe zay magnarasy gny tany tamigny fizangazanga izy. Namaly faty gny
babandrareo panopony, say nalasany izy."[3]Nizaka fagnindrony izy ho:"Aleloia! Gny hoto dra miakasy avy
aminazy mandrakizay doria." [4]Reo loholo efasy aby ropolo vo reo raha-managnay efasy dra nandohaliky dra
nanopo an'iZagnahary izay nitoboky teo amigny seza fiandrianana. Hoy ereo:"Amena. Aleloia!"[5]Dra feo niboaky
avy ao amigny seza fiandrianana, nanao ho:"Derao Zagnaharsika, handrareo aby panopony, handrareo zay
matahosy Anazy, na gny sy mana-laza na gny mahery."[6]Dra nahare zay manahaky gny feon'ny olo maro isaky,
manahaky gny firohondrohon'NY rani maro, vo manahaky gny fipoahany hotroky fatrasy zaho, nanaimo
ho:"Aleloia! Fa Mazaka gny Topo, Zagnahary zay manapaky amigny aby.[7]Ao sika hifaly vo ho ravoravo dra
hagnome voninahisy Anazy satria avy gny fapekara-valy Zanak'agnodry, dra gny apekariny fa nioma. [8]Name aka
hekazo lambs rongony manorasy vo malio izy" ( fa gny lamba rongony dra reo asa Amin'ireo olo-masy).[9]Gny
azely nizaka taminahy ho:"Sorato izay:Sambasy reo zay masina tamigny fety fapakara-valin'ny Zanak'agnodry.
Nizaka taminahy koa izy ho:"Reo dra zaka marin'iZagnahary." [10]Nandohaliky eo amigny tombony ba hanopo
anazy zaho, fa hoy izy taminahy:"Ka manao anio!Izaho dra pindray-manopo aminao vo reo rahalahinao izay
mita gny fizoroa vavolombelo momba an'i Jesosy. Manopoa an'i Zagnahary, fa gny fizoroa vavolombelo momba
an'i Jesosy dra gny fagnahiny faminania."[11]Dra nahita gny lagnisy nisokaky zaho dra nagnety dra nisy sovala fosy.
Gny pitikisy zay dra nitokavy ho mahatoky vo marina. Amigny fahamarina gny hasarany vo hia,iany. [12]Reo
masony dra manahaky gny lelan'afo, dra eo amigny lohany misy satro-boninahisy maro. Mana agnara voasorasy
eo aminazy izay sy misy mahafatasy afa-sy yzt avo izy. [13]Mekazo akazo lava izay nasoboky so amigny lio izy, dra
gny agnarany dra tokavy ho Zakan'i Zagnahary.[14]Reo tafiky gny lagnisy dra nagnoriky anazy tamigny sovala fosy,
mekazo lambs rongony, fosy vo malio. [15]Avy ao amigny vavany gny miboaky gny sabasy maragnisy zay amizay
gny hasarany gny firenena, dra hanapaky anazy reo amigny fehy avy izy. Magnisaky so amigny famiazan'NY
fahavignirany fahorian'I Zagnahary Sitoha. [16]Mana agnara voasorasy eo amigny akazo labany eo amigny feny izy
ho:"Pazakan'ireo pazaka vo tompon'ereo Topo."[17]Nahita azely nisanga eo amigny masoandro zaho. Nitoka
tamigny feo mahery reo voro nitily agnabo aby izy ho:"Avia, mivavaky ho any fety lajiben'iZagnahary. [18]Avia
hisakafo gny nofon'ireo pazaka, gny nofon'ereo pitari-tafiky, gny nofon'ireo lelahy mahery, guy nofon'ireo sovala
vo reo pitikisy zay, dra gny nofon'ireo lelahy aby, gny afaky vo gny andevo, gny sy mana-laza co gny
mahery."[19]Nahita gny bibi-dia go reo pazakan'ny tany nindray tamigny tamin'ereo zaho. Nivavaky ereo ba hialy
amigny raiky zay nitikisy gny sovala vo amigny tafiny. [20]Azo gny bibidia dra nindray taminazy gny paminany
sandoky izay nanao reo famatara teo agnatrehany. Tamin'ireo famatara reo gny namitahany reo zay nandray gny
mariky gny bibi-dia vo reo zay nanopo gny sariny. Izy ro reo dra natoraky ao agnatiny farihin'afo mirehisy
solifara.[21]Gny angnondrin'ereo dra nivono tamigny sambasy izy niboaka gny vavaner' ereo ze nikisy gny sovala.
Gny voron'aby nihina gny nofo mangasiak'ereo.


generated on Mon Feb 24 23:33:16 2025

## Chapter 20

[1]Dra nahita azely nizoso avy tagny an-dagnisy zaho. Nana gny fagnalahilin'NY lavaky sy hita niania izy, dra nana
rose by lahibe tegny an-tany. [2]Nanambosy anigny dragons izy, gny menarana fahiny, gny devoly,na Santana, dra
nifeheny arivo tao. [3]Natoraky tagny amigny lavaky sy hita niania izy, nihiliny zay dra ba sy hamitahany gny
firenena maro sasy mandra-pahatapisy gny arivo tao. Tafaran'izay, dra sy maisy havotosy fotoa masaisaiky izy.
[4]Dra nahita seza fiandrianana maro zaho. Nitoboky eo agnabony reo zay name fahefana misara. Nahita gny
fagnahin'ireo zay nitapahin-Doha zaho gny fizoroany vavolombelo mahakasiky an'i Jesosy dra nohon'ny zakan'i
Zagnahary. Sy nandohaliky tamigny bibi-dia na tamigny sarin'NY izy reo, dra ereo dra nanda gny hangalaky gny
mariky gny bibi-dia teo amigny handriany na teo amigny tagnany. Avy velo ndraiky ereo, dra nazaka nindray
tamin'i Kristy nandrisigny arivo tao.[5]Gny Amin'ireo maty dra sy velo mandra-pahatapisy gny arivo tao. Izay gny
fisanganany volohany. [6]Sambasy dra masy zay olo mana azara amigny fisangana volohany! Eo agnatrehaizay dra
sy mana-kery gny faty faharo. Ereo dra ho pisoro an'i Zagnahary vo Kristy dra hazaka mindray aminazy
mandrisy gny arivo tao.[7]Gny tapisy gny arivo tao,Dra hohaha so amigny tragnomezy devoly. [8]Hiboaky izy ba
hamitaky gny firenena maro egny amigny vaza-tany efasy__Goga vo Megogo__ ba hinday anazy dra ho maro
manahaky gny fasy gny ranomasy.[9]Niakasy eo agnabon'NY tany lemaky ereo dra nagnodidy gny tanin'ereo pino,
gny tana malala. Nefa nisy afo nizoso avy tagny an-dagnisy dra nandroaky anazy reo. [10]Gny debolt, say namitaky
anazy , era natoraky ao amigny farihy afo solifara, toera zay hanorasy gny bibi-dia vo gny paminany sandoky. Dra
hapizaly andro amihariva mandrakizay dra mandrakizay ereo.[11]Dra nahita seza fiandrianana fosy lahibe zaho vo
gny nitobohany eo agnabony. Gny tany vo gny lagnisy dra nandososy gny agnatrehany, kanefa sy misy toera
andehanan'ereo. [12]Nahita gny maty zaho__ gny lahibe dra gny masaisaiky__nisanga eo alohany seza fiandrianana,
dra nibelariny ereo boky. Dra jisy boky raiky nibelariny__Gny Bokin'ny fiegna. Gny maty dra nizarany araky zay
voasorasy ao amin'ereo boky, araky reo asany.[13]Gny ranomasy namoaky agny maty ze teo agnatiny. Gny
fahafatesa va reo fiaigna sihita dra nagnaboaky gny maty dra nisara araky gny raha natao.[14]Gny fafatesa vo gny
fiaigna sy hita dra naria taoa migny farihy afo. Izaho gny fahafatesa faharo__dra gny farihy afo.[15]Raha nisy
agnara sy hita dra naria tao amin'gny Bokin'ny fiaigna, dra naria tao amin'gny farihy afo.

Chapter 21

[1]Avy eto zaho nahita lagnisy vaovao vo tany vaovao, fa simisy gny lagnisy volohany vo gny tany volohany, dra
simisy sasy gny ranomasina. [2]Hitako gny tana masy, Jerosalema vaovao, ze nibisy boakagny andagnisy avy
amin'Andriamanitra voaoma manahaky gny ampekary ampihago ho an'ny valiny.[3]Nahare feo mahery avy
amigny seza fiandrianana zaho manao ho: Indro! eo amigny olo gny misy anazy taberna- kelin'Andriamanitra, vo
hiay miaraky aminazy ereo izy. Ho olo izy ereo, vo Andriamanitra tegnany hiaraky aminazy ereo vo Izy ho
Andriamanitr'izy ereo.[4]hamafagny ranomaso aby amigny mason'izy reo izy vo sy hisy fahafatesa sasy, na alahelo,
na tomagny, na fahararia fa lasa gny raha taloha.[5]Gny raiky izay nitoboky teo amigny seza fiandriana nizaka
ho:"Ingo!Nataoko vaovao gny raha aby."Hoy izy:"Sorato izao satria itahoky aby dra matoky vo marina." [6]Hoy izy
taminahy ho:" Fa vita reo raha aby! Izaho gny Alfa vo Omega, gny fanombohany co fiarany. Izy nangetaheta dra
hameko ho nomy maimaipoa avy amigny loharanon'NY fiegna.[7]Izay mandresy dra handova reo raha reo, dra
Izaho gny ho Zagnaharyiny, dra izy ho zanako. [8]Fa reo osa, sy manapinoa, mampangelakelaky, pamono olo,
pizangazanga, panao oly, panopo sapy, sy mavandy, dra agny amigny farihy mirehisy afo solifara gny
tobohan'ereo. Izay gny fahafatesa faharo."[9]Nagnato anahy gny babany tamin 'ireo azely fito, gny raiky izay nana
reo ampondra fito feno reo loza fito tarany, dra hoy izy ho:"Avy Atiky. Hatoroko snap gny hapekary, gny valin'NY
zanak'agnondry. " [10]Avy eo dra nandesiny tamigny fagnahy tagny amigny tendrombohisy abo zaho dra natorany
anahy gny Jerosalema tana masy mizosoa any agny an-dagnisy avy am'i Zagnahary.[11]Nana gny
voninahin'iZagnahary I Jerosalema, dra gny famirapiratany dra manahaky gny vato soa sarobily, manahaky gny
vato kristaline jaspa malio. [12]Nana rindry abo lahibe nindray tamigny vavahady ro ambin'ny folo teo amin'ereo
vavahady.Teo amin'ereo vavahady gny voasorasy gny agnaran'ereo foko ro ambin'ny fokon'NY zanak'Israely.
[13]Nisy vavahady telo eo asignana, vavahady telo eo avarasy, vavahady telo eo asimo, dra vavahady telo eo
andrefa.[14]Nana fototra to ambin'ny folo gny rindrin'NY tana, dra eo amin'ereo gny nisy reo agnara ro ambin'ny
fokon'NY apostolin'ny Zanak'agnondry. [15]Gny raiky zay nizaka vta tamigny volamena ba handrefesa gny tana, reo
vavahadiny, dra gny narindriny.[16]Manahaky efa-zoro gny tana; mitovy gny labany vo gny sakany. Nandresy gny
tana tamigny fandrese volotara izy, roarivo stadio gny halavany (mitovy gny labany, sakany, dra hahabony).
[17]Nandrefy gny rindrin'NY Kia izy, 114 hakiho gny refin'NY olo (say refin'NY azely avo koa).[18]Vita tamigny Jispy
gny rindry dra tamigny volamena sy misy fangarony,manahaky gny fitarasy malio. [19]Gny fotosigny rindry dra
voaravaky am'ireo karaza vato sarobily aby. Gny volohany dra Jispy, gny faharo safira, gny fahatelo kalkedona,
gny fahefasy emeralda, [20]Gny fahadimy sardinia, gny fahaenina karneola, gny fahafito krysolita, gny fahavalo
beryl, gny fahadivy topaza, gny fahafolo krysopraso, gny faharaikam-binifolo jacinta, gny faharoam-binifolo
amethysts.[21]Gny vatrangara ro ambin'ny folo; gny sirairaiky anin'ereo vavahady dra vita tamign'ny vato soa raiky.
Ereo lalam-be teo an-tana dra volamena sy misy fangarony, manahaky gny fitarasy mangarahara.[22]Sy nahita
tempoly tao amigny tana zaho, satria Tompo Andriamanitra Tsitoha vo gny Zanak'ondry gny tempoliny.[23]Gny tana
dra sy mitalia masoandro na vola ba namirapirasy amizay satria gny voninahin'Izagnahary dra namirapirasy
taminazy, dra gny zanak'agnondry gny lion'izay.
[26]Hinday gny fahasoava vo gny hazan'ireo firenena ao amizay ereo, [27]Dra sy hisy maloto hilisy ao amizay mihisy.
Sy hisy na iza na iza hanao raha mahamegnasy na mamitaky hilisy ao, fa reo ze voasorasy agnara ao amigny
Bokinigny zanak'agnondrinigny fiegna avo.

Chapter 22

[1]Dra nasehinigny azely anahy gny oninigny ranony fiegna, malio manahaky gny kristaly. Izay dra mikoria boaky
agny amigny seza fiandriagnan'Agnahary vo gny zanak'agnondry [2]mamakivaky eo agnevonigny lalanigny tanà.
Dra gny andagniny ro amigny ony dra samby misy gny hazonigny fiegna, mamoa karaza voa ro ambiny folo, vo
izay dra mamoa gny tegnany isam-bola. Gny ravin'izay hazo zay dra natao hagnasitrany gny firenena aby.[3]Dra sy
hisy sasy gny voahozo. Gny seza fiandrianan'Agnahary vo gny zanak'agnondry dra ho ao amigny tanà, dra reo
panopony dra hanopo anazy. [4]Hahita gny Endriny ereo, dra gny agnarany dra ho eo amigny handrin'ereo. [5]Dra sy
hisy hariva sasy; ereo dra sy mitalia fahazavan'gny ziro na gny masoandro sasy gny Topo Zagnahary gny hazava
eo amin'ereo. Dra hazaka mandrakizay doria ereo.[6]Hoy gny azely taminahy: "Ty zaka tahoky dra azo atokisa vo
mary. Gny Topo, gny Zagnaharin'ireo fagnahin'ireo paminany, dra nandefa gny azeliny ba hapiseho ze raha sy
maisy hitranga sy ho ela amireo panopony." [7]Ingo! fa mariny gny fihaviako! Sambasy ze makato reo zakanigny
faminania amity boky tihoky."[8]Izaho, Jaona, gny raiky ze nahare vo nahita reo raha reo.Gny fa nahare vo nahita
anizay zaho, dra nekohoky teo amigny tombokigny azely gny vatako ba hidera anazy, gny azely ze napiseho
anahy reo raha reo. [9]Hoy izy taminahy: "Ka manao anizay! Fa panopo namanao miaraky aminao zaho, miaraky
amireo paminany rahalahinao, dra miaraky amireo ze makato reo zakanity boky tihoky. Midera
an'Agnahary!"[10]Hoy izy taminahy: "Ka asia tombo-kase reo zakanigny faminania amity boky tihoky, fa atomosy
gny fotoa.[11]Ze manao gny sy mary, angao izy hanohy gny sy fahamarigna. Ze maloto fiegna. Ze mary, angao izy
hanohy gny fanova gny mary. Ze masy, angao izy hanohy gny fahamasigna."[12]"Ingo! fa mariny gny fihaviako. Gny
valisoako dra miaraky aminahy, ba hamaliako gny sirairay araky gny raha-vitany. [13]Izaho gny Alfa vo i Omega,
gny volohany vo gny farany, gny fiandoha vo gny fiafara.[14]Sambasy reo ze manasa gny akazon'ereo ba hahazo
alala mihina boaky amigny hazonigny fiegna vo hilisy ao amigny tanà boaky eo amigny vavahady. (Fagnamaria:
Raha tokony: "Sambasy reo ze manasa gny akazon'ereo." Reo atota-taratasy hafa taloha dra mivaky ho: "Sambasy
reo ze manao gny liliny.") [15]Fa agny ivelany reo amboa, reo panao oly, reo pizangazanga, reo pamono olo, reo
panopo sapy, dra ze tia mavandy aby[16]Izaho, Jesosy, dra nandefa gny azeliko ba hitalily amindrareo gny raha ho
anireo fengo. Izaho gny vahany vo taranak'i Davida, gny kita mamirapirasy maray."[17]Gny Fagnahy vo gny
Ampakary manao anizaohoky ho: "Avia!" Aoka ze mahare hizaka ho: "Avia!" Na iza na iza mangetaheta, aoka izy
hahazo maimai-poa gny ranonigny fiegna.[18]Izaho dra mitalily amize mahare gny zakanigny faminania amin'ity
boky tihoky aby: "Raha misy magnapy reo, Zagnahary hagnapy loza ho anazy ze voasorasy ao amin'ity boky
tihoky.[19]Raha misy mangalaky gny zaka faminania amin'ity boky tihoky, Zagnahary dra hangalaky gny azarany
amigny hazonigny fiegna vo gny tana masy ze voasorasy ao agnatin'ity boky tihoky." (fagnamariha: Gny atota-
taratasy taloha dra miavaky ho: "Zagnahary hangalaky gny azarany ao amigny Bokinigny fiegna vo ao amigny
tana masy ze voasorasy ao amity boky tihoky.")[20]Hoy gny raiky ze mizaka reo raha reo: "Eh! Fa mariny gny
fihaviako." Amena! Mevia, ry Topo Jesosy! [21]Ho amigny olon'aby anie gny fahasoavanigny Topo Jesosy. Amena.